# Malagasy, Northern Betsimisaraka: Bible for 1 Corinthians, 1 John, 1 Peter, 1 Timothy, 2 Corinthians, 2 John, 2 Peter, 2 Timothy, 3 John, Acts, Ephesians, Galatians, Hebrews, James, John, Luke, Mark, Matthew, Philemon, Revelation, Romans, Titus

Formatted for Translators


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

©2022 Wycliffe Associates
Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at https://unfoldingword.bible/ult/.
The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at https://unfoldingword.bible/utn.
The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.
You are free to:

- Share — copy and redistribute the material in any medium or format.
- Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.
Under the following conditions:

- Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at https://BibleInEveryLanguage.org." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.
- ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original.
- No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:
You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.
No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.

# Matthew

Chapter 1

[1]Ny Bokin'ny razan'i Jesosy Kristy zanak'i Davida zanak'i Abrahama. [2]Abarahama no baban'Isaka, ary Isaka no
baban'i Jakoba, ary Jakoba no baban'i Joda sy ireo rahalahigny. [3]Joda no baban'i Fareza sy Zara avy tamin'i
Tamara, Fareza no baban'i Herizona, ary Herizona no baban'i Roma.[4]Roma no baban'i Aminadaba, ary
Aminadaba no baban'i Nasona, ary Nasona no baban'i Salomona. Salomona no baban'i Boaza tamin'i [5]Rahaba,
Boaza no baban'i Obeda tamin'i Rota, Obeda no baban'i Jese. [6]Ary Jese no baban'i Davida mpanjaka, Davida no
baban'i Solomona tamin'ny alan'ny vadin'i Oria.[7]Solomona no baban'i Rehoboama, Rehoboama no baban'i Abia,
abia no baban'i Asa. [8]Asa no baban'i Jaosafata, ary Joasafata no baban'i Jorama, ary Jorama no baban'i Ozia.[9]Ozia
no baban'i Jotama, Jotama no baban'i Ahaza, Ahaza no baban'i Hezekia. Hezekia no baban'i Manase, [10]Manase no
baban'i Amona, ary Amona baban'i Josia. [11]Josia no razan'i Jekonia sy iré rahalahiny tamin'ny fotonan'ny
nanoroavana ho any Babilona.[12]Tafaran'ny fanoroavana ho any Babilona, dia Jekonia no baban'i Sealtiela, ary
Sealitiela no razan'i Zerobabela. [13]Zerobabela no baban'i Abihida, Abihoda no baban'i Eliakima, ary Eliakima
baban'i Azora. [14]Azora no baban'i Zadoka, Zadoka no baban'i Akima, ary Akima no baban'i Elioda.[15]Elihoda no
baban'i Eliazara, Eliazara no baban'i Matana, ary Matana no baban'i Jakoka. [16]Jakoka no baban'i Josefa izay
vadin'i Maria, ilay niteraka any Jesosy, izay nantsoigny hoe Kristy. [17]Ny taranaka jiaby manômboko ami'ny
Abrahama ké hatragny amin'ny Davida de taranaka efatra ambn'ny fôlo, manômboko amin'ny Davida ké
hatragny amin'ny fanoroavana ho agny Babilona de taranaka efatra ambin'ny fôlo, ary manômboko amin'ny
fanoroavana ho agny Babilona ké hatragny amin'i Kristy de taranaka efatra ambiny fôlo.[18]Kara zao no
nisehoan'ny fahaterahan'i Jesosy Kristy. Ny mamany, de efa natokana hagnambady an'i Josefa, kanefa talohan'ny
niarahahan-jaré ré, de hita fô nitoe-jaza izy avy tamin'ny Fanahy Masigny. [19]Josefa, vadiny, de lalahy marigna, no
sady tsy ta-hagnalabaraka agnanjy amason'ôlomaro. ké nanapakevitry izy ny hamaragna mangingigna ny
fifagnikiagna taminanjy.[20]Ary kô izy mbôla nieritreritry mikasika iré raha ré igny, de niboaka taminanjy tamin'ny
nofy ny anjelin'ny Tompo, magnano hoe: ''Josefa, zanaka lahin'i Davida, aza matahotro ny hialaka an'i Maria ho
vadinô, satria ilay araiky izay notorotorognina akô agnatiny de ny Fagnahy Masigny no nametraka ananjy.
[21]hiteraka zaza lalahy izy, kéanà hagnatso ny agnarany hoe Jesosy, fô izy no hamonjy ny ôlony hiala amin'ny
fahotagnan-jaré ré.''[22]Izégny jiaby izégny de niseho mbô hahatanteraka izay nikoragnin'ny tompo tamin'ny
alalan'ilay mpaminagny, magnano hoe: [23]"Indro ny virjiny hitoe-jaza ké hiteraka zazalalahy, ary zaré ré
hagnantso ny agnarany hoe Imanoela''_zay midika hoe: "Amintsika Andriamanitra."[24]Nifoha tamin'ny tôromasony
Josefa ke nagnano arak'izay nandidian'ny anjelin'ny Tompo ananjy ké nalaka ananjy ho vadiny. [25]Kanefa tsy
niaraka taminy izy mandra-piterahany zazalahy. ké nantsovigny hoe Jesosy ny anarany.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 2

[1]Tafaran'ny nahaterahan'i Jesosy takô Betleheman'i Jodia tamin'ny andron'i Heroda mpanjake, de tônga takô
Jerosalema iré lalahy manam-pahalalagna avy agny antsignianagna novôlagna hoe: [2]"Akéza Izy zay teraka ho
mpanjakan'ny Jiosy? Nahita ny kintagna avy agny antsignianagna zahay ké tônga Mbô hidera ananjy." [3]Kôfa
naharagny izégny i Heroda mpanjaka, de nangorohoro izy, sy i Jerosalema jiabijiaby niaraka taminanjy.
[4]Nindôsin'i Heroda niaraka ny lohan'ny mpisorogna jiaby sy ny mpanora-dalagnan'ny ôlogno, ké nagnontany
ananjy iré izy hoe: "akéza no hahaterahan'i Kristy? [5]"Nivôlagna taminanjy iré izy hoe: "Akô Betleheman'i Jodia, fô
izao no voasoratry ny mpaminagny hoe:" [6]Fô anô, Betlehema, agny amin'ny tanin'ny Joda, de tsy farany hely
amin'iré mpitondran'i Joda, fô avy aminô no hatongavan'ny mpanapaka zay hiambigny ny oloko Israely."[7]Ké
nagnantso mangingigna iré lalahy manan-pahalalagna i Heroda mbô hagnontany ananjy iré mazava tsara ny
fotoagna nipoiran'ilay kintagna. [8]Nalefany tagny Betlehema zaré ré, managno hoe: "Mandehana ké fotôro tsara ny
amin'ilay zaza kôfa hitanaré izy, de ampilazà zaho, mbô afahako mandeha agny andreky koa ké hidera
ananjy."[9]Tafaran'ny narignesan-jaré ré ny mpanjaka, de nandeha tamin'ny lalagnany zaré ré, ké ny kintagna zay
hitan-jaré ré tegny antsignianagna no nialôha ananjy iré mandra-pidokoany také ambonin'ny toerana nisy lay
zaza. [10]Kôfa nahita ny kintana zaré ré, de niravo tamim-pifaliam-be.[11]Niditra tao amin'ilay trano izy ireo ary
nahita ny zaza niaraka tamin'i Maria reniny. Niankohoka sy nidera azy izy ireo. Nanokatra ny fitoeran-kareny izy
ireo ary nanolotra fanomezana volamena, dintin-kazo manitra, ary miora ho azy. [12]Nampitandrina azy ireo
tamin'ny nofy Andriamanitra mba tsy hiverina any amin'i Heroda, ka lalana hafa no nandehanan'izy ireo
namonjy ny fireneny avy.[13]Kôfa dila zaré ré, de nisy anjelin'ny Tompo niboaka tamin'i Josefa tamin'ny alan'ny
nofy ké nivôlagna hoe: ''Miankoha, indôsy ny zaza mbôn'ny mamany, ké milifasa agny Egypta. Midokoà agny
mandra-pivolanako aminà, fô i Heroda de mitady lé zaza mbô hamonoana ananjy.'' [14]Ny alin'iny Josefa de nifôha
ké nitondra ny zaza mbôndreniny ké nakagny Egypta. Nidôko tagny izy mandra-pahafatesan'i Heroda. [15]Izégny de
nanantateraka zay nivolagnin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny mpaminany hoe: ''Nantsôviky niala tagny Egypta ny
zanako.''[16]Avy také Heroda, kôfa nahita fô voafitak'iré lalahy manam-pahalalagna, de fingitra mafy. Nagnasa sy
nampamono ny zaza lalahy jiaby roa taogno no mirorogno zay takô Betlehema sy takô amin'ny faritra jiaby igny
izy, karahà ny fotoagna zay nofotorany mazava tamin'iré lalahy manam-pahalalagna.[17]Avy aké de tanteraka ny
teny zay nivolagnina tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany hoe: [18]"Nisy feo regny takô Roma, fitomagniagna sy
fisaonam-be, mitomagny nohon'ny amin'ny zanany i Rahely, ké tsy nagneky ny ho ampanginigna izy, satrià efa
lasana zaré ré.''[19]Kôfa naty i Heroda, indre, nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'i Josefa tagny Egypta tamin'ny
nofy ké nivôlagna hoe: [20]''Mifohàza ké indôsy ny zaza mbôn'ny mamany ké mandihàna agny ami'ny tanin'Israely,
fô efa naty iré zay nifofo ny aignin'ny zaza.'' [21]Nifôha Josefa, nindôsiny ny zaza mbôn'ny mamany, ké nandeha
tamin'ny tanin'Israely.[22]Fô kôfa régny fô i Arkelaosy no nanjaka tagny Jodia nandimby an'i Heroda babany, de
natahotra ny ho agny izy. tafaran'ny nampitandreman'Andriamanitra ananjy tamin'ny nofy, ké niala nakagny
amin'ny faritr'i Galilia izy [23]ary nandeha ké nipetraka takô amin'ny tanagna antsovigna hoe Nazareta. izégny de
hahatanteraka zay voàlaza tamin'ny alalan'iré mpaminagny hoe: ''Nazaregna no hagnatsôvagna ananjy.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Tamin'izégny andro izegny de nandeha nitory tagny agn'efitr'i Jodia i Jaona mpagnano Batisa magnano hoe:
[2]"Mibebaha, fô efa mariny ny fanjakan'ny lagnitry." [3]Fo izy no lay nivolagnin'Isaia mpaminagny, magnano hoe:
"Misy feho araiky magnatso mafy agny agn'efitry hoe: "Amboaro ny lalan'ny Tompo, ahitsy ny lalany."'[4]Ary Jaona
nagnato volon-drameva sy nagnatô fehin-kibo hôditry tamin'ny andilagnany. Kojeja sy tintily remby no nataony
fioanigny. [5]Ary Jerosalema, Jodia jiaby, sy ny faritry jiaby magnodidigny ny reniranon'i Jordana de nagnatona
ananjy. [6]Nataony batisa tagny amin'ny reniranon'i Jordana izy iré, kôfa nihaiky ny fahotagnany.[7]Fô kôfa nahita iré
Fariseo sy Sadoseo maro nagnatogno ananjy mbô ho atô batisa izy, de aozy tamin-jaré ré hoe: "Ry taranaka
menaragna feno poizigny, izôvy no nampitandrigna anaré hilefa ny fahavigniragna zay ho avy? [8]Mamoaza voa
mendriky ny fibebahagna. [9]Ké aza misaigny ny hivôlagna agneritreritra hoe: 'Managna an'i Abrahama ho
babanay zahay.' Fô ivolagniky aminaré fô Andriamanitra de mahavita manangagna zanaka ho an'i Abrahama na
de avy amin'ireto vato reto aza.[10]Ary efa napétraka aké ampoton'ny kakazo ny famaky. Ké iré kakazo jiaby zay tsy
mamoà voa tsara de ho tapahina ké atsipy agny agnaty afo. [11]Magnano batisa anaré amin'ny rano ho amin'ny
fibebahagna zaho. Fô mahery noho zaho izy zay tônga afarako, ary zaho dé tsy tokony aby na de ny hitôndra ny
kapany aza. Agnano batisa anaré amin'ny Fagnahy Masigny sy ny afo izy. [12]Efa egny antagnany ny fikororohany
mbô hagnadiovagna ny milôlo ké hagnangonagna ny variny agny an-tohitry. Fô izy de hagnoro iréo angafony
amin'ny afo zay tsy mety maty.[13]Avy také Jesosy avy tagny Galilia ké tonga také amin'ny reniranon' i Jordana mbô
ho ataon'i Jaona batisa. [14]Kanèfa i Jaona de niezaka nanakagna ananjy, magnano hoe: "Zaho no mila atônà batisa,
nefa anà ndraky vô no magnatogno anahy? [15]Jesosy namaly sady nivôlagna taminanjy hoe: "Ekeo izégny avahizo,
fô zao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinagna jiaby." Avy také Jaona nagneky ananjy .[16]Kôfa vita
batisa Izy, de nivoaka ny rano avy atragny Jesosy, ary indré, nisokatra taminanjy ny lagnitry. Hitany ny
Fagnahin'Andriamanitra nirôrogno karaha pizigny sady nandeha tam-bôniny. [17]Ary indré, nisy feo avy agny
andagnitry nagnano hoe: "Itô no zanako malalako. Zay tegna sitrako."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 4

[1]Avaké Jesosy nindôsisn'ny Fagnahy ho agny agnefitra mbô halain'ny devoly fagnahy. [2]Kôfa avy nifady hanigna
efapôlo andro sy efapôlo aligna izy de tihinagna. [3]Nagnatogna ny mpaka fagnahy ké nivôlagna taminanjy hoe:
"Kô Zanak'Andriamanitra anô, de volagno iré vato iré mbô ho tônga môfo. [4]Fô namaly Jesosy ké nivôlagna
taminanjy hoe: "Voasôratra hoe: 'Tsy môfo foagna hivilôman'olo fô ny koragna jiaby avoakan'ny
vavan'Andriamanitra."'[5]Avaké ny devoly nitôndra ananjy tagny amin'ny tanàgna masigna ké nametraka ananjy
také amin'ny faratampon'ny tempoly, [6]ké nivôlagna taminanjy hoe: "Kôa Zanak'Andriamanitra anà, de
mivariagna ambany akagny, fô voasôratra hoe: 'Izy hagnasa iré anjeliny hitagna anà sy hanandratra Anà aké
amin'ny tagnanjaré, ké tsy ho vatsitôhigna amin'ny vato tongotranà."'[7]Jesosy nivôlagna taminanjy hoe: "Dia
mbôla voasoratra koa hoe: "Tsy tôkony hizafagnafy ny Tompo Andriamanitranà anà."' [8]Nindôsiny devoly agny
amin'ny tany ambo koa Izy ary natorony ananjy ny fanjakagna jiaby ambôn'ny tany sy ny hatsaran'ire. [9]Ahozy
taminanjy hoe: "Amiako anà rà jiaby iré, izy koa miankôhoko ake alôhako sy midèra anahy ana."[10]Avy take Jesosy
nivôlagna taminanjy hoe: "Mialà ake ana, Satana! Fô èfa voasôratra hoe: 'Ana de hidèra ny Tompo
Andriamanitrana, ary izy raiky foagna no ho tompôna."' [11]Avake niala Ananjy ny devoly, ary egy, nisy anjely tônga
ké nanômpo Ananjy.[12]Kôfa regnin'i Jesosy fô voasambotro Jaona, dia nierigna akagny Galilia izy. [13]Niala an'i
Nazareta izy kè nandèha ary nipètraka tako Kapernaomy, zay amôron-dranomasigny Galilia, akè amifairan-
tanin'i Zebolona ndraiky Naftaly.[14]Zaigny no nitranga mbô hahatantairaka zay nivolagnin'Isaia mpaminagny hoe:
[15]"Ny tanin'i Zebolona sy ny tanin'i Naftaly, mandéha amin'ny ranomasigna, agny an-dafin'i Jordana, Galilia an'ire
Jentilisa! [16]Ire ôlogno nipètraka tamin'ny maizigna kè nahita fahazavagna maventy, fô ire zègny nipétraka
tamin'ny faritra sy ny lindogna ny fahafatèsagna, de také amin'jaré ré no nivoahan'ny fahazavagna."[17]Kay
tamin'jagny fotoagna zagny Jesosy dia nanomboka nitory teny sy nivôlagna hoe: "Mibebaha, fô èfa mariny ny
fanjakan'ny lagnitry."[18]Kôa nandèha tagny amoron'ny Ranomasignin'i Galilia Izy, de nahita roa miralahy, Simona
zay nantsôvigny hoe Petera, ary Andrea ralahiny, nanôraka ny haratony tandranomasigna, fô mpagnarato izy ire.
[19]Hozy Jesosy tamin'jaré hoe: "Andèha, hagnaraka Zaho, fô hatôko mpagnarato ôlogno anaré." [20]Takeke foagna da
niala ire harato izy iré kè nagnaraka Ananjy.[21]Avake koa mbôla nagnatogna Jesosy de nahita ro miralahy afa koa,
de Jakoba zanak'i Zebedio ndraiky Jaona ralahiny. Nagnamboatra ny haratony takô an- tsambo izy iré niaraka
tamin'i Zebedio, baban'izy ire. Ngnantso ananjy ire Izy, [22]kè takeke foagna dia niala ny sambohely sy ny babany
izy ire kai nagnaraka Ananjy.[23]Nandaiha nagnodidignan'i Galilia Jesosy, nampianatra takô amin'ny
Synagogan'jaré, nitory ny filazantsaran'ny fanjakagna, ary nagnasitragna ire karazagna aretigna jiaby miaraka
amin'ny abokagna jiaby tamin' ôlogno. [24]Naraisaka èran'i Syria ny vôvô makasika Ananjy, kè nivolagnin'ôlogno
taminanjy ire zegny marary jiaby, mararin'ny karazagn'aretigna sy fanaintaignana, ire azon'ny devoly, sy zegny
tôrantôragna sy mararin'ny paralysisa. Nitahan'i Jesosy izy iregny. [25]Vahoaka baitsaka avytagny Galilia,
Dekapolisy, Jerosalema, Jodia ary ny avy agny an- dafin'i Jordana no nagnaraka Ananjy.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 5

[1]Koa nahita iré fôkonôlo Jesosy, kè niakatra také an- tendrombôhitra. Kôfa tafipaitraka Izy, de nandaiha
Taminanjy iré mpianatrany. [2]Nivôlagna Izy sady nampianattra anjaré, magnano hoe: [3]"Sambatra ny mahantra
am-pagnahy, fô anjaré ny fanjakagnan'ny lagnitra. [4]Sambatra iré misaogno, fô hampionognina zaré.[5]Sambatra iré
malemy fagnahy, fô zaré no handôva ny tany. [6]Sambatra iré zay tihinagna sy mangètahata ny fahamarignagna, fô
ho vokisagna zaré ré. [7]sambatra iré mamindra fô, fô hahazo famindram-pô zaré ré. [8]Sambatra iré mady am-pô, fô
hahita an'Andriamanitra zaré ré.[9]Sambatra iré mpampihavagna, fo izy ré no antsôvigny hoe
zanak'Andriamanitra. [10]Sambatra iré zay injehigna nôhon' ny fahamarignagna fô anjaré ré ny fanjakagnan'ny
lagnitry.[11]Sambatra anaré kô magnaratsy anaré sy magnenjiky anaré ny ôlogna, ké mivôlagna karazagna lënga
tsimanjary jiaby hanôhitra anaré nôhin'ny aminahy. [12]Mifalià sy miravoravoa, fô maventy ny valisoanaré agny
an- dagnitry. Fô karan-jegny ny fômba nagninjèhagnan'ny ôlogna iré mpaminagny zay nihaigny talôhanaré.
[13]Anaré no siran'ny tany. Fô Kô sira no tônga matsatso, amin'ny fômba akôry no ampasira zégny Koà? Tsy ho tsara
na amin'ino na amin'ino intsony izégny fô hariagna sy hidiavin'ny ôngotr'ôlogno tavèla. [14]Anaré no
fahazavagnan'jô tontôlo zô. Ny tanàgna miôrogna aké amin'ny ambôny dia tsy azo havony eky.[15]Tsisy ôlogno
mamelogna jiro kè manambèla izégny agny ambany hellitry, fô aké amin'ny fipitrahan- jiro, ké magnazava ny
jiaby akô an-dragno zégny. [16]Ôka mbô hazava aké alôhan'ny ôlogna karan'jegny fômba zégny ny fahazavagnanaré
mbô ahitan'jaré ré ny asa tsara atônaré ké ankalazany Rainaré zay agny an-dagnitry.[17]Aza misaigny hoe tônga
handrava ny lalàgna na iré mpaminagny Zaho. Tsy tônga hamotika iré Zaho, fô hagnatintôsa ananjy iré. [18]Fô
volagniko marigny aminaré fô mandra-pahalelognon'ny lagnitry sy ny tany, de tsy ho foagna amin' ny lalàgna na
de litèra araiky sy tendron-tsôratra araiky aza, mandra- pahatantèraky ny raha jiaby.[19]Nôho izégny na izôvy na
izôvy mandika na de ny hely foagna amin' iré didy iré sy mampianatra ny hafa agnano karan-jegny de ho
antsôigna hoe hely kokoà akô amin'ny fanjakagnan'ny lagnitry. Fo na izôvy na izôvy magneky sy mampianatra iré
de ho antsôvigna hoe maventy akô amin'ny fanjakagnan'ny lagnitry. [20]Fô volagniko aminaré fô kô tsy mihoàtra
noho ny mpanôra-dalàgna sy ny fariseo ny fahamarignanaré, de tsy hiditry akô amin'ny fanjakagnan'ny lagnitry
mitsy anaré.[21]Efa regninaré fo voalaza tamin'jaré ré talôha hoe: 'Aza mamono ôlogna,' ké 'Na izôvy Na izôvy
mamono ôlogno dia ho helohigna agny amin'ny fitsaragna.' [22]Fô volagniky aminaré fô zay jiaby vignitry amin'ny
ralahiny de manjary ny ho helohigna agny amin'ny fitsaragna; ary na izôvy na izôvy mivôlagna ny ralahiny hoe:
'Anô de ôlom-poagna!' de ho helohigna agny amin' ny filanan-kevitry; ary na izôvy na izôvy mivôlagnna hoe:
'Fôka anô!' de manjary ny ho agny amin'ny toèragna mirehitry afo.[23]Nôho izégny Koà manolotro ny fagnatitra aké
amin' ny alitara anô kè tsaroanô také fô managna alahelo aminô ny ralahinô, [24]de ambilay aké alôhan' ny alitara
ny fagnatitranô, kè mandihana tohizo ny lalagnanô. Mihavàna amin'ny ralahinô aloha, ary avaké mihirègna dia
atoloro ny fagnatitranô.[25]Mihavàgna malaky amin'ny mpiampanga anô Kô mbôla miara-dià aminanjy agny
amin'ny fitsaragna anaré, sôde ny mpiampanga anô hanôlotra anô amin' ny mpitsara, ké ny mpitsara mety
hanôlotro anà amin' ny manam-pahèfagna, kè hatô akô an-dragno mahizigna anà. [26]Volagniko marigny aminaré
fô tsy ho afaka mivoaka aô lasiteo anô mandra-mpagnifagna ni vôla faran'ny hely kokoà amin'ny trosanô[27]Èfa
régninaré fo volagnigny hoe: 'Aza mijangajanga.' [28]Kanèfa volagniko aminaré jiaby fo zay mizaha viavy kè
magniry ananjy de èfa mijangajanga takô am-pôny sahady.[29]Izy Koà magnafitoagna anà ny masonà ankavanagna,
de alà izégny ké atsipazo lavitra anô. Fô tsara kokoà ho anô kô ny ampahany araiky amin'ny vatagnanô no tôkony
ho arategny fô tsy ny tègnanà jiaby no atsipy agny amin'ny helo. [30]Izy koà magnafitoagna anà ny tagnanô
ankavanagna, de tapaho ké atsipazo lavitry hiala aminô. Fô tsara kokoà ho anô kô ny ampahany araiky amin'ny
vatagnanô no tôkony ho very fo tsy ny tègnanà jiaby no atsipy agny amin'ny helo.[31]Ary èfa nivolagnina foagna
koà hoe: 'Na izôvy na izôvy misaraka amin'ny vadiny, de ôka izy hagnamia ananjy ny taratasy fisaraham-
panambadiagna.' [32]Fô Zaho ndraiky mivôlagna aminaré fô zay jiaby misaraka amin'ny vadiny, afa-tsy nôhon'ny
fijangajangagna, de mampijangajanga ananjy. Na izôvy na izôvy manambady ananjy afaran'ny fisarahany de
mijangajanga.[33]Ary Koà, regninaré fô voalaza tamin'ny taolo hoe: 'Aza misangisangy fianianana diso, fô indeso
aké alôhan'ny Tompo ny fianiagnanô.' [34]Fô zaho ndraiky mivôlagna aminaré, aza misangisangy amin'ny raha
jiaby, na amin'ny lagnitry aza, fo sezy fiandrianan'Andriamanitra izégny; [35]na amin'ny tany, Jerosalema, fô
tanàgnan'ny mpanjaka bé izégny.[36]Aza misangisangy amin'ny lôhanô, fo tsy afaka magnafotsy na magnamagnitry
ny singan-drandragna araiky anô. [37]fô oka ny koragnanô ho, 'Ya, ya,' na 'Ahe, ahe.' Zegny mihoatra jegny dia avy
amin'ny lay ratsy.[38]Regninaré fôvoateny hoe: 'Maso sôlon'ny maso, ary nify sôlon'ny nify.' [39]Fô Zaho ndraiky
mivôlagna aminaré hoe, aza manôhitry zegny tsimanjary. Fô ndraiky, na izôvy na izôvy magnambèla ny fifinô
ankavanagna dia amiazo ananjy koa ny hilany.[40]Ary koa misy ologno magniry ny hiaraka aminô handèha akagny
amin'ny fitsaragna ké mandrava ny akanjonô, dia ambilay ho ananjy koa ny lambanô. [41]Na zôvy na zôvy manery

 

anô handëha kilomètatra arèky, mandihana miaraka aminanjy amin'ny roe kilomètatra. 42 Amia zegny mangaho
aminô ary aza mandà na izôvy na izôvy magniry ny hindragna aminà. 43 Efa regninaré fô voavôlagna hoe: 'Tsy
maintsy mankatia ny mpiara-mihaigny aminaré anaré ary mankalaza ny fahavalonaré.' 44 Fô volagniko aminaré,
tiavo ny fahavalonaré ary mivavaha ho anjègny magnenjiky anaré, [Fagnamarihigna: Ny dikan- teny talôha tsara
kokoa dia magnala ny hoe: ""Misôra iré zegny magnozogno anaré, magnanova ny tsara amin'iré zegny tsy
mankatia anaré.'"'] 45 mbô ho tonga zanaky Babanaré zegny agny an-andagnitry anaré. Fô Izy dia mampiboaka ny
masõvany amin'ny tsimanjary sy ny manjary, ary mandatsaka ny malegny amin'ny marigny sy ny tsy marigny.
46 Fô koa iré zegny tia anaré no tiavinaré, ino no valisoa azonaré? Mô na dia ny mpamôry hètra aza tsy mbô
magnano karan'jegny koa? 47 Koa ny ralahinaré raiky foagna no arabainaré, ino no mbô atônaré mihotra ny hafa?
Mô na dia ny Jentilisy aza tsy mbô magnano karan'jegny koa? 48 Nôhon' jegny dia tsy maintsy tantëraka naré,
karaha ny fahatantirahan'ny Babanaré zegny agny an-dagnitry.

# Chapter 6

[1]Mitandrema mbô tsy hagnano ny asan'ny fahamarignanaré aké agnatrehan'ny ôlogna anaré mbô hitanjaré, fô
izikoa tsy zégny de tsy hahazo ny valisoa avy amin'ny babanaré zegny agny an-danitra. [2]Nôho izegny kôfa
maneho fihantragna anaré, de aza mitsoka trompera mitaogno ny hafa hanaraka ny ataon'ny mpiatsara velatsy
akagny amin'ny signagoga sy akagny amin'ny lalagna, ké mbô mety hahazo ny fideran'ny ôlogna zaré ré.
volagniko marigna aminaré fô zaré réde efa nandray ny valisoany.[3]Fô kôfa maneho fiatragna anaré, aza atao
hain'ny tagnanaré havia zegny ataon'ny tagnaré havanagnä, [4]ké mbô hamiagna mangingigna ny fagnomezanaré.
Avy aké ny Babanaré izegny mahita amin'ny mangingigna no hamaly soa anaré.[5]Kôfa mivavaka anaré, aza
magnano karaha ny mpiatsaravelatsihy, fô zaré ré tia mijoro sy mivavaka aké amin'ny sinagoga sy akeo amoron-
dalana, ké mbô mety ho hitan'ôlogna. Volagniko marigna aminaré, fô zaré ré de efa nadray ny valisoany. [6]Fô
anaré kôfa mivavaka, midira akô amin'ny efi-tragnonaré. Afodio ny tamiagna, de mivavaha amin'ny Babanaré
izay akô amin'ny mangingigna avy aké ny Babanaré izay mahita akô amin'ny mangingigna no hamaly soa anaré.
[7]Kôfa mivavaka anaré aza managno koragna maro tsy misy ilaigna ananjy karaha ny ataon'ny Jentilisa, ny
amin'ny fiheverany fô ho regny izy iré nohon'ny koragna maro izay ataony.[8]Noho izegny, aza magnano karaha an-
jaré ré, fô ny Babanaré dé efa mahay zegny raha ilainaré alohan'ny angatahanaré Aminanjy. [9]Noho izegny
mivavaha karanjao hoe: 'Babanay zay agny an-danitra ho hamasignina anie ny agnaranô. [10]Ho tônga ane ny
fanjakanô. Hatao ane ny sitraponô aketo an-tany karaha ny agny andagnitra.[11]Amia anay niany ny hanigna
fanôka ho anay. [12]Mamelà ny helokanay, karaha ny hamelanay zegny meloka taminay. [13]Ké aza mitôndra anay
amin'ny fakam-pagnahy, fô magnafaha anay amin'ny ratsy.''' [Fagnamarihagna: Ny dikateny talôha tsara
indrindra de magnala ny hoe: ''Fa Anao ny fanjakagna sy ny hery ary ny vogninahitra mandrakizay. Amen.'']][14]Fô
izikôa mamela ny hadisoagnan'ny ôlogna anaré, de hamela anaré ndraika koa ny Babanaré zay agny an-dagnitra.
[15]Fô izikôa tsy mamela ny hadison-jaré ré anaré, de tsy hamela ny hadisoagnanaré kôza ny Babanaré.[16]Ankoatra
zegny, kôfa mifady hanigna anaré, aza magnatoro tarehy mampalahelo karaha ny atôn'ny mpiatsaravelatsy, fô
magnano ratsy tarehy zaré ré ké mbô mety ho hitan'ôlogna fô tegna mifady hanigna. Volagniko marigna aminaré,
fô efa nandray ny valisoan-jaré zaré. [17]Fô anô kôfa mifady hanigna, hisôro menaka ny lohanô avaké sasao
tarehanô, [18]ké mbô tsy ho hitan'ôlogna hafa fô mifady hanigna, fô amin'ny Babanao izegny akô amin'ny
mangingigna foagna; ary ny babanô zay mahita akô amin'ny mangingigna no hamaly soa anô.[19]Aza mikajy ny
haregnanaré aketo an-tany, izay simbain'ny kalalao sy harafesigna, ary hidiran'ireo mpangalatra an-keriny ké
hangalatra. [20]Fô kôza, kajio ny haregnanaré akagny an-dagnitry, izay tsy haratran'ny kalalao sy harefesigny, ary
tsy hidiran'ireo mpangalatra ankeriny ké hangalatra. [21]Fô izegny misy ny haregnanô, no hidokoan'ny fônao
ndraika koa.[22]Ny maso no jiron'ny vatagna. Noho izegny, koa tsara ny masonà, de ho feno fahazavagna ny vatagna
jiaby. [23]Fô izikôa ratsy ny masonà, de ho feno haizigna ny vatagnanà jiaby. Noho izegny, izikoa maizigna ny
fahazavagna izegny akô angnatinà amin'izao, magnano akôry ny habezan'ny izegny haizigna izegny! [24]Tsy misy
afaka hanompo tompo aro, fô hankahala ny araiky izy ary ankatia ny araika, izikoa tsy izegny hanolotegna ho
an'ny araika ké hankahala ny araika hafa. Anô de tsy afaka hanompo an'Andriamanitra sy ny haregna.[25]Noho
izegny volagniko aminaré, aza miahy momba ny aigninaré, izegny hohaninaré na izegny hosotronaré na mômba
ny vatanaré, fô tsy maventy noho ny hanigny mé ny fiaignana, ndraiky ny vatagna koa maventy noho ny
fitafigna? [26]Zahavo iré vôrogno agny amin'ny habakabaka Izy iregny de tsy mamafy na mijinja na manangona akô
antsompitry, fô ny Babanaré izegny agny andanitra no mamahana anajy ireny. Tsy sarobidy kokoa mihoatra
iregny mé anaré?[27]Izôvy aminaré no afaka magnampy refy araiky amin'ny andro hiaignany amin'ny
fagnahiagna? [28]Nagnino anaré no misaintsaigna momba ny fitafiagnanaré? Saigno ny momban'ny lilia egny
amin'ny saha, karaha akory ny fanirianjare regny. Tsy mbo miasa zare regny, ary tsy mamoly fitafiagna.
[29]Volagniko marigny aminare, fô na i Solomona aza amin'ny voninahiny jiaby de tsy nitafy karaha ny araiky
amin'iregny.[30]Izikoa ampitafian'Andriamanitra karaha izegny ny hahitra agny an-tsaha, izay jiaby misy iniany sy
amaraigna de hatsipy ao am-patagna, karaha akôry no ampitafiagny anarè bebe kokoa, anaré ry hely finoagna?
[31]Noho izegny aza miahiahy ké mivolagna hoe: ino no hohaninay na hoe: 'Ino no hinominay?' na hoe: 'Ino ny
hitafinay ho atônay?'[32]Fô iré Jentilisa mitady iré raha iré, ary ny babanaré izay agny an-dagnitra de mafantatra fô
mila iré anaré. [33]Fô tadiavo alôha ny fanjakany sy ny famarinany de hamiany anaré iré raha iré. [34]Noho izegny,
aza miahiahy ny amaraigny, fô ny amaragny hagnahy ny aninanjy. Ampy ho an'ny andro tsiraikiraiky ny ratsy ao
aminanjy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 7

[1]Aza mitsara, dia tsy hitsaraigny anaré. [2]Fô amin'ny fitsaragna natonaré, no hitsaragna anaré, ary amin'ny
fandrifèsagna andrifèsanaré, no handrifèsagna anaré.[3]Nagnino anö no mizaha ny singa- mölôlô hely zegny aka
agnatin'ny mason'ny ralahinô, nèfa tsy voatsikèranô ny andry ako agnaty masonà? [4]Akory no hivolagnanö ny
ralahinô hoe: 'Ambila zaho hagnala ny singa-molölö zegny aka agnaty masona', koa mbola aka agnatin'ny masonà
lay andry? [5]Ry mpitsaravelatsy! Ala alöha ny andry zegny aka agnaty masona, ary avaké ana hahita tsara kofa
magnala ny singa-molölö zegny ake amin'ny mason'ny ralahinô.[6]Aza amiagna ny amboa zegny masigny, ary aza
atsipy ake alôhan'ny lambo ny vatomahitanaré. Koa tsy zegny dia mety ho voadiany ny tongonjaré, ary avaké
hifötotro sy hamiravira anaré amin'ny fahapotehigny.[7]Mangahoa, dia amiagna anaré zegny. Mizahava, dia hahita
anaré. Konkogno, fo hisokatra ho anaré zegny. [8]Fo zegny mangaho jiaby, dia mahazo; iré jiaby zegny mizaha, dia
mahita; ary ho an'ôlogno nikonkogno, dia ho sokafigny. [9]Sa izovy aminaré, koa angahoan'ny zanany môfo, no
hanölotro vato ananjy? [10]Na koa kofa angahoany löko, kè hanölotro bibilava ananjy?[11]Noho jegny, kofa anaré
zegny ratsy aza mahaÿ magnamia ire fagnomiazagna zegny tsara ho an'ny zanakaré, môa tsy be mihoatra mö ny
raha tsara amian' ny Babanaré zegny agny an- dagnitra ho an'ire zegny mangaho aminanjy? [12]No jegny, na ino na
ino raha tianaré ho aton'ny ologno amin'ny tègnanaré, dia tökony hagnano kara jegny amin'jaré koa anaré, fo
zegny no lalàgna sy iré mpaminagny.[13]Midira amin'ny vavahady tery. Fo maventy ny vavahady ary malalaka ny
lalagna mitöndra agny amin' ny fahavirèzagna, ary maro ire ologno izegny mandèha amin'jegny. [14]Fo tery ny
vavahady ary sarotro ny lalàgna izegny mitariky mandèhagny amin'ny fiainagna, ary vitsy ire izegny mahita
anjegny.[15]Mitandrèma amin'ire mpaminagny sandoko, zegny magnatogna anaré amin'ny fitafiagn'ôndry nèfa
amboady tègna mpihaza. [16]Amin'ny alalan'ny vihiny no ahèzanaré ananjy iré. Misangotro voaloboko agny
amin'ny fatsy mö ny ologno, na koa aviavy agny amin' ny songosongo? [17]Mitövy amin'jegny, ny kakazo tsara jiaby
dia mamoa vihiny tsara, fo ny kakazo ratsy dia mamoa vihiny ratsy.[18]Ny kakazo tsara dia tsy afaka ny hamoa
vihiny ratsy, na koa ny kakazo ratsy dia tsy afaka mamoa vihiny tsara. [19]Ny kakazo jiaby izegny tsy mamoa vihiny
tsara dia tapahigny ary hatsimpy agny agnaty afo. [20]Kè noho jegny, ho hènare zaré amin'ny alalan' ny vihiny.[21]Tsy
ire jiaby zegny mivolagna Aminahy hoe: 'Tompo, Tompo', dia hiditry ny fanjakan'ny lagnitry, fo ire zegny
magnano ny sitrapön'ny Babako zegny agny an- dagnitry foagna. [22]Maro ire ologno hivolagna aminahy amin'jegny
andro izegny hoe: 'Tompo, Tompo, tsy èfa naminagny tamin'ny agnaranô mö zàhay, tsy èfa mamoaka ire devoly
tamin'ny agnaranô, ary nagnano ire asa maventy tamin'ny agnaranô?' [23]Avake Zaho hagnambara amin'jaré
ampahibemaso hoe: 'Tsy nahaÿ anaré mitsy Zaho! Mialà lavitry Zaho, ry mpagnano ratsy!'[24]Noho jegny, ire jiaby
zegny maregny ny koragnako ary magnekian'jegny dia ho karaha ny ologno hendry zegny namorigny tragnony
agny ambony vatolampy. [25]Nilatsaka ny oragna, tonga ny tondra-drano, ary nifôfofôfo sy namango lay tragno ny
rivotro, fo tsy lavo izegny, satria namboarigny take amböny vatolampy.[26]Fo jiaby zegny maregny ire koragnako kè
tsy mankatoa ananjy iregny dia karaha ny ologno adala zegny magnamboatra ny tragnony agny amböny fasiky.
[27]Nilatsaka ny oragna, tönga ny tondra-drano, ary nifôfofôfo sy namango lay tragno ny rivotro, kè dia lavo izegny,
ary feno ny faravagna."[28]Ary kôfa avy nagnambara ire koragna ire Jesosy, talanjogno tamin'ny fampianarany ire
vahoaka, [29]satria nampianatra anjaré karaha ny ologno zegny managna fahifagna Izy, fo tsy karaha ire mpanöra-
dalàgnan'jaré.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 8

1 Izy kôfa nandrôrogno avy tagny an-tendrombohitra Jesosy, ôlo maro nizohy Ananjy. 2 Egy nisy boka araiky
nagnatogno Ananjy nitsaoka talôhany take, nagnano hoe: "Tompo, koā ikenà, dia afaka magnady anahy anà."
3 Nagnatsôtro tagnany Jeosy kè nikitika ananjy, nagnano hoe: "Ikeky. Mahadiova." Takeke dia nady tamin'ny
habokagnananjy izy. 4 Ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Aoka mbô tsy hivôlagna na ino na ino na amin-jôvy na amin-
jôvy anà. Mandihana amin'ny lalagnanà, kè atôvo hitan'ny mpisõrogno ny tègnanà kè manolôra fagnatitry zègny
nagnasan'i Mosesy, mbô ho fijoroagna vavôlombelogno amin-jaré." 5 Izy kôfa niditra taka Kapernaomy Jesosy, dia
nagnatogno Ananjy kapitény araiky kè nagnontany Ananjy, 6 nagnano hoe: "Tompo, matôry aka an- dragnoko
mpiasako fô malemy kè aka agnatin'ny fanaitaignana mafy." 7 Ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Ho avy agny Zaho hè
sitragniky izy. 8 Namaly lay kapitény kè nagnano hoe: "Tompo, tsy manjary idiranà aby amban'ny tafon-tragnoko,
fô mivolagna fôgna dia mahivagna ny mpiasako. 9 Fô zah tô koa mbô lilahy napètraka ambany fahifagna, kè
managna miaramila zègny bokoeko zah. Mivôlagna amin'ny raiky zah hoe: 'Mandihana', dia mandèha izy, avake
amin'ny raiky hafa koa hoe: 'Avia', dia magnatogno izy avake amin'ny mpiasako hoe: "Atôvy zô dia atôny zegny."
10 Kôfa regnin'i Jesosy zégny, dia gaga Izy kè nikoragna tamin-jaré zègny nagnaraka Ananjy hoe: "Koragniko
aminaré tègna marigny, fô mbôla tsy nahita ôlo nanam-pinoagna karan-jagny Zah taketo Israely. 11 Koragniko
aminaré, fô maro ny avy agny antsignianagna ndraky avy agmy andrèfagna ho tônga, avy zaré de hipètraka aké
an-databatra miaraka amin'i Abrahama, Isaka ndraiky Jakoba, agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry. 12 Fô iré zanaky
ny fanjakagna dia hatôraka agny ivèlan' ny hizigny lavitry akagny, zègny hisy fitomagniagna ndraiky fikatroha-
nify." 13 Ahozy Jesosy tamilay kapitèny hoe: "Mandihana! Araka ny ninoanô, dia oka zègny ato ho anô." Tônga dia
nahivagna tamin'zègny lèra zagny mintsy lay mpiasa. 14 Kôfa nitsôfotra tan-dragno i Petera ndraiky Jesosy, dia
nahita ny rafôzambavin'i Petera natôry tratra tazogno. 15 Nikasihin'i Jesosy ny tagnany, kè afaka taminanjy ny
tazogno. Dia nitsangagna izy nagnamia hanigna Ananjy. 16 Kôfa tônga ny aligny, dia maro iré nifihezin-jigny
nindôsin'ôlo take amin'i Jesosy. Nandroaka iré fagnahy tamin' ny teny Izy kè nagnasitragna iré jiaby zègny tsy
salama. 17 Karan-jègny nahatantèraka zègny nikoragnina tamin'i Isaia mpaminagny, magnano hoe: Izy
vatantègnany nitôndra ny tsy fahasalamantsika ndraiky nitôndra iré aretignantsika." 18 Izy kôa èfa hitan'i Jesosy
iré fôkon'ôlo nagnodidigna Ananjy dia ngnamia hevitry, mbô nialagna tampita ny ranomasigna Galilia Izy. 19 Avy
take ny mpanöra-dalagna araiky nagnatogno Ananjy nagnano hoe: "Ry mpampianatra, hagnaraka anô zah na
akaiza na akaiza andihananô." 20 Ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Ny amboahôlo manan-davaka, ary iré vôron-
dagnitry managna ankany, fô ny zanak'Ôlogno tsy managna na akaiza na akaiza ampandriany lôhany. 21 Araiky
hafa tamin-dre mpianatra nivolagna taminanjy hoe: "Tompo, ambilay zah malôngany andèa kè andévigna ny
babako. 22 Fô ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Mgnaraha Anahy, kè ambilay ny maty andevigna ny maty akö
aminanjy manôkagna." 23 Kôfa nitsôfotro takô an-tsambo hely raiky Jesosy, dia nagnaraka Ananjy tagnatiny taka
ire gaognananjy. 24 Egy, nisy tafio drivotra maventy niboaka take amin' ny ranomasigna, ke safotr'onja ny lakagna.
Fô resin- tôry Jesosy. 25 Nandea taminanjy ire gaognany kè namôha Ananjy nagnano hoe: "Avöto antsika, Tompo,
ho faty antsika!" 26 Ahozy Jesosy tamin-jare hoe: "Magnino anare matahotro, ry hely finoagna?" Dia nitsangana Izy
avy take nivölagna mafy tamindrivotra ndraiky ranomasigna. Dia nisy fitoniagna be avy take. 27 Gaga ire gaogno
kè nivölagna hoe: mbô karazagna lilahy ino itô, fô samba rivotro sy ranomasigna aza magneky Ananjy? 28 Kôfa
tônga tagny ampita ndraiky tamin'ny tanagna Gadarenesy Jesosy, dia nisy gaogno roe zegny nifihezin-jigny
nitaôtro Taminy. zaré ré dia niboaka avy agny amin'iré fasagna ary tègna nagnadary, avy tamin' jagny dia tsisy
mpandèha afaka zègny lalagna zagny. 29 Egy nigahiky tatô izy re kè nagnano hoe: mpifagnino marö zahay anà, ry
Zanak'Andriamanitra? Tônga aketo mö Anô hampihôrohôro anäy alôhan'ny fotoagna voatôndro?" 30 Kè nisy
andian-dambo maro nihinagna take, tsy lavitra an-jare. 31 Mbôla niangavy an'i Jesosy foagna ire jigny kè nagnano
hoe: "Kô mandroaka anäy Anô, dia alifaso akö agnatin'ire andian-dambo ire zahay." Ahozy Jesosy tamin-jaré hoe:
"Mandihana!" 32 Dia niboaka ire jigny kè nitsôfotro tamin'ire lambo ire; egy ire andiana jiaby nifindra
nandrôrogno ny tendrombohitra nibiribiry akagny an-dranomasigna kè maty takö agnaty rano zare. 33 Ire zégny
niambigna ny lambo nihazakazaka kè nandëha amin'ny tanàgna zare nitantara raha jiaby, kè indrindra zegny
raha nisy tamin'ire gaogno nifihezin- jigny. 34 Egy, niboaka zare tantanagna jiaby mbô hitrotro amin'i Jesosy. Köfa
hitan-jare Izy, dia nangataka Ananjy mbô hiala amin'ny faritanin-jare.

Chapter 9

[1]Niditra takô an-tsambohely Jesosy, niampita, ké tônga takô amin'ny tanagnany. [2]Indré, nisy lalahy mararin'ny paralisisa nandry také am-pandriagna nindosin-jaré ré také Aminanjy. Kôfa nahita ny finoangan-jaré ré, dé aozin'i Jesosy tamin'ilay lalahy mararin'ny paralesisa hoe: ''Anaka, aoka ianao hifaly. Efa vôvela ny helokanà.''[3]Indré, ny sanany tamin'iré mpanora-dalagna nagnano anakampô hoe:'' Miteny ratsy io lalahy io.'' [4]Hain'i Jesosy raha isaintsainin-jaré ré ké nivôlagna hoe: ''Nagnino anré no mieritreri-dratsy akô am-pô naré? [5]Fô zôvy no môramôra kokoà no mivôlagna anjy hoe: 'Voavela ny helokanà,' sa ny mivolagna hoe: 'mitsangàna ké mandihana?' [6]Fô mbô ho fantanaré fô ny zanak'ôlogno dé managna fahefagna hamela heloko aketo ambônin'ny tany,...'' aoziny Izy tamin'ilay mararin'ny paralisisa hoe: ''Mitsangàna, batêo ny fandriagnanà ké mandihàna agny an-tragnonà.''[7]Avy také nitsangana ilay lalahy ké nakagny an-tragnony. [8]Kôfa nahita izegny ny foko nôlo, dé variaagna zaré ré ké nidera an'Ananriamanitra, zay nagnomia fahefagna karaha izegny ho an'ny ôlogno. [9]ké kôfa niala avy také Jesosy, de nahita lalahy nantsoigny hoe Matio Izy, zay nantotry takeo amin'ny tragno ny famorian-ketra. Aozy taminanjy hoe: ''Magnaraha Anahy.'' Nitsangana izy ké nangaraka Ananjy.[10]Ké kôfa nantotry hihinagna takô an-tragno Jesosy, indré, mpamory hetra sy ôlogno maro tônga ké niaraka nihinagna tamin'i Jesosy sy ireo mpanatrany. [11]kôfa nahita izegny ire Fariseo, de nivôlagna tamin'iré mpianatrany zaré ré hoe: ''Nagnino ny mpampianatra naré no miaraka mihinagna aminny mpamory hetra sy ny ôlogno mpanôta?''[12]Kôfa naharegny izegny Jesosy, de Aozy hoe: ''Ny ôlogno matanjaka ara-batana de tsy mila mpitsabo, fô ire izay marary foagna. [13]Tôkony mandeha mianatra anaré ny dikan'ny hoe: 'Famindram-pô no iriko fô tsy sôrogno.' fô tônga Aho, tsy hagnantso iré marigny fô iré mpanota.''[14]Avy také nagnantogno ananjy iré mpianatran'i Jaona ké nivolagna hoe: ''Nagnino zahay sy iré fariseo no mifady hanigny matetika, fô iré mpianatra anà ndreky tsy mbô mifady?'' [15]Aozy Jesosy taminjaré ré hoe: ''Mety alahelo mô iré havan'ny mpampakatra, kô mbola miaraka aké aminjaré ré ny mpampakatra? Fô ho avy ny andro hangalagna ny mpampakatra aké aminjaré ré, de amijégny zaré ré vô hifady hanigna.[16]Tsy misy ôlogno manampigna lamba tonta amin'ny tapa-damba vaovao, fa ny tampina handrôta ny lamba, ké hisy tritra ratsy lavitra.[17]Tsy misy ôlogno manisy divay vaovao akô anaty siny hoditra kôro. Kô magnano izegne zaré ré, de ho triatra ny siny hoditra, ho raraka ny divay ké ho potika ny siny hoditra. Fô kosa, zaré ré manisy divay vaovao akô anaty siny hoditra vaovao, ké ho voatahiry izy roé.''[18]Kô mbola nikoragna iré raha iré tamijaré ré Jesosy, de indré,nisy manam-pahefagna raiky tonga ké niankôhoko také aminanjy. Nivôlagna izy hoe: ''Naty zaho avaizo zao ny zanako viavy, fô tongava ké apetraho akeo aminanjy ny tagnanao, de ho velogna izy.'' [19]Avy také nitsangana Jesosy ké nagnaraka ananjy, de nagnano karaizegny koa iré mpianatrany. [20]Indré, nisy viavy zay efa nandeha fadim-bolagna nandritra ny roa ambin'ny fôlo tôgno, nandeha tafaran'i Jesosy ké nikasiky sisin-dambany. [21]Fô aozy tamin'ny tegnany hoe: ''Kôfa mikasika ny lambany foagna zaho de ho sitragna. [22]''Fô nitodika Jesosy ké nahita ananjy, de nivôlagna hoe: ''Ry zanako viavy, mahereza; ny finoagnanà no nakahivagna anà. ''Ké nahivagna ilay viavy nanomboko tamin'io ora io.[23]Kôfa tônga tagny amin'ny tragnon'ilay manam-pahefagna Jesosy, de nahita iré mpitsoka sodina sy iré fokonôlogno nihoalahoala be Izy. [24]De Aozy hoe: ''Mandihana, fô tsy naty ilay zaza viavy, fô mandry izy. ''Fô nimoehy ananjy tamin'ny fagnisoagna zaré ré.[25]Kôfa naboaka tivelany fokonôlogno, de niditra takao agnefitra Izy ké nandramby ananjy tamin'ny tagnany, ké nitsangagna ilay zaza viavy. [26]Niparitaka nagneragna ny faritra jiaby ny vaovao momba izegny.[27]Ary kôfa niala také Jesosy, de nisy jamba roa lahy nagnaraka ananjy, tsy nijanogno nagnantso zarè sady nivôlagna hoe: ''Mamindrà fô aminay, ry zanak'i Davida!'' [28]Kô fa tonga tantragno takô Jesosy, de nagnatogno ananjy iré lalahy jamba. Aozy Jesosy taminjaré hoe: ''Mino mô anaré fô mahay mangano izegny zaho? de aozy zaré taminanjy hoe: ''Ia, roe. ''[29]Avy také nikasihin'i Jesosy ny masonjaré ré ké nivolagna hoe: ''Ho tanteraka aminaré araka ny fignona naré ane zegny; [30]Ké nahiratra ny masonjaré. Avy také Jesosy nadindy mafy anjaré ké nivilagna hoe: Aoka mbô tsy hisy ôlo ahay momba izao. '' [31]fô nandeha zaré roa lahy ké nagnaparitaka ny vaovao momba izegny nagneragna izegny faritra zegny.[32]Ke kofa nandaha zareo roa lahy, de igny, nisy lalahy moä nipetrahana devoly nindosigny takeo amin'ny Jesosy. [33]Ke kôfa nalagna i devoly igny, de nivolagna lalahy moä igny. Gaga ny fokonôlo ka nivolagna hoe: ''Tsy mbola avy ita hatrizay tamin'Israely zao!'' [34]Fô hoy ireo fariseo hoe: ''Tamin'ny fanampahan'iré devoly, no nagnalany iré devoly.''[35]Nandeha nitety iré tanam-bé sy iré vôhitra jiaby Jesosy. Manohy nampianatra tagny amin'iré synagoganjaré Izy, nitory ny filazantsaran'ny fanjakagna, ary nagnasitragna ireo karazagn'aretigna jiaby sy iré sy karazagna fahararіagna jiaby. [36]Kôfa nahita iré fokonôlo Izy, de nanagna fangoraham-pô taminjaré, satria niahiahy sy kivy zaré. Karaha ny ondry tsy misy mpiandry zaré ré.[37]De aozy tamin'iré mpianany hoe: ''Fôntry ny vokatra, fô iré ampiasa no vitsy. [38]Noho izegne mivavaha malaky amin'ny Tompon'ny vokatra, mbô andefasany mpiasa akagny amin'ny vokatrany.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 10

[1]Nantsoin'i Jesosy niaraka iré mpianany roy ambin'ny fôlo ké nagnamia ananjy iré fahefagna amin'iré fanahy
maloto, mbô handroahagna anjy iré, sy hagnasitragna iré karazan'aretigna sy karazagna fahararriagna jiaby.[2]Ké
itôny avy ny agnaran'iré apostoly roy ambiny fôlo. Ny voalôhany, Simona (zay antsôvigny foagna koà hoe Petera),
ké Andreo rahalahiny; Jakoba zanaka lahin'i Zebede, sy Jaona rahalahiny; [3]Filipo, sy Barteleomy; Tomasy,sy Matio
ilay mpanangona hetra; Jakoba zanaka lahin'i Alfeosy, ké Tadeosy; [4]Simeona ilay Zelota, ké Jodasy Iskariota, ilay
hamadiky ananjy.[5]Naséhin'i Jesosy izy roa ambiny fôlo. Nagnatoro ananjy iré izy ké nivôlagna hoe: ''Aza mandeha
agny amin'ny toeragna zay hipitrahan'ny Jentilisa anaré, ké aza miditra amin'ny renivohitr'iré Samaritana. [6]Fô
mandeha ndraiky agny amin'iré ondry very amin'ny taranak'Isiraely; [7]ké kôfa mandeha anaré, de mandria ké
ambarà hoe: 'Efa akaiky ny fahatôngavan'ny Fanjakan'ny lagnitra.'[8]Sitrano ny marary, atsangano ny naty, diovy
iré boka, ké roahy iré demonia. Araka ny nahazoanaré maimaimpoagna, de magnomeza foagna koà
maimaimpoagna. [9]Aza mitôndra vôlamena, vôlafotsy, na varahigna akô amin'ny kitapom-bôlanaré. [10]Aza
mitôndra kitapom-batsy amin'izay alehanaré. na fitafy hafa, na kiraro, na tehigna, fô ny mpiasa de mendrika
hahazo ny sakafony.[11]Na ino na ino tanàn-dehibe na tanàgna hely hidiranaré, tadiaova zay mendrika akô, ké
mitoetra akô mandra-pialanaré. [12]Kôfa vô miditra akô amin'ilay tragno anaré, de miarahabà ny akô. Kôfa
mendrika lay tragno, de ôka ny fiadananaré ho tônga akô. [13]Fô kôfa tsy mendrika ndraiky izégny, de ôka ny
fiadagnanaré hiverigna aminaré.[14]Ho an'iré zay tsy mandray anaré na tsy mihaino ny koragnanaré, de
ahintsagno ny vôvôka amin'ny tongotraré, kôfa miainga amin'izégny tragno na tanàn-dehibe izégny anaré.
[15]Volagniko marigna aminaré, fô ho moramora kokoà ny an'ny tanin'i Sodoma sy Gomora amin'ny andro
fitsaragna noho izégny tanàn-dehibe izégny.[16]Io, handeha anaré karaha ny ondry aké afovoan'ny ambodia Zaho,
koà hendre karaha ny menaragna ké tsy manan-tsigny karaha ny voromailala. [17]Mitandrema ny amin'ny ôlogna!
Hagnolotra anaré aké amin'ny filan-kevitra zaré ré, ké hamango anaré akô amin'ny sinagoganjaré ré. [18]Avaké de
hindosigna magnoloagna ny governora sy ny mpanjaka anaré nohon'ny Aminahy, mbô ho vavôlombelogna ho
ananjy iré sy ho an'iré Jentilisa.[19]Kôfa manolatra anaré zaré ré, de aza managna ahiahy ny amin'ny hoe akôry na
ino no ho lazainaré, fô hagnamia anaré amin'io lera io zay tôkony ho koragnina. [20]Fô tsy anaré no hikoragna, fô
ny Fanahin'ilay Rainaré no hivôlagna akô aminaré.[21]Ny rahalahy de hanolotra ny rahalahy ho amin'ny
fahafatesagna, ké ny raiky de ny zanany. Ny zanaka de hitsangagna hanohitra ny ray aman-dreniny ké hahatônga
ny fahafatesanjaré ré. [22]Hô halan'ny ôlo-jiaby anaré nohon'ny amin'ny agnarako. Fô na zôvy na zôvy miharitra
hatramin'ny farany, de ho voavonjy izégny ôlogna izégny. [23]Kôfa magnenjika anaré akô amin'io tanàn-dehibe io
zaré ré, de mandosira agny amin'ny magnaraka, fô koragniko marigna aminaré, fô tsy hahatapitra iré
tanàgnan'Israely mialôhan'ny hatôngavan'ny Zanak'ôlogna anaré.[24]Ny mpianatra de tsy maventy noho ny
mpampianatrany, na ny mpanompo ho ambôny noho ny tompony. [25]Ampy ho an'ny mpianatra kôfa tonga karaha
ny mpampianatrany izy, ké ny mpanompo karaha ny tompony. Kôfa antsoinjaré ré hoe Belzeboba ny tompon'ny
tragno, de ho ratsy lavitra karakôry iré agnaragna hagnantsôvanjaré ré ny isam-piankohonagna![26]Noho izégny
aza matahotra anajy ré, fô tsy hisy takogna zay tsy hiseho, ary raha-mivony zay tsy ho fantatra. [27]Zay koragniko
anaré akô amin'ny haizigna, de volagno amin'ny andro mazava, ké zay bitsibitsika regninaré amin'ny
tadigninaré, de torio egny ambôny tampôn-tragno.[28]Aza matahotra an'iré zay mamono ny vatagna kanéfa tsy
afaka mamono ny fanahy. Fô ndraiky, matahora an'izay afaka mamotika ny fanahy sy ny vatagna agny amin'ny
helo. [29]Moa vô tsy vôla madinika hely no hamarotagna fody roy? Fô tsy mbôla misy na araiky aminjaré ré aza
mianjera amin'ny tany kôfa tsisy ny fahalalan'ny Rainaré. [30]Fô na ny volon-dôhanaré aza voaisa avokoa. [31]Aza
matahotra. Manan-danja bebe kokoà noho ny fody maro anaré.[32]Noho izégny zay jiaby manaiky Anahy aké
agnatrehan'ny ôlogna, de ho ekeko foagna koà aké agnatrehan'ny Raiko zay agny an-dagnitra. [33]Fô zay mandà
Anahy aké agnatrehan'ny ôlogna ndraiky, de ho laviko foagna koà aké agnatrehan'ny Raiko zay agny an-dagnitra.
[34]Aza mieritreritra fô zaho de tônga hitondra fiadanagna akéto an-tany. Tsy tônga mbô hitondra fiadanagna Zaho,
fô sambatra. [35]Fô tônga zaho hagnasaraka ny zanaka lahy amin'ny babany, sy ny zanaka viavy amin'ny reniny, ké
ny vinantovavy amin'ny rafozam-baviny. [36]Iré zay akô an-tôkantragnony foagna no ho lasa fahavalon'ny ôlogna.
[37]Zay tià kokoà ny babany na mamany mihoatra Anahy de tsy mendrika Anahy; ary zay tià kokoà ny zanaka
lalahy na ny zanaka viavy mihoatra Anahy de tsy mendry Anahy. [38]Zay tsy mandray ny kakazo fijaliagnany ké
magnaraka Anahy tsy mendrika Anahy. [39]Zay mamonjy ny ainany de hahavery izégny. Fô zay mahavery ny
ainany noho ny aminahy de hahita izégny.[40]Zay mandray anaré de mandray Anahy, ary zay mandray Anahy de
mandray lay nagniraka anahy foagna koà. [41]Zay mandray ny mpaminany satrià mpaminany izy de hahazo ny
valisoan'ny mpaminany, ary zay mandray ny ôlo-marigna satrià ôlo-marigna izy de hahazo ny valisoan'ny ôlo-
marigna.[42]Na zôvy na zôvy magnamià ny araiky amin'iregny madinika indrindra iregny, na de rano mangatsiàka

indraika ny tasy ho sotroigna aza, satrià izy mpianatra, de volagniko marigna aminaré fô, tsy ho very ny valisoany.''

Chapter 11

[1]Izy kôfa avy nampianatra iré mpianany roa ambin'ny fôlo Jesosy, avy také izy nandeha hampianatra sy hitory
agny amin'ny tagnananjaré ré. [2]Izy kôfa regnin'i Jaona takô am-pigadraga ny mômba iré asan'i kristy, de
nagnandefa hafatra tamin'ny alan'iré mpianany izy [3]ké nivolagna ananjy hoe: "Anà mô ilay araiky ho avy, sa
tôkony hizaha hafa zahay?"[4]Jesosy namaly ké nivolagna ananjaré hoe: ''Mandehana ké volagno amin'i Jaona izay
hitanaré sy regninaré.'' [5]Mahazo fahitagna iré jamba mandéha iré ôlogno malemy, diovigny iré boka, maharegny
indraiky iré ôlogno maharegnina, atsangan-ko velogno iré ôlogno Naty, ary agnambaragna iré vaovao mahafaly
ny mahantra. [6]Sambatra izay tsy tafitohigny noho ny Aminahy.''[7]Kôfa nandeha tan-dalagna iré lalahy iré, de
nanômboka nivôlagna ny mômba an'i Jaona tamin'iré fôkonôlo Jesosy hoe: ''Hitady ino no nifoahanaré avy tagny
agn'efitra-volotara tsofin'ny rivotra?[8] Kanéfa hitady ino no nifoahanaré lalahy nagnatao fitafy lafo vidy? Indré, iré
izay nagnatao fitafy lafo vidy de mipetraka akô an-tragnoniré mpanjaka.[9]Kanéfa hitady ino no nifoahanaré-
mpaminagny? Ia, mivolagna aminaré Zaho, zay mihoatra lavitra noho ny mpaminagny. [10]Izy ilay vôasôratra hoe:
'Zahaovo, magnasa ny irako hialôha ny vajihinaré Zaho, izay hagnomagna ny làlanaré mialôha anaré.'[11]Volagniko
marigny aminaré, fô amin'iré izay natéra-biavy de tsisy maventy mihoatra noho Jaona mpagnano batisa. Kanéfa
ny ôlogno tsy manan-danja indrindra aké amin'ny fanjakany lagnitra de maventy noho izy. [12]Nanômboka
tamin'ny andron'i Jaona mpagnano batisa ké hatramin'izao, de miaritra amin'ny herisetra ny fanjakan'ny
lagnitra, ary iré ôlogno mahery setra de malaka ananjy an-keriny.[13]Fô iré mpaminagny jiaby sy ny lalàgna de efa
naminagny hatramin'i Jaona; [14]izy koa sitrakaré ny hagneky izegny, de Izy ilay Elia ho avy. [15]Izay manan-tadigny
ho enty-mitandregny, oka izy hitandregny.[16]Karakôry no tôkony hagnoarako itô taranaka itô? Izegny de karaha ny
zaza midôla egny amin'ny bazary, izay mipetraka sy mifagnatsognantso [17]ké mivolagna hoe: 'Nitsoka sodigna ho
anaré izahay, fô tsy nandihy anaré. Nagnano hira fisaonagna zahay, fô tsy nitomagny anré.'[18]Fô Jaona de tsy tônga
hihinagna môfo na ihinagna divay, ké aozy zaré ré hoe: 'Managna devoly izy.' [19]Ny zanak'ôlogno de tônga
hihinagna sy hisotro kè aozy zaré ré hoe: 'Zahavo, lalahy tendan-kanigna sy mpimamo izy, naman'iré mpamory
hetra sy iré mpanota!' Fô ny fahindriagnany de voamarigny tamin'iré asany.''[20]Avy také Jesosy nanomboka
nivolagna mafy iré tanagna izay nagnanaovany ny akamaroan'ny asany mahagaga, satria tsy nibebaka izy iré.
[21]''Loza ho anaré ry Korazina! Loza ho anaré, ry Betsaida! Kô natao tagny Tyra sy Sidona iré asa mahagaga izay
natao teto aminaré, de efa ela no nibebaka tamin'ny lamba fisaonagna sy jofo izy iré. [22]Kanéfa ho môramôra koka
ny amin'ny Tyra sy Sidona amin'ny andron'ny fitsaragna mihoatra noho ny aminaré.[23]Anaré, ry Kaperinaomy,
mihevitra mô anaré fô hasandratra agny an-dagnitra? Tsia, ho entigny hirorogno agny amin'ny helo anaré. Satria
kô tagny Sodoma no natao iré asa mahagaga izay natao teto aminaré, de mbôla ho tavela izegny mandrak'iniany.
[24]Kanéfa mivôlagna aminaré Zaho fô ho môra tokoatra ho an'ny tanin'i Sodoma ny andron'ny fitsarana noho ny
aminaré.''[25]Tamin'izegny fotoagna izegny Jesosy nivolagna hoe: ''Midera anâ zaho, Baba, Tompon'ny lagnitry
ndraiky tany, satria Anà no nanitriky iré raha iré tamin'ny hendry sy ny mahafantatra, sady magnambara iré
tamin'iré izay tsy mahafantatra, karaha iré zaza hely. [26]Iah, ry Baba, satria izegny de mahafinaritra také imasonà.
[27]Ny raha jiaby nankignyna taminahy de avy amin'ny Babako; sady tsisy mahafantatra ny zanaka kôa tsy ny Baba
ary tsisy mahafantatra ny Baba kôa tsy ny zanaka, sy izay fidin'ny zanaka hagnambaragna Ananjy.[28]Mandihana
aminahy atô, anaré jiaby izegny miasa sy mitôndra, de hamiako fitsaharagna ianaré. [29]Indôso ny ziogako ké
mianara aminahy, fô malemy fagnahy sy manetry tégna am-pô zaho, de ahita fitsaharagna ho an'iré fagnahy naré
anaré. [30]Fô môra ny ziogako ary maivagna ny entako.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 12

[1]Tamin'izegny fotoagna izegny Jesosy nandeha namakivaky ny hôraka tamin'ny sabata. Tihinagna iré mpianany
ké nanampôgno nisangotra taho-mbary de nihinagna iré. [2]Kanéfa noho ny hitan'iré Fariseo izegny, de aozin-jaré
tamin'i Jesosy hoe: "Zahavo, iré mpianatranà magnano izay tsy ara-dalàgna ny magnano ananjy amin'ny
Sabata."[3]Fô Jesosy nivolagna ananjy iré hoe: "Mbola tsy ary nivakinaré mô ny raha nataon'i Davida, kôfa
tihinagna izy, sy iré lalahy jiaby niaraka taminanjy? [4]Niditra takô amin'ny tragnon'Andriamanitra izy ké
nihinagna ny môfon'ny fagnatrehagna, izay tsy ara-dalagna ho ananjy kôa hoaniny sady tsy ara-dalagna ho an'iré
izay niaraka taminanjy, kanefa ara-dalagna ho an'ny lôhan'ny mpisôrogno araiky foagna.[5]Tsy mbôla nivakinaré
mô ny akô amin'ny lalàgna, fô amin'ny sabata iré mpisorogno akô an-tempoly de manota ny sabata kanefa tsy
manan-tsiny? [6]Kanefa volagniko aminaré fô aketo ny araiky maventy noho ny tempoly.[7]Kôa fantatranaré ny
hevitry ny hoe: 'Famindram-pô no iriako fô tsy sôrogno,' de tsy nagnameloko ny tsy manan-tsigny anaré. [8]Fô ny
zanak'ôlogno no Tômpon'ny sabata."[9]Avy také Jesosy niala takô ké niditra takô amin'ny synagôgan-jaré. [10]Indré,
nisy lalahy izay malemy tagnana také. Nagnontany an'i Jesosy iré fariseo, nagnano hoe: "Ara-dalàgna mô ny
magnasitragna amin'ny sabata?" Mbô hiampangan-jaré ré ananjy amin'ny fahotagna.[11]Aozy Jesosy tamin-jaré ré
hoe: "Ologno zôvy aké aminaré, izôvy, koa ondry araiky foagna no anagnany, ké koa latsaka agnaty lavaka laligny
lé ondry amin'ny sabata, no tsy hanambotro ananjy ké tsy hampakatra ananjy? [12]Tsy manan-danja mihoatra
lavitry, mô, ny ôlogno noho ny ondry! Ké noho izegny de ara-dalàgna ny magnano soa amin'ny andro
Sabata."[13]Avy také aozy Jesosy tamin-dralalahy hoe: "Amparo ny tagnanà." De namparigny izegny, ké niherigny ny
fahasalamanagny, karaha ny tagnany hilagny. [14]Fô nivoaka iré fariseo ké ny tetiky ny hamono Ananjy. Nizaha
hevitry ny amin'ny fômba tôkony hamonoagna Ananjy zaré ré.[15]Kôfa nahafantatra izegny Jesosy, de niala také Izy.
Ologno maro no nagnaraka Ananjy, ké nampahivagniny zaré jiaby. [16]De nandidy anjaré ré Izy mbô tsy hagnatoro
Ananjy amin'ny ôlon-kafa, [17]mbô hahatanteraka, izay efa natoro tamin'ny alalan'Isaia mpaminagny, magnano
hoe:[18]"Zahavo, ny mpanompoko zay nifidiky; ry lay malalako, zay tegna sitran'ny fagnahiko. Hapetrako akô
aminanjy ny fagnahiky, ké hagnatoro ny fitsaragna amin'ny Jentilisa izy.[19]Tsy hifanditra na hagnantso mafy izy;
ké tsy hisy ôlogno haharegny ny fehony egny an-dalàgna. [20]Tsy hanapaka ny volotara tôrotôro izy; tsy hamono
zay lahin-jiro magnemboko, mandra-pagnaovany ny rariny ho fandresegna, [21]ké amin'ny agnarany no
hanagnan'iré Jentilisa fagnantegnana."[22]Avy také nisy ôlogno jamba sy moä, nipitrahan'ny demonia, nindosigny
také amin'ny Jesosy. Nisitraniny izy, vokatr'izegny de nivolagna sy nahita lay moä. [23]Gaga iré fokonôlo jiaby ké
nivolagna hoe: "Mety io lalahy io vô no zanak'i Davida?"[24]Kanefa kofa naharegny izegny fahagagagna izegny iré
Fariseo, de aozin-jaré ré hoe: "Io lalahy io de tsy mamoaka demonia koa tsy amin'ny Belzeboba, lehiben'ny
demonia. [25]"Kanefa fantan'i Jesosy ny eritreritran-jaré ré ké nivolagna ananjy ré Izy hoe: "Ny fanjakagna jiaby
miady an-dragno de tsy haharitry, sady ny tanàgna na tragno jiaby miady an-dragno de ho rava.[26]Koa mamoaka
satana ny satana, de miady an-dragno izy. Akory noho izegny no hijoroan'ny fanjakagnany? [27]Ke koa mamoaka iré
demonia amin'ny alalan'i Belzeboba zaho, de amin'ny alalan-jôvy zegny no androahan'ny zanakaré ananjy ré?
Noho zegny antony zegny de ho mpitsaranà zaré ré.[28]Kanefa koa mamoaka iré demonia amin'ny alalan'ny
fagnahin'Andriamanitra zaho, de efa tonga aminaré ny fanjakan'Andriamanitra. [29]Amin'ny fômba akôry no
ahafahan'ny ôlogno miditry akô an-dragnon'ny lalahy mahery sady malaka iré fanagnany koa tsy tadiagna lay
lalahy mahere? Avaké malaka iré fanagnany akô an-dragnony izy. [30]Izay tsy mômba anahy de manohitsy anahy,
ké zay tsy mitambatra miaraka aminahy de miparitaka.[31]Noho zegny volagniko aminaré fô, ho vôvela heloko ny
ôlogno amin'ny fahotagna sy fivolagnan-dratsy jiaby, fô ny fivolagnan-dratsy amin'ny fagnahy Masigny de tsy
hazahoagna famelan-keloka. [32]Na zovy na zovy mivolagna manohitry ny Zanak'ologno, de ho vôvela izy. Fô na
zovy na zovy mivolagna manohitry ny Fagnahy Masigny, de tsy ho vôvela izy, na amin'izao fiainagna izao, na
amin'izay ho avy.[33]Ataovo tsara ny kakazo de hamoà tsara izegny, na ataovo ratsy ny kakazo de hamoà ratsy
izegny, fo fantatra amin'ny vihiny ny kakazo. [34]Anaré taranaka ny menaragna, satria ratsy fagnahy anaré, ké
akory no afahanaré mivolagna raha tsara? Fô avy avy amin'ny habezan'ny akô am-po no ivolagnan'ny vavany.
[35]Ny ôlogno tsara avy amin'ny hariagna tsara akô am-pony de mamokatra zay tsara, fô ny olon-dratsy avy amin'ny
hariagna ratsy akô am-pony de mamokatra zay ratsy.[36]Volagniko aminaré fô amin'ny andron'ny fitsaragna de ho
agnontaniagna amin'ny koragna tsy voahevitry nikoragniny aby ny ôlogno. [37]Fô ny koragnanà no
hagnamarignana anà, ary ny koragnanà no hagnamelohagna anàré."[38]Avy také nisy mpanora-dalàgna sy fariseo
sanantsanany namaly an'i Jesosy ke nivolagna hoe: "Ry mpampianatra, magniry ny ahita famantaragna avy
aminà zehay. [39]"Fô namaly Jesosy nivolagna ananjy iré hoe: "Misy taranaka ratsy fagnahy sy mpijangajanga
mitady famataragna. Kanefa tsisy famataragna amiagna ananjy afa-tsy ny famantaran'i Jaona mpaminagny. [40]Fô
karaha an'i Jonah zay telo andro sy telo aligny takô an-kibon-daoka maventy, de ho karaha izegny koa no


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

hipitrahan'ny zanak'ôlogno telo andro sy telo aligny akô agnatin'ny tany.[41]Iré ôlon'i Ninive de hitsangagna aké amin'ny fitsaragna miaraka amin'itô taranaka itô ké hanameloka izegy. Fô nibebaka izy iré tamin'ny toritenin'i Jaonah, ké indré, misy ôlogno maventy noho Jaonah aketo.[42]Ny mpanjakavavin'ny atsimo de hiara-hitsangagna amin'iré lalahin'itô taranaka itô amin'ny andron'ny fitsaragna ké hagnameloko izegny. Tônga avy agny amin'ny faran'ny tany izy mbô haregny ny fahendregnan'i Salomona, ké indrè, misy ôlogno maventy noho Solomona aketo.[43]Kôfa nisy fagnahy ratsy niala takô amin'ny lalahy araiky, de mandalo tany karakaigny izy kè mitady fitsaharagna, kanefa tsy mahita izegny. [44]Izegny de mivôlagna hoe: 'Iherigny agny amin'ny tragnoko zay nihaviako zaho. 'Ké nony tônga, de nahita fô voafafa ny tragno ké nilamigny. [45]Avy také de nandeha izegny ké nitôndra fagnahy ratsy fito niaraka taminanjy zay ratsy mihoatra ananjy, ké niditsy nipetraka takô zarè jiaby. Avy také nahe-ratsy noho ny voalohany ny fiafaran'izegny lalahy izegny. Ké ho karaha izegny koa ny amin'itô taranaka ratsy fagnahy itô.''[46]Kô mbôla nivôlagna tamin'iré fokonôlogno Jesosy, de indré, ny mamany sy iré rahalahiny nitsangagna tagny ivelany, nitady hikoragna aminanjy. [47]Nisy ôlogno araiky nivôlagna taminanjy hoe: ''Zahavo, ny mamanà sy iré rahalahinà nitsangagna akô ivelany, mitady hikoragna aminà.''[48]Fô namaly Jesosy ké nivolagna tamin'ilay nivolagna ananjy hoe: ''Izôvy no mamako ary zôvy iré rahalahiko?'' [49]Avy také nampariny tamin'iré mpianany ny tagnany ké nivolagna hoe: ''Zahavo, indréto ny mamako sy iré rahalahiky! [50]fô izay magnano ny sitrapôn'ny Raiko izay agny an-dagnitry, izegny ôlogno izegny no rahalahiky, sy anabaviky, ndraky mamako."

 

## Chapter 13

1Tamin' izegny andro izegny Jesosy nandeha nivoaka ny tragno ké nipetraka také amoron'ny ranomasigny. 2Nisy
fokonôlo maro nivory nagnodidigny anajy, ka de niditry tao an-tsambokely izy ké nipetraka tao amin'izegny, kofa
nitsangagna teo amoron-dranomasigny ndreky ny fokonôlo jiaby.3Avy take Jesosy nivolagna raha maro taminjaré
ré tamin'ny alalan'ny fagnoharagna. Hoy izy hoe: "Indré, nisy mpamboly araiky nandeha nivoaka hamafy voa.
4Kofa izy namafy igny, dé nisy voa sasany latsaka tamoron-dalagna, ké avy iré vorogna iré ké nihinagna iré. 5Iré
voa hafa ndréky dé latsaka tamin'ny tany be vato, zay tsy nahazo iré nofon-tany tsara. Ke tonga de naniry iré,
satria tsy laligny ny tany. 6Fô kôfa nibiagna ny masôva, de maigny iré satria tsy nisy vahiny, ka de nalazo.
7Nilatsaka teo amin'ny fatsy iré voa hafa. Naniry iré fatsy ké nangeja ananjy iré. 8Iré voa hafa nalatsaka tamin'ny
tany tsara de namoa voany, ny sasany tonga zato heny, ny sasany enim-polo, ary ny sasany telo-polo. 9Izay manan-
tadigny, aoka izy hitan-dregny."10Avy iré mpianatra ary nivolagna an'i Jesosy hoe: "Nagnino ana no mikoragna
amin'iré vahoaka amin'ny lalan'ny fagnoharagna?" 11Namaly Jesosy ké nivolagna an-jaré hoe: "Anaré no
namiagna antombony hahafantatra iré zava-miafignin'ny fanjakan'ny lagnitry, fa ho ananjy ré de tsy namiagna
izany. 12Satria na zovy na zovy managna, de ho betsaka koa aza no hamiagna ananjy. Fo na zovy na zovy ndreky
tsy managnana, zay hanagnany aza halagna aminanjy.13Izegny no antony hivolagnako aminjaré ré amin'ny
alalan'ny fagnoharagna: Na de mizaha aza zaré,de tsy mahita, ary nadé mitandregny aza zaré ré, de tsy
maharegny, na mahazo. 14Aminjaré ré ny faminaniagnan'Isaia no tanteraka, izay mivolagna hoe: "Kofa
mitandregny de haharegny anaré, kanefa tsy hahazo mihitsy; kofa mizaha de hahita anaré, nefa tsy hahatakatra.
15Fo lasa donto ny fon'itô vahoaka itô, ary mafy tadigny izy ré, ary napinjaré ny masony, mbo tsy hahita amin'ny
masonjaré zaré, na aharegny amin'ny tadigny zaré, na hahazo amin'ny fonjaré zaré, ke hibebaka indreky zaré,
ary hagnasitragna anjaré zaho.'16Fo sambatra ny masonaré, satria mahita; ary ny tadigninaré, satria maharegny.
17Volagniky marigny aminaré fo mpaminagny sy olo-marigny maro no nagniry ny hahita réraha zay hitanaré,
kanefa tsy nahita an'iré. Nagniry nyaharegny iré raha zay regninaré izy re, kanefa tsy naharegny an'iré.18Ké
tandregneso ariky ny fagnoharagna ny amin'ny mpamboly afaiky izegny namafy ambékony. 19Kôfa misy maregny
ny tenin'ny fanjakana nefa ka tsy mahazo izgny, de tônga ilay ratsy ké magnongotro izay nafafy takao am-pony. Io
lay ambeko nafafy teny amôron-dalana.20Ilay nafafy tagny amin'ny tany be vato de ny ôlogno izegny naharegny
ny teny ary tônga de nandray ananjy am-pifaliagna, 21Nefa ka tsiambola miorim-paka akô anatigny izy ké de
maharitra malakilaky foagna izy.22Ilay nafafy tamin'ny fatsy, io de ny ôlogno izegny naharegny ny teny, nefa ka ny
fiahiagnan'izao tontolo izao sy ny fitaky ny harena no mangeja ny teny, ké de nanjary tsy namoa izy. 23Ilay nafafy
tagny amin'ny tany tsara, io no ôlogno izay naharegny ny teny, ké mahazo izagny. Mamoa voànkazo izy ké
mahatonga ny abeko araiky, hanamia avo zato heny mihoàtra izegny namboliàgna, ny sanany enim-pôlo, ny
sanany avo telo-pôlo heny."24Nagnatôro fagnoharagna raika hafa tanjaré ré Jesosy. Aozy hoe: "Ny fanjakan'ny
lanitry de kara ny lalahy araiky izay namafy ambéko tsara tamin'ny sahany.25 Fô kôfa nandry igny ny ôlogno, de
tonga ny fahavalony ké namafy voan-tsiparifary ndraiky koa tamin'ny vary ré de nandeha. 26Kôfa naniry iré vary
sady avy také namokatra iré voany, de nipoitry koa avy také iré voan-tsiparifary.27Tonga iré mpiasan'ny tômpon-
tany ké nivolagna taminanjy hoe: 'Tompoko tsy namafy ambeko tsara takô amin'ny saha mô anà? Nagnino izy
aminjao nanjary misy voan-tsiparifary?' 28Aozy taminjaré ré hoe: 'Nisy fahavalo nagnano izegny.' Aozy mpiasa
taminanjy hoe: 'ké tianà mô ny hadihananay hamôngotro ananjy ré?'29Ilay tompon-tany nivolagna hoe: 'Ahé.
Satria koà hongotanaré iré tsiparifary anaré de mety voahongotro miaraka amin'iré koa ny vahi-bary. 30Ambilay
hiaraka haniry zaré roa mandrapahatongavan'ny fisangoragna. Amin'ny fotoam-pisangoragna de hivolagna
amin'ny mpisangotro zaho ho: "Alao alôngany iré ahi-dratsy ké fihezo ho fatôragna maromaro mbô handoroagna
ananjy ré, fô afompôno akô amin'ny fitoem-bokatranahy ndraiky iré vary."'"31Avy také Jesosy nagnatôro
fagnoharagna raiky hafa taminjaré ré. Aozy hoe: "Ny fanjakan'ny lanitry de karaha ny voatsinampy izay
nalain'ny lalahy raiky ké nafafiny takeo amin'ny sahany. 32Io voa io tokoa voa hely indrindra hafa jiaby. Fô kôfa
nagniry akao amin'ny saha. Tônga hazo izegny, mbô hihavian'iré voron'ny habakabaka ké hagnano ny
tragnonjaré zaré aké amin'irè rantsany."33Avy také Jesosy nivolagna ôhatra raiky hafa. "Ny fanjakan'ny lanitry de
karaha karibônaty izay nalain'ny viavy raiky ké nafangarony tamina lafarinina intelo famaragna-pitômbo ny
foto-koba manotolo."34Fagnoharagna no nagnatoroan'i Jesosy iré raha jiaby iré tamin'ny fokon'ôlogno; ary tsy
nivolagna na ino na ino taminjaré ré afa-tsy tamin'ny fagnoharagna Izy. 35Izegny de mbô hahatanteraka izegny
nivolagniny tamin'ny alalan'ny mpaminagny, kôfa nivôlagna Izy hoe: "Izaho hisôka-bava amin'ny alalan'ny
fagnoharagna. Hivôlagna raha zay nasitriky hatrizay nagnorenagna izao tontolo izao Zaho."36Avy také Jesosy
nandao iré fokon'ôlogno ké nandeha andrano. Nakao aminy iré mpianany ké nivôlagna hoe: "Azavéo aminày ny
fagnoharagna mômba ilay tsiparifarin'ny saha." 37Namaly Jesosy ké nivôlagna hoe: "Ilay mamafy ambeko tsara de

ny Zanak'ôlogno. [38]Ny saha de izao tontolo izao, ké ny ambeko tsara, iré no zanaky ny fanjakagna. Ny tsimparifary de iré zanak'ilay ratsy, [39]ké ny fahavalo zay namafy anajy iré de ny devoly. Ny fijinjagna de ny fiafaran'izao tontolo izao, ké ny mpijinja de iré anjely.[40]Noho izegny, karaha ny anangonagna sy agnoroagna iré tsimparifary amin'ny afo, no atô kôa amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. [41]Hagnasa irè anjely ny Zanak'ôlogno, ké ho angonin-jaré ré hiala amin'ny fanjakany irè raha jiaby izay mahatônga fahotagna, sy iré izay magnano ratsy. [42]Ké atsipin-jaré ré akô amin'ny lafôro maventy be mirehitra afo izy iré, izay hisy ny fitomagniana sy ny fikitroha-nify. [43]Avaké hamiratra karaha masoandro akô amin'ny fanjakan'ny Ran'izy iré ny ôlo-marigny. Izay mana-tadigny aoka izy hitandregny.[44]Ny fanjakan'ny lagnitra de karaha hariagna izay mivony akô amin'ny saha araiky. Nisy lalahy nahita izegny ké nasitriny. Nandeha tamin'ny hafaliagnany izy, nambidiny izay raha nananany, ké nividy io saha io. [45]Ké kôa, ny fanjakan'ny lagnitry de karaha ny lalahy izay mpivarotro mitady voahangy lafo vidy. [46]Kôfa nahita voahangy araiky izay tegna lafo vidy izy, de nandeha ke nivarotra izay jiaby nananany ke nividy izegny.[47]Ké kôa, ny fanjakan'ny lagnitra de karaha ny harato izay natsipy tagny andranomasigny, ké nanangogno iré karazan-draha-manan'aina jiaby. [48]Kôfa feno izegny, de nisintonin'iré mpagnarato ho aké amoron-dranomasigny. Avaké izy iré nipetraka ke nanangogno iré raha tsara ho akô amian'ny fitoeragny, fô iré raha tsy ilaigny ndreky narian-jaré ré.[49]Ho karanjegny amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. Ho avy iré anjely ké hagnasaraka iré ratsy fagnahy amin'iré marigny. [50]Ho atsipin-jaré iré akô amin'ny fandoroagna maventy be mirehitry afo izy iré, zay hisy ny fitomagniagna sy fikitroha-nify.[51]Mazava aminarè mô izegny raha jiaby izegny?'' Aozy iré mpianany taminanjy hoe: ''Ia.'' [52]Avy také Jesosy nivôlagna tamin-jaré ré hoe: ''Noho izegny ny mpanora-dalàgna jiaby izay lasa mpianatra eo amin'ny fanjakan'ny lagnitra de karaha ny lalahy tompon-tragno araiky, izay mamoaka iré raha tranaigny sy iré raha vaovao avy akô amin'ny hariagnany.'' [53]Avy také rehefa nahavita iré fagnoharagna iré Jesosy, de niala tamin'izé toeragna izegny Izy.[54]Avy také Jesosy niditry tao amin'ny taniny manôkagna ké nampianatra irè vahôaka tao amin'ny synagogan-jaré ré. Vokatr'izegny de talanjogno zaré ré ké nivôlagna hoe: ''Avy akéza no nagazon'itô lalahy itô ny fahindriagnany sy iré fahagagagna iré? [55]Tsy io lalahy io mô no zanak'ilay mpandrafitra? Tsy Mary mô no hagnatsôvagna ny mamany? Tsy Jakoba, Josefa, Simona, ndraiky Jodasy mô no rahalahiny? [56]Tsy miaraka amintsika mô iré anabaviny jiaby? Avy akéza no nazahoany iré raha jiaby iré?''[57]Tohigny nohon'ny aminanjy zaré ré. Fô aozy Jesosy tamin-jaré ré hoe: ''Tsy misy mpaminagny tsisy hajany raha tsy akô amin'ny firenegnany sy akô amin'ny fianakaviagnany foagna.'' [58]Tsy de nagnano fahagagagna be takô Izy nohon'ny tsy finoan-jaré ré.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 14

1Taminjagny fotoagna zagny, Heroda mpanjaka naharegny ny vôvô mikasika an'i Jesosy. 2Aozy tamin'ireo
mpiasany hoe: ''I Jaona mpagnano batisa zagny; nifoha tamin'ny maty izy. Nohonjany de miasa aminanjy akô iré
hery irè.''3Fô Heroda nanambotra an'i Jaona, namehy ananjy, avy aké nagnandefa ananjy tagny antragno
maizigna noho i Herodiasy, vadin'i Filipo rahalahiny. 4Fô aozy Jaona taminanjy hoe: ''Tsy ara-dalàna ho anà ny
mana Ananjy ho vadinà.'' 5Nagniry ny hamono ananjy Heroda, saingy natahotro iré fokonôlogna izy, satrià
noraisin-jaré ré kara n'y mpaminany izy.6Fô kôfa tônga ny fitsingerenan'ny andro nahatirahan'i Heroda, de
nandihy také tantegnategnan'iré vahiny nasaigna ny zanaka viavin'i Herodiasy ke tian'i Heroda. 7Ho
takalon'izegny, de nampagnategna tamin'ny fianiagnana izy ny hagnamia izay hangatahiny na ino na ino.8Kôfa
avy notoroan'ny reniny marika, de aoziny izy hoe: ''Amiao anahy aketo, ambonin'ny lasety, ny lôhan'i Jaona
mpagnano batisa.'' 9Nahinankinaka mafy nohon'ny fangatahany ny mpanjaka, kanéfa nohon'ny voady sy noho
iré jiaby nihinagna niaraka taminanjy, de nagnamia baiko izy fô tôkony ho vita izégny.10Nagnasa ké nampaka ny
lôhan'i Jaona takô an-tragnomaizigna izy. 11Avy aké nindosigna tamin'ny lasety ny lôhan'i Jaona ary namiana ilay
zazaviavy ké nindosiny také amin'ny reniny izegny. 12Avy aké de tônga iré mpianatrany, nalaka ilay faty, ké
nandevina izegny. Tafaran'izegny, de nandéha izy iré ké nivolagna tamin'i Jesosy.13Izy koà naharegny izegny
Jesosy, de niala avy také tamina sambohely araiky izy hakagny amina toeragna mitôkana araiky. kôfa naharegny
izegny iré fôkon'ôlogno, de nagnaraka Ananjy an-tôngotro avy tagny amin'iré tanàm-bé. 14Avy také Jesosy naké
anoloagnanjaré ré ké nahita iré fôkon'ôlogno maro bé. Nahinankinaka ananjy iré Izy ké nagnasitragna ny
aretignanjaré ré.15Kôfa tônga ny hariva, de nenga taminanjy iré mpianatra ké nikoragna hoe: ''Itô de toerana
foagna, ké efa tapitra sahady ny andro. Alefaso iré fôkon'ôlogno, mbô hahafahanjaré ré ménga akagny amin'iré
tanàna ké hividy hanina ho an'ny tegnanjaré zaré.''16Fô Jesosy nivôlagna anjaré hoe: ''Tsy mila ménga lavitra zaré.
Aminaré zaha hoanina zaré.'' 17Aozinjaré taminanjy hoe: ''Môfo dimy sy laoko arö foagna no hanananay akéto.''
18Aozy Jesosy hoe: ''Indosy atô aminahy izégny.''19Avy aké Jesosy nibaiko iré fôkon'ôlogno mbô hipétraka aké
amin'ny ahitra. Nalainy iré môfo dimy sy laoko arö. Niandra tagny an-dagnitra, de nisaotra Izy ké nanapatapaka
iré môfo ké namiany iré mpianany, ary iré mpianatra nagnamia izégny ho an'iré fôkon'ôlogno. 20Nihinagna jiaby
zaré jiaby ké voky. Avy aké de nangoninjaré ré ny ankeran'iré potikanina ké nahafeno roiambinifôlo tanty. 21Také
amin'ny dimy arivo lahy také iré nihinagna, akoàtra iré zaza mbam-biavy.22Avy hatragny de nasainy nakô
amin'ny sambohely ké hialôha Ananjy ho eny ampita irémpianany, kô mbôla nandefa iré fôkon'ôlogno Izy.
23Tafaran'ny nandefasany iré fôkon'ôlogno, de nénga niakatra tegny an-tendrombôhitra araika Izy mbô hivavaka.
Kôfa tônga ny hariva, de araika také Izy. 24Ary ny sambo de efa dila lavitra ny tanety, natopatopan'ny onja, satrià
nitsoka nanohitra anjaré ré ny rivotra.25Tamin'ny fiambenagna fahefatry ny aligna de nagnantonanjaré ré Jesosy,
nandéha tegny ambôny ranomasigna. 26kôfa nahita Ananjy nandéha tegny ambôny ranomasigna iré mpianatra,
de raiki-tahotra ké nivôlagna hoe: ''Angatra io,'' Ké de ny nihaikaika tamin-tahotra zaré ré. 27Fô Jesosy nivôlagna
taminjaré ré avy hatrany hoe: ''Mahereza! Izaho itô! Aza matahotra.''28Namaly Ananjy Petera ké nagnano hoe:
''Tompo, kô Anà i, de asao magnatona Anà egny ambônin'ny rano zaho.'' 29Aozy Jesosy hoe: ''Magnatôna'' ké de
niala avy takô amin'ny sambohely Petera ké nômba také ambôny rano mbô hagnatona an'i Jesosy. 30Fô kôfa nahita
ny rivotra Petera, de nanjary natahatra. Kôfa iny izy nanômboka nijibika iny, de nihaika mafy izy sady nivôlagna
hoe: ''Tompo, vonjeo zaho!''31Tônga de nanapatra ny tànananjy nalaky Jesosy, hitana an'i Petera, ké nivolagna
taminanjy hoe: ''Anà ry hely finoagna, fô magnino anà no niahiahy?'' 32Avy aké Jesosy sy Petera nénga homba ny
sambohely, nihana nitsoka ny rivotra. 33Avy aké iré mpianatra takô agnaty sambohely nidera an'i Jesosy ké
nivolagna hoe: ''Anà marigna no Zanak'Andriamanitra.''34Kôfa avy niampita zaré ré, de tônga teny an-tanety takô
Genesareta. 35Kôfa nahay an'i Jesosy iré lalahy takô amin'izegny toeragna izegny, de nandefa hafatra tegny
amin'ny faritra manodidigna jiaby, ké nindôsinjaré takô Aminanjy izégny ôlogno narary jiaby. 36Nitaraigna
Taminanjy zaré mbô hahafanjaré mikasiky ny morondambany foagna aza, ké fôntry iré nikasika izegny ké
nahivagna.

## Chapter 15

[1]Avy také nisy Fariseo sy mpanôra-dalag sanatsanany avy agny Jerosalema nagnatogna an'i Jesosy. Aozin-jaré ré
hoe: [2]''Nagnino iré mpianatranà no madika ny fômban-drazan'iré zôky ôlogno? Fô tsy magnasa ny tanagnananjy
zaré ré mialôhan'ny ihinagna.'' [3]Namaly Izy ké nivôlagna taminjaré ré hoe: ''Ké nagnino ary anaré no mandika ny
lalàn'Andriamanitra nohon'ny fômban-drazanaré?[4]Fô Andriamanitra nivôlagna hoe: 'Hajeo ny babanà ndraiky
mamanà', ary izay mivôlagna ratsy ny babany na ny mamany, dé ho naty tokoatra.' [5]Fô anaré mivôlagna hoe: 'Na
zôvy na zôvy mivôlagna amin'ny babany na ny mamany hoe: "Na ino na ino fagnampiagna izay azonaré avy
aminahy de fagnomezagna ho an'Andriamanitra avahizo,''' [6]izegny ôlognô izegny tsy mila magnaja ny babany.
Amin'izagny fômba izegny de nofoagnanaré ny tenin'Andriamanitra nohon'ny tombotsoan'iré fômban-drazanaré.
[7]Ry mpiatsaravelatsy! Marigna ny faminaniagnan'Isaia mômba anaré kô mivôlagna izy hoe: [8]'Itô fokonôlo tô de
magnaja anahy amin'ny molotra anjaré ré, fô ny fôn-jaré ré de lavitra anahy. [9]Tsisy dikany ny fideragna anahy,
satia zaré ré ampianatra ny didin'ôlombelogno karaha ny fampianaran-jaré ré.''' [10]Avaké magnantso ny fokon'ôlo
ho aké Aminanjy Izy ké nivôlagna tamin-jaré ré hoe: "Mitandrignesa kè mazahoa - [11]Tsy ny miditry akô
ambavan'ny ôlogno no mandoto ny ôlogno. Fô ndraiky, izay aboaky ny vava, no mandoto ny ôlogno."[12]Avy aké
nagnantogna iré mpianatra ké nivôlagna tamin'i Jesosy hoe: "Izy mô hainà fô tafitohigna iré Fariseo nohon'ny
naharegny izègny koragna izègny?" [13]Jesosy namaly ké nivôlagna hoe: "Iré raha-maniry izay tsy nambolen'ny
Babako agny andagnitra de ho avotagna jiaby. [14]Ambilé zaré ré ho aké, zaré ré mpitarika jamba. Kô misy ôlogno
jamba araiky mitarika jamba araiky hafa, de somby nilatsaka an-kady zare roa."[15]Petera namaly ké nivôlagna
tamin'i Jesosy hoe: ''Azavéo aminay izégny hôatra izégny. '' [16]Aozy Jesosy hoe: Tsy manam-pahalagna foagna koà
mö anaré?'' [17]Tsy hitanà mö fô izay miditry amin'ny vava de mankô ambôtraka ary avy aké de haboaka akô
amin'ny lava-piringy?[18]Fô iré raha izégny aboaka ny vava de avy amin'ny fô. Iré raha iré no mandoto ny ôlogno
raika. [19]Fô avy amin'ny fô no hiboahan'ny sain-dratsy, ny famonogna ôlo, ny fijangajangana, ny fangalam-
badin'ôlogno, ny halatra, ny fijoroagna vavolombelogno tsy marigny, ary ny fivolagnan-dratsy. [20]Iré raha iré no
mandoto ny ôlogno raiky. Fô ny mihinagna amin'ny tagnana tsy miasa de tsy mandoto ny ôlogno raiky."[21]Avy aké
Jesosy niala také kè niherigna tagny amin'ny faritanin'i Tyro sy Sidona. [22]Igny, nisy viavy Kananita araiky avy
amin'ny izegny faritra izegny. Nihèky mafy izy ké nivôlagna hoe: "Mamindrà fô aminahy, ry Tompo, Zanaka an'i
Davida o! Ny zanako viavy de ampijalian'ny demonia mafy." [23]Fô Jesosy tsy namaly koragna ananjy. Nagnantogna
iré mpianatra ananjy ké niangavy taminanjy, nagnano hoe: "Toravo izy, fô mitabataba mafy amintsika."[24]Fô
Jesosy namaly ké nivôlagna hoe: "Tsy nasaigna ho anjovy na izôvy Zaho kô tsy ho an'ny ondry very akô amin'ny
fianakavignan'Isiraely." [25]Fô tônga sy nangataka sy niankohotro také anatrèhany izy, nagnao hoe: "Tompo, vonje
zaho." [26]Namaly Izy kè nagnano hoe: "Tsy rariny kô alaigna ny môfon-jaza ké atsipy ho an'ny kiva."[27]Fô ahoziny
hoe: "Ia, Tompo, fô na de ny kiva aza mbô mihinagna izay helihely latsaka avy amin'ny latambatry ny tompony."
[28]De namaly Jesosy ary nivôlagna taminy hoe: "Raviavy, matomboka ny finoagnanà; ho tanteraka aminà anie
izegny araka izay irianà." De nahivagna ny zanany viavy taminjagny ora izegny.[29]Niala také Jesosy nankeny
akaikin'ny ranomasin'ny Galilia. Avaké de nakatra tagny an-tendrombôhitra raiky izy kè nantotry také.
[30]Fôkon'ôlo fôntry no nagnantogna Ananjy. Nindosinjaré ré niaraka taminjaré ré mandringa, ny jamba, ny moana,
ny kilemaina, ary marary hafa koà, nambèlan-jare ré také an-tongotran'i Jesosy iré; ké de nositraniny. [31]Kè de
variagna ny fôkon'ôlo kô nahita iré moana nivôlagna, ny kilemaina nahivagna, ny malemy afaka nandeha, ary ny
jamba mahiratra. Nankalaza ny Andriamanitr'Israely zaré ré.[32]Nagnantso ire mpianany mbô hagnatogna Ananjy
Jesosy ary nivôlagna hoe: ''Mahinakinaka ire vahoaka Za, satrià aifa telo andro sahady izy ire no nipaitraka
taminahy naifa tsisy anigna. Tsy te hagnondaifa azy ire tsy hômagna Za, sô de tôragna eny an-dalàgna eny.'' [33]Hoy
ire mpianatra Taminy hoe: ''Akaiza no hahitanay môfo fanôka sy ampy ire vahoaka maro be ire atô angnefitra?
[34]Nivôlagna Jesôsy tamin'izy ire hoe: "Môfo firy no agny aminare?'' Ary hoy izy ire hoe: "Fito, sy lôka madinika
vitsy.'' [35]Avake Jesosy nagnasa ny vahoaka mbô hipaitraka amin'ny tany.[36]Nandray ny môfo fito miaraka amin'ny
lôka Izy, ary kôfa nisotra, de namaky ny môfo kay nanôlotra ire ho an'ire mpianatra. Ire mpianatra nagnamià ho
an'ny vahoaka. [37]Nihinagna kay afa-pô ny jiaby. Avake izy ire nanangogna sobika fito feno hambihambiny zay tsy
lany. [38]Ire zay nihinagna de aifatra arivo lahy, tsy agnatiny ny zaza amam-biavy. [39]Avake Jesosy nampody ny
vahoaka kay niondragna an-dakagna ary de nandaiha akagny amin'ny faritr'i Magadana.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 16

[1]Tonga iré Fariseo sy Sadoseo ké nitsapa Ananjy ké nangataka Ananjy mbô hagnatoro anjaré famantaragna avy
agny andagnitry. [2]Fô Izy namaly ké nivolagna anjaré hoe: ''Kôfa hariva, de hoizinaré hoe: 'Ho tsara ny andro, fô
mena ny lagnitry.'[3]Kôfa mandraigny, de hozinaré hoe: 'Ho ratsy ny andro, fô mena sy manjômbogno ny lagnitry.'
Hainaré ny mamantatra ny endriky ny lagnitry, fô ianaré tsy afaka mandika iré famantaragna ny fotoagna. [4]Ny
taranaka ratsy sy mpijangajanga de mizaha famantaragna, fô tsy hisy famantaragna hamiagna ananjy akoatra ny
famantaragna an'i Jaona.'' Avy také Jesosy nandao anjaré ké lasagna.[5]Kôfa tonga teny ampitany iré mpianatra, de
adinonjaré ré ny nitondra môfo. [6]Ahozy Jesosy taminjaré ré hoe: ''Miambena ary mitandrema amin'ny
masirasiran'iré Fariseo sy Sadoseo.'' [7]Niady hevitra ire mpianatra ké nivolagna hoe: ''Noho isika tsy nitondra môfo
izegny.'' [8]Jesosy nahay izegny ké nivolagna: ''Ianaré ry kely finogna, nagnino ianaré no miady hevitra aminaré ké
mivolagna fô nohon'ny tsy nitondranaré môfo izegny?[9]Mbola tsy fantanaré na tsaroanaré mé ny môfo dimy ho
an'ny dimy arivo, ké sobika firy no nangoninaré? [10]Na iré môfo fito ho an'iré efatr'arivo, ary sobika firy no
nalainaré?[11]Manakory no tsy azahoanaré fô tsy momban'ny môfo no nivolagniko anaré? Miambena ké
mitandrema amin'ny masirasiran'iré Fariseo sy Sadose.'' [12]Avaké azonjaré ré fô tsy hitandrina amin'ny
masirasiran'ny môfo no nivolagniny anjaré, fô hitandrina ny amin'ny fampianaran'iré Fariseo sy Sadoseo.[13]Kofa
tonga tagny amin'ny faritra mariny any Kaisaria-filipo Jesosy, de nagnotany iré mpianany Izy, nagnano hoe:
''Ataon'ny ôlogno ho zovy mô ny Zanak'ôlogno?'' [14]Aozi-jaré hoe: ''Ny sanany mivolagna fô Jaona mpagnano batisa;
ny sanany, Elia; ary iré hafa, Jeremia, na araika amin'iré mpaminany.'' [15]Aozin'ny tamin-jaré hoe: ''Fô anaré
ndraiky manano Anahy ho zovy?'' [16]Namaly, Simona Petera nagnano hoe: ''Inao no Kristy, Zanak'ilay
Andriamanitra velona.''[17]Namaly Jesosy ké nagnano taminy hoe: ''Sambatra anô, ry Simona Bar-Jaona, fô tsy ny
nofo sy rà no naneho izany taminô, fô ny Raiko izay any an-dagnitry. [18]Volagniky aminaré ndraiky koa fô anô no
Petera, ary ambonin'itô vatolampy itô no hagnoregnako ny fiangonako. Ny vavahadin'ny tragno manara dé tsy
haharesy izegny.[19]Hamiako anré ny lakilé ny fanjakan'ny lagnitra. Na ino na ino fehizinô aketo ambônin'ny tany
de ho fehezigna akagny an-dagnitra, ary na ino na ino vahanô ety an-tany de hovahana akagny an-danitra.'' [20]Avy
také Jesosy nadidy iré mpianatra fô izy iré de tsy tokony hivolagna na aminjovy na izovy fô Izy no Kristy.
[21]Tamin'izegny fotoagna izegny Jesosy nanomboko ny volagna iré mpianany fô tsy maintsy ho agny Jerosalema
Izy, hizaka fijaliagna fontry aké an-tanan'ny loholona sy ny lohan'ny mpisôrogno ndriky iré mpanora-dalàna, ho
vonoina, sy hatsangana ndraiky amin'ny andro fahatelo.[22] Avy aké Petera nalaka Ananjy ké nivolagna mafy
Ananjy, nagnano hoe: ''Ho lavitra anô ane izegny, ry Tompo; tsy hotônga aminô mihintsy anie izegny.'' [23]Fô Jesosy
nitôdiky ké ny volagna tamin'i Petera hoe: ''Mialà agny ivohoko, ry Satana! Ianao de fagnafitoinagna ho Anahy,
noho ianô tsy nanahoa iré rahan'Andriamanitra, fô iré rahan'ôlogno.''[24]Avy aké Jesosy nivolagna tamin'iré
mpianany hoe: ''Raha misy te-hagnaraka anahy, de tsy maintsy manôhitra ny tegnany izy hitondra ny
hazofijaliagnany, ké manaraka Anahy. [25]fô na zovy na zovy te-hamonjy ny ainany de hahavery ananjy, ary na
zovy na zovy no hahavery ny ainany nohon'ny aminahy, de hahazo izegny. [26]Fô ino mô no soa ho azon'ny ôlogno
izikoa mahazo izao tontolo izao nefa ka very ny ainy? Inona no hamian'ny ôlogno ho takalon'ny ainy?[27]Fô ny
Zanak'ôlogno de ho tonga amin'ny voninahitriy ny Babany miaraka amin'iré anjely. avy aké Izy hamaly soa ny
ôlogno tsy raikaraika arka izay efany. [28]Volagniko marigny aminaré, fô misy sanany aminaré izay mijoro aketo no
tsy hitsapa ny fahafatesana mandrapahitagnan'jaré ré ny Zanak'ôlogno tonga amin'ny fanjakagny.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 17

[1]Enign'andro taty afara Jesosy de nangala an'i Petera, Jakoba, sy Jaona rahalahiny niaraka taminanjy, ké nitondra
ananjy iré niakatra ny tendrombohitra ambo tamin'ny tegnanjaré ré. [2]Niôva endrika také agnatreahanjaré ré Izy.
Namiratra karaha ny masôva ny tavany, ké iré fitafiany lasa namiratra karaha ny hazavagna.[3]Io, niseho taminjeré
ré Mosesy sy Elia nikoragna taminany. [4]Namaly Petera ké nagnano tamin'i Jesosy hoe: ''Tompo, tsara amintsika ny
aketo. Kôfa sitrakaré, de hagnano fialofagna telo ho antsika aketo zaho - araiky ho anà, araiky ho an'i Mosesy, ké
araiky ho an'i Elia.''[5]Kôfa mbôla nivôlagna Izy, io, nisy rahogna mazava nanarogna ananjy iré, ké io, nisy feo
nivoaka avy takô amin'ny rahogna, nagnano hoe: ''Itô ny Zanako malalako, zay sitrako tokoà. Tandrigneso Izy.''
[6]Kôfa regnin'iré mpianatra izégny, de lavo zarè ré ké natahotra mafy. [7]Avaké tamy Jesosy ké nikasika ananjy ré ké
nivôlagna hoe: ''Mitsangàna ké aza matahotra.'' [8]Avy aké de nizaha ambony zaré ré fô tsy nahita na zôvy na zôvy
afa-tsy Jesosy irery foagna.[9]Kôfa nidigna ny tendrombohitra zaré ré, de nandidy ananjy ré Jesosy, nagnano hoe:
''Aza mitatitra izô fahitagna izô na amin'izô na zô mandra-pitsangan'ny Zanak'ôlogna amin'ny naty.'' [10]Nagnontany
Ananjy iré mpianany, nagnano hoe: ''Akôry ké iré mpanora-dalàgna no mivôlagna fô Elia de tsy maintsy ho avy
alôha?''[11]Jesosy namaly ké nivôlagna hoe: ''Elia de ho avy tokoà ké hamerigna amin'ny laoniny ny raha jiaby.
[12]Nefa volagniko aminaré, fô efa tônga Elia, fô zaré ré tsy nahafantatra ananjy. Mifanohitra amin'izégny, nagnano
ny raha jiaby zay tiany natô taminanjy zaré ré. Ké karaha izégny foagna koà, ny Zanak'ôlogna foagna koà de
hijaly aké an-tagnanjaré ré. [13]Avaké de azon'iré mpianatra fô nivôlagna taminanjy iré ny momba an'i Jaona
mpagnano Batisa Izy.[14]Kôfa tônga také amin'ny vahoaka zaré ré, de nisy lalahy araiky nagnantogna Ananjy,
nandohalika také agnatrehany, ké nivôlagna hoe, [15]''Tompo, manàgna famindram-pô amin'ny zanako lahy, fô
voan'ny androbe izy ké mijaly mafy. Fô mianjera teteka agny agnaty afo na rano izy. [16]Nitondra ananjy také
amin'iré mpianatrao zaho, fô tsy afaka nagnasitragna ananjy zaré ré.''[17]Namaly Jesosy ké nivôlagna hoe: ''Ry
taranaka tsy mpino sy simba toetra, mandra-pahoviagna no tôkony hipetraka aminaré? Mandra-pahoviagna no
tsy maintsy ivolagnako miaraka aminaré? Indosy aketo aminahy izy.'' [18]Nivolagna mafy ny demonia Jesosy, ké
nivoaka taminanjy izégny ké de sitragna tamin'izégny lera izégny lay zaza lalahy.[19]De nagnantogna an'i Jesosy
mangingigna iré mpianatra ké nagnano hoe: ''Magnino no tsy nahavita namoaka an'igny zahay?'' [20]Jesosy
nivôlagna ananjy iré hoe: ''Noho ny finoagna helinaré. Fô vôlagniko marigna aminaré, kôfa managna finoagna na
de hely karaha ny voatsinampy aza anaré, de afaka mivôlagna amin'itô tendrombohitra itô anaré hoe: 'Mifindrà
avy aketo ho etsy,' de hifindra izégny ké tsy hisy na ino na ino tsy ho hainaré atô. [21][Fagnamarihagna: Ny dika-
teny talôha tsara indrindra de tsy ahitagna ny hoe And.21. ''Fô itô karazagna demonia itô de tsy mivoaka kôfa tsy
miaraka amin'ny vavaka sy fifadian-kanigna.'']][22]Kôfa nipetraka tagny Galilia zaré ré, de ahozy Jesosy tamin'iré
mpianany hoe: ''Ny Zanak'ôlogna de hatolotra aké an-tagnan'ny ôlogna, [23]ké zaré ré hamono Ananjy, ké ny andro
fahatelo de hatsangagna Izy.'' Lasa nalahelo tanteraka iré mpianatra.[24]Kôfa tônga tagny Kaperinaomy zaé ré, de
nankeo aminanjy Petera iré lalahy zay nanangogna ny hetra atsasaky ny sekely ké nivôlagna hoe: ''Tsy mandoa
ny hetra atsasaky ny sekely vô ny mpampianatraré? [25]Ahozy izy hoe: ''Ia.'' Fô kôfa niditra takô an-tragno Petera,
de Jesosy alôha no nikoragna taminanjy ké nagnano hoe: ''Ino no eritreritranà, ry Simona? Iré mpanjaka taketo
an-tany, avy aminjôvy no andraisanjaré ré hetra na hetran'ôlogna? Avy amin'iré vahoakany vô sa avy amin'iré
vahiny?''[26]Kôfa nivôlagna Petera hoe: ''Avy amin'iré vahiny,'' De ahozy Jesosy taminanjy hoe: ''De afaka amin'ny
fandoavagna izégny iré vahoaka. [27]Fô mbô tsy hampanotantsika ny mpamory hetra, de mandeha agny amin'ny
ranomasigna, manipàza fitagna akô, ké alay ny laoko zay miakatra voalôhany. Kôfa voasôkatra ny vavany, de
hahita sekely anà. Alay izégny ké amiao iré mpamory hetra ho Anahy sy ho anà.''

 

## Chapter 18

[1]Tamin'jany fotoagna zegny fôagna de tônga také amin'i Jesosy iré gaognany nivôlagna hoe: ''Izovy ambôny
tokoatra akagny amin'ny fanjakan'ny lagnitry?'' [2]Jesosy nagnatso zaza hely andéa aké aminanjy, namétraka
ananjy taminjaré, [3]ké nivôlagna hoe: '' Volagniko aminaré tégna marigna, fô kô tsy miôva karaha iré zaza heky iré
anaré, de tsisy fômba hitsofôranaré amin'ny fanjakan'ny lagnitry.[4]Aviamin-jagny, na zôvy na zôvy magnetry tégna
kara itô zaza hely tô de ambony tokoatra izy agny amin'ny fanjakan'ny lagnitry. [5]Na zôvy na zôvy mandramby
zaza hely karan-jao amin'ny agnarako de mandramby Anahy. [6]Fô nazôvy na zôvy mahatônga raiky amin'iré zaza
hely zégny mino Anahy ré hanota, de tsara aminanjy agnatôgnana fikosoambary maventy amin'ny tendany, ké
halentiky agny amin'ny ranomasigna laligna izy.[7]Tsigny ho an'izao tontolo izao avy amin'ny fotoagnany
fagnafintohinagna! Fô ilaigny ny ahatongavan'izegny fotoagna izegny néfa tsigny ho an'ôfo zény hiavian'ny
fotoagna zégny! [8]Kô mahatonga anà tafintohigna ny tagnanà na tongotranà de bongoaho zagny ké alao aminà.
Tsara loatra aminà ny managnantsa na mitsitringa agny amin'ny fiainagna mandrakizay tozay very agny amin'ny
afo tsy mety maty amin'ny fanagnana tagnana ndraiky tongotra aroa.[9]Kô mahatônga fanafintohinagna aminà ny
masonà raiky, ipohaho zagny ké alao aminà. Tsara loatra aminà ny mitsofotro amin'ny fihainagna mandrakizay
miaraka amin'ny maso tôkagna tozay very agny aminy afo tsy mety maty miaraka amin'ny maso roè.[10]Tandremo
tsy hagnano tsisy dikany an'iré zamadiniky iré naré. Fô mivolagna aminaré Zah fô agny an-dagnitry iregny anjely
regny de mizaha fôgna ny endriky ny Babako agny an-dagnitry. [11][Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talôha tsara
tegna tsara de ahitagna ny fehezanteny zay miboaka karaha, And.11.hoe: ''Fô ny zanak-ôlogno de tônga mbô
hamonjy zôgny very.'']\[12]Ino mbô eritreretinaré? Kô misy mitarimy ondry zato, ké very lalagna ny araiky aminjaré,
de tsy laôsany marô ny sivy ambiny sivy fôlo aké amin'ny avona mô izy ké mandeha mizaha lé raiky zay nakagny
amin'ny lalagna nahavery ? [13]Kôfa hitany zégny, de volagniko marigna aminaré, fô nifaly amin-angny mihotra
lavitra noho iré sivy ambiny sivy fôlo lay tsy nandeha tamin'ny lalan-diso izy. [14]Karahan-jegny koa, tsy sitraky ny
Babanaré agny andagnitry ny hahavery ny araiky amin'iré madiniky iré.[15]Kô manota aminà rahalahinà, mengaha
ké volagno aminanjy ny hadisôvany, aminé ndraky izy fôagna. Kô mitandregny anà izy, de hifankahazo aminanjy
ndraika anà. [16]Néfaka kô tsy mitandregny anà izy, de mangalà raiky na roé hafa miaraka aminà, amin-jay mbô
amin'ny vavan'iré vavolomelogno roé na telo no ahafanà manarigna ny koragna jiaby.[17]Izy kôfa tsy magneky
hitandregny anjaré ré izy de volagno amin'ny fiangonagna ny raha nandalo. Kô tsy magneky hitandregny ny
fiangonagna koa izy, de ambilay izy kara ny Jentilisa ndraiky mpamory hetra.[18]Volagniko marigny aminaré na ino
na ino fehezinaré aketo an-tany de fehezigna akagny an-dagnitry; ary na inona na inona ambélanaré aketo an-
tany de ambéla akagny an-dagnitry. [19]De mbôla volagniko aminaré ndraiky hoe: ''Kô misy roa aminaré magneky
aketo an-tany ny aminy zegny jiaby njaré ré, de ho atao ho an-jaré izegny amin'ny alalan'ny Raiko izay agny
andagnitry. [20]Fô na akéza misy roé na telo miaraka mivôry amin'ny Anarako, de aké antegnategnan-jaré ré Zaho.
''[21]Avy také nagnatogna' i Petera ké nivôlagna tamin'i Jesosy hoe: ''Tompo, impiry nanota aminahy ny rahalahiko
ké haméla ananjy fôgna zah? Mahazo im-pito va?'' [22]Jesosy nivôlagnananjy hoy: ''Tsy mivolagna aminà zah hoe
impito, fô mahazo fitopôlo im-pito.[23]Noho izegny ny fanjakan'ny lagnitra de mitôvy amin'ny ampanjaka raiky zay
te hifandamigna ara-bôla amin'ny mpiasany. [24]Kô mbôla vao nanampôna ny fandaminagna izy, de nisy piasa
raiky nindôsigna také aminanjy zégny nanagnany talenta iray aligna. [25]Nefkà satria tsy nanagna fômba hanifagna
izegny izy, de nandidy ny hamarontagna ananjy ny tômpony, miaraka aminy vadiny ndraiky zanany mbôny izay
hagnanany jiaby, ké ho vitany ny fanifagna-trosa.[26]Nohonin-jany de niondrika lay mpiasa ké niankôhoko talôhany
také ké nivôlagna hoe: 'Tompo, manàgna faharetagna aminahy, de hifaiko aminà ny raha jiaby.' [27]Nohon-jany ny
tompon'jany mpiasa zegny, nahinakinaka ké nagnafaka ananjy ké naméla ny trôsa tamin'jany.[28]Fô niboaka io
mpiasa io ké nahita ny raiky tamin'iré mpiaramiasa taminanjy, zay nanagnany denaria zato. Nisambôriny izy,
niraisiny tamin'ny téndany, ké nivôlagna hoe: 'Iféo aminà zegny notrosainà. [29]Néfa niondrika io mpiaramiasa
taminanjy io ké nitaraigny taminanjy, nagnano hoe: 'Managna faharetagna aminahy, de ifédko ndraiky
aminà.'[30]Néfaka tsy nagneky le mpiasa vôlôngany. Mifanôhitra amin-jeny, nénga izy ké nataony tampigadrana le
mpiara miasa aminanjy mandra-mpanifainy aminy zay nitrosainy. [31]Kôfa nahita zegny niseho iré mpiara miasa
taminanjy, de nahinakinaka tégnany zaré ré. Nénga ké nivôlagna tamin'ny tompony zay jiaby niseho zaré rè.[32]Avy
také nagnatso ananjy io patrôgnany io, ké nivôlagna ananjy hoe: 'Anà mpiasa ratsy fagnahy, nambela ny trôsako
jiaby taminà zaho satria anà nitaraigny taminahy. [33]Tsy tôkony hanagna famindrapô amin'ny mpiaramiasa aminà
koa mô anà, karaha nanagnako indrafô taminà?'[34]Vignitra ny patrôgnany ké nitôndra ananjy tagny amin'iré
mpampijaly mandra mpanifainy izegny jiaby nitrosainy. [35]Karan-jegny anön'ny Raiko agny andagnitry aminaré,
kô tsy maméla ny rahalahy amin'ny fôny ny tsiraikiraiky aby aminaré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 19

1Izy kôfa nahavita iré koragna ré Jesosy, niala tagny Galilia Izy, ké nankagny amin'ny faritr'i Jodia izay tagny
andafin'ny tegnaranon'ny Jordana. 2Fôkon'ôlogno fôntry no nagnaraka Ananjy, ké nampahivagna ananjy iré tagny
Izy.3Nagnatogna Ananjy iré fariseo, nizaha fagnahy Ananjy, nivôlagna taminanjy hoe: ''Ara-dalagna ho an'ny
lalahy vô ny misaraka amin'ny vadiny noho izay mety ho hantony jiaby?'' 4Jesosy namaly ké nivolagna hoe: ''Tsy
nivakinaré vô fô Izy izay nagnano ananjy iré tamin'ny vôalôhany de nagnano ananjy iré ho lalahy sy viavy?5Izy
Izay nagnano ananjy iré de nivôlagna foagna koà hoe: 'Fô noho izegny antony izegny de hadao ny babany
ndraiky mamany ny lalahy ké hitambatra amin'ny vadiny, ké ho lasa nôfo araiky zaré roa?' 6Ké tsy ho nôfo roa
éky zaré ré, fô ho nôfo araiky. Ké izay natambatr'Andriamanitra, aoka tsy hisy hampisaraka.''7Aozin-jaré ré
taminanjy hoe: ''Nagnino zegny Mosesy no mandidy anay hagnamia taratasy fagnamarinam-pisarahagna ary avy
aké hangerigna ananjy?'' 8Aoziny taminjaré hoe: ''fô ny hamafisam-pônaré no namelan'i Mosesy anaré hisaraka
amin'ny vadinaré, ô tamin'ny vôlohany de tsy izegny no fômba. 9Vôlagniko anaré, na zôvy na zôvy misaraka
amin'ny vadiny izy kôà tsy nohon'ny fijangajangagna, ké manambady hafa, de mandiadia vady; ke ny lalahy
manambady viavy izay efa nisarapanambadiagna de mijangajanga.''10Iré ampianatra nivôlagna tamin'i Jesosy
hoe: ''Kôa zegny no toetran-dalahy amin'ny vadiny, de tsy tsara ny manambady.'' 11Fô Jesosy nivôlagna tamin-jaré
hoe: ''Tsy ny ôlogno jiaby no afaka magneky izégny fampianaragna izégny, fô iré izay nambela hagneky izégny
foagna. 12Fô misy iré inoka izay efa karaha izégny letry an-kibon-drenin-jaré ré, ké misy iré inoka izay
nataon'ôlombelogno, ké misy iré inoka izay nagnano ny tegnan-jaré ré ho inoka nohon'ny fanjakan'ny lagnitry.
Izy izay afaka mandray izégny fampianaragna izégny, aoka izy handray izégny.''13Avy aké nisy zamadinika
sasantsasany nindosigna také aminanjy mbô hametrahagny tagnana aminjaré ré ké hivavaka, fô nivôlagna mafy
ananjy iré iré ny mpianatra. 14Fô aoziny Jesosy hoe: ''Ambilé ny zamadinika, ké aza sakanagna zaré ré hagnatogna
Anahy, satriá ny fanjakan'ny lagnitry de fanôko anjaré ré.'' 15Napétragny také amin'iré zaza ny tagnanananjy, ary
avy aké niala také Izy.16Egy, nisy lalahy nagnatogna an'i Jesosy ké nivolagna hoe: ''Mpampianatra, ino ny raha
manjary tsy maintsy anöko mbô hahazahoako ny fiainagna mandrakizay?'' 17Jesosy nivôlagna taminanjy hoe:
''Nahoana anô no magnontany mômba izay tsara aty aminay ? Araiky ihany no tsara, fô raha te-hiditra akagny
amin'ny fiainagna aná, de tandremo iré didy.''18Aozy ilay lalahy taminanjy hoe: ''Didy ino?'' De aozy Jesosy hoe:
''Aza mamono ôlogno, aza mijangajanga, aza mangalatra, aza magneky vavolombelogno tsy marigny, 19Hajéo ny
babanà ndraiky mamanà, ké tiavo ny mpiara-belogno aminà mitovy ny tegnanà.''20Ilay gognalahy nivolagna
taminanjy hoe: ''Efa nanoko jiaby izegny raha jiaby jiaby izegny. Ino no anoko?'' 21Jesosy nivôlagna taminanjy hoe:
''Kô magniry ny ho tônga lafatra anà, de mandihana, ambidio izay hanagnanà, ké amià ny tsy managna, fô
hanagna hariagna agny an-dagnitry anà; ké aviá magnaraha Anahy.'' 22Fô kôfa naharegny izay nivolagnin'i Jesosy
ilay gognalahy, de niala tamin'alahelo izy, satriá nanagna fanagnana fôntry.23Aozy Jesosy tamin'iré mpianatra hoe:
''Volagniko marigna aminaré, tsy môra ho an'ny mpanakariagna ny hiditry ny fanjakan'ny lagnitry. 24Ké mbôla
volagniko aminaré ndraiky, môra kokoá ho an'ny rameva ny miditry amin'ny vodim-pilo noho ny idiran'ny
mpanakariagna akô amin'ny fanjakan'Andriamanitra.''25Kôfa naregny izegny iré mpianatra, de tegna variagna
tokoatra ké nivôlagna hoe: ''Izôvy ary izegny no afaka ho vonjegna?'' 26Nizaha ananjy iré Jesosy ké nivôlagna hoe:
''Amin'ny ôlogno de tsy hay atô izegny, fô amin'Andriamanitry ny raha jiabijiaby de azo atô.'' 27Avy také Petera
namaly ké nivolagna hoe: ''Efa, nambelanay ny raha jiabijiaby ké nagnaraka anà zahay. Ino izegny no ho
azonay?''28Jesosy nivôlagna ananjy iré hoe: ''Volagniko marigny aminaré, amin'ny vanim-potoagna vôvô kôfa
mipetraka aké amin'ny seza fiandrianan'ny voninahitrany ny zanak'ôlogna, de hipetraka aké amin'ny seza
fiandrianana roa ambin'ny fôlo ihany koa anaré izay nagnaraka Anahy, hitsara iré fôko roa ambin'ny
fôlon'Israely.29Ny ôlogno jiaby izay nandao trano, rahalahy, anabavy, baba, mama, zanaka, na tany nohon'ny
agnaragnanahy, de handray avo zato heny ké handôva fiaignana mandrakizay. 30Fô maro iré izay voalôhagny ho
lasa farany, ary ny farany ho voalôgny.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 20

[1]Fô ny fanjakan'ny lanitry de karaha tômpon-tany izay nandeha vô nandraina bé hapikarama mpiasa ho an'ny
tanim-boalobokany. [2]Kôfa avy nifagnaraka tamin'ré mpiasa izy fô ho denaria raika isan-andro ny karamanjaré ré,
de nalefagny tagny amin'ny tanim-boalobokany zaré.[3]Niboaka ndriky izy tamin'ny ora fahatelo ké nahita mpiasa
hafa takô abazary. [4]Aozy taminjaré ré hoe: 'Anaré koá mandihana agny amin'ny tanim-boaloboka, ké izay an-
keviny marigna de hamiko anaré.' Ké nénga niasa zaré.[5]Mbôla niboaka ndraiky izy erantaké amin'ny ora
fahenigny ary koá tamin'ny ora fahasivy, ké nagnano kara izegny koà. [6]Tamin'ny ora faharaika ambin'ny fôlo de
niboaka ndray mandeha koá izy ké nahita mpiasa hafa nijorojoro. Aoziny taminjaré ré hoe: 'Magnino anaré no
mijoro aketo mandritry ny tontôlo andro?' [7]Aozinjaré ré taminanjy hoe: 'Tsy misy ôlogno mampikarama zahey.'
Aoziny taminjaré ré hoe: 'Anaré foagna koá mandihana agny amin'ny tanim-boaloboka.'[8]Kôfa tônga ny hariva, de
nivôlagna tamin'ny mpitandrin-draharahany ny tômpon'ilay tanim-boaloboka hoe: 'Antsovy iré mpiasa ké iféo ny
karamanjaré ré, manômboko avy amparany ménga amin'ny vôalôhany.' [9]Kôfa tônga iré mpiasa izay nalaigna
tamin'ny ora fahiraika ambiny fôlo, de raika tsiraikaraika avy zaré ré. [10]Kôfa tônga iré mpiasa vôlôhany, de
nieritreritra fô ahazo mihoatra zaré ré kanéfa zaré ré de nahazo denaria raika tsiraikaraika foagna koà.[11]Kôfa
nahavoaray ny karamany zaré ré, de nitaraigna mômba ilay tômpon-tany zaré. [12]Aozinjaré ré hoe: ' Iré mpiasa
farany iré de niasa adin'iraika foagna, kanéfa de nampitovinà taminay zaré ré, zahéy izay nizaka ny vesatry ny
tontôlo andro sy niharitra haignandro.'[13]Fô namaly ilay tômpon-tany ké nivôlagna tamin'ny raika taminjaré ré
hoe: 'Ry sakaiza, tsy magnano izay tsy mety aminà zaho. Tsy denaria raika vô no nifanarahanà taminahy? [14]Iraiso
izay anà ké zory ny lalananà. Zaho de nifidy ny hagnamià ho an'iré mpiasa nampikaramaina faragny karaha ny
anà koà.[15]Tsy manan-jo hagnano araka izay tiáko amin'izay anahy mo zaho?' Sé mialona mô anaré satria malala-
tanana zaho?' [16]Ké ny farany de ho vôlôhany, ary ny vôlôhany, ho farany.'' [Fagnamarihana: Ny dikan-teny talôha
tsara indraika de mangala ny hoe: ''Maro no nantsoigna fô vitsy ny voafidy.'']'[17]Kô hiainga ho any Jerosalema
Jesosy, de nalaka iré roa ambin'ny fôlo takeo ankilany Izy, ary teny an-dalana Izy nivôlagna taminjaré ré hoe:
[18]''Indro, hiakatra ho any Jerosalema antsika, ké ny zanak'ôlogna de hatolotra aké amin'ny lohan'ny mpisorona sy
iré mpanôra-dalàna. Zaré ré de hagnameloka Ananjy ho faty [19]ké hanolotra Ananjy amin'iré Jentilisa mbô
himohézana, ho lamohina, ary hanombohana Ananjy amin'ny hazofijaliagna. Fô amin'ny andro fahatelo de
hatsangana ndraika Izy.''[20]Avy akè ny maman'iré zanaka lalahin'i Zebedio nagnantona an'i Jesosy niaraka
tamin'iré zanakany lalahy. Niankohoka také agnatrehany izy ké nangataka raha avy aminanjy. [21]Aozin'i Jesosy
taminanjy hoe: ''Ino no irianà?'' Ahozy taminy hoe: ''Mandidia mbô hipetrahan'ireto zanako roa lalahy ireto, ny
araika akeo an-tanana ankavana ary ny araiky ake an-tanana ankavià, akô amin'ny fanjakanà.''[22]Fô Jesosy namaly
kè nivôlagna hoe: ''Tsy hainaré ny raha angatahinaré. Afaka ny hisotro ny kapoaka izay ho hisoako mô ianaré?''
Namaly zareré hoe: ''Afaka zahay.'' [23]Ahoziny taminjaré ré hoe: ''Hisotro ny kapoaka tokoa naré fô nipetraka an-
tanana ankavananahy sy ankaviako de tsy anjarako no magnamià, Fô ani'ré izay efa namian'ny Babako.'' [24]Kôfa
naharegny izegny iré mpianatra fôlo lahy hafa, de vignitra mafy tamin'iré mpirahalahy aroe.[25]Fô Jesosy
nagnantso anjaré ré hakeo aminanjy kè nivôlagna hoe: ''Fantatraré fô zaré mpanapak'iré Jentilisa de amehy
ananjy iré, ary iré lalahy manan-danjan-jaré de hampianatra ny fahefany akô aminjaré. [26]Fô tsy tôkony karaha
izegny ny aminaré. Mifanôhitra amin'izègny, na zôvy na zôvy magniry ny holasa maventy aminaré de tsy
maintsy ho mpanomponjaré, [27]ary na zôvy na zôvy ny ho voalôhany aké aminaré de tsy maintsy ho
mpanomponjare, [28]karaha ny Zanak'ôlogno tsy tonga ho tompigna, fô hanompo, kè agnamia ny aignany mbô ho
vidim-panavôtagna ho an'ny maro.''[29]Kô nimboaka avy tagny Jeriko zaré ré, de fokonolo fontry no nagnaraka
ananjy. [30]Nisy lalahy jamba roa nipetraka takeo amôron-dalagna. Kôfa naharegny fô nandalo Jesosy, de ihaiky
mafy zaré ré hoe: ''Tompo, zanak'i Davida, mamindra fô aminay'' [31]Nisiahin'iré fokon'ôlo, nivôlagnanjaré ré mbô
hangina, nakèfa vao maika zaré ré nagnantso mafy hoe: Tompo, zanak'i Davida, mamindrà fô aminay.''[32]Avy aké
Jesosy nidôko kè nagnantso anjaré ré kè nivolagna hoe: ''Ino no fagnirianaré ho ataoko aminaré?'' [33]Ahozinjaré ré
taminanjy hoe: ''Tompo, mbô hahiratra ny masonay'' [34]Avy také Jesosy, nahinakinaka, kè nikitika ny masonjaré ré.
Tonga de nahiratra zaré ré kè nagnaraka Anajy.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 21

[1]Raha nagnantogna an'i Jerosalema Jesosy sy ny pianany kè nandeha Betifaga, akagny an-tampontanetin'Oliva, de
nagnandefa mpianatra aroe Jesosy, [2]nivôlagna taminjaré ré hoe: "Mandihana akô aminin'izay tanety fagnaraka
ako, fô akeo akeo anareo de hahita boriky mifehy avaké zana-boriky raika miaraka aminanjy. Vahao zaré ké
indôsy aty aminahy. [3]Kô misy mikoragna aminaré mômba izégny, de volagno hoe: 'Misy ilan'ny Tompo anjaré ré,'
ké aké aké izégny ôlogno izégny de handefa an'iré miaraka aminaré."[4]Ké nitrandra izégny mbô hahatantéraka
izay nambara tamin'ny alalan'ny mpaminany. Aoziny hoe: [5]"Ivolagno ny zanaka viavin'i Ziona hoe: 'Egy, ny
mpanjakanà magnantona anà, magnetry tegna ké mitikina boriky-zana-boriky lahy.'"[6]Avy také de lasa iré
mpianatra ké nagnano karaha izay nandidiàn'i Jesosy anjaré ré. [7]Nindôsinjaré ré ilay apondra sy ilay zana-boriky
ké namétraka ny lambanjaré ré také aminanjy, ké nipétraka také amin'ilay lamba Jesosy. [8]Ny ankamaroàn'ny
fôkon'ôlo de namélatra ny lambany tamin'ny tany, ary iré hafa nanapaka sampan-kakazo ké nanaparitaka izégny
tamin'ny lalana.[9]Avy aké iré fokon'ôlo nialôha an'i Jesosy sy iré izay nagnaraka ananjy nitabataba hoe: "Hosana
ho an'ny zanak'i Davida! Isaoragna ilay Tonga avy amin'ny anaran'ny Tompo! Hosana agny amin'ny avo
indrindra!" [10]Kofa niditry takô Jerosalema Jesosy, de nihaiky ny ray tanàna kè nagnano hoe: "Izovy mô io? [11]Ny
fokon'ôlo namaly hoe: "Izy no Jesosy ilay mpaminany avy agny Nazareta akagny Galilia."[12]Avy také niditry takô
an-tempoly Jesosy. Niroasigny aby iré mpividy sy mpivarotre takô an-tempoly, avaké navadiny ny latabatr'iré
panakalo vôla sy ny fipitrahanjaré mpivarotra pizina. [13]Aozy taminjareré hoe: "Efa voasôratra hoe: 'Ny tranoko de
antsovigna hoe trano fivavahana,' kanèfa ataonaré zohy fivonian-jolahy." [14]Nony avy také de nisy jamba sy kotrila
nagnantona ananjy takô an-tempoly, kè nositraniny zaré ré.[15]Fô kôfa nahita ny raha mahagaga natôny ny
lehiben'ny mpisorona sy ny mpanôra-dalàna, ary kôfa regninjaré ré ny zamadinika niheikèky takô an-tempoly
hoe: "Hosana ho an'ny zanak'i Davida" de vignitra mafy zaré ré. [16]Aozinjaré ré taminanjy hoe: "Regninaré mô
izègny volagnin'iré ôlogno iré?" Namaly ananjy iré jesosy hoe: "Ia! Fô tsy mbôla nivakinaré foagna mô ny hoe:
'Avy amin'ny vavan-jamadinika sy ny zaza minono no nampanajarigna ny fiderana?" [17]Avy také nandao ananjy
iré Jesosy kè nandeha tagny amin'ny tanànan'i betania ary nidôko tako ny alina.[18]Ary kôfa nandraigna kô
niherigna tagny an-tanàna izy, [19]de tehinana. Nahita kakazon'aviavy také an-tsisin-dalana, de nagnantona tegny
izy kè tsy nahita ns inona na inona také izy kô tsy raviny. Aoziny taminy hoe: "Anö tsy hisy voa intsony avy aminà
mandrakizay," kè niaraka taminjany de maina ilay aviavy.[20]Kôfa nahita izègny iré mpianatra, de variagna kè
nivôlagna hoe: "Karakory no tônga de nahamaina itô aviavy itô?"[21] Namaly Jesosy kè ny vôlagna ananjy iré
hoe:"Volagniko marigna aminaré, kô manam-pinoagna sy tsy misy fisalasalagna anaré, de tsy izay natao tamin'io
aviavy io foagna no ataonaré, fô na de hivôlagna amin'tô tampon-tanety itô aza hoe: 'mivota kè mivarigna agny
an-dranomasina', de ho atao izègny.[22] Na ino na ino angatahinaré ambavaka, am-pinoagna, de ho azonaré."[23]Kôfa
niditry takö an-tempoly Jesosy, de nagnatona ananjy ny lehiben'ny mpisorona sy ny zokiôlogno kôfa nampianatra
Izy kè nivôlagna hoe: "Fahefagna avy akaiza mô no anaovanà iregny raha iregny, ary izôvy no nagnamia anà
izegny fahefagna izegny?" [24]Namaly Jesosy kè nivôlagna taminjaré ré hoe: "Amitrahako fagnotaniagna araiky koà
anaré. Kô volagninaré aminahy, de ho volagniko aminaré ny fahefagna agnanovako iregny reha iregny.[25]Ny
batisan'i Jaona - avy takaiza no niaviany? avy takagny an-dagnitra sa avy tamin'ny ôlombelogno?" Niady hevitra
zaré ré, nagnano hoe: "Kô mivôlagna antsika hoe, 'Avy tany an-danitra,'Izy nivôlagna amintsika hoe: 'Kè magnino
anaré no tsy nino ananjy?' [26]Kôfa mivôlagna isika hoe: 'Avy tamin'ny olombelogna', mataotra ny fôkon'ôlo isika,
satria izy zaré jiaby de misaigna an'i Jaona karaha ny mpaminany." Kè namaly an'i Jesosy zaré ré kè nivôlagna
hoe: "Tsy fantanay." [27]Ary aozy koa de tsy hivôlagna aminaré hoe avy takaiza ny fahefagna agnanaovako iregny
raha iregny.[28]Fô ahoana ny hevitranaré? Nisy lalahy araiky nanagna zanaka lahy roa. Nandeha akagny amin'ilay
voalohany izy ary nagnano hoe: 'Anaka, mandehàna miasa agny amin'ny tanim-boaloboka niany.' [29]Ilay zanany
lahy namaly ananjy hoe: ''Tsy ho agny zaho,'' fô avitaké niôva hevitry izy dé lasagna. [30]Avitaké dé nandeha
takagny amin'ilay faharao izy ary nivôlagna karanjegny kôa. Namaly izy ké nivôlagna hoe: ''Ho agny izaho,
tompoko,' kanefa tsy nakany izy.[31]Izovy taminjaré zanany roa ireo no nagnano ny sitrapon'ny rainy?" Avaké
aozinjaré hoe:"Izay voalôhany." Jesosy nivôlagna ananjy iré hoe: "Volagniko marigna aminaré, iré mpamory
hetra sy iré mpivaro-tegna de hiditra ny Fanjakan'Andriamanitra alôhanaré. [32]Kè Jaona nagnantona anaré
tamin'ny fahamarinana, kè tsy nino ananjy anaré. Fô iré mpamory hetra sy mpivaro-tena nino ananjy. Fa anaré,
na de nahita izaigny aza, de tsy nibebaka sy tsy nino ananjy.[33]Tandrigneso ity fanoharagna araiky hafa ity. Nisy
lalahy araiky, tompon'tany. Nagnano tanim-boaloboka izy, nofefeny izany, nandavahany famiazana tao anatiny,
nananganany tilikambo, ké nampifondroany tamin'iré mpamboly voaloboka. Avitaké dé nandéha tagny amin'ny
tagna hafa izy. [34]Nony nahariny ny taom-pahavokarana, dé nagniraka ny sasany tamin'iré mpanompo izy ho agny
amin'iré mpamboly voaloboka hangalaka ny vokatrany.[35]Fô nisamborin'iré mpamboly voaloboka iré

mpanompony, nilamohiny ny araiky, nivoniny ny hafa, dé mbôla nivalavalana vato ny hafa. [36]Fô mbôla, nagnandefa mpanompony hafa indraiky ilay tompon-tany, fontry noho ny tamin'ny voalôhany, fô natônjaré ré karaha izegny koà. [37]Tafaran'izegny, de nagnasa ny zanany lahitôkagna tagny aminjaré ny tompon-tany, nivôlagna hoe: 'hagnaja ny zanakanahy zaré ré.'[38]Fô kôfa nahita ilay zanakany lalahy iré mpamboly voaloboka, de nifampizaka zaré ré hoe: 'Itô ny mpandôva. Indaha, ho vonointsika izy ké ho alaintsika ny lôva.' [39]Noho izegny de nosamborinjaré ré izy, natsipy takô anatin'ny tanim-boaloboka ké novonoina.[40]Ary kôfa tônga ny tompon'ny tanim-boaloboka, ino raha ataony amin'iré mpamboly voaloboka?''. [41]Aozinjaré ré taminanjy hoe: ''Ho ringanina amin'izay fômba mafy indrindra iré ôlon-doza, ary avaké afondrony amin'iré mpamboly voaloboka hafa ny tanim-boaloboka, ôlogna hagnomia ananjy ny anjara volianjy amin'ny fotoam-pahavokaragna.''[42]Jesosy nivolagna tamin'izy iré hoe: ''Tsy mbôla namaky ny sôratra mihitsy va anaré hoe: 'Ny vatotsy nikeny mpanangan-trano ké natô vato fehizoro. Avy tamin'ny tompo izegny, ké nahatalanjogna eo amasontsika'?[43]Noho izegny volagniko aminaré, halagna aminaré ny fanjakan'Andriamanitra ké hatolotra ny firenena izay mamokatra iré vihiny. [44]Na izôvy na izôvy ho lavon'io vato io de hopotipotika. Fô izay ilavoàny kosa de ho torotoro.''[45]Rehefa nandré iré fanoharany irè ny lehiben'ny mpisorona sy iré Fariseo, de azon'izy iré fô ahakasika azi iré no novolagniny. [46]Nikasa ny hanambotra azy, saingy natahotra ny vahoàka izy iré, satria nataon'ny ologna ho mpaminany izy.

## Chapter 22

[1]Nivôlagna tamin'ny fagnoharagna tamin-jaré ré ndraiky Jesosy, nagnano hoe: [2]''Ny fanjakan'ny lagnitra de
mitôvy amin'ny mpanjaka zay nagnomagna fagnasagna amin'ny fampakaram-bady ho an'ny zanany lalahy.
[3]Nagnasa iré mpanompony hagnatso irè zay nahazo fagnasana hagnatrika ny lagnonam-pampakaram-bady izy,
fô tsy nety ho tonga zaré ré.[4]Nandefa iré mpanompony hafa ndraiky ny mpanjaka, magnano hoe: 'Ivolagno iré
zay nasaigny hoe: "Zahavo, efa nikarakaraiko ny hanignako. Efa nivonigny ny aomby sy ny zanak'aomby
mifahianahy, ary efa vognogno ny raha jiaby. Tongava akô amin'ny lagnonam-pampakaram-bady.''[5]Kanefa tsy
niraharaha zaré ré ary lasagna nandeha, ny araiky namonjy ny toeragna fitarimiagnany, ny hafa tamin'ny
raharaham-barotrany. [6]Iré sanany nanambotra iré mpanompon'ny mpanjaka, nagnala baraka ananjy iré, sady
namono ananjy iré. [7]Vignitra ny mpanjaka ké nagnasa ireo maramilany, sady namono mpamono ôlogno iré zaré
ré, sady nagnoro ny tanàgnany.[8]Avy také nivolagna mpanompony izy hoe: 'Efa vonogna ny fampakaram-bady, fô
iré izay nasaigna no tsy mendrika. [9]Noho izegny mandehana eny amin'ny sampanan-dalabe ary magnasa ôlogno
maro araka izegny hitanaré ho ao amin'ny lagnonagnam-mpampakaram-bady.' [10]Nandéha nivoàka tagny amin'ny
lalan-dehibe iré mpanompo ké nanambatra ny ôlogna jiaby izay hitan'izy iré, na ny ratsy. Noho izegny de feno
vahiny ilay efi-tragno lehibe nisy ny fampakaram-bady.[11]Fô kôfa niditra ny mpanjaka mbô hizaha iré vahiny, de
nahita lalahy tsy manatô lamba fitôndra amin'ny fampakaram-bady izy. [12]Nivôlagna tamin'ny mpanjaka hoe: 'Ry
sakaiza, ahoana no hidivanà atô tsy miaraka amin'ny fitafy findôsina amin'ny fampakaram-bady?' Fô tsy tafizaka
ilay lalahy.[13]Avy aké nivôlagna tamin'iré mpanompony ny mpanjaka hoe: 'Fatôry ny tagnana sy ny hongotr'itô
lalahy itô, ké atsipazo agny amin'ny mizigna agny ivélany Izy, agny no misy fitomagniagna ndraiky fikotroha-
nify.' [14]Fô fôntry ny ôlogno nantsovigna, kanéfa vitsy no ho voafidy.[15]Avy takè nandeha iré Fariseo ké nagnomagna
ny fômba mety hamandrihagna an'i Jesosy amin'izay nivolagniny. [16]Avy také nasain'izy iré, andeha amin'iré
mpianatr'izy iré, niaraka tamin'iré herodianina. nivolagna tamin' i Jesosy izy iré hoe: ''Ry mpampianatra,
fantanay fô marigna anô, ké mpampianatra ny lalagn'Andriamanitra amin'ny marigny. Tsy miraharaha ny
hevitry ny hafa anô, ary tsy mizaha mitagnila. [17]Noho izegny volagno aminay, ino ny hevitrano? Ara-dalagna ve
ny fandoavan-ketra agny amin'i Kaisara sa tsia?''[18]Nefa azon'i Jesosy ny faharatsiagnan'iré ké nivolagna hoe:
''Nagnino no mitsapa anahy anaré, ry mpihatsaravelatsihy? [19]Atoroy anahy ny farantsa amin'ny hetra.'' Avy také
nitondra denaria také aminanjy zaré ré.[20]Ahozy Jesosy taminjaré ré hoe: ''Aninjovy itô sary sy agnaragna itô?''
[21]Nivolagna taminanjy iré hoe: ''An'i kaisara.'' Avy takeo Jesosy nivolagna ananjy iré hoe: ''Amezo an'i Kaisara irè
izay an'i Kaisara, ké an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra.'' [22]Rehefa naregny izegny izy iré, de gaga. ké niala
také amin'izy iré ké nandéha.[23]Amin'izegny andro izegny ihany ny Sadoseo sasany, iré izegny nilaza fô tsy misy
fitsangagnana amin'ny maty, nagnatogna ananjy iré, [24]nagnano hoe: ''Ry mpampianatra, Mosesy nivolagna hoe:
'Raha maty ny ôlogno, tsy mananjanaka, de tokony hanambady ny vadiny ny rahalahiny de hanan-janaka ho
an'ny rahalahiny.[25]Nisy mpirahalahy fito. Nanambady ny voalôhany ké maty avy také. Lasagna tsy naméla
zanaka, navelany ho an'ny rahalahiny ny vadiny. [26]Avy také nagnano raha nitovy amin'izegny ny faharoa, avy
také ny fahatelo, karanjegny foagna amin'ilay rahalahy fahafito. [27]Tafara izy jiaby iré, de maty ilay vahaiavy. [28]Ké
amin'ny fitsanganan'ny maty, ho vadin'njovy amin'iré mpirahalahy fito izy? Fô efa nanambady azy izy jiaby
iré.''[29]Kè namaly Jesosy avitaké novôlagna ananjy iré hoe: "Diso anaré, satria tsy mahafantatra ny Soratra Masina
na ny herin'Andriamanitra.[30]Kè amin'ny fitsanganan'ny maty dé sady tsy hanambady ananjy izaré no tsy amiagna
ampankarigna. Kanèfa, mitovy amian'iré anjely any an-danitra.[31]Fô momba ny fitsanganan'ny maty, mbôla tsy
nivakinaré mô izay nizaken'Andriamanitra taminaré, magnano hoe: [32]'Izaho no Andriamanitr'i Abrahama,
Andriamanitr'Isaka, ary Andriamanitr'i Jakoba'? Andriamanitra de tsy Andriamanitry ny maty, fô an'ny velogno."
[33]Kôfa narégny izegny iré fokon'ôlogno, de variagna tamin'ny fampianaragna.[34]Kôfa regnin'iré Fariseo ny
nampanginan'i Jesosy ny Sadoseo, de niara-nivondrona izaré ré. [35]Ny araiky taminjaré ré, mpahay lalàna,
nametra-pagnontaniagna taminanjy, nalaka fagnahy ananjy hoe:[36] "Ry mpampianatra, izovy no maventy be
kokoa amin'ny didy akô amin'ny lalàgna?"[37]Nivôlagna taminanjy Jesosy hoe: "Tiavo amin'ny fonaré jiaby, amin'ny
fagnahinaré jiaby, draiky amin'ny saignanaré jiaby ny Tompo Andriamanitraré.' [38]Izègny no didy maventy sy
vôlôngany.[39]Fô ny didy faharoa de karaha izègny koa: 'Tiavo ny mpiara-belogna aminaré karaha ny tegnanaré.'
[40]Amin'iré didy aroa iré no iankignan'ny lalàgna jiabijiaby sy iré mpaminany."[41]Fô kô mbola niaraka nivondrogna
iré Fariseo, de nametra-pagnontaniagna ananjy iré Jesosy. [42]Aoziny hoe: "Ino no iritreritraré momban'i Kristy?
Zanaka lalahinjovy izy?" Nikoragna taminanjy iré hoe: "zanakan'i Davida."[43]Aoziny Jesosy taminajaré ré hoe:
"Nagnino ary Davida nidôko akô amin'ny Fanahy no nagnantso ananjy hoe Tompo, nagnano hoe: [44]'Ny Tompo
nivôlagna tamin'ny Tompoko hoe: "Mipitraha aké amin'ny tagnana ankavanagna anahy, mandra-pagnanôvako ny
fahavalonà ho fitoeran-tongotranà?'[45]Kô Davida aza nagnantso an'i Kristy hoe: 'Tompo, 'de akôry no maha-

zanakan'i Davida ananjy?" [46]Tsisy navôavaly Ananjy tamin'ny koragna, ké tsisy ôlogno nasahy nametraka fagnontaniagna hafa heky nanomboka tamin'izegny andro izegny.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 23

[1]Ary Jesosy nivôlagna tamin'iré fokon'ôlogno sy iré mpianatrany. [2]Aoziny hoe: ''Iré mpanôra-dalàgna sy iré fariseo
de mipetraka aké amin'ny fipitrahan'i Mosesy.' [3]Noho izégny na ino na ino andidianjaré ré anaré ho atô, de atôvy
iregny raha iregny ké mitandrema ananjy iré. Fô aza alaigna tahaka ny asanjaré ré, satrià zaré ré de mikora-
draha kanéfa avy aké tsy magnano izégny[4]Ka, fatôranjaré ré ny entamavesatra izay sarotra indôsigna, ary avy
aké de apetrakanjaré ré aké amin'ny soroky ny ôlogno. Fô tsy hanetsika ny ratsan-tanana raika aby ny tegnanjaré
ré mbô hotôndra ananjy iré. [5]Magnano ny asany jiaby zaré ré mbô ho hitan'ôlogno. Fô atônjaré ré malalaka ny
filakiterany, ké itarinjaré ny morondambany.[6]Tian'jaré ré ny toeran'ny manan'kaja agny amin'ny fagnasagna sy
ny toeran'ny lehibe akô amin'ny synagoga, [7]sy ny fiharabagna miavaka aké am'pivarotagna, ké mbô
antsôvin'ologna hoe 'Raby'.[8]Fô ianaré tsy mahazo antsovigny hoe: 'Raby', fô araiky foàgna ny mpampianatranaré,
kè mpirahalahy anaré jiabijiaby. [9]Kè aza magnantso ny ologno aty an-tany hoe rainaré, fô araiky foàgna ny
rainaré, kè izy de agny an-danitra. [10]Ianaré aza magneky antsovigna hoe: 'Mpampianatra', fô araiky foàgna ny
mpampianatraré, de i Kristy.[11]Fô izay lehibe indrindra amin'naré no ho mpanomponaré. [12]Na izovy na izovy
magnambony tegna de ahetry, ké na izovy na izovy magnambany ny tegnany de hasandratra.[13]Fô lozanaré, ry
mpanora-dalàgna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fô arindrinaré amin'ny ôlogna ny fanjakan'ny lagnitra. Fô
anaré tsy mampiditra ny tègnanaré, kè tsy avelanaré iré zay mitady hiditra. [14][Fanamarihagna: Ny antotan-
taratasy talôha de tsy ahitagna ny fehezanteny hoe: 'Fô lozanaré, ry mpanora-dalàgna sy ny fariseo,
mpihatsaravelatsihy! Fô mandany ny tragnon'ny mpitondra tégna, ké magnano vavaka lavareny anaré. Noho
izégny de hahazo fagnamelohagna be ianaré.'] [15]Lozanaré, ry mpanôra-dalàgna sy ny fariseo,
mpihatsaravelatsihy! Fô mandeha mitety ny ranomasigna sy ny tany anaré mbô hampiôva fô ny ôlogna araiky, ké
kôfa miôvy izy, de atônaré ny zanaky ny helo ambo roy heny mihoatra indroy noho anaré izy.[16]Lozanaré, ry
mpitarika jamba, anaré izay mivôlagna: 'Na zôvy na zôvy mianiana amin'ny tempoly, de tsisy dikany izégny. Fô
na zôvy na zôvy mianiana amin'ny vôlamenan'ny tempoly, de voafatotry ny fianianany izy.' [17]Anaré ry jamba
mahôla! Zôvy no mahaventy kokoà, ny vôlamena sa ny tempoly izay magnano ny vôlamena masigna?[18]Ary na
zôvy na zôvy mianiana amin'ny alitara, de tsisy dikany izégny. Fô na zôvy na zôvy mianiana amin'ny fanatitra
izay aké ambonin'izégny, de voafatotry ny fianianany izy.' [19]Anaré ry ôlogno jamba! izôvy no maventy kokoà, ny
fanatitra sa ny alitara izay magnano ny fanatitra ho masigna?[20]Noho izégny, izay mianiana amin'ny alitara de
mianiana amin'izègny sy amin'ny raha jiaby aké amboniny. [21]Ny araiky izay mianiana amin'ny tempoly, de
mianiana amin'izègny sy amin'izay mipetraka aké aminanjy, [22]ary ny araiky izay mianiana amin'ny alitara, de
mianiana amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy aminy izay mipetraka aké ambonin'izégny.[23]Lozanaré, ry
mpanôra-dalàgna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fô magnefa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta ary ny komina
anaré, fô anaré de mankatoa ny raharaha mavesa-danja kokoà amin'ny lalàna de ny rariny sy ny famindram-pô
ary ny finoagna. Fô iré no tôkony natônaré ké tsy tôkony nambelanaré ho tsy vita ny raika hafa. [24]Anaré ry
mpitarika jamba, anaré izay minivana lalitra kanéfa miteligna raméva![25]Loza ho anaré, ry mpanôra-dalàgna sy
fariseo mpiatsaravelatsihy! Fô diovinaré ny ivélan'ny kampoàka sy ny lasety, kanéfa ny akô anatiny de feno
fitsiriritana sy filagna. [26]Anaré ry fariseo jamba! Diovy alôha ny akô anatin'ny kapoàka sy ny lasety mbô ho lasa
mady hiany koà ny ivèlany.[27]Loza ho anaré, ry mpanôra-dalàgna sy fariseo mpihatsaravelatsihy! Fô anaré de
karaha ny tragnomanara voaloko fotsy; izay tsara ivelany, fô ny akô anatiny kosa de feno ny taolam-paty sy ny
loto jiaby. [28]Karaha izégny fogna koà, ety ivelany anaré miseho ho marigna aké amin'ny ôlogno, kanéfa ny akô
anatinaré de feno fihatsaram-belatsihy sy heloka.[29]Loza ho anaré, ry mpanôra-dalàgna sy fariseo,
mpihatsaravelatsihy! Fô monorigna ny tragnomanaran'ny mpaminany anaré ké manaingo ny tragnomanaran'ny
ôlo-marigna. [30]Aozy anaré hoe: 'Kô niaina tamin'ny andron'ny razambetsika atsika, de tsy ho nandray anjara
niaraka taminjaré ré tamin'ny fandatsahana ny ràn'ny mpaminany atsika'. [31]Noho izégny de mijoro
vavolombelogno amin'ny tegnanaré anaré fô zanakan'iré izay namono ny mpaminany.[32]Anaré hiany koà de
nahafeno ny fahotan'iré razambenaré, [33]anaré ry bibilava, anaré ry taranaky ny mantongoro, ahoagna no
hilifasanaré ny fagnamelohana ho agny amin'ny helo?[34]Noho izégny, indro, magnasa mpamigny sy ôlon-kendry
ndraiky mpanôra-dalàgna ho anaré Zaho. Ny sasany aminjaré ré de ho vonoinaré sy hombohanaré; ary ny
sasany ho lamohinaré ké hiala akô an-tanàna. [35]Ny vokatr'izégny de hanody anaré ny rà marigna jiaby izay
nalatsaka takéto an-tany, nanômboko tamin'ny ràn'i Abela marigna, ké hatramin'ny ràn'i Zakaria zanak'i Barakia,
izay novonoinaré také anelanelan'ny fitoerana masigna sy ny Alitara. [36]Vôlagniko marigna aminaré, fô ny
razanaré jiaby de ho tônga amin'itô taranaka itô.[37]Ry Jerosalema, ry Jerosalema, anà izay mamono ny mpaminany
sy mambalavala izay asaina ho aminà! Impiry Zaho no magniry ny hanangona ny zanakanà miaraka, karaha ny
akaho vaviny araiky manangona ny akoho hely akô ambany elatrananjy, kanéfa tsy nagneky anaré! [38]Indro, ny


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

tranonaré no ambéla ho anaré. [39]Fô volagniky aminaré, hatraminjô, tsy hahita Anahy tokoàtra anaré mandra-pivolananaré hoe: 'Isaorana ane izay avy amin'ny anaran'ny Tompo.'"

# Chapter 24

[1]Nivôaka ny tempoly Jesosy ké lasagna nandèha. Nagnatogna ananjy iré mpianatrany mbô hagnatoroagna ananjy
ny rafitrany tempoly. [2]Néfa namaly izy ké nivôlagna tamin'jaré ré hoe: ''Tsy hitanaré vô iré raha jiabijiaby iré?
Volagniko marigna aminaré, tsy ho isy vato ho tavèla amin'ny araiky hafa izay tsy ho ravàgna.''[3]Kô nipètraka také
an-tendrombohitr'Oliva Izy, de nagnatogna ananjy mangingina iré mpianatrany kè nivôlagna hoe: ''Zakèo anay,
hoviagna iré raha jiabijiaby iré no hivôaka? Ino no famataragna ny fahatongavanà sy ny fara-andro?'' [4]Namaly
Jesosy kè nivôlagna ananjy iré hoe: ''Mitandréma mbô tsy hisy hamitaka anaré.'' [5]Fô ho fôntry ny ho avy amin'ny
agnarako. Kè hivôlagna zaré ré hoe: 'Izaho no kristy,' kè fôntry no ho voafitaka.[6]Haregny ady sy tatitr'ady anaré.
Mitandréma mbô tsy hitaitaigna anaré, fô tsy maintsy hipoitra izégny raha jiaby izégny; kanéfa tsy mbôla tônga
ny faragny. [7]Fô hisy firenena hitsangana hanôhitra firenena, ary fanjakana hanôhitra fanjakana. Hisy siloagna sy
horohon-tany amin'ny toerana samby hafa. [8]Kanefa izégny raha jiaby izégny de fiandohan'ny fanaintainan'ny
fitirahagna foagna ihany.[9]Ké ho atolotranjaré ré ho amin'ny fahoriagna anaré ké ho vonoiny. Ho halany firenena
jiaby anaré nohon'ny anarananahy. [10]Ary fôntry ny ho tafitohigna, ké hifamadika sy hifankahala ny tsiraikaraika.
[11]Mpaminagny sandoka fôntry no hisangana ké hamitaka ôlagna fôntry.[12]Satrià ny faharatsigna de hitômbo, ké
fôntry ny hihamangatsika ny fitiavany. [13]Fô ilay raika izay miharitra katramin'ny farany de ho voavonjy. [14]Itô
filazantsaran'ny fanjakana tô de ho toriagna erak'izao tontôlo izao ho vavolambelogna amin'ny firenena jiaby.
Avy aké de ho tônga ny faragny.[15]Noho izégny, kô mahita ny fahavetavetan'ny fandravagna anaré, izay
nivolagnin'i Daniela mpaminany, de hitsangana aké amin'ny toeragna masigna anaré'' (ôka ny ampamaky
hahatakatra), [16]''ôka iré izay agny Jodia hilefa ho agny an-tendrombôhitra, [17]ôka izey akô an-tampon'ny tragno tsy
hirôrogno halaka raha avy akô an-tragnony, [18]ary ôka izay agny anatiala tsy hierigna halaka ny lambany.[19]Fô loza
ho an'iré bikibo sy mampinono amin'izègny andro izégny! [20]Mivavaha mbô tsy ho amin'ny ririnina na amin'ny
Sabata no hisehoà ny filifasanaré. [21]Fô hisy fahoriana matômboko, izay tsy mbôla nisy karaha izégny hatragny
am-piandohan'izao tontôlo izao mandrak'ankehitriny, tsia, ké tsy hisy intsony. [22]Izikoà tsy afoizigna iré andro iré,
de tsy hisy nôfo ho vonjegna. Fô nohon'ny ôlom-boafidy, de hafohezigna iré andro iré.[23]Izikô misy ôlogno
mivôlagna aminaré hoe: 'Itô, ilay Kristy' na, arô ilay Kristy' de aza mino izégny. [24]Fô ny Kristy sandoka sy ny
mpaminany sandoka de ho avy aké hampiseho fahamantaragna matômboko sy raha mahagaga, mbô hametsy, kô
azo atô ià fô na iré ôlom-boafidy aza. [25]Indro efa, nivolagniky anaré mialôhan'ny fotoagna.[26]Kè izagny, kô
mivôlagna anaré izy iré hoe: 'efa, angy an-efitra,' dé aza mandeha an-efitra. Na hoe 'igny, agny anaty efitragno izy'
de aza mino izègny. [27]Fô karaha raha izay mibiagna avy akagny antsinanana ka mazava foagna andrefana, dé
karaha izègny ny fahatongavan'ny Zanak'ôlo. [28]Na akaiza na akaiza misy biby maty, de akagny no hivorian'ny
voltara.[29]Kôfa vao afaka ny fahoriagna amin'iré andro iré de ho maizigna ny masoandro, tsy agnamia ny
hazavagna ny volagna, hilatsaka avy akagny an-dagnitra ny kintagna, avaké hietsiketsika ny herin'ny lanitra.
[30]Avaké de hivoaka aké amin'ny lanitra ny famantaran'ny Zanak'ôlo, kè ny foko jiaby ambon'ny tany hisaona.
Hahita ny Zanak'ôlo tonga amin'ny rahogna ny lanitra miaraka amin'ny hery sy voninahitra maventy izy iré.
[31]Mandefa iré anjeliny izy miaraka amin'ny feo trompetra mafy, kè hamory ny ôlom-boafidiny avy akagny
amin'ny vazan-tany efatra izy iré, manomboka amin'ny faravodilagnitra kè hafarany amin'ny hafa.[32]Mianara ny
lesogna avy amin'ny aviavy. Kôfa vantany kofa matoy ny sampana ary mamoaka ny raviny, dé fantatraré fô
miamariny ny fahavaratra. [33]Karaha izègny koa, kôfa mahita izègny raha jiaby izégny ianaré, dé tokony ho
fantatraré fô efa mariny izy, akeo amin'iré vavahady foagna.[34]Volagniko marigna aminaré, fô tsy ho lany ity
taranaka ity mandra-pivoahan'ny raha jiaby izegny. [35]Tsy hisy koza ny lanitra sy ny tany, fô ny koragniko de tsy ho
levogna mandrakizay.[36]Kanefa ny mahakasika izegny andro sy ora izegny de tsy misy mahafantatra, na ny
Anjelin'ny lanitra aza, na ny Zanaka lalahy, fa ny Ray fôgna.[37]Karaha ny tamin'ny fotoagnan'i Noa, dé karaha
izegny foagna koa ny fahatongavan'ny Zanak'ôlo. [38]Fô karaha tamin'iré andro mialôhan'ny safo-drano dé
nihinagna sy nisotro izy iré, nanambady sy nampakarigna mandra-pahatongan'ilay andro nidiran'i Noa takô
anatin'ilay sambo fiara, [39]kè tsy nahafantatra na ino na ino izy iré mandra-patôngan'ny safo-drano kè
nandringana ananjy jiaby-de karahanjagny ny fihatongavan'ny Zanak'ôlo.[40]Kè avake hisy lalahy roa akagny
agnantialany raika ho raisigna, ary ny raika ho avela. [41]Vahiavy roa no hitoto vary - ny iraika ho raisina, kè ny
iraika ambela. [42]Kôfa izagny de miambena, fô tsy fantatraré izay fotoagna hatongavan'ny Tomponaré.[43]Fô fantaro
izao, kô fantatry ny tompon-trano hoe amin'ny firy aligna no hatongavan'ny mpangalatra, de ho niambigna izy ké
tsy nagnambela ny tranony ho vaky. [44]Ké izegny de tsy maintsy mivognona ihany koa anaré ré, fô ho avy ny
Zanak'ôlogno amin'ny ora tsy ampoizinaré.[45]Kè izôvy moa ilay mpanompo mahatoky sy hendry izay nasain'ny
tompony hanapaka ny ankohonany mba amiagny ananjy iré ny sakafon'izy iré amin'ny fotoagna mety?
[46]Sambatra izagny mpanompo izègny izay hitan'ny Tompony fa magnano izagny kôfa tonga izy. [47]Volagniko

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

marigna aminaré fô ny tompony no hanapaka ananjy ho ambonin'ny raha jiaby izègny anagnany.[48]Kôfa misy mpanompony ratsy mivôlagna akô am-pony hoe: 'Ela fahatongavana ny tompoko', [49]ka manomboka mamono iré manompo namany, sy mihinagna ary misotro miaraka amin'iré mpimamo; [50]de ho avy ny tompon'ilay mpanompo amin'ny fotoagna izay tsy ampoiziny ke amin'ny ora izay tsy fantany. [51]De ho kapakapain'ny tompony izy kè ho ataony karaha an'iré mpihatsaravelatsy ny anjarany, izay hisy fitomanina sy ny fikotroha-nify.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 25

[1]Ny fanjakan'ny lanitra dé ho karaha ny virjina folo izay nalaka ny jirony ka nandeha nihaona tamin'ny
mpampakatra. [2]Föka ny dimy tamin'izy iré fa ny dimy ndraika hendry. [3]Kôfa nitondra iré jirony iré virjina föka,
de tsy nitondra solika niaraka taminy. [4]Fô iré virijina hendry kosa de nitondra fikajiagnan-tsolika niaraka
tamin'ny jirony.[5]Kôfa tara ny mpampakatra, de taitaitra zaré jiaby ka nandry. [6]Fô tamin'ny sasak'alina de nisy
nagnantso mafy hoe: "Itô, ny mpampakatra! Mivoaha mba hitrötrö aminy."[7]Avaké nifoha iré virijina jiaby kè
nikarakara ny jirony. [8]Aozin'iré adala tamin'iré hendry hoe: "Mbô amia ampahany amin'ny solikaré izahay fô efa
ho faty ny jironay. [9]Kè namaly iré hendry kè nivôlagna hoe: "Sao de tsy ho ampy ho anay sy ho anaré, fô
mandihana foagna akany amin'iré mpivarotra ké mividiana ho an'ny tegnanaré."[10]Kô fa nandeha nividy izy iré
ré, dé tonga ny mpampakatra, ary izay efa vognona de niara-nandèha taminy ho akô amin'ny fanasam-
panambadiagna, kè nividy ny vavahady. [11]Kôfa afaka izégny de tonga ihany koa iré virijiny sasany ka nivôlagna
hoe: 'Tompoko, Tompoko, mba vahao izahay'. [12]Fô namaly izy kè nivôlagna hoe: 'Volagniko marigna aminaré, tsy
mahafantatra anaré izaho.' [13]Kè noho izégny mihambena, fa tsy fantatraré ny andro na ny ora.[14]Fô izégny de
karaha ny lalahy raika izay handeha ho agny amin'ny firenen-kafa. Nagnantso ny mpanompony izy kè
nampitantana ananjy iré ny haregnany. Ny raika taminjaré iré namiagna talenta dimy, [15]ny raika hafa namiagna
roa, ary ny raika hafa ndraiky namiagna talenta araiky. Ny tsiraikaika de somby nandray talenta araka izay
fahezagny avy, ké nénga tamin'ny diàny izégny lalahy izégny. [16]Ny raika izay nandray talenta dimy de nénga takéo
kéo ké nampiasa ananjy iré.[17]Karaha izégny koà ilay raikia izay naharay talenta aroa nahazo aroa hafa. [18]Fô ilay
mpanompo araika kosa, nandeha ké niady lavaka tamin'ny tany, ké nandevina ny vôlan'ny tompony.[19]Ary
tafaran'ny fotoagna ela de nierigna ny tompon'iré mpanompo iré ké nandamin-draharaha taminjaré ré. [20]Niditry
ilay mpanompo izay nandray talenta dimy no sady nitôndra talenta dimy hafa. Ahozy hoe: ''Tompoko, namianà
talenta dimy zaho. Indro, nanatômbo talenta dimy hafa zaho.'' [21]Ahozy ny tompony taminanjy hoe: ''Tsara izégny,
ry mpanompo tsara sady mahatôky! Nahatôky tamin'ny raha tsy maro anà. Zaho hampihandraikitra anà amin'ny
raha maro. Midira amin'ny fifaliàn'ny tomponà.''[22]Ilay mpanompo izay naharay talenta aroa de nagnantona sy
nivôlagna hoe: ''Tompoko, naminà talenta aroa zaho, indro, nagnatômbo talenta aroa hafa zaho.'' [23]Nivôlagna
ananjy ny tompony hoe: 'Tsara izégny, ry mpanompo tsara sady mahatôky! Nahatôky tamin'ny raha tsimaro anà.
Zaho hampihandraikitra anà amin'ny raha maro. Midira amin'ny fifaliàn'ny tomponà.'[24]Avy také ilay mpanompo
izay naharay talenta araika nagnantona no sady nivôlagna hoe: ''Tompoko, haiko fô lalahy masiàka anà. Mijinja
egny amin'izay tsy namafazanà, anà no sady manangom-bokatra egny amin'izay tsy nambolenà. [25]Natahotra
zaho, ké nandeha ké nanafigna ny talentanà takô anatin'ny tany. Zahavo, indro izay anà.''[26]Ary namaly ananjy ny
tompony ké nagnano taminanjy hoe: 'Anà ry mpanompo ratsy sady malaigna, hainà fô zaho de minjinja egny
amin'izay tsy namafazako sy manangom-bokatra egny amin'izay tsy namboleko. [27]Noho izégny de tôkony
namianà ny mpanjana-bôla ny vôlako, izikoà niherigna zaho de nandray ny anahy miaraka amin'ny antômbony.
[28]Noho izégny alévo agny amin'ny talénta ké amezo ho an'ilay panômpo izay managna talénta fôlo izégny. [29]Fô zay
jiaby managna de hamegna be kokoà-mihoatra lavitry aza. Fô ho an'iré izè tsy managna na ino na ino koà, na zay
hananany aza dia ho esorigna aminanjy. [30]Ariào agny amin'ny mizigna agny ivelagny ny panompo tsy mendrika,
agny no misy ny fitômaniagna sy ny fikotrôha-nify.[31]Izikoà tônga amin'ny voninahitrany ny Zanak'ôlogna sy ny
anjely jiaby miaraka Aminanjy, de hipétraka aké amin'ny sezy fihandrihanan'ny voninahitrany Izy. [32]Ary ny
firenegna jiaby de hangonina aké anatrehany, ké hivavaka ny ôlogna iraika amin'iraika hafa Izy, karaha ny
mpiandry ondry magnavaka ny ondry amin'ny osy. [33]Hamétraka ny ondry ho aké ankavanany izy, fô ny osy aké
ankaviàny.[34]Ary ny mpanjaka hivôlagna amin'iré zay aké an-tanagna ankavagnany hoe: 'Avià, anarè zay
notahian'i Raiko, mandovà ny fanjakana zay efa voahomagna ho anaré hatrizay nagnorenagna an'izao tontôlo
zao. [35]Fô voasiloana Zaho de namianaré hanigna; tihinan-drano Zaho de namianaré ho sotroigna; nivahiny Za de
nampandrosoinaré; [36]nibolaina Zaho de nampitafianarè; narary Zaho nokarakarainaré; ary tany am-ponja Zaho
de nakany Aminahy anaré.'[37]Ary iré marigna de hamaly sy hivôlagna hoe: 'Tompo, oviagna zahay no nahita anà
voasiloana ké namahana Anà? Na tihinan-drano ké nampisotroanay? [38]Oviagna Anà no hitanay nivahiny ké
nampandrosoinay? Na nibolaigna ké nampitafianay? [39]Oviagna zahay no nahita Anà narary na tagny am-ponja ké
nakagny aminà? [40]Ary ny mpanjaka namaly ké nivôlagna ananjy irè hoe: 'Vôlagniko marigna aminaré, zay
nataonaré tamin'iregny rahalahiky hely indrindra iregny, de nataonaré tamiky.'[41]Ary izy hivôlagna amin'iré zay
akè ankaviany hoe: 'Mialà aminahy, Anaré zay voahozogno, ho agny amin'ny afo mirehitra mandrakizay zay efa
voahômana ho an'ny devoly sy iré anjeliny, [42]satrià voasiloana Zaho, fô tsy namianaré hanigna; tihinandrano
Zaho, fô tsy namianaré hosotroigna; [43]nivahiny Zaho, fô tsy nampandrosoanaré; nibolaigna Zaho, kanéfa tsy
nampitafianaré; narary sy takô am-ponja Zaho, fô tsy nokarakarainaré.'[44]Kè de hamaly koà zaré rè kéde


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

nivôlagna hoe: 'Tompo! Oviagna zahay no nahita Anà voasiloana, na tihinan-drano, na nivahiny, na nibolaigna, na narary, na tagny am-ponja, ké tsy nanompo Anà? [45]Ary Izy hamaly ananjy irè ké hivôlagna hoe: 'Volagniky marigna aminarè, fô zay tsy natônaré tamin'iraika tamin'irè madinika iré, de tsy natônaré taminahy.' [46]Iré de halefa ho akô amin'ny fanasazina mandrakizay fô iré marina ndraika akô amin'ny fiainagna mandrakizay.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 26

[1]Kôfa vitan'i Jesosy zégny koragna jiaby Izègny, de nivôlagna tamin'iré mpianatrany Izy hoe: [2]"Hainaré fô afaka
roa andro de ho tônga ny paska, ké hatolotra hombohana amin'ny kakazofijaliagna ny Zanak'ôlogna."[3]Avy také ny
lehiben'ny mpisorona sy ny lohôlogna niara-nivory takô amin'ny lapan'ny mpisôrogna-be, zay nantsoigna hoe
Kaifa. [4]Niara-nagnano tetika zaré ré mbô hisambôrana mangina an'i Jesosy ké hamono Ananjy. [5]Fô ahozin-jaré ré
hoe: "Tsy amin'ny fety, mbô tsy hisiàn'ny korôntagna aké amin'ny ôlogna."[6]Ary Jesosy kofa tônga takô Betania
takô an-tragnon'i Simona boka, [7]kô nipètraka nihinagna také amin'ny latabatra, dè nisy viavy araika nanagna
tavoara alabastara feno ménaka lafo vidy nanantogna Ananjy, de nanina izégny tamin'ny lôhany. [8]Fô kôfa
hitan'iré mpianatrany izégny, dé vingitra zaré ré ké nagnano hoe: "Ino no anton'izao fandaniagna zao? [9]Afaka
ambidy lafo ké namiagna iré mahantra iré."[10]Fô Jesosy, nahay izégny, nivôlagnan-jaré ré hoe: "Nagnino anarè no
manahiran-tsaigna an-draviavy? Fô raha tsara no nataony taminahy. [11]Aké aminaré mandrakariva ny mahantra,
fô Zaho de tsy ho aké aminaré mandrakariva.[12]Fô kôfa nanidigna izégny ménaka magnitra izégny tamin'ny
vatagnanahy izy, de nataony ho an'ny fagnariagna Anahy izégny. [13]Volagniky marigny aminaré, na akéza na akéza
hitoriàgna ny filazantsara akéto amin'izao tontôlo jiaby zao, zay nataon'itô viavy itô de hikoragnina foana koà ho
fahatsiarôvagna ananjy."[14]Avy té araiky tamin'iré roa ambinifôlo, izay nantsovigna hoe Jodasy Iskariota, nandéha
akagny amin'ny lehiben'ny mpisôrogna [15]ké nagnano hoe: "Amenaré otrino zaho hagnomezako ananjy aminaré?"
Nandanja vôlafotsy hely telopôlo izy irého ananjy. [16]Tamin'izegny fotoàgna izegny de nitady fahafahagna izy mbô
hagnomezako ananjy amin'anjy irè.[17]Tamin'ny andro vôalôhan'ny môfo tsy misy lalivay de nagnatogna an'i Jesosy
iré mpianatra ké nivôlagna hoe: "Akaiza no tiànô hagnomagnanay ho anà hihinagna ny sakafon'ny Paska?"
[18]Namaly izy hoe: "Midira akô an-tanàgna misy lalahy araiky ké volagno izy hoe: 'Ahozin'ny Mpampianatra hoe:
"Éfa marivo ny fotoàgnako. Akato an-tragnonô zaho no hagnano ny paska miaraka amin'iré mpianatrako.'""
[19]Nataoniré mpianatra araka izay nandidin'ny Jesosy izégny, ké hagnomagna ny sakafon'ny paska izy iré.[20]Raha
tônga ny hariva, de nipétraka nihinagna niaraka tamin'ny mpianatra roa ambin'ny fôlo izy. [21]Réhéfa nihinagna
izy iré, de ahozy Izy hoe: "Volagniko Marigny aminaré fô hisy araiky aminaré hamadika anahy." [22]Nalahelo izy iré
ké nanômboko nagnontany Ananjy ny tsiarékiaréky hoe: "Tsy ho izaho mihitsy, ry Tompo?"[23]Namaly Izy hoe: "Zay
niaraka namarigna ny tagnany taminahy takô agnaty lasety no lay iraika hamadika zà. [24]Handeha ny
Zanak'ôlogno, araka zay efa voasôratra momba Ananjy. Nefa lozan'ny ôlogno zay hamadika ny Zanak'ôlogno!
Tsara kôkoa ho an'izegny ôlogno izegny no tsy teraka akory." [25]Jodasy, zay hamadika Ananjy nivôlagna hoe: "Zaho
vô izegny, Raby o?" Hoy izy taminy hoe: "Vôlazanà."[26]Raha mbôla nihinagna zaré ré, de nangalaka ny môfo Jesosy,
nisôtra, ké nanapaka izégny. Namiàny iré mpianatra izégny ké nivolagna hoe: "Alaivo, hoano. Itô no
vatako."[27]Nandramby ny kapoàka izy ké nisôtra, ké nagnome izégny ananjy ké nivôlagna hoe: "Ianaré jiaby,
sotroy itô. [28]Fô itô ny ràn'ny fanekem-pihavanagna àrotsaka ho an'ny fôntry ho famelan-keloka. [29]Fô volagniko
aminaré, fô tsy mbô hihinagna ny vôkatry ny voaloboka kôza Zaho, mandra-pihavin'ny fisotroagna vôvô
hiarahako aminaré agny amin'ny fanjakan'ny Raiko."[30]Raha nihira hira fideragna zaré ré, de nandeha tagny
amin'ny tendrombohitr'i Oliva. [31]Avakè ahozy Jesosy taminjaré ré hoe: "Anaré jiaby de handao anahy nohon'ny
aminahy anio aligna, Fô voasôratra hoe: 'Hamely ny mpiandry ondry Zaho de hipariaka ny ondry.' [32]Fô afaran'ny
fitsanganako amin'ny naty, de hialôha lalagna anaré agny Galilia."[33]Fô Petera nagnano taminanjy hoe: "Na de
handao nohon'ny aminà aza ny jiaby, zaho tsy mbô handao mihintsy." [34]Ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Volagniko
marigna aminà, fô zao aligna raha mbôla tsy magneno akoho, de handà Zaho intelo anà."[35] Petera nivôlagna
taminanjy hoe: "Na de tsy maintsy ho foaty miaraka aminà aza zaho, de tsy handà anà." Karaha zegny avokôa no
novolagnin'iré mpianatra hafa.[36]Ary Jesosy nandeha niaraka taminanjy iré nankagny amin'ny toeragna antsigna
hoe Getsemane ké nivôlagna tamin'ny mpianany hoe: "Mipitraha aké raha mbôla handeha ery hivavaka Zaho."
[37]Nitondra an'i Petera mbamin'ny zanak'i Zebedio roa lahy Izy ké nanômboka nalahelo sy ory. [38]Avaké ahozy izy
taminjaré ré hoe: "Fadiranôvagna ny fagnahiko, karaha efa ho foaty. Mipitraha aké ké mihambana miaraka
aminahy."[39]Nihataka hely Izy, niankôhoko ké nivavaka. Ahozy Izy hoe: "Ry Raiko, raha azo atô, de ôka esorigna
aminahy itô kapôka itô. Nefa, ôka tsy araky ny sitrapônà." [40]Nagnantogna iré mpianatra Izy ké nahita azy iré
resin-tory, ké ahozy Izy tamin'i Petera hoe: "Ino, tsy mahavita miambigna miaraka aminahy na de lera araika aza
vô anaré?[41] Miambena ké mivavaha mbô tsy ho azon'ny fakam-pagnahy anaré. Mety ihany ny fanahy, fô ny nôfo
no malemy."[42]Mbôla nandeha fagnindroany Izy ké nivavaka. Ahozy Izy hoe: "Ry Raiko, raha tô tsy azo esorigna
aminahy itô raha tsy misôtro Zaho, de ho atô anie ny sitraponà." [43]Niverigna indray Izy kè mbôla nahita ananjy
iré natory, fô navesatra ny masonjaré ré.[44] Ké nandao ananjy iré indray Izy, lasa ké nivavaka fanintelony,
nivôlagna iré teny iré hiany.[45]Avakè Jesosy nagnatogna iré mpianatra ké nagnano taminjaré ré hoe: "Mbôla
mandry sy miala sasatra vô anaré? Zahavo, efa mariny ny lera, ké ny Zanak'ôlogno de hamiagna aké an-


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

tagnan'iré mpanota.[46] Mitsangàna, andeha isika. Zahavo, efa mariny lay hamadika Anahy.''[47]Raha mbôla nivôlagna Izy, de tônga Jodasy, raika amin'iré roa ambin'ny fôlo. Nisy vahoaka maro tônga niaraka taminy avy amin'ny lehiben'ny mpisôrogno sy iré lohôlogno. Tônga niaraka tamin'ny sabatra sy langilangy izy iré. [48]Ké nagnamia famantaragna azy iré lay lalahy hamadika an'i Jesosy, magnano hoe: ''Zay horohako, no Izy. Sambory Izy.''[49]Také aké foagna de nagnatogna an'i Jesosy izy ké nivôlagna hoe: ''Finaritra, Raby!'' Ké nagnoroka Ananajy izy. [50]Ahozy Jesosy taminy hoe: ''Avakè tônga zaré ré, naninjitra tanagna tamin'i Jesosy, ké nisambotra Ananjy. [51]Indro, araika tamin'iré niaraka tamin'i Jesosy nanapatra ny tanagny, nampitsoàka ny sabatrany, nikapa ny mpanompon'ny mpisorognabe, ké nahafaka ny tadigniny. [52]Avy aké ahozy Jesosy taminajy hoe: ''Airegno amin'ny toerany ny sabatranà fô iré zay mandray sabatra de ho vonoigna amin'ny sabatra. [53]Mieritreritra vô anaré fô tsy afaka magnantso ny Raiko Zaho, ary Izy de afaka mandefa ho Anahy tafik'anjely mihoatra noho ny aroa ambin'ny fôlo? [54]fô atô karakôry izégny no hahatanteraka ny Sôratra Masina, zay mivôlagna fô tsy maintsy hitranga izégny?''[55]tamin'izégny fotoagna izégny Jesosy nivôlagna tamin'ny fokon'ôlo hoe: ''Tônga miaraka amin'ny sabatra langilangy hisambotra Anahy karaha ny jolahy vô anaré? Isanandro de nipétraka nampianatra také amin'ny tempoly Zaho, fô tsy nosamborinaré. [56]Fô izegny jiaby izégny de nitranga mbô hahatantéraka zay voasôratr'iré mpaminy.'' Avy aké nandao Ananjy iré mpianatra jiaby ké niléfa.[57]Nindôsin'iré nisambotra Ananjy tagny amin'i Kaifa mpisonabé Jesosy, zay nivoriàn'iré mpanora-dalàgna sy lohôlogna. [58]Fô Petera nagnaraka Ananjy avy egny alavitra makagny amin'ny kianjan'ny mpisorognabe. Niditry takô agnatiny izy ké nipètraka niaraka tamin'iré mpiandry raharaha mbô hahita izay hiafarany.[59]Ary iré vaventin'ny mpisorogna sy iré Synedriona jiaby de nitady fiampangagna tsy marigna manohitra an'i Jesosy, mbô mety ahafahanjaré ré mamono Ananjy. [60]Tsy nahita na ino na ino zaré ré, na de nisy mpijoro vavôlombelogna maro tsy marigna tônga aza také. Ké helihely avaké de nisy roa tônga nagnatogna také [61]ké nivôlagna hoe: ''Io lalahy io de nivôlagna hoe: 'Afaka mandrava ny tempolin'Andriamanitra Zaho ké manangagna zegny ndraika afaka telo andro.'''[62]Nitsangagna lay mpisorogna be ké nagnano taminanjy hoe: ''Tsy manan-kavaly vô anà? Ino izegny hiampanganjaré ré Anà zegny?'' [63]Fô nangigna Jesosy. Ahozy ny mpisorogna be taminanjy hoe: ''Mandidy Anà amin'ny alalan'Andriamanitra velogna zaho, volagno aminay kôfa Anà no Kristy, Zanak'Andriamanitra.'' [64]Jesosy namaly ananjy hoe: ''Voalazanà. Fô koragniko aminaré, manômboka niany de ho hitanaré ny Zanak'ôlogno hipetraka aké an-tagnana ankavanan'ny Hery, ké ho tônga aké amin'ny rahon'ny lagnitra.''[65]Avaké ny mpisorogna be nandrovitra ny akanjo ké nivôlagna hoe: ''Nivôlan-dratsy Zaré! Nahoana isika no mbôla mila mpijoro vavôlombelogno? Indro, renaré ny fivôlan-dratsy zao. [66]Ino no hevitraré?'' Namaly zaré ré ké nagnano hoe: ''Mendrika ny ho foaty Izy.''[67]Avaké zaré ré nandrora ny tarehiny sy namango Ananjy, ké namango tefaka Ananjy,[68] ké nagnano hoe: ''Maminanià aminany, ry Kristy. Zôvy namango Anà?''[69]Ary Petera nipetraka ivelan'ny kianja, kè nisy mpanompo viavy tônga nagnantogna ananjy nivôlagna hoe: ''Anà fô kô de niaraka tamin'i Jesosin'ny Galilia.''[70] Fô nandà izegny takè agnoloanjaré ré izy, magnano hoe: ''Tsy fantako zegny volagninaré.''[71]Kôfa nivoaka ny vavahady zare, de nisy mpanompo viavy hafa nahita ananjy ké nivôlagna tamin'iré zay také hoe: ''Itô lalahy itô ndraika koà de niaraka tamin'i Jesosy avy agny Nazareta.'' [72]Mbôla nandà ndraika izy niaraka tamin'ny fianiagnana hoe: ''Tsy fantatro zegny lalahy zegny!''[73]Kôfa afaka helihely de nagnatogna iré zay nitsangagna také kè nivôlagna tamin'i Petera hoe: ''Anà ndraika koà de tegna raika aminanjy iré, fô ny fômba fivôlagnanà de miampanga anà.''[74] Avaké izy nanômboka nagnozogna sy niniana ké nagnano hoe: ''Tsy fantako zegny lalahy zegny.'' Ké také no aké de nagneno ny akoho. [75]Tsaroan'i Petera ny vôlagna nokoragnin'i Jesosy hoe: ''Mbôla tsy magneno akoho de handà Zaho intelo anà.'' Avaké izy niboaka kè nitomagny mafy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 27

[1]Izikoa tônga ny maraigna, de nikasa hanôhitra an'i Jesosy mbô hamono Ananjy iré lehiben'ny mpisôrogna sy ny
lohôlogno jiaby. [2]Zaré ré matahotro Ananjy, nitarika Ananjy tagny tivelany, ké nanolotra Ananjy tamin'i Pilato
governora.[3]Ary Jodasy, ilay namadika Ananjy, kôfa nahita fô voaheloka Jesosy, de nibebeke izy ké nangerigna iré
vôlafotsy telopôlo tamin'iré lehiben'ny mpisôrogna sy iré lohôlogna, [4]ké nivôlagna hoe: ''Nanota zaho tamin'ny
namadiako rà tsy manan-tsigny.'' Fô zaré ré nivôlagna hoe: ''Ahoànay ino? Anà izégny.'' [5]De natsipiny takô an-
tempolin'ny iré vôlafotsy, ké nénga, sy niboaka ary nagnatogna ny tegnany Izy.[6]Iré lehiben'ny mpisôrogna nalaka
iré vôlafotsy ké nivôlagna hoe: ''Tsy ara-dalàgna ny mametraka itô akato amin'ny fitehirizam-bôla, satrià itô de
vidin-drà.'' [7]Niara-nikoragna ny olagna zaré ré ké nivanga ny sahan'ny mpagnano vilany tamin'iré vôla. [8]Ké
izégny no antony nagnatsovana izégny saha izégny hoe: ''Sahan'ny Rà'' mandrak'iniany.[9]Ké de tanteraka izay
voalaza tamin'ny mpaminany Jeremia, magnano hoe: ''Nalaka ny vôlafotsy telopôlo zaré ré, vidy nanombanan'iré
fôkon'ôlon'Israely Ananjy, [10]ké zaré ré nagnamia izégny ho an'ny sahan'ny mpagnano vilany tanimanga, karaha
ny natoron'ny Tompo anahy.''[11]Ary Jesosy nijoro také anolohan'ny governora, ary ny governora nagnontagny
Ananjy hoe, ''Anaà mô no mpanjakan'iré Jiosy?'' Jesosy namaly ananjy hoe: '' voalazanà.'' [12]Fô kôfa nampangain'iré
lehiben'ny mpisôrogna sy iré lohôlogna Izy, de tsy namaly na ino na ino. [13]De nivôlagna taminy Pilato hoe: ''Tsy
regninà mô ny fiapangana jiaby atao aminà?'' [14]Fô tsy namaly na de teny araika aza Izy, nidanaka tantéraka noho
izégny ny governora.[15]Ary isakin'ny firavoravogna de fômban'ny governora no mamôtsotro gadra araika
voafidin'ny fokon'ôlo. [16]Tamin'io fotoagna io, nanagna gadra malaza ratsy antsoigna hoe Barabasy zaré ré.[17]Noho
izégny kôfa niara-niangona zaré ré, de ahozy Pilato taminjaré ré hoe: ''Zôvy no tianaré halefako ho anaré?
Barabasy sa Jesosy izay antsovigna hoe Kristy?'' [18]Hainy fô nohon'ny fialônagna no nanoloranjaré ré an'i Jesosy
taminanjy. [19]Kô nipètraka také amin'ny sezy fitsaragna izy, de nandefa koragna tamin'ny vadiny ké nagnano hoe:
''Tsy managna na ino na ino atao amitô lalahy tsy manan-tsigny itô zaho. Ory loatra zaho niany nohon'ny nôfy
azoko mômba Ananjy.''[20]Ary iré lehiben'ny mpisôrogna sy iré lohôlogna nandresy lahatra ny fôkon'ôlo mbô
hangataka an'i Barabasy, ké hampamono an'i Jesosy. [21]Nagnontany ananjy iré ny governora hoe: ''Zôvy aminjaré
aroa no tianaré alefako ho anaré?'' Aozin-jaré ré hoe: ''Barabasy.'' [22]Pilato nivôlagna tamin-jaré ré hoe: ''Ino no
tôkony ataoko amin'i Jesosy izay antsoigna hoe Kristy?'' Izy jiaby namaly hoe: ''Fantsiho amin'ny kakazofijaliagna
Izy.''[23]De ahozy Izy hoe: ''Nahoagna, ino no heloky natôny?'' Fô vô maika zaré ré nihiaka mafy hoe: ''Fantsiho
amin'ny kakazofijaliagna Izy.'' [24]Fô kôfa hitan'i Pilato fô tsy afaka hagnano na ino na ino izy, kanefa efa
nanômboka ny tabataba, de nangala rano izy, nanasa ny tagnany také agnatrehan'ny vahoaka, ké nagnano hoe:
''Tsy manan-tsigny amin'ny ràn'itô lalahy tsy manan-tsigny itô zaho. Fô asanaré zegny.''[25]Iré ôlogna jiaby
nivôlagna hoe: ''Ho aminay sy ny zanakanay anie ny ràny.''[26] De nalefany ho ananjy iré Barabasy, fô nively
karavasy an'i Jesosy izy ké nanôlotra ananjy ho fantsihigna.[27]Avakè iré miaramilan'ny governora nangala an'i
Jesosy takô an-dapa ké nagnangogna irè vondrogna miaramila jiaby.[28] Nagnala ny fitafiany zaré ré ké
nampagnano akanjo jaky ananjy.[29] Nagnamboatra satro-boninahitra tsilo zarè ré ké nametraka zegny také an-
dohany, ké nametraka tehigna také amin'ny tagnany ankavanagna. Nandohalika také agnatrehany zarè ré ké
nagneso ananjy, nagnano hoe: ''Arahaba, ry mpanjakan'ny Jiosy!''[30]Nororainjaré ré zaré, ké nalainjaré ré ny
tehigna de namango ananjy im-be de be také amin'ny lohany. [31]Kôfa avy nagneso ananjy zaré ré, de nagnala ny
akanjo lavany ké nampiakanjo Ananjy ny fitafiany, ké nitôndra Ananjy nivoaka mbô hamantsika Ananjy amin'ny
kakazofijaliagna.[32]Kôfa nivoaka zaré ré, de nahita lalahy araika avy agny Syrena antsoigna hoe Simona, zay
noterenjaré ré hiaraka aminanjy iré mbô hampilanjaigna ny kakazofijaliagna. [33]Nankany amin'ny toeragna
antsoigna hoe Golgota zarè ré, zay midika hoe ''Toeran'ny Karandoha.'' [34]Namianjarè ré divay mifangaro amin'ny
afero Zaré mbô ho sotroiny. Fô kôfa nandramany zegny, de tsy nisotro Zarè.[35]Kôfa nofantsihinjaré ré tamin'ny
kakazofijaliagna zaré, de nataonjaré rè loka ny fizaragna iré fitafiany, [36]ké nipetraka zaré ré ké nijanogna
niambigna Ananjy. [37]Také ambônin'ny lôhany no nametrahanjaré ré sôratra mivôlagna ny nagnamelohagna
Ananjy, zay mivaky hoe: ''Itô no Jesosy, mpanjakan'iré Jiosy.''[38]Nisy jiolahy roa nofantsihina niaraka taminy, ny
araika také ankavanany ké araika také ankavia. [39]Iré zay nandalo de nanevateva Ananjy, nanifikifika ny
lôhanjaré ré [40]ké nagnano hoe: ''Anà zay handrava ny tempoly ké hagnamboatra zegny draiky akô agnatin'ny telo
andro, vonjeo ny tegnanao! Raha Anà no Zanak'Antdriamanitra, midigna avaké amin'ny kakazofijaliagna!''[41]Toy
zegny kôa iré lehiben'ny mpisorogna nagneso Ananjy, niaraka tamin'iré mpanôra-dalagna sy iré lohôlogno, ké
nivôlagna hoe: [42]''Nagnavotra iré hafa Zaré, fô tsy afaka magnavotra ny tegnany. Zaré no mpanjakan'Israely. Avelà
Zaré hidigna egny amin'ny kakazofijaliagna, ké de hino Ananjy isika.[43]Natoky an'Andriamanitra Zaré, avelà
Andriamanitra hamonjy Ananjy zao, raha mankasitraka ny hagnafaka Ananjy Andriamanitra. Fô na Zaré aza de
nivôlagna hoe: 'Zaho no Zanak'Andriamanitra.''' [44]Karaha zegny kôa iré jiolahy zay nofantsihigna niaraka taminy


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

nivôlagna fagnevatevagna taminy ndraiky kôa.[45]Ké nanômboka tamin'ny lera faha enigna de nandrakotra ny tany jiaby ny aizigna ké hatramin'ny lera fahasivy. [46]Také amin'ny lera fahasivy, de nihiaka tamin'ny feo mafy Jesosy ké nagnano hoe: ''Ely, Ely, lamà sabaktani?'' Zay midika hoe: ''Andriamanitro, Andriamanitro, nahoana no nandao Anahy Anà?'' [47]Kôfa ren'ny sanany tamin'iré zay nitsangagna také zegny, de ahozy iré: ''Magnantso an'i Elia Zaré.''[48]Také no aké de nihazakazaka ny araika taminjaré ré ké nangala spaonjy, namonto zegny tamin'ny vinaingitra, nametraka zegny tamin'ny tohitohigna bararata, ké nagnamia zegny Ananjy mbô ho sotroigna. [49]Ny sanany taminjaré nivôlagna hoe: ''Avelà Zaré. Hitantsika aké raha ho tônga hamonjy Ananjy Elia.''[50] De nihiaka tamin'ny feo mafy draika Jesosy ké nagnolotra ny fagnahiny.[51]Io, ny lamban'ny tempoly nitriatra roa hatragny ambony ké hatragny ambany, ké nihorohoro ny tany, ké vaky nisasaka iré vatolampy.[52] Nisôkatra iré fasagna, ké ny fatin'iré ôlon'Andriamanitra maro zay nodimandry de natsangagna.[53] Zaré rè de nivoaka avy takô amin'ny fasagna taorian'ny fitsanganany tamin'ny naty, niditra ny tanàgna masigna, ké niseho tamin'ny maro.[54]Ké iziré kapiteny sy iré izè nizaha an'i Jesôsy raha nahita ny hôrohôron-tany sy iré raha izè nivoàka, de lasa nataotra mafy ké nagnano hoe: ''Zanak'Andriamanitra marigna itô.'' [55]Nisy viavy fôntry izè nagnaraka an'i Jesôsy hatragny Galilia mbô hikarakara ananjy také nizaha avy agny lavitry. [56]Tamin'jaré ré Maria Magdalèna, Maria renin'i Jakôba sy Josefa, ké ny renin'iré zanakalahin'i Zebedio.[57]Kôfa haligna ny andro, de nisy lalahy araiky manan-kariagna avy akagny Armatia tônga, antsovigna hoe Joséfa, zay mpianatr'i Jesôsy foàgna koà. [58]Nagnatogna an'i Pilato izy ké nangataka ny fatin'i Jesosy. De nobékon'i Pilato amiagna ananjy izégny.[59]Nangalaka ny faty Joséfa, namôno izégny tamin'ny lamba rongôny mady, [60]Kè nampandry izégny tamin'ny tragno manara vôvô izè nangadiàny tamin'ny vatolampy. De namaringarigna vato mahaventy hanohigna ny tamiagnan'ny tragno manara izy ké nivoàka. [61]Maria Magdalena sy irè Maria hafa de také, nipétraka takè ampitan'ny tragno manara[62]Ny andro magnaraka, zay andro afaran'ny Fanomagnana, de niaraka-nitangôrogno tamin'i Pilato iré lehiben'ny mpisôrogna sy irè Fariseo. [63]Ahozy njaré ré hoe: ''Tompokô, tsaroànay fô tamin'ny mbôla velogno igny mpamitaka igny, de ahozin'Izy hoe: 'Afaran'ny telo andro, de hitsangagna ndraiky Zaho.' [64]Ké noho izégny, mandidihy mbô ho ambénagna ny tragno manara hatramin'ny andro fahatelo, kô tsy izégny iré mpianany mety ho tônga ké hangalatra Ananjy de hivôlagna amin'ny ôlogno hoe: 'Nitsangagna tamin'ny naty izy,' ké ny fitaka farany de ho ratsy noho ilay tamin'ny vôalôhany.''[65]Ahozy Pilato tamin'jaré ré hoe: ''Mangàlaka mpiambigna. Mandéhana ké ambéno tsara araka izè vitanaré izégny.'' [66]De nandéha zaré ré ké niambigna ny tragno manara, nagnisy tombokase ny vato ké namétraka ny mpiambigna.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 28

[1]Ary taminy alignan'ny Sabata, kô mbôla vao nanômboka nandrainabe ny andro voalôgnany amin'ny herinandro,
de dila nénga nizaga ny tragnomanara Maria Magdalena ndraiky Maria araiky hafa. [2]Indro, nisy horohoron-tany
bé, fô ny anjelin'ny Tompo no nandrôrogno avy agny an-dagnitry tônga ké nagnabiribiry ny vato, ké nipétraka
také ambonin'ny zegny.[3]Ny endrikany de karaha tselatra, ary ny lambany de ôran-javogno. [4]Raiki-tahotro iré
mpiabigny ké karahy ny lalahy naty.[5]Nikoragna tamin'iré viavy ilay anjely ké nivôlagna taminjaré izy hoe: "Aza
magnahy, haiko fô mizaha an'i Jesosy anaré, ilay nifantsihigna tamin'ny kakazofijaliagna. [6]Tsy akato izy efa
nifôha, araka ny éfa nivolagniny. Avià zahavo ny toéragna zay nandrian'ny Tompo. [7]Mandihana malaky ké
volagno iré mpianatrany hoe: 'Nifôha tamin'ny maty Izy. Egy éfa nandeha nialôha lalagna anaré agny Galilia Izy.
Akagny no hahitanaré Ananjy.' Egy, éfa nikoragniko taminaré."[8]Nandao malaky ny tragnomanara tamin-tahotro
ndraiky hafaliana bého iré viavy, ké niazakazaka mbô hivôlagna amin'ny mpianatrany. [9]Egy, nitraotro taminjaré
Jesosy ké nivolagna hoe: ''Mbalatsara!'' nanatogna iré viavy, nitazogno tongony ké nidera Ananjy. [10]Avy také
Jesosy nivôlagna taminjaré hoe: ''Aza matahotrô. Mandihana mivolagna amin'iré rahalahiko mbô hiainga ké
homba an'i Galilia. Agny no hahitanjaré Anahy.''[11]Kô mbôla nandéha iré viavy, egy, ny sasany tamin'iré
mpiambigna nakagny amin'ny tanan-dehibe ké nivôlagna tamin'ny lôhan'ny mpisôrogna zegny raha jiaby niseho.
[12]Kôfa nitraotro tamin'iré lohologno ny mpisôrogno ké nikoragna momban'ny olagna taminjaré ré, de nagnomia
vôla be an'iré miaramila zaré ré [13]ké nivolagnan-jaré hoe: ''Volagno amin'iré hafa hoe: 'Tônga tamin'ny andro
aligna iré mpianatry Jesosy ké nangalatra ny vatany kô mbôla nandry zahy.'[14]Kô tônga agny amin'ny governora
izegny tatitra izegny, de handresy lahatra ananjy antsika ké hagnala ny ahiahy aminaré.'' [15]tônga dé nalain'ny
miaramila ny vôla ké nagnano araka izégny nivolagnan-jaré zaré. ké zegny tatitra zegny de nieli-patrana také
amin'iré Jiosy ké mbôla mitohy mandrak'iniany aza.[16]Fô lasa nakagny Galilea iré mpianatra raikambiny fôlo,
tagny amin'ny tendrombohitra zay efa natoron'i Jesosy ananjy iré. [17]kôfa nahita Ananjy zaré ré, de nidera Ananjy,
fô ny sasany ndraika nagnahiahy.[18]Nagnatognanjaré Jesosy ké nikoragna taminjaré ké nivôlagna hoe: ''Efa
namiagna Anahy ny fahifagna jiaby any an-dagnitry ndraiky aty an-tany. [19]Ké mandihana ké anö ho tônga
mpianatrako ny firenena jiaby. Ataovy batisa zaré amin'ny anaran'ny Ray, ny zanaka, ndraiky ny Fagnahy
Masigny.[20]Ampianaro zaré ré hankatoa ny raha jiaby nandidiko anré. Egy, miaraka aminaré fôgna zah, ia fô na
hatramin'ny fiafaran'izao aza.''

# Mark

Chapter 1

[1]Itö no niatombôhan'ny koragnan'i Jesosy kristy, ilay zanak'Andriamanitra. [2]Araky zègny voasõratra ako amin'
Isaia mpaminagny hoe: "Itô zahô magnasa ny asaiky hialôha anô, ny araiky agnambôatra ny lalagnanô. [3]Misy feo
regny magnantso mafy agny agn' efitry hoe: "Atôvo vôgnono ny lalagnan' ny Tompo; Atõvo mahitsy ny lalan-
oboany" .[4]Tônga Jaona, nagnano batisa tagny agn- efitry ary nitoro ny batisan' ny fibèbahagna ho amin' ny
famotsõragn- keloko nohon' ny fahotagna. [5]Ny tanagnan' ny Jodia jiaby sy ny mponogno jiaby tõ Jerosalema dia
tõnga nagnatogno ananjy. Natony batisa tõ amin'ny siragnan'i Jordana zare, izy kofa niheky ny fahotagna. [6]Jaona
dia nagnato lamba volon- drameva ary nagnano sentiry hôditra take amin' ny andilagna, ary kijaija sy tintely
remby no hanignany.[7]Nagnambara izy hoe: "Misy araiky ho avy magnaraka zaho izegny mahery mihôatra zaho,
ary tsy magneva zaho na dia ny hamaha tadin- kapany aza. [8]Zaho nagnano batisa anare tamin' ny rano, fa izy
koza agnano batisa anare amin'ny Fagnahy Masigna."[9]Tamin' ny fotoägna nandalovan' i Jesosy avy agny Nazareta
to Galilia no nipoitrty zegny, Ary natôn' i Jaona batisa to amin' ny siragnan' i Jordana izy. [10]Izy koa nibôaka ny
rano Jesosy, dia hitany nisokatra ny lagnitra ary nidigna takeo aminanjny karaha ny voromailala ny Fagnahy.
[11]Ary nisy feo avy agny an-dagnitra nagnano hoe: "Ano no zanako malalako. Ano no sitrako."[12]Avak eo dia
nitaritin'ny Fagnahy ho agny agn' efitry Jesosy. [13]Efapolô andro Izy no tagny agn' efitrty, naalain' ny satana
Fagnahy. Nitôetry niaraka tamin'ny bibidia Izy, ary nanômpo ananjy zare anjely.[14]Ary kofa voasambotro Jaona,
dia tônga tô Galilia Jesosy nitory ny filazantsaran' Andriamanitra, [15]ary nivôlagna hoe: "Efa tônga ny ftoagna, ary
efa mariny ny fanjakan' Andriamanitra. Mibaibaha dia minõa ny filazantsara."[16]Izy koa nandaiha tagny
amôrondranomasignin' i Galilia Izy, dia nahita an' i Simona sy Andrea ralahin' i Simona nagnarato, satria
mpagnarato zare. [17]Hozy Jesosy tamin' jare hoe: "Avia, magnaraha zaho, fô atôko mpagnarato olo anareo."

[18]Takekeo dia nambailany ny harato zare koa nagnaraka ananjy.[19]Izy koa nandaiha lavidavitry Jesosy, dia nahita
an'i Jakoba zanak' i Zebedio sy sy Jaona ralahiny; zegny tan-dakana nagnamboatra ny arato. [20]Nagnatso anjare Izy
kè dia nilôzany tako avy an-dakanahely avy atragny Zebedio babany niaraka tamin' jare mpikarama, kè
nagnaraka anajré.[21]Avake dia tônga takô Kapernaomy zare, ary taminn' ny andro Sabata, dia nitsofotrô tô amin'
ny synagoga Jesosy ary nampianatra. [22]Talanjogno tamin' ny fampianaragnany zaré, satria nampianatra nanjy ré
karaha ologno managna fahaifagna Izy fô tsy karaha zaré mpanôra-dalagna.[23]Avtaké nisy lalahy araiky tako
amin' ny Synagogan' jaré izegny nanagna fagnahy maloto nigahiky mafy, [24]nagnano hoe: "Ino no ifankazahôany
amino, ry Jesosy avy agny Nazareta? Tonga hamôtiky anaÿ mô anõ? Haiky fõ izövy anã. Anã Masign'
Andriamanitra!" [25]Nikoragna mafy ny demonia Jesosy kë nagnano hoe: " Mangigna kë miböha aminanjy! [26]Ary
ilaÿ Fagnahy malõto nandavo ananjy sy nivõaka taminanjy keï nagnatso tamin' ny feõ mahery.[27]Variagna ny
ologno jiaby, keï nifagnontany zare hoe: "Ino tô? Fampianragna vovo misy fahaïfagna? Baikony na dia iré
Fagnahy malôto mbõ magneky ananjy koa zaré!" [28]Ny vovo momba ananjy dia naparaïtaka takagny jiabijiaby
takagny tako amin' ny farit' i Galilia jiabijiaby[29]Izy koa avy nivoaka ny Sinagoga, dia tôgnga tako andragnon'i
Simona ndraïky Andrea zaré, niaraka tamin'i Jaokoba ndraïky Jaona. [30]Ary ny rafõzam-bavin' i Simona natôry
azontazogno, kaï nivolagnin'jaré tamin'i Jesosy mõmba ananjy. [31]Kaï nagnatogna Izy, ké nangalaka ananjy tamin'
ny tagnany, ary nagnarigna ananjy; dia afaka ny tazognany, ary nanomboka nanõmpo Ananjy zaré.[32]Tamin' io
ariva io, tafaran' ny nilintehan' ny masõva, dia nivôlagna zaré take aminanjy narary jiabijiaby na misy démonia.
[33]Taftrötro niaraka také an-tamiagna ny takô antanagna jiaby. [34]Nagnasitragna ologno maro zegny nararin' ny
aretigny samihafa Izy ary nandrôaka demonia maro, fö tsy nambaïlany hikoragna iré demonia satriâ nahaï
Ananjy zaré.[35]Niföha mandraigny be Izy, izy koa mbôla mahizigny ny andro; niala také Izy ke nandeïha tagny
amin' ny toeragna mitôkagna ary také Izy no nivavaka. [36]Nizaha Ananjy Simona ndraïky zaré niaraka taminanjy.
[37]Nahita ananjy zaré ary nivõlagna taminanjy hoe: " Mizaha ano ologno jiaby."[38]Ahoziny hoe: "Andaïha antsika
agny amin' ny toeragna-hafa, akagny ivaïlany ako amin'iré tanagna magnodidigny, mbo afahako mitory teny agny
koa. Fô zegny antony miboahako tatô." [39]Dia nivolagna an' i Galilia jiabijiaby Izy, nitôry teny takô amiin'ny
Sinagogan'jaré sady nandroaka demonia maro.[40]Nisy boka araïky tõnga také Aminanjy. Nitaregny taminanjy izy;
nandongalitry take Aminanjy ary nivolagna taminanjy hoe: "Izy koa hikehinô, dia afaka magnadio zaho Ano."
[41]Mahinakinaka ananjy, dia nagnampatra ny tagnany Jesosy ary nikasiky ananjy, nagnano taminanjy hoe:
"Sitrakö. Magnanovamady ano." [42]Afaka taminanjy takekeo ny habokagna ary nady izy.[43]Nmpitandrigna mafy
ananjy Jesosy ary nagnadaïfa ananjy. [44]Ahozy taminanjy hoe: "Tandremo tsy hivolagna na ino na ino amin'jôvy na
amin'jôvy anö, fö madihana, avoaho amin'anjy mpisorogna ny tegnanö, ary magnanova fagnatitry nöhon'ny
fagnadiovagna anö araka ny nandidian'i Mosesy, mbo ho fijoroagna vavolombelogno ho anjaré[45]Kö nivoaka izy
ary nanöboko nivölagna tamin'ologno jiabijiaby sy nampariaka löatra ny koragna ke dia tsy afaka nandröso an-
kalalahagna tagny amin' ny tanagna jiabijiaby köza Jesosy. Ke nitoetry tagny ivaïlany tagny amin'ny toeragna
mitökagna Izy ary nagnatogna Ananjy ny ologno avy amin'ny toeragna jiaby.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1]Kôfa niverigna takô Kapernaomy Izy afaka andro vitsivitsy, de nandre fô takô an-dragnö Izy .[2]Fôntry be ñy ôlô
nitangorogna take kè tsy nisy antèragna kôaza, na de tambàva tamiàgna aza, avitake nagnambara ñy Bakôra
tamin' njare Jesosy.[3]De nisy lalahy maromaro nagnotany Azy jègny nitôndra lalahy araika misy takaitra, jègny
nibatain' ôlo efa-dahy. [4]Kôfa tsy afaka nagnatogna marikitra izy ire nohon' ny afontrin' ny fokon' ôlo, de nipohai-
njare ñy tafotragno takà ambonin'i Jesosy, avitake kôfa voasôkatran-jare, de nampandrorôgnin-jare ny kitrara
jègny nandrian' ny lalahy misy takètra.[5]Kôfa nahita ny finoagnan-jaré, die ahozy Jesosy tamin' ny lalahy manägna
takaitra hoe: Zanako voavela ny helokanà."[6]Avake nisy asasany tamin-jare mpanora-dalana nantötro take, ka
nimonomonogna takô am-pon-jare hoe: [7]" Karaköry no ahafahan' io lalahy io mivôlagna karaha-njegny?
Mivôlagna raha tsy manjary Izy. Fô tsy Andriamanitra tôkana fô va no afaka mamela heloka?"[8]Fô Jesosy
nahafantatra avy hatrany takô amin' ny fagnahiny ny raha nöeritreretin-jaré. Avitake ahozy Izy tamin-jaré fô: "
Karakôry nare no mieritreritra jègny raha jègny akô am-pônandre? [9]Inö no môramôra kôkôa ny mivôlagna
amin'ny lalahy misy taketra fô: ' Vovela ny heloka anà andraiky fô: ' Mitsangàna, batè ny kitraranà, de
mandihàna'?[10]Fô mbô hahafantaranare fo managna fahefagna hamela ny heloka ety an-tany ñy Zanak'ôlo, ahozy
Izy tamin'ilay manantakaitra fô: [11] " Volagniky aminá; mitsangàna , batè ñy kitraraná, de modià agny andragnoná
anà."[12]De nody izy ka nibäta ñy kitràrany avy hatrany, kè nibôaka an'ilay tragnö magnolognan-jare jiaby, kè
variàgna zare jiaby. Ke nagnome voninahitra an' Andriamanitra, kè ahozy irefô: " Tsy mbôla nahita raha karaha
ity zahé."[13]Aviakeo nibôaka také amoron-dranomasina ndreka Izy, kè nagnotany Anazy avokôa ñy fôkon'ôlo, ké
nampianarin' zare.[14]Izy kôfa nandalo Izy, de nahita an' i Levy zanak' i Alfeo nantôtro take amin' ny toerana
famoriagnan-ketra, ké ahozy Izy taminy fô: " magnaraha Ahy." De nitsagana izy kè nagnarak'Ananjy.[15]Nihinagna
takô andragnön 'i Levy Jesosy kè ny mpandagnon-ketra sy ny ôlo fontry mpanota no niraidia-nihinagna taminy
ndraiky ire mpianatra, fô fontry zare tô kè nagnarak' Ananjy.[16]Kè mpanoratra lalàna ire, jègny fariseo, raha
nahita an' i Jesosy niraidia nihinagna tamin-jare ôlo mpanota ndraiky ire mpanangon- ketra, de nagnötany ñy
mpianatra fô: Nagnino Izy miraidia misakafo amin'ny mpanangon- ketra ndraiky ôlo mpanota?"[17]Kôfa narègny
an-jègny Jesosy de ahozy tamin-jaré fô: " Tsy ny salama no mila mpitsabo; fô jègny tsy salama araika fô no mila
zegny. Tsy tônga hagnatso ôlo-marina Zàho, fô ñy ôlo mpanota."[18]Kè nifady hanigna ire mpianatr' i Jaona
andraiky ire Fariseo. Vatandehilahy maromaro no nagnatogna Anazy kè nivôlagna tamin'ny fô: " Magnino ñy
mpianatr' i Jaona ndraiky ny mpianatr 'ire Fariseo no mifady hanigna, fô ny mpianatranô kôza tsy mbô mifady?"
[19]De Ahozy Jesosy tamin' zare fô: " Tokony mifady hanigny me ny mpampakatra kô mbôla akà ny mpampàkatra?
Kôfa mbôla miraidia amin'zare ake ñy mpampàkatra, de tsy tôkony mifady hanigna zare.[20]Marivo ny andro
hangalagna ny mpampàkatra akèo amin-jare, de amin-jègny andro jègny, no hifady hanigny zare.[21]Tsy misy
manampina lamba vasoka amin'ny lamba vaovao, raha tsy jègny de iendaka aminy ilay tapa-damba, ny vaovao
hiala tamin'ny taloha, kè vômeka ho tsy tsara ny faharotavany.[22]Kè tsy misy ôlo magnisy divay vaovao akô agnaty
siny hoditra vasoka, raha tsy zegny de ho rota ny divay ny siny hoditra ka samy ho very ny divay sy ny siny
hoditra. Fô kôza, divay vaovao atô akô agnaty siny hoditra vaovao."[23]Tamin'ny andro sabata Jesosy nandeha tagny
ankôraka maromaro, kè nitetry nisangötra langombary ny mpianatra. [24] Dè ahozin-jareo Fariseo Taminy: "Jahavo,
magnino ire no magnano raha tsy araky ny lalágnan' ny andro Sabata?"[25]De ahozy Izy tamin-jarere fô: "Mbôla tsy
novakianare anga jègny natôn' i Davida raha takô agnatin' ny tsy fahampiagna ndraiky söloagna izy_ndraiky ire
vatandehilahy niraidia taminy_[26]karakôry ny fômba nitsôfôrany takô andragnön' Andriamanitra tamin' ny
andron' i Abiatara mpisoronabe, kè nihinagña ny mofon' ny fanatrehána, jègny tsy ara-dalàna ho an-jôvy na zôvy
ny mihinàgna azy afa-tsy ny mpisorona fô, kè mbôla nanomezany maromaro ire jègny niraidia taminy
aza?"[27]Jesosy nivôlagna fô: Ny Sabata de natô ho an' ny zanak'ôlombelögno fô tsy ny zanak'ôlombelögno no ho an'
ny Sabata.[28] Nohon' jègny, ny zanak' Ôlo no Tompo, na de amin'ny Sabata aza"


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Nandehandeha tô amin'ny Synagoga indraiky Jesosy ary nisy lalahy maty tagnana takô. [2]Nizaha akaiky Ananjy
gny sanasanany mbô hahita raha hanasitrana Azy amin'ny Sabata Izy mbô afahanjare magnameloka ananjy.
[3]Ahozy Jesosy tamin'ilay lalahy maty tàgnana hoe: "Mitsangàna ary mijaridigna aketo ategnategnan'ny ôlo jiaby
aketo."[4] De nivôlagna tamin'ny ôlo Izy hoe: "Ara-dalagna mô gny magnano soa amin'ny andro Sabata sa gny
magnano tsy tsara; gny mamonjy aigna, sa gny mahafaty? " Nefa njare tsy nahaboka-vôlagna.[5]Nizaha anjare
tamin-kavigniragna Jesosy, ary nalahelo Izy nohon'ny hamafin'ny fonjare, dia nikoragna tamin'Ilay lalahy Izy
hoe: "Amparo gny tagnanà." Dia namparin'ilay lalahy gny tagnany ka salama.[6]Niboaka ire Fariseo ary
nikonokonogna malaky niaraka tamin'ny Herodiana hitady izay fomba amonoana Azy.[7]Avitaké Jesosy, niaraka
tamindreo mpianany, nandehandeha an-dranomasina, ary nisy fôkonolo fontry nagnaraka avy agny Galilia sy
avy agny Jodia [8]ary avy agny Jeroalema sy avy agny Edoma ary hatrany amin ny onin'i Joridana sy magnodidigna
ny Tyra sy Sidona. Rehefa nahare momba ireo raha nataonjare,dia nisy fôkonolo fontry nankeo aminy.[9]Dia
nampizaha sambokely gny mpianany Jesosy ho Ananjy nohon'nyhafontrogn'ôlo take, tsy hifanosehan'ny ôlo Izy.
[10]Nohon'ny Izy nahasalama ôlo fontry, de nifandrombaka nagnatogna Azy gny ôlo jiaby fontry, izay nanana tsy
fahasalamana mba hikasika Azy.[11]Aky gny nizaha Azy ireo fagnahy maloto, niankohoka to anatrehany, ary hoy
Izy ireo hoe: "Anà no Zanak'Andriamanitra."[12] Nivolagniny mare ireo mbô tsy hampahalala Azy.[13]Nangnanika
takegny antendrombohitra Izy, ary nagnatsoantso ireo izay tiany, dia nankeo amin'ny ireo. [14]Nanendry ireo roe
ambinifolo Izy (izay nangizany hoe Apostoly), mba hafanjare miaraka aminy sy hafahany mandefa azy ireo
mitory ny hafatra, [15]ary hanagna fahefana handroaka demonia. [16]Avitake de nanendry ireo roe ambinifolo izy:
Simona,izay nomony anarana hoe Petera;[17]Jakoba zanak'i Zebedio,sy Jaona rahalahiny, izay nomony ny anarana
hoe Boanarijesy, izay midika hoe, zana-baratra;[18] ary Andrea, Filipo, Baritolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba zanak'i
Alfeo, Simona Zelota, [19]ary Jodasy Iskariota, izay hamadika Azy.[20]Dia nody tagny andragnony Izy,ary niara-tonga
indray gny fôkonolo, hany ka tsy afaka nisakafo akory njare. [21]Rehefa nandre gny momba izegny gny fianakaveny,
dia niboaka njare haka Azy, satria nokoragni-njare hoe: "Very saina Izy. [22]Ary ireo mpanoradalagna izay nidina
Avy any Jerosalema dia nikoragna fa: "Itoeran' i Belzeboba Izy" , ka, "Amin'ny alalan'ny mpanapaky ny demonia
no angnabolezany gny demonia."[23]De nangizan'i Jesosy hankeo Aminy ireo ka niteny azyireo tamin'ny alalan'ny
fanoharana hoe: "Ahoana no hahafahan'i Satana mandroaka an'i Satana? [24]Raha misy fanjakana miady andragno,
dia ho rava izegny. [25]Ary raha misy tokan-trano miady an-andragno, de tsy hadigniela izegny toka-trano izeigny.
[26]Raha nitsangana nanohitra ny tenany Satana ary nisaraka, de tsy haharitra, ka hifaragna .[27]Fa tsy misy afaka
miditra ao amin'ny tragnona lehilahy mahery iray ary mandroba gny fananany Raha tsy mamatotra ilay mahery
alongany, ary handroba gny andragnony izy abake.[28]Volagnoko aminare gny tena marina, ho voavela avokoa gny
heloky gny zanak'Ologna, na de ireo tèny tsy tsara jiaby izay avoakan'ny vavany aza,[29] fa izay miteny tsy tsara ny
Fanahy Masina kôza de tsy voavela heloka mandrakizay fa meloka nohon'ny ota mandrakizay."[30] Nanambara
izegny Jesosy nohon'ny filazan'izy ireo hoe: "Manana fanahy tsy madi Izy."[31]Avitake de tonga gny reniny sy ireo
rahalahiny ary nijoro takegny ivelagny. nandefa ôlo nampahalala Azy.[32]Nipetraka magnodidigna Azy gny
fôkonolo Ahozy re taminy hoe: "Ny reninaosy re rahalahiny dia aka ivelany aka ary mitady ana Izy re."[33]Ary Izy
namaly hoe: "Azovy no reniko sy rahalahiko?" [34] Ary nijery nagnodidina Azy Izy ary Ahozy hoe: "Jereo , ireto ny
reniko sy ny rahalahiko! [35] Fa na zovy na zovy magnano gny sitrapon'Andriamanitra, dia izegny ôlo izegny no
rahalahiko, sy anabaviko, ary reniko.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 4

[1]Ary nanômboko nampianatra takeo amoron-dranomasina indraiky Izy, ary nisy fokonôlo fontro nivory
nagnodidigna Azy. Nitsôfotro taka an-tsambohely izay take an-dranomasina Izy, ary nidôko taka amin-zegny. Ny
fôkonôlo jiaby kôza de nidôko take amoron-dranomasina. [2]Nampianatra azy ireo raha fontro tamin'ny alalàn'ny
anoharagna Izy, ary takô amin'ny fampianarany, de izao no nivolagniny taminjare.[3]Tandrigneso, Nisy ampamafy
handeha hamafy voa ,[4] Ary raha namafy izy, dia nisy voa sanany nipariaka tandalagna, ka tônga ireo vôrogno ary
nihinagna izeigny.[5] Ny voa sanany nipariaka tamin'ny tany feno vatovato, izey tsy nisy tany firy. Tônga de
nitsimoka Avy hatrany izy iregny, satria tsy laligny ny tany nisy azy.[6]kôfa nibiagna gny masôva, de nalazo Izy ireo,
ary satria tsy nisy vahiny Izy ireo. de maina.[7] Ny voa hafa niraraka tamin'ny tany feno fantsy. Ary nitrebogna.Ary
nahè mavènty ireo fantsy ireo de nangeja ananjy, ke tsy namoa voa.[8]Ny voa sanany nipariaka tamin'ny tany tsara
ke namokatra voa teo am-mpitomboana ary nihafontry, ary ny sanany nitombo Avo telopolo heny, ny sanany
enimpolo, ary ny sanany zato. [9]Avitake de Ahozy hoe: izeigny managna sofigna, aoka Izy hitandregny!"[10]Kôfa
Iziraika Jesosy, dia nagnontany Azy momba io anoharagna io ireo izey marivo Azy sy ireo mpianany roembifolo.[11]
Ahozy tamin-dre hoe: ho anare no nagnamezagna ny raha mivonin'ny fanjakan'Andriamanitra. Fa ho an' ire any
ivelany de fanoharana avokoa, mba amin'ny fotôagna hijahava-jare, eny hijaha Izy ire, nefa tsy hahita, ary [12]mbô
amin'ny fotôagna hitandrignesan-jare, eny handre izire, nefa tsy hahafantatra izeigny, na koa hiodigna njare de
hamindra fo amin-jare Andriamanitra."[13]Kôfa ahozy tamin-jare hoe: " Tsy azonare mé ny agnoharagna zeigny?
Ahoana zeigny no ahazahoanare ire agnoharagna hafa jiaby? [14]Ilay mpamboly izay mamafy ny voa de Ilay araiky
izay mamafy ny bakôra. [15]Ireto no ilay araika nipariàka tegny an-dalagna, izay namafazana ny Bakôra, kôfa
regnin-jare zeigny, de tônga ndreky gny fahavalo ary hangalatra ny Bakôra izay voafafy tamin-jare.[16]Tô dreiky
ilay voafafy tamin'ny tany feno vatovato, izay, kôfa nandre gny Bakôra, de nandray izeigny tampifaliagna. [17]Tsy
misy vahañy ao aminjare, fa maharitra fotoagna hely fotsiny. De tônga gny fahoriagna na gny fanenjehagna
nohon'ny Bakôra, kè tônga de lavo-njare.[18]Reigny hafa gno ilay voafafy tamin'ny tany feno fantsy.
Notandrignesan-jare gny Bakôra. [19] Fa gny fagnahin' izao tontolo izao, gny famitahan'ny harena, sy gny filàna gny
raha hafa de tafiditra ka mangeza gny Bakôra, ka tsy mamoa vokatra izeigny. [20]Kôfa ire izeigny voafafy tegny
amin'ny tany tsara de ire izay mitandregny gny Bakôra kôfa mandray izegny, ke namoa vokatra izy ire-
_telopolo,enimpolo, na avy zato henin'izeigny nafafy[21]Jesosy nivôlagna taminj-jare hoe: " Indosina ao an-dràgno
me gny jiro mbo ho atao ao ambany helitra, na ambanin'ny Kitrara? Indosinà miditra izeigny de hataonà
ambodin'ny fitoeana jiro[22] . Fa tsy misy raha mivony izey tsy ho fantatra, ary tsy misy tsiambaratelo izey tsy
iboaka.[23] Raha managna tadigny hoentina mitandregny, aoka Izy hitandregny!"[24]Ahozy Izy tamin-jare hoe; "
Mitandrema amin'ny Bakôra izay regni-nare, fa arakaraky gny ohatra agnoharanare fô, gno agnoharagna anare,
de ampiagna aminare izeigny.[25] Satria na azôvy na azôvy managna, de homena fontro kokoa izy, ary na azôvy na
azôvy tsy managna , na izay anagnagny aza alaigna aminajy"[26]Kôfa hoy ihany koa Izy hoe; " Gny
fanjakan'Andriamanitra de tahaka gny ôlo araiky mamafy gny voany amin'ny tany. [27] Mandry izy amin'ny alina
ary mifoha amin'ny mandraigna, ary gny voa de mitrebogna kè mitsiry, fa tsy fantany hoe ahoana. [28]Ny tany de
mamoa amin'ny tenany fô: voalohany gny rantsagny, aviake gny tahony, aviake gny voa matoy eo amin'ny tahony.
[29]Ary kôfa matoy gny voa de avy hatrany izy de handefa fitsangorana, fa efa tonga gny fotoagna
fitsagoragna."[30]Ahozy indraiky Izy hoe; " Ino no azontsika ampitahagna ny fanjakan' Andriamanitra, na Ino no
agnoharagna hampiasantsika hagnazavana izeigny?[31] Izeigny de karaha voatsinapy izay, kôfa hafafy, de izy no
voa hely indrindra amin'ny voa jiaby eto ambodin'ny tany.[32] Nefa, kôfa voafafy izeigny, de mitrebogna ary lasa
maventy nohon'ny kakazo jiaby, ary mamoa rantsagna vaventy, kè azon'ny voromagnémbagna hagnanôvany ny
tragnony eo amin'ny amboniny."[33]Ary agnoharagna fontro karan'izeigny no nagnambarany ny Bakôra tamin-jare
ire, arakaraky gny fahazahoan-jare azy, [34]ary tsy nivôlagna tamin-jare ire afa- tsy tamin'ny agnoharagna Izy. Kôfa
Rehefa araiky Izy, de nohazavainy tamin'ire mpianany manokana ny raha jiaby.[35]Tamin-jegny andro zeigny, kôfa
Tônga ny ariva, de ahozy tamin-jare hoe: " Andeha isika hita ery ampita.[36] niala teo amin'ireo fokonôlo njare,
nitondra an'i Jesosy niaraka njare. Raha igny Izy, tao agnaty sambohely igny. Nisy sambohely hafa nandehandeha
diaraiky taminy.[37] Avitakè Nanomboka nisy tafio-drivotra be ary ny onjan-nodrano nagnafotra ny sambohely kè
efa saika feno rano ny sambohely.[38]kôfa Jesosy araiky nandry takè ambodin'ny sambokely, tambonin'ny ondagna.
nofohazi-njare Izy, nagnontany hoe: " mpampianatra ô, tsy mampagnino anà ve Raha ho faty aketo antsika.?[39]
Kôfa nifôha Izy, de nivôlagna mafy tamin'ny rivotra, ary nivôlagna tamin'ny ranomasina hoe: " Mitsahara!
mitonia! Ary nitsahatra ny rivotra, kè nisy fitoniagna be.[40]Kè Ahozy tamin-jare fô : magnino nare mavôzo? Mbôla
tsy managna finoagna fogna me narè ô. ?[41] fontro avozo njare kè nifampivôlagna hoe: " azôvy me I aôlo Ty, fô ny
rivotra sy ny ranomasina aza manaiky anànjy.?

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Tônga tagny ampitan-dranomasigna, zare takô amin'ny faritrin'i Gerasena.[2] Kôfa niala takô tandàkana hely
Jesosy, tônga de nisy lalahy raika azon'ny fagnahy tsy mady kè nagnatogna Ananjy avitagny an-dragnö manara.
[3]Nipètraka tandragnö manara itô lalahy itô. Tsy nisy afaka nitazogna ananjy kôza, na de tamin' ny rôjo vy aza. [4]
Voatàdy marobe tamin'ny vy andraiky rôjo vy izy. Nitàpahiny jègny rôjo kè pôtika jègny gadra vy. Tsy nisy
nanàgna hery nifehy ananjy.[5]Isaky aligna andraiky isan'andro teny amin' jegny tragnö manara, niafatrafatra izy
kè nampandeha rà ny vatany tamin' ny vato marangitra. [6] Kôfa nahita an' i Jesosy avy lavitra izy, de nihazakazaka
nagnatogna Aminy kè niankohotra take anölôhany.[7]Kè nihafatra tamin'ny feo mahery izy fô: " Ino mô
ifankazahoako aminâ ry Jesosy, Zanak' Andriamanitra Ambony Indrindra? Mitavandra anô amin'ny Agnaran'
Andriamanitra araiky fô zaho, aza mampijaly ahy." [8] Fa Izy nivôlagna taminy fô: " Mibôaha amin io lalahy io, ry
fagnahy tsy mady"[9]Kè Izy nagnontany azy fô: " Azôvy ny agnarano?" Kè nivaliny fô: " legiona no agnaranà, satria
zahe maro-isa." [10]Kè nitàvandra marè Taminy hatrany izy tsy handrohagna an-jare agny ivelany faritra.[11]Kè nisy
andiàna lambo nitrôngy teny an-tampon-tanety, [12]kè niangavy tamin-jareo izy nagnano fô: " Alefaso amin'ire
lambo zahe; ambilao zahe hitsôfotra akô amin-jare." [13]Kè nabelany zare, kè nibôaka ire fagnahy tsy mady kè de
niditra takô amin' ny lambo, kè de nirebagna taminy helaka ho agny an-dranomasigna ire, kè ny lambo take
amin'ny roa arivo teo no maty an-dranomasigna.[14]Nilefa ireo mpanome hanin-dambo ary nitatitra ny raha
nitsanga to an-tanagna sy tagny ambanivolo, maro ny ologna niboaka ny hahaha ny raha nitsanga. [15]Aviteo izy
nandeha amin'i Jesosy ary hitan-jare ilay lalahy nipitrahany demonia, ilay araiky izay nipetrahan'ny legion,
nipètraka takô, notary ary nahatsaro saigna; ka de nataotra izy ireo.[16]Ire zahay nahita ny raha nitranga to
tamin'lè lalahy nipitrahan'ny demonia le de nintantarain-jare tamin'ny antsipiriany ny mahakasika izany, ary koa
nintantara mikasika ny lambo zany tamin-jare. [17]De niantetra niangavy Ananjy zare mbo hialany eo amin'ny
faritran-jare.[18]Raha hiakatra takô amin'ny sambokely Izy, niangavy taminy lè lalahy nipitrahan'ny demonia mbô
hiaraka aminy. [19]Saingy tsy nikeny Jesosy anefa izy, fô mivôlagniny hoe: "Mandihàna mipody amin'ny tragnono
andraiky fianakaviagnano ary tanataro amin-jare jègny naton'ny Tompo tamin'ilay andraiky namindrany fo
tamin'ilay!" [20]De lasagna nody izy kè nanomboka nagnabara ny raha maventy jègny naton'i Jesosy tamin'azy
tagny Dekapolisy, kè talanjogna ny jiaby.[21]Kè raha nandeha agnilany ndraika Jesosy, tamin'ny sambokely, de ireo
nisy vahoaka betsaka be novory nagnodidigna Ananjy, raha te amorondranomasigna igny Izy,[22] Avitake tônga ny
raika amin'ireo mpitarika ny synagoga, atô hoe Jairo, izy raha nahita Azy, de nantôraka te an-tongony. [23]Nitalaho
hatrany hatrany izy, nanao hoe: "Tsy salama mare kè efa ho diso ny Zanako viavy. mitalaho amino zaho, avia ary
apetraho aminy tagñano mbô ho salama sy ho velogna izy. [24]De lasa niraidia tamin-anjy Izy, kè fokonôlo fontry
tokoatrany niraidia ndraiky nagnodidigna Ananjy.[25]Kè nisy viavy raika tratrany fahaverezan-drà nandritry ny
roambifolo togna. [26]Tegna nijaly kè efa nitety mpitsabo maro ndraiky nandany ny fanagnany jiaby, nèfa tsy nahita
fahasalamagna fô voamèka nè tsy tsara. [27]Raha naregny tatitra mahakasika momban' i Jesosy izy, de nandeha tao
afarany takô anaty fokon'ôlo izy Kè nifampipetaka ny akanjony.[28]Satria ahozy fô: "Raha misôka ny lambany fogna
zaho, de haivagna." [29]Raha nisôka Anan-jy izy, de nidogna ny faverezan-drà Kè tsapany hatrany agnatiny fô
naivagna izy.[30]Fantan'i Jesosy niaraka tamin-jegny fô nisy hery niala avy taminy. Nitodika tany amin'ny fokon'ôlo
Izy kè nivolagna fô: "Azôvy no nikasika ny akanjoko?" [31]De namaly Anan-jy ny mpianatra fô: "Hitano ire fokon'ôlo
fontry ire, koa Ahozy anô fô: "Izôvy no nikasika Zàho." [32]Fa nizaha ny magnodidigna Ananjy Jesosy mbô hahitany
izay nagnano zegny.[33]Viavy nahafantatra jègny nitranga taminy, de natahotra ndraiky nangôrohôro. Nandeha izy
kè niantoraka taloan'i Jesosy kè nivôlagna taminy ny marigna jiaby. [34] De ahozy Jesosy taminy fô: " Anaka ny
finoagnanà no nahavelogna anà. Mandihana amin' ny fiadanagna ké maivàgna amin'ny tsy fahasalamana-
nà."[35]Raha mbôla nivôlagna Izy, de tônga ny ôlo asanany avy tagny amin'ny mpitarika ny synagoga, nagnano fô: "
Efa diso ny zanak'anõ. Nagnino no mbola manahiragna ny mpampianatra fô?"[36]Fô raha naregny jègny
nivôlagnin-jareo Jesosy, de ahozy Izy taminy le mpitarika ny synagoga fô: " Aza mavôzo. Minoa fotsiny fô." [37]Ary
tsisy nambelany hiraidia aminy, afa-tsy Petera, Jakoba, ndraiky Jaona, rahalahin'i Jakoba. [38]Tônga tagny
andragnony le mpitarika ny synagoga zarè kè nahita ologna nitabataba be take Izy, nitomagny ndraiky
nidradragna mare zarè.[39]Raha nitsôfotro tan-tragnö Izy, de ahozy tamin-jare fô: " Nagnino anan-dre no
mitabataba ndraiky mitomagny? Tsy diso ny zaza fa mandry. [40]"Nimoèzan-jaré Izy.de naboakany tagny ivelany
zaré jiaby kè nangalaka ny papany ndraiky mamany lè zaza ndraiky ire niraidia taminanjy, ké nitsôfotro takô
agnefitra nisy lè zaza Izy.[41]Nitanany ny tagnan'ilè zaza kè nivôlagna taminanjy Izy fô : " Talita, Komy " zègny kôfa
adika de : " Razaza viavy mivôlagan aminà Zaho, mitsangàna. [42]Tônga de nitsagana razaza vavy kè nandèha
(satria roambiny fôlo taogna izy). Magnana avy hatrany zare. [43] Nizakèny mare izy ire mbô tsy hisy na zôvy na
zôvy hahafantantra mikasika anjô. Avitake de nasèny namiagn-kanigna razaza viavy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

[1]Nilaôsany io toèragna io kè namonjy ny tanindrazany Izy, Kè nagnaraka Ananjy ire mpianany,[2] Kôfa tônga ny
andro sabata, de nampianatra takô amin'ny Synagoga Izy. Fôntry ny ôlo nitandregny Ananjy kè variagna zare.
Ahozy Izy fô:" Avy Takèza nahazaoagny ire fampianaragna ire?" Ino izao fahendregna namiagna Ananjy zo?" Ino
ire fahagagagna izay nataony tagnàny ire?"[3] Tsy ilay mpandrafitra igny môa io, ilay zanak' i Maria ary rahalahin' i
Jakoba ndraiky Josesy ndraiky Jodasy ndraiky Simona? Tsy miaramonigna amintsika aketo môa ire anabaviny ?"
tohigna tamin' i Jesosy zare.[4]Kôfa ahozy Jesosy tamin-jare fô:" Ts' isy mpaminany tsy hajaigna, afa-tsy amin'ny
tanindrazany ndraiky akô amin'ny fianakaviagnany marivo ndraiky akô amin'ny ankohonany manôkagna fô."[5]
Tsy afaka nagnäno asa mahavariagna Izy, afa-tsy ny famitrahan- tagnana tamin'ny tsy salama vitsivitsy kè
magnasitragna an-jare.[6] Variagna avy amin'ny tsy finoagna njare Izy. Avitake nandèha nagnodidigna ire tanàgna
Izy mbô hampianatra.[7]Avitake de nagnantso zare roé ambinifôlo lahy Izy kè nitetry nagnäsa anjare tsiroéroé, kè
nagnamia fahefagna take amin'ny fagnahy tsy madi zare, [8]kè nagnäsa an-jare tsy hitôndra na ino na ino amin'ny
diany, na môfo,na kitapo, na vôla ami'ny an-dilagnany njare_afa tsy tehigna fôgna_ [9] fa hagnäno kapa, akè tsy
hagnäno ankanjo roé.[10]Ahozy Izy taminjare fô:" Na oviagna na oviagna anare mitsôfotra an- tragno araiky , de
mibodia akô mandra-pialanare akagny.[11] kè kô misy tanàgna tsy mampandrôso anare na tsy mitandregny anare
,kôfa miala akô amin-jègny toèragna zègny anare. de ahintsagno vovoka amin'ny tongotrare mbô ho fijoroagna
vavolombelogno amin-jare.[12]De nènga zare kè nitory fô ny ôlo de tôkony hibèbaka amin'ny fahotagnany.[13]
Nandroäka demonia fôntry zare , kè nagnôsotro zègny tsy salama fôntry tamin'ny diloilo kè nagnasitragna anjare
zare.R[14]egnin' i Heroda Mpanjakan'Israely zègny , satria nanjary fanta-daza ny agnaran' i Jesosy. ny asanany
nikoragna fô:" Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpagnäno batisa kè avy amin'jègny, de miasa akô agnatin' ny ire
hery mahavariagna ire.[15] Fô ire asanany kôza nivôlagna fô:" Elia Izy." ny asanany mbôla nivôlagna fô:"
Mpaminany Izy, karaha araiky tamindre mpaminany tamin'ny andro talôha."[16]kôfa naregny anjègny Heroda de
ahozy Izy fô;' Jaona, ilay notapahiko lôha igny no nitsangana tamin' ny maty[17] . Fa Heroda no nampisambotra an'i
Jaona kè nandèfa ananjy tagny an-tragnomaizigna avy tamin- draharahan' i herodiasy ( vadin' i Filipo rahalahiny
) satria novadiny raviavy.[18]Fa Jaona nivôlagna an' i Heroda fô:" Tsy araka ny lalàgna ny hanambadiananô ny
vadin'ny rahalahinô [19]," Fa vignitra taminanjy Herodiasy kè nitady zègny fômba hamonoagna ananjy, kanèfaka
tsy afaka,[20] avy amin'ny fahatahôran' i Heroda an' i Jaona; fantany fô ôlo marigna sady feno fahamasinagna izy .
nanahiran-tsaigna ananjy ny fandrignèsany ananjy, kanèfa mbôla nitandregny ananjy tamim-pifaliagna izy.
[21]Avitake nisy irika tamin' ny fitsingerenan' ny taona nahaterahan'i Heroda ke nagnäno fagnasagna ho an' jare
lehibeny, ndraiky zare mpifehiny , ndraiky zare mpitarika ny Galilia izy . [22]De nitsôfotro ny efitragno fagnäsagna
ny zanakavavin'i Herodiasy me nagnäsa an'jare , kè nahafinaritra an'i Heroda ndraiky vahiny nasaina
tampihinanagna izy, ahozy ny mpanjaka tamin-drazazaviavy fô:" Angahöé aminà zègny jiaby tianô de amiako
anô zègny."[23]'Ary nifanta tamin'anjy nagnäno fô:" Na ino na ino angatahinô aminà, de hamiako anô, hatrami'ny
antsasaki 'ny fanjakako.[24] De niboaka izy kè nikoragna tamin'ny mamany fô :" ino no angatahiko amin'anjy ?" De
ahozy ny mamany hoe:" lôhan" i Jaona mpagnäno Batisa.[25] Takeke fognä de nierigna tagny amin'ny mpanjaka izy
,kè nangataka, nagnäno fô:" Tiako amianô anà, zao de zao, ake ambonin' ny lasety ny lôhan'ny Jaona mpagnäno
batisa."[26]Na de nampalahelo mareny mpanjaka aza zeigny, de tsy afaka nifamaka ny fangatahany izy nohon' ny
fifantàna nataony sy noho ireo vahininy nasaina tampinanagna .[27] Nohon' zeigny de nagnäsa miaramila araiky
avy tamin' ny mpiambigna ny mpanjaka kè nagnäsa ananjy hitondra ny Lôhan' i Jaona ho eo aminy .Dila ilay
mpiambina kè nanapaka ny lôhany takô an-tragnomaizigna .[28] Nindôsiny take amboniny lasety ny lôhany kè
natôlony an-drazazaviavy, ke ilay zazavavy nanôlotra anjègny tamin'ny mamany.[29] Kôfa naregny anjègny
mpianany, de tônga zare kè nalaka ny fatiny kè namètraka njègny takô an-tragno manàra.[30]Niverina tagny amin' i
Jesosy njare Apostoly ary nitantara tamin' izay jiaby vitan'jare sy nampianarin' jare.[31] Ary ahozy Izy tamin' jare.:"
Ndeha isika ho agny amin' ny tany dèzaka ka hiala roboka hely." Fa fontro ny ôlo no nivezivezy, ary tsy nanam-
potôagna hihinagna hanigna akory aza njare.[32] De nandeha an-tsambohely njare mbô ho agny amin'ny tany
dèzaka.[33]F'anjare nahita azy ire nandeha ary fontry no nahafantatra anjare , de niraidia nihazakazaka an-
tongotra avy tagny amin' ny tanàna jiaby zare, ary tônga take taloha njare.[34] Kôfa tônga take amin' ny morony
zare , de nahatsinjo fokon' ôlo fontry Izy ary nahinakinak' anjare Izy satria karaha ny ondry tsy managna
mpiambigna zare ke Nitetry nampianatra raha fontry anjare Izy.[35]Kôfa hariva ny andro , de nagnatona Azy ire
mpianany ke nagnano hoe:" Tany dèzaka ity ary ny andro marivo ho hariva sahady.[36] Alefaso izire mbô
handehanany agny Amin ire vohitra sy tanàna magnodidina hividy hanigna ho an'ny tègna-njare."[37]Fa namaly
Izy nagnano tamin' izire hoe:" Omeonare raha hoanigna izire.' De ahozy ire taminy hoe:" Afaka mividy mofo
azon' ny denaria roanjato va zahe ka hagnome zeigny azy ire hohanigna?"[38] De ahozy Izy tamin' izire hoe:" Firy

no mofo anananare? Mandihàna ary jahavo." Kôfa hitany, de ahozy izire hoe:" Mofo dimy sy laokan-dranomasina roe."[39]De nandidy ny ôlo jiaby mbô hantotry mitsitôkotôko teo amin' ny ahi-maitso Izy[40] .de nantôhotro an-tôkony zato sy dimampolo. Naka ire mofo dimy sy laokan-drano roe Izy,[41] niandrandra ny lanitra de nisaotra ka nizarazara ny mofo ary nanolotra izeigny tamin' ire mpianany mbô hamiagna eo anoloan' ny ôlo. Ké nozarainy koa ny laokan-dranomasina roe ho an' izy jiaby.[42]De nihinagna avokoa izy jiaby mandra-pahavokin-zare.[43] Nalain'izire ny ambikambiny mofo, izay nahafeno roembinifôlo hilotra mitafotafo, ary koa ny ambin' ire laokan-drano.[44] Nisy dimy arivo ire lalahy nihinagna ny mofo.[45]Teo no eo de nasainy niakatra taka an-tsambohely ire mpianany mbô hialôha Azy ho eny ampita, ho any Betsaida, raha nandefa ny fokonôlo Izy [46]. Kôfa dila Izy ire , de niakatra tany an-tendrombohitra Izy mbô hivavaka.[47] Tônga ny hariva , ary efa teo antegnategnan' ny ranomasina ny sambohely, fa irery tegny an-tanety Izy.[48]Kôfa hitany fa sahiragna maré izire nivoy ny sambohely, satria nanohitra mare azy ire ny rivotra. Teo ho eo amin' ny ora fiambenana fahefatry ny alina de nankeo amin' izire Izy, nandeha teny ambony ranomasina, ary te-handalo take amin' izire Izy.[49] Fô kôfa nahita Azy nandeha tegny ambony ranomasina izire , de noheverin' izire ho angatra Izy ka nihafatrafatra izire,[50] satria nahita Azy izire de raikitra avozo. Teo no eo de nivôlagna tamin' izire hoe:" Matokia! Izaho fô ity! Aza mavôzo!"Kô[51]fa niditra taka an-tsambohely niraidia tamin' jare Izy, de nitsahatra tsy nitsoka ny rivotra . De variagna tanteraka izire.[52] Kôfa tsy takatry sain' izire ny dikan' ilay mofo. fa kôza, nihamazagna ny fon'izire.[53]Kôfa tafita izire ,de tônga taka Genesareta ire ka nitady taka [54].Kôfa nidigna avy taka amin"'ny sambohely izy ire, avy hatrany de fantatry ny ôlo taka izy., [55]ka nihazakazaka nagnerana ny faritra jiaby izire ary nanomboka nitondra ny tsy salama tamin' ny kitrarany tany amin' izay jiaby Regnin' izire misy Anazy.[56]Fô na takeza na takeza nandihanany na an- tanàna na tanàn-maventy, na tegny amin' ny vohitra hely, de napetrakan-jare" takeo amin' ny kianja ny tsy salama. Niangavy Azy izire mbô hamela azire hikasika ny rambon" ankajony, ary ire fontry izay nikasika Azy de nahivagna.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 7

1Zaré Fariseo sy ny mpanôradalagna sagnany zegny avy agny Jerosalema dia tõnga niangogna nagnodidigna
Ananjy2Izy kôa hitanjaré ny mpianatrany sagnany nihinagna môfo tamin' ny tagnana tsy vôadio, izegny hoe tsy
vôasasa. 3(Fô ny Fariseo sy ny Jiosy jiaby dia tsy mbô mihinagna izy kôa tsy efa nagnasa ny tagnan'jaré, satria
magnaraka ny fômbafômban'jaré lohôlogno.) 4Izy kôa niherigny avy tagny a-bazary zaré Fariseo, dia tsy
mihinagna zaré izy kôa tsy avy mandro, ary mitazogno ny fômbafômba maro karazagna zaré, karaha fanasagna
kapôaka, sy ny famaragnana, sy fanaka varahagna, ary ny kitrara gegny ihimoanan'jaré.)5Zaré Fariseo sy ny
mpanoradalagna nagnontany anin' ny Jesosy hoe: "Nagnino ny mpianatranô no tsy mandaîha araka ny
fômbafômban' jare lohologno, fô mihinagna ny môfon'jaré amin'ny tanagna tsy vôasasa?"6Kanefa Ahozy
tamin'jaré: "Isaia naminagny magneva mômba andré mpihatsaravelatsihy. Nisoratany hoe: "Itô vahoaka itô
magnaja Zaho amin'ny môlotrony, fô ny fôny ndreky lavitry Zaho. 7Foagna ny fivavahagna atôlotron'jaré Zaho,
koa nampianatra ny lalangan'olombelogno ho favmpianaragnan'jaré.8Ambela naré ny didin'Andriamanitra fô
hazonandré mafy ny fômban'ologno." 9Ary hozy fogna koa Izy tamin'jaré: "Karaha ny karakory ny fagnarianare
ny didin' Andriamanitra mbo hitandrenaré ny fômban-drazagnãnaré! 10Fô hozy Mosesy: "Magnaja ny babanô
ndraiky réninô," ary koa , "Zegny mivolagna ratsimanjary ny babany na ny réniny dia ho faty tokôatra."11Kanefa
anaré mivôlagna hoe: "Ko misy lalahy araïky mivôlagna babany na ny réniny hoe: "Na ino na ino tiano ho azo
taminahy dia efa Korbana," (zegny hoe: "Namiagna an'Andriamanitra") -- 12dia tsy ambèlanaré haganno na ino na
ino amin'ny babany sy ny reniny koaza izy. 13Magnafoagna ny tenin'Andriamanitra anaré nôho ny fômban-
drazagñaré zô nitagnanaré. Ary raha maro mitôvy amin'jegny koa no atônaré.14Ary nagnatso ny fôkonolo ndaiky
Izy kei nivolagna tamin'jare hoe: "Mitandregny Zaho, anaré jiaby, ke fantaro. 15Tsisy raha avy ivèlany zegny
miditry agnatin'ôlogno kè afaka mandoto anjare kôfa miditry aminanjy. Fô izy mivoaka avy akô agnalin'ôlogno
no mandoto ananjy." 16[Ny fandikagna tsara kokoa dia tsy magnisy ny andigniny faha 16: Izy kôa misy manan-
tadigny hitandrignaisagna, aoka izy hitandregny.]17Izy kofa nial take amin'ny fôkonologno Jesosy kè nitsofotro
tako an-dragno, ny mpianatrany nagnotany Ananjy mômba njegny fagnoaragna. 18Hozy Jesosy taminanjy: "Anaré
koa mô mbôla tsy managna fahafantaragna? Tsy hitanaré mô fô zegny jiaby miditry ako agnatin'ôlogno avy agny
ivèlany dia tsy mahalôtô ananjy, 19Satria tsy afaka-mitsôfotro akô am-pôny zegny, fô ako am-bôtrakany foagna fô
mivoaka agny amin'ny fibohagnany?" Tamin'jegny fagnambaragna izegny dia nahatônga ny hanigny jiaby ho
mady i Jesosy.20Hozy Ananjy: "Zegny mivôaka avy ako amin'ny ôlogno no mahalôto zegny. 21Fô avy ako agnatin'ny
ôlogno, avy akô am-pôny, no hivôahan'y saigny-ratsy, ny fahavaitavaitagna, ny halatra, ny famonoagn'ôlogno, 22ny
fijangajangagna, fagniriagna, ny haratsiam-pagnahy, ny fitaka, ny fijejojejoagna, ny fialôgnana, ny fiampangagna-
lainga, ny fiavôgnana, ny afokagna. 23Zegny raha-ratsy jiaby zegny no mivôaka avy aka agnatin'ny ôlogno ary ré
no malôto zegny."24Niala take Izy lasagna nadaiha tagny amin'ny faritry Tyro sy Sidonia. Nitsôfotro tako an-
dragno raiky Izy ary tsy tiany ho fantan'jovy na zovy fô takô Izy. Kanaifa tsy afaka nibôaka. 25Nèfa niaraka
tamin'jegny dia nisy vahiavy araiky, zegny nisy fagnahy malôto raiky ny zagnany vahiavy hely, naregny ananjy,
tônga, ary niankotro take an-tôngony. 26Ary Grika lay vahiavy, Syro foinika no naviany. Nitavandra Ananjy izy
mbô hamôaka ny demonia hiala amin'ny zanany viavy.27Hoziny taminanjy: "Ôka alôngany hamiagn-kanigna
aloha ny zaza. Satria tsy manjary ny malaka ny môfon-jaza ke manimpy anamjy ho an'ny kiva." 28Nèfa namaly izy
kai nagnano Taminanjy hoe: "Ia, Tompo, fô ny kiva ako ambany latabatra aza dia mbo mihinagna ny
sômbôtsômbôny amin'ny môfon-jaza."29Dia hozy Taminanjy: "Nôho zegny koragnano zegny, afaka mandaiha anô.
Efa nivôaka tamin'ny zanakano viavy ny demonia." 30Izy koa niherigny tagny an-dragnony ravahiavy dia nahita
ny zaza nandry take ambonin'ny kitrara, ary ny demonia èfa niala.31Ary Jesosy nibôaka koa niala ny faritry Tyro,
dia namaky an'i Sodia hatrany amin'ny Ranomasigan'ny Galilia kè nadaiha ny faritry Dekapolisy. 32Ary
nindesin'jarè take Aminanjy ny ôlogno raiky maregniny sady sahiragna izy koa mivôlagna, ary taraigny
Taminanjy zaré mbo hamitrahany ny tagnany anminanjy.33Nitôndra an-dralalahy nitôkagna niala take amin'ny
fôkonôlo Izy, dia nagnambaila ny rantsan-tagnany take an-tadigniny Izy, ary raha avy nandrora, dia nikasiky ny
lèlany. 34Dia niandra ny lagnitra Izy, dia nisento kè nagnano taminanjy hoe: "Efata," zegny hoe: "Maladia!" 35Ary
nalaky take ny tadigniny dia naregny, ary zegny namehy ny lèlany dia potiky ary afaka nivolagna mazava tsara
izy.36Ary Jesosy nanakagna anjarè tsy hivôlambôlagna na amin'jovy na amin'jovy. Kanaifa na dia tsinasaigny aza
zaré, vôa maika nampariaka zegny maromaro kokôa. 37Dia magnana tantairaka ny ôlogno, ke nivôlagna hoe:
"Natôny tsara dahôlo ny raha jiaby. Natôny maregny aza ny maregnina ary mivolagna ny môà."

Chapter 8

1Tamin-jègny andro zègny, dè nisy fokonôlogna ndraiky, ary tsy managna raha ohanigna zare. Dè nagnantso ny
mpianatra i Jesosy ary nizaka tamin-jaré hoe: 2"Mampalahelo zā iré fokonôlogna ré satria efa telo andro iré
nanohy niaraka tamiko ary tsimanagna raha ohanigna. 3Raha avèlako mipody andragnony tsimihinagna are,
mety ho toragna agnarabe. Ny asanagny amin-jare, dia avy any lalan-davitra. Namalianan-jy re mpianatra hoe:
''Akaiza no hahazaontsika mofo ampy havokisagna re4 fokonôlo re aty amin-tany foagna karaty?''5Nagnontany
anan-jaré izy hoe: "Firy ny mofo anagnandré?" Hozin-jare hoe: ''Fito'' 6 Nandidy ny fokon'olona mbora hitoetra
amin'ny tany izy. Nalainy ny mofo fito, dè nisotra izy, ary nanapaka ireo. Natondron'ny mpianatr'anan-jy izègny
mbora horasain-jare amin'ny fokonôlogna, ary napetrakan-jare alohan'ny fokonôlogna izègny.7Ary mbôla
nanagna lôka hely vitsitsivitsy ihany koa nzaré, raha avy nisôtra nzaré Izy dia nandidy ny mpianatra mba
handroso zègny koa Izy. 8Dia nihinagna zaré ka vôky ary nalain-jare ny tapatapany tavèla, izay nahafeno helotra
fito maventy be. 9 Tokony ho efatr'arivo te hoe eo ny ologna tamin-jègny. 10Avitaké dia nalèfany nipody nzaré.
Tonga dè niakatra agnaty sambo madinika niaraka taminzare mpianatra Izy, ary nandè agny amin'ny faritrin'i
Dalmanota nzaré.11De nibôaka iré fariseo kôfa nanomboka nifamaly taminy. Nizaha famantaragna avitagny
andagnitra nzaré, mbôra hitsapagn' Azy. 12Nisento laligna tagny amin'ny fanahiny ary nizaka hoe:'' Nahoagna fa
mizāha famantaragna ireto taranaka ireto? Nefa volagniko marigna aminandré fa tsisy famantaragna omegna ty
taranaka ity zègny''.13 Avitaké dia niala nzaré Izy, nakatra tà agnaty sambo madinika , ary nandé lavitr'agny
agnilany.14Ary adignony mpianatra ny nitôndra mofo niaraka tamin-jaré. Tsy nanagna ankôtrany raika nzaré
tagnaty sambo. 15Dia nampitandrigna anan-jire Izy ka nivôlagna hoe: ''Miambegna ary mitandrema amin'ny
marisarisan'ireo Fariseo siny matrabatraban'i Heroda''.16Dè nifagnontany tegna ny mpianatra nagnano hoe: ''
Noho antsika tsimanagna mofo zégny.''17 Fantatr' i jesosy zégny, ary hoy izy tamin-jaré :''Nahogna amin'ny tsy
fanagnana mofo ny fisaignandré? Mbôla tsy azonandré sa? Mbôla tsy takanandré sa? lasagna dindery ny
fona'ndré?18Managna maso nandré, fa tsy mahita sa? managna tadigny nandré, tsy mitandregny sa?
Adignonandre sa ? 19Raha nanapaka mofo dimy ho an'ny olona dimy arivo zā de helotra firy feno tapatapaka
mofo zè nalagnonandré? Hozin-jaré taminy hoe: ''Roèmbifolo.''20Raha nanapaka ré mofo fito hoan'ny ologna
efatr'arivo zā, firy helotra ny ambiny nalagnonandré.? Hozin-jaré taminy hoe: ''Fito.'' 21Ary nivolagniny hoe:
Mbôla tsy taka-nandré fô?''22Tônga tagny Betsaida zaré. Nisy jamba rèky nindésin'ôlogna taminânjy, ary
nangaviânjâré i jesosy mbo hikasika anan-jy.23 Nindosin'i jesosy tamin'ny tagnany ilay tsimahita, ary nitondra
anan-jy hivoaka ny tanagna. Raha nandrôra tamin'ny masony izy ary nametaka ny tagnany taminy, dè
nagnontany ananjy izy hoe: '' Mahita râhâ ana?''24De niandra izy, ka nivolagna hoe: ''Mahita kakazo kàra olôgna
mandèdèha zâ.'' 25Napetak'i Jesosy taminy ndraiky ny tagnany, ary nabiagnany ny masony lalahy, de niherigna
tamin'ny fahitany talôha izy, ary zègny raha zahavany itany soman-tsara.26 Dia nalèfan'i Jesosy nipody izy ary
nizakèny hoe: '' Aza miditra an-tanàgna.''27Nandeha Nivôka i Jesosy sy mpianatr'ananjy nandé amin'ny tanagnan'i
Kaisaria Filipo. Tandalagna dé nagnontany reo mpianatra izy hoe: '' Hatônôlo zôvy mâ zâ?'' 28Dè namaly anan-jy
zaré hoe: "Jaona mpagnano batisa. Ny sasany nizaka hoe: 'Elia', ary ny hafa ndraika nagnano hoe: 'Raika
amin'ireo mpaminagny.'''29Nagnontany anjareo Izy hoe: '' Rā hanandré kôza magnano azôvy Za?'' Dè namalianan-
jy i Petera hoe: '' anô i Kristy''.30 Nampitandrigna anjaré i Jesosy tsy hivolagna ny momba anan-jy na amin-jôvy na
amin-jôvy.31Nantômboka nampianatra an-jaré Izy fa tsy mèntsy hijaly ny Zanak'Ologna, ary ho toerin'ny
lohologna sy lohan'ny mpisorogna ary mpanoratra lalàna, hivonigna kè hitsangana amin'ny maty afaka telo
andro.32 Nivolagniko mazava tsara zègny. Aviteo nantsovin'i Petera nangingigna i Jesosy ka nantetra
nivolagnan'an-jy mâfy.33Fô nitôdiky i Jesosy dè nizaha ny mpianatra ary aviteo nivolagna maf an'i Petera kè
nagnano hoe: '' Mialā lavitra zā , ry satana! tsy mbo mandiniky rahan'Anandriamanitra ana, fa nizavatr'ologna.''
34Avitake te dè nagnatso ny fokonologna sy ny mpianatr'anan-jy Izy, ary ahozy tamin-jaré hoe: '' Râha misy te-
hagnaraka zā, dè tsy mèntsy mandā ny tegnany izy, mangala kakazo fijaliagna, ary magnaraha za.35Na zovy na
zovy te-hamonjy ny haignany de hahavery zegny, ary azovy mahavery ny haignany nony amina sy ny
filazantsara, de hahavonjy izègny.36 Fa ino nefa tombotsoa azon'ologna raika raha mahazo zô tontolo zô, ary
avakeo very ny hignany?37 Ino omegna ny ologna raika takalon'ny aignany?38Na zovy na zovy megnatra za sy ny
teniko eto amin'ity taranaka mijangajanga sy mpagnota ity, dè megnatra Za migna koa ny zanak'Ologna rehefa
tonga ao amin'ny voninanitry ny rainy miaraka amn'ireo anjely masina Izy.''

Chapter 9

1Nivôlagna Izy tamin'jaré hoe: "volagniko aminandré marigna tokôatra, fô misy aminandré zegny mitsangagna
akéto tsy hagnandragna zegny fahafatesagna zegny mialohan'ny hahytan'jare ny fanjakan'Andriamanitra zegny
ho avy amin'kery maventy." 2Ary enignandro tavafara, de nindôsiny Jesosy miaraka aminny Petera ndaiky Jakoba
ary Jaona takagny amin'ny tanety ambo, ary zaré foagna no tagny. Avy také niôva sôra také alôhan jaré Izy. 3Ny
akanjony niôva nangilangilatra be avaké fôtsy be, fôtsy lômbolômbo ndrahajiaby nampamotsiagna lôatra
taketoambonin-tany4Avakeo Elia ndraiky Mosesy niboaka tamin'jareo, kai nikoragna tamin'i Jesosy zaré. 5Petera
namaly ke nivôlagna tamin'i Jesosy hoe: "Raby ô, tsara izikôa midôko aketo antsika, kai andeha agnano lay telo,
ny araiky ho Anô, ny araiky ho an'i Mosesy, ary ny araiky ho an'i Elia." 6(Fô tsy hainy zegny rà tôkony ho
hivolagniny, satria nangôrohôro boe zaré.7Nisy rahogna tônga ke nagnarôgna anjaré. Ary nisy feo nibôaka avy
agny agnatin'ny rahogna hoe: "Itô ny Zanako Malalako. Mitandrinaisa Ananjy." 8Tampoko také, izikôa nizaha
magnodidigny zaré, dia tsy nahita na zôvy na zôvy kôza, kofa-tsy Jesosy araiky fôagna.9Izy kôa nandrôrogno avy
tagny an-tanety zaré, de nivolagniny mafy mbo tsy hikoragna na amin'jovy na amini'jovy ny raha hitan'jaré,
izikôa tsy efa mitsangagna amin'ny maty ny Zanak'ôlogno. 10Ary de nitazognin'jaré ho anjaré zegny koragna
zegny, kanéfa nifanpagnotany zaré ny amin'ny manjary ho dikan'jegny "fitsanganagna amin'ny maty" zegny.
11Nagnotany Ananjy zaré hoe: "Nangnakôry zaré mpanôra-dalàgna no nivôlagna fô tsy maintsy avy alôlôha Elia?"
12Dia Ahozy tamin'jaré ré hoe: " Aifa tônga voalôhany Elia hagnarigna ny raha jiaby. Ary akôry voasôratra fô ny
Zanak'Ôlogna dia ijaly mafy amin'ndraha maro ary atô kara ôlogna tsy misy dikany? 13Naifa volagniko aminandre
fô efa tônga Elia, ary naton'ôlogma taminanjy tiany fôny, araka zegny aifa vôlagnin'ny Sôratra Masigna mamba
ananjy."14Ary kofa niverigny take amin'ny mpianatra zaré, dia nahita fôkon'ôlo maro nagnodidigna anjare ary
zaré mpanora-dalàgna nimalo taminanjy. 15Kôfa nahita an'i Jesosy zaré, dia nidagnaka ny fôkon'ôlo jiaby ary
ra'igny nihazakazaka nagnatogna Ananjy igny zaré dia nifagnontsanfa Ananjy. 16Nangnotany iré mpianatarany
Izy hoe: "Momba nino no mampimalo andré."17Ary nisy raiky tamin'jaré fôkon'ôlo namaly Ananjy hoe:
"Mpampianatra ô, nindôsiko ho aketo aminô ny zanako lalahy. Misy fagnahy ratsy tsy mampivôlagna ananjy izy.
18Migôdagna ananjy ràha io kè mampibiribry ananjy avake mifôtafô ranivy izy, sady mihidy vazagna, ary lasa
mihènjagna izy. Nangataka tamin'ny mpianatranô zaho mbô handroaka zegny hiala aminanjy, kanaifa tsy
vitan'jaré zegny." 19Ary namaly ananjiré Izy hoe: "Ry taranaka tsy mino, mandra-pahoviagna no antèrako aketo
aminandré? Mandra-pahoviagna no handifèrako aminandré? Indeso atô aminahy izy."20Ary nindôsiny take
amin'ny lay zazalahy, izy kofa nahita an'Jesosy lay fagnahy ratsy, dia nampifagnitôgno ananjy zegny. Lavo
tambon'ny tany lay zazalahy ary feno ranivy ny vavany. 21Jesosy nagnontany ny babany hoe: "Nanômboko
noviagna no naha-karany ananjy?" Dia hozy ny baba hoe: "Nanômboko izy mbôla hély." 22Indraindraiky io
fagnahy ratsy io nandavo ananjy tagny agnaty afo na tagny agnaty rano ary nagnandragna ny hamôtiky ananjy.
Izikoa mahaÿ magnano ny raha jiaby Anô, dia miantrà zèhay ary ampia zèhay."23Jesosy nivôlalagnana taminanjy
hoe: "Izikoa mahaÿ anô"? 24Ny raha jiaby dia hain'jegny mino." Niaraka tamin'jegny ny baban'dra zaza dia
nidalala mafy nagnano hoe: "Matôky zahô! Tahy zaho amin'ny tsy finoako!" 25Kofa hitan'Jesosy iré fôkon'ôlo
niazakazaka nagnatogna anjaré, dia nivolagniny mafy lay fagnahy malôto ary nagnano hoe: "Ry fagnahy moà sy
maregnina, madidy anô Zaho, mibôaha aminanjy, ary aza miherigny mitsofotro akà aminanjy koà."26Nihafatra
mafy zegny kè nampifagnintogna mafy lay zazalahy ary avy take niboaka. Karaha ny ôlogna maty lay zazalahy,
kè maro no nivôlagna hoe: "Maty izy." 27Fô Jesosy naalaka ananjy tamin'ny tagnany kè nagnarigny ananjy, dia
nitsangangna lay zazalahy.28Kôfa nitsôfotra tako an-dragno Jesosy, dia nagnontany Ananjy manôkagna
mpianatarny hoe: "Nagnino zaihay no tsy nahavoaroaka lay fagnahy ratsy?" 29Ahozy tamin'jaré hoe: "Ny kara
ndregny dia tsy miboaka izikoa-tsy amin'ny alalan'ny vavaka."30Niala také zaré ary nandalo tagny Galilia. Tsy
tiàny ho fantan'jôvy na jôvy hoe takaiza zaré, 31fô nampianatra ré mpianatrany Izy. Ahozy tamin'jaré hoe: "Ny
zanakôlogna de hatôlotro akagny an-tagnan'ny ôlogna, ké ho vonôn-jaré Izy. Ary kôfa naty Izy.dia afaka telo
andro." 32fô tsy takan'jaré io fagnambaragna io, ary natahotra zaré hagnotany Ananjy.33Avtake tônga takà
Kapernaomy zaré, kôfa avy nitsôfotra tan-dragno Izy dia nagnotany ananjy zaré hoe: "Ino ny raha nivolagninare
tagny an-dalagna?" 34Fô nangigna zaré. Satria efa nandinika tagny an-dalagna zaré ny amin'jegny maventy
indrindra. 35Nitoetry, dia nagnatso iré roembifôlo lahy niaraka Izy ary nivolagna tamin'jare hoe: "Izy koa misy te-
ho vôlohany, dia tsy maintsy farany amin'ny jiaby izy ary ho mpanômpon'ny jiaby."36Nalaka zazahely araiky Izy
ary natôny tagnivon'jaré. iré hoe: 37"Na izôvy na izovy malaka ny zaza karanjo amin'ny agnarako, dia mandray
Zaho koa, ary koa misy malaka Zaho, dia tsy malaka Zaho araiky izy, fô lay nagnasa Zaho koa."38Hôzy Jaona
Taminanjy hoe: "Mpampianatra ô, nahita ôlogna namoaka demonia tamin'ny agnaranô zaihay ary nivolagnina
izy, satria tsy magnarak'antsika." 39Fô Jesosy nagnano hoe: " Aza raragna izy, fô tsy misy ôlogna hagnano asa

maventy amin'ny agnarako nefa tailatsaila afaran'jegny dia hivolagna raha ratsy mikasiky Zaho.[40]Na izôvy na izôvy tsy manôhitra atsika dia màgnaraka atsika. [41]Na izôvy na izôvy magnomia anô rano kôpy araiky ho giahigny satria an'Kristy anô, dia volagniko aminô marigny tokoatra, fô tsy ho very ny valim-pitagnany.[42]Fô na izôvy na izôvy magnano ra mavignitra ny raiky amin-dre de hely mino Anahy zaré, dia tsara ho ananjy ny agnatognana vato maventy fikorôham-bary mifatotra agnambôzony alatsaho an-dranomasigna. [43]Rà ny tagnano no matônga ano ho tafitohigny, bongoa. Fô tsara amino ny managnantra agny amin'ny fiainagna naifa managna tagnan-droai ary handèha agny agnafo be, agny amin'ny afo tsy mety vonoigna. [44][Fanamarihagna: Ny fandikagna tsara kôkoà dia tsy magnisy ny fehezanteny ako amin'ny andigniny faha 44 sy 46 hoe: "Zgny tsy maty mihitsy ny ôfagna agnatiny afo tsy manjary vonoigny mandrakizay."][45]Rà tôngotranà no magnafitôhagna, bongoà agny. Tsara amina ny mitsikilagna agny amin'ny fiainagna tozay managna tôngotra roai ka naifa mivarigny amin'ny afobe. [46][Zahano ny fanamarihagna ako amin'ny andigniny faha 44][47]Izikoa ny masonô no magnafitohagna ano, alao hiala agny. tsara amino ny miditry ny fanjakan'Andriamanitra miaraka amin'ny maso tôkagna kara zegny maso roai ary hariagna agny amin'ny afobe, [48]agny amin'ny toairagna zegny tsy mafaty ny kankan'jaré, ary ny afo tsy manjary vonôgny.[49]Fô ny ôlogna jiaby dia somby ho vôasira amin'ny afo. [50]Tsara ny sira, fô raha ny sira no tônga majaiba, ahôana no afahanô mampamasigny ananjy koa? Asiagna sira ako aminare, ary mihavagna amin'ny tsiraikiraiky aby.a"

 

Chapter 10

[1]Niala tamin-jègny toèragna zègny Jesosy avitaké nandèha tagny amin'ny faritr'i Joda ndraiky tagny amin'ny
faritra ambaniny Reniranon'i Jordana, kè avitake nagnatognan'anjy ny fokon'ologna. Kè araka ny fatôny, de
nampianatra anjare ndrèky Izy.[2] De nagnontany Ananjy zare Fariseo mbô hizaha Ananjy kè nagnao fô: '' Ara-
dàlagna ho any lalahy môa magnary vady ? '' [3]Namaly Izy fô: '' Ino ny nagnäsan' i Mosesy anan-dre? [4]De ahozy
njareo fô: '' Mosesy de nagneky ny lalahy hagnamia taratasy fanamarignana fisaraham-bady kè magnary ananjy
avakeo.''[5]Ahozy Jesosy tamin-jare hoe: ''Nony tsy finohanan-dre no antony nanoratany anan-dre zegny lalagna
izegny.'' [6]''Fany am-olognan'ny famoronagna, 'Andriamanitra nagnano an-jare ho lahy ndaiky vavy.'[7]Amizègny
antony zègny de hiala ny papany ndraiky mamany ny lalahy kè hitambatra amin'ny vadiny,[8] ary hanjary ho nôfo
raika zare roy.' Ka tsy ho roy erika zare, fa ho nôfo raika ihany. [9]Ka zègny natambatran'Andriamanitra, de aoka
tsy ho sarahin'olom-belogna.''[10]Ary raha tô an-dragnon-jare, de mbola namerigna nagnontany mikasika izègny
indraika ny mpianatra. [11]Ahozy Izy tamin-jare hoe: ''Na zôvy na zôvy lalahy misaraka amin'ny vadiny nangalaka
viavy hafa de mijangajanga. [12]Raha misaraka amin'ny vadiny ny viavy ka manambady lalahy hafa, de
mijangajanga.''[13]Avitake nindesin-jare t'Aminy zanakan-jare mbo hametrahagna tagnana, fa nivigniran'jare
mpianatra zare. [14] Raha nahay zegny Jesosy, de vignitra be Izy ka nivolagna zare hoe: ''Ambila ny zaza hagnatogna
Anahy, ary aza raragna zare, fa ny fanjakan'Andriamanitra an'ire zegny toa azy ireo.[15]Volagniko aminan-ndre ny
tegna marigna, na zôvy na zôvy tsy mandray ny fanjakan'Andriamanitra kara ny zamadinika de tsy hitsofotra
amin-jegny velively izy.''[16] Avitake de nibatainy reo zamadinika ka notsofany rano sady nametrahany tagnana.
[17]Kôfa nantetra ny diany Izy, de nisy lalahy nihazakazaka ka nandongalita te alohany, sady nagnontany hoe: ''Ry
mpampianatra tsara, ino no tsy maintsy hatôko mbo handôvàko ny fiainagna mandrak'izay?'' [18]Jesosy nagnao
hoe: ''Nagnino Zaho antsohino hoe tsara? Tsisy tsara afa-tsy Andriamanitra irery ihany. [19] Fantano ny didy hoe:
'Aza mamono ologna, aza mijangajanga, aza mangalatra, aza mijoro ho vavolom-belogna tsy marigna, aza
mamitaka, hajèo ny baba sy mamanao'.''[20]De ahozy lè lalahy hoe: ''Mpampianatra ô efa narahiko laitra za
hatramin'ny fahatanorako raha jiaby zegny.'' [21]Nizaha ananjy Jesosy de tia anan-jy. Ary ahozy Izy tamin'ny hoe:
''Misy raha tsy ampy raika amino. Tsy mahintsy ambidinao izay rehetra anagnano ary amiavo ny mahantra
izany, de hanagna haregna any an-dagnitra ano. Avake magnaraha Zaho.'' [22]Fa nohizany filazagna izany de
nalahelo ka nandeha nangasihasy, satria nanagna fanagnam-be tokoa izy.[23]Nizaha ny magnodigna anan-jy Jesosy
ary ny volagna tamin-dreo mpianatra hoe: '' Tegna sarotra hoan'ireo managna harem-be ny miditra ny
fanjakan'Andriamanitra!'' [24] De magnana taminy teniny ireo mpianatra. Fa ahozy Jesosy tamin-jare hoe: ''Anaka
sarotra ny fidiragna ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra! [25]Mora kokoa ho an'ny rameva ny miditra amin'ny vody
filo, noho ny hidiran'ny mpanakarena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.''[26]De mbola magnana migna ny
mpianatra ary nifagnontany hoe: ''Izovy no afaka ho voavonjy?'' [27]Nizaha an-jare Jesosy ary Ahozy hoe: ''Tsy
vitan'ny ôlogna izany fa vitan'Andriamanitra. Satria ny rahà jiaby de hain'Andriamanitra atô.'' [28]Nantetra nizaka
taminy i Petera hoe: ''Zahavo, Izahay reto de nafoe ny rehetra ary nagnaraka ano.''[29]Ary ahozy Jesosy: ''Volagniko
maringa aminan-dre, tsy misy ôlogna nafœ ny tragnony, na ny rahalahiny; na ny rahavaviny na ny mamany, na
ny papany, na ny zanagny, na ny taniny nohony amina, sy ny Filazantsara, [30]ka tsy nahazo avo zato heny amin-jo
taonjato ankehitriny zao: dia tragno, rahalahy, rahavavy, mama, zanaka, sy tany miaraka amin'ny fagne-
njehagna, ary amin'ny taonjato hoavy, de ny fiaignana mandrakizay. [31]Fa maro ny voalognany no holasagna
farany, ary ny farany ho lasagna volongnany.''[32]T'andalagna zare, hiakatra ho agny Jerosalema, ary Jesosy nandè
talôhan-jare. Gaga ny mpianatra, ary izay nagnaraka tafaran'Anan-jy dia natahotra. Nantsovin'i Jesosy ho Aminy
ndreka izy roa ambiny folo ary nantetra nivolagna ny raha ahazo Anan-jy tsy hoèla Izy. [33]''Zahavo, miakatra ho
any Jerosalema antsika izo, ary ny Zanak'Ologna dia hatondro ny mpisorogna be sy mpanora-dalàna. Ho helohin-
jare ho faty Izy ary atondrony Jentilisa. [34] Ireo dia haneso Azy, handrora Azy, handamokan'Anjy, sy hamono
Ananjy. Raha afaka telo andro de hitsangana amin'ny maty Izy.''[35]Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio,nanantogna
Azy ary nivolagna Taminy hoe: ''Mpampianatra ô, mbo tinay raha mba atono izay rehetra angatahinahy amino.
[36]''Dia hoziny tamin-jare hoe: ''Ino ny tianare ho atoko ho anareo?'' [37]Ahozin-jare hoe: ''Abela hiarak'ipetraka
amino izahay, ka raika ake an-tanan-kavanano ary ny raika eke ank'avino.''[38]Fa jesosy namaly anjare hoe: ''Tsy
fantanan-dre izay angatahinan-dre. Anandre afaka misotro amin'ny kapoaka izay hisotroako va na hatanty ho
ato batisa amin'izay hagnanovagna batisa Ana?'' [39]Ahozin-jare Taminy hoe: ''Vitanay izany.'' Ary nivolagna
taminjare Jesosy hoe: Ny kapoaka izay ho sotroiko dia ho sotroinan-dre ary amin'ny hanovam-batisa Zaho, no
agnanovam-batisa anan-dre koa. [40]Fa zegny hipetraka eo antagnan-vanako na eo an-kaviako koza tsy miankina
aminah izany, fa izègny dia hoanjareo nagnomagna anjany.''[41]Raha naregny mômban-jagny ny mpianatra folo
hafa, dia vignitra mafy tamin'i Jakoba sy Jaona. [42]Nantsovin'i Jesosy ho eo aminare ary nivolagna hoe: ''Fantanan-

 

dreo fa ire izay heverigna ho mpanapaky ny Jentilisa de mpanompo azy ire, ary ny lebibe mpifehy anjare dia manapatra fahefagna aminjare.[43]Fa tsy tokony ho kara zegny ny amin'andre. Fa na zôvy na zôvy magniry ho lehibe aminan-dre de oka izy ho mpanompon'andre, [44] ary na zôvy na zôvy magniry aminan-dre dia oka izy no andevonan-dre jiaby. [45] Fa ny Zanak'Ologna tsy tonga ho tompoina, fa mba hanompo, sy hanolotra ny aignany ho takalon'aina ho an'ny maro.''[46]Tonga to Jeriko zaré. Raha nivoaka ny tanagna niaraka tamin'ny mpianatra sy fokon'ologna maro be Izy, ny zanak'i Timeo, Bartolomeo, izay mpangataka sady jamba, niantotra teo amorondalagna. [47]Ra naregny izy fa Jesosy avy tagny Nazareta izany, nantetra nihoraka be izy ary nivolagna hoe: ''Ry Jesosy Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!''[48]Betsaka no nivolagna mafy lè jamba, nivolagna taminy mba hangina. Fa vao maika izy niaka mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!''[49]Nidogna Jesosy ary nampiantso anazy. Nantsovin-jare lè jamba, ary nivolagniny hoe: '' Mahereza! Mitsangana! Magnantsova ano Izy.'' [50]Nariany ny lambany, ary nitsangana, ka nagnatogna amin'i Jesosy izy.[51]Dia namaly anan-jy Jesosy nivolagna hoe: ''Ino no tiano atoko amino?'' Ahozy le lalahy Jamba hoe: ''Raby ô, te-hahita zaho.'' [52]Ary ahozy Jesosy taminy hoe: ''Mande-hana. Ny nognano no nahavonjy ano.'' Dia nahita niaraka tamin-jany ny masony, ary nagnaraka an'i Jesosy tagny an-dalagna izy.

## Chapter 11

1kôfa raha nandeha tagny Jerosalema Izy re, de niàmàriny an'i Betifaga sy Betania, agny an-tendrombohitra
Oliva, Kôfa Jesosy nagniraka roe tamin -dre mpianany 2Kôfa nivôlagna taminjare hoe: "Mandihàna amin'iry
vohitra hely manolôagna antsena iry. raha tafiditra aka nare, dia hahita zanaboriky raika Mbôla tsy
nitengenanôlo. vahao Izy de ndeso aty amiko. 3Raha misy ôlo mivolagna amin-jare hoe: 'magnino nare magnano
zô? 'De atôvo hoe: Misy ilain' ny Tompo azy dia haverina haingana aty izy."4 l Nandeha niboaka izire de nahita
zanaboriky tôkana nifatotra take avelagny tragno agnilan'ny tamiagna tôkana také amorondalagna , ary
novahanandre ny fatorany. 5 Nisy olô sanany nijaridigna také ary nivolagna tamindre hoe : ino raha ataonàre,
mamaha io zanaboriky io?" 6De nikoragniny andre ny volagnan' i Jesosy tamindre, ary nabelan'ôlo nandeha
amin'ny lalany izire.7Kôfa nindesinjare mpianatra gognalahy roe take amin'i Jesosy gny zaboriky de natôny take
ambonin' izeigny ny sikinan'jare ka afaka nideba azy Jesosy. 8fontry gny ôlo namelatra gny sikinany tègny
andalagna,ary gny sasany kôza namelatra ratsan-kazo izay notapatahiny avy tagny antsabö .9Ireo izay nadeha
take alhany sy ireo nagnarakan' Azy nagnatsoantso hoe: " Hozana! deraina ilay tôkana avy tamin'ny Agnaran'ny
Tompo 10deraina ny fanjakana ho an'i Davida Babantsika! Hozana amin'ny Avo indrindra! "11Avake Jesosy niditra
tao Jerosalema ka nakao amin'ny kianjan'ny Tempoly ary nijerijery ny raha jiaby. kôfa, nihariva gny andro dia
nizotra nankany Betania izy sy ireo roembinifôlo lahy. 12Gny andro magnaraka raha niverina avy tany Betania
izire, de vôasôlogna Izy.13 Kôfa nahita kakazo aviavy tokana nodoroboka avy tery lavidavitra, de nagnatogna Izy
hijery raha misy vôgniny teo aminy ary rehefa nakeo Izy de tsy nahita na inona na inona afa tsy ravigny ny
fôgna, fa tsy mbôla taompamozan' ny aviavy tamin' io. 14Ary Izy nivôlagna tamizeigny hoe: tsy hisy hihinagna voa
avy aminao intsony mandrakizay." Ary ny mpianany nitandregny izegny.15Nenga tagny Jerosalema izire ary
niditra tao ankianjan'ny Tempoly izy ary nanomboka nandrôaka gny mpivarotra sy ny mpividy jiaby takà.
Niravany ny latabatra-njaré mpanakalo vola sy ny sezan- mpivarotra voromailala16 Tsy nambela na iza na iza
hitôndra raha izay azo amidy hiditra ny kianjan'ny Tempoly Izy.17De nampianatra andre Izy ka nikoragna hoe: tsy
efa voasoratra fô hoe: Ny tragnoko atao hoe tragno fivavahagna ho an'ny firenena jiaby nataonare ho johy
fiherehan'ny mpangalatra 18 Regninjare mpisorina sy ny mpanoradalana ireo izay nokoragniny dia nitady fomba
amonoana azy ireo fa natahotra Azy izy ireo satria ny fôkonolo jiaby varigna tamin'ny fampianarany 19Rehefa
tonga gny hariva, de niala ny tanàna izire.20kôfa raha nadeha izy ire gny mandraigna de nahita ilay kakazo aviavy
nalazo hatramin'ny vahany 21Ary Petera nahatsiaro ka nikoragna hoe: Raby ô! jahavo nalazo ilay aviavy
nozogninà."22Jesosy namaly azy ireo hoe: 'Manàgna finoana an'Andriamanitra 23koragniko aminare marina tokoa
fa na iza na iza mivôlagna amin'ity tendrombohitra ity hoe :mitsangàna ka mirodàgna agny andranomasina. kôfa
tsy misy fisalasalana ao am-pony fa mino fa ho azony izay nikoragniny. de toy izany no ataon' Andriamanitra.
24Noho ny izegny Izaho mivôlagna aminare hoe: izay jiaby ivavahanare sy angantahire, minoa fa efa nandray
izegny ianare de ho azonare izegny. 25Rehefa mijaridigna sy mivavaka ianare de tsy maintsy mamela izay alahelo
jiaby izay anagnanare na amin'jôvy na amin'jôvy ianare mba ho ambelan ny Rainare izay agny an-danitra fô koa
gny fahotanare.[Fanamarihana: fa gny fandikagna tsara 26indrindra dia tsy maintsy gny hoe :(zahavo matio 15:16
) MK 11:26" Fa raha tsy mamela heloka kôza anare dia tsy hamela ny fahotanare kôza gny Babanàre izay agny an
danitra .27Dia niakatra agny Jerosalema indray izire. Ary raha nandehandeha take ankianjan'ny tempoly Jesosy,
de tônga nagnatogn' Ananjy ny lôhan'ny mpisorona, ny mpanoradalagna, ny loholo 28 Ahozy izy ireo taminy hoe
"Fahefagna aviitakeza no agnanovanà iregny raha iregny ahozy re taminy hoe: ary iza nagname ana iregny
fahefagna iregny.?29Jesosy nikoragna tamindre hoe; " hametraka fanontaniana iraika aminare aho .koragno dia
volagniko dia holazaiko nare hoe fahefana avy aiza no agnanôvako iregny raha iregny 30Ny Batisan'ny Jaona avy
any andanitra va izeigny sa avy amin'ny olona?Valio Aho."31Nifapidinika miaraka izire sady nifamaly sy
nivôlagna raha mamaly antsika hoe avy agny an-danitra de nivolagna izy hoe fa nahoana ary no tsy nino anànjy
anare fa raha mamaly kôza antsika hoe :avy amin'ny32 ôlo.....natahotra ny ôlo izire satria resy lahatra ny olo-jiaby
fa Jaona de mpaminany tokoa33 Avy namaly an'i Jesosy izire ka nagnano hoe tsy hainé de hoy Jesosy taminjare
hoe zah fô koha tsy hivôlagna hoe fahefana aviakeza no agnanôvako iregny raha iregny."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 12

1Nantetra nampianatra azy reo tamin'ny alalany fagnoarana i Jesosy. Ahoziny hoe: ''Nisy lalahy nagnano tanom-
boaloka, kè nagnisy lakoro magnodidigna izègny, ary nandavaka famiazagna. Nanangana tilikambo izy avite
nampanofany lè tanim-boaloboka tamin'ny mpamboly voaloboka. De nèngalavitra izy avite. 2Tamin'ny fotogna,
dia nagnasa mpanompo handèha any amin'ny mpamboly voaloboka izy mbora halaka amin-jare ny asanagny
amin'ireo zay tokony anjarany amin'ny vokatr'ilay tanim-boaloboka.3Fa nisamborin-jare izy, nilamohin-jare izy
ary niroasigna tsy hitôndra na inona na inona.4Nagnasa mpanompo hafa nandeha any amin-jare ndrèka izy, de
nivakivakin-jareo ny lohany ary nalany baraka.5 De mbola nandefa afa migna, ary nivonin-jare raika. Naton-jare
karan-jegny ireo zay nalefa tany, nilamohigna ny asanany ary nivoniny ire hafa.6Mbôla nanagna ologna raika
hasaigna Izy, de zanak'ananjy zany. Izy no farany nalèfany tagny amin-jareo. Ahozy hoe: "Mba hagnaja ny zanako
lahy zare." 7Nèfa nifam-pizaka ny mpamboly voaloboka hoe: "Ity ny mpandôva. Avia, ndo vonintsika izy ary
azontsika ny lova."8Nisamborin-jareo izy, de nivonigna, ary natsipin-jareo tagny ivelan'ny tanim-boaloboka.9 Koa,
ino arika no haton'ny tompon'ny tanim-boaloboka? Ho avy izy handringana ny mpamboly voaloboka ary
hagnome tany ho an'olon-kafa.10Tsy nivakinan-dre zô soratra masigna zô? 'Ny vato zè nolavin'ny mpanoron-
tragno, no nato vato fehizoro. 11Avy tamin'ny Tompo izegny, ary mahamagna teo imasontsika.''12 Nizaha ny
hisamboragnan' i Jesosy zareo, saingy matahotra ny fokon'ologna zare satria fantan-jare fa hanoheragnanan-jaré
no nivolagnany izañy fagnoharana izañy. Ka de navelan-jare Izy ary lasagna nandeha zare.13De nagnasa ireo
Fariseo sy Herodiana sanagny ho any Aminan-jy mbo hamandrikan'Anjy amin'ny teny zare. 14Raha tônga zare de
ahozin-jare taminy hoe: '' Mpampianatra ô fantanay fa tsy mivakiloha ny hevitry ny ologna Iano, ary tsy
mamoaka fiangaragna eo amin'ny ologna. Mpampinatra marigna ny lalan'Anandriamanitra Ano. Ara-dalagna ve
sa tsia ny mandoa hetra amin'i Kaisara? Tokony handoa hetra sa tsia?'' 15Fantan'i Jesosy ny fihatsaram-belatsihin-
jare ka nivolagna izy hoe:' 'Nahogna anandre no mitsapa Za?'' Itondra denaria raika Za mbo hizahavako
izany.''16De niton-dran-jare vola raika i Jesosy. Ahozy tamin-jareo heo: ''Mitovy zôvy ito sary sy sôrata ito?'' Ahozin-
jare hoe: ''An'i Kaisara.''17Ahozy Jesosy hoe: ''Amivo an'i Kaisara zegny an'i Kaisara, ary amivo an'Andriamanitra
zegny an'Andriamanitra.'' De midagnako taminy zare.18Aviteo zare Sadoseo, ary nivolagna fa tsy misyy
fitsanganagna amin'ny maty, de tonga teo aminy. Nagnontany Ananjy zare, nagnano hoe: 19''Mpampianatro ô, zô
nosoratan'i Mosesy ho anay hoe: 'Raha maty ny ralahalain'ny lalahy iraika ary nambela vady izy, nèfa mbola tsy
niteraka, de tokony manambady ny vadin-dralahin'ny lè lalahy, ka hanagna taranaka hoan'ny ralahiny.'20Nisy fito
miralahy; nanambady lè volognany ary maty, tsy nambela taranaka.21 Avite nalaka'ananjy ny faharoa de maty, de
karan-jany koa ny fahatelo. 22Tsisy nambela taranaka zeo fito. Taminy farany de maty lè ramatoa.23 Amin'ny
fitsangananana amin'ny maty, raha hitsangana indraiky zareo, de hovadin-jovy izy? Satria favy nanambady anan-jy
daholo zare fito miralahy.''24Ary ahozy Jesosy hoe: ''Tsy zagny raha maha-diso hevitran'andre va, satria tsy
fantan'andre na ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra? 25Satria raha hitsangana amin'ny maty zare de tsy
hanambady na hatolotra hoan'ny fanambadiagna, fa ho kara anjely any andagnitra.26Fa mikasika ny
fitsanganan'ny tena amin'ny maty, tsy nivakin'andre ny tô amin'ny bokin'i Mosesy, ao amin'ny andalagna
mikasika ny voaroy, ny niresahan'Andriamanitra taminy ka novolagny hoe: ''Zâ no Andriamanitr'i Abrahama sy
Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba'?27Izy de tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ny velogna. Somary diso
ny hevitr'andre''28Nisy raika tamin-jare mpanoratra làlagna tonga ka naregny koragnan-jare; fa nivalian'i Jesosy
tsara zareo. Ary nagnontany Azy izy hoe: ''Ino tegna lehibe aminy didy jiaby?''29 Namaly Jesosy hoe: ''Ny maventy
indrindra de hoe: ''Mitandrignesa, nyTompo Andriamanitsika, ry Israely, raika ny Tompo. 30Tsy mentsy mankatia
ny Tompo Andriamanitr'ano aminy fôno rehetra ano, amin'ny fagnahino jiaby, amin'ny sègnano rehetra sy
amin'ny herino manontolo.' 31Ity ny didy faharoa: 'Tsy mèntsy mankatia ny namano kara ny tenano ano. 'Tsy misy
didy lehibe ankotran'ire.''32Ozy le mpanoratra làlagna hoe: ''Tsara zany, ry mpmpianatra! Voalazano marigna fa
Andriamanitra de Tokagna, ary tsisy afa ts'Izy. 33Ary mankatia ananjy amin'ny fo manontolo sy amin'ny saigna
rehetra, sy ny hery rehetra ary mankatia namagna tahaka ny tena, de tsara lavitra mihoatran'ny fanatitra
hidoragna sy ny sorona rehetra.34''Raha hitan'i Jesosy fa nagnome valin-teny hendry Izy, de nizaka taminy izy hoe:
''Tsilavitry ny fanjakan'Andriamanitra ano. ''Tafarak'izany, de tsisy nasahy nametraka fagnontaniagna tamin'i
Jesosy èka.35Namaly Jesosy, raha nampianatra tako amin'ny tempoly Izy; de Ahozy hoe:''Karakory mo
hivolagnan'ny mpanoratra lalagna fa i Kristy de zanak'i Davida? 36Davida tenany, tamin'ny Fagnay Masigna,
magnano hoe: mipètraha eto an-tanan-kavanako, mandrapahagnaboarako ny fahavalono ho fitœrany tongonô.'
37Davida tegnany no nagnatso Ananjy 'Tompo,' koa karakory no maha zanak'i Davida i Kristy? Nitandregny anan-
jy ampi-faliagna ny fokon'ologna maro be.38Tamin'ny fampiagnarany Jesosy de nivolagna hoe: Mitandrema
amin'ireo mpanora-dalàna, izay mandèndèha amin'ny akanjo lava ary tian-jareo ny fiarabagna azon-jare hagny

 

an-tsena [39]ary tian-jare ny mahazo sezy volognany any synagoga sy ny toeragna volognany any amin'ny fety. [40]Mandroba tranon'ireo mpitondra tena izy ireo, ary magnano vavaka lava be mbora ho hitny ologna. Ireo lalahy ireo andray fagnamelohagna lehibe kokoa.''[41]Avitaké Jesosy de nipetraka nifagnitsy ny vatan-drakitra tô amin'ny faritry ny tempoly; nizaha ny ologna rehetra izay nandatsaka vola tô amin'ny vatan-drakitra. Mpanankaregna no tegna nandatsaka vola betsaka tô. [42]De nisy viavy mahantra mpitondra tena raika tônga nandatsaka farantsakely roa, izay hely bolitika raha ampitovisagna amin'ny iraimbilanja.[43]Ary nantsoviny ireo mpianatra ary ahozy Izy hoe: ''Volagniko amin-dre marigna tokoa ito viavy mahantra mitondratena ity no nandatsaka vola bètsaka mihoatra amin'ologna nanda-tsaka vola tô amin'ny vatan-drakitra. [44]Satria ny rehetra nagnome tamin'ny fanagnamben-jare. Fa ity mpitondratena ity nagnome taminy fahantrany, de nandatsaka vola tokony hivilomany tô.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 13

[1]Ary rà niala takà an-kianjan'ny tempoly Jesosy, dia nivolagna tami'ny araiky tamin'jaré mpianatrany hoe:
"Mpampianatra ô, zahava ny hatsaran'ny vato sy ny hattsaran'ny rafitry!" [2]Hozy taminanjy hoe: "Hitanô mo reto
rafitry maventy reto? Tsy havaila hisy vato areky hifampitikigna ake ke tsy ho ravagna."[3]Rà nidôko také an-
tanetin'Oliva nifagnandrify ny tempoly Izy, dia nagnontany Ananjy mangingigna Petera, Jakoba, Jaona sy Andrea
hoe: [4]"Volagno aminay, hoviagna no hitranga zegny jiaby zegny? Ino no famantaragna izikoa hitranga iré raha
iré?"[5]Ary Jesosy nanômboko nivolagna tamin'jaré hoe: "Mitandrèma mbo tsy hisy ôlogno hampivily lalagna
anandré. [6]Fô maro no ho avy amin'ny Agnarako sy hivolagna hoe: "Zaho no izy", ary maro no ho voafitaka.[7]Rà
naregny ady sy korambe momban'ny ady anaré, dia aza magnahy; tsy maintsy higadogna iré, fô tsy mbôla zegny
ny farany. [8]Fô hisy firenegna hitsangagna hamely firenegna, ary hisy fananjakagna hamely fanjakagna. Ary hisy
hôrohôron-tany amin'ny toeragna maro, sady hisy silogna. Zegny no fihantombohan'ny fiterahagna.[9]Mitandrèma
anaré. Ho atôlotron'jaré amin'ny Synedriona anare, ary ho vilezigna ako amin'ny Synagoga. Hitsangagna
manoloagna iré mpanapaka sy iré mpanjaka noho ny Aminahy anaré, ho vavolombelogna amin'jaré. [10]Fô ny
Filazantasra dia tsy maintsy ho toriagna agny amin'ny firenena jiaby alôngany.[11]Rà misambotro sy manôlotro
anaré zeré, dia aza magnahy ny amin'jegny tôkony ho volagninaré. Fô amin'igny ôra igny, dia hamiagna anaré
zegny tôkony ho volagninaré; tsy anaré akôry no hivolagna, fô ny Fagnahy Masigna. [12]Ny ralahy hanôlotro ny
ralahy ho faty, ary ny baba hanôlotro ny zanany. Ny zanaka hitsangagna hanôhitry ny ray aman-dreniny ka
hahavono anjaré. [13]Ho halan'ny ôlon-jiaby anaré nôhon'ny Agnarako. Fô na izôvy na izôvy maharitry
hatragniamin'ny farany, dia ho voavônjy zegny ôlogna zegny.[14]Fô raha hitanaré mitsangagna aké amin'ny tsy
tôkony hitsanganany ny fahavetavetagnan'ny fandravagna (oka hisaigna zegny mamaky), dia aoka zegny avy
agny Jodia jiaby hilaifa agny an-tanety, [15]zegny ako an-tafon-tragno oka tsy handrorogno ako an-dragno na
hamôaka raha avy ako amin'jegny, [16]ary zegny agny an-tsaha oka tsy hiverigna hialaka ny akanjony.[17]Lozan'jaré
vihavy bikibo sy mampinono amin'jegny andro zegny! [18]Mivavaha anaré mbô tsy ho amin'ny ririrgnina no
hitrangan'jegny. [19]Fô hisy fahoriagna be, zegny tsy mbôla nisy hatragniam'bôlohany, kôfa namôrogno zô tôntolo
zô Andriamanitra, ke mandrak'iniany, ahà, kè mandrakizay tsisy kôza zagny. [20]Izy kô tsy nafohézin'ny Tompo
zegny andro zègny, dia tsohisy nôfo ho voavonjy. Fô nôhon'ny ôlom-bôafidy, zègny voafidiny, dia nafohezin'ny
isan'jegny andro zègny.[21]Ary koa misy ôlogna mivôlagna hoe: "Zahano, atô lay Kristy!" na koa hoe: "Zahano, arô
Izy!" dia aza matôky anjègny. [22]Fô hisy Kristy sandoko sy mpaminagny sandoko hiboaka kè hamoaka
famantaragna sy fahagagagna, mbô hamitahagna, na dia ny ôlom-bôafidy aza, kôa azo atô. [23]Miambèna! Efa
nivolagniko taminaré mialôha ny fotoagnan'iré raha jiaby iré.[24]Kanaifa afaran'ny fahoriagnan'iré, dia
hanômbokoahizigny ny masôva, ny davôlagna tsy hagnamia ny hazavagna, [25]iré kintagna hiraraka avy agny
amin'ny lagnitry, ary iré hery zègny ako an-dagnitra ho hôzongôzognina. [26]Kè ho hitan'jaré ny Zanak'Ôlogna avy
agny amin'ny rahôgna amin'ny hery mafy sy voninahitry. [27]Ary hagnasa ny anjeliny Izy kè hagnangogna miaraka
iré ôlom-boafidiny avy agny amin'ny vazan-tany èfatra, avy agny amin'ny faran'ny tany kè hatragny amin'ny
faran'ny lagnitra.[28]Malaka lesogno avy amin'ny kakazon'aviavy. Rà koa mandady sy maniry ny rantsany, dia
fantanaré fô mariny ny lôhatogno. [29]Kara zègny koa, izy ko hitanaré mitranga zègny raha jiaby zègny, dia
fantanaré fô èfa mariny Izy, marikitry ny vavahady.[30]Volagniko aminaré, marigny tokoatra, itô taranaka itô dia
tsy ho foagna mandra-pitrangan'jegmy raha jiaby zègny. [31]Ho levogno ny lagnitra sy ny tany, fô ny teniko kosa tsy
mbô ho levôgna mandrakizay. [32]Fô ny mahakasiky zègny andro na fotoagna zègny, dia tsisy mahai, na dia iré
anjely agny an-andagnitra aza, na ny Zanaka, fô ny Baba foagna.[33]Mitandraima! Miabaina, satria tsy fantanaré ny
fotoagna. (Fanamarihagna: Iré fahaifagna talôha dia hoe: Mitandraima! Miabaina ary mivavaha, satria...) [34]Zègny
dia karaha ny lilahy araiky handaiha lavitra_niala ny tragnony izy kè iré mpanompony no nasainy niambigna ny
tragnony, samy amin'ny raharahany avy, ary nandidy ny mpiambigna Izy mbô tsy hatôry.[35]Koa miambèna, satria
tsy fantanaré hoe hoviagna no ho avy ny tompon-tragno; mety ho amin'ny androaligna zègny, na amin'ny
sasak'aligna, na magneno akôho, na mandraigny. [36]Fô koa avy tampoko izy, dia aza avèla hahita anaré mandry
izy. [37]Izy volagniko aminandre dia volagniko amin'ôlogno jiaby koa: Miambèna!"

Chapter 14

[1]Ary roa andro alohan'iny Paska sy ny Fankalazagna ny finanagna ny Mofo tsy misy Masirasira tamin'izany.
Nizaha fomba hisamboragna an'i Jesosy mangingina ire lohany mpisorogna sy ny mpanoradalàna ary hamono
Azy avakeo. [2]Fa ahozin-jare hoe: ''Alo tsy amin'ny andro fety, mbo tsy hanabataba ny ôlogna.''[3]Raha tagny Betania
tô anpdragon'i Simona boka i Jesosy, raha nipètraka to an-databatra Izy, de nisy viavy raika hagnatogna Azy
nitôndra tavoara alabastera misy menaka lafo vidy izay narda tsimifangaro. Nivakiny ilè tavoara de nararany
amin'ny lôhany izegny. [4]Nahavignitra ny ôlogna asanany anefa zegny. Nifampy volagna izire ka nagnano hoe:
''Ino no aton'izô fandanindanigna izô? [5]Io menaka magnitra io azo ambidy mihoatra ny telonjato denaria, ary
namiagna ny mahantra.'' De nivigniran-jare ilè viavy avitake.[6]Nèfa ahozy Jesosy hoe: ''Ambile izy. Nagnino anan-
dre magnano zay mampalahelo Anan-jy? Raha tsara natony taminà. [7]Ny mahantra de eo amin'andre
mandrakariva, ary mahazo magnano asa soa ho anjare fogna anare na aminy fotogna ino na fotogna ino, fa
Izaho koza tsy hidôka aminan-dre mandrakariva. [8]Nagnano izay azony ato izy: nagnosotra ny vatako ho amin'ny
fandivegnana izy. [9]Volagniko marigna aminan-dre na zôvy hitoriagna ny Filazantsara magneragna izo tontolo izô,
de volagnina ny naton'ity viavy ity, mbô fahatsarovagna anan-jy.''[10]Tônga te Jodasy Iskariota, raika tamin'izy
rombifolo lahy lasagna amin-jare lohan'ny mpisorogna hahafahan-jare manondro Azy eo amin-jare. [11]Raha
naregny an-jegny ire lohanim-pisorogna, de faly zare ka nanpagnantegana hagnome vôla anan-jy. De nanomboka
nizaha hevitra hanoloragna amin-jare izy.[12]Tamin'ny andro volognan'ny finanagna ny Mofo tsisy masirasira, raha
nagnano ny sorogna ny ondrin'ny Paska zare, de ahozy ire mpianatra taminy hoe: Aiza tiano andehananay
hikarakaragna sakafo, mbo hinanano sakafon'ny Paska?'' [13]De nagnasa roy tamin'ire mpianatra Izy ka mivôlagna
tamin-jare hoe: ''Mandehana agny an-tanagna, ary hisy lalahy mitondra siny feno rano hitrotra aminan-dre.
Magnaraha Anan-jy. [14]Izay tragno hidirany, magnaraha azy de volagno ny tompon'izegny tragno zegny hoe: Ahozy
mpampianatra hoe: ''Akaiza ny hefitragno fandraisam-bahiny ahafahako miaraka mihinagna amin'ire
mpianatro?''[15]Hatoroko anandré ny efitrano maventy any ambony etazy misy fanaka izy efa vonogna tsara izy.
Ako no atovy ny fanomanagna rehetra ho antsika.'' [16] De lasagna ny mpianatra nandika ny tagna. Hitan-jare araka
izany izé efa ny volagny tamin-jare ny raha jiaby, de nanomagna ny sakafon'ny Paska izireo.[17]Raha haligna ny
andro, de tonga niaraka tamin-jare roa ambifolo lahy Izy. [18]Raha nipetraka teo an-databatra sy nihinagna izy ire,
ahozy Jesosy hoe: ''Volagniko marigna aminan-dre, fa ny raika amin'andre izay miaraka mihinagna amiko eto de
hamadika Anà.'' [19]Nalahelo mafy izy rehetra, ka nivolagny taminy ny tsirekareka hoe: ''Tsy Zà zègny e.''[20]Jesosy
namaly ka nivolagna tamin-jare hoe: ''Ny raika amin'andre roa ambiny folo izegny, le raika miaraka
magnatroboka mofo Aminah agnaty lasety izo.''[21]Fa ny Zanak'Ologna de handeha amin'ny lalagna izé efa
nivolagniny Sôratra Masigna momba Azy. Fa lôza kòza hoan'ny lalahy izè mamadika ny Zanak'Ologna izegny.
Tsara hoanan-jy kokoa aza raha tsy teraka izy.''[22]Raha mbôla te ampinanagna izire de nangalaka ny mofo i Jesosy,
nisôtra, ary nirasarasainy izegny. Natondro an-jare izegny sady nagnano hoe: ''Raiso, ity no vatako.'' [23] De
nangalaka ny tasy Izy, nisôtra, ary natondro an-jare izany, de nisôtro taminjegny izy jiaby. [24]De ahozy Izy tamin-
jare hoe: ''Ity ny ràn'ny fagnekem-piavanako, rà izegny alatsaka ho an'ny maro. [25]Volagniko marigna amin'andre,
tsy hisotro itô vokatry ny voaloboka itô kôza Izaho mandra-pahatongan'ny andro izey hisotroako izegny idraika
any amin'ny Fanajakan'Andriamanitra.''[26]Rha avy nihira fideragna izire, de nandeha any an-tandrombohitr'Oliva,
[27] Hozy Jesosy tamin-jare hoe: ''Hiala Za tokoatra anan-dre jiaby, fa vosôratra hoe: 'Hamely ny mpiandry ondry Za
ary hiparitaka ny ondry.'[28]Fa raha avy nitsangana amin'ny maty Za, de hialôha lalagna anare ako Galelia.'' [29]De
ahozy Petera taminy hoe: ''Na iala dahôlo aza ny rehetra, izaho tsy mbo iala zany.''[30]Ahozy Jesosy taminy hoe:
''Volagniko marigna amino, fa niany ariva, raha mbola tsy magneno akory ny akoho, de efa handà Ana in-telo
ano.'' [31] Fa ahozy hoe: ''Na tsy mentsy miaraka maty aminao aza Zah, tsy mbô handà Ano.'' De samby
nampananetegna kara anjagny daholo zare jiaby.[32]Ary tônga tagny amin'ny toeragna ato hoe Getsemane zare, de
ahozy Jesosy tamin'ny mianatra hoe: ''Mipetraha aketo fa mbola mivavaka Zaho.'' [33]De nidosin'ny i Petera, sy
Jakoba, ary Jaona niaraka taminy Izy ary nalahelo sady hory tanteraka. [34]De Ahozy tamin-jare hoe: ''Fadiranovana
lôtra ny Fagnahiko kara efa ho faty. Mipetrah aketo de miambena.''[35]Nagnalavitra kely Jesosy, nankohotra taminy
tany, de nivavaka Izy raha ôhatra azo atô, de hiala Aminy izany lèra izegny izy. [36] Ahozy Izy hoe: ''Aba, ray o, ny
raha jiaby haino ato. Alaho amina ity kapoaka ity. Nefa hoka tsy sitrapoko ny atô, fa ny Ano.''[37]Niherigna Izy de
nahita anan-jare nandry, ka ahozy Izy tamin'i Pietera hoe: '' Simona, mandry mè ano? Tsy nahavita niambina lera
raika va ano? [38]Miambegna de mivavaha mbô tsy hidiran'andre aminy fakam-panahy. Ny fagnahy mety mazoto
tokoa, fa nofo no malemy.'' [39]De nandeha ndraika izy niala kely ary nivavaka, ary de namerigna ny teniny teo
aloha migna.[40]Niherigna indraika Izy de nahita anjare nandry, fa navesatra ny torimaso ny mason-jare ary tsy
nahita zegny novolagnina taminy . [41]Nagnatona mpagnintelo Izy ka nivolagna anjareo hoe: ''Mbôla mandry


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

malaka haina fogna va anan-dre? Ampy izay! Efa tonga ny fotogna. zahava! Ny Zanak'ologna nivadihana
hatondro an-tagny mpanota. [42]Mitsangàna; ando andeha andtsika. Zahavo, efa marikitry ilè hamadiaka
Anah.''[43]Ary raha mbola ampivolagana Izy, de tônga Jodasy, raika aminjare roa ambifolo lahy, niaraka taminy
fokon'ologna maro izy ize nitôndra sabatra sy lalagilangy, avy amin-jaore lohan'ny mpisorogna ny
mpanoradalàna, ary ny lohona. [44]Ary lè mpamdika Azy nagnome famantaragna anjare, nivolagna hoe: ''Izegny
hirohako, Izy lèn Izy. Samboro Izy de ambeno.'' [45]Raha tônga Jodasy, de nagnatogna an' i Jesosy avy hatrany izy
sady nivolagna hoe: ''Raby'' ary nagnoroka Azy izy. [46]Avite de nisamborin-jare Jesosy.[47]Nisy araika tamin-jare
nijtsangana te kanamoaka ny sabtrany ary namango ny mpanompon'ny ka nanapaka ny tadiginy. [48] Ahozy
Jesosy tamin-jare hoe: ''Avy hanambotra Za, kara hanambotra jiolahy, miaraka amin'ny sabatra sy lalangilangy va
anan-dre? [49]Taminy Za teo aminareo isan'andro sy nampianatra tô amin'ny tempoly, tsy ny sambôrinan-dre. [50]Fa
natô izo mbô hatanteraka ny Sôratra Masigna.'' De nando Azy daholo izy jiaby niaraka tamin'i Jesosy ary
nisitrika.[51]Ary nisy tovolahy arèky, tsy nitafy afa-tsy lamba hariry fotsy ihany, naganaraka, an'i Jesosy. Raha
nosamborin'ny ôlogna izy [52] de nambelany te ny lambany ka lasagna nilèfa izy sady tsisy lamba izy.[53]Nindesin-jare
tagny amin'ny mpisorona be Jesosy. Niara ny vory te daholo ny mpisorona jiaby, sy ny loholona, ary ire mpanora-
dalàna. [54]Ary Petera nagnaraka Aananjy tany lavidavitra any, hatrany amin'ny tokotan'ny mpisorona be.
Nipetraka teo amin-jare mpiambigna izy, izay namindro teo amin'ny afo.[55]Ary ire lohan'ny mpisorona sy ny
Synederiona Jiosy de nizaha vavolombelogna manohitra an'i Jesosy mbô hahafan-jare mamono Anan-jy. Saingy
tsy nahita zare. [56] Fa maro ny niampanga lènga Anan-jy, nefa ny fampangan-jare aza tsisy marigan avokoa.[57]Ary
nisy ologna asanany nitsangana ka nampanga lènga Anan-jy; ahozinjare hoe: [58]''Regninay Izy nivolagna hoe: ' Ho
ravako ity tempoly namboarina tagnana ity, ary agnatiny telo andro Zaho de hanangana reka hafa tsy
hamboarin-tanana.'' [59]Fa mbola tsy nifagnaraka migna ny fampangan-jare.[60]
[61] Fa nagigna Izy sady tsy namaly na ino na ino. De mbôla nagnontany Anan-jy indraiaka ny mpisorona be hoe:
''Iano va i Kristy, Zanak'Ile vohatahy? [62]AryDe ahozy Jesosy hoe: ''Izaho no Izy; ary hitanan-dre ny Zanak'Ologna
raha mipetraka eo an-tanankavanan'ny herin'Andriamanitra sy avy amin'ny rahon'ny lagnitra.''[63]Ary ny
mpisorona be nan-drota ny lambany sady nagäno hoe: ''Mbola mila vavolombelogna koa va antsika?[64]Efa
regninan-dre ny fitenenan-dratsy. Ino no fanapahan-kevitra anan-dre?'' Zare jiaby samby nagnameloka Azy ny
mendrika ho maty.[65]Ny asnany niantetra nandrora tamin'Anjy ary nanampigna ny tarehiny ka nandamoka Anan-
jy ary nagano taminy hoe: ''Maminagnia! Ary ire manamboninahitra nalakan'Anjy ka nandaroka Anan-jy[66]Ary
raha te ambany an-kianja Petera, de nagnatona azy araika tamin-jare mpanompo vavin'ny mpisorona be. [67]
Nahita an'i Petera nitsangana namindro te amin'ny afo izy, de nodinihany akaiky. De ahozy taminy. ''Ano koa
niaraka tamin'ile Nazarena, Jesosy. [68]''Fa izy nandà izegny, nagnno hoe: ''Tsy fantako sady tsy azoko ny raha
volagnino.'' Avy te de lasa niala ny kianja izy.[Fanamarihana: Ire fandikana asanany manampy hoe: ''De nagneno
ny akoho,'' fa ireo fandikagna taloha tsara indrindra dia tsy misy an'io teny io.][69]Fa ilè zaza vavy te nahita anan-jy
de nanaomboka nivolagna tamin-jare hoe: '' Io lalahy io de raika tamin-jare!'' [70]Fa mbôlala nandà kao izy. Kelikely
avy teo ahozin-jareo nitsangana teo tamin'i Petera hoe: ''Raika amin-jre mihitsy ano,satria ano koa de
Galliliane.''[71]Fa nanomboka nagnozontegana sy nagnao veliranao izy hoe: ''Tsy haiko izany lalahy volagnin'andre
izegny.'' [72]Ary niaraka tamin-jegny de nagneno ampanindroany ny akoho. Avite de natsaro ny tenin'i Jesosy
taminy Petera hoe: ''Raha tsi mbola magneno fagnindroa ny akoho, de handà Zaho intelo ano,'' De nalahelo mafy
izy sady nitomagny.

Chapter 15

[1]Vo mahizimbe, de nivôry ny mpisorombe iraidia tamin'ire lohôlo sy ire mpanora-dalana ary ny synedryona Jiosy
araika manontôlo. nofatoran-jare Jesosy ary nentin'izire niboaka. natolotr'izire take amin'ny Pilato Izy.[2]
Nagnotsaf' Anazy pILato hoe: " ianà me no mpanjakan'ny Jiosy? " novaliany hoe : " voalazanà. "[3] Nanolotra
fiampangagna fontro nanohitra an''i Jesosy ire lôhan'ny mpisorona.[4]Nagnotsaf' Anazy indraiky Pilato hoe: " Tsy
manome valin-teny vô anà? Jahavo ny anfontrin'ny fiampangana anà indôsin-jare manohitra Aná! "[5] Fa tsy
namaly an'i Pilato kôza Jesosy, de nahavariagn' anazy izeigny.[6]Kofa tamin'ny andro firavoravoana, de namoaka
gadra araiky ho anazy ire fôgna Pilato, gadra izay angatahi'izy ire. [7]Niraidia tamin'ire mpikomy tao am-ponja, teo
amin'ire mpamono ôlo izay voatazogna nohon'ny fandraisan'izire anjara tamin'ny fikomiana, dia nisy lalahy
araika antsoina hoe :"Barnabasy.[8] Dia nankeo amin'ny Pilato ny fokonôlo ka Nanomboka nangataka taminy mbô
hagnanôvany anazy ire araky ny fataony tagny aloha.[9]Pilato namaly anazy ire ka nivôlagna hoe:" Tianare vô raha
ny Mpanjakan'ny Jiosy no alefako ho anare?"[10] Satria fantany fa fialonana no nanoloran'ny lôhan'ny mpisorona
an'i Jesosy taminy.[11] Fa nagnetagna ny fôkonolo ire lôhan'ny mpisorona mbô hidalala maré fa tokony ho Barabasy
kôza no havôsotro.[12]Dia namaly anazy ire indraiky Pilato ka nagnano hoe:" Ino arika izeigny no tôkony ho ataoko
amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy?" [13] De nidalalalala indraiky izire hoe:" Homboy Izy!"[14]Ahozy Pilato amin-jare hoe:"
Ino ny tsy tsara nataony?" Fa nidalala maré hatrany hatrany izire hoe:" Homboy Izy." [15] Te hagnanôvany izay
hahafapô azy ire Pilato, koa dia nahafany ho Anazy ire Barabasy. Novangoiny Jesosy ary aviake natolony mbô
hofantsiana.[16]Nindosin' ire miaramila ho eo an-kianja Izy ( izay ivon-toeran'ny fanjakana), ary nantsoin-jare jiaby
ny antôko miaramila manontolo.[17] Nampisikinin' izire lamba volomparasy Jesosy, ary nandrandragna fehiloha
fantsy izire ka namemetraka izeigny teo aminy. [18]De Nanomboka nangnotsaf' Anazy izire ary nivôlagna hoe:'
Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy!"[19]Novangohin'izire tamin'ny volotara ny lohany sady nandrora teo aminy. De
nandohalika teo anatrehany izire mody nider' Anazy.[20] Rehefa avy nagneso Azy izy ire, de nendahin' izire taminy
indraiky ny lamba volomparasy ary nampisikinin'izy ire Anazy ny fisikinany manokana , ary de nindesin-jare
niboaka Izy mbô hamantsian-jare Anazy.[21] Noteren-jare ny mpandalo anakiraiky izay avy agny antsabo mbô
hilanja ny kakazofijalian' i Jesosy, lalahy araika angizana hoe Simona Kyreniana Baban'i Aleksandra sy Rofosy.
[22]Nindesin-jare miaramila tagny amin'ny toerana atao hoe Golgota Jesosy ( izay midika hoe " Toerana ; ny
karakandôha ' ).[23] Namian' izire divay nifangaro miora Izy, fa tsy nigiaka an' izeigny Izy.[24] De nofantsian-jare Izy,
ary nifampizaran-jare tamin' ny alalan' ny ankitsapaka ny fitsikinany mbô hahalalana izay ampahany raisin'ny
miaramila tsirairay.T[25]amin'ny ora fahatelo Izy no nofantsian' izire .[26] Ary teo amin'ny takelaka kakazo araiky no
nosoratan' izire ny fiampangana nanohitra Anazy hoe:" Mpanjakan ' ny Jiosy."[27] Jiolahy roe no niraidia
nofantsian;' izire taminy, ny araiky teo ankavanany ary ny araiky kosa teo ankaviany.[28] [ Fanamarihana: Ireo
fandikana taloha tsara indrindra de tsy manitsy ny Marka 15: 28 hoe: " De lavorary ny Soratra Masina magnano
hoe:" natao ho isan ' ny mpanota Izy. ! ( Ampitahao ny Lioka 22 : 35 ) ][29]Ireo izay nandalo teo de naniratsira Anazy,
nagnifikifi- dôha ary nagnano hoe;" Aha! Ianao Ilay afaka mandrava ny Tempoly ary magnorina izeigny ao
anatin'ny telo andro,[30] Vonjeo ny tegnanao ary mandrôrogna avy amin'io kakazofijaliana io!"[31]Ny lôhan'ny
mpisorona koa de nagneso Anazy Karaha izeigny, niraidia tamin'ire mpanora-dalana, ary nivôlagna hoe;'
Namonjy ny hafa Izy, nefa tsy mahavonjy ny tegnany. [32]Aoka Ilay Mesia, Ilay Mpanjakan'Israely, handrôrogno avy
akeo amin'ny kakazofijaliana, mbô ho jahavanay ary hinoanay," ary ire nofantsihana niraidia taminy koa de
nagneso Anazy.[33]Tamin'ny ora faha enigna, de tônga take amin'ny tany jiaby ny aizina hatramin' ny ora faha sivy.
[34] Kôfa tamin'izeigny ora fahasivy izeigny de nidalala tamin'ny feo marè Jesosy hoe:" Eloy, Eloy, lamà sabaktany?"
izay midika hoe:" Andriamanitro ô, Andriamanitro ô , nahoana Anà no nahafoy Ahy?" [35]Ny sanany tamin'izire
izay nitsangana take nandregny ny koragnany ka nivôlagna hoe :" Jahavo, magnatso any Elia Izy. "[36]Nisy ôlo
araika nihazakazaka, nangnazoboka divay madilo ny eponzy , ary nametaka izeigny tamin'ny volotara, de
nagnamia izeigny ho sotroiny. Ilay lalahy nivôlagna hoe:" Aoka jahavanay raha ho avy ampandrorogna Anazy
akeo Elia." [37]Aviake Jesosy nidalala tamin'ny feo marè dia maty.[38] Rota nizara roe hatragny ambony ka hatrany
ambany ny Lamban'ny Tempoly.[39]Kôfa hitan' ilay kapiteny izay nitsangana sy nifanatrika tamin' i Jesosy fa maty
tamin' izeigny fomba izeigny Izy, de Ahozy Izy hoe:" Tena Zanak'Andriamanitra marina tokoa Io Lalahy Io.[40] De
nisy vaiavy koa nijaha tegny lavitra tegny .Isan'izeigny Maria Magdalena, Maria ( renin' i Jakoba zandriny sy
Jesosy ) ary Salome.[41] Tamin' Izy tagny galilia de nagnarak' Anazy sy nanompo Anazy izire. Ary vaiavy fontro hafa
koa no niraidia niakatra taminy tagny Jerosalema.[42]Kôfa tônga ny hariva, satria andro fiomanana, izegny hoe,
andro mialohan' ny Sabata io, [43]de tônga take Josefa avy agny Aramatia, mpikambana hajaina ao amin'ny
Synedriona izy, izay nandigny ny Fanjakan' Andriamanitra. Nanam-pahasahiana izy nankany amin'ny Pilato
hangataka ny fatin' i Jesosy.[44] Variagna Pilato hoe maty sahady Jesosy ; de nangizan' ilay kapiteny ary nagnontany


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

azy izy raha maty Jesosy.[45]Rehefa nahazo antoka tamin' ilay kapiteny izy fa maty Jesosy, de nomeny an' i Josefa ny vatana manara.[46] Ary Josefa nividy hariry madinika . Nampandrorogno an' i Jesosy teo amin'ny kakazofijaliana izy. de namono Anazy teo amin'ny fasana izay nolavahana tao amin'ny vatolampy. Aviake nanakodia vato maventy teo amin'ny tamiagnam-pasana izy .[47] De hitan' i Maria Magdalena sy Maria maman' i Jesosy ny toerana nandevenagn'Anazy.

Chapter 16

[1]Kôfa tapitra ny andron' ny Sabata, de nividy raha magnitra ahôsotro amin' ny fatin' i Jesosy i Maria Magdalena
ndraiky Maria maman' i Jakoba, ndraiky Salome nividy hagnitra mbô handeha kè hagnôsotro ny fatin' i Jesosy.
[2]Vô mahizim-be tamin'ny andro vohaloha' ny herinandro, de nankeny amin' ny fasana izy zare kôfa niposaka ny
masôva.[3]De nifampikoragna izy zare fô:" Azôvy no anakodia ny vato eo amin'ny tamiagnan' ny tragno manàra ho
antsika?"[4] Kôfa nitraka zare , de hitany fa efa voakodia niala ilay vato , izay tena maventy tokôatra,.[5]Nitrôfotro
takô an- tragno manara zare de nahita gaön-dahy niankanjo fotsy, nidôko take ankavanana, kè de variagna zare[6] .
De ahozy Izy taminin' zare fô:" Aza mavôzo. Miaragna an' i Jesosy nare, Ilay Nazarena, izay nofantsihana.
Nitsangana Izy! Tsy aketo Izy. Jahavo ny toerana izay namitrahan-jare Anazy.[7] Fa mandihàna, koragnó zare
mpianany ndraiky Petera fa hialôha lalagna anjare agny Galilia Izy. agny no hahitanare Anazy, araky izay
nivolagniny taminare.'[8]Nibôaka zare kè nihazakazaka niala ny tragno manara; nangôrohôro sy variagna zare.
Tsy nivôlagna na ino na ino tamin'ny ôlo zare satria tena navôzo maré.[9][ Fanamarihana: Ny fandikana talôha
tsara indrindra de manala ny Marka: 16: 9-20] Vô maraigna tamin' ny andro voalohan' ny herinandro, tafaran' ny
nitsanganany, de niseho tamin' i Maria Magdalena aloha Izy, ilay nandroahany demonia fito, [10]De dila Maria kè
nikoràgna ny vaovao tamin' njare niraidia tamin' i Jesosy, raha mbôla nisaona ndraiky nitomany zare.[11] Regnin'
njare fa velogna Izy kè nahita Anazy izy saingy tsy nino izire.[12][Ny fandikana talôha tsara indrindra de manala ny
Marka 16: 9-20] Tafaran'ireo raha ireo Jesosy de niseho tamin'ny endrika hafa tamin'ny roe tamin'njare, raha
nandehandeha ho agny an-tanàgna zare[13] De dila zare kè novôlagna tamin'jare mpianatra sisa, saingy tsy nino
zare.[14][ Fanamarihana: ny fandikana talôha tsara indrindra de manala ny Marka 16:9-20 ] Taoriana hely de
niseho tamin'ny araiky amin'ny folo lahy Jesosy raha mbola take ampihinanagna zare, kè nivôlagna maré anjre
Izy nohon' ny tsy finoagna ndraiky hamafin' ny fon' zare, satria tsy nino ire izay nahita Anazy taoria'ny
nitsanganan'ny tamin' ny maty zare.[15] Kè ahozy Izy tamin-jare fô :" Mandihàna agny amin'izao tontolo izao, kè
torio amin'ny ôlo jiaby ny filanzantsara.[16] Izay mino ndraiky atao batisa no ho vonjena, kè izay tsy mino kôza de
ho helohina.[17]Fanamarihana: Ny fandikana talôha tsara indrindra de manala ny Marka 16: 9-20 ] Ireto
famantaragna ireto de hanaraka zare zègny mino: Amin'ny Anarako no hamoha-njare demonia. hivôlagna
amin'ny fivôlagna vaovao zare. [18]Handray menarana amin'ny tanana zare ary raha migiàka raha mahafaty njare,
de tsy hampagninona Anazy zègny. Hagnano petra-tagnana amin'ny tsy salama zare, de ho salama iregny."[19][ Ny
fandikana talôha tsara indrindra de manala ny Marka 16: 9-20 ] Kôfa avy nikoragna tamin-jare ny Tompo, de
nampiakarina ho any an-danitra Izy ary nidôko eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra.[20] De dila zare
mpianatra nitory ny Bakôra jiaby tegny, ary ny Tompo niara-niasa tamin-jare ary nanamafy ny Bakôra tamin'ny
alalan'ny famantaragna izay niraidia tamin'njare.

# Luke

Chapter 1

[1]Maro iré niaizaka nanôratra tantara mikasika iré raha-nitranga zai tanteraka takéto amintsika, [2]karaha izégny
efa nanoloran-jaré ré ananjy tamintsika, zai efa vavolombelogna nagnatri-maso sy mpanompon'ny teny hatragny
ambolôhany. [3]Ary aminahy hiany koà de karaha manjary - kôfa nagnadihady tsara ny fandehan'ny raha jiaby
hatramin'ny vôlohany- ny hanôratra tatitra karaha ny filaharany ho anô, ry Teofilo mendrika indrindra. [4]Izégny
de mbô ahaizanô ny marigna mômba iré raha nampianarigna anô.[5]Tamin'ny andron'i Heroda, mpanjakan'ny
Jodia, de nisy araika tamin'ny mpisorogna antsôvigna hoe Zakaria, avy amin'ny antokon'i Abia. Ny vadiny de avy
amin'ny Zanak'i Arona viavy, Elizabeta ny agnarany. [6]Samy marigna tagnatrehan'Andriamanitra zaré ré, ary
nagneky iré didy jiaby sy iré fitsipikin'ny Tompo. [7]Fô tsy nanan-janaka kanefa zaré ré, satria mômba Elizabeta,
ary samy efa tegna antitra ihany koa izy aroa tamin'izegny fotoagna izegny.[8]Ary zegny de makasika an'i Zakaria te
ny fagnatrehan'Andriamanitra, nagnatantairaka iré asan'ny fisorognana araka ny fifandimbiasagna isan-tôkony.
[9]Araka ny fômba fatôn-jaré ré ny amin'ny fisafidianagna mpisorogna zai tôkony hanompo, de voafidin'ny kodia
hely hiditra hagnoro ny hemboka magnitra akô an-tempolin'ny Tompo izy. [10]Tamin'ny laira nandoragna ny
hemboka magnitra de nivavaka tagny ivelany fôkon'ôlo jiaby.[11]Ary nisy anjelin'ny Tompo niseho taminanjy ké
nitsangagna tankavanagna také amin'ny alitara nisy hemboka magnitra. [12]Kôfa nahita ananjy i Zakaria, de raiki-
tahotra ary tegna feno tahotra izy. [13]Fô ahozy ny anjely taminanjy: "Aza matahotra ry Zakaria, efa regniko ny
vavakanô. Ho bikibo zaza lalahy aminô Elizabeta vadinô. Jaona no hatônaré agnarany.[14]Hanam-pifaliagna sy

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

haravoagna anô, ary maro koà no ho faly amin'ny faterahany. [15]Satrià ho maventy izy amason'ny Tompo. Tsy
hisotro divay na ra fisotro mahery mihitsy izy, ary ho feno Fagnahy Masigna laitry avan-kibon'ny mamany izy.
[16]Maro amin'ny fôkon'ôlon'Israely hitodika amin'ny Tompo Andriamanitran-jaré. [17]Handeha alôhan'ny tavan'ny
Tompo amin'ny fagnahy sy ny herin'Elia izy. Zegny no atôny de ny mbô hitodian'ny fôn'ny baba amin'ny zanaka,
mbô handiananjaré zay tsy magneky amin'ny lalan'ny fahindriagnan'ny marigna mbô hagnomanagna fôkon'ôlo
efa vognona ho an'ny Tompo nomanigna ho ananjy."[18]Ary Zakaria novôlagna tamin'lay anjely hoe: "Akory ny
hahaizako zegny? Fô za efa antin-dahy ary ny vadiko efa antitra." [19]Ary aozy ny anjely namaly sy nivôlagna
taminanjy: "Za no Gabriela, ilay mitsangana eo agnatrehan'Andriamanitra. Ary nasaigna za mbô hivôlagna
aminô, hitôndra itô vôvô tsara zao aminô. [20]Koa indro! Ho moà anô, kay tsy ahaifa hivôlagna, mandra-
patongavan'ny andro hisehoan'iré raha iré. Satria tsy nino raha nivolagniko anô, zai tantairaka amin'ny fotoagna
voafaritra."[21]Ary ny fokon'ôlo sasany nandigny an'i Zakaria. Variagna nohon'ny fidokahany elabe takô an-tempoly
zaré ré. [22]Fô kôfa niboaka izy, de tsy afaka nikoragna taminjaré ré. Ary fantan-jaré fô nahita fahitagna izy takô an-
tempoly. Nagnano béko moà tamin'iré izy ké nijanogna ho moà. [23]Ary kôfa tônga ny andro ahataperan'ny
fanompoagnany, de lasagna tagny an-dragno izy.[24]Tafaran'ire andro ire, de bikibo Elizabeta ary nivony nandritra
ny dimy volagna. Aozy hoe: [25]"Zô no naton'ny Tompo anahy kôfa nizaha anahy Izy mbô hagnala ny haignatranay
amason'ologna."[26]Tamin'ny faenim-bôlagna, de nirain'Andriamanitra ny anjely Gabriela nandaiha tagny amin'ny
tanàgna raika tao Galilia antsôvigna hoe Nazareta, [27]ho agny amina virijiny raika zay fôfom-badina lalahy
antsôvigna hoe Josefa. Agnisan'ny taranak'i Davida izy, ary ny agnaran'ilay virijiny de Maria. [28]Nandaiha tô izy
ary nivôlagna hoe: "Arabaigna, ry lay nasoavigna indrindra! Ny Tompo ho akô aminô". [29]Fô taigna very hevitra
tamin'ny koragna izy nagnontany tegna hoe karazagna fiarabagna karaha ino zégny .[30]Nivôlagna anjely taminy:
"Aza mataotra ,ry Maria, fô aifa nahita sitraka tamin'Andriamanitra anô. [31]Indro, ho bikibo anô kay hitairaka
zazalalahy. Ary agnarany antsôvinô hoe 'Jesosy'. [32]Ho mahaventy Izy ké antsôvigna hoe Zanaky ny Avo indrindra.
Ny Tompo Andriamanitra hagnamia Ananjy ny sezy fiandrianan'i Davida razambeny. [33]Ary hanjaka mandrakizay
amin'ny taranak'i Jakoba izy, ary tsy hanampatapairagna ny fanjakany."[34]Hoy Maria tamin'ilay anjely:
"Magnakôry atongavan'izegny, fô mbôla tsy niara-nandry tamin-dalahy za?" [35]Ny anjely namaly ananjy hoe:
"Hilatsaka aminô ny Fagnahy Masigia, ary ny herin'ny Avo Indrindra no ho avy aminô. Kay lay masigna ho
tairaka de antsôvigna hoe Zanak'Andriamanitra.[36]Indro, Elizabeta havanô de bikibo zazalalahy koà na de aifa
antitra aza. Aifa fa enimbôlagna ny kibony zao, izy lay nantsôvigna hoe momba. [37]Satrià tsisy raha tsy azo
tantiraignia amin'Andriamanitra ." [38]Hoy Maria: "Indro, zaho no mpanompovavin'ny Tompo. Ôka ho tantairaka
aminahy zegny araka ny afatrao." Ary niala taminanjy ny anjely[39]Ary tamin-jagny andro zegny i Maria de niala
kay nandaiha nalaky akagny amin'ny tany avo, agny amin'ny tanagnan'i Jodia. [40]Nandaikagny amin'ny tragnon'i
Zakaria izy ary niarahaba an'i Elizabeta. [41]Izikôfa naharegny ny fiaraban'i Maria i Elizabeta, de ravoravo ny zaza
tan-kibony, ary feno ny Fagnahy Masigna.[42]Nivôlagna mafy izy hoe: "Nasoavigna noho ny viavy jiaby za, ary
nasoavigna ny natairaky ny kibonô. [43]Nagnakôry zegny no mitranga aminahy fô lay maman'ny Tompoko no tônga
hagnatogna za? [44]Fô indro kôfa tônga tantadigniky ny fiarabagnanô de faly be ny zaza ankiboko. [45]Sambatra izy
zay nino fô ho tantairaka ire raha zay nivolagnin'ny Tompo taminy."[46]Aozy i Maria: "Midaira ny Tompo ny
fagnahiko, [47]ary ny fagnahiko nifaly tamin'Andriamanitra mpamonjy anahy.[48]Fa nizaha ny fahantragnan'ny
mpagnampiny viavy Izy. Ary indro, manomboka zô ny taranaka jiaby hagnantso anahy hoe sambatra. [49]Satria
nagnano raha maventy taminahy lay mahaifa ny raha jiaby, ary masigna ny agnarany.[50]Fô maharitra ho an'ny
taranaka faramandimby zay matahotra ananjy ny famidram-pony. [51]Nitoroany ny heriny tamin'ny sandriny izy;
ary napariakany re zai niraiharaiha tamin'ny eritreritry ny fon-jare.[52]Naongany tamin'ny seza fiandrianany ny
zanakalahin'ny mpanjaka. Ary lay ambany nampakariny. [53]Nataony voky raha tsara ire tihinagna, fô ny manan-
draha natony tsy managna namba hely.[54]Nagnamia fagnapiagna an'Israely mpanompony Izy, mbô hatsiarôvany
haneho famindram-po [55](araka ny nilazainy tamin'ny razantsika re) tamin'i Abrahama sy ny taranakananjy
mandrakizay."[56]Nidôko nipètraka taka amin'i Elizabeta tôkony ho telo volagna i Maria ary avake niherigna nôdy
tan dragnony. [57]Ary tônga ny fotoagna hitirahan'i Elizabeta ny zanany ary niteraka zaza lalahy izy. [58]Naregny
famindram-po maventy natôn'ny Tompo tamin'ny mpiara-monigna ré sy ny havany ré, ary niara nifety taminjare
zare.[59]Ary tamin'ny andro fahavalo de tônga hamositra zaza zare. Saiky antsôvigna zare hoe "Zakaria," karaha ny
agnaran'i babany izy. [60]Fô ny mamany ndraiky namaly ary nivolagna hoe: "Ahey. Jaona no agnantsôvagna
ananjy." [61]Ary aozy zare taminanjy: "Tsisy amin'ny havanô antsôvigna amin'agnaragna karahan-jany."[62]Nagnano
beko moà tamin'i babany zare amin'ny raha tiagna hatao hagnarany. [63]Nangaho solaitra fanoratagna ny babany
ary hanôratra hoe: "Jaona no agnarany." Ary magnana tamin-jaigny zare jiaby.[64]Ary niaraka tamin-jai de
nisôkatra ny vavany ary nafahagna ny lailany. Nivôlagna izy ary nidaira an'Andriamanitra. [65]Tônga tamin-jare
jiaby nagnodidigna te ny tahotra. Ary nisahely airan'ny tanàgnan'i Jodia ny raha jiaby niseho te. [66]Ary zare jiaby
naregny ndrai nandatsaka tam pony, ary nivolagna hoe: "Ho lasagna ino marô tô zaza tô?" Fô momba ananjy ny


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

tagnàn'ny Tompo.[67]Ary feno Fagnahy Masigna i Zakaria babany ary naminagny, kai nivolagna hoe: [68]"Deraigna anie ny Tompo, Andriamanitr'Isiraely, fô tônga nagnampy sy nagnatantairaka ny fagnafahagna ho an'ny vahoakany Izy.[69]Nakarigna ambôny ny tandrom-pagnavôtagna tan-dragnon'i Davida mpanompony Izy, [70]karaha zai nikoragniny tamin'ny vavan'ire mpaminagny masigna tamin'ny andro talôha tagny. [71]Hitôndra famonjiagna amin'ny fahavalontsika sy amin'ny tagnan'ire mankahalantsika jiaby ire Izy.[72]Zaigny no hatôny de mbô hampisehoany ny famindram-po amin'ire babantsika sy ampatsarôvagna ny fanekem-pihavanagnany Masigna, [73]de lay fiainagna nivolagnin'i Abrahama babantsika. [74]Nifanta ny hazaontsika, kôfa hafaka tan-tagnàn'ny fahavalontsika, manompo Ananjy tsy amin-tahotra, [75]am-pasahiagna sy am-pamarinagna agnatrehany amin'ny androntsika jiaby.[76]Ia, ary anô, ry zaza, de hantsôvigna hoe mpaminanin'ny avo indrindra, fô handaiha hialôha ny tavan'ny Tompo anô ary hagnaboatra ny lalany, [77]mbô hanomagnan'ny ôlo ny amin'ny fiaviany, mbô hagnomia fahalalam-pamonjiagna ho an'ny ôlony amin'ny alalan'ny famelagna ny helon- jareo.[78]Izégny no hiseho de noho ny famindram-po masign'ny Andriamanintsika, nohon'ny aminjagny no hiposahan'ny masoandro avy amin'ny avo mbô ho avy hagnampy antsika, [79]hagnazava an'ire zai mipaitraka agnaty ny haizigna sy ire agnatin'ny aloky ny fafataisagna. Hataony zegny mbô hitarihagna ny hongontsika amin'ny lalam-piadanagna."[80]Ary ny zaza de nitômbo kai nanjary nahery amin'ny fagnahy, ary tagny agnefitra izy mandra-pahatonga ny andro hisehoany ampahibe maso amin'Israely.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 2

[1]Ary tamin'ny andro zagny, nandaifa didy mibéko ny hagnisagna ny ôlogna jiaby miaigny eto amin'izao tontolo
izao Aogosto Kaisara. [2]Zagny no fagnisam- bahoaka natô volôhany tamin'i Kyrenio no mpanapaka takagny Syria.
[3]Noho zagny ny ôlo jiaby de nandaiha tagny amin'ny tanàgna niaviany aby mbô hisôratra agnaragna amin'ny
fagnisam-bahoaka.[4]De nandeha niakatra avy tagny Galilia kôa Josefa, avy tagny an-tanàgnan'i Davida zai
antsôvigna hoe Betlehema, satria izy avy amin'ny tragno sy fianakavian'i Davida. [5]Nadaiha tagny izy mbô
hisôratra agnaragna tamin'i Maria, zai fôfom-badiny ary bikibo.[6]Ary kô mbôla tagny zare, de tônga ny fotoagna
hitirahany ny zanany. [7]Nitairaka zaza lalahy izy, zanany vôlôhany, ary Izy nandrakotra lamban-jaza Ananjy sy
nampandry ananjy te ampinanam-bilogna, satria tsisy toeragna ho anjareo ta lôtely.[8]Nisy mpiambigna ondry
amin-jegny farira zegny zay nijanogna tagny agnatiala, niambigna ny andian'ondry tandroaligna. [9]Nisy anjelin'ny
tompo niseho tamin-jare, ary ny voninahitra ny Tompo namirapiratra magnodidigna ananjy, ary feno tahotra be
zare.[10]De nivôlagna tamin-jare ny anjely nagnano hoe: "Aza matahotra, fô hitôndra vôvô tsara zai hitôndra
hafaliagna maventibe ho an'ny ôlogna jiaby zaho. [11]Igniany de mpagnavotra izay tairaka ho anaré agny an-
tanàgnan'i Davida! [12]Izy no Kristy Tompo! Zô no famantaragna zay hamiagna anaré: Hahita zaza hely mirakotra
lamban-jaza ary mandry ampinanam-bilogna anaré."[13]Tampoka te niaraka tamin'ilay anjely, de nisy tafiky ny
lanitra maventy nidaira an'Andriamanitra nagnano hoe: [14]"Voninahitra agny amin'ny avo indrindra, ary
fiadanagna anie akéto an-tany eo amin'ôlogna zay ankasitrahany."[15]Ary kôfa niala také aminjare nandeha an
dagnitra ré anjely ré, nyy mpiandry ondry nifampivôlagna hoe: "Andô antsika zô andaiha agny Betlehema, ary
hizaha raha mitranga akagny, zay nampafantarin'ny Tompo antsika zégny." [16]Nandaiha nalady tagny zare ary
nahita an'i Maria sy Josefa, ary nahita ny zaza hely nandry tam-pinanambilogna te.[17]Tafaran'ny nahitan-jare
Ananjy, de nampafantarign'zare ny raha jiaby nivolagnina taminjare mikasika an'io zaza io. [18]Izay jiaby
naharegny izégny de hariàgna ny amin'ny nivolagnin'ny mpiandry ondry taminjaré ré. [19]Fô Maria ndraiky
nanohy nieritreritra mômba ny raha jiaby regny, ary nikajy zégny tam-pôny. [20]Niherigna ire mpiandry ondry,
nagnamia voninahitra sy nankalaza an'Andriamanitra noho ny raha jiaby zai regninarè, karaha zai nivolagnina
taminjare.[21]Kôfa tapitra ny andro fahavalo, kai niforaigna Izy, de namiagna agnaragna hoe Jesosy, lai agnaragna
namian'ny anjely Ananjy talôhan'ny namitrahagna ananjy tan-kibo.[22]Ary kôfa dila ny isan'ny andro nitakigna
hidiôvany, araka ny lalàgnan'i Mosesy, de nitôndra Ananjy niakatra ho an-tempoly tô Jerosalema i Maria sy Josefa
mbô hanolotra ananjy eo amin'ny Tompo. [23]Araka zay voasôratra aka amin'ny lalàgna ny Tompo hoe: " Ny lahy
jiaby izay volôn-tairaka de hatôkagna ho an'ny Tompo." [24]Noho zaigny de nanolotra sorogna araka zay
nivolagnina amin'ny lalàgnan'ny Tompo izy re," domoina na zana-bôromailala roa."[25]Ary indro, nisy lalahy tagny
Jerosalema, Simona no agnarany, ary zegny de marigna sy mafana fô. Nitady ny fampiononagna an'Israely izy,
ary taminanjy ny Fagnahy Masigna. [26]Nivolagnin'ny Fagnahy Masigna taminanjy fô tsy hifoaty izy halôan'ny
ahitany ny Kristin'ny Tompo izy.[27]Nidôsin'ny Fagnahy nandaiha an-tempoly Simona. Kôfa nitôndra an'i Jesosy
zazahely nitsôfotra ny ray aman-dreniny, mbô agnano Ananjy araka ny fomba akô amin'ny lalàgna, [28]de nalainy
tan-tagnany Izy sady nidera an'Andriamanitra ary nagnano hoe: [29]"Avaizo avilay za handaiha am-piadanagna ny
mpanomponô, ry Tompo, araka ny teninô avaizo.[30]Fa ny masoko nahita ny famonjiagnanao, [31]zay nomagninao
tamin'ny fagnatraihan'ôlo jiaby: [32]De fazavagna ho fanambaragna ho an'ny Jentilisa ary voninahitra ho an'Israely
ôlognanao."[33]Ny baba sy maman'ilay zaza de gaga tamin-draha nivolagniny mikasika Ananjy. [34]Nitso-drano anjare
Simona ary nivôlagna tamin'i Maria mamany hoe: "Indro, itô zaza itô de vôtendry ho amin'ny fagnifagna sy
fandratagna ny ôlon'Israely maro ary ho famantaragna zay nolavigna- [35]ary hisy lefogna handavaka ny
fagnahinao - ke ho voambara ny hevitry ny fo maro."[36]Nisy mpaminany viavy raika antsôvigna hoe Ana te.
Zanakaviavin'i Fanoela avy amin'ny foko Asera izy. Taigna antitra izy. Nipaitraka niaraka tamin'ny vadiny fito
tôgna tavafaran'ny naverijiny ananjy izy, [37]ary nitôndrategna tagnatin'ny aifatra amby valopôlo tôgna.Tsy
nagnadigno ny tempoly mihitsy izy fô nanompo tamin'ny fifadian-kanigna sy vavaka, andro aman'aligna.
[38]Tamin'izegny laira zegny izy ary nanomboka nagnamia fisoragna an'Andriamanitra sy nivolagna ny
momban'ilay zaza tamin'olo jiaby zay nandigny ny fagnavotagna an'i Jerosalema.[39]Kôfa nahita ny raha jiaby
nasaigna natôny araka ny lalàn'ny Tompo zare, de niherigna tagny Galilia, agny amin'ny tanàgnan-jare agny
Nazareta. [40]Naventy ny zaza ary natanjaka, nitômbo fahindriagna, Ary ny fasoavan'Andriamanitra de taminanjy
zégny.[41]Ny Ray aman-dreniny de nakagny Jerosalema isan-tôgna hamonjy ny firavoravoan'ny paska. [42]Kôfa roa
ambin'ny fôlo tôgno Izy ,de nandeha tagny zare karaha raha fanon-jare zare. [43]Ary kôfa nipetreka tagny nandritry
ny andron'ny fety manontolo zare, de nanomboka niherigna nôdy zare. Fa Jesosy zaza lahy nidôko tagny
Jerosalema naifa tsy fantan- dray aman-dreniny zaigny. [44]Natônjare fô dia raiky tamin'ôlogna niara-dia tamin-jare
Izy, de nandaiha nandritra ny andro raiky zare. Ary avy te de nanomboka nizaha Ananjy tamindry havany sy


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

kamaradiny zare.[45]Kôfa tsy hitanjare Izy, de niherigna tagny Jerosalema Zareo kai nanômboka nizaha Ananjy tagny. [46]Kôfa afaka telo andro, de hitanjare tan- tempoly Izy, nipètraka tagnivon'ire mpampianatra, nitandregny anjaré sy namétraka fagnotaniagna taminjare. [47]Izay jiaby naharegny ananjy de magnana tamin'ny fahalalagnany sy ire valinteny ananjy.[48]Kôfa nahita Ananjy zare de variagna. Ny mamany nivôlagna taminanjy hoe: "Zanako magnino anao magnany aminay karaha zegny? Tandrigneso, za sy babanô nizaha anô tamin-tebiteby." [49]Izy nivolagna taminjare hoe: "Nagnigno anaré no mizaha anahy? Tsy fantanare mô fô tsy maintsy an-dragnon'ny babako Za?" [50]Fô tsy azon-jare ny raha tiany koragnina tamin-jany.[51]Dia nôdy niaraka tamin-jare takagny Nazareta Izy sady nagneky anin-jareo. Ny mamany de nikajy raha jiaby zagny tam-ponanjy tô. [52]Fô i Jesosy nahai- nitômbo fahedriagna sy nitômbo tegna, ary nitombo fitia tamin'Andriamanitra sy ny ôlogna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 3

1Tamin'ny tôgno faha dimy ambin'ny fôlo nanjakan'i Tiberie Kaisara- fony Pontio Pilato no governoran'i Jodia,
Heroda de mpanjaka tao Galilia, Filipo ralahiny de nanapaka takô amin'ny faritra Itoria sy Trakonitisy, ary
Lysania de mpanapak'i Abilena, 2nandritry ny fisoranam-ben'i Aniasy sy Kaiafa- de tônga tamin'i Jaona zanaka
lalahin'i Zakaria tagn'efitra ny tenin'Andriamanitra.3Nandaiha tagny amin'iré faritra jiaby magnodidigna ny
Jordana Izy, nitory ny batisan'ny fibebahagna ho famelagna ire heloka.4Araka ny voasôratra agnatin'i bokin'Isaia
mpaminagny hoe: "Nisy feo raiky nagnantso mafy avy agny agnefitra hoe: "Atôvo vognona ny lalan'ny Tompo,
atôvo mahitsy ny lalan-kalaihany.5Ny lôhasaha jiaby ho totôfagna, ary ny tanety sy ny havoagna ahegna, ary ny
lala-miôlaka de amboarigna ahitsy, ary ny toairagna misy lavadavaka de hatô lalagna, 6ary ny nôfo jiaby de ahita
ny famonjiagnan' Andriamanitra."7Kai nivôlagna tamin'ire vahoaka zai tônga hatô batisa i Jaona hoe: "Anaré ry
taranaka ny mainaragna! Izovy nampitandrigna anaré mbô hilaifa ny havigniragna zay ho avy?8Noho zaigny,
mamokatra voa manjary fibaibahagna, ary aza manomboka mivolagna agnatinare hoe: "Zaihay managna an'i
Abrahama ho babanay," fô mivôlagna anaré za fô Andriamanitra de afaka manangagna zanaka avy amin'iré vato
ré.9Avahizo aza ny famaky de mipaitraka amin'ny fôto- kakazo. Kay ny kakazo jiaby zay tsy mamoa voa tsara de
firaigna ary hatsipy agnaty afo."10Ary ire vahoaka de nagnontany ananjy tamin'ny raha nikoragniny hoe: "Ino
ariky raha atônay?" 11Namaly Izy kay nivolagna taminjare hoe: "Izy kô misy ôlogna managna rôby lava roa,
tôkony mizara zaigny amin'ôlogna raiky zay tsisy izy, ary zay misy raha hoanigna de tôkony hagnano karahan-
jaigny koa."12Ire mpamory hetra kôa de mbô tônga mbô hatô batisa, ary nivolagna taminanjy hoe:
"Mpampianatra o, ino no tsy maintsy hatônay?" 13Izy nivôlagna hoe: "Aza magnokom-bola mihoatran'izay
nasaigna halainare."14Miaramila maromaro koa nagnotany ananjy, nivôlagna hoe: "Karakory monba anay? Ino
raha tsy maintsy hatônay?" Izy nivôlagna tamin-jare fô: "Aza mangala-bôla amin'ôlogna an-keriny, ary aza
miampanga lainga ôlogna. Mifalia amin'ny karamanare."15Ary kôfa taigna nandigny ny fahatongavan'i Kristy ny
vahoaka, de nagnontany tam-pony mikasika an'i Jaona ny tsiraikiraiky, na mety izy na tsy izy no Kristy. 16Jaona
namaly tamin'ny fivolagnana ananjy jiaby hoe: "Kô aminahy, de magnano anaré batisa amin'ny rano za, fô misy
ôlogna raiky zay mahery mihoatra anahy, ary na za tsy mendrika hagnala tadin-kapananjy. Izy hagnano batisa
anaré amin'ny Fagnahy Masigna sy ny afo.17Aké an-tagnany ny fikororohany mbô hagnadiôvana tsara ny ao am-
pamoloany sy agnokonagna ny vary sy sompiny. Fô idorany amin'ny afo tsy mety vonigna ny angafony."18Niaraka
tamin'ny fagnanaragna maro koa Jaona nitory vôvô tsara ho an'ny vahoaka. 19Heroda mpanjaka kôfa nanarigna
nony fanambadiagna ny vadin-dralahiny Herodiasy, sy nony raha ratsy hafa jiaby zay vitany, 20de ho
fagnampin'izagny jiaby zagny, de nahidiny tangadra Jaona.21Ary, kôfa vita batisa daholo ny ologna jiaby, de natao
batisa kôa Jesosy, ary raha mbola nivavaka Izy, de nisôkatra ny lagnitra, 22ary ny Fagnahy Masigna nalaka endrika
ka nandrorogna taminanjy karaha ny voromailala, ary nisy feo avy agny an-dagnitra nagnano hoe: "Anao no
Zanako, tiako. Faly zaho nohon'ny aminao."23Kôfa nanômboka ny asa fanompoagnany Jesosy, de te amin'ny
telopolo tôgna te Izy. Izy no zanaka lalahin'i Josefa (araky ny fihaivairagna), zanak'i Hely, 24zanak'i Matata, zanak'i
Levy, zanak'i Melky, zanak'i Josefa.25Josefa de zanak'i Matitia, zanak'i Amosa, zanak'i Nahoma, zanak'i Elsy,
zanak'i Nagay, zanak'i Mata, 26zanak'i Matatia, zanak'i Semey , zanak'i Joseka, zanak'i Joda.27Joda de zanak'i
Joanana, zanak'i Rase, zanak'i Zerobabela, zanak'i Sealtiela, zanak'i Nery, 28zanak'i Melky, zanak'i Ady, zanak'i
Kosama, zanak'i Elmadama, zanak'i Era, 29zanak'i Josoa, zanak'i Eliezara, zanak'i Joreima, zanak'i Matata, zanak'i
Levy.30Levy de zanak'i Simeona, zanak'i Joda, zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i Eliakima, zanak'i Melea,
31zanak'i Mena, zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i Davida,32zanak'i Jese, zanak'i Obeda, zanak'i Boaza, zanak'i
Salmona, zanak'i Nahasona.33Nahasona de zanak'i Aminadaba, zanak'i Adimina, zanak'i Arny, zanak'i Hezrona,
zanak'i Fareza, zanak'i Joda, 34zanak'i Jakoba, zanak'i Isaka, zanak'i Abrahama, zanak'i Tera, zanak'i Nahora,
35zanak'i Seroga, zanak'i Reo, zanak'i Palega, zanak'i Ebera, zanak'i Sela.36Sela de zanak'i Kenana, zanak'i
Arparksada, zanak'i Sema zanak'i Noa, zanak'i 37Metosela, zanak'i Enoka, zanak'i Jareda, zanak'i Mahalalila,
zanak'i Kenana, 38zanak'i Enosa, zanak'i Seta, zanak'i Adama, zanak'Andriamanitra.

Chapter 4

[1]Tafaran'izégny Jesosy, réhéfa feno ny Fagnahy Masigna, de niherigna avy tagny amin'ny reniranon'i Jordana, ké
nandesin'ny Fagnahy Masigna tagny agn'efitra [2]zay nangalan'ny devoly fagnahy Azy nandritry ny éfapôlo andro.
Tsy nihinagna na ino na ino izy nandritry iré andro iré, ké tamin'ny fotoàgnà farany de vôsolôgna izy.[3]Ny devoly
nivôlagna taminanjy hoe: "Kô zanak'Andriamanitra Anô, de hivoà môfo io vato io." [4]Namaly ananjy Jesosy hoe:
"Tsy môfo foagna hivilôman'ôlo.'"[5]Avake nindôsiny devoly tamin'ny toeragna ambony Jesosy ary natorony Ananjy
dohôlo ny fanjakana jiaby tambôn'ny tany. [6]Ny devoly nivôlagna taminanjy hoe: "Hamiako anô ny fahifagna jiaby
sy ny famifapiratany satrià aifa namiagna za ire, ary amiako ny ôlo zay tiàko amiagnananjy. [7]Noho izegny, ra
miakôhitra sy manompo za Anô, de azonô zegny."[8]Kanaifa Jesosy namaly kay nivôlagna ananjy hoe: "Voasôratra
fa hoe: 'Hidaira ny Tompo Andriamanitranô anô, ary Izy raika ihany no hitompoinô.'"[9]Avake nitôndra ananjy
tagny Jerosalema ny devoly ary natôny tagny antilintilin'ny tempoly Jesosy ary nivôlagna taminanjy hoe: "Ra
zanak'Andriamanitra Anô, de milatsaha avatoè. [10]Satrià aifa voasôratra hoe: 'Hibeko ny anjeliny ny aminô Izy,
mbô hiaro anô,' [11]ary, Izy ire nanandratra anô amin'ny tagnany, mbô tsy ho voatsitohigna amin'ny vato ny
tongonô.'"[12]Namaly ananjy, Jesosy kay nivôlagna hoe: "Aifa nambara hoe: 'Aza malaka fagnahy ny Tompo
Andriamanitranô.'" [13]Kôfa vita ny fangalany fagnahy an'iJesosy, de lasagna izy ary niala Ananjy
mandrapatongavan'ny fotoagna hafa.[14]Avake Jesosy niherigna tagny Galilia tamin'ny herin'ny Fagnahy, ary ny
vôvô momba Ananjy de aifa niparaitaka tamin-tany jiaby. [15]De nanômboka nampianatra takô amin'ny Synagogan-
jare Izy ary niirain'ôlo jiaby Izy.[16]Nandaiha tagny Nazareta Izy, lay tanàgna nankavety ananjy, ary araka ny fomba
fatôny, de nitsôfotra takô amin'ny Synagoga tamin'ny andro Sabata Izy kay nitsangagna mbô hamaky teny mafy.
[17]Natôlotra ananjy ny hôron-taratasin'Isaia mpaminany. Nisokafiny ilay boky ary hitany ny toeragna nanoratagna
ananjy,[18]"Ny Fagnahin'ny Tompo de akato aminahy, satrià Izy nagnôsotra za hivôlagna ny vôvô mafaly ho an'ny
mahantra. Izy no hagnondaifa za hagnambara fagnafahagna ho an'ire babo, ary hamerigna ny fahifagna ho
an'ny Jamba, hagnafaka ire zay ampijaligna, [19]hagnambara ny tôm-pankasitrahan'Andriamanitra."[20]Avake de
nahôriny ny taratasy, naheriny tagny amin'ny mpitadrigna, ary nipaitraka Izy. Nizaha Ananjy mason'ôlogna jiaby
takô amin'ny Synagoga. [21]Nanomboka niraisaka taminjare Izy hoe: "Igniany itô Sôratra Masigna itô de tantairaka
aketo." [22]Ny jiaby de nivôlagna tsara ny momba Ananjy ary gaga tamin'ny tenim-pasoavagna zay navoakany
vavany zare, ary nagnontany zare hoe: "Fô tsy ilay zanak'i Josefa ve itô?"[23]Izy nivôlagna taminjare hoe: "Azo
antoka fô hivôlagna itô hôbôlagna itô aminahy anaré hoe: 'Dokotaira, tahà ny taignanô. Na ino na ino regninay fô
natônô takô Kapernaomy, de magnanôva karanjagny agny amin'ny taninô.'" [24]Naifa nivôlagna Izy hoe: "Volagniko
marigna aminare, tsisy mpaminagny masigna amin'ny taniny.[25]Kanaifa volagniky marigna aminare fô maro ny
viavy mitôvo tagny Israely tamin'ny andron'i Elia, ra nihidy ny lagnitra tagnatin'ny telo tôgna sy enimbôlagna,
ary nisy silôgna be tônga tamin'ny tany jiaby. [26]Naifa Elia tsy nalaifa na tamin'ny raika taminjare aza, fô takô
Zerapata any Sidona ihany, tagny amin'ny ilay mpitondra tena izay nipaitraka tagny. [27]Fô maro ire boka takô
amin'Israely tamin'ny andron'i Elisa mpaminany, naifa tsy nisy na de raika taminjare aza sitragna afa-tsy
Namàna lay Syriana."[28]Ny ôlo jiaby tagnaty Synagoga de vignitra mafy kôfa naregny raha jiaby ire. [29]Nitsangagna
zare, nahery Ananjy hiala ny tanàgna, ary hagnondaifa Ananjy tan-tampon'ny havoagna zay nipitrahan'ny
tanàgnan-jare, mbô hanjeragna Ananjy amin'ny hantsagna. [30]Naifa nandaiha namakivaky tantaignantaignan-jare
Izy de lasa nandaiha tagny amin'ny toeran-kafa.[31]Avake Izy de nirôrogna tagny Kapernaomy, tanàgna raika agny
Galilia, ary nanomboka nampianatra azy ire tamin'ny Sabata Izy. [32]Izy ire de gaga be tamin'ny fampianaragna
natôny, satrià nivôlagna tamin'ny fahifagna Izy.[33]Ary takô amin'ny Synagoga de nisy lalahy zay nisy devoly, ary
izy de niafatrafatra mafy hoe: [34]"Ah! Ino hifandraisanay aminô, ry Jesosy avy agny Nazareta?Tônga mbô hamotika
zaihay ve Anô? Fantako hoe izôvy Anô- ilay Iraika Masin'Andriamanitra!'"[35]Jesosy nivôlagna mafy ilay demony, ké
nagnano hoe: "Aza mivôlagna ary mialà aminanjy!" Kôfa nanipy lay lalahy ho lavo také agnivonjaré ré ny
demony, de niala takô aminanjy, ary tsy nandratra ananjy aby. [36]De gaga dahôlo ny ôlogna jiaby, ary nanony
koragna momba izegny. Nivôlagna zare hoe: "Fô teny karakôry zegny?" Bekony amin'ny fahifagna sy hery ny
devoly de mivoàka." [37]Noho zegny de nanomboka niparaitaka nagnairan'ny faritra magnodidigna ny lazany.[38]De
niala ny synagoga Jesosy ary nitsôfotra tandragnon'i Simona. Ary nampijalin'ny tazogna mahery ny rafôzany
vavy, ary niangavy taminy ho azy izy ire. [39]Kay nitsangagna talôha Izy ary nivôlagna mafy ny tazogna, de niala
taminy zegny. De nahivagna tampoka izy de nitsangagna ary nanomboka nanompo azy ire.[40]Kôfa nilentika ny
masoandro, de nitôndra ny ôlo- jiaby nararin'ny aretigna maro samihafa tamin'i Jesosy ny ôlo. Kay namaitra-
tagnana tamin'ny tsiraikiraikia avy aminjare Izy kay nagnasitragna azy ire. [41]Ire devoly ihany koà de niala takô
amin'ny maro tamin'izy ire , niafatrafatra mafy sy nivôlagna hoe: "Anô no zanak'Andriamanitra!"Jesosy
nivôlagna mafy ire devoly kay tsy namaila zare hivôlagna, satrià hain-jare fô Izy no Kristy.[42]Mandraindray Izy de


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

nandaiha tagny amin'ny toeragna mangingigna. Ôlo maro be nizaha Ananjy ary nandaiha amin'ny toeragna nisy Ananjy. Izy ire de nihaizaka ny nitagna Ananjy mbô tsy hiala aminjare. [43]Fô Izy nivôlagna taminjare hoe: "Tsy maintsy mitory ny vôvô mafaly momba ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny tanàgna maro hafa ihany koà za, satrià zegny no antony nagnirahagna za . [44]Avake Izy de nanony nitory takô amin'ire Synagoga magnairagna an'i Jodia.

## Chapter 5

[1]Ary zô ny raha nitranga, kôfa nivorivory nagnodidign'i Jesosy zare nitandregny ny tenin'Andriamanitra, de
nitsangagna tamôrony farihin'i Genesareta Izy. [2]Nahita Sambokely roa nidôko nariny farihy Izy. Efa nivoaka tao
ire mpanjono ary nanasa ire aratony. [3]Niditra tamin'ny raika amin-jare antsambokely Jesosy, zay an'i Simona, ary
nangaho ananjy mbô agnondaifa zaigny amin'ny rano lavidavitra tanety. Avy te nipaitraka Izy kay nampianatra
ny ôlogna tivailan'ny sambokely.[4]Kôfa nidôko nivôlagna Izy, de nivôlagna tamin'i Simona Izy hoe: "Indôso
amin'ny rano lalindaligna ny sambokely de halatsao ny haratonare mbô hazahoanare lôka." [5]Simona namaly kay
nivôlagna hoe: "Tompo o, aifa niasa bôriky kiaka zaihay, fô tsisy raha hazo, fô noho Anô mivôlagna, de haheriky
alatsaka ndreky ny harato." [6]Kôfa natôn-jare zaigny de nahazo lôka maro bé zare, ary triaka aby ny haraton-jare.
[7]Kay nagnano fihetsika tamin'ny naman-jare tagnaty sambokely hafa raiky zare fô zare mbô tôkony ho avy
agnampy zare. De avy zare kay nagnomia sambokely roa, kay nanomboka nilentika zare.[8]Fa Simona Petera, raha
vô nahita zaigny, de niakohotra tan-tongon'i Jesosy, nivôlagna hoe: "Mialà aminahy fô lalahy mpanota za." [9]Fô
gaga izy, sy zare jiaby niaraka taminanjy, nohon'ny abitsahan'ny lôko aozin-jaré. [10]Tagnatin'izaigny i Jakoba
zanak'i Zebedio, zay mpiara-miasa amin'i Simona. Jesosy nivôlagna tamin'i Simona hoe: "Aza matahotra, fô
manomboka zô de hagnarato ôlogna anô." [11]Kôfa nentinjare tan-tanety ny sombokelin-jare, de navailan-jare raha
jiaby fô nagnaraka Ananjy zare.[12]De zô raha nisy taminjare mbola tan-tanàgna raiky, nisy lalahy feno habokagna
také. Kôfa nahita an'i Jesosy Izy, de niakohotra taminanjy te sady nikorery nagnano hoe: "Tompo o, kô mety
aminao, mbô hidiôvo zaho." [13]Ary de nahinjin'i Jesosy ny tagnany kay nikasika ananjy, nivôlagna hoe: "Mety
aminahy. Madiôva." Samiarak'igny hafaka ny habokagna.[14]Tsy nikegna Izy mbô hilaza na amin-jôvy nô izôvy, fô
nivolagnina taminanjy hoe: "Tohizo lalagnanao, misehoa amin'ny mpisorogna ary manolôra sôrogna ho
fagnadiôvagna anô, arak'izai nandidian'i Mosesy, mbô ho fijoroagna vavolombelogna aminjaré."[15]Kanaifa ny
tatitra momba Ananjy de nisahely lavitra kokoà aza, ary vahoaka maro be no niara-tônga mbô hitandregny Azy
nampianatra ary mbô ho sitragna amin'ny aretin-jare zare. [16]Kanaifa matetika Izy de niala nankany amin'ny tany
foagna ary nivavaka.[17]Ary tamin'ny andro raiky nampianarany anjaré, de nisy Fariseo sy mpampiana-dalàgna
nipaitraka te zay avy tan-tanagna hafa ao amin'ny faritry Galilia sy Jodia, ary avy agny Jerosalema koa. Ny
herin'ny Tompo no taminanjy mbô hagnasitranagna.[18]Ary nisy lalahy sanagny tônga, nitôndra lalahy raiky zay
hazon'ny tasiôgna tambôn'ny fandriagna foagna, ary zare de nizaha fômba hitondragna ananjy agnatignatiny
akagny mbô hamitrahagna ananjy alôhan'i Jesosy. [19]Tsy nahita fômba hampidiragna ananjy agnatignatiny zare
nohon'ny hamaroan'ôlogna, kay nakatra ta tafon-tragno zare ary narôron-jare avy ta tafon-tragno io lalahy io
miaraka amin'ny fandriagnanjy, tafôvôhan'ôlogna, talôhan'i Jesosy.[20]Kôfa nahita ny finoagnany zaré, de hoy
Jesosy hoe: "Ralelahy, voavela heloka anô." [21]Nanomboka nagnontany iry mpanora-dàlagna sy Fariseo ré, kay
nivôlagna: "Izôvy no hafaka mamaila fahotagna afa-tsy Andriamanitra raiky foagna?"[22]Fô fantan'i Jesosy raha
nieritreretin-jare, kai nivaliany hoe: "Magnino anaré no magnontany zaigny am-ponare? [23]Ino no môramôra
volagnina: voavaila ny helokanô sa ny mivôlagna hoe: 'Mitsangana ary Mandihana?' [24]Naifa mbô hafantaranare
fô ny zanak'ôlogna de manam-pahefagna hamaila heloka akéto ambôny tany, de za mivôlagna aminô
mitsangàna, indôso fandriagnanao ary mandihana an- dragnonao."[25]Te foagna de nitsangana talôhan-jare Izy ary
nalaka ny fandriagnanjy zay nandriany. Avy te niala de nadaiha tan-dragnony izy, nagnomia voninahitra an'
Andriamanitra. [26]Variagna ny ôlo jiaby ary nagnomia voninahitra an'Andriamanitra zare. Feno tahotra zare kay
nivôlagna hoe: "Nahita raha maha-magnana antsika nigniany."[27]Tafaran'ny nitrangan're raha ré, de niala také
Jesosy ka nahita mpamory hetra raiky zay antsôvigna hoe Levy nipaitraka tan-dragnon'ny mpamory hetra.
Nivôlagna taminanjy Izy hoe: "Magnaraha Anahy." [28]De nitsangagna i Levy kai nagnaraka Ananjy, kay
nambailany ny raha jiaby.[29]De nagnano fagnasagna maventibe tan-dragno ananjy i Levy. Baitsaka ire mpamory
hetra sy ré ôlogna hafa zay nipaitraka te amin'ny latabatra ary hihinagna hiaraka taminjare. [30]Kanaifa ire Fariseo
sy mpanora-dalàgna de nitaraigny taminjare mpaminagny, nivôlagna hoe: "Nagnino anô hômagna sy misotro
miaraka amin'iré mpamory hetra sy mpanota hafa?" [31]Jesosy namaly anjaré hoe: "Tsy mila dôktaira ny ôlogna
mahivagna; fô ny marary foagna. [32]Tsy tônga hagnantso ny ôlogna marigny hibaibaka za, fô hagnatso mpanota
mbô hibaibaka."[33]De aozin-jare taminanjy hoe: "Ny mpianatr'i Jaona ré mifady hanigna matetika sy mivavaka,
ary ny mpianatr'i Fariseo ré magnano zaigny koa. Kanaifa ny mpianatranô de hômagna sy misotro." [34]I Jesosy
nivôlagna taminjare hoe: "Misy ôlogna mô mampifady hanigna ny havan'ny mpampakatra kô mbôla mipaitra
aminjaré aké ny mpampakatra? [35]Fô ho avy andro raiky hangalagna ny mpampakatra aminjaré, ary amin' izagny
andro zaigny de hifady hanigna zare."[36]De nagnano fagnoharagna tamin-jare kôa Jesosy. "Tsisy ôlo mandrôta
tapa-damba avy amin'ny lamba vôvô ary mampiasa zaigny mbô hagnaboarana lamba kôro. Raha magnano zagny
izy, de handratra ilai vôvô, ary ilay tapa-damba avy amin'ilay vovô de tsy hifagnaraka amin'ilay lamba kôro.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

[37]Tsisy ôlogna magnatô divaigna vôvô agnatin'ny siny oditra kôro. Kô hagnanon-jaigny izy de ho triaka ny
hoditr'ilay divaigna vôvô, ary de raraka ny divaigna, kay haratra ilay siny hoditra. [38]Fô divaigny vôvô de tsy
maintsy atô agnatin'ny siny hoditra vôvo. [39]Fô tsisy ôlo nisotro ny divaigny talôha kay hagniry ny vôvô, fô aozy
hoe: 'Ilay talôha no tsara.'"


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

[1]Ary tamin'ny Sabata de nandaiha akagny ankôraka Jesosy ary mpianatra ny nalaka tôvary, nikôsoka izegny
tamin'ny tagnan-jare ary nihinagna ny vihiny. [2]Fô ny sanagny tamin'ire Fariseo kôza nivôlagna hoe: "Nagnino
anare no magnano ra tsy ara-dalàgna ny magnano ananjy amin'ny andro Sabata?"[3]Namaly ananjy, Jesosy kay
nivôlagna hoe: "Mbôla tsy nivakinare mô ny natôn'i Davida kôfa tihinagna izy, sy ire lalahy zay niaraka
taminanjy? [4]Nandaiha tan-dragnon'Andriamanitra izy, ary nalaka môfon'ny fahantairagna sy nihinagna ny
ampahany tamin-jaigny, ary namiany ampahany kôa ny lalahy zay niaraka taminanjy mbô hihinagna, na de
mpisorogna ihany aza ara-dalàgna kô hômagna zaigny." [5]Avake Izy nivôlagna taminjare hoe: "Ny Zanak'Ôlogna
de Tômpon'ny Sabata."[6]Ary tamin'ny Sabata hafa de nandaiha tagny amin'ny Synagoga Izy de nampianatra ny
vahoaka take. Nisy lalahy raika maty tagnana hakavanagna tao. [7]Nizaha mariny Ananjy tsara zare mpanora-
dalàgna sy ré Fariseo mbô ahita kô agnasitragna ôlogna amin'ny Sabata Izy, mbô afahan-jare mahita antony
hiapangagna Ananjy. [8]Kanaifa fantany ny raha tantsaignan-jare ary nivôlagna tamin'ilay lalahy zay maty tagnana
Izy hoe: "Mitsangàna, ary mandihana alohan'ôlo jiaby akéto." Kay nitsangana ilay lalahy ary nitsangana také.
[9]Jesosy nivôlagna tamin-jare hoe: "Magnontany anaré za, ara-dalàgna amin'ny andro Sabata ve ny fagnanôvagna
ny tsara sa ny fagnanôvagna ny ratsy, ny magnatr'aigna sa ny mandratra ananjy?" [10]Ary nizaha ny magnodidigna
ananjy Izy kay nivôlagna tamin'ny lalahy io hoe: "Hinjagno ny tagnanô." Nagnano zaigny izy, ary nahivagna ny
tagnany. [11]Naifa feno havigniragna zare ary nifampivôlagna momba an'izay mety hatôn-jare amin'i Jesosy.
[12]Taminjany andro zegny de nandaiha antanety Izy mbô hivavaka. Nitohizany bôrikiaka ny fivavahagna
tamin'Andriamanitra. [13]Kôfa tônga ny andro, natsôviny ny mpianany ho aminanjy, ary nifidy roa ambin'ny folo
taminjare Izy, zay natsôviny koa hoe Apostoly.[14]Ny agnaranjare Apostoly re de Simona (zay antsôvigna koa hoe
Petera) ary ralahiny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, Bartelemeo, [15]Matio, Tomasy, Jakoba zanakalalahin'i Alfeo,
Simona zay antsôvigna hoe Zelota, [16]Jodasy zanak'i Jakoba, ary Jodasy Iskariota, zay tônga mpamadika.[17]Avy te
Jesosy nirôrôgna tan-tanety niaraka taminjare de nitsangagna tamin'ny tany marigna niaraka tamin'ny
mpianany maro sy vahoaka maro avy agny Jodia sy Jerosalema ary ny sisin-tanin'ny Tyro sy Sidona. [18]Tônga ire
mbô hitandregny Ananjy ary mbô hahivagna amin'ny aretigna zare. Nahivagna koa ny vahoaka zay
nigodagnin'ny fagnahy maloto. [19]Ny olo jiaby tamin'ny vahoaka re de niaizaka mbô hisasika Ananjy hatrany
satria nibôaka avy taminanjy ny hery mampahivagna, de nahivagna daholy zare jiaby.[20]De nizaha ny mpianany
Izy, ary nivôlagna hoe: "Sambatra anare zay mahantra, fô anare ny fanjakan'Andriamanitra. [21]Sambatra anare
zay tihinagnana igniany, fô ho voky anare. Sambatra anare zay mitomagny igniany, fô hihomehy anare.
[22]Sambatra anare kôfa tsy tiagn'ôlogna ary kôfa ahilikanjare sy haratsinjare, nohon'ny amin'ny Zanak'Ôlogna.
[23]Mifalià aminjegny andro zegny ary mibitaha an-kafaliagna, satria azo antoka fô hahazo valisoa maventy be
agny andagnitra anare, fô mitovy aminjegny no nitondrasan'ny razanare ire mpaminagny.[24]Fô lozanare zay
manjary, fô aifa azonare zay mahafa-po anare. [25]Lozanare zay voky igniagny, fô mbôla ho tihinagna anare andro
afa agny. Lozanare zay mihomehy igniany, fô andala sy hitomagny anare andro afa agny.[26]Lozanare, kôfa
mivôlagna tsara mômba anare ny ôlo jiaby, fô karanjegny ny nataon'ny razanjare tamin'ny mpaminangny
sandoka re.[27]Fô mivôlagna aminare zai mitandregny Zaho, tiavo ny fahavalonare ary magnanova tsara amin'izay
tsy tia anare. [28]Tahio zay magnôzogna anare ary mivavaha ho an'ire magnano tsinontsinogna anare.[29]Kôfa misy
manaifaka ny fifinô raiky, de amiazo ananjy koa ny ilany. Kôfa misy ôlogna malaka lambanô, aza mitagna na de
ny akanjonô koa aza. [30]Amia zay ôlo jiaby mangataka aminô. Kôfa misy ôlona malaka raha anô, aza mangataka ny
hamerenany izany aminô eky.[31]Karanzai tianô hataon'ôlogna aminô, de tôkony hataonô aminjare koa zegny. [32]Kô
zai ôlogna tianô foagna no tiavinô, ino mô tsara azonô aminjany? Fô na ny mpanota aza mbô tia zegny koa. [33]Kô
amin'ôlogna magnano tsara aminô foagna no agnanovanô tsara, ino mô tsara azonô aminjany? Fô na ny mpanota
aza mbô magnano karanjegny. [34]Kô tsy mampindragna afa-tsy amizay ôlogna handrasagna fô hangerigny ananjy
aminô foagna anô, ino mô tsara azonô aminjany? Fô na ny mpanota aza mbô mampindragna ny mpanota, mbô
hazaogna karanjegny koa.[35]Fô tiavo ny fahavalonare ary magnanova ny tsara aminjare. Mampindrama kay aza
madigny valiny ary ho maventy ny valisoanare ary zanaky ny Avo Indrindra anare, fô Izy tegnany de tsara
fagnahy amizay tsy misôtra sy ny ôlogna ratsy fagnahy. [36]Manàgna famindram-po, karaha ny Babanare
mpamindra fo.[37]Aza mitsara, mbô tsy ho tsaraigna anare. Aza magnameloka, ary tsy ho melohigna anare. Mamelà
ny hafa, de mbô availa anare.[38]Magnomiaza, de amiagna anare zegny. Fahafoizagna be zay mitafotafo, miara-
voahontsagna ary mitôbaka no hararaka am-pofoagnanare. Kara zay famatraragnare, no hamatraragna anare
koa."[39]Avake Izy nagnano fagnoharagna taminjare koa. "Moa ve ny ôlogna jamba ho afaka mitarika ôlo-jamba
hafa? Kô magnano zegny izy, de mety hivaringarigna antevagna zare roa, sa tsy zegny? [40]Ny mpianatra raika de
tsy maventiventin'ny mpampianatrany, fô zay nahatantairaka ny fiofanagna jiaby de ho karan'ny

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

mpampianatrany.[41]Fa nagnino mô anô no mizaha ny mpiti-kakazo hely zay agnatimason-drahalahinô, kanaifa tsy mahatsikaritra ny vatan-kakazo agnaty masonô? [42]Ino mô no ivolagnanô amin-dralahinô hoe: 'A Ralahiky, ambilay za hagnala ny mpiti-kakazo amin'ny masonô io, naifa tsy itanô aby ny vatan-kakazo agnaty masonô? Ry mpiatsaravelatsihy! Ala aminy masonô malôkany ny vatan-kakazo avake hainô tsara be hagnala ny mpiti-kakazo amin'ny masondralahinô.[43]Fô tsisy kakazo tsara hamoa voankazo lo, na hoe kakazo lo hamoa voankazo tsara. [44]Fô ny kakazo tsiraikiraiky de fantatra amin'ny karazam-boankazo zay vokariny. Fô tsy afaka hisangotra aviavy amin'ny fatsy ny ôlogna, na halaka voaloboka amin'ny kakazovoandroy.[45]Ny ôlona tsara mamoa zay tsara avy amin'ny hariagna soan'ny fony, ary ny ôlogna ratsy mamoa avy amin'ny haria-dratsin'ny fony. Fô zay avoakan'ny fony no volagnin'ny vavany.[46]Fô magnino anare no magnantso Anahy hoe: 'Tompo, Tompo', kanaifa tsy magneky raha koragniky? [47]Ny ôlo jiaby magnatogna Za sy mitandregny raha koragniky ary magneky zegny, de hovolagniky anare hoe kara ino izy. [48]Karaha ny ôlogna zay nanangagna tragno izy, zay nandavaka laligna tamin'ny tany nananganany fôtotrin'ny tragno tambôny vatolampy take. Kô fa tônga ny rano be, de nandriaka nanôhitra zagny tragno zagny, fô tsy nampietsiky ananjy, satria tsara origna izy.[49]Ary zay ôlogna naharegny koragnanay naifa tsy magneky zaigny, de mitovy amin'ôlagna zay nagnôrigna trano tambôn'ny tany kay tsy nagnatô fôtotra. Kôfa nandravagna tragno ny ranobe, de nirodagna avy atrany zaigny, ary ravagna tantairaka zaigny tragno zaigny."

 

## Chapter 7

[1]Kôfa navita nivolagna raha jiaby zegny tagnatrehan'ny vahoaka Jesosy, de niditra tagny Kapernaomy Izy.[2]Ary
nisy kapiteny raika nanagna mpanompo zay tegna najaigny, ary narary sy aifa nariny ho foaty izy. [3]Kô fa naregny
mômban'i Jesosy ilay kapiteny, de naniraka lohôlognan'ny Jiosy handaiha aminanjy izy, angaho ananjy mbô ho
avy hampahivagna ny mpanompony. [4]Ary kôfa tônga tamin'i Jesosy zare, de nangaho mafy taminanjy hoe: "Tegna
tôkony hatô aminanjy raha zegny, [5]Satria tiany ny firenegnanay, ary lay nagnamboatra ny Synagoga ho anay."[6]Kay
nanohy ny diany niaraka taminjare Jesosy. Fô mbola tsy lavitra ny tragnony aby Izy, de nandaifa namagna lay
kapiteny nivolagna taminanjy hoe: "Tompo o, aza manahiran-tegna Anô, satria tsy tôkony hidiranô andragno aby
zaho. [7]Noho zegny de tsy nihevitra ny tegnako ho tôkony handaiha aminô aby za, fô teny tôkagna foagna
volagninô de mahivagna ny mpanompoko. [8]Koa satria zaho koa mbô lalahy manampahefagna, managna
miaramila ambanimbaniky koa. Hoy zaho amin'ny raika: 'Andô,' de mandaiha izy, ary amin'ny raika hafa koa
hoe: Avia,' de avy izy, ary amin'ny mpanompoko hoe: 'Atôvo tô,' de atôny zegny."[9]Kôfa naharegny zegny Jesosy, de
variagna taminanjy Izy, ary nitodika tamin'ire vahoaka zay nagnaraka Ananjy de nagnano hoe: "Volagniko
aminare, fô na tagny Israely aza tsy nahitako finoagna karanjô." [10]Kôfa nierigna tandragno zare nasaigna, de
nahita fô nahivagna tsara lay mpanompo.[11]Tafarahelinjany, de nandaiha tagny amin'ny tanàgna atao hoe Naina i
Jesosy, ary niaraka taminanjy zare mpianany sy re vahoaka maro be. [12]Kôfa nariny ny vavahadin'ny tanàgna Izy,
indro, nisy fatin-dalahy raiky nindôsigna niboaka, zanaka lahy tôkan-dreniny (zay mpitondrataigna), ary
vahoaka maro be avy ao amin'ny tanàgna no niaraka taminanjy. [13]Nony nahita ananjy ny Tompo, de nalahelo
tantairaka ananjy kay nagnano taminanjy hoe: "Aza mitomoagny." [14]Avy te de niakatra Izy ary nikasika an'ilay
serké zay nitondrasanjare lay razagna, ary nidôko zare nitôndra zegny. Aozin'ny hoe: "Ry tôvolahy, hoa zaho
aminô, miaraima." [15]De niarigna ilay maty kay nanomboka nivôlagna, ary Jesosy nanolotra ananjy tamin-dreniny.
[16]Nangôrohôro aby zare jiaby, ka nitohy nidaira an'Andriamanitra zare nivôlagna hoe: "Mpaminagny maventy no
natsagagna aketo amintsika" ary "Andriamanitra nitsinjo ny ôlognany." [17]Itô vôvô momban'i Jesosy tô de nisahely
magnairagna an'i Jodia sy ireo faritra magnodidigna jiaby.[18]Ire mpianatr'i Jaona nivôlagna taminanjy ny momba
ire raha ire. [19]De nagnantso roa tamin'ny mpianatra ananjy i Jaona kay nagnasa ananjy re ho agny amin'ny
Tompo mbô hivôlagna hoe: "Anô mô lay ho avy, sa tôkony mbola hizaha hafa zahay?" [20]Ary kôfa nagnatogna
mariny an'i Jesosy zare, de aozin'ny lalahy re hoe: "Jaona mpagnano batisa no nagnasa anay andai aminô atô
hagnontany hoe: 'Anô mô lay ho avy, sa tôkony mbola hizaha hafa zahay?'"[21]Ary tamin'ny laira zagny de
nampahivagna ôlogna baitsaka tamin'ny aretigna sy fahoriagna ary fanaintaignana avy amin're fagnahy ratsy
Izy, ary ôlogna Jamba baitsaka no napahiratiny. [22]Jesosy namaly ka nivôlagna taminjare hoe: "Kôfa avy nandaiha
tamin'ny lalagnanare anare, tatero amin'i Jaona zay hitanare sy regninare. Nahiratra ny jamba, nandaiha ny
malemy, ny boka nadio, naregny ny maregnina, nitsangan-kovelogna ny maty, ary ny mahantra nitoriagna
filazantsara. [23]Sambatra ny ôlogna zay tsy mitsahatra ny mino Anahy nohon'ny atôko."[24]Ary kôfa lasagna re
ôlogna nasain'i Jaona, de nanomboka nivôlagna tamin'ny vahoaka Jesosy ny momban'i Jaona hoe: "Hizaha ino mô
no nivoahanare tagny an'efitra? Vôlomaigna nahozongozonin'ny rivotra mô? [25]Fô hizaha ino nivohanare tagny?
Lalahy miakanjo tsara?Zahavo, fô zare magnatô akanjo lafo vidy sy re mihaigna amin'ny fiainagna tsara de
amin'ny lapan'ny mpanjaka. [26]Fô hizaha ino nivohanare takagny?Mpaminagny sa? Ia, Hoa zaho aminare, ary
mihoatra lavitra noho ny mpaminagny.[27]Izy no ilay voasôratra hoe: Indro, alaifako mialôha anô ny mpitôndra
hafatranahy, zay hagnomagna ny lalagnanô mialôha anô. [28]Lazaiky aminaré, fô aminaré zay nataira-biavy de tsy
misy maventy karahan'i Jaona. Naifa ilay faran'ny hely de maventy amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy."[29](Kôfa
naregny zaigny ny ôlo jiaby, agnisan'izany ny mpamory hetra, de nagnambara fô marigna Andriamanitra, satrià
natô batisa tamin'ny batisan'i Jaona izy ré. [30]Fa ré Fariseo sy ré mpahay lalàgna Jiosy kosa nandà
tanjon'Andriamanitra ho an'ny taignanjaré, satrià tsy natôn'i Jaona batisa.)[31]"Amin'ino mô, no afahako mampitaha
ny ôlogna amin'ito taranaka tô? Karaha ino mô zare? [32]Karaha zaza midôla ny bazary izy ré, zay mipaitraka sy
mifagnantso ary mivôlagna hoe: 'Nitsatra sodigna ho anaré zaihay, de tsy nandihy anaré. Nagnano hira mandàla
ho anare zaihay, de tsy nitomoagny anaré.'[33]Fô i Jaona mpagnano batisa tônga tsy nihinagna môfo ary tsy nisotro
divaigna, de ozinare hoe: 'Misy demonia izy.' [34]Ny Zanak'Ôlogna tônga nihinagna sy nisotro, de aozinare: 'Zahô,
angoaignana sy mpisotro Izy, naman'ire mpamory hetra sy mpanota!" [35]Fô ny fahindriagna de amin'ny zanany
jiaby."[36]Ary ny raika tamin're Fariseo nagnasa an'i Jesosy hiaraka hihinagna taminanjy. Kôfa avy nitsôfôtra
tandragnon'ilay Fariseo Jesosy, de nipaitraka hihinagna tambôn'ny latabatra. [37]Indro, nisy viavy tan-tanàgna zay
mpanota. Kôfa natsikaritra izy fô nipaitraka tamin'ny latabatra tandragnon'ilay Fariseo Izy, de nitôndra
boatin'Alabastara feno menaka magnitra izy. [38]Kôfa nitsangana tankilan'ny tongony izy, de nitomoagny, kay
nanomboka nandegny ny hongony tamin'ny ranomasony, de nifafany tamin'ny voron-dôhany re sady nirôhiny ny

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

hongony ary nosôrany menaka magnitra.[39]Kôfa nahita izegny ilay Fariseo nagnasa an'i Jesosy, de nieritreritra, nivôlagna hoe: "Ra mpaminagny itô lalahy tô, de tôkony fantany hoe karazam-biavy magnakôry io mikasika Ananjy io, fô panota io.'' [40]Jesosy namaly kay nivôlagna taminanjy hoe: "Simona, misy ra koragniky aminô. Ahozy hoe: "Volagno zegny, Mpampianatra o!''[41]Jesosy nivôlagna hoe: "Nisy mpampindram-bôla nanagna mpitrôsa rolahy. Ny raika tôkony agnaifa diman-jato denaria, raika dimam-pôlo. [42]Kôfa tsy afaka nagnaifa zegny taminanjy izy ire, de sômby navailany an'izy rolahy. Noho zegny, izôvy aminjare rolahy taigna tiànanjy ? [43]Simona namaly Ananjy kay nivôlagna hoe: "Lay nagnombaila be." De ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Marigna fitsaragnanô."[44]Ary Jesosy nitodika tagny amin'ilay viavy kay nivôlagna tamin'i Simona hoe: "Hitanô io viavy io. Nitsôfotra tandragnonô Za. Tsy namianô rano hanasan-tongotra, fô io viavy io de ranomasony no nandaimany tongoko ary voron-dôhany no namôrany ananjy. [45]Tsy nagnôroka Za anô, fô izy de tsinidôka nagnôroka ny tongoko.[46]Tsy nisôranô diloilo ny lôhako, fô izy de nagnôsitra zegny tamin'ny tongoko. [47]Noho zegny de milaza aminô Za fô, ire fahotany zay maro, de voavaila - satrià izy be fitiavagna. Fô zay navaila hely, de tià hely''.[48]De ahoziny taminy hoe: "Voavaila ire faotanô.'' [49]Ire niara-nipaitraka nihinagna te de nanomboka nifampikoragna te aminjare hoe: 'Izôvy moà itô vô de mamaila heloka? [50]Avake ahozy taminiviavy hoe: "Ny finoagnanô no navonjy anô. Madiana ampiadanagna."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 8

[1]Ary tavafara helin'izegny de nanomboka nandaiha nitety tanàgna sy tanety samihafa Jesosy, nitory sy
nagnambara ny filazantsara mikasika ny fanjakan'Andriamanitra. Niaraka taminy ire roa ambin'ny fôlo lahy,
[2]karaha ire viavy sanagny zay sitragna tamin'ny fagnahy ratsy sy ny aretigna: Maria zay nantsôvigna hoe
Magdalena, zay aifa namoahagna devoly fito; [3]Johana, vadin'i Koza, zay mpitan-drarahan'i Heroda ary Sosana; sy
ire maro afa koà, zay, tamin'ny fagnagnanjare, de nagnamia zay nilainjare.[4]Ra mbôla nisy vahoàka maro
niangogna, de nagnatogna Ananjy ire ôlo avy tamin'ny isan-tanàgna, de nagnano fagnoharagna izy hoe: [5]"Nisy
pambôly nivoàka mbô hamafy ny vihiny. Ra izy namafy igny, de voafafy tamôron-dalagna ny sanagny ary de
voadiàdià zegny, ary lanin'ny vôron'ny lagnitra. [6]Ny sanagny kôza vaofafy tamin'ny vatolampy, de nalazo zegny,
satrià tsy nisy hamandoagna.[7]Ary ny sanagny de voafafy tamin-dramaragnitra, ary ny tsilo niaraka naniry kay
voagaija zegny. [8]Ny sanagny voafafy tamin'ny tany lonaka kay namoà vokatra tsara lavitra be."Tavafaran'i Jesosy
nivôlagna ire raha ire, de nagnantso mafy Izy hoe: "Zay manantadigny hitandrignaisagna, ôka izy nitandregny".
[9]Nagnontany Ananjy ire pianany ny amin'ny tiàn'izegny fagnoharagna zegny hivolagnina. [10]Ahoziny hoe: "Ny
falalagna ramivon'ny fanjakan'Andriamanitra de namiagna anare, fô ho an'ny afa de miraisaka amin'ny
fagnoharagna Za, mbô tsy ahita zare na de mahita aza, ary tsy hahay na de maregny aza."[11]Ary zao no dikany
fagnoharagna: ny vihy de ny tenin'Andriamanitra. [12]Ire voafafy tantsisin-dalagna de ire zay naregny naifa avitake
de tônga ny devoly de nalakananjy tam-pôny, mbô tsy hino sy ho voavonjy zare. [13]Ary ire tamin'ny vatolampy
kôza de ire zay naregny ny teny, de mandray zegny amin-kafaliagna. Naifa tsy nisy fôtony ire; malaky foagna ny
finoagnanjare, ary amin'ny fotoagna fitsapagna de lavo zare.[14]Ire vihy voafafy tamin'ny tsilo de ire ôlo maregny
ny teny, fô kôfa mandaiha amin'ny diàny zare, de voagaijan'ny fitadiavagna sy hariagna ary ny fafinaraitagna
amin'izô fiainagna zao, kay tsy matoy ny vihiny. [15]Fô ny vihiny voafafy tamin'ny tany tsara, de ire naregny ny teny
tamin'ny fo marigna sy tsara, ary izy ire zay mitagna tsara ary namokatra am-paraitagna.[16]Ary, tsisy ôlo, kôfa
namelogna jiro, de manarogna ananjy amin'ny rakony na mamaitrakananjy akô ambany fandriagna. Fô
mamaitrakananjy amin'ny fagnatôvan-jiro, mbô ho hitan'ôlo jiaby zay mitsôfotra ny hazavagna. [17]Satrià tsisy
takogna zay tsy ampafantarigna, na raha miafigna zay tsy hay ary hiseo amin'ny hazavagna. [18]Kay tandrignaiso
tsara, zay managna, de mbôla hamiagna baitsabaitsaka kokoà, fô zay tsisy kôza, na zay heritreretiny hanagnany
aza de halagna aminanjy."[19]Avake ny mamany sy ralahiny nagnatogna Ananjy, naifa tsy afaka nagnakaiky Ananjy
nohon'ny vahoàka. [20]Nisy novôlagna taminy hoe: "Ny mamanô sy ralahinô de mijaridigna ivailany, te hahita anô."
[21]Fô Jesosy namaly sy nivôlagna taminjare hoe: "Ny mamako sy ralahiky de ire zay mitandregny
tenin'Andriamanitra sy magnano zegny."[22]Ary indraik'andro de nandaiha an-dakana Izy niaraka tamin'ire
pianany, ary Izy nilaza taminjare hoe: "Andaiha antsika arô ampitan-drano irô." De lasagna zare. [23]Fô ra nandaiha
igny zare de tafandry Jesosy. Ary nisy rivotra tônga tamin'ny farihy, kay feno rano lakagna, ary notandindoni-
doza zare.[24]Avy te nandaiha taminanjy namôha Ananjy ré mpianatr'i Jesosy, nagnano hoe: "Tompo o! Tompo o! ho
foaty antsika!" Ary nifôha Izy kay nivôlagna mafy ny rivotra sy ny rano magnonja, de nidôka, de tony avy te. [25]Ary
nivôlagna taminjare Izy hoe: Aiza mô ny finoagnanare?" ary natahotra mafy zare. Tsy vitany natahotra fô
magnana koa zare, ary nifampagnontany hoe: "Izôvy mô izy, no mandidy na ny rivotra sy ny rano aza, magnaiky
Ananjy?"[26]Zare de nahazon'ny faritr'i Gerasena, zay narindrin'ny farihin'i Galilea. [27]Ary kôfa niakatra tan- tanety
Jesosy, de nitrôtra tamin'ny lalahy raiky avy tan- tanàgna zay nisy demonia. Kôfa aila izy tsisy lamba, ary tsy
nipaitraka tan dragno fô tam-pasagna.[28]Kôfa nahita an'i Jesosy izy, noafatra mafy sady niakôhotra talôhany kay
nivôlagna mafy hoe: "Ino mô iraisanô aminahy ry Jesosy, zanak'Andriamanitra o? Miangavy anô za, aza
ampijaligna." [29]Fô Jesosy nandidy ny fagnahy maloto hiala tagnatin'io lalahy io. Fô aifa nandritry ny fotoagna
maro no nigijain'izagny izy, kay nifatôrany tamin'ny rôjo sy gadra vy no noambaisany ananjy, de narateny ire
rôjoananjy ary nindôsin'ny demonia tagny agnefitra izy.[30]Jesosy nagnontany ananjy hoe: "Izôvy agnaranao? Ary
hoy izy hoe: "Legiona," fô aifa maro ny demoniaka zayaifa niditra taminanjy. [31]Izy ré niangavy ananjy foagna
mbô tsy handaifa ananjy an- davaka tsy hita noanoa.[32]Ary nisy kisoa maro nihinagna tankilan'ny havoagna. Kay
niangavy Ananjy ilay demonia mbô hamaila anjaré, handaiha hifindra akagny kay navailany zegny. [33]Kô nivoàka
tamin'io lalahy io ny demonia de nifindra tamin'ny kisoà, ary nitantraivatraiva tagny an-taivagna kay nandaiha
amin'ny farihy ilay kisoà kay maty.[34]Ary kôfa hitan'ny mpiabin-kisoà ny raha nitranga, de niazakazaka ka
nivôlagna anjagny tan-tanàgna sy tagnaty ala zare. [35]Kay niboaka aby ny fokon'ôlogna tan-tanàgna mbô hizaha ny
raha nitranga, ary nagnatogna an'i Jesosy zare kay nahita an'ilay lalahy nivoahan'ny demonia. Ary nipaitraka tan-
tongon'i Jesosy izy, nagnatô lamba izy sady vory saigny; de natahotra zare.[36]Avy te zare nahita zay nivôlagna zay
fômba nahivagnan'ny lalahy nanjakan'ny demonia. [37]Ary ny vahoaka jiaby tamin'ny faritr'i Gerasena de
nangataka an'i Jesosy mbô hiala aminjare aké, satrià natahotra mafy zare. Noho zegny de nadaiha an-tsambo


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

kely Izy mbô afahan-jare miherigna.[38]Lay lalahy nivoahan'ny demonia ndreky de niangavy Ananjy mbô indôsiny hagnaraka Ananjy, fô Jesosy nagnasa ananjy niherigna de nivolagniny hoe: [39]" Mihiraigna agny an-dragnonô anô kay magnanôva tatitra feno momba zay natôn'Andriamanitra taminô." Ary ilay lalahy nandaiha tamin'ny lalany, de nagnambara magnairan-tany ny raha natôn'i Jesosy taminanjy.[40]Ary kôfa niherigna Jesosy de nandray ananjy ny vahoàka, fô zare de aifa nandigny Ananjy. [41]Ary nisy lalahy atô hoe Jairo, zay raiky tamin'ire mpitarika tako amin'ny Synagoga, nagnatogna niakôhotra tan- tongon'iJesosy, kay niangavy Ananjy mbô Andaiha an- dragnony, [42]satria ny zanany vavy tôkagna za roambiny fôlo tôgna te marary mafy ho foaty. Kô nandaiha tan-dalàgna Jesosy, de maro ny ôlogna nifanisitsisika magnodidy Aminanjy aké.[43]Ary nisy viavy araiky také zay nandaiha rà nandritry ny roabin'ny fôlo tôgno ary nandany ny vôlany jiaby, [Fanamarihagna: iré mpanam-pahaizagna de aifa nizarazara hevitra raha tôkony ampidirigna akéto ny fehezanteny hoe: "Nandany ny vôlany jiaby (izy)] ary tsisy nampahivagna ananjy na izôvy na izôvy. [44]Ary izy tafaran'ny nikitiany ny poetin-damban'i Jesosy, de nidôko ny rànanjy.[45]Jesosy nivôlagna hoe: "Izôvy nitagna anahy te?" Kôfa nandà ny ôlo jiaby de aozy i Petera hoe: "Tompo, magnodidigna anô indre ôlogna jiaby ary magnery Anao." [46]Fa Jesosy nivôlagna hoe: "Nisy nitagna za te, fô fantako fô nisy hery niala avy taminahy."[47]Kôfa hitan'ilay viavy fô tsy takotra izy, de nangitakitaka izy, ary niakôhotra taminanjy te izy. Nivolagniny tamason'ôlogna ny antony nikasihany Ananjy, sy ny fômba nahivagnany takéke. [48]Ary Izy nivôlagna taminanjy hoe: "Ry zanako vavy, ny finoagnanô no nampahivagnanô. Mandihana am-piadanagna."[49]Avy te kô mbôla nivôlagna izy, de nisy ôlogna raiky avy an-dragnon'ny mpitarika synagoga, nagnano hoe: "Maty ny zanagnô viavy. Aza sahiragninao eky ny mpampianatra." [50]Kôfa naregny zagny Jesosy, de namaly an'i Jairo Izy hoe: "Aza matahotra; minoà foagna de ahivagna izy."[51]Kôfa nandaiha an-dragno Izy, de tsisy ôlon-tôkagna nanjary niditra tao ankoatran'i Petera sy Jaona sy Jakoba, sy ny baba sy maman'ilay zaza. [52]Ary zare nandàla sy nitomoagny ananjy, [53]Fô Izy nivôlagna hoe: "Aza mitomoagny; tsy maty izy fô mandry." De nihomehy ananjy zare, satrià fantatra fô maty ilay zaza viavy.[54]Fô niraisiny tamin'ny tagnany izy kay nagnantso mafy, nivôlagna hoe: "Zanako, mitsangàna!" [55]Ary niherigna ny fagnahiny, kay niharigny avy hatrany izy. Ary nibéko ananjy ré Izy mbô hagnamia habigna ananjy. [56]Ary magnana ny Ray aman-dreniny, fô Izy ndraiky nandrara anjaré mbô tsy hivôlagna na aminjôvy nô izôvy ny raha nitranga.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 9

[1]Nagnantso zare roa ambin'ny fôlo lahy Izy ary nagnomia anjaré ny hery sy fahefagna amin'iré demonia jiaby ré
ary hampahivagna ire aretigna. [2]Nalaifa zare hitory ny fanjakan'Andriamanitra sy nampahivagna ny marary.
[3]Ahozy taminjare hoe: "Aza mitôndra na ino na ino amin'ny laihanare tsisy tehigna, tsisy tragnom-basy, tsisy
môfo, tsisy vôla, ary tsisy akanjo fagnampiny. [4]Zay tragno idiranare, de midokaha akô madra- pialanare.[5]Na
akaiza na akaiza tsy handraisanjare anare, kôfa miala zegny tanàgna zegny anare, de ahitsagno hiala amin'ny
tongonare ny vôvôka mbô ho fijoroagna vavolombelogna anohairagna azy ire.'' [6]Avake de lasagna zare ary
namakivaky ire tanàgna, nitory ny filazantsara sy nagnasitragna.[7]Ary regnin'i Heroda mpanapaka dahôlo ra jiaby
nitranga zegny, ary de nany fagnahy izy, satrià nivôlagny ny sanagny fô i Jaona mpagnano batisa no nitsangagna
tamin'ny maty, [8]ary voalaza fô niseho Elia, ary ny sanagny kôza mivôlagna fô raika tamin'ire paminany talôha no
nitsangagna tamin'ny maty. [9]Ahozy Heroda hoe: Za no nanapa-dôha an'i Jaona, kay zôvy ndraiky zegny ôlo
andrignaisako ra karan-jagny?'' Ary nihaizaka ny ahita Ananjy izy.[10]Kôfa niherigna ire apostoly, de nitantara
taminy ire zaha jiaby vitanjare. Avake nindôsiny niaraka taminy zare, ary nandaiha nitôkagna ho amin'ny
tanàgna antsôvigna hoe Betsaida. [11]Fô vô naregny momba zegny ire vahoaka, de nagnaraka Ananjy. De niraisiny
zare ary nikoragniny azy ire ny momban'ny fanjakan'Andriamanitra, ary nagnasitragna ire zay nila
fagnasitragnana Izy.[12]Ary kôfa ho aligna ny andro, de nagnatogna Ananjy ire rombifôlo kay nivôlagna hoe:
"Asaivo mody ire vahoaka mbô hafaka mamonjy tanàgna magnodidigna sy ambanivôlo mbô hahita andriagna sy
anigna, satrià amin'ny tany daizaka atsika.'' [13]Fô ahoziny taminjare hoe: ''Amiazo anigna zare re!'' Ary nivôlagna
zare hoe: Akato kony môfo dimy sy lôka roa foagnay ra tsy manday mividy ho anôlo jiaby re dônko! (Take de nisy
lalahy dimy arivo). [14]Ke nivolagna tamire mpianany Izy hoe: ''Alamino tsy tôkotôkony zare kay tôkony raiky
dimapôlo ôlo.''[15]Kay nagnano zaigny zare ré, napaitraka ire vahoaka ré. [16]Nandray ire môfo dimy sy lôka roa ré
Izy, de niandrandra ny lagnitra nisôtra de avy te namiany ire mpianany zaigny mbô zarainjare amin'ny vahoaka.
[17]Nihinagna zare kay afa-po, ary nahonkon-jare ilay potipotiny roa ambin'ny fôlo bazary.[18]Ary kôfa nivavaka
manôkagna Jesosy, de niaraka taminanjy ré mpianatra ré. De nagnotaniany ré, natôny hoe: "Atôn'ire vahoaka ré
izôvy Zaho? [19]Namaly zare hoe: "Jaona mpagnano batisa. Fô nisanany nivôlagna fô Elia, fô ny sagnany nivolagna
fô nitsangagna tamin'ny maty ré mpaminagny talôha."[20]Ary nivôlagna taminjare Izy hoe: "Ary anaré magnano
Anahy izôvy?" Petera namaly ananjy hoe: "Anô ilay Kristy zanak'Andriamanitra." [21]Fô nifairany mafy zare mbô
tsy hivôlagna anjany na aminjôvy na izôvy, [22]nagnano hoe: Ny Zanak'Ôlogna de tsy maintsy hijaly amin'ny raha
maro ho lavin'ire lôh'ôlogna sy lohan'ny mpisorogna ary ire mpanôra-dalàgna, hivonigny Izy ary amin'ny andro
fahatelo de hatsangana."[23]Ary Aoziny tamin-jare jiaby hoe: "Kô misy tiagnaraka Anahy, de tsy maintsy mandà ny
taignany izy ary hitôndra ny kakazofijaliagna kay hagnaraka Anahy. [24]Na zôvy na zôvy te hagnavotr'aignananjy
de hagnary zaigny, fô na izôvy na izôvy magnary ny aignany noho ny fitiavany Anahy de hagnavotra zany. [25]Ino
mô tsara azon'ôlogna amin'ny fanagnan'izô tontolo zô naifa magnary na mamotika ny aignany?[26]Fa na izôvy na
izôvy maignatra ny Aminahy sy fivolagnako, de maignatra ananjy koa ny Zanak'Ôlogna kôfa tônga amin'ny
voninahiny, sy ny Papa sy ré anjely masigna Izy. [27]Fô lazaiky aminaré, fô ny sasany aminaré zai mitsangagna
akéto de tsy ahita fafataisagna mialôhan'ny ahitany ny fanjakan'Andriamanitra."[28]Ary valo andro tafaran'ny
nilazan'i Jesosy ire teny re, de nidôsiny niaraka taminanjy Petera sy Jaona ary Jakoba kay niakatra tanety
hivavaka. [29]Kôfa nivavaka Izy, de niôva endrika ny tarehiny, ary nanjary fotsy mangilangilatra ny ankanjony.
[30]Indro, Nisy roa lahy nikoragna taminanjy, Mosesy sy Elia, zay nipoitra tamim-boninahitra mamirapiratra.
Nikoragna momba ny fialàny Izy, [31]zay nindôsiny hotantairahigna agny Jerosalema.[32]Ary Petera sy zay niaraka
taminanjy de tihoahandry mafy, kôfa tegna taitra tanteraka zare, de nahita voninahiny sy lalahy roa lahy
nitsangana niaraka taminanjy. [33]Kôfa niala nagnalavitra an'i Jesosy zare, de aozin'i Petera taminanjy hoe: "Tompo,
tsara amintsika midôko aketo. Ambilay zahay hagnamboatra fialôfagna telo, raika Aninao, raika an'i Mosesy, ary
raika an'i Elia." (Tsy hainy raha koragniny.)[34]Tampivolagnan'zegny izy, de nisy rahogna tônga, nisarogna
taminjare, natahotra zare kôfa niditra tamin'ilay rahogna. [35]Nisy feo niboaka avy tamin'ilay rahogna, nagnano
hoe: "Itô ny Zanako zay voafidy; tandrignaiso Izy." [36]Kôfa nivolagna ilay feo, de Jesosy raika no hita take.
Nitagnanjare foagna ny fahanginany ary tsy nivolagninjare tamin'ôlogna na zôvy na zôvy ny momba izay rehetra
hitan'izy ireo.[37]Ary tamin'ny andro magnaraky io, kôfa nirôrôgna avy tan-tanety zare, de vahoaka maro nitrôtro
taminjare. [38]Nisy, lalahy raika avy tamin'ny vahoaka no nihafatrafatra mafy, nagnano hoe: "A Ramose o, mikorery
aminô zaho mbô zaha koa zanako tô, fô zanakolahy tôkana izy tô. [39]Hitanô, misy fanahy mibeko ananjy de
mihiakiaka tampoka izy; ary mahatônga fanintogna aminanjy zegny kay mamôaka ranivy ny vavany. Tsy miala
aminanjy zegny ary mandrairaka ananjy. [40]Nikorery tamin'ny mpianatranô re za, fô tsy afanjare ilay
raha."[41]Namaly Jesosy ka nagnano hoe: "Anare tsy mpino sy taranaka ratsy fitondran-taigna, oviagna mô no tsy


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

maintsy hidôkoako miaraka aminare sy hiaraitako miaraka aminare? Indôsy atô ny zanagnô lalahy zegny." [42]Kôfa
nagnatogna ilay zaza lalahy, de natsipin'ny demonia tamin'ny tany izy ary nampihinjitsinjitra ananjy. Fô Jesosy
nivolagna mafy ilay fagnahy maloto ary nampahivagniny ilay zaza lalahy, de namiany an'ny babany.[43]Ary avy
take de variagna daholy zare nahita ny halibiazan'Andriamanitra. Kôfa magnana tamin'ny raha jiaby natôny iny
zare, de aoziny tamin'ny mpianany hoe: [44]"Ambilao reto teny reto ho tônga laligny an-tandigninare: ny
Zanak'Olona de hivadihan'ny ôlogna ka hatolotra eo antagnan'ôlogna." [45]Fô tsy azonjare raha tiany volagnina.
Zegny de navony taminjare, de tsy azonjare raha nivolagniny, ary mbôla natahotra zare ny hagnontany mômba
zegny fagnambaragna zegny.[46]Ary nanomboka te de niady pilasy zare ny amin'ilay hitôndra anjare. [47]Fa Jesosy,
nahafantatra raha tam-ponjare, de nalaka zaza hely raika kay napaitrany tankilany [48]ary nivolagna taminjare
hoe: "Fa izôvy na izôvy mandray itô zaza itô amin'ny Agnarako, de mandray Anahy; ary na izôvy na izôvy
mandray Anahy, de mandray zay nagnasa Anahy. Fô zay faran'ny hely no faran'ny maventy."[49]Jaona namaly hoe:
"Tompo o, nahita ôlogna raika zahay nagnala demonia tamin'ny agnaranô de nisakananay izy, satria tsy
magnara-dia anay." [50]"Aza raràgna izy," aozin'i Jesosy, "Satria zay tsy manohitra anare de mômba anare."[51]Kôfa
nariny ny andro ampiakaragna Ananjy, de niatrika ho agny Jerosalema Izy. [52]Nandaifa mpitôndra hafatra
mialôha ananjy Izy, Ary nandaiha zare ka niditra tan-tanàgnan'ny Samaritana raika mbô hagnomagna raha jiaby
ho Ananjy. [53]Fô ny vahoaka tô tsy nandray Ananjy, satria nitodika ho any Jerosalema Izy.[54]Kôfa nahita zegny
Jakoba sy Jaona mpianatra, de Aozinjare: "Tompoko, tianô mô zaihay kô handaifa afo milatsaka avan-dagnitra
mbô hamotika anjare?" [55]Fô nitodika Izy ary nivolagna mafy taminjare, [56]ary lasana tagny an-tanàgna hafa zare.
[57]Ary kôfa nandaiha tan-dalagna zare, de nisy ôlogna raika nagnano taminanjy hoe: "Hagnaraka Anô zaho na
andaiha aiza na andaiha aiza andihananô." [58]Jesosy nivolagna taminanjy hoe: "Ny ambodia managna
lavakananjy, ary ny vôrogna an-dagnitra de managna akaniny, fô ny Zanak'ôlogna tsy manana pilasy
agnatôvagna ny lôhany."[59]Ary Aoziny tamin'ôlon-kafa hoe: "Andô hagnaraka Anahy." Fa aozin-jaré hoe: "Tompoko,
avilao bôka zaho handevigny babako." [60]Fa Aoziny taminanjy hoe: "Avilao ny maty handevigna ny maty aminanjy.
Fô anô, mandihana ka mitorià agny lavidavitra akagny hagnitatra ny fanjakan'Andriamanitra."[61]Ary nisy ôlon-
kafa nagnano hoe: "Tompo, hagnaraka anô zaho, fô avilao bôka za andaiha agnano viloma lay andragnoko agny."
[62]Jesosy namaly ananjy hoe: "Tsisy ôlogna mitagna angady kay mitodika kay mbôla ho ananjy ny
fanjakan'Andriamanitra."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 10

[1]Ary tafaran'iregny raha regny, de nifidy fitopôlo lahy [Fagnamarihagna: Maro amin'ire fandikagna talôha taigna
tsara no milaza hoe: "fitopôlo", fô ny sasany milaza hoe: "roa ambi-fitopôlo." ] hafa ny Tompo, ary nandaifa anjare
tsiroaroa nialôha Ananjy tagny amin'ny tanàgna jiaby sy toeragna zay fandihanany. [2]Aoziny taminjare hoe: "Be
ny vokatra, fô vitsy ny mpiasa. Noho zaigny hangataho ny Tompon'ny vokatra mbô handaifa mpiasa mbô ho eny
amin'ny vokatra."[3]Mandaihana amin'ny lalagnare. Jere, alaifako karan'ny zanak'ondry ampôvoan'ny ambodia
anare. [4]Aza mitôndra kajiam-bôla, na fitoeragn'entagna, na kapa, ary aza magnotsafa na izôvy na izôvy an-
dalagna.[5]Zay tragno hidiranare, volagno mialôha hoe: 'Fiadanagna anie ho amin'itô tragno itô!' [6]Kôfa misy
ôlognan'ny fiadanagna akô, de hipaitraka akô ny fiadanagna volagninare, kôfa tsisy, de hiherigna aminare zaigny.
Mipitraha andragno akô malôkany, mimoàna sy misotroà zay amianjare akô, fô ny mpiasa de taigna tôkony
hahazo karamany. [7]Aza mifindrafindra tragno.[8]Fô amin'izay tanàgna zay idiranare, kay mandray anaré, hoano
zay atolony anaré, [9]ary ampahivagno ny marariny. Volagno zare hoe: 'Aifa mariny anaré ny
fanjakan'Andriamanitra.'[10]Na oviagna na oviagna anare no miditra an-tanàgna kay tsy mandray anare zare, de
miboaha an-dalambe ary volagno hoe: [11]'Na de ny fasigna ny tanàgnanare zay mipaitaka amin'ny tongonay aza de
hifafanay hanôhitra anare! Fantaro anaifa zô: Aifa mariny ny fanjakan'Andriamanitra.' [12]Volagniko aminare fô
amin'ny andro fitsaragna de ho azo liferigna kokoà ny an'i Sodoma noho ny amin'izegny tanàgna zegny.[13]Loza ho
anô, ry Korazina! Loza ho anô, ry Betsaida! Fô kô ny asa maventibe zay natô taminô no natô tagny Tyro sy Sidona,
de aifa aila zare no nibaibaka, nipaitraka tamina lamba mandala sy jôfo. [14]Fô azo liferigna kokoà ny an'i Tyro sy
Sidona amin'ny fitsaragna toy zay nenare. [15]Anô, ry Kapernaomy, mievitra mô anô fô andaiha an-dagnitra? Ahe,
hindôsigna arorogna any amin'ny Afo be anô.[16]Zay mitandregny anaré de mitandregny Anahy, ary zay mandà
anaré de mandà Anahy de mandà ilay nagnasa Anahy."[17]Nierigna am-pifaliagna reo fito-pôlo, kay nivolagna hoe:
"Tompo, na de ny demonia aza de magneky anay tamin'ny agnaranô." [18]Jesosy nivolagna taminjare hoe: "Nahita
an'i Satana nilatsaka avy tagny an-dagnitra karaha varatra Zaho." [19]Zahà, fô efa namiako anare ny fahefagna
handià menaragna, ny ala, ary ambonin'ny hery jiaby ny fahavalo, ary na ino na ino de tsy hisy handratra anare
amin'ny fômba jiaby. [20]Na de zaigny aza mifaly foagna aminjany, hoe: nagneky anare ny fagnahy, fô mifalià fô
voasôratra agny an-dagnitra ny agnaranare."[21]Tamin'io fotoagna io foagna de nifaly tokôa tao amin'ny Fagnahy
Masigna Izy, ary nivolagna hoe: "Midaira Anô Zaho, a Baba, Tômpon'ny lagnitra sy ny tany, fô efa navoninô ny
raha regny tamin'ny hendry sy ny manan-tsaigna, ary nivolagninô tamin'ire tsy manam-pahalalagna, karaha zaza
hely. Ia, Babako, fô zaigny no ankasitrahagna amasonô."[22]Ny Raha jiaby de nankinin'ny Babako taminahy, ary
tsisy mahafantatra Anahy kô tsy Babako foagna, ary tsisy mahafantatra hoe: izôvy ny Babako afa-tsy ny Zanaka
sy zay nisafidianan'ny Zanaka haseho Azy."[23]Avy take de niodigna tamin'ny mpianatra Izy kay nivolagna
mangingigna hoe: "Sambatra zay mahita ny raha hitanare. [24]Volagniko aminare, mpaminagny sy mpanjaka maro
no nagniry ahita zay raha itanare, fô tsy hitanjare zagny ary haregny raha regninare, fô tsy reninjare
zaigny."[25]Indro, nisy mpampiagnatra ny lalànan'ny Jiosy raiky nitsangagna mbô hitsapa Ananjy, ka nivolagna hoe:
"A ramose o, ino mô no tsy maintsy hatôko mbô handôvako ny fiainagna mandrakizay?" [26]Jesosy nivolagna hoe:
"Ino mô no voasôratra amin'ny lalàgna?Karakory famakianô ananjy?" [27]Nagnomia valinteny izy de nivolagna hoe:
"Tiavo ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fognao jiaby, amin'ny fagnahinao jiaby, amin'ny herinao jiaby, amin'ny
fisainagnanô jiaby, ary tiavo ny namanô karan'ny taignanao." [28]Jesosy nivolagna taminanjy hoe: "Marigna ny
valinteninô. Ataovy zaigny de ho velogna anô."[29]Fô ny mpampianatra, nagniry hagnamarigna ny tegnany, de
nivolagna tamin'i Jesosy hoe: "Izôvy mô namako?" [30]Jesosy namaly ka nivolagna hoe: "Nisy lalahy raiky nirôrôgna
avy tagny Jerosalema ho agny Jeriko. Izy de nindahin'ny mpagnaindaka, de nalainy fanagnana jiaby taminanjy
sady nivileziny izy de navailany kôfa ho foaty izy. "[31]Ary sendra nisy mpisorogna nandalo taminjany lalagna
zagny, kôfa nahita ananjy izy, de nandaiha tampitany. [32]Karanjagny koa nisy Levita raika, kôfa nandalo tamin'ilay
toeragna kay nahita ananjy, de nandaiha tampitany.[33]Fô nisy Samaritana raiky, kôfa nandaiha tamin'ny tany
nandaihanany izy, de tônga tamin'ny tany nisy ananjy. Kôfa nahita ananjy izy, de nitsetra ananjy. [34]De nagnatogna
ananjy izy kaY nifognôsiny ny fery ananjy, ary nandraràhany mainaka sy divaigna taminanjy. Nampitikininy ny
biby ananjy izy, kay nindôsiny talôtely, ary nikarakarainy. [35]Amaraignaniny de nalaka denaria roa izy, ary
natôlony ny tompon'ny hôtely zaigny, ary nivolagna izy hoe: 'Karakarao izy, ary na otrino na otrino laninô
mihoàtra, kôfa mierigna zaho magnaifa ananjy. '[36]Izôvy aminjare telo nieritreretinô, mbô kamaradin'ilay
naindahina mpagnaidaka?" [37]Namaly ilay mpampianatra hoe: "Ilay raiky zay naneho fiantragna ananjy. "Jesosy
nivolagna taminanjy hoe: "Mandihana ary magnanova karanjagny koa."[38]Ary kôfa niara-nandaiha taminjare Izy,
de niditra tan-tanàgna raiky, ary nisy viavy raika nantsôvigna hoe Marta nampandroso Ananjy tandragnony.
[39]Nanagna rahavavy atao hoe: Maria izy, zay nipaitraka tan-tongon'ny Tompo ary nitandregny raha nivolagniny.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

[40]Fô Marta sahiragna be tamin'ny fikarakaragna ny sakafo ho arôso. Nandaiha tamin'i Jesosy izy, de nagnano hoe:
"Tompo, tsy mampagnino Anô ny agnombailan'ny rahavaviky anahy hiasa raika? Kay volagno izy mbô hagnampy
anahy." [41]Fô namaly ny Tompo ka nagnano hoe: "Marta, Marta, magnahy amin'ny raha maro be anô, [42]kanaifa
raha raiky foagna no taigna ilaigna. Maria de aifa nifidy zay taigna tsara, zay tsy alagna aminanjy."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 11

[1]De zao raha nitranga refa nivavaka tamin'ny toeragna raiky Jesosy, nisy raika tamin'ny mpianany nivolagna
taminanjy hoe: "Tompo, mbô hampianaro mivavaka zaihay karan'ny nampianaran'i Jaona reo mpianany."[2]Aozin'i
Jesosy taminjare hoe: "Kôfa mivavaka anare de volagno hoe: 'Ray o, ho hamasinigna anie ny agnaragnô. Ho tônga
anie ny fanjakagnanô.[3]Amiavo anay ny hanignanay igniany. [4]Ambilao ny fahotagnanay, karaha ny nambilanay
zay meloka taminay. Aza mitôndra anay handaiha amin'ny fakam-pagnahy."[5]Jesosy nivolagna taminjare hoe:
"Izôvy aminare no hanagna namagna, ary handaiha aminanjy amin'ny sasakaligna, ary agnano aminanjy hoe:
'Ry namagna, mbô ampindramo môfo telo edy zaho, [6]fô misy namako raiky vô tônga avy lavitry, ary tsy managna
na ino na ino harôso aminanjy zaho.' [7]Ary hamaly ananjy donko raiky tatragno kay nivolagna hoe: 'Aza
mifagnelingeligna.' Aifa mifody tamiagna, ary ny zanako, aifa mandry am-pandriagna, miaraka aminahy. Tsy
afaka mitsangagna zaho hagnomia môfo anô.' [8]Mivolagna aminare Zaho, fô na de tsy mitsangagna sy magnomia
mofo ananjy aza izy satria mpikamarady zare, de hagnomia fô izy nohon'ny fikirizany tsy misy haignatra, de
hitsangagna izy ary hagnomia môfo jiaby zay ilainy.[9]Mbô milaza aminare koa aho, Mangataha, de amiagna anare;
mitadiava, de hahita anare; konkogno, de hisokafigna anare. [10]Fô ny ôlogna jiaby zay mangataka de mahazo, ary
zay mitady de mahita; ary zay ôlogna magnonkogna, de hisokafigna.[11]Izôvy aminare raim-pianakaviagna re mô,
kôfa angatahan'ny zanany lôko, de hagnomia ananjy bibilava fô tsy lôko? [Fagnamarihagna: re fandikagna tegna
tsara de misy vaki-teny fohy kokoà, zay arahintsika aketo. Ny fandikagna talôha sanany de misy vaki-teny
lavalava kokoà, zay hita akô amin'ny Matio7:9 koa: "Raim-pianakaviagna izôvy aminare, mô mangao môfo ny
zanakare, no hagnomia ananjy vato? Na lôko, de hagnomia ananjy bibilava?" ] [12]Na kô mangao atody izy, de
hamiagnare ala izy vô? [13]Noho zagny, kô anare ratsy fagnahy aza mahay magnomia fagnomaizagna tsara ho an'ny
zanakare, de karakôry ny habaizan'ny Fagnahy Masigna hamian'ny Ray anare izay any an-danitra ho an'ireo izay
mangao Aminy?"[14]Ary Jesosy nandroàka demonia moà. Kôfa niboika lay demonia, de nahay nivolagna lay lalahy
moà, ary magnana ny vahoaka. [15]Fô ny ôlogna sanany nivolagna fô: "Amin'ny alalan'i Belzeboba, zay mpitarika ny
demonia, no androasany demonia."[16]Ny sanany nitsapa Ananjy ary nizaha famantaragna avy tagny an-dagnitra
taminanjy. [17]Naifa fantatr'i Jesosy zay tagnaty lôhanjare ka nivolagna taminjare Izy hoe: "Re fanjakagna jiaby zay
mirasarasa de rava, ary ny tragno zay mirasarasa de hirodagna."[18]Kô miady an-tragno Satana, agnano akory
hampaharitra ny fanjakagnany? Fa ozinare hoe mandroaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba Zaho. [19]Kô
mandroaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba Zaho, amin'ny alalanjôvy ndraiky no androahan'ny mpagnara-
dia anare ananjy? Donko, de zare no hitsara anare. [20]Kô mandroaka ny demonia amin'ny alalan'ny ratsan-
tagnan'Andriamanitra Zaho, de tônga aminare ny fanjakan'Andriamanitra.[21]Kôfa ampy fitôvagna tsara ny lalahy
mantajaka raika miamby tragnony, de voahambigna ny hariagnany, [22]Naifa kô raha mahery noho izy ny lalahy
raika ka mandresy ananjy, de alain'ilay lalahy mahery kokoa amin'ilay lalahy ny fiadiana, ary ho robainy ny
fanagnan'ilay lalahy. [23]Zay tsy miaraka Aminahy de mpanôhitra Anahy, ary zay tsy mionkogna aminay de
misaraka aminahy.[24]Kôfa miala amin'ôlogna raika ny fagnahy ratsy, de lasagna izy mamakivaky toairagna tsisy
rano ary mizaha fitsaharagna. Ary kôfa tsy mahita, de aozy hoe: "Andaiha ierigna an-dragno niaviako zaho.'
[25]Kôfa tafaerigna, izy dia mahita zagny tragno zagny mady sy milamigna. [26]Avake de lasagna izy malaka fagnahy
hafa ratsy lavitra ny te miisa fito miaraka aminanjy ary de miditra mbô hipaitraka akô zare jiaby. Kay ratsiratsy
lavitra ny te ny iafaran'izagny ôlogna zagny."[27]Kôfa nivolagna raha re Izy, de nisy viavy raika nanandratra ny
feony tagnaty vahoaka ary nagnano taminanjy hoe: "Sambatra ny kibo zay nitairaka Anô sy ny nono zay
ninonoanô." [28]Fa Aoziny hoe: "Zay mitandregny ny Tenin'Andriamanitra sy mitagna anjany, no Sambatra lavitra
noho zegny."[29]Kô mbôla nitômbo ny vahoaka, de nanomboka nivolagna Jesosy hoe: "Itô taranaka tô de taranaka
ratsy. Mizaha famantaragna izy, naifa tsisy famantaragna hatoro ananjy afa-tsy ny famantaragnan'i Jona. [30]Fô
karaha ny nahatônga an'i Jona ho famantaragna tamin'ire Ninivita, karanjegny koa de ho famantaragna ny
Zanak'Ôlogna amin'ity taranaka itô"[31]Ny Mpanjaka vavin'ny Atsimo de hitsangagna amin'ny fitsaragna miaraka
amin'ireo lalahy amin'itô taranaka itô kay hanameloka anjare, fa tônga avy tagny amin'ny faran'ny tany izy mbô
hitandregny ny fahidriagnan'i Solomona, ary indro, aketo misy Ôlo- maventy noho i Solomona.[32]Ny lalahin'ny
Ninive de hiara hitsangana amin'itô taranaka itô amin'ny fitsaragna ary hagnameloka ananjy, satria nibaibaka
tamin'ny toritenin'i Jona zare, ary indro, misy Ôlogna maventy noho Jona aketo.[33]Tsisy ôlogna raiky, kôfa
mamelogna jiro, de apaitraka ambandraha na agnaty bazary, fô atô ambôny pilasinjiro, mbô ho hitan'izay
miditra ny hazavagnany. [34]Ny masonô no jiron'ny vatagnanô. Kôfa tsara ny masonô, de rakotra hazavagna ny
taignanô jiaby. Fa kô ratsy ndraiky ny masonô, de ahizigna ny taignanô. [35]Noho zagny, mitandrema anare mbô tsy
ho maizigna ny hazavagna aminare. [36]Ary, kôfa feno hazavagna ny taignanô jiaby, kay tsisy ampahan'zagny
maizigna, de ho karanjeny ny jiro zay mampamiratra ny hazavagna amin'ny taignanô jiaby.[37]Kôfa vita raha

nikoragniny, de nisy Fariseo nagnasa ananjy hiaraka-hihinagna aminanjy an-dragnony, de niditra Jesosy kay nipaitraka. [38]Magnana ilay Fariseo fô tsy nagnasa alôhan'ny hihinagna Jesosy.[39]Fa aozin'ny Tompo taminanjy hoe: "Avahizo, anare Fariseo, de magnady ny ivailan'ny tasy sy ny lasety, naifa ny agnatinare de feno rombaka sy faharatsiagna." [40]Anare hely saigna! Tsy nagnano zay ao agnatiny mô no nagnano ny ivailany? [41]Amiavo ny mahantra zay ao agnatiny, de ho mady ho anare aby ny raha jiaby.[42]Fa loza ho anare ry Fariseo, satria mandoa ny ampahafolon'ny solila sy ny rota ary ny kakazo hafa agnaty ala anare, naifa tsy nahoanare ny fahamarinagna sy ny fitiavan'Andriamanitra. Ilaigna ny magnano ny marigna sy ny mitia an'Andriamanitra, no sady tsy magnadino ny raha hafa koa.[43]Loza ho anare ry Fariseo, fô tianare ny pilasy vôlôhany amin'ny synagoga sy ny fiarahabagna feno fagnajana anare a bazary. [44]Loza ho anare, fô anare de karan'ny fasagna tsisy famantaragna zay hidiavin'Ôlogna fa tsy fantany zagny.[45]Ny raika taminjare mpampianatra lalàgna nivôlagna taminanjy hoe: "Mpampianatra o, zegny lazainô zegny de manaivataiva anay koa." [46]Jesosy nivôlagna hoe: 'Ho anare, ry papiana-dalàgna ! Fô mampitôndra ainta-mavaisatra tsy zakan'ôlo anare, naifa tsy mikasika zegny ainta-mavaisatra zegny na de ny ratsan-tagnanare raika aza.[47]Loza ho anare, satrià magnôrigna fasagna ho an'ire paminany anare, naifa ny razambenare no namono azy ire. [48]Koa vavolOmbelogna ary magneky ny asan'ny razagnare anare, fô namono azy ire tokoàtra zare ary anare no magnôrigna ny fasagny.[49]Karanjeny koa, no anambaran'ny fahindriagnan'Andriamanitra hoe: 'Handaifa mpaminagny sy apostoly aminjare Zaho, ary zare hamono sy hagnenjika ny sanany amin'izy re.' [50]Itô taranaka itô, zany, no ho tômpon'andraikitra amin'ny ràn'ire mpaminagny jiaby nilatsaka hatramin'ny hiforôgnan'izao tontolo izao, [51]nanomboka te amin'ny ràn'i Abela ka hatramin'ny ràn'i Zakaria, zay nivonigna tagnivon'ny alitara sy ny fitoeragna masigna. Ia, volagniko marigna aminare, fa itô taranaka itô no ho tompon'antoka.[52]Loza ho anare ry mpampianatra lalàgnan'ny Jiosy, satrià nalainare ny fagnalahidin'ny falalagna; tsy mitsôfotra akô ny taignanare, ary sakananare, ire zay miditra.''[53]Tavafaran'ny nialan'i Jesosy také, de nanôhitra Ananjy ny panôra-dalàgna sy ny Fariseo ary niady hevitra taminy mikasika ny raha maro, [54]sady nihaizaka ny hamandrika Ananjy tamin'ny teniny ihany.

## Chapter 12

1Tamin'izegny, kôfa niara-niangogna ny vahoaka andrivony maro, baitsaka loàtra kay nifandià zare, vôlôhany
indrindra de nanomboka nivôlagna tamin'ire mpianany Izy hoe: "Tandremo ny anign'ire Fariseo, zay
fitsarambailatsihy.2Fô tsisy takogna zay tsivoaka, ary tsisy miafigna zay tsy ho hay. 3Kay na ino na ino volagninare
akô amin'ny haizigna de regny agnatin'ny fazavagna, ary zay volagninare mangigigna de hambara ampaibemaso.
4Milaza aminare Za ry kamaradiky, aza matahotra ire zay mamono ny taigna, ary avafaran'izegny de tsisy na ino
na ino azony atô aikia. 5Fô hampitandrigna anare Za ny amin'izay hatahôragna. Matahôra ilay raika kôfa avy
mamono, de managna fahifagna ny hagnary anare agny amin'ny helo. Ia, mivôlagna aminare Za, matahôra
Ananjy.6Tsy ambidy farantsa hely ro ve ny tsitsina dimy? Kanaifa tsisy raika amin'iregny zay adigno
agnatraihan'Andriamanitra. 7Fô na ny voron-dôhanare asa de voaisa dahôlo. Aza matahotra. Fô lômbolômbony
tsitsina maro anare.8Ahozy Za aminare, izay jiaby magneky Za agnatraihan'ny ôlo, ny Zanak'Ôlogna ihany koà de
hagneky ananjy agnatraihan'ire anjelin'Adriamanitra, 9fô zay mandà Za agnatraihan'ôlogna de ho lavigna
agnatraihan'ire anjelin'Adriamanitra. 10Zay jiaby mivôlagna manôhitra ny Zanak'Ôlogna, de havaila aminy zegny,
fô zay jiaby mivôlagna ratsy manôhitra ny Fagnahy Masigna kôza, de tsy voavaila zegny.11Kôfa mitôndra anare
agnatraihan'ny Synagoga, ire panapaka, sy ire manam-pahifagna zare, de aza magnahy ny amin'izay ho fomba
fivôlagnare, ho fiarôvan-taignanare, na izay hilazainare, 12satrià ny Fagnahy Masigna no hampianatra anare zay
tôkony hilazainare amin'izegny laira zegny."13Avake nisy ôlogna raika avy takô amin'ire vahoaka nivôlagna
taminy hoe: "Ry papianatra, volagno ny ralahiky mbô hirasa lôva aminahy." 14Jesosy nivôlagna taminy hoe:
"Alalahitô, zôvy namaitraka Za ho mpitsara na pagnailagnailagna anare"? 15Ahozy Izy taminjare hoe: "Miambaina
mbô hitananare ny taignanare lavitra ire fagnirian-dratsy jiaby, satrià ny fiainagn'ôlo raika de tsy miankigna
amin'ny fabaitsaky ny fanagnany."16Avake Jesosy nagnano fagnoharagna raika taminjare, nivôlagna hoe: "Namoà
be ny raha tan- tsabon'ny lalahy mpanadraha raika, 17zay nagnontany taigna izy, kay nivôlagna hoe: 'Ino mô ny
atôko, fô tsy managna toairagna hikajiagna vokatranahy reto zaho? 18Ary aozy hoe: 'Zô raha atôko. Hirobaiko ny
tragno fitoaira-vokatranahy de hagnaboatra maventiventy noho ty zaho ary aminaré no hikajianako ny
vokatranay sanany. 19De hivôlagna amin'ny fagnahiko za hoe: "Ry fagnahiko, anô de managna vokatra baitsaka
mikajy an-dragno maro. Mitsahara tsara, de momoàna, misotroa, mifalia."20Fô Andriamanitra nivôlagna
taminanjy hoe: 'Ry lalahy adala, igniany ariva foàgna ny fagnahinô de halaiky aminao, ho anin-jôvy raha ré?
21Zaigny ny ôlogna zaigny mikajy hariagna ho an'ny taignany Ary tsy manan-kariagna manoloagna
an'Andriamanitra."22Jesosy nivôlagna tamin'ny mpianany hoe: "Noho zagny de volagniko aminare, aza magnahy
ny amin'ny aignanare sy zay hohaninare, na ny mômban'ny tenanare zay tafinare. 23Fô ny aigna de mihoatra
noho ny raha hohanigna, ary ny taigna de mihoatra noho ny raha tafigny.24Hivero ny goaika, tsy mamafy zare na
mijinja. Tsy magnana tohitra zay hikajianagna, kanaifa amian'Andriamanitra hanigna zare regny. Karanjeny
karakory ny fihoaragnare noho re vôrogna! 25Zôvy aminare no afaka magnampy zehy raika amin'ny andro
iaignany aminy fanahigna? 26Ke zegny raha hely be zegny aza tsy ainare atô, kay akôry anare miahiahy ny
amin'ilay tavaila?27Hivero re lilia - magnano akory ny faniriny. Tsy miasa zare regny, na mamboly. Kanaifa lazaiky
aminare, fô na i Solomoma tamin'ny voninahitrananjy jiaby tsambôla nagnatô regny. 28Kôfa tafin'Andriamanitra
karanjany re ahitra an-tsabo, zay aké igniany, ary amaraigna de arian'Andriamanita agnaty fatagna, mihoatra
lavitra noho zagny ny hampitafian'Andriamanitra anare ry hely finoagna!29Aza mizaha zay ho haninare sy zay ho
sotroinare, ary aza magnahy. 30Fô reo firenegna jiaby ambon'ny tany aketo re de mizaha regny raha regny, ary
fantatry Babanare fa mila anjagny anare.31Fô zaha malôka ny fanjakagny, de hamiagna ho fagnampiny ho anare
ny raha jiaby. 32Aza matahotra, ry ondry vitsy, satria ny Babanare de taigna faly hagnomia anare ny fanjakagnany.
33Ambidì re fanagnare ary amiazo ny mahantra. Magnanova kajiam-bôla ho an'ny taignanare zay tsy mety kôro
hariagna agny andagnitra zay tsy mety lany, zay tsy tsisy mpangalatra ankilany, ary tsisy kadradraka mandratra.
34Fô agny amizay hipitrahan'ny hariagnanare, de ankagny koa fonare.35Ôka ny lamba lavanare hatônare
angnadilagnare, ary ôka ny jironare hirehitra hatrany, 36ary magnanova karahan're ôlogna zay mandigny re
tompony hierigna avy namonjy mariazy, mbô kôfa tônga izy kay handondogno, de hanôkatra tamiagna ananjy
zare.37Sambatra ny mpanompo, zay hitan'ny tompony fô miambigny kôfa tônga izy. Volagniko marigna aminare,
fo hisikigna ny lamba lavany agnandilany izy, ary hampipetraka anjare an-databatra, kay ho avy izy ary
hanompo anjare. 38Kô avy aminy laira faharoa androaligny ny Tompo, na amin'ny laira fahatelo aza, kay mahita
anjare vognona, de ho sambatra re mpanompo re.39Ho fagnampiny zegny de fantako zô, kô fantan'ny tômpon-
tragno ny laira hatongavagn'ny mpangalatra, de tsy havailan'ny tragnony ho vakigna. 40Mivognòna koa, fa tsy
fantanare ny laira hatongavan'ny Zanak'Ôlogna."41Petera nivolagna hoe: "Topmpo ô, aminay foagna no
ivolagnanô zegny fagnoharagna zegny, sa amin'ôlo jiaby?" 42Nivolagna ny Tompo hoe: "Izôvy araiky no

mpitantagna mahatoky sy hendry zay hitindren'ny tômpony ho ambônin're mpanompony hafa mbô hagnomia anjare ny anjara sakafonjare amin'ny fotoagna mety? [43]Sambatra zagny mpanompo zagny, zay hitan'ny tômpony magnano zagny kôfa tônga izy. [44]Koragniko aminare fa hi tindreny hanapaka ny fanagnany jiaby izy."[45]Fô kô mivôlagna ao am-pony zaigny mpanompo zaigny hoe: 'Nahisony ny tompoko ny fihiraignany,' kay manomboka mamono re mpanompo lalahy sy viavy, ary hômagna sy misotro, kay nanjary mamo, [46]Ny tompon'zagny mpanompo zagny de ho avy amin'ny andro tsy ampoizigny, amin'ny laira tsy fantany, ary hanapatapaka ananjy kay hanomagnan'ny toairagna ho ananjy miarakamin're tsy mahatoky.[47]Zagny mpanompo zagny, nahafantatra ny sitrapon'ny tompony, kanaifa tsy niomagna na nagnano araka ny sitrapony, de hivilezigna amin'ny familaizagna maro. [48]Fa zay tsy nahafantatra ary magnano zay manjary azahoagna vely ndraika, de vilezigna amin'ny familezagna hely. Fô re jiaby zay namiagna be de bebe koa no takiagna aminanjy, ary reo zay nagnankignana be, de taigna be no angahoegna aminanjy.[49]Tônga zaho hanipy afo ambonin'ny tany, ary karakory ny fagnirianako mbô hirihaitan-jagny malaky. [50]Fô managna fagnanovam-batisa mbô hagnanovana batisa zaho, ary karakory ny fahoriako mandra-pahatantairak'izagny![51]Mihevitra mô anare fô tônga Zaho mbô hitôndra fiadanagna aketo an-tany? Ahe, mivolagna aminare Za, fô fisarahagna aza. [52]Manomboka zao de hisy dimy an-dragno raika hisaratsaraka, ôlogna telo manohitry ny roa, ary ôlogna roa manohitra ny telo. [53]Hisaratsaraka zare, ny babany hanohitra ny zanany lahy, ary ny zanaka lalahy hanohitra ny babany; ny reny hanohitra ny zanaka vavy ary ny zanaka vavy hanohitra ny reniny; ny rafôzam-bavy hanohitra ny vinanto vavy ary ny vinanto vavy hanohitra ny rafôzam-bavy."[54]Nivolagna tamin're vahoaka koa Jesosy hoe: "Kôfa mahita rahogna mifôrogna eny andraifagna anare, de avy hatrany anare de mivolagna hoe: 'Hisy oragn'andro ho avy,' ary de mitranga zagny. [55]Kôfa misy rivotra mitsoka avy agny atsimo, de aozinare hoe: 'Hisy hafanagna be ho avy,' ary mitranga zagny. [56]Ry mpiahatsaravelatsihy, haignare ny mandika ny toetoetry ny tany sy ny lagnitra, fô karakory tsy ahaizanare mamantatra zô andro avahizo zô?"[57]Karakory anare tsy mitsara marigna ho an'ny taignanare? [58]Fô kôfa mandaiha miaraka amin'ny mpifagnandrina aminare agnantraihan'ny mpitsara ambôny anare, mbôla an-dalagna de miezahà handamina ny olagna miaraka aminanjy mbô tsy handihanany handrirotra anare amin'ny mpitsara, ary mbô tsy hanolôran'ny mpitsara anare agny amin'ny mpamatotra, ary mbô tsy handifasany anare agny am-ponja. [59]Hoa zaho aminare tsy ho tafambôka akô mihitsy anare mandrapa agnifanare ny vola farany zay madinika indrindra."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 13

[1]Taminjany andro zagny, nisy ôlogna sasany take nivolagna taminanjy ny momba re Galiliana zay ny ràn'izy re no nafangaron'i Pilato tamin'ny sorony manôkàgna. [2]Namaly Jesosy ary nivolagna taminjare hoe: "Anare mô mieritreritra fô re Galiliana re de mpanota mihoatra noho re Galiliana hafa jiaby satria nijaly karaha zaigny? [3]Ahe, Zaho mivolagna aminare fô kô tsy mibaibaka anare, anare rehetra de ho foaty karanjegny.[4]Na regny ôlogna valo ambifôlo tao Siloama zay nilavoan'ny tikikambo kay nahafaty anjare, mievitra mô anare fa taigna mpanota ratsy mihoàtra noho re lalahy hafa tao Jerosalema regny? [5]Ahe, Hoa Za. Fa anare kô tsy mibaibaka, anare jiaby koa de ho foaty."[6]Jesosy nagnano zao fagnoharagna zao hoe: "Nisy ôlogna nanagna kakazon'aviavy raiky namboleny tan-tsabony ary tônga izy nizaha voankazo taminanjy take naifa tsy nahita na ino na ino. [7]Ilay lalahy de nivolagna tamin'ny mpagnano zaridaigna hoe: 'Indro, tônga taketo zaho aifa telo tôgna no niaizaka nizaha vihiny tamin'itô kakazo tô kanaifa tsy nahita mihintsy. Nagnino io avela handratra ny tany?'[8]Namaly lay mpagnano zaridaigna kay nivolagna hoe: 'Ambilay akea bôka izy amin'ny tôgna tô mandrapagnadiôvako manodidigna ananjy sy agnatôvako zezika aminanjy'. [9]Koa mamoà izy amin'ny tôgna magnaraka, tsara; fô kô tsy zegny, de firaiky izy!'"[10]Ay Jesosy nampianatra tao amin'ny raika tamin'ny synagoga nandritra ny Sabata. [11]Indro, nisy viavy raika zay nanagna fagnahy ratsin'ny fahalimiagna nandritrin'ny valo ambin'ny fôlo tôgna te, ary izy de nivôkoka ary tsy nahavita nijoro tsara.[12]Kôfa nahita ananjy Jesosy, de nagnantso ananjy kay nivolagna hoe: "A viavy e, afaka aminô ny falimiagnanô." [13]Napaitrany taminanjy take ny tagnany, ary niaraka taminjay de nahivagna ilay viavy ary nihoby an"Andriamanitra. [14]Naifa ny mpanapaka ny synagoga de vinitra noho ny fahivagnana natôn'i Jesosy tamin'ilay viavy tamin'ny andro Sabata. Noho zegny de namaly ilay mpanapaka kay nivolagna tamin'ny vahoaka hoe: "Misy enin'andro zay tôkony iasagna. Tongava kay maivàgna, fô tsy amin'ny andro Sabata."[15]Ny Tompo namaly ananjy ka nivolagna hoe: "Ry mpiatsaravelatsihy! Tsy samy mamaha ny boriky na ny aombiny am-balananjy mô anare kay mitôndra ananjy hisotro rano amin'ny andro Sabata? [16]Ary karanjeny koa itô zanakavavin'i Abrahama tô, zay voafatotr'i Satana nandritran'ny valo ambin'ny folo tôgna tô, tsy tôkony mbô hovahagna mô ny fatotrananjy amin'ny andro Sabata?"[17]Ary kôfa nivolagna raha jiaby zegny Izy, de maignatra zare jiaby zay nanohitra Ananjy, fa ny vahoaka jiaby ndraika de faly noho ny raha jiaby malaza natôny.[18]Ary Jesosy nivolagna hoe: "Karakory ny fanjakan'Andriamanitra, ary karaha ino no afaka agnoharana ananjy?" [19]Zagny de karaha ny voatsinampy zay nalaigna sy nafifin'ny lalahy raika tan-jaridainany, kay nanjary kakazo maventy raiky, ary ny vôron'ny lanitra de nanamboatra ny tragnony te amin'ny rantsagnananjy re."[20]Mbôla nivolagna koa Izy hoe: "Ino no afaka hampitahaiky ny fanjakan'Andriamanitra? [21]Zaigny de karaha masirasira zay nalain'ny viavy raika kay nafangarony tamin'ny koba in-telon'ny famaragna mandra-piparitahany ao anatin'ny koba jiaby."[22]Jesosy de nandaiha nitety tanàgna sy ny vohitra tsirairay tagny an- àlagna mankany Jerosalema ary nampianatra ananjy zare. [23]Nisy raika nivôlagna taminanjy hoe: "Tompo, vitsy mô ny ôlogna vonjena?" Ary Aozy taminjare hoe: [24]"Miadiva ny hiditra ny tamiagna mahety anare, satria, Zaho mivolagna aminare, maro no te-hitsôfotra, fô tsy afaka ny hiditra."[25]Kôfa mitsangana ilay tompon-tragno ary mamody tamiagna, de hijoro ivelany ake anare kay hagnokogna ny tamiagna ary hivolagna hoe: 'Tompo, Tompo, ampidiro zahay.' [26]Izy hamaly kay hivolagna aminjare hoe: 'Tsy haiky anare na ny fiaviagnanare.' Ary hivolagna anare hoe: 'Nihinagna sy nisotro te alôhanô zahay, ary Anô aifa nampianatra tan-dalambenay.' [27]Fô Izy hamaly hoe: 'Mivolagna aminare Za, tsy haiky zay fiaviagnanare. Mialà amina ake, anare mpagnano ratsy!'[28]Hisy tagny sy fikitroha-nify kôfa mahita an'i Abrahama, Isaka, Jakoba, sy ny mpaminany jiaby ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra anare, naifa anare voàroaka agny ivelany. [29]Zare de avy agny antsignanana, andraifagna, avaratra, atsimo kay hipaitraka amin'ny latabatry ny fanjakan'Andriamanitra. [30]Fantàro zô, re zay tsy de manan-danja no ho vôlôhany, ary re zay taigna manan-danja no ho farany."[31]Tafara helinjagny, nisy Fariseo sanany tônga ary nivolagna taminanjy hoe: "Mandihàna laoso ny aketo satria Heroda de te-hamono Anô." [32]Jesosy nivolagna hoe: 'Mandihàna ary volagno zagny amboadia zagny hoe: 'Indro, Zaho mandroaka Demonia sy mampahivagna igniany sy amaraigna, ary amin'ny andro fahatelo de ho tratrako ny tanjoko.' [33]Na ino na ino mitranga, zava-dehibe aminahy ny manohy io, amaraigna, sy ny andro hafa, satria tsy azo ikegna ny famonoagna ny mpaminagny lavitra an'i Jerosalema.[34]"Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminagny sy mitora-bato re zay nasaigna tagny aminare. Impiry Zaho nagniry ny hagnokogna ny zanakare kara akoho vavy magnokogna ny zanany ambany ailany, naifa tsy magniry zagny anare. [35]Indro, nilaôsagna ny tragnonare. Zaho de mivolagna aminare, tsy ho hitanare Zaho ambaram-pivolagnanare hoe: "Sambatra zay avy amin'ny agnaran'ny Tompo."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 14

[1]Ary indray Sabata, kôfa nandaiha antragnon'ny raika tamin'ire mpitarika ny Fariseo hihinagna môfo Izy de
nagnara-maso Ananjy mariny zare. [2]Indro, talôhany nisy lalahy raiky zay nampijalen'ny Edema. [3]Jesosy
nanontany re manam-pahaizagna amin'ny lalàgnan'ny Jiosy sy re Fariseo hoe: "Manjary atô mô ny
mampahivagna amin'ny andro Sabata, sa tsy manjary?"[4]Fô zare de nangigna. Noho zagny de niraisin'i Jesosy izy,
ary nampahivagniny, de nalaifagny handaiha. [5]Hoziny taminjare hoe: "Zôvy aminare manan-janaka lahy na
aomby tafalatsaka agnaty lava-drano amin'ny andro Sabata no tsy hanjovy ananjy samiaraka?" [6]Zare de tsisy
navita nagnomia valiny an're raha re.[7]kôfa arakan'i Jesosy ny fomba fisafidianan-jare zay nasaigna ny toeram-
boninahitra, nagnano fagnoharagna Izy, nivolagna taminjare hoe: [8]"Kôfa asaigna amin'ny mariazy anare, aza
mipaitraka amin'ny toeram-boninahitra, satria mety nisy ôlogna nasaigna mbola manam-boninahitra noho
anare. [9]Kôfa tônga le ôlogna zay nagnasa anare, de hivolagna aminare izy hoe: 'Amia an'itô ôlon-kafa itô ny
toeragnanô,' ary amin-kaignatra no andihananare hamonjy ny toeragna farany ambany."[10]Kôfa asaigna anare,
mandiàna de mipitràha amin'ny toeragna farany ambany, amzay kôfa mandalo ake Ilay ôlo nagnasa anô, de mety
hivolagna anô izy hoe: 'A kamarady, miakara ambônimbôny.' Ary avake de hamiam-boninahitra anare
agnatraihan're miray latabatra aminare jiaby re. [11]Fa re zay manandra-taigna de hahahetry, ary zay magnetri-
taigna de hasandratra."[12]Jesosy koa nivôlagna tamin'ilay lalahy nagnasa Ananjy hoe: "Kôfa magnomia hanigna na
fagnasana anô, de aza magnasa ré kamaradinô na ré ralahinô na ré ankilanô na ré manjary magnodidigna anô,
amin'ny mety agnasany anô de fagnaifan'izagny, de valiàny anô.[13]Kôfa magnano fagnasana anô, asaivo ny
mahantra, ny managn'antsa, mandringa, ary ny jamba, [14]de ho sambatra anô, satria tsy afaka hamaly anô zare. Fa
anô de ho voavaly amin'ny fitsanganan'ny marigna."[15]Kôfa naregny raha re ny raika taminjare niray latabatra
tamin'i Jesosy, de nivolagna taminanjy izy hoe: "Sambatra zay hômagna ny môfo amin'ny
fanjakan'Andriamanitra!" [16]Fô Jesosy nivolagna taminanjy hoe: "Nisy lalahy raika nikarakara hanim-be ary
nagnasa ôlogna maro. [17]Kôfa voakarakara ny sakafo, de nagnasa ny mpanompony izy hivolagna amin're zay
nasaigna hoe: 'Mandosoa, fô ny raha jiaby aifa vôgnona.'[18]Zare jiaby de nitovy saigna ary nanomboka nagnano
fialan-tsigny. Lay vôlôhany nivolagna taminanjy hoe: Nividy tsabo za, kay tôkony hivoaka za hizaha zaigny. Miala
tsigny za.' [19]Ary ny raika hafa nivôlagna hoe: 'Nividy aomby fôlo za ary andaiha hamantatra anjaigny. Miala
tsigny za. [20]Avy take nisy lalahy raika hafa nivolagna hoe: "Vao avy nagnano mariazy za, kay noho zagny de tsy
afaka ny ho avy zaho.'[21]De tônga lay mpanompo ary nivolagna tamin'ny tompony re raha re. Avy te lay tompon-
tragno vignitra kay nivolagna tamin'ilay mpanompony hoe: "Mandihàna malaky amin're andalambe sy an-
dalankely aketo an-tanàgna de hindôso atô ny mahantra, ny mandringa, ny jamba, ary ny managn'antsa.'
[22]Nivolagna ilay mpanompo hoe: "Tompo aifa vita zay nibokoenô, fô mbôla misy toairagna foàgna.'[23]Aozin'tô
tompony tô tamin'ilay mpanompo tô hoe: "Mandihana agny an-dalambe sy sisim-boly ary tiré zare ho avy,
amin'izay ho feno ny tragnoko. [24]Fô volagniko aminaré, tsisy hagnandragna ny hanignanahy re lalahy nasaigna
ré."[25]Ary vahoaka maro no nandaiha niaraka taminanjy, ary nitodika Izy ary nivolagna anjare hoe: [26]"Kô misy
aminare magnatogna Anahy ary tsy mankahala ny babany, sy mamany, ny vadiny, ny zanany, re rahalahiny sy re
rahavaviny, ary na ny fihaignany aza, de tsy afaka ny ho mpianatranahy izy. [27]Na zôvy na zôvy tsy milanja ny
kakazofijaliagny ary magnaraka Anahy de tsy afaka ny ho mpianatro.[28]Fô izôvy aminare, zay magniry ny
hanangagna tilikambo, no tsy mipaitraka alôha ary mikajy ny fandaniana kô managna zay ilaigna hamitagna
ananjy izy? [29]Kô tsy zegny, kôfa namaitraka ny fototra izy naifa tsy hahavita zegny aby, de hanomboka handatsa
azy reo jiaby zay mahita anzagny, [30]magnano hoe: 'Io lalahy io nanomboka nanangagna kanaifa tsy nahavita
aby.'[31]Na mpanjaka ino kô mandaiha hifanaitra amin'ny mpanjaka hafa amin'ny ady, no tsy hipaitraka alôha ary
haka hevitra raha miaraka amin'ny lalahy ray aligna de afaka hiady amin'ny mpanjaka hafa zay tônga manohitra
ananjy miaraka amin'ny lalahy ro aligna? [32]Kô tsy zagny, kô mbôla lavitra ny tafika hafa, de mandaifa antoko izy
ary mangataka fepetra ho amin'ny fihavanagna. [33]Kay noho zegny, na zôvy na zôvy aminare tsy mahafoy zay raha
jiaby hanagnany de tsy afaka ho mpianatro izy.[34]Tsara ny sira, fa kô very ny tsiron'ilay sira, ino no hiraignany
mbô ho masigna ndraiky? [35]Tsy misy ilan'ny tany na de zezi-tany aza. Ariam-poagna zaigny. Zay manan-tadigny
mitandrignaisa."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 15

[1]Ary re mpamory hetra jiaby sy ny mpanota sanany de tônga tamin'i Jesosy te, mbô hitandregny Ananjy.
[2]Nifampimenimenigna zare Fariseo sy re mpanôra-dalàgna, nivolagna hoe: "I lalahy io de mandray mpanota, ary
miara-hômagna aminjare mihintsy aza."[3]Jesosy nagnano zô fagnoharagna zô taminjare, nivolagna hoe: [4]" Zôvy
aminare, kô managna ondry zato izy ary avake very ny raika aminjare, kay tsy hagnombaila ny sivy amby
sivifôlo agny an-tany efitra, ary handaiha hizaha ilay raika very mandra-pahitàny ananjy? [5]Kôfa hitany zagny, de
apaitrany eo agnavay ary mifaly izy.[6]Kôfa tônga an-dragno izy, de antsoviny aby re namany sy re mpiara-
monigna aminanjy, mivolagna aminjare hoe: "Mifalia miaraka aminahy, fô hitako lay ondry ana very.'
[7]Karanjagny koa, mivolagna aminare Zaho, fô hisy fifaliagna agny an-dagnitra nohon'ny mpanota raika zay
mibaibaka, mihoatra noho reo ôlo-marigna sivy amby sivy fôlo zay tsy mila mibaibaka.[8]Na izôvy no viavy zay
managna farantsa kely fôlo, kô very ny farantsa raika, no tsy hamelogna jiro, hamafa ny tragno, ary hizaha
amim-pahazotoana mandra-pahitàny zagny? [9]Kôfa hitany zagny, de antsôviny aby re namany sy re mpiara-
monigna aminanjy, kay hivolagnany hoe: 'Mifalia miaraka aminahy, fô hitako ilay farantsa kely raika zay very,'
[10]Karanjagny koa, Zaho milaza aminare, misy fifaliagna eo agnatraihan'ny Anjelin'Andriamanitra amin'ny
mpanota raika zay mibaibaka."[11]Avy te Jesosy nivolagna hoe: "Nisy lalahy raika nanan-janaka roa lahy, [12]ary ny
faralahy taminjare nivolagna tamin'ny babany hoe: 'A baba a, amiavo anahy ny anjara hariagna zay tôkony ho
anahy.' Ke nizarainy taminjare re ny fanagnany.[13]Tsy aila tafaran'zagny, lay faralahy nagnonkogna ny anjarany
jiaby kay nandaiha tamin'ny firenegna raika lavitra te, ary tagny izy no nandany re haraignany jiaby tamin-ditra.
[14]Ary kôfa lanigny aby jiaby, de nisy silôgna be nisahely tamin'io firenegna io, kay nanomboka tagnantin'ny
fahasahiragnana izy.[15]Nandaiha izy nikarama tamin'raika tamin'ire mponigna tao amin'io firenegna io, zay
nandaifa ananjy tagny an-tsabony mbô hamahan-dambo izy. [16]Te hihinagna mafy reo hanin-dambo re izy, satria
tsisy ôlogna nagnomia ananjy na ino na ino.[17]Fô kôfa tônga saigna ilay faralahy, de nivolagna izy hoe: 'Firy
amin're manompon'ny babako no managna hanigna mihoatra ny fanôka, ary zaho tô, matin-tsilôgna aketo!
[18]Ialako aketo kay ho agny amin'ny babako zaho, ary zaho hivolagna aminanjy hoe: "A baba, aifa nanota tamin'ny
lagnitra sy tamasonô zaho. [19]Tsy tôkony antsovigna hoe zanakanô aiky za; fô atôvy karaha raiky amin're
mpanomponao zaho."[20]Noho zegny nandaiha ilay faralahy kay nankagny amin'ny babany. Kô mbôla lavitra izy, de
hitan'ilay babany, ary tohigna nangoraka, kay nihazakazaka ary namihigna sy nagnôroka ananjy. [21]Ilay zanany
lalahy nivolagna hoe: 'A baba a, aifa nanota tamin'ny lagnitra sy te amasonô zaho. Tsy tôkony antsôvina hoe
zanakanô aiky.'[22]Ilay babany nivolagna tamin'ny mpanompony hoe: 'Indosy malaky re akanjo faran'ny tsara kay
atôvy aminanjy, ary atôvo pairatra ny tagnany, sy kapa ny hongony. [23]Avake hindoso atô ilay zanak'aomby
matavy, kay vony zagny. Andô antsika hagnana fety! [24]Satria zanakolahy de maty, ary avahizo i velogna ndraiky.
Very izy, ary avahizo io hita ndraika.' Avy te de nanomboka nikoragna zare.[25]Ary ilay talagn'ôlo de tan-tsambo.
Kôfa tônga nagnantogna lay tragno izy, de naharegny mozika sy dihy. [26]Nagnantso ny raika tamin'ny mpanompo
izy ary nanontany ananjy hoe raha misy ino? [27]Ilay mpanompo nivolagna taminanjy hoe: 'Nôdy andragno ny
ralahinô kay nivonin'i babanare ny zanak'aomby matavy satria tônga soa aman-tsara izy.'[28]Vignitra ilay
talagn'ôlogna, ary tsy niditra, de niboaka ny babany, ary niangavy ananjy. [29]Naifa namaly ilay talagn'ôlogna ary
nivolagna tamin'ny babany hoe: 'Zaha, aifa an-tôgnany maro no nanompoako anô, ary mbôla tsy nandika ny
lalàgnanô zaho, ary anô tsy mbôla nagnomia na de zanak'osy nahafahako nikoragna niaraka tamin'ny
kamaradiko aza, [30]kanaifa kôfa tônga zanakanô lahy, zay nandritra ny fanagnanô tamin'ny mpivaro-taigna, de
nivoninô ho ananjy lay zanak'aomby nafahy.'[31]Aozin'ilay babany taminanjy hoe: 'Zanakô, anô de miaraka aminay
foagna, ary zay raha jiaby anahy de aninô. [32]Kanaifa rarigny ho antsika ny mikoragna sy mifety, satria itô
rahalahinô itô de maty, fô avahizo de velogna ndraiky; very izy, ary avahizo de hita ndraiky.'"


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 16

[1]De aozin'i Jesosy tamin're mpianany hoe: "Nisy lalahy mpanan-kariagna raiky nanagna mpitantagna, ary
notanterigna taminanjy fô io mpitantagna io no nandany ny fanagnany jiaby. [2]Kô nampagnatso ananjy ilay lalahy
mpanan-kariagna ary nivolagna taminanjy hoe: 'Ino raha regniko momba anô zegny?Magnomiaza tatitra
momban'ny asa fitantagnanô, fa anô tsy afaka ho mpitandri-panagnana aiky.'[3]Ary ilay mpitandrim-pagnanana
nivolagna tan-tsaignany hoe: "Ino re no tôkony atôko, fô magnala anahy amin'ny asa tantaniko ny tompoko? Tsy
manan-kery hiasagna tany zaho, ary mainatra ny hangataka zaho." [4]Fantako ny ho atôko, mbô kôfa alany amin'ny
asa fitantagnako zaho, de hampandroso anahy an-tragnonjare ny ôlogna.'[5]Avy te lay mpitan-draharaha nanantso
ny tsiraikiraiky tamin're mpitrôsan'ny tompony, de nanontany lay voalohany izy hoe: 'Otrino no anagnan'ny
tompoko aminô?' [6]Nivolan'izy hoe: 'Mainaka oliva zato litatra.' Nivolagna taminanjy izy hoe: 'Raiso ny taratasinô,
mipitraha malaky, ary dimampôlo soratagna.' [7]Ary avake ilay mpitantagna nivolagna tamin'ny raika hoe: 'Otrino
ny trosanô?' Nivolagna izy hoe: 'Vary zato famaragna.' Nivolagna taminanjy izy hoe: 'Raiso ny taratasinô, ary
soraty hoe valopôlo.'[8]Avy te lay tompo de nidaira lay mpitantagna tsy marigna satria niasa tamin-kafetsiagna izy.
Fa taigna fetsy ny zanak'izao tontolo izao ny amin'ny fifagnarahagna amin'izy samy ôlogna noho ny zanaky ny
fahazavagna. [9]Mivolagna aminare Zaho, mitadiava namagna amin'ny alalan'ny vola tsy marigna, amin'izay kôfa
lany zagny, de ho raisin'izy re amin'ny fonegnana mandrakizay anare.[10]Zay mahatoky amin'ny faran'ny hely de
mahatoky amin'ny be koa, ary zay tsy marigny amin'ny tena hely de tsy marigny amin'ny be koa. [11]Kô tsy
mahatoky amin'ny fampiasagna vola tsy marigny anare, zôvy no hatoky anare amin'ny hariagna marigna? [12]Kô
tsy mahatoky amin'ny fampiasagna ny vôlan'ny ôlo-kafa anare, zôvy no hagnomia vôla ho anare manokagna?
[13]Tsisy mpanompo afaka manômpo tompo ro, fô na izy tsy tià andraika de tià ny raikia, na koà hanôlo- taigna ho
andraika de hagnano tsisy dikany lay hafa. Tsy afaka manômpo an'Andriamanitra sy ny hariagna anare.''[14]Ary ny
Fariseo, zay tià vôla, kôfa naregny zegny raha zegny, de nagnamavo Ananjy zare. [15]Nivôlagna taminjare Izy hoe:
"Anare de magnamarigna ny taignianare alôhan'ôlo, fô Andriamanitra mahay ny fônare. Fô zay hambonesigna
agnatraihan'ôlo de ratsy agnatraihan'Andriamanitra.[16]Ny lalàgna sy ire mpaminany de nisy mandra- paviàn'i
Jaona. Aifa hatramin'izegny fotoagna zegny, no aifa nitoriagna ny filazantsaran'ny fanjakan'Andriamanitra, ary
ny tsiraikaraika de nihaizaka nagnitsy ny diàny ho amin'izegny. [17]Fô môramôra kokoà ny hahafoagna ny lagnitra
sy ny tany noho ny sôratra hely be akô amin'ny lalàgna ho tônga tsy manan-kery.[18]Zay misaraka amin'ny vadiny
kay mamokatra viavy hafa de mijangajanja, ary zay aifa nisara-bady de mijangajanga.[19]Ary panan-kariagna raika
zay nagnatô vôloparasy sy rongony manify ary nankafy isan'andro ny harem-beny. [20]Nisy mpangataka raika
antsôvigna hoe Lazarosy nipaitraka tamin'ny vavahadiny, vay foàgna, [21]ary nagniry mbô hihinagna zay latsaka
avambôny latabatr'ilay lalahy ngetroka. Fô na ny kiva aza tônga milailatra ny vainy.[22]Ary de samy maty zare ro,
de ilay mahantra nindôsin'anjely tankilan'i Abrahama. Naty foàgna koà lay mpanan-kariagna ké nariagna, [23]ary
takô amin'ny fahaverezagna, de nanandratra ny masony izy ké nahita an'i Abrahama tegny alavitra sy Lazarosy
také ankilany.[24]Kay niàka mafy izy sy nivôlagna hoe: 'Abrahama Baba, mamindrà fo aminahy ary asaivo Lazarosy,
mbô handrobohany ny tendron'ny rantsan-tanany ao anaty rano hely ampangatsiatsiaka ny lailako, fô mijaly
mafy za akato may.[25]Fô Abrahama nivôlagna hoe: 'Anaka, aza adignonô fô ana aifa nahazo zavatra tsara ianao,
naifa ny an'i Lazarosy kosa zavatra ratsy. Fô avaizo ndraiky izy no voatambitamby, mbô anjaranô ndraiky mijaly.
[26]Fô akoàtr'izégny jiaby izégny, de misy lavaka be, mbo tsy afaka hiampita izay te-hiampita avy ety mankeny
aminareo, ary tsy misy afaka hiampita avy eny hankety aminay.'[27]Lay lalahy ngetroka nivôlagna hoe: 'Miangavy
anô za, ry Abrahama Baba, mbô asaivo zalahy ho agny aminay _ [28]fô managna ralahy dimy za_ mba afahany
mampitandrina anjare, nohon'ny tahotra ny hatongavagn'izy ireo ato amin'ito pilasin'ny fijaliana ito koa."[29]Fô
nivôlagna Abrahama hoe: 'Managna an'i Mosesy sy ny mpaminany zare; ôka zare hitandregny azy ire.' [30]Ary
namaly ilay lalahy ngetroka hoe: Tsia, ry Abrahama Baba, ra misy avy take amin'ny maty mankany aminjare, de
hibaibaka ire. [31]Fô Abrahama kôza nivôlagna taminy hoe: 'Ra tsy mihaino an'i Mosesy sy ireo mpaminany zare re,
de tsy ho resy lahatra mihitsy na misy ôlo mitsangagna amin'ny maty aza.'"


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 17

1Jesosy nivôlagna tamin-jare mpianany hoe: "Azo antoka fô hisy raha hafa hanôsika antsika hanota, fô loza ho
an'ny ôlogna zay hiaviany zagny! 2Taigna tsara aminanjy kô agnatôvagna vatobe agnam-bôzony kay hatsipy agny
an-andranomasigna, toy zay hatafitohigna ny raika amin're madinika ré.3Mitandraima anaré. Kô manota ny
ralahinare, volagno mafy izy, ke mibaibaka izy, mamilà ananjy. 4Kô manota aminô impito agnatin'ny andro raiky
izy, kay impito miverigna aminô izy, mivôlagna hoe: 'Mibaibaka zaho,' de tsy maintsy mamaila ananjy anô!"5Ire
apostoly nivôlagna tamin'ny Tompo hoe: "Ampitomboe ny finoagnay." 6Ny Tompo nivolagna hoe: "Kô managna
finoagna karaha voatsinampy anaré, de afaka mivôlagna amin'ny voaroihazo io hoe: 'Miavôta, ary magniria agny
an-dranomasigna,' de hagneky anaré izy.7Fô zôvy aminaré, mô no managna mpanompo miasa tany na
mpiambigna ondry, kay hivôlagna aminanjy kôfa tônga avy agny agnatiala izy hoe: 'Avia malaky kay mipitraha
mbô hihinagna'? 8Fô tsy hivôlagna aminanjy mô izy hoe: 'Karakaray raha hioaniky, kay atôvo saintiry
magnodidigna ny lambanô de manompoà anahy mandrapahalanin'ny hanignànahy sy fisotroàgnanahy. De avaké
anô hômagna sy misotro'?9Tsy misôtra lay mpanompo izy satrià nagnano ré zay nibokoeny ananjy izy, sa misôtra
izy vô? 10Na de anaré koà aza, kôfa nahavita ré raha jiaby zay nandidiany anaré ré, de tôkony hivôlagna hoe:
'Zaihay de mpanompo tsy manjary. Zay tôkony natônay foàgna no natônay.'"11Ary kôfa nandaiha tagny
Jerosalema Izy, de nadaiha tamôron-tany tagnailagnailan'i Samaria sy Galilia. 12Kôfa niditra tô amin'ny tanàgna
raika izy, de nisy boka fôlo lahy nitrôtra taminanjy tô. Nitsangagna lavitra Ananjy zare 13ary nanandratra ambôny
ny feonjare zare, kay nivôlagna hoe: "Jesosy, Tompo o, mamindrà fo aminay."14Kôfa nahita anjare Izy, de
nivôlagna tamin-jaré hoe: "Mandihana de ampizahà anjaré ny mpisorogna ny taignanaré." 15Kôfa lasagna igny
zare de nadi. Kôfa nahita ny raika tamin-jare zaré fô nahivagna izy, de niherigna, niaraka tamin'ny feo avo ary
nankalaza an'Andriamanitra. 16Niankôhotra tan-tongon'i Jesosy izy, nanôlotra fisôragna ho Ananjy. Izy de
Samaritana.17Ary Jesosy nivôlagna hoe: "Tsy aifa nadi mô izy fôlo? Fô akaiza ny sivy? 18Tsisy hafa niherigna
hagnomià voninahitra an'Andriamanitra vô, afa- tsy tô vahiny tô? 19Ary Aoziny taminy: "Mitsangàna, kay
mandihana. Ny finoàgnanô no nampahivagna anô."20Kôfa nagnontanian-njaré Fariseo hoe raha oviàgna mô ny
fanjakan'Andriamanitra no tônga, de namaly ananjare Jesosy kay nivôlagna hoe: "Tsy taza- maso ny fiaviàn'ny
fanjakan'Andriamanitra. 21Tsy hivôlagna koà zare hoe: 'Irôko ilai izy!' Fô Indro, ny fanjakan'Andriamanitra de
agnatinare."22Hoy izy tamin'ire mpianatra: "Avy ny andro hagniriànare ny ahita andro raika amin'ny andron'ny
Zanak'Ôlogna, fô tsy ahita zaigny anaré. 23Ary zare de hivôlagna aminjaré hoe: 'Zahà arô, zahà atô!' Fô aza
miboàka na magnenjika aninjare, 24fô karaha tselatra mangilatra mazava kôfa mitaratra avy agny amin'ny
hilan'ny lagnitra kay zisika agny amin'ny ilany raika, de karanjany ny Zanak'Ôlogna amin'ny andronу.25Fô
vôlohany de tsy maintsy hijaly amin'ny raha maro Izy ary ilazin'ny taranaka tô. 26Karaha zay nitranga tamin'ny
andron'i Noa, no hiseho koà amin'ny andron'ny Zanak'Ôlogna. 27Nihinagna zare, nisotro, nanambady, natôlotra ho
ampakarigna, mandra- piaviàn'ny andro zay nidiran'i Noa tamin'ny sambofiara ary tônga ny Safo-drano kay
nandringagn'ôlo jiaby.28Karaha izay nitranga tamin'ny andron'i Lota nihinagna sady nisotro izy ré, nividy sy
nivarotra, namboly sy nagnano trano. 29Fô tamin'ny andro zay nivoahan'i Lota avy tagny Sodoma, de afo sy
solifara no nilatsaka avy tagny an-dagnitra kay nandringagna ananjy jiaby.30De karan-jagny koà ny amin'ny
hisehoàn'ny Zanak'Ôlogna. 31Amin'izaigny andro zaigny, aza availa hirôrogna halaka ire aitagnananjy ho
ivailan'ny tragno zay agny amin'ny tômpon-tragno; ary aza availa hierigna zay agny an-tsabo.32Tsarôvo ny vadin'i
Lota. 33Na izôvy na izôvy zay mizaha hamonjy ny aignany de hahavery ananjy, fô na izôvy na izôvy hahavery ny
aignany de hamonjy ananjy.34Milaza aminareo Aho, fa amin'izany alina izany dia hisy olona roa eo ambonin'ny
fandriana iray. Ny iray dia horaisina, ary ny iray ho avela. 35Ary hisy roa vavy miara-mitoto vary. Ny anankiray ho
raisina, ary ny anankiray ho avela." 36[Fanamarihana: ireo fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny
andininy faha 36 hoe: "Hisy roa lahy any an-tsaha; ny anankiray ho raisina, ary ny anankiray ho avela."]
37Nanontany Azy izy ireo hoe: "Aiza, Tompo?" ary Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Izay hitoeran'ny faty, dia any koa
no hisy votoro hiara-miangona."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 18

[1]Avake Izy nilaza fagnoaragna taminjare ny momba ny tôkony hivavahanjare isanan'andro, ary tsy ho kaitraka,
[2]nivôlagna hoe: "Tamin'ny tanàgna raika de nisy mpitsara zay tsy natahotra an'Andriamanitra ary tsy nagnaja
ôlo.[3]Nisy mpitôvo raika tamin'io tanàgna io, ary izy nandaiha aminanjy matetika, kay nivôlagna hoe: 'Ampià za
mbô hazahoako rariny manoloagna ny favaloko. [4]Fô aifa haila izy no tsy vôgnona hagnampy ananjy, fô
tavafarahelin'izegny de nivôlagna izy hoe: 'Na de tsy matahotra an'Andriamanitra aza za na tsy magnaja ôlo, [5]fô
satrià mandrairaka za itô viavy mitôvo itô, de hagnampy ananjy za mbô hazahoany rariny, mbô tsy hiraignany
lava atô.[6]Avake nivôlagna ny Tompo hoe: "Tandrignaiso zay ambaran'ilay mpitsara tsy marigna. [7]Ary tsy hitôndra
rariny ho an'izay voafidiny zay magnantso mafy Ananjy andro aman'aligna koa ve Andriamanitra ?
Hangatak'andro lava aminjare ve izy? [8]Volagniky aminare fô hitôndra rariny malaky aminjare izy. Karanjegny
koà, kôfa tônga ny Zanak'Ôlogna, hahita finoagna ambônitany ve izy ?"[9]Avake koà Izy nivôlagna zô fagnoaragna
zô tamin'ny sanagny zay natoky ny taignanjare fô hoe marigna sy zay manaivataiva ire ôlo hafa: [10]"Nisy rolahy
niaraka tan-tempoly mbô hivavaka _ ny raika de Fariseo ary ny raika mpamory hetra."[11]Lay fariseo nitsangagna
ary nivavaka ireto raha momban'ny taignany ireto hoe: 'Andriamanitra ô, misôtra Anô za fô tsy mitovy
amin'ôlon-kafa _ mpangalatra, ôlo tsy marigna, mpijangajanga _ na karaha itô aza. [12]Mifady hanigna indro isan-
kerinandro za. Magnamià apafôlokarena za.'[13]Fô lay mpamory hetra, nitsangagna lavitra, kay nizaha lagnitra de
nivôlagna hoe: "Andriamanitra ô, mamindrà fo aminahy, mpanota.' [14]Mivôlagna aminare Za, io lalahy io de
niherigna nitsôfotra tandragnony voamarigna noho lay raika, satrià zay mandra-taigna de hahetra, fô zay
magnetri-taigna no hasandratra."[15]Ny ôlo koà de nitôndra ny zanagny hely taminy mbô hitahany zegny ire
mpianatra, de nivôlagna mafy azy ire. [16]Fô Jesosy nagnantso azy ire hagnatogna Ananjy, nivôlagna hoe: "Avilay ny
zaza hagnatogna Za, ary aza raragna zare. Fô karananjy ire ny fanjakan'Andriamanitra. [17]Volagniky marigna
aminare, na zôvy na zôvy tsy kara io zaza tô de tsy hahazo zegny fanjakan'Andriamanitra zegny mihitsy."[18]Ary
nisy mpanapaka raika nagnontany Ananjy hoe: "Mpampianatra tsara ô, ino no tsy maintsy hatôko mbô
handovako ny fiainagna mandrakizay?" [19]Jesosy nivôlagna taminy hoe: "Nagnino Za antsôvinô hoe tsara? Tsisy
ôlo tsara, afa-tsy Andriamanitra raika ihany. [20]Hainô ire didy_Aza mijangajanga, aza momono ôlo, aza miditra
vavolambelogna mandaingia, magnaja babanô sy mamanô." [21]Nivôlagna lay mpanapaka hoe: "Ra jiaby zegny de
aifa nitandraimako nanômboka za tanora."[22]Kôfa naregny zegny Jesosy, de nivôlagna taminy hoe: "Ra raika no tsy
ampy aminô. Ambidy ny fanagnanô zaray amin'ny mahantra ary hanagna hariagna agny an-dagnitra anô_ ary
avià, agnaraka Za." [23]Fô kôfa naregny zegny lay mpanapaka, de nanjary nalahelo mafy, fô nanan-draha be izy.
[24]Ary Jesosy, nahita ananjy nalahelo mafy [Fagnamarihagna: Ire manam-pahaizagna de misara-kevitra ra tôkony
ampidirigna aketo hoe :[Izy] de nanjary nalahelo mafy. Ampitovio ny And 23] ary nivôlagna hoe: "Magnakôry ny
fasarôtan'ny fidiragna akô amin'ny fanjakan'Andriamanitra ho an'ire zay mpanambôla! [25]Fô môramôra kokoà ho
an'ny ramaiva ny hitsôfotra amin'ny vodim-pilo, noho ny hidiran'ny mpanambôla akô amin'ny
fanjakan'Andriamanitra."[26]Ire zay naregny de nivôlagna hoe: "Izôvy ariky no afaka vonjegna?" [27]Jesosy namaly
hoe: "Ire raha zay hain'ôlogna de hain'Andriamanitra."[28]Petera nivôlagna hoe: 'Indro, nagnombaila ny raha jiaby
zaihay ary nagnaraka anô." [29]Ary Jesosy nivôlagna hoe: "Volagniky marigna aminare, fô tsisy ôlo zay nafoe
tragno, na vady, na ralahy, na ray aman-dreny, na zanaka, nohon'ny fanjakan'Andriamanitra, [30]zay tsy hahazo be
kokoà amin'itô, tontolo itô ary amin'ny andro ho avy, de fiainagna mandrakizay."[31]Kôfa avy nagnangogna ny
rombifôlo lahy te Aminy Izy, de ahoziny taminjare hoe: "Indro, miakatra ho agny Jerosalema antsika, kay ra jiaby
ire zay voasôratr'ire mpaminany momban'ny Zanak'Ôlogna de ho tantairaka. [32]Fô hatôlotra amin'ire Jentilisa Izy,
kay himohaizagna, sy halagna baraka, ary androragna. [33]Afaran'ny hamilaizagna Ananjy, de voninjare Izy ary
amin'ny andro fatelo de nitsangagna ndraiky Izy."[34]Tsy hainjare na ino na ino tamin'ire raha ire, ary nafeniny
taminjare ire volagna zegny, ke tsisy azonjare ire raha izay novolagnina.[35]Ary ra narivo an'i Jeriko i Jesosy, de nisy
lalahy jamba raika nipaitraka tan-tsisin-dalagna, nagnatogna, [36]ary ra naregny ny vahoaka nandalo, de
nagnontany zay ra nitranga izy. [37]Nilaza taminy zare hoe nandalo take Jesosy avy agny Nazareta.[38]Koa nagnantso
mafy ilay lalahy jamba, nagnano hoe: "Jesosy, Zanak'i Davida, mamindrà fo aminahy." [39]Fô ire zay nandaiha
talôha de nivôlagna mafy i lalahy jamba io, kay nivôlagna taminy mbô hangignia. Fô izy vô maika nagnantso
mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida, mamindra fo aminahy."[40]Jesosy nijanogna ary nagnasa mbô hitondragna ilay
lalahy aminanjy. Ary kôfa tankilany ilay jamba, de nagnontany ananjy Jesosy hoe: [41]"Ino no tiànô hotôko ho anô?"
Nivôlagna izy hoe: "Tompo, tiàhita za."[42]Jesosy nivôlagna taminy hoe: "Mahirata. Ny finoagnanô no nasitragna
anô." [43]De nahita tampoka te izy ary nagnaraka Ananjy, nagnamia voninahitra an'Andriamanitra. Ny ôlo jiaby,
kôfa nahita zegny, de nanôlotra fideragna ho an'Andriamanitra.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 19

[1]Niditra Jesosy ary nandalo an'i Jeriko. [2]Indro, nisy lalahy zay nantsôvigna hoe Zakaiosy te. Izy de sefon'ny
mpamory hetra sady nanan-kariagna.[3]Nihaizaka ny hahita izy hoe zôvy Jesosy zegny, naifa tsy afaka nahita takô
agnaty vahoaka, satrià fohy izy. [4]Koa niazakazaka izy nandaiha alôhan'ire ôlo de nagnanika kakazon'aviavy raika
mbô hahita Ananjy, satrià handalo amin'izegny lalagna zegny Jesosy.[5]Nony tônga tamin'ilay toeragna Jesosy, de
niandrà Izy kay nivôlagna taminy hoe: "Ry Zakaiosy, mirirôgna malaky fô handaiha andragnognô Za niany.'' [6]De
nirôrogna malaky izy ary nandray Ananjy tamim-pifaliagna. [7]Kôfa nahita zegny ôlo jiaby, de nitaraigna dahôlo,
de nivôlagna hoe: "Niditra hamangy lalahy zay mpanota Izy.''[8]Nitsangagna Zakaiosy kay nivôlagna tamin'ny
Tompo hoe: "Ny antsasaky ny fanagnako amiako ny mahantra, ary ra nisy rah'ôlo nalaiky tsy amin'ny rariny de
hifaiky hinaifatranigny.'' [9]Jesosy nivôlagna taminy hoe: ''Igniany de tônga akato ny famonjiagna, satrià izy koà
mbô Zanak'i Abrahama. [10]Fô ny Zanak'Ôlogna de tônga mbô hitady sy hamonjy ny very.''[11]Ra naregny raha zegny
zare, de nanohy nivôlagna Izy ary nagnano fagnoaragna raika, satrià aifa nariny Jerosalema Izy, ary zare
nieritreritra fô hiseo tampoka ny fanjakan'Andriamanitra. [12]Noho zegny Izy de nivôlagna hoe: ''Nisy tandapa
raika nandaiha tagny an-tany lavitra mbô hahazo fanjakagna ho an'ny taignany ary hierigna avake.[13]Nagnantso
fôlo lahy tamin'ire mpanompony izy, ary nagnamia farantsa fôlo azy ire, ary nivôlagna taminjare hoe:
'Magnanôva mivarôta mandra-piaviako.'' [14]Kanaifa ire vahoakany tsy tià ananjy ary nagnondaifa solontaigna
nagnaraka ananjy, nivôlagna hoe: 'Tsy lainay ny hanjakan'io lalahy iaketo aminay.' [15]Ary kôfa niherigna ndraiky
izy, avy nandray fanjakagna, de nandidy ire mpanompony zay namiany vôla mbô agnatogna ananjy izy, mbô
hafantarany zay tômbony azonjare tamin'ny fivarôtagna.[16]Tônga tagnatraihany voalôhany, nivôlagna hoe:
'Tompo, ny farantsanô de nahazo tômbony farantsa fôlo mihoatra.' [17]Nivôlagna ananjy lay tandapa hoe: 'Tsara
zegny, ry manômpo tsara. Noho anô natoky tamin'ny hely, de ho tendregnia ho mpanapaka amin'ny tanàgna fôlo
anô.[18]Tônga lay faro, nivôlagna hoe: 'Ny farantsanô tompo, de nahazo dimy.' [19]Ary nivôlagna taminy ilay tandapa
hoe: 'Hanapaka amina tanàgna dimy anô.'[20]Tônga ny raika hafa nivôlagna hoe: 'Tompo, indro ny farantsanô, zay
namianô za nakajiky tsara tagnatilamba, [21]fô natahotra anô, za satrià lalahy masiaka anô. Kay malaka zay tsy
napaitrakanô, ary misangotra zay tsy nambolenô.'[22]Nivôlagna lay tandapa hoe: 'Amin'ny teninô manôkagna no
hitsarako anô, ry mpanompo ratsy fagnahy. Fantanô fô za de lalahy masiaka, malaka zay tsy napaitrako, ary
misangotra zay tsy namboleky. [23]Kay nagnino tsy napaitrakanô tamin'ny banky ny vôlako, kay kôfa niherigna za
de nalaka ananjy niaraka tamin'ny zanagny ?'[24]Lay tandapa nivôlagna tamin'ire zay nitsangagna tankilany hoe:
'Alà aminanjy ny farantsa, ary amià lay managna farantsa fôlo.' [25]Ary ahozy zare taminy hoe: "Tompo, managna
farantsa fôlo izy.'[26]Izôvy mivôlagna aminare, fô zay managna de hamiagna mihoatra, fô zay tsisy, de zay anagnany
de halaigna. [27]Fô ire favaloko, de ire zay tsy nagniry za hanjaka aminjare, indôso atô zare ary vony aketo
agnatraihako.'''[28]Kôfa avy nivôlagna an'ire raha ire izy, de nandaiha talôha, niakatra ho agny Jerosalema.[29]Ary
nony tônga nariny Betifaga sy Betania Izy, tamin'ny tanety antsôvigna hoe Oliva, de nagniraka ny ro tamin'ire
mpianany Izy, [30]nivôlagna hoe: ''Mandiana agny amin'ny tanàgna magnaraka. Kôfa miditra anare, de hahita zana-
boriky raika mbôla tsy nitikinagn'ôlo. Vaha zegny de indôso atoe. [31]Ra misy magnontany anare hoe: Nagnino
vahanare io?de volagno hoe: 'Misy raha ilàn'ny Tompo ananjy.'[32]Ire zay nirahignia de nandaiha ary nahita lay
zana-boriky araka ny nivôlagn'i Jesosy taminjare. [33]Kô také am-pamahagna ny zana-boriky zare, de ahozy
tômpiny taminjare hoe: ''Nagnino vahanare ny zana-boriky?'' [34]Nivôlagna zare hoe: "Misy ra ilàn'ny Tompo
ananjy.'' [35]Nindôsinjare tagny amin'i Jesosy zegny, ary napaitrakan-jare tambôn'ny zana-boriky ny lambany ary
namaitraka an'i Jesosy tambôniny. [36]Ra nandaiha igny Izy, de nivilarinjare tan-dalagna ny lambanjare.[37]Ary kôfa
narivo an'ilay toeragna firirôgnana amin'ny Tendrombohitr'Oliva Izy, de nanomboka nifaly ire mpianany maro
be ary nidaira an'Andriamanitra tamin'ny feo mafy nohon'ny asa be zay hitanjare, [38]nivôlagna hoe: ''Deraigna
anie ny mpanjaka zay avy amin'ny agnaran'ny Tompo! Fiadanagna agny an-dagnitra ary voninahitra agny
amin'ny avo indrindra!''[39]Ny Fariseo sanagny tamin'ny vahoaka de nilaza taminy hoe: ''Mpampianatra ô, volagno
mafy ire mpianatranô.'' [40]Namaly Jesosy ary nivôlagna hoe: ''Lazaiky aminare, marigna fô ra mangignia ire, de ny
vato ndraiky hivôlagna.''[41]Kôfa nagnatogna ny tanàgna Jesosy, de nitomoagny ananjy, [42]nivôlagna hoe: ''Ra mbô
Fantako amin'izô andro izô, anô, ire raha zay mitôndra fiadanagna ho anô! Naifa avaizo iregny de miafigna
amin'ny masonô.[43]Fô avy aminô ire andro, zay hananganan'ny favalonô fefy magnodidigna anô, ary
hagnodidigna anô, ary hanery anô, amin'ny lafiny jiaby. [44]Zare de handavo anô amin'ny tany miaraka amin'ny
zanakanô. Tsy hamaila na de vato raika mifampitikina aza zare, satrià anô tsy nafantatra izegny fony
Andriamanitra nihaizaka ny hamonjy anô.''[45]Nitsôfotra tan-tempoly Jesosy ary nanomboka nandroàka ire zay
nivarotra, [46]nivôlagna taminjare hoe: 'Ny tragnoko de natô fivavahana,' fô anare kôza nagnano ananjy ho
tragnon-dahalo.''[47]Koà de nampianatra isan'andro tan-tempoly Jesosy. Ire lohan'ny mpisorogna sy ire mpanôra-

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

dalagna ary ire mpitarika ny vahoaka de nitady hamono Ananjy, [48]fô tsy nahita fomba hagnanôvagna zegny zare, satrià nazoto nitandregny Ananjy dahôlo ny vahoaka jiaby.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 20

[1]Ary andro raiky, kô nampianatra ny vahoaka tô amin'ny tempoly Jesosy ary nitory ny filazantsara, de
nagnatogna Ananjy ré lohan'ny mpisorogna sy mpanôra-dalàgna niaraka taminjare lôhôlogna. [2]Nivôlagna zare,
nagnano taminanjy hoe: "Volagno aminay hoe fahifagna inô no hagnanovanô ire raha ré? Na koà izôvy no
nagnamia anô zô fahifagna zô?"[3]Namaly Izy ary nivôlagna hoe: "Izaho koà de hamaitraka fagnotaniagna
aminaré. Volagno Aminahy ny mikasika [4]ny batisan'i Jaona. Zagny mô avy agny an-dagnitra sa avy
amin'ôlombelogna?"[5]Niady hevitra zare, nivôlagna hoe: "Kô mamaly antsika hoe: 'Avy agny andagnitra' de
hivôlagna Izy hoe: 'Kay magnino anaré no tsy mino Ananjy?' [6]Fô kô mivôlagna antsika hoe: "Avy
amin'ôlombelogna,' de hitôra-bato antsika ny vahoaka jiaby, satrià zare ré de resy lahatra fô i Jaona de
mpaminagny."[7]Noho zaigny de namaly zare fô tsy fantanjare zay naviàny. [8]Jesosy nivôlagna taminjare hoe: "Zaho
koà tsy hivôlagna aminaré zay fahifagna hagnanovako zô raha jiaby zô."[9]Nivolagniny tamin'ny vahoaka zô
fagnoaragna zô: "Nisy lalahy raika nagnano tanim-boaloboka, nampagnôfa zaigny tamin'ny mpambôly
voaloboka, ary nandaiha tagny amin'ny firenegna hafa nandritra ny fotoagna maharitra. [10]Tamin'ny laira
voatôndro de nandaifa mpanompo izy ho agny aminjare mpambôly voaloboka, fô tôkony hagnomia ananjy
vokatr'ilay voaloboka zare. Nivilezin'ire mpambôly anaifa izy, ary nalaifany niherigna tagnam-pôlo.[11]Avy te de
nandaifa mpanompo hafa ndraiky izy ary mbôla nivileziny koà, nalàny baraka, ary nalaifanjare tagnam-pôlo koà
. [12]Mbôla nandaifa fagnintelony izy ary natônjaré naratra koà sady niroàsiny.[13]Noho zaigny de nivôlagna ny
tômpon'ilay tanim- boaloboka hoe: 'Ino hatôko? Halaifako agny ny zanako lahy tsy foeky. Mety mbô hajainjare
izy.'' [14]Fô kôfa tazanjare izy, de nifampi-vôlagna zare hoe: 'Iró lay mpandôva. Ndô hivonintsika izy, mbô ho
lasantsika ny lôva.'[15]Niroahin-jare niala také izy ary nivoninjare. Ino Ary no hatôn'ilay tômpon'ilay tanim-
boaloboka aminjaré? [16]Ho avy izy ary hamotika ire mpambôly voaloboka, ary hagnomia ilay tanim-boaloboka ho
an'ny hafa.'' Kôfa naregny zagny zare, de nivôlagna hoe: "Sagnatria amin'Andriamanitra!"[17]Fô nizahànjare Jesosy,
nivôlagna hoe: "Ino ny hevitr'ilay voasôratra hoe: 'Ny vato zay nilavin'ny mpagnano tragno no tônga fehizoro?'
[18]Ny tsiraikiraikia zay lavo tamin'ny vato io de harotidrotika. Fô na iza na iza hianjerany, dia ho potika."[19]De
nitady hisambotra Ananjy tamin'io lera io reo mpanora-dalàgna sy reo mpisorogna, fô fantan-jaré fô nivolagniny
io fagnoharagna io hanohitra anjare. Kanaifa natahotra ny vahoaka zare. [20]Tam-pandinihagna Ananjy tsara, de
nandaifa mpitsikilo magnambara ho marigna zare, mbô hahafahan-jaré mahita tsigny amin'ny raha volagniny,
kay hanolotra Ananjy eo amin'ny fanapahagna sy ny fahefan'ny governora.[21]Nagnontany Ananjy zare, nivôlagna
hoe: "Mpampianatra ô, fantanay Anô fô mivôlagna sy mampianatra am-pahamarignana, ary tsy voasarikin'ny
hevitr'izôvy na izôvy, fô anô de mampianatra ny fahamarignana mômban'ny lalagn'Andriamanitra. [22]Ara-dalàgna
ho anay mô ny mandôà hetra amin'i Kaisara, sa tsia?"[23]Fô Jesosy de nahatakatra ny hafitsiagnan-jaré, ary
nivôlagna tamin-jaré Izy hoe: [24]"Magnatoroà denaria raika Aminahy. Anjovy io sary io sy agnaragna aminanjy
io?" Nivôlagna zare hoe: "An'i Kaisara."[25]Aoziny taminjaré hoe: "Noho zagny amiavo an'i Kaisara ny raha an'i
Kaisara, ary an'Andriamanitra, reo raha zay an'Andriamanitra." [26]Tsy nahita tsigny tamin'izay nivôlagniny te
agnatraihan'ny vahoaka zare, fô de magnana tamin'ny valin-teniny kay nangigna.[27]Kôfa tônga taminanjy ny
sanany taminjaré Sadoseo, re zay nivôlagna fô tsisy fitsanganagna amin'ny maty, [28]Nagnontany Ananjy zare hoe:
"Mpampianatra ô, Mosesy de nanôratra ho antsika fô kô maty ny rahalahin'ny lalahy raika, manam-bady, ary tsy
manan-janaka, de tôkony halaka vady an'ilay vadin-drahalahiny ilay lalahy, ary hanomia zanaka ho an'ny
rahalahiny.[29]Nisy mpirahalahy fito ary ny vôlôhany nanam-bady, ary maty tsy nanan-janaka, [30]ary ny faharoa koa
karanjegny. [31]Nampakatra ananjy ny fahatelo, ary karanjegny aby izy fito samy tsy nanan-janaka, ary maty.
[32]Tafaran-jagny de maty koa lay viavy. [33]Amin'ny fitsanganagna amin'ny maty, ho vadinjôvy ary izy? Fô samy aifa
vadin-jaré fito. "[34]Jesosy nivôlagna tamin-jaré hoe: "Reo zanak'izao tontolo izao de mampaka-bady sy ampakarina.
[35]Fô reo zay hita amin'izao andro andro izao fô mendrika handray ny fitsanganagna amin'ny maty de tsy
hampaka-bady na hampakarigna. [36]Tsy ho foaty eky zare, satria mitovy amin're anjely sy re zanak'Andriamanitra
zay zanaky ny fitsanganagna amin'ny maty."[37]Fô ny maty de natsangagna, na Mosesy aza de nampiseho, teo
amin'ilay toairagna zay nisy voaroy, zay nagnatsôvan'ny Tompo ho Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'i
Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba. [38]Ary Izy de tsy Andriamanitry ny maty, fô ny velogna, satria ny velogna jiaby de
Aminanjy."[39]Ny sanany taminjaré mpanôra-dalàgna namaly hoe: "Mpampianatra ô, namaly tsara Anô." [40]Satria tsy
sahy namaitraka fagnontaniagna hafa taminanjy eky zare.[41]Jesosy nivôlagna an-jaré hoe: "Akory no ivôlagnan-
jaré fô Kristy de zanaka lahin'i Davida? [42]Fô Davida taignany no nivôlagna tamin'ny Bokin'i Salamo hoe: Ny
Tompo mivôlagna tamin'ny Tompoko hoe: 'Mipitraha eo an-tagnana ankavagnako, [43]mandra-pagnanovako ny
fahavalonô ho fitoairan-tongonô.' [44]Noho zagny Davida de nagnatso an'i Kristy hoe: 'Tompo', kay akory no maha
zanak'i Davida Ananjy?"[45]Tagnatraihan'ny ôlogna jiaby de nivôlagna taminjare mpianany Izy hoe: [46]"Mitandraima

amin'ny mpanôra-dalàgna, zay magniry handaiha miaraka amin'ny akanjo lava, sy tià fiarahabagna manôkagna abazary, sy seza vôlôhany agnaty synagoga, ary toairagna vôlôhany agny amin'ny fagnasagna. [47]Zare koà de mandany ny tragnon're mpitondra-taigna, ary magnano vavaka lavareny ho fisehosehoàgna. Ny lalahy karanjegny de hahazo fagnamelohagna maventy be kokoà."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 21

[1]Jesosy nanopy maso ka nahita reo lalahy manan-kariagna zay nandrotsaka ny fanatitran-jaré tao amin'ny
fandatsahan-drakitra. [2]Nahita mpitondra-taigna mahantra raika nandrotsaka farantsa roa tao Izy. [3]Ka oziny hoe:
"Volagniko marigna aminare, itô mpitondran-taigna mahantra itô de nandrotsaka baitsaka noho zare jiaby. [4]Zaré
jiaby re de nagnomià fanatitra araky ny haben'ny hariagnany. Fô itô mpitondran-taigna itô, tamin'ny fahantrany,
de nandrotsaka ny fivilômany jiaby."[5]Kô nisy maro nikoragna mômban'ny tempoly, fô voaravaka vato tsara
tarehy sy fanatitra zagny, de hoy Izy hoe: [6]"Fô amin'reo raha hitanare re, mbôla ho avy ny andro zay tsy hisy na
vato raika aza hidôko amin'ny hafa ka tsy ho ravaigna."[7]Kay nagnatogna Ananjy zare, nagnano hoe: "A
mpampianatra, oviagna reo raha reo no hitranga?" Ino mô hafantaragna kôfa hitranga re raha re? [8]Jesosy namaly
hoe: "Mitandraima" mbô tsy ho voafitaka anaré. Fô maro no ho avy amin'ny Agnarako hagnano hoe: 'Zaho no Izy,'
ary aifa mariny ny fotoagna'. Aza manaraka anjare. [9]Kôfa maharegny ady sy fikomiagna anaré, de aza
mangôrohôro, fô re raha re de tsy maintsy hitranga alôha, fa ny farany de tsy hitranga eo noho eo."[10]Ary Aoziny
taminjre hoe: "Ny firenegna de hitsangagna hanohitra firenegna, ary fanjakagna hanohitra fanjakagna. [11]Hisy
hôrohôron-tany maventy be, ary mosary sy areti-mandringagna agny amin'ny toairagna samihafa. Hisy tranga
mampatahotra ary famantaragna maventy avy agny an-dagnitra.[12]Fô mialôhan'ire raha jiaby re, de hisambotra
anare Izy re ary hangnenjika anare, hanolotra anare ao amin'ny synagoga sy ny figadragna, hitôndra anaré eo
anoloan're mpanjaka sy re mpanapaka nohon'ny agnarako. [13]Zany de hagnomià fahafahagna ho amin'ny
fijoroanaré vavolombelogna.[14]Noho zegny de manapaha hevitra ao am-ponaré mbô tsy hagnomagna ny
fiarovanaré mialôhan'ny fotoagna, [15]fô Zaho hagnomià teny sy fahindriagna anare, zay tsy afaka toherigna sy
lavin'ire mpanohitra anaré.[16]Fô anare koa de ho atolotry ny Ray aman-dreny, reo rahalahy, reo havagna sy reo
namagna, ary zaré de hamono ho faty ny sanany aminaré. [17]Ho halan'ny tsiraikiraiky noho ny agnarako anaré.
[18]Fô tsy hisy ho very na de singam-bolo raika eo amin'ny lôhanaré aza. [19]Amin'ny faharaitanaré ny fagnahinaré.
[20]Kôfa hitanaré voadidigna miaramila Jerosalema, de fantaro fô aifa mariny ny faharavany. [21]De aoka re zay agny
Jodia handositra agny an-tendrombohitra, ary aoka reo zay agny agnivon-tanàgna hiala, ary aza availa hiditra ao
reo zay agny ambanivôlo. [22]Fô ire no andron'ny valifaty, mbô ho tantairaka reo raha jiaby aifa voasôratra.[23]Loza
ho anaré zay bikibo sy ho anaré mampinono aminjany andro zagny! Fô hisy fahoriagna maventy be ambôny
tany, ary havigniragna amin'io vahoaka io. [24]Ho lavon'ny sabatra zare ary hindôsigna ho babo agny amin'ny
firenaigna jiaby, ary Jerosalema de ho voahôsihôsin'ire Jentilisa, mandrapaha-tantairaky ny andron'ny Jentilisa.
[25]Hisy famantaragna eny amin'ny masoandro, eny amin'ny volana, sy eny amin'ny kintana, ary eto an-tany. Ho
tra-pahoriagna re firenegna, hitaintaigna nohon'ny eron-dranomasigna sy re onja. [26]Hisy lalahy ho toran'ny
tahotra sy ny fiandrasagna re raha zay ho avy eto an-tany. Fô ho voahôzongôzogna ny herin'ny lagnitra.[27]Avake de
ho hitanjare ny Zanak'Ôlogna tônga eny amin'ny rahogna miaraka amin'ny hery sy vogninahitra maventy be. [28]Fô
kôfa manomboka mitranga re raha re, de mitsangàna ary hasandrato ny lôhanaré, satria aifa mariny ny
fanafahagna anaré."[29]Nagnano fagnoharagna taminjaré Jesosy hoe: "Zahà ny kakazon'aviavy, sy reo kakazo jiaby.
[30]Kôfa mamailagna re, de hitanaré manôkagna fô aifa mariny ny lôhatôgna. [31]Karanjany koa, kôfa hitanaré
mitranga re raha re, de fantanaré fô aifa mariny ny fanjakan'Andriamanitra.[32]Volagniko aminaré, marigna
tikoàtra, itô taranaka tô de tsy ho foaty mandra-pisehon'Ire raha re. [33]Ny lagnitra sy ny tany de ho levogna, fô ra
koragniko de tsy ho levogna mandrakizay.[34]Fô mitandraima amin'ny taignanaré, mbô tsy ho vesaran'ny vokatry
ny fisotroagna sy ny fahamamoagna ny fonaré, sy re ahiahin'ny fiainagna, kaY avake de hihidy tampoka aminaré
karan'ny fandrika zagny andro zagny. [35]Fô zagny de ho tônga amin'ny tsiraikiraiky zay miaigna magnairan-tany.
[36]Fô mbô mailo amin'ny fotoagna jiaby, mivavaha mbô ho ampy hery anaré hilifasanaré re raha jiaby zay hiseho
re, ary hitsangana eo anoloan'ny Zanak'Ôlogna."[37]Koa nandritry ny andro de nampianatra tao amin'ny tempoly
Izy, ary ny aligna de nandaiha nivoaka Izy ary nidoka teo an-tendrombohitr'Oliva. [38]Re vahoaka jiaby de tonga
mbôla maizignizigny mbô hitandregny Ananjy tao amin'ny tempoly.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 22

[1]Ary aifa antomotra ny Firavoravoana amin'ny Môfo tsisy masirasira, zay antsovigna hoe Paska. [2]Niady hevitra re
lôhan'ny mpisorona sy re mpanôra-dalàgna ny amin'ny fomba afahanjaré mamono an'i Jesosy, satria natahotra
ny ôlogna zaré.[3]Avy te Satana niditra tamin'i Jodasy Iskariota, zay raiky tamin're roa ambin'ny fôlo. [4]Jodasy
nandaiha tagny amin're lôhan'ny mpisorona sy re kapiteny ary niady hevitra taminjaré ny amin'ny fomba
hamadihany an'i Jesosy eo aminjaré.[5]Faly zaré, ary nagneky ny hagnomià vola ananjy. [6]Nagneky izy, ary nitady
kendry tohigna mbô hanolôrany Ananjy aminjaré kôfa lavitry ny vahoaka.[7]Tônga ny andron'ny môfo tsisy
masirasira, zay tsy maintsy hagnanovagna sorogna ny zanak'ondrin'ny Paska. [8]Jesosy nagnasa an'i Petera sy
Jaona, nagnano hoe: "Mandaihana ary homagno ho antsika ny sakafon'ny Paska, mbô afahantsika hômagna
zagny." [9]Zaré nanontagny Ananjy hoe: "Aiza no tianô hanagnôvanay ny fanomagnana? "[10]Namaly anjare Izy hoe:
"Tandrignaiso, kôfa miditra ny tanàgna anaré, de hisy lalahy raika mitondra sinin-drano mitrôtro aminaré.
Magnaraha ananjy amin'izay tragno idirany. [11]De volagno ny tômpon-tragno hoe: 'Ny mpampianatra mivolagna
aminô hoe: "Aiza ny efi-tragno fandraisam-bahiny, zay hihinanako ny sakafon'ny Paska miaraka amin'ire
mpianatro?"'[12]Izy hagnatoro anaré efitragno ambôny etazy maventy be misy fanaka. Atôvy akô ny
fagnomanagna." [13]Koa de nandaiha zaré, ary nahita ny raha jiaby araka zay nivolagniny taminjaré. Ary
nagnomagna ny sakafon'ny Paska zare.[14]Kôfa tônga ny fotoagna, de nipaitraka niaraka tamin'ire apostoly Izy. [15]De
nivolagna taminjaré Izy hoe: "Nagniry mafy ny hihignana itô Paska itô miaraka aminaré Zaho mialôhan'ny
hijaliako. [16]Fô volagniko aminaré, tsy hihinagna itô eky Zaho, mandra-pahatantairak'izagny agny amin'ny
fanjakan'Andriamanitra."[17]De nandray kapoaka Jesosy, ary kôfa nisôtra Izy, de nagnano hoe: "Raiso itô, ary rasay
aminaré. [18]Fô volagniko aminaré, tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka eky Zaho, mandra-pahatongan'ny
fanjakan'Andriamanitra."[19]De nandray ny môfo Izy, ary kôfa nisotra, de notapahiny zagny, ary namiàny anjaré, de
nivolagna hoe: "Itô ny vatako zay amiagna anaré. Atôvy zao ho fahatsiarôvagna Anahy." [20]Noraisiny karanjagny
koa ny kapoàka kôfa vita ny sakafo, de Aoziny hoe: "Itô kapoàka itô de ilay fanekena vaovao amin'ny ràko, zay
narotsaka ho anaré.[21]Fô mitandraima. Ilay raika zay hamadika Anahy de miaraka Aminahy aketo an-databatra.
[22]Fô ny Zanak'Ôlogna de mandaiha tikoàtra araka zay voatendry. Fô loza ho an'izay lalahy zay hamadika Ananjy
zagny!" [23]Nanomboka nifapagnontany zaré ny amin'iraika izay mety hagnano anjany.[24]De nisy fifandiragna
niseho koa taminjare momba zay heverigna ho lehibe indrindra aminjaré. [25]Nivôlagna taminjare Izy hoe: ''Iré
mpanjakan'ny Jentilisa de tompn'izy irè, ary irè zay managna fahifagna aminjaré de atô ho karaha zay magnano
tsara ho an'ny vahoakany.[26]Fô tsy karanjegny mihitsy ny aminire. Mifanôhitra amin'izegny, ôka zay te lehibe
indrindra aminare ho lasa toy ny hely indrindra, ary ôka zay manan-danja indrindra ho tônga kara zay
manômpo. [27]Fô zôvy no lehibe kokoà, zay mipaitraka amin'ny latabatra, sa zay manômpo? Tsy zay mipaitraka eo
amin'ny latabatra ve? Kanaifa Za akéto aminare mitovy ny raika zay manômpo.[28]Fô anare no ôlo zay nanohy
niaraka taminahy takô amin'ny fakam-pagnahy niàtra taminahy. [29]Amiako fanjakagna anare, kara Babako koa
zay nagnamia fanjakagna ho Anahy, [30]mbô ho afaka hihinagna sy hisotro eo an-databatranahy agny amin'ny
amin'ny fanjakako anare, ary hipaitraka eo amin'ny sezy fiandrianagna hitsara ny fokon'ny Israely roambinifôlo
anare.[31]Simona, Simona, mitandraima, mitady ny hahazo anare Satana, mbô afahany manivagna anare kara vary.
[32]Fô nivavaka ho anô Za, mbô tsy ho foàty ny finoagnanô.Tavafaran'ny hiraignanô ndraika, de ampaherezo iré
ralahinô.''[33]Petera nivôlagna taminy hoe: "Tompo, vôgnona hiaraka Aminô za na agny angadrà na ho agny
amin'ny fafataisagna.'' [34]Jesosy namaly hoe: "Volagniky aminô, ry Petera, mbôla tsy hagneno ny akôho
amin'izegny andro zegny, alôhan'ny handavanô Za intelo hoe tsy mahay Za anô.''[35]De nivôlagna taminjare Jesosy
hoe: "Kôfa nandaiha anare tsy niaraka tamin'ny fitoeram-bôla, fitoeram-basy, na kiraro, nisy raha tsiampy anare
ve?'' Namaly zare hoe: "Tsisy. '' [36]De nivôlagna taminjare Izy hoe: "Fô zao, zay managna fitoeram-bôla, ôka izy
hialaka zegny, na fitoeram-basy ihany koà. Zay tsy managna lefogna de tôkony hivarotra ny lambany ary hividy
raika.[37]Fô Za mivôlagna aminare, zay voasôratra momba Za de tsy maintsy tantairaka: 'Izy de niraisignia kara
raika amin'ire tsy managnara-dalagna.' Fô zay nivôlagna miàlôha momba Za de aifa ho tantairaka'' [38]de nivôlagna
zare hoe: "Tompo, zahà! Ireto misy lefogna roa.'' Izy nivôlagna taminjare hoe: ''Ampy Zay.''[39]Tafaran'ny sakafo, de
nandaiha Jesosy, kara fatôny matetika, tagny an-tendrombôhitr'Oliva, ary nagnaraka Azy irè mpianatra. [40]Kôfa
tônga zare, de ahozy taminjare: ''Mivavaha mbô tsy hidiranare amin'ny fakam-pagnahy.''[41]Niala taminjare
aviatrany amin'ny indray mitôra-bato Izy, de nandongalitra Izy ary nivavaka, [42]nagnano hoe: "Baba ô, ra
sitrakanô, de alà aminahy itô kapoàka itô. Na zegny aza tsy zay tiàko, fô zay tiànô hatôko.''[43]De nisy anjely avy
agny an-dagnitra niseho taminy nampahery Ananjy. [44]Takô agnatin'ny harariagna, nivavaka tamin-kafanam-pô
mafy kokoà Izy, ary ny dignitrany de nanjary kara rà nitete tamin'ny tany.[45]Ary kôfa nitsangagna avy nivavaka
Izy, de nanday agny amin'ny mpianatra, ary nahita azy ire nandry nohon'ny alahelonjare, [46]kay nagnontany azy


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

irè hoe: "Nagnino anare mandry? Mitsangàna ary mivavaha, mbô tsy hidiranare amin'ny fakam-pagnahy."[47]Ra
mbôla nivôlagna Izy, indro, nisy vahoaka niseho, niaraka tamin'i Jodasy, raika amin'iré rombifôlo lahy, nitarika
azy irè. Nagnankaiky an'i Jesosy izy mbô hiôroka Ananjy, [48]fô Jesosy nivôlagna taminy hoe: "Jodasy, mamadika ny
Zanak'Ôlogna amin'ny ôrokave anô?"[49]Kôfa nahita ra-niseho irè zay nagnodidigna an'i Jesosy, de nivôlagna zare
hoe: "Tompo, tôkony rantsangninay amin'ny lefogna ve zare? [50]Avake ny raika tamin'iré mpianatra nampijagna
ny tadignin'ny mpanompon'ny mpisôrogna be, ary tapaka ny hilany ankavanagna. [51]Jesosy nivôlagna hoe: "Ampy
zay!" Nitanany ny tadigny, de nitahany izy.[52]Jesosy nivôlagna tamin'ny lohan'ny mpisorona, tamin'ire kapitenin'ny
tempoly, ary tamin'ire lôh'ôlogna zay tônga nanôhitra Ananjy hoe: "Tônga karaha hanambotra mpangalatra mô
anaré, miaraka min'ny sabatra sy langilangy? [53]Tamin'Zaho niaraka taminaré tan tempoly, tsy nisambôrinaré Za.
Fô zô no lairanaré, sy ny fahifan'ny hizigna."[54]Take am-pisambôragna Ananjy, de notarihin-jare Izy, Ary
nindôsinjaré tagny an-tragnon'ny mpisoronabe. Fô Petera nagnaraka avy lavidavitra. [55]Kôfa nampirehitra afo teo
agnivon'ny tôkotany ary niara-nipaitraka zaré, de nipaitraka tagnivon-jaré Petera.[56]Nisy mpanompo viavy raika
nahita ananjy nipaitraka te amin'ny fahazavan'ny afo, ary nizaha mahitsy ananjy sy nivôlagna hoe: "Itô lalahy itô
koa niaraka taminanjy." [57]Fô Petera nandà zegny, nivôlagna hoe: "A viavy e, tsy fantako Izy." [58]Afaka kelikely de
nisy ôlogn-kafa nahita ananjy, ary nivôlagna hoe: "Anô koa raika amin-jaré." Fô Petera nivôlagna hoe: "A lalahy e,
zaho tsy izy."[59]Nony afaka adiny raika te ho eo de nisy lalahy hafa nagnizingizina sy nivôlagna hoe: "Marigna fô
niaraka taminanjy koa itô lalahy itô, fô izy de Galiliana." [60]Fô Petera nivôlagna hoe: "A lalahy ro, tsy haiky raha
volagninô." Te no ho eo, kô mbôla nivôlagna izy, de nisy akôho nagneno.[61]Nitodika, ny Tompo nizaha an'i Petera,
ary Petera nahatsiaro raha nikoragnin'ny Tompo, tamin'ny nivolagnany taminanjy hoe: "Alôhan'ny hagninoan'ny
akôho igniany de handà Anahy intelo anô." [62]Niboaka tagny ivailany Petera ary nitomoàgny mafy.[63]Ary lalahy re
niambigna an'i Jesosy de nagnadala ary namely Ananjy. [64]Natôvan-jaré sarin-dôha Izy ary nanontagny Ananjy
zaré, nivôlagna hoe: "Maminanià! Zôvy lay ôlogna namely anô?" [65]Nivôlagna raha hafa maro hanôhitra an'i Jesosy
zaré, nagnasàha Ananjy.[66]Kôfa nazava ny andro, de niara-nivory re lôh'ôlogna, ny lôhan'ny mpisorona sy ny
mpanôra-dalàgna. Nidôsin-jaré tagny amin'ny Synedriona Izy [67]ary nivôlagna hoe: "Koa Anô no Kristy, de volagno
aminay."Fô izy nivôlagna tamin-jaré hoe: "Kô volagniko aminaré, de tsy hino anare," [68]ary kô hagnontany anaré
Zaho, de tsy hamaly anaré.[69]Fô manomboka zo, ny Zanak'Ôlogna de hipaitraka eo an-tagnana akavagnan'ny
herin'Andriamanitra." [70]Zare jiaby nivôlagna hoe: "De Zanak'Andriamanitra zagny Anô?" Jesosy nivôlagna
taminjaré hoe: "Voalazanare fô Zaho no Izy." [71]Zaré nivôlagna hoe: "Nagnino no mbôla mila vavolombelogna
antsika?" Fô antsika mitsy no maharegny avy tamin'ny vavany."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 23

1Nitsangagna ny ôlo jiaby taminjaré, ary nitôndra an'i Jesosy te anoloan'i Pilato. 2Nanomboka niampanga Ananjy
zaré, nivôlagna hoe: "Hitanay itô lalahy tô namaitavaita ny firenegnanay, nandrara ny hagnomiàzagna ny hetra
ho an'i Kaisara, ary nivolagna fa Izy taignany mitsy no Kristy, mpanjaka."3Pilato nagnontany Ananjy, nivôlagna
hoe: "Anô mô no mpanjakan'ny Jiosy?" Jesosy namaly ananjy ary nivôlagna hoe: "Voalazanô." 4Pilato nivôlagna
taminjaré lôhan'ny mpisorogna sy zaré vahoaka hoe: "Tsy mahita fahadisoagna amin'itô lalahy to zaho." 5Fô
mbôla nagnizingizigna zaré, nivôlagna hoe: "Magnakorontagna ny vahoaka io, mampianatra eran'ny Jodia
manontolo, manomboka avy agny Galilia na hatrety amin'itô toeragna itô aza."6Kôfa regnin'i Pilato zagny, de
nagnontany izy kô raha Galiliana lay lalahy. 7Kôfa hitany fô ambany fahefan'i Heroda Izy, de nalaifany Jesosy
nankagny amin'i Heroda, zay tagny Jerosalema koa taminjany andro zagny.8Kôfa hitan'i Heroda Jesosy, de taigna
ravoravo izy, satria aifa te-hahita Ananjy aifa ela. Naharegny ny momba Ananjy izy ary nagnantaigna ny hahita
fahagagagna maro natôny. 9Heroda namaitra-panontaniagna an'i Jesosy tamin'ny koragna maro, naifa Jesosy tsy
namaly na ino na ino ananjy. 10Re lôhan'ny mpisorogna sy re mpanôra-dalàgna nitsangagna, niampanga Ananjy
mafy.11Heroda sy re miaramilany nanaivataiva an'i Jesosy sady nanesoeso Ananjy. Avy te de nampiakanjo Ananjy
lamba tsara tarehy zaré ary nalaifan-jaré nierigna tagny amin'i Pilato Izy. 12Fô i Heroda sy Pilato de lasa
mpinamana tamin'ny androtr'io (talôhan'zaigny de mpifahavalo zaré).13Avy te Pilato nagnantso re lôhan'ny
mpisorogna sy re mpanapaka ary re vahoaka maro niaraka, 14ary nivôlagna taminjaré hoe: "Nindosinare
taminahy takéto tô lalahy tô karaha ny lalahy zay mitarika ny ôlogna hagnano ratsy, ary zahao, zaho, kô nametra-
pagnotaniagna taminanjy teo anoloanaré, de tsy mahita fahadisoagna amin'itô lalahy itô mahakasika re raha zay
hiampanganaré Ananjy.15Ahe, na de Heroda aza, satria nalaifany nierigna tatô amintsika Izy, ary zahao, tsy misy
na ino na ino zay mendrika fahafatesagna vitany. 16Noho zagny de ho faiziko Izy, ary ho havôtsotro Izy.''
17[Fanamarihagna: re fandikagna taigna tsara de tsy manisy ny and 17 hoe: Ary Pilato de voatery namôtsotra
gadra raika ho anjaré Jiosy tamin'ny andro firavoravoagna.]18Fô niara-niàfatra mafy zare, nagnano hoe: "Ndôso
agny io lalahy io, ary avotsôry ho anay Barabasy!" 19Barabasy de lalahy raika zay nampiditra am-ponja nohon'ny
fikomiagna maro tao an-tanàgna sy famonoagna ôlogna.20Ary nivôlagna tamjaré ndraiky i Pilato, nagniry ny
hamôtsotra an'i Jesosy. 21Saingy nitabataba mafy zaré, nivôlagna hoe: "Homboy Izy, homboy Izy." 22Nivôlagna
taminjaré fagnintelony izy hoe: "Nagnino, fô no ratsy vitan'itô lalahy itô? Tsy nahita na ino na ino zay tôkony
hanaziagna Ananjy ho foaty za. Noho zagny kôfa avy manafay Ananjy, de hamôtsotra Ananjy zaho."23Fô izy
nanizingizigna tamin'ny feo avo, nangataka Ananjy mbô hombogna. Ny feonjaré de nandresy lahatra an'i Pilato.
24Kô de nanapa-kevitra ny hagneky ny fangatahan-jaré Pilato. 25Navôtsony ilay raiky nangatahin-jaré zay nalaifa
tagny am-ponja nohon'ny fikomiagna sy famognoana ôlogna. Fô natologny ho amin'ny sitrapon-jaré Jesosy.26Ary
te am-pitondragna Ananjy zaré, de nitàgna an'i Simona avy agny Syrenia, zay avy agny ambanivôlo, ary
napaitrakan-jarè tamin'ny kakazofijaliagna mbô hindesiny, nagnaraka an'i Jesosy.27Maro tamin'ire vahoaka, sy re
viavy zay nalahelo mafy sy nisaona Ananjy, no nagnaraka Ananjy. 28Fô kôfa nitodika tagny amin-jaré, de
nivôlagna Jesosy hoe: "Ry zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomagny Anahy, fô mitomagnia ho an'ny taignanaré sy
ny zanakaré.29Fô indro, ho avy ny andro zay hivôlagnan-jaré hoe: 'Sambatra re momba sy re kibo zay tsy
nitairaka, ary ny nono zay tsy nampinono zaza.' 30Ary de hanomboka hivôlagna amin'ire tendrombohitra zaré
hoe: 'Milavoà aminay,' ary amin'ny havoagna hoe: ''Mandrakôfa anay.'' 31Fô raha magnano zagny raha zagny zaré
raha mbôla maitso ny kakazo, ino no hitranga kôfa maigna zagny?''32Nisy lalahy hafa, ôlon-dratsy roa, nindôsigna
niaraka taminanjy mbô hivonigna.33Kôfa tônga te amin'ny toairagna raika zay antsôvigna hoe: "Ikarandôha" zaré,
de te no nanomboan-jaré Ananjy, sy re ôlon-dratsy - ny raika tamin'ankavanany ary ny raika te amin'ny
ankaviany. 34Jesosy nivôlagny hoe: ''Ray ô, mamelà anjaré, fô tsy fantanjaré zay atôny.'' Avy te de niloka zaré,
nizarazara re fitafiany.35De nijoro nizaha te re ôlogna re raha mbôla nagnadala Ananjy koa re mpanapaka,
nivôlagna hoe: "Namonjy re hafa Izy. Avilay Izy hamonjy ny taignany, kô Izy no Kristin'Andriamanitra, ilay raika
voafidy."36Re miaramila ihany koà de nagnalabaraka Ananjy, nagnomià Ananjy vinaingitra, 37ary nivôlagna hoe:
"Raha Anô no mpanjakan'ny Jiosy, vonjeo ny taignanao." 38Nisy famantaragna koa te amboniny hoe: ''Itô no
mpanjakan'i Jiosy.''39Ny raika tamin're ôlon-dratsy zay nihantogna te no namingavinga Ananjy tamin'ny
nivôlagnany hoe: ''Tsy anô ve no Kristy? Vonjeo ny taignanô sy zaihay.'' 40Fô ny raika nivôlagna mafy ananjy,
nagnano hoe: ''Tsy mbô matahotra an'Andriamanitra mô anô, kô samy ambônin'ny fagnamelôhana mitovy
foàgna? 41Antsika de akéto ara-drariny tokoàtra, satrià mandray zay tôkony valin'ny asantsika. Fô tô lalahy tô tsy
nagnano raha ratsy.''42Avy te izy nivôlagna hoe: ''Jesosy ô, tsarovy aho kôfa tônga agny amin'ny fanjakanô Anô.''
43Jesosy nivôlagna taminanjy hoe: ''Volagniko marigna aminô, fô niagny anô de hiaraka amiko agny
Paradisa.''44Ary laira faha-enigna te ho eo taminjany, ary ny aizina avy nandrakotra ny tany manontolo


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

hatramin'ny laira fahasivy [45]kôfa niha maizigna ny hazavan'ny masoandro. Avy eo ny lamban'ny tempoly de nizara avy te antaignataignany.[46]Niàfatra tamin'ny feo mafy, Jesosy nivôlagna hoe: "Ray ô, eo an-tagnanô no amaitrahako ny fagnahiko." Kôfa avy nivôlagna zagny, de maty Izy. [47]Kôfa hitan'ilay kapiteny ny raha nitranga, de nagnomia voninahitra an'Andriamanitra izy, nivôlagna hoe: "Azo antoka tokoatra fô ôlo-marigny itô lalahy tô."[48]Kôfa hitan're vahoaka jiaby zay niara-tônga ho vavolombelogna nagnatri-maso re raha nitranga re, de nierigna niteha-tratra zaré. [49]Fô zaré jiaby zay nahafantatra Ananjy, sy re viavy zay nagnaraka Ananjy avy agny Galilia, de nitsangagna teny alavidavitra, nizaha zagny raha zagny.[50]Ary indro, nisy lalahy raika antsoina hoe Josefa, zay mpikambagna tao amin'ny Synedriona. Ôlogna tsara sady marigna izy. [51]Io lalahy io de tsy nagneky ny fanapahan-kevitry ny Synedriona sy ny asanjaré. Avy agny amin'ny tanàgnan'ny Jodiana tagny Armatia izy; ary izy de nikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra.[52]Io lalahy io, raha nagnatogna an'i Pilato, de nangataka ny vatan'i Jesosy. [53]Nalainy nirôrôgna zegny, norakôfany hariry madinika, ary napaitrany tagnaty fasagna raiky zay novakiagna tamin'ny vatolampy, zay tsy mbôla nisy ôlogna nalevigna mihitsy.[54]Andron'ny Fiomanagna taminjany, ary mbôla naizignizigna ny Sabata. [55]Ire viavy, zay niaraka tamin'i Jesosy niala tao Galilia, de nagnaraka avy ao afara ary nahita ny fasagna sy ny fomba nametrahagna ny fatiny. [56]Nierigna zare, ary nagnomana zava-magnitra sy mainaka magnitra. Ary tamin'ny Sabata de nitsahatra zaré araka ny didy.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 24

[1]Vao mandraigna tamin'ny andro voalôhan'ny herignandro, de nankagny amin'ny fasagna zaré, nitôndra ré zava-
magnitra zay nokarakarain-jaré. [2]Hitanjaré nikodia lavitry ny fasagna ilay vato. [3]Niditra taka zaré, kanaifa tsy
nahita ny vatan'ny Tompo Jesosy.[4]Ary, koa mbôla sahiran-tsaigna momba zagny zaré, tampoka take, de nisy
lalahy roa nagnano fitafiagna mamirapiratra nitsangagna te ankilanjaré. [5]Ary kôfa feno tahotra re viavy re de
niankôhotra tamin'ny tany, nivôlagna tamin're viavy re zaré hoe: "Nagnino anaré no mizaha ny velogna atô
amin'ny maty?[6]Tsy akato Izy, fô aifa natsangagna! Tsarôvo ny nivôlagniny anaré fony Izy mbôla tagny Galilia,
[7]nagnambara fô ny Zanak'Ôlogna de tsy maintsy hatôlotra ho eo an-tagnan'ny mpanota kay hofantsihigna eo
amin'ny hazo fijaliagna, ary amin'ny andro fahatelo de hitsangagna indray."[8]Re viavy re de nahatsiaro re raha
nivolagniny, [9]kay nierigna avy tagny amin'ny fasagna ary nivôlagna zegny raha jiaby zegny tamin'ire raika
amin'ny fôlo lahy sy ny ambiny jiaby. [10]Ary Mary Magdalena, Johana, Mara maman'i Jakoba, ary re viavy hafa
niaraka taminanjy de nitatitra zagny raha zagny tamin'reo apostoly.[11]Fô zagny hafatra zagny de karaha tsisy
dikany tamin're apostoly, kay tsy nino re viavy zaré. [12]Kanaifa nitsangana Petera, de nihazakazaka nankeny
amin'ny fasagna, ary niondrika sy nizaha take, de nahita re lambam-paty nitokana. Ary Petera nody tagny an-
tragnony, nagnontagny taigna ny amin'izay raha nitranga.[13]Indreo, ny roa taminjaré re nandaiha tamin'io andro
io ho agny amin'ny tanàgna atao hoe Emaosy, zay enimpolo stadio miala an'i Jerosalema. [14]Izy re de
nifampiresaka momba re raha jiaby zay nitranga.[15]Ary, kôfa nikoragna sy niara- nametra-panontaniagna zaré, de
nagnatogna sy nandaiha niaraka tamin-jaré Jesosy. [16]Fô ny mason-jaré de nosakagnana mbô tsy hahafantatra
Ananjy.[17]Jesosy nivôlagna taminjaré hoe: "Ino raha koragninare roa atô an-dalambe?" De nidoko zare sady
nalahelo endrika. [18]Ny raika tamin-jaré, nantsoina hoe Kleopasy, namaly Ananjy hoe: "Anô raika mô no ôlagna tao
Jerosalema tsy nahafantatra reo zava-nitranga tagny tamin'zagny andro zagny?[19]Jesosy nivôlagna taminjaré hoe:
"Raha ino?" Zare namaly Ananjy hoe: "Reo raha mikasika an'i Jesosy ilay Nazarena, zay mpaminagny, nahery
tamin'ny asa sy ny teny te anatrehan'Andriamanitra sy ny ôlogna jiaby, [20]ary ny fomba nanoloran're lôhan'ny
mpisorogna sy re mpanapaka Ananjy mbô ho melôhagna ho foaty sy ny nanomboagna Ananjy te amin'ny
kakazofijaliagna."[21]Kanaifa zay nagnantaigna fô Izy no ilay hagnafaka an'Israely. Ia, ary ankoatra zagny raha
jiaby zagny, telo andro niagny zô no nitrangan'zagny raha jiaby zagny.[22]Naifa koa, ny viavy sanany tamin'ny
namanay de nahavariagna anay, zay tagny amin'ny fasagna vao mandraigna. [23]Kôfa tsy nahita ny vatany zaré, de
avy nivôlagna fô zaré koa de nahita fahitagna anjely zay nivôlagna fô velogna Izy. [24]Ny lalahy sanany zay niaraka
taminay de nandaiha tagny amin'ny fasagna, ary nahita zagny araka zay nivolagnin'ny viavy re. Saingy tsy nahita
Ananjy zaré."[25]Jesosy nivôlagna taminjaré hoe: "A lalahy adala sy votsa saigna vao mino re raha jiaby voalazan'ny
mpaminagny! [26]Moa ve tsy nilaigna ho an'i kristy ny nijaly tamin'regny raha regny, kay hiditra agny amin'ny
voninahiny?" [27]Ary nanomboka tamin'i Mosesy ka hatramin're mpaminany jiaby, de nadikan'i Jesosy taminjaré ao
amin'ny Sôratra Masigna ny momba ny taignany.[28]Nony nariny lay tanàgna zay nalaihany zaré, de naneho
fihetsika karaha hoe handaiha lavidavitra Jesosy. [29]Fô nanery Ananjy zaré, nivôlagna hoe: "Midokoa aminay
aketo, fô aifa ho hariva zao ary hifaragna ny andro." Kay niditra mbô hidoka niaraka taminjaré Jesosy.[30]Ary, kôfa
nipaitraka mbô hiaraka hihinagna taminjaré Izy, de naka ny môfo, nisaotra anjagny, sy namaky anjagny, ary
nagnomia anjagny anjaré. [31]Avy eo nisôkatra ny mason-jaré, kay nahafantatra Ananjy, ary nanjavogna te imason-
jaré Izy. [32]Izy re nifampiteny hoe: "Moa ve ny fontsika tsy niredareda tao agnatitsika, kôfa nivôlagna tamintsika
teny an-dalagna Izy, kôfa nanôkatra ny Sôratra Masigna tamintsika Izy?"[33]Nitsangana zaré tamin'io laira io, kay
nierigna tagny Jerosalema. Nahita re raika ambin'ny fôlo niara-nivory zare, sy re zay niaraka taminjaré,
[34]nivôlagna hoe: "Ny Tompo de nitsangagna tikoatra, ary niseho tamin'i Simona." [35]Kay nivolagnin-jaré zay raha
nitranga tagny an-dalagna, sy ny fomba nisehoan'i Jesosy tamin-jaré tamin'ny fanapahagna lay môfo.[36]Kôfa
nivolagna zagny raha zagny zaré, de nijoro tanivon-jaré Jesosy taignany, ary nivolagna tamin-jaré hoe:
"Fiadanagna anie ho anaré." [37]Saingy taitra sy raiki-tahotra zaré, ary nihevitra fô nahita fagnahy.[38]Jesosy
nivolagna taminjaré hoe: "Nagnino anare no matahotra? Nagnino no misy fagnontaniagna ao am-ponaré? [39]Zahà
ny tagnako sy ny hongoko, fô Zaho taignako itô. Kasiho Zaho kay zahà. Fô ny fagnahy tsy managna nôfo sy
tôlagna, karan'ny ahitanaré Anahy hoe managna." [40]Kôfa nivôlagna zagny Izy, de nasehony taminjare ny tagnany
sy ny tongony.[41]Mbôla tsy nino zagny zaré nohon'ny hafaliagna, ary magnana zaré. Jesosy nivôlagna anjaré hoe:
"Managna raha hihonigna mô anaré?" [42]Namian-jaré lôko voatono izy, [43]kay nalainy zagny ary nihoaniny te
anoloàn-jaré.[44]Izy nivolagna taminjaré hoe: "Tamin'Izaho niaraka taminaré, de nivôlagna taminaré fô zay raha
voasôratra tao amin'ny lalàgnan'i Mosesy sy re mpaminagny ary re Salamo de tsy maintsy ho tantairaka."[45]Ary
nisokafiny ny saignan-jaré, mbô hazahoan-jaré ny Sôratra Masigna. [46]Nivôlagna tamin-jaré Izy hoe: "Zô ny
voasôratra, fô ilay Kristy de hijaly, ary hitsangagna amin'ny maty ndraika amin'ny andro fahatelo. [47]Fibaibahagna


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

sy famelan-keloka no tôkony ho torigna amin'ny Agnarany agny amin'ny firenegna Jiaby manomboka ao
Jerosalema."[48]Anaré no vavolombelon'regny raha regny. [49]Indro, halaifako aminaré zay nampanantenain'ny
Raiko. Kanaifa mitoaira an-tanàgna mandra-pitafianaré ny hery avy agny ambony."[50]Ary Jesosy nitarika anjaré
mandra-pahatônganjaré tany Betania. Nasandrany ny tagnany, ary notahiany zaré. [51]Ary, kôfa nitso-drano anjaré
Izy, de nandao anjaré Izy ary lasa nakarigna tagny an-dagnitra.[52]De nidaira Ananjy zaré, ary nierigna tagny
Jerosalema tamin'ny fifaliagna maventy be. [53]Nitohy nankao amin'ny tempoly zaré, nankalaza an'Andriamanitra.

# John

Chapter 1

[1]Tamin'ny voalôhany ny Teny, ary ny Teny tamin'Andriamanitra, ary ny Teny de Andriamanitra. [2]Zégny de takô
amin'Andriamanitra tamin'ny voalôhany. [3]Ny raha jiaby de avy Aminanjy aby, ary kô tsy noho Izy de tsisy na ino
na ino.[4]Noho Izy no nisiam-piainagna, ary io fiainagna io no fahazavan'ny ôlogna jiaby. [5]Ny hazavagna de
mamiratra agnatin'ny hizigna, ary ny hizigna tsy nandresy zégny.[6]Nisy lalahy raiky nirahin'Andriamanitra, Jaona
no agnarany. [7]Tônga izy mbô ho vavôlombelogna hagnambara ny momban'ny fahazavagna, mbô hinoan'ny jiaby
amin'ny alalany. [8]Tsy Jaona lay fahazavagna, fô tônga ndraika mbô hagnambara ny momba lay fahazavagna izy.
[9]Ny fahazavagna marigna, zay magnamia hazavagna ny ôlo-jiaby, de tônga aketo amin'izô tontôlo zao.[10]Teto
amin'izô tontôlo zao Izy, ary Izy nahariagna an'izô tontôlo zao, ary zao tontôlo zao tsy nahafantatra Ananjy.
[11]Tônga tagny amin'ny ôlony Izy, ary ny ôlony de tsy nandray Ananjy.[12]Fô iré maro nandray Ananjy, zay nino ny
agnarany, de namiàny fahefagna ho tônga zanak'Andriamanitra. [13]Iré de tsy nateraka tamin'ny rà, na ny
sitrapon'ny nôfo, na ny sitrapon'ny ôlogna, fô ny an'Andriamanitra.[14]Ary ny Teny tônga nôfo ké nonigna
tamintsika. Hitanay ny vôninahiny, vôninahitra kara lay raiky sy tôkagna zay tônga avy tamin'ny Baba, feno
fahasoavagna sy fahamarinagna. [15]Jaona nagnambara ny momba Ananjy ké nihafatra mafy, magnano hoe: "Izy
lay raika zay efa nivolagniko hoe: 'Izy zay tônga afarako de maventy be noho zaho, satrià talôhako Izy.'"[16]Fô avy
amin'ny fahafenoany no nandraisantsika jiaby fahasoavagna hagnampy fahasoavagna. [17]Fô ny lalàgna de
namiagna tamin'ny alalan'i Mosesy. Ny fahasoavagna sy fahamarignana de tônga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy.
[18]Tsisy nahita an'Andriamanitra na oviagna na oviagna. Fô lay Andriamanitra raika sy tôkagna, izô aké an-
tratran'ilay Baba, no nampahafantatra Ananjy.[19]Ary izô no fagnambaran'i Jaona kôfa nagnasa iré mpisorona sy
Levita avy tagny Jerosalema hankeo aminanjy iré Jiosy mbô hagnontany ananjy hoe: "Zôvy mô anà?" [20]Nitsotra
izy, ké tsy nandà, fô namaly hoe: "Tsy Kristy zaho." [21]Ké nagnontany ananjy zaré hoe: "Ino ariky anà izégny? Elia
vô anà?" Nivôlagna izy hoe: "Tsy izy zaho." Ahozy zaré ré hoe: "Anà mô lay mpaminany?" Namaly izy hoe:
"Aha."[22]Avy také zaré ré nivôlagna taminanjy hoe: "Izôvy anà, mbô afahanay magnamià valin-teny amin'ire zay
nagnasa anay? Ino no volagninà momban'ny tegnanà?" [23]Ahozy izy hoe: "Zaho lay feo, magnantso mafy agny
an'efitra hoe: 'Atôvy mahitsy ny lalan'ny Tompo,' araka ny voalazan'Isaia mpaminany."[24]Ary nisy iraky sanany avy
aminjaré fariseo nalefa, [25]ary nagnontany ananjy zaré ké nivôlagna taminanjy hoe: "Nagnino ariky anà no
magnano batisa kô tsy Kristy anà no sady tsy Elia no tsy lay mpaminagy?"[26]Ary Jaona namaly anjaré ré, magnano
hoe: "Magnano batisa amin'ny rano zaho. Fô aké agnivonaré de misy ôlogna araiky mijôro zay tsy fantanaré. [27]Izy
lay araiky zay tônga avy akô afarako, zay tsy tôkony ho zaho no hamaha ny tadi-kapany." [28]Iré raha iré de natô
tagny Betania tagny andafin'i Jordana, zay nagnanovan'i Jaona batisa.[29]Amaraigna Jaona nahita an'i Jesosy
nagnatogna ananjy ary nivôlagna hoe: "Zahà, indro ny zanak'ondrin'Andriamanitra zay magnala ny fahotan'izô
tontôlo izô!" [30]Itô lay araiky zay nivolagniko hoe: 'Lay araiky zay tônga avy afarako de maventy be noho zaho,
satrià talôhako Izy.' [31]Ary zaho tsy nahafantatra Ananjy, fô mbô ho voavôlagna amin''Israely izy no nihaviàko
hagnano batisa amin'ny rano."[32]Jaona nagnambara, magnano hoe: "Nahita ny Fagnahy nirôrogna avy agny an-
dagnitra kara ny voromailala zaho, ary nipetraka také ambôniny izégny. [33]Tsy mahafantatra Ananjy zaho, fô Izy
zay nagnasa anahy hagnano batisa amin'ny rano nivôlagna taminahy hoe: "Aké ambonin'izay hitanà
hirorôgnan'ny Fagnahy sy hitoerany aké aminanjy, izy lay araiky zay magnano batisa amin'ny Fanahy Masina.'
[34]Sady nahita zaho no nagnambara fô izy lay Zanak'Andriamanitra."[35]Ny amaraigna, ndraiky, kôfa nijôro niaraka
tamin'ny roy amin'iré mpianany Jaona, [36]de nahita an'i Jesosy nandaiha zaré ré, ké ahozy Jaona hoe: "Zahà, lay
Zanak'ondrin'Andriamanitra!"[37]Naharegny ananjy nivôlagna izégny iré mpianany roy ké nagnaraka an'i Jesosy
zaré ré. [38]Avy také Jesosy nitodika ké nahita anjaré ré nagnaraka Ananjy ké nivôlagna anjaré ré hoe: "Ino no
ilainaré?" Namaly iré hoe: "Raby (zay midika hoe mpampianatra), eza Anà no mitoetra?" [39]Namaly anjaré ré Izy
hoe: "Magnatôgna ary zahà." Ké nagnatogna zaré ré ké nahita ny toeragna zay nipitrahany; nitoetra niaraka
Taminanjy takô zaré ré tamin'io andro io, fô tôkony efa ho lera fahafôlo taminjagny.[40]Araiky tamin'iré mpianatra


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

roy naharegny an'i Jaona nivôlagna ary nagnaraka an'i Jesosy avy aké i Andrea, rahalahin'i Simona Petera.
[41]Nitady an'i Simona rahalahiny alôha izy ké nivôlagna taminanjy hoe: "Hitanay ny Mesia" (zay adika hoe Kristy)
[42]Nitondra ananjy tagny amin'i Jesosy izy, ary nizaha ananjy Jesosy ké nivôlagna hoe: "Anà de Simona zanak'i
Jaona, Anà de antsovigna hoe Kefasy" (zay midika hoe: Petera).[43]Ny amaraigny, kôfa te andeha ho agny Galilia
Jesosy, de nahita an'i Filipo Izy ary nivôlagna taminanjy hoe: "Magnaraha Anahy." [44]Filipo de avy agny betsahida,
tanàgnan'i Andrea sy Petera. [45]Nahita an'i Natanaela i Filipo ké nivôlagna taminanjy hoe: "Izy zay nosoratan'i
Mosesy takô amin'ny lalàgna, sy iré mpaminany, hitanay Izy, de Jesosy zanak'i Josefa, avy agny
Nazareta."[46]Natanaela nivôlagna taminanjy hoe: "Mô hisy raha tsara avy akô Nazareta?" Filipo nivôlagna
taminanjy hoe: "Magnatôgna ké zahà." [47]Jesosy nahita an'i Natanaela nagnatogna ananjy ké nivôlagna iré
mombamomba ananjy hoe: "Zahà, izégny no tegna israelita, zay tsisy fitaka aminanjy!" [48]Natanaela nivôlagna
Taminanjy hoe: "Karakôry nafantaranà anahy?" Jesosy namaly ké nivôlagna taminanjy hoe: "Talôhan'ny
nagnatsôvan'i Filipo anà, kôfa tambanin'ny kakazo aviavy anà, de hitako."[49]Natanaela namaly hoe: "Raby, Anà lay
zanak'Andriamanitra! Anà no mpanjakan'Israely!" [50]Jesosy namaly ké nivôlagna taminanjy hoe: "Satrià Zaho
nivôlagna taminà hoe: 'Nahita anà také ambanin'ny kakazo aviavy Zaho,' no hinoanà? Hahita raha tsara
mihoatra noho izégny anà." [51]Avy aké Izy nivôlagna hoe: "Volagniko aminaré, marigna, de marigna tokoà, fô
hahita ny lagnitra hisôkatra anaré, ary iré anjelin'Andriamanitra hiakatra sy hirôrogna aké ambonin'ny
zanak'ôlogna."

Chapter 2

[1]Telo andro tafarany, de nisy fampakaram-bady takô Kanà akô Galilia, ary takô ny maman'i Jesosy. [2]Jesosy sy iré mpianany dia nasaigna tamin'ilay fampakaram- bady.[3]Kôfa lany ny divay, de nivôlagna taminanjy ny renin'i Jesosy hoe: "Tsy managna divay zaré ré." [4]Ary ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Raviavy, nagnino anà no mandeha atô aminahy? Mbôla tsy tônga ny fotoagnako.'' [5]De ahozy ny reniny tamin'iré mpanompo hoe: "Na ino na ino volagniny aminaré, de atôvo izégny.''[6]Ary nisy siny vato enina také zay fampiasaigna amin'ny andro fisasan'ny Jiosy, mazaka roa hatramin'ny telo metatra aby. [7]Aozy Jesosy taminjaré hoe: "Finoà rano ny siny.'' ké nifinoàn- jaré ziska amin'ny môlony izégny. [8]Nony avy také de Aozy tamin'iré mpanompo hoe: ''Magnovôza amin'izay ké indôso agny amin'ny tômpon'andraikitra.'' Ké nitanterahin-jaré ré izégny.[9]Nandraman'ny tômpon'andraikitrin'ny fikarakaragna lay rano nanjary divaigna, kanéfa tsy nahafatatra zay niaviàn'izégny izy (fô iré mpanompo zay nagnôvo ny rano ndraika nahafatatra). Avy aké de nagnantso ny mpampakatra Izy [10]ké nivôlagna taminanjy hoe: "Ny ôlogna jiaby de mandroso divaigna tsara alôha zay vô ny divaingna môramôra kôfa mamo zaré ré. Fô anaré ndraiky nikajy ny divaigna tsara ziska zô.''[11]Izégny no famantaragna vôlôhany natôn'i Jesosy tako Kanà agny Galilia, ary naneho ny voninahiny Izy, ké nino Ananjy iré mpianany.[12]Tafaran'izégny de nirôrogna ho agny Kapernaomy Jesosy, ny mamany, iré ralahiny sy iré mpianany ké nidôko takô andro vitsivitsy zaré.[13]Ary kôfa nariny ny Pasky ny Jiosy, de niakatra tagny Jerosalema Jesosy. [14]Nahita mpivarotra aomby, ondry ary voromailala takô an- tempoly Izy, ary nipaitraka takô koà iré mpanakalo vôla.[15]Noho izégny de nagnamboàtra karavasy izy ké nandroàka anjaré jiaby hivoàka ny tempoly, na ny ondry na aomby. Nandraraka ny vôlan'iré mpanakalo vôla Izy ké nagnongana ny latabatran-jaré ré. [16]De Aozy tamin'iré mpivarotra pizina hoe: "Indôso mivoàka itô toairagna itô iré raha iré. ôka zay ny fagnanovagna ny tragnon-dRaiko ho toeram- pivarôtagna.''[17]Ary tsaroàn'iré mpianany fô efa voasôratra hoe: "Ny firehetako ny amin'ny tragnonanà no handevogna anahy.'' [18]Avy aké namaly iré lôhandôhan'ny mpisorogna Jiosy ké nagnano taminanjy hoe: "Ino ny famantaragna ho asehonô anay, matônga anô magnano irégny raha irégny?'' [19]Jesosy namaly hoe: "Ravay itô tempoly itô, fô hantsangako agnatin'ny telo andro monja izégny.''[20]Ary aozin'iré mpanapaka Jiosy hoe: "Enina amby efapôlo tôgno no nagnorainagna itô tempoly itô, ké anô ndraiky hahatsangagna ananjy agnatin'ny telo andro?'' [21]Kanéfa, mômban'ny tempolin'ny taignany no nikoragniny. [22]Tafaran'ny nitsanganany tamin'ny naty, de tsaroàn'iré mpianany fô nilvôgna izégny izy, ké nino ny sôratra Masina sy zany teny nilazain'i Jesosy izégny zaré.[23]Ary kôfa takô Jerosalema Izy tamin'ny andro firavoravoan'ny Paska, de maro no nino ny agnarany kôfa nahita iré famantaragna zay natôny. [24]Fô Jesosy ndraiky tsy nahatoky anjaré ré noho Izy nahafantatra tsara ananjy jiaby, [25]satrià tsy nila na izôvy na izôvy agnabara aminanjy ny mômban'ny ôlogna Izy, noho Izy nahafantatra ny akô agnatin'ôlogna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Ary nisy Fariseo raiky antsôvigna hoe Nikodemosy, mpitarika Jiosy. [2]Nagnantogna an'i Jesosy tamin'ny andro
aligna io lalahy io ké nivôlagna taminanjy hoe: "Raby, fantanay fô mpampianatra zay avy amin'Andriamanitra
Anô, satrià tsisy mahavita ire famantaragna atônà kôfa tsy miaraka amin'Andriamanitra.''[3]De namaly ananjy
Jesosy nagnano hoe: "Volagniko aminaré marigna, de marigna tokoà, fô kôfa tsy ateraka indraiky ny ôlogna de tsy
ahita ny fanjakan'Andriamanitra izy.'' [4]Nikodemosy nivôlagna taminanjy hoe: '' Amin'ny fômba karakôry ny
hahatanteraka ny ôlogna raiky kô efa antitra izy? Tsy afaka hiditra an-kibon-dreniny izy ké hateraka, sa vô
afaka?[5]Namaly Jesosy hoe: "Volagniko marigna aminô tokoà, fô kôfa tsy nateraka tamin'ny rano sy ny fanahy ny
zanak'ôlogna, de tsy afaka hiditra akô amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. [6]Zay ateraky ny nôfo de nôfo, ké zay
aterakiny ny Fanahy de fanahy.[7]Aza magnana amin'izay nivolagniko anô hoe: 'Tsy maintsy hateraka indraiky
anaré.' [8]Ny rivotra mitsoka na eza na eza iriany; regninô ny feony, fô tsy fantanô zay niavièny na zay handianany.
Karanjegny aby ny ateraky ny Fanahy.''[9]Namaly Nikodemosy ké nivôlagna taminanjy hoe: "Akory ny fomba
hahatanterahin'izégny kôfa izégny?" [10]Jesosy namaly ké nivôlagna taminanjy hoe: ''Mpampianatra an'Israely vô
anô, de mbôla tsy azonô foagna izégny kôfa izégny? [11]Volagniko aminô, marigna, de marigna tokoà, fô zay
fantanay no volagninay, ké zahay magnambara ny momba zay hitanay. Kanaifa mbôla tsy magneky ny
fagnambaragnanay anaré.[12]Kôfa nagnambara taminaré ny raha tety an-tany Zaho nefa tsy hinoanaré, amin'ny
fomba karakory no hinoanaré Anahy kôfa hitantara aminaré ny raha misy agny an-dagnitra Zaho? [13]Tsisy
niakatra agny an-dagnitra afa-tsy lay nirôrogna avy tagny, de lay zanak'Ôlogna izégny.[14]Ary kara ny nanandratan'i
Mosesy ny bibilava tagny an'efitra, no tsy maintsy hanandratagna ny Zanak'Ôlogna, [15]mbô hanagna fiaignana
mandrakizay zay jiaby mino Ananjy.[16]Fô tegna tian'Andriamanitra izô tontôlo izô, ké namiany ny zanany lahy
tôkagna, mbô tsy ho very zay jiaby mino Ananjy fô hanagna fiaignana mandrakizay. [17]Fô Andriamanitra tsy
nagnasa lay Zanaka ho amin'izô tontôlo izô mbô hagnameloka izô tontôlo izô, fô mbô hamonjy izô tontôlo izô
amin'ny alalany. [18]Zay mino Ananjy de tsy helohina, fô zay tsy mino ndraiky de efa voaheloka sahady satrià tsy
nino ny agnaran'ilay Zanaka lahy raiky sy tôkan'Andriamanitra.[19]Izô no anton'ny fitsaràgna: tônga taketo amin'izô
tontôlo izô ny fahazavagna, nefa de naleon'ôlombelogna ny haizigna karaha zay ny mazava satrià ratsy iré asa
natôny. [20]Fô zay jiaby magnano ratsy de mankahala ny mazava ké tsy magnantogna izégny mbô tsy ho hita
mibaribary iré asany. [21]Kanefa, zay magnano ny marigna de magnantogna ny mazava mbô ho hita tsara fô iré
asany de natô arakan'Andriamanitra."[22]Tafaran'iay, de nandeha tagny Jodia Jesosy sy iré mpianany. Nitoetra
fotoagna vitsy takô niaraka taminjaré ré Izy ké nagnao batisa. [23]Ary Jaona koà nagnano batisa tagny Ainona
akaikin'i Saleima satria betsaka ny rano tagny. Nagnatogna ananjy ny vahoaka ké natô batisa, [24]fô tsy mbôla
nalefa agny an-tragno maizigna Jaona.[25]Avy také nisy fifandiragna tamin'ny sanany aminjaré mpianatr'i Jaona sy
Jiosy raiky momban'ny andro fisasagna. [26]Nagnantogna an'i Jaona zaré ré ké nivôlagna hoe: "Raby, Lay raiky
niaraka taminô tagny ampitan'ny reniranon'i Jordana, zay nambaranô, indro, magnano batisa Izy, ary
magnantogna Ananjy aby zaré jiaby."[27]Ary Jaona namaly hoe: "Tsisy afaka mandray na ino na ino ny ôlogna raiky
kôfa tsy namiagna ananjy avy agny an-dagnitra izégny. [28]Anaré foagna de efa afaka ny vavôlombelogna amin'ny
volagniko hoe: 'Tsy lay Kristy zaho,' fô ndraiky: 'Nasainy talôhany.'[29]Ny ampakarigna de an'ny mpampakatra. Ary
ny sakaizan'ny mpampakatra, zay nitsangagna sy mitandregny ananjy, de mifaly indrindra nohon'ny amin'ny
farignesany ny feon'ny mpampakatra. Izégny, ary, no mameno hafaliànahy. [30]Tsy maintsy mintombo Izy, fô zaho
ndraiky tsy maintsy mihegna.[31]Izy zay avy agny ambôny de ambônin'ny raha jiaby. Izy avy aketo an-tany de avy
aketo an-tany ké mikoragna mômban'ny aketo an-tany. Zay avy agny an-dagnitra de ambônin'ny raha jiaby. [32]Izy
de magnambara ny mômba zay hitany sy regniny, kanefa de tsisy mandray ny fagnabaragnany. [33]Zay nandray ny
fagnambarany ndraiky de magnamafy fô marigna Andriamanitra.[34]Fô lay araiky nirahin'Andriamanitra de
mivôlagna ny tenin'Andriamanitra. Satrià tsy nasiany fetra ny fagnomezagna ny Fanahy. [35]Ny Baba tià lay zanaka
lahy ké nametraka ny raha-jiaby taketo ampelan-tagnany. [36]Zay mino lay Zanaka lahy de managna ny fiainagna
mandrakizay, fô zay tsy magneky lay zanaka lahy ndraiky de tsy hahita fiainagna, fô hitoeran'ny
havigniran'Andriamanitra.''

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 4

1Ary kôfa fantatr'i Jesosy hoe fantatr'irè Fariseo fô nahazo sy nagnano batisa mpianatra maro noho Jaona Izy 2(na
de tsy Jesosy tegnany aza no nagnano batisa, fô iré mpianany), 3de niala takô Jodia Izy ary niherigna nandeha
agny Galilia ndraiky.4Fô ilainy ny mamakivaky an'i Samaria. 5Ké de tônga takô amin'ny tanàgna raiky akô Samaria
Izy, antsôvigna hoe Sykara, mariny lay ilan-tany zay namian'i Jakoba an'i Josefa zanagny.6Také lay fangalan'i
Jakoba rano. Natsiaro reraka tamin'ny lehany Jesosy ké nipetraka tamin'ilay fangalan-drano. Tôkony tamin'ny
laira faenignia te. 7Nisy viavy Samaritana raika tônga hialadrano, ké ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Mbô amià rano
Zaho ho sotroiko.'' 8Fô iré mpianatra efa lasa agny an-tanàgna mbô hividy hanigna.9Avake ahozy lay viavy
samaritana taminanjy hoe: "Karakôry anà, zay Jiosy, no mangataka aminahy, zay viavy samaritana, rano ho
hihoanigna? Fô irè Jiosy tsisy hifandraisagna amin'ny Samaritana. 10Fô namaly Jesosy ké nagnano taminanjy hoe:
"Kô fantanô ny fagnamiazan'Andriamanitra, sy zay mivôlagna aminô hoe: 'Amià zaho ho sotroiko,' de anô ndraiky
no ho nangaho taminanjy, ké amiàny rano velogna.''11Ahozy lay viavy taminanjy hoe: "Tompoko, anô de tsy
managna fanovôzagna ké ny fatsakana laligna. Ké akeza no hahazahoanô rano velogna? 12Anô de tsy maventy, mô
vô, noho Jakoba razambentsika, zay nagnomia anay ny fatsakagna sy nisotro tamin'izégny ny tegnanay, karaha
ny natônjaré zanany sy iré bibiny?"13Jesosy namaly ké nagnano taminanjy hoe: "Zay jiaby misôtro amin'itô rano
itô de mbôla hangetaheta ndraiky, 14fô na zôvy na zôvy misotro amin'ny rano zay hamiako ananjy de tsy
hangetaheta mandrakizay. Fô ndraiky, ny rano zay hamiako ananjy de ho tônga loharano miboiboika akô
agnatiny, zay mitondra agny amin'ny fiainagna mandrakizay."15Ahozy raviavy taminanjy hoe: "Tompoko, amiàvo
izégny rano izégny zaho mbô tsy hangetaheta sy ho tônga hatsaka aketo intsony." 16Ahozy Jesosy tamin'draviavy
hoe: "Mandehagna, antsôvy vadinô, de miregna atô."17Namaly lay viavy ké nivôlagna taminanjy hoe: "Tsy
manambady zaho." Namaly Jesosy hoe: "Marigna ny voalazanô hoe: 'Tsy manambady zaho,' 18fô efa nanambady
indimy anô, ké lay raiky zay hipetrahanô avaizo de tsy mbôla vadinô. Marigna zay voalazanô."19Ahozy raviavy
taminanjy hoe: ''Tompoko, itako fô mpaminagny Anô. 20Iré razantsika nivavaka taketo amin'itô tendrombohitra
itô, kanefa anaré magnambara fô Jerosalema no toeragna tôkony hivavahan'ny ôlogna.''21Ahozy Jesosy taminanjy
hoe: "Minoa Anahy, raviavy, fô ho avy ny andro zay hideranaré ny Baba ké sady tsy amin'itô an-tendrombohitra
itô no tsy agny Jerosalema. 22Fô anaré miankôhoka amin'izay tsy fantanaré. Zahay ndraika miankôhoka amin'izay
fantanay, satrià ny famonjegna de avy amin'iré Jiosy.23Kanefa, ho avy ny andro, ary tônga avaizo, kôfa hidera ny
Baba amin'ny fanahy sy fahamarinagna iré tegna mpivavaka, satrià ny Baba de mitady ôlogna kara izégny ho
mpidera Ananjy. 24Andriamanitra de Fanahy, ké ny ôlogna zay midera Ananjy de tsy maintsy midera amin'ny
fanahy sy fahamarinagna."25Ahozy lay viavy taminanjy hoe: "Fantako fô ho avy ny Mesia (lay antsôvigna hoe
Kristy). Ary kôfa tônga Izy, de hagnazava amintsika ny raha jiaby." 26Ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Zaho zay
mivôlagna aminô, no Izy."27Tamin'izégny fotoagna izégny de nierigna iré mpianany. Ary nagnontany tegna zaré ré
hoe nagnino Izy no mikoragna amin'ny viavy, fô tsisy nivôlagna hoe: "Ino no tadiavinô?" na hoe: "Nagnino anô
mikoragna aminanjy?"28Noho izégny de namela ny sininy raviavy, ké nandeha nierigna tagny an-tanàgna, ary
nivôlagna tamin'ny ôlogna hoe: 29"Handeha, zahà lay lalahy zay nivôlagna ny raha natôko jiaby. Tsy ho Kristy
izégny, sa vô Izy?" 30De niala také an-tanàgna zré ré ké nankeo Aminanjy.31Nandritr'izégny, namporisika Ananjy
iré mpianatra, magnano hoe: "Raby, mihinàna."32 Fô ahozy tamin-jaré ré hoe: "Zaho de managna hanin-ko
hanigna zay tsy fantanaré." 33Ké nifampivôlagna iré mpianatra hoe: "Tsisy ôlogna nitondra raha ho hanigna ho
Ananjy, sa vô nisy?"34Ahozy Jesosy taminjaré ré hoe: "Ny hanigna de ny magnano ny sitrapôn'Ilay nagnasa Anahy
ké magnano ny asany. 35Anô mô tsy mivôlagna hoe: ''Efa-bôlagna tavela de ho avy ny fararano?' Volagniko
aminaré, hatopazo ny masonaré de zahà ny agny an-tsaho, fô efa masaka ary ho jinjaigny iré! 36Zay minjinja de
mandray karama sy magnangogna vokatra ho amin'ny fiainagna mandrakizay, ké hiara-paly ny mpamafy sy ny
mpijinja."37Fô amin'izégny de marigna lay teny magnano hoe: 'Ny raiky mamafy, ké ny raiky ndraiky minjinja,'
38Nagnasa anaré hinjinja zay tsy nisasaranaré Zaho. Iré hafa no nisasatra, ké anaré no niditra také amin'zay
nisasarany."39Maro tamin'iré samaritana takô amin'izégny tanàgna izégny no nagneky Ananjy nohon'ny tatitr'ilay
viavy zay magnambara hoe: ''Nivolagniny taminahy aby zay natôko jiaby." 40Kôfa nagnantogna Ananjy iré
samaritana, de nangataka Ananjy mbô hidônko hiaraka aminjaré ré, de nidônko takô roy andro Izy.41Maro hafa
no nagneky nohon'ny teniny. 42Ahozy zaré ré tamin-draviavy hoe: "Tsy noho zay nivolagninô eky no hinoanay, fô
zahay mihitsy no efa naharegny, ké fantanay fô Izy tokoà no lay Mpamonjy an'izô tontôlo izô."43Tafaran'iré roy
andro iré, de niala avy takô Izy hakagny Galilia. 44Fô Jesosy mihintsy no nagnambara fô ny mpaminany de tsy
manan-danja akô amin'ny taniny manôkagna. 45Kôfa tônga takô Galilia Izy, de nandray Ananjy iré Galiliana. Zaré
ré de nahita ny raha jiaby zay natôny takô Jerosalema tamin'ny andro firavoravoagna, satria nandeha tagny
amin'ny andro firavoravoagna foagna koà zaré ré.46Ary tônga takô Kana akô Galilia ndraiky Izy, zay toeragna


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

nampodiany ny rano ho divay. Nisy tandapa raiky zay nanagna zanaka lahy marary takô Kapernaony. [47]Kôfa
regny fô avy agny Jodia ho agny Galilia Jesosy, de nankeo amin'i Jesosy izy ké nangataka taminanjy mbô
hirôrogna ké hampahivagna ny zanany lahy, zay efa ho foaty.[48]Avy také Jesosy nivôlagna taminanjy hoe: "Kôfa tsy
mahita famantaragna sy fahagagagna anaré, tsy mbô hino mihintsy." [49]Ahozy lay tandapa taminanjy hoe:
"Tompoko, mirorôgna ré mialôhan'ny hafatesan'ny zanako." [50]Ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Mandehàna. Velogna
ny zanakanô." Nino ny teny zay nivolagnin'i Jesosy taminanjy lay lalahy, ké de lasagna izy.[51]Kôfa agny izy
nirorôgna igny, de nitsena ananjy re mpanompony, nivôlagna fô velogna ny zanany. [52]Ké nagnontagny anjaré ré
ny lera zay nagnaretany izy. Namaly Ananjy zaré ré hoe: "Omaly tamin'ny lera fahafito no nialàn'ny tazogna
taminanjy."[53]Fantatr'ilay papany avy také fô tamin'io lera io no nivolagnan'i Jesosy ananjy hoe: "Velogna ny
zanakanô." Ké de nino ny tegnany sy iré ankohonany jiaby. [54]Izégny no famantaragna faharoy natôn'i Jesosy fony
Izy niala takô Jodia ho agny Galilia.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Tafaran'izégny de nisy andro firavoravoan'ny Jiosy, ary niakatra ho agny Jerosalema Jesosy. [2]Ary tagny
Jerosalema eké ankilan'ny vavahadin'ondry, de nisy farihy, zay natsôvigna tamin'ny Hebreo hoe Betesda, ké misy
fialôfagna dimy izégny. [3]Maro iré ôlogna marary, jamba, malemy, na tsy afa-mietsika natory takô.
(Fagnamarihagna: Ny antontan-taratasy talôha zay tsara indrindra de magnala ny fehezanteny hoe: "Miandry ny
fihetsehin'ny rano") (Fagnamarihagna: Ny antontan-taratasy talôha tsara indrindra de magnala ny and. [4]hoe: "Fô
nisy anjelin'ny Tompo raiky nirôrogna ké nampihetsika ny rano ndraikindraiky ary na zôvy na zôvy nandroso
nankô kôfa nihetsika ny rano de nahivagna tamin'iré aretigna zay namparary ananjy na ino na ino.")[5]Ary nisy
lalahy araiky také zay efa narary valo amby telo-pôlo tôgna. [6]Kôfa hitan'i Jesosy nandry také izy, sy tafaran'ny
nahatsapany fô efa an-tôgna maro izy no také, de ahozy izy taminanjy hoe: "Te-ho sitrana mô anô?"[7]Namaly lay
lalahy marary hoe: "Tompoko, tsy managna na zôvy na zôvy zaho handroboka anahy akô agnaty farihy kôfa
mihetsika ny rano. Kôfa mandeha zaho, de misy misôsoka aké alôhako." [8]Ahozy Jesosy taminanjy hoe:
"Mitsangàna, indôso ny fandriagnanô, ké mandehana."[9]Avy hatrany de nahivagna lay lalahy, ké niraisiny ny
fandriagnany de nandeha izy. Ary Sabata izégny andro izégny.[10]De ahozy iré Jiosy tamin'ilay nahivagna hoe:
"Sabata ny andro de tsy mahazo mitôndra ny fandriagnanô anô". [11]Namaly izy hoe: "Lay nampahivagna anahy no
nivôlagna taminahy hoe: "Ndôso ny fandriagnanô ké mandehana."[12]Ary nagnontagny ananjy zaré ré: "Izôvy Lay
lalahy nivôlagna taminô hoe: 'Ndôso ny fandriagnanô ké mandehana'?" [13]Kanefa, lay nahivagna tsy nahalala
Ananjy satrià niala môramôra Jesosy fô nisy vahoaka také an-toeragna.[14]Nony avy také, hitan'i Jesosy takô an-
tempoly izy ké ahozy taminanjy hoe: "Io, nahivagna anô! Aza manota Eky, mbô tsy hitranga aminô ny raha ratsy
noho ny také." [15]Avy také de lasagna ralalahy ké nitatitra taminjaré Jiosy fô Jesosy no nanasitrana ananjy.[16]Ary
noho iré raha iré de nagnenjika an'i Jesosy iré Jiosy, satrià nagnano iré raha iré tamin'ny Sabata Izy. [17]Ary namaly
ananjy iré Jesosy hoe: "Ny Raiko de miasa egny fô na avaizo aza, ary Zaho, ihany koà, de miasa." [18]Noho izégny, de
vô maika nitady hamono Ananjy iré Jiosy tsy nohon'ny faniratsirany ny Sabata foagna, fô ny niantsoany
an'Andriamanitra ihany koà hoe Babany manôkagna, magnano ny tegnany ho mitôvy amin'Andriamanitra.[19]Ary
Jesosy namaly anjaré ré hoe: "Volagniko aminaré marigna, de marigna tokoà, fô ny Zanaka de tsy afaka magnano
na ino na ino ho Ananjy, afa-tsy zay hitany ataon'ny Ray foagna, fô na ino na ino ataon'ny Ray, de ataon'ny Zanaka
ndraiky koà iré raha irè. [20]Fô ny Ray tia ny Zanaka ké nampiseho Ananjy ny raha jiaby zay natôn'ny tegnany, ary
hampiseho ananjy raha maventy be mihoatra noho iré Izy mbô ho magnana anaré.[21]Fô karaha ny Ray
manangagna sy mamelogna ny maty, de karanjegny koà no ameloman'ny Zanaka zay tiany. [22]Fô ny Ray de tsy
mitsara na zôvy na zôvy, fô namiany ny Zanaka ny fitsaragna jiaby [23]mbô hagnajan'ny jiaby ny Zanaka karaha ny
hagnajan-jaré ny Ray. Zay tsy magnaja ny Zanaka de tsy magnaja lay Ray nagnasa Ananjy.[24]Volagniko aminaré
marigna, de marigna tokoà, fô zay maharegny ny teniko sy mino zay nagnasa Anahy de managna ny fiainagna
mandrakizay kè tsy ho helohigna, fô niala tamin'ny fahafatesagna ho amin'ny fiainagna izy.[25]Volagniko aminaré
marigna, de marigna tokoâ, fô avy ny lera, ary tônga izégny avaizo, kôfa haharegny ny feon'ny
Zanak'Andriamanitra ny maty, ary ho velogna iré zay maharegny.[26]Fô karaha ny Ray managna fiainagna akô
Aminanjy, no nagnomezagna ny Zanaka ihany koà mbô hanagnany fiainagna akô Aminanjy, [27]ary namian'i Ray
fahefagna hitsara ny Zanaka noho Izy Zanak'ôlogna.[28]Aza magnana amin'izégny, fô avy ny andro handrignesan'ny
ôlogna jiaby agny am-pasagna ny feony [29]ké hivoaka: iré zay nagnano ny tsara de ho agny amin'ny fitsanganagna
ho amin'ny fiainagna, fô iré zay nagnano ny ratsy ndraiky de ho agny amin'ny fitsanganana ho amin'ny
fitsaragna.[30]Tsy afaka magnano na ino na ino kôfa Zaho foagna. Araka zay regniko, no itsarako, ary ny fitsarako
de marigna satrià tsy mitady ny sitrapoko manôkagna Zaho fô ny sitrapon'Izy zay nagnasa Anahy. [31]Kôfa tôkony
hagnambara ny momban'ny tegnako Zaho, de tsy marigna ny fagnambarako. [32]Misy raiky hafa zay nagnambara
ny momba Anahy, ary fantako fô marigny ny fagnambaragna zay nivolagniny momba Anahy.[33]Nasainy tagny
amin'i Jaona anaré, ary nagnambara ny marigna izy. [34]Kanefa ny fagnambaragna zay raisiko de tsy avy amin'ny
ôlogna. Mivolagna izégny raha izégny Zaho mbô mety ho voavonjy anaré. [35]Jaona de jiro nirehitra sy nagnazava,
ary anaré nagniry ny hifaly vetivety takô amin'ny fahazavany.[36]Kanefa ny fagnambarako de mbôla maventy noho
ny an'i Jaona, fô iré asa namian'ny Ray ho tantairahiko, iré asa zay ataoko iré, no magnambara ny momba Anahy
fô nasain'ny Ray Zaho. [37]Ny Ray zay nagnasa Anahy mihitsy no nagnambara Anahy. Tsy mbôla naharegny ny
feony na nahita ny tavany anaré. [38]Ary ny teniny tsy mbô mitoetra akô agnatinaré, satrià tsy mino lay nasainy
anaré.[39]Mitady ny Sôratra Masigna anare satria heverinare fô akô amin'iré no anagnanaré fiainagna
mandrakizay, ary iré Sôratra Masina iré foagna no magnambara momba Anahy, [40]kanefa tsy vôgnona ny
hagnatogna Anahy anaré mbô hanagnaré fiainagna.[41]Tsy mandray laza avy amin'ny ôlogna Zaho, [42]satrià fantako
fô tsisy fitiavagna an'Andriamanitra akô aminaré.[43]Tônga amin'ny agnaran'ny Raiko Zaho, nefa tsy raisinare. Kôfa

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

misy hafa tônga amin'ny agnarany manôkagna, de ho raisinaré Izy. [44]Akôry no hinoanaré, anaré zay mandray
laza avy amin'ny ôlon-kafa kanefa tsy mitady ny laza zay avy amin'Andriamanitra tôkagna?[45]Aza mieritreritra
hoe: Zaho no hiampanga anaré agnatrehan'ny Ray. Lay raiky miampanga anaré de Mosesy, zay nametrahanaré
ny fagnantenagnaré. [46]Kôfa nino an'i Mosesy anaré de tôkony hino Anahy, satrià nanôratra ny momba Anahy izy.
[47]Kôfa tsy mino iré nisoratany anaré, de ataonaré akôry no hino ny teniko?


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

1 Tafaran'iré raha iré, de lasa niampita ny ranomasin'i Galilia Jesosy, antsôvigna koà hoe ranomasin'i Tiberiasy.
2 Nisy vahoaka maro nagnaraka Ananjy satrià hitanjaré iré ny famantaragna zay natôny tamin'iré narary.
3 Niakatra an-tendrombohitra Jesosy ary nipetraka tagny niaraka tamin'iré mpianany Izy. 4 (Ary ny Paska, lay andro
firavoravoan'ny Jiosy, de efa mariny.) 5 Kôfa nizaha ambôny Jesosy ké nahita vahoaka maro be nagnantogna
Ananjy, de Ahozy tamin'i Filipo hoe: "Aiza no hividianatsika môfo mbô hafahanjaré rè hômagna?" 6 ( Fô Jesosy
nivôlagna izégny mbô hitsapagna an'i Filipo, fô efa fantany zay ho ataony.) 7 Ary Filipo namaly Ananjy hoe: "Na de
môfo roanjato dinaria aza tsy ho ampy ho an'ny tsiraikiraiky na de kely avy aza." 8 Raiky tamin'iré mpianatra,
Andrea, ralahin'i Simona Petera, nivolagna tamin'i Jesosy hoe: 9 "Misy lalahy raiky aketo managna môfo dimy sy
lôka roy, fô ino iré magnoloagna reto ôlogna maro?" 10 Ary Jesosy nivolagna hoe: "Asaivo mipetraka ny ôlogna" (Ary
feno ahitra také amin'ilay toeragna.) Ké de nipetraka iré ôlogna, také amin'ny dimy arivo také ny isany. 11 Avy také
Jesosy nalaka iré môfo kôfa avy nisaotra, de nirasa izégny tamin'iré zay nipetraka také. Karaha izégny koà no
natôny tamin'ny hazandrano, maro araka zay nilain-jaré ré. 12 Kôfa voky ny ôlogna, de ahozy taminjaré mpianany
hoe: "Angono iré poetipoetiny tavela, mbô tsy hisy ho very." 13 Ké de nahonkonjaré izégny ké nahafeno bazary roy
ambin'ny fôlo ny poetipoetiny môfo dimy sisa navelan'iré nihinagna. 14 Avy také, kôfa nahita izégny famantaragna
natôny izégny ny ôlogna, de ahozy zaré ré hoe: "Itô tokoà lay mpaminany zay ho tônga ho ety amin'izô tontôlo
izô." 15 Kôfa hitan'i Jesosy fô ho avy zaré ré halaka Ananjy sy hanandratra Ananjy an-keriny ho mpanjaka, de
nierigna tagny an-tendrombohitra raiky ndraika Izy. 16 Kôfa hariva ny andro, de nirôrogna tagny amin'ny
ranomasigna iré mpianany. 17 Nankô agnaty sambokely zaré ré, ké niampita ny ranomasigna ho agny
Kapernaomy. Efa maizigna tamin'izay, ary Jesosy mbôla tsy tônga také aminjaré foagna. 18 Nisy rivotra nitsoka
mafy, ary niha-nahery ny ranomasigna. 19 Kôfa nivory také amin'ny dimy amby roapôlo na telopôlo stadio také
zaré ré, de nahita an'i Jesosy nandeha také amin'ny ranomasigna ary nariny ny sambokely, ké de natahotra zaré.
20 Fô ahozy taminjaré hoe: ''Zaho foagna itô! Aza matahotra." 21 Avy také de vôgnona ny handray Ananjy takô
amin'ilay sambokely zaré ré, ary také no také de tônga tagny amin'ilay toeragna alehanjaré ré lay sambokely.
22 Amaraigna, hitan'iré vahoaka zay nitsangana tagny ampitan'ny ranomasigna fô tsisy sambokely hafa také afa-
tsy lay raiky foagna, ary Jesosy tsy niditra takô niaraka tamin'iré mpianany fô nandeha raiky iré mpianany.
23 Kôfa, nisy sambokely maromaro avy agny Tiberiasy také akaikin'ilay toeragna zay nihinanan-jaré ré môfo kôfa
avy nisaotra ny Tompo. 24 Kôfa hitan'ny vahoaka fô tsy také na Jesosy na iré mpianany, de niditra takô agnaty
sambokely zaré ré ary nakagny Kapernaomy hizaha an'i Jesosy. 25 Kôfa hitanjaré ré tagny ampitan'ny renirano Izy,
de ahozy zaré ré taminanjy hoe: "Raby, oviagna Anô no tônga teto?" 26 Jesosy namaly anjaré ré, nagnano hoe:
"Volagniko aminaré marigna, de marigna tokoà, fô mizaha Anahy anaré, tsy nohon'ny nahitanaré famantaragna,
fô nohon'ny nihinanaré ny môfo kè voky. 27 Aza miasa ho an'ny hanigna mety ho levogna, fô miasà ho an'ny
hanigna zay maharitra ho an'ny fiainagna mandrakizay zay hamian'ny Zanak'Ôlogna anaré, satrià
Andriamanitra Ray no nagnisy tombo-kase taminanjy." 28 Avy také de ahozy zaré ré taminanjy hoe: "Ino no tsy
maintsy hataonay, mbô hanaovanay iré asan'Andriamanitra?" 29 Jesosy namaly ké nagnano taminjaré ré hoe: "Izô
no asan'Andriamanitra: de ny hinoanaré lay raiky zay nasainy." 30 Ké ahozy zaré ré taminanjy hoe: "Ino ary no
famantaragna ho ataonô, mbô hahitanay sy hinoanay anô? Ino no ho ataonô? 31 Ny dadilahinay nihinagna ny
mana tagny agn'efitra, araky ny voasôratra hoe: Namiany môfo avy agny an-dagnitra zaré ré hoanigna." 32 Avy také
Jesosy namaly anjaré iré hoe: "Volagniko aminaré marigna, de marigna tokoà, fô tsy Mosesy no nagnamia anaré
ny môfo avy agny an-dagnitra, fô ny Raiko no magnamià anaré ny tegnany môfo avy agny an-dagnitra. 33 Satrià ny
môfon'Andriamanitra de lay mirôrogna avy agny an-dagnitra ké magnamià fiainagna ho an'izô tontôlo izô." 34 Ké
ahozy zaré taminanjy hoe: "Tompoko, amiavo anay mandrakariva izégny môfo izégny." 35 De ahozy Jesosy
taminjaré ré hoe: "Zaho no môfon'ny fiainagna; zay magnantogna Anahy tsy mbô tihinagna eky, ary zay mino
Anahy tsy hangaitahaita eky. 36 Kanefa efa nivolagniko taminaré fô nahita Anahy foagna anaré, nefa tsy mino. 37 Ny
jiaby zay omen'ny Raiko Anahy de hanatogna Anahy, ary zay magnatogna Anahy de tsy mbô ho ariako. 38 Fo
nirôrogna avy agny an-dagnitra zaho, tsy mbô hagnano ny sitrapoko manôkagna, fô ny sitrapon'Izy zay nagnasa
Anahy. 39 Ary zô no sitrapon'Izy zay nagnasa Anahy, de ny tsy hanariako zay namiany Anahy jiaby, fô hanangagna
anjaré amin'ny andro farany. 40 Satrià zô no sitrapon'ny Raiko, de ny mbô hahazahoan'ny jiaby zay mahita ny
Zanaka sy mino Ananjy ny fiainagna mandrakizay ary ho hatsangako amin'ny andro farany izy. 41 Avy takè
nimenimenigna mômba Ananjy ire Jiosy satrià Izy nivôlagna hoe: ''Zaho no môfo nirôrogna avy agny an-
dagnitra.'' 42 Ary ahozy zaré ré hoe: "Tsy lay Jesosy zanak'i Josefa mô io, zay tsy haintsika mô ny ray aman-
dreniny? Nagnino ariky volagniny hoe: 'Nirôrogna avy agny an-dagnitra Zaho'?" 43 Jesosy namaly ké nagnano
taminjaré ré hoe: " Adokoà ny menimenigna agnivonaré. 44 Tsisy ôlogna afaka magnantogna Anahy kôfa tsy ny

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Ray zay nagnasa Anahy no mitôgno ananjy, ary hantsangako izy amin'ny andro farany. [45]Izégny de voasôratra akô
amin'ny bokin'ny mpaminagny hoe: 'Hampianarin'Andriamanitra izy jiaby.' zay maregny jiaby sy nianatra
tamin'ny Ray no magnatogna Anahy.[46]Tsisy nahita ny Ray, afa-tsy zay avy amin'Andriamanitra, izy no nahita ny
Ray. [47]Volagniko aminaré marigna, de marigna tokoà, fô zay mino no managna fiainagna mandrakizay.[48]Zaho no
môfon'ny fiainagna. [49]Ny Dadilahinaré nihinagna ny mana avy tagny agn'efitra, ké naty zaré ré.[50]Itô ny môfo
mirôrogna avy agny an-dagnitra, mbô tsy ho foaty zay homagna amin'izagny. [51]Zaho no môfo velogna mirôrogna
avy agny an-dagnitra. Kô misy ôlogna hômagna amin'itô môfo itô, de velogna mandrakizay izy. Ny môfo zay
hamiàko no nôfoko ho an'ny fiainan'izô tontolo izô.''[52]Naha-vignitra iré Jiosy ké nanomboka niady hevitra,
nagnano hoe: "Akôry no afahan'io lalahy io magnomià antsika ny nôfony hoanigna?'' Ary Ahozy Jesosy taminjaré
ré hoe: [53]"Volagniko aminaré marigna de marigna tokoà, fô kôfa tsy hômagna ny nôfon'ny Zanak'Ôlogna anaré sy
misotro ny ràny de tsy hanagna fiainagna akô aminaré.[54]Na zôvy na zôvy hômagna ny nôfoko sy misotro ny ràko
de managna fiainagna mandrakizay, ary hantsangako izy amin'ny andro farany. [55]Fô ny nôfoko no tegna
fihoànigna, ary n'y ràko no tegna fisotro. [56]Zay hômagna ny nôfoko sy misotro ny ràko no mitoetra Aminahy, ary
Zaho akô aminanjy.[57]Karaha ny nagnasan'ny Ray velogna Anahy, sy karaha ny hivilômako nohon'ny Ray, zay
hômagna Anahy, de ho velogna koà noho ny Aminahy. [58]Itô lay môfo nirôrogna avy agny an-dagnitra, tsy karaha
ny Dadilahy nihinagna ké naty. Zay hômagna itô môfo itô de ho velogna mandrakizay.'' [59]Fô Jesosy nivôlagna iré
raha iré takô amin'ny Synagoga kôfa nampianatra takô Kapernaomy Izy.[60]Ary maro tamin'ire mpianany zay
naregny izégny no nivôlagna hoe: "Fampianaragna sarotra izégny; zôvy no afaka hagneky izégny?" [61]Jesosy, noho
Izy nahafantatra taminanjy fô nimenimenigna tamin'izégny iré mpianany, nivôlagna anjaré ré hoe:
"Manafitohigna anaré mô izégny?[62]Koà karakôry kôfa tôkony hahita ny zanak'Ôlogna miakatra agny amin'ny
nitoerany talôha anaré? [63]Ny Fagnahy no magnamià fiainagna; ny nôfo tsy ahazahoàgna na ino na ino. Iré teny
zay nivolagniko taminaré de fagnahy, ary fiainagna iré.[64]Mbôla misy ny sanany aminaré tsy mino.'' Fô Jesosy efa
nahafantatra hatramin'ny vôlôhany zay tsy hino sy zay hamadika Ananjy. [65]Ahozy Izy hoe: ''Noho izégny no
nivolagniko taminaré fô tsisy ôlogna afaka magnatogna Anahy kôfa tsy namiàn'ny Ray Ananjy izégny.''[66]Noho
izégny, maro tamin'iré mpianany no lasagna ary tsy niara-dià taminanjy eky. [67]De ahozy Jesosy taminjaré roy
ambin'ny fôlo hoe: "Tsy te-handeha koà mô anaré, sa tsia? [68]Ary Simona Petera namaly Ananjy hoe: "Tompo, ho
agny amin-jôvy mô zahay? Anô no managna ny teny fiainagna mandrakizay, [69]ary nino zahay ké magnatogna
mbô hahafatatra fô Anô no lay Masign'Andriamanitra.''[70]Aozy Jesosy taminjaré ré hoe: ''Tsy Zaho mô no nifidy
anaré, roy ambin'ny fôlo, ary ny raiky aminaré de devoly?'' [71]Ary Jodasy zanak'i Simona Iskariota no volagniny,
satrià izy, lay raiky amin'izy roy ambin'ny fôlo zay hamadika an'i Jesosy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 7

[1]Tafaran'iré raha iré Jesosy de nandeha tagny Galilia, fô tsy te-ho agny Jodia anefa Izy noho iré Jiosy mitady
hamono Ananjy. [2]Ary efa mariny ny andro firavoravoan'ny Jiosy ny Tabernakely.[3]Noho izégny irè ralahiny
nivôlagna taminanjy hoe: "Mialà amin'itô toeragna itô ary mandihana agny Jodia, mbô hafahan'irè pianatranô
mahita irè asa atônô ihany koà. [4]Tsisy ôlo magnano raha misitrika izégny kôfa izy tegnany ary te-ho fantatra
ampahibemaso. Kôfa magnano irè raha irè anô, de miseo amin'izô tontolo izô."[5]Fô na irè ralahiny aza tsy nino
Ananjy. [6]Noho izêgny Jesosy nivôlagna ananjy irè hoe: "Mbôla tsy tônga ny fotoagnako, fô ny fotoagnare ndraiky
de vôgnona lalandava. [7]Tsy afaka ny tsy hitià anare izô tontôlo izô, fô Zaho no halany satrià magnambara fô ratsy
irè asany.[8]Anaré miakara agny amin'ny firavoravoagna; fô Zaho ndraiky tsy handeha amin'izégny satrià tsy
mbôla tônga ny fotoagnako." [9]Tavafaran'ny nivôlagnany irè raha irè ananjy irè, de nijanogna takô Galilia Izy.[10]Fô
kôfa niakatra tagny amin'ny firavoravoagna irè ralahiny, de niakatra tagny ihany koà Izy avaké, tsy nisehoseho fô
niafigna. [11]Nitady ananjy tagny amin'ny firavoravoagna irè Jiosy ary nivôlagna hoe: "Akeza Izy?"[12]Nisy koranam-
be momba Ananjy tagnivon'iré vahoaka. Ny sanany nivôlagna fô: "Lalahy tsara Izy." Iré hafa mivôlagnna hoe:
"Aha, mitarika ny vahoaka agny amin'ny fahaverezagna Izy." [13]Ary tsisy sahy nivôlagna ampahibemaso momba
Ananjy nohon'ny fahatahoragna iré Jiosy.[14]Kôfa nisasaka ny firavoravoagna, de niakatra tagny amin'ny Tempoly
Jesosy ary nanomboka nampianatra. [15]Avy také de magnana iré Jiosy, magnano hoe: "Akôry no hahaizan'io lalahy
io izégny raha jiaby izégny? Izy tsy mbô nandalo fianaragna mihintsy." [16]Jesosy namaly anjaré ré ké nagnano hoe:
"Tsy Aninahy ny fampianarako, fô avy Aminanjy zay nagnasa Anahy.[17]Kôfa misy ôlogna magniry hagnano ny
sitrapony, de hahafantatra momban'io fampianaran'io izy, na avy amin'Andriamanitra izégny, na Zaho no
mivôlagna avy amin'ny tegnako. [18]Na zôvy na zôvy mivôlagna avy amin'ny tegnany de mizaha ny voninahitry ny
taignany manokana, fô na zôvy na zôvy mizaha ny voninahitr'izay nagnasa ananjy, de io ôlogna io no marigna,
ary tsisy fahamarinagna akô aminanjy.[19]Tsy namiàn'i Mosesy anare mô ny lalàgna? Kanefa tsisy aminaré
mitandrigna ny lalàgna. Nagnino anaré no mizaha hamono Anahy?" [20]Namaly ny vahoaka hoe: "Anô de misy
demonia. Zôvy koa no mizaha hamono Anô?"[21]Jesosy namaly ké nivôlagna anjaré ré hoe: "Asa raiky no nataoko,
ary de managna noho izégny aby anaré. [22]Namian'i Mosesy ny famoràgna anaré (tsy hoe avy amin'i Mosesy
izégny, fô avy amin'iré razagna), ary amin'ny Sabata de mamôra ôlogna anaré.[23]Kôfa amin'ny Sabata no amoragna
ny ôlogna mbô tsy ho voadika ny lalàgnan'i Mosesy, de nahoana anaré no vignitra Aminahy kôfa nampahivagna
tanteraka ôlogna raiky tamin'ny Sabata Zaho? [24]Aza mitsara amin'ny endrika ivailany, fô mitsarà am-
pahamarinagna."[25]Nisy sanagny tamin'iré avy agny Jerosalema Nivôlagna hoe: "Tsy itô vô lay tadiavinjare ho
vonigna?" [26]Zahà, miresaka miarihary Izy, ary tsisy mivôlagna na ino na ino Ananjy zaré ré. De ho fantatrin'ny
mpitôndra tokoà vô fô Izy no Kristy, sa karakôry? [27]Efa haintsika hoe avakeza io lalahy io. Fô kôfa tônga lay Kristy,
de tsy hisy hahafantatra hoe avakeza Izy."[28]Avaké nihiàka mafy Jesosy takô an-Tempoly, nampianatra ké
nivôlagna hoe: "Anaré de samy mafantatra ny tegnako ary mahay ny fiaviàko. Tsy tônga nohon'ny tegnako
manôkana Zaho, fô lay nagniraka Anahy de marigna, ary tsy fantanaré Izy. [29]Fantako Izy satrià Zaho de avy
aminy ary Izy no nagniraka Anahy."[30]Niezaka ny hanambotra Ananjy zare ré, fô tsisy naninji-tagnana taminanjy
satrià tsy mbôla tônga ny fotoagnany. [31]Kanefa maro tamin'iré vahoaka no nino Ananjy, ary ahozy zaré ré hoe:
"Kôfa tônga lay Kristy, mô hagnano famantaragna maro noho ny vitan'io lalahy io vô Izy ?" [32]Naregny ny vahoaka
nihisikisika irè raha momban'i Jesosy irè ny Fariseo, ké ny lôhan'ny mpisôrogna sy iré Fariseo de nagniraka
mpiandry raraha hagnambotra Ananjy.[33]Ahozy Jesosy avaké hoe: "Hely sisa ny fotoagna hiarahako aminaré, de
handeha ho agny amin'ilay nagniraka Anahy Zaho. [34]Hitady Anahy anaré fô tsy hahita Anahy; zay handianako, tsy
ho azonare handianagna."[35]Noho izégny irè Jiosy de nifampiresaka hoe: " Fô handeha ho eza io lalahy io no tsy ho
vitantsika ny hizaha Ananjy? Handeha ho agny amin'iré zay nipetraka agny amin'ny Grika de hagnanatra iré
Grika vô? [36]Ary ino ny dikan'ny teny nivolagniny hoe: 'Hizaha Anahy anaré fô tsy hahita Anahy; zay handianako,
tsy ho azonaré andihanagna'?"[37]Ary tamin'ny farany, andro maventy amin'ny andro firavoravoagna, de
nitsangagna Jesosy ary nivôlagna mafy, magnano hoe: "Kôfa misy mangetaheta, ambilay izy hagnantogna Anahy
ary hisotro. [38]Zay mino Anahy, araka ny voalazan'ny Sôratra Masigna, de hikoriagna avy akô an-kibony ny onin'ny
rano velogna."[39]Fô izô no ambarany momban'ny Fagnahy, iré zay nino Ananjy no handray; lay Fanahy de tsy
mbôla namiagna satrià tsy mbôla nahazo voninahitra Jesosy.[40]Ny sanany tamin'iré vahoaka, kôfa nandre irè teny
iré, de nivôlagna hoe: "Itô tokoà lay mpaminany." [41]Iré hafa nivôlagno hoe: "Itô lay Kristy." Fô ny sanany nivôlagna
hoe: "Fô Kristy avy agny Galilia? [42]Tsy voavôlagnan'ny Sôratra Masigna mô fô Kristy de ho avy amin'ny taranak'i
Davida ary avy akô Betlehema, lay tanàgna zay nisy an'i Davida?"[43]Ké nisy fizaragna také amin'ny vahoaka noho
Izy. [44]Ny sanany taminjaré ré te-hisambotra Ananjy, fô tsisy naninji-tagnana taminanjy.[45]Avy také iré mpiandry
raharaha nierigna tagny amin'iré lôhan'ny mpisorogna sy iré Fariseo, zay nivôlagna taminjaré ré hoe: "Nagnino


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

anaré no tsy nitondra Ananjy?" [46]Namaly iré mpiandry raharaha hoe: "Tsy mbôla nisy nivôlagna karaha izégny mihintsy."[47]Noho izégny iré Fariseo namaly ananjy iré hoe: "Voafitaka ihany koà vô anaré? [48]Mô nisy tamin'iré mpanapaka mbô nino Ananjy, na tamin'iré Fariseo? [49]Fô iré vahoaka iré de tsy mahalala ny lalàgna, voaôzogna iré."[50]Nikodemosy (araiky amin'iré Fariseo, zay tônga mialoha také aminy), nivôlagna hoe: [51]"Mô lalàgnatsika mô mitsara ôlogna mialohan'ny handrenesagna ananjy ké ahafantaragna zay nataony?" [52]Namaly zaré ré ké nivôlagna taminanjy hoe: "Avy agny Galilia koà mô Anô? Mikaroha ké zahà fô tsisy mpaminany avy agny Galilia."[53](Fagnamarihagna: Ny dika-teny talôha tsara indrindra de tsy ahitagna ny Jaona 7: 58-8: 11) [Avy akê ny tsirairay nankany an-tragnony avy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 8

[1](Fagnamarihagna: Zahà ny fagnamarihagna momban'i Jaona 7:53-8: 11 etsy ambony) Nankagny an-
tendrombohitr'i Oliva Jesosy. [2]Vao mandregna de nakegny an-tempoly ndray Izy, ary ny ôlogna jiaby nagnatogna
Ananjy; nipetraka Izy ary nampianatra anjaré ré. [3]Iré mpanora-dalàgna sy iré Fariseo de nitôndra viavy raiky
tratra nijangajanga. Napetrakan-jaré ré také agnivony izy.[4](Fagnamarihagna: Zahô ny fagnamarihagna momban'i
Jaona 7:53-8:11 ambôny) Avaké ahozy zaré ré taminanjy hoe : "Ry mpampianatra ô, itô viavy itô de tratra tam-
pijangajangagna. [5]Ary akô amin'ny lalàgna, Mosesy nibeko zahay mbô hitôra-bato ny ôlo karaha izégny; ino no
ambaranô moba ananjy?'' [6]Nilazainjaré ré hamandrihagna Ananjy eky, nefa izégny mbô afahanjaré ré
magnameloka Ananjy, fô Jesosy ndraiky niondrika ary nanôratra tamin'ny rantsa-tagnany.[7](Fagnamarihagna:
Zahà ny fagnamarihagna momban'i Jaona 7 :53-8:11 aké ambôny) kôfa nametraka fagnontaniagna taminanjy
foàgna zaré ré, de nitsangagna Izy ké nivôlagna ananjy irè hoe: "Zay tsy nanota taminaré, ôka izy no
hambalavala vato ananjy voalôhany.'' [8]De niondrika ndraiky Izy, ary nanôratra tamin'ny tany tamin'ny rantsa-
tagnany.[9](Fagnamarihagna: zahà ny fagnamarihagna momban'i Jaona 7 :53-8:11 aké ambôny) Kôfa naregny
izégny zaré ré, de niala tsiraikaraika, nanomboka tamin'ny zôkiny be. Ary ny farany de Jesosy raiky foagna no
tavela takè, niaraka tamin'ilay viavy zay také tantegnantegnany. [10]Nitsangagna Jesosy ké nivôlagna taminanjy
hoe: "Raviavy, fô lasa akeza iré mpagnameloka anô? Tsisy nagnameloka anô vô?'' [11]Ahoziny zaré hoe : "Tsisy,
Tompoko.'' Ary ahozy Jesosy hoe: "Tsisy magnameloka anà Zaho. Mandihana ké aza manota koà.'']'[12]Nivôlagna
taminjaré ré ndraiky Jesosy, magnano hoe: "Izaho no fahazavagn'izô tontôlo izô; zay magnaraka Anahy de tsy
handeha amin'ny haizigna fô hanagna ny fahazavagnan'ny fiainagna.'' [13]Ahozy iré Fariseo taminanjy hoe: "Anô de
magnambara ny taignanô; tsy marigna ny fagnambaragnanô.''[14]Jesosy namaly ké nagnano taminjaré ré hoe: "Na
de magnambara ny tegnako aza Zaho, de marigna ny fagnambarako. Fantako ny nihaviàko sy ny lalagna
ingianako, fô anaré ndraiky tsy mahafantatra zay nihaviàko na zay ingianako. [15]Anaré de mitsara araky ny nôfo;
fô Zaho tsy mitsara na zôvy na zôvy. [16]Na de mitsara aza Zaho; de marigna ny fitsarako satrià tsy tôkagna Zaho, fô
miaraka amin'ny Baba zay nagniraka Anahy.[17]Ia, ary akô amin'ny lalàgnanare de voasôratra fô marigna ny
fijoroan'ny ôlon-droy vavolambelogna. [18]Zaho no nagnambara ny tegnako, ary i Baba zay nagniraka Anahy
foagna koà de magnambara Anahy.''[19]Ahozy zaré ré taminanjy hoe: "Akeza ny babanô?'' Jesosy namaly hoe: ''Tsy
fantanaré na Zaho na ny Raiko; kôfa nafantatra Anahy anaré, de mafantatra ny Raiko foagna koà.'' [20]Tankilan'ny
fandatsahan- drakitra Izy no nivôlagna izégny koragna izégny kôfa igny Izy nampianatra také amin'ny tempoly
igny, ary tsisy nisambotra Ananjy satrià tsy mbôla tônga ny lera.[21]Ary ahozy taminjaré ré hoe: ''Andeha Zaho;
hizaha Anahy anaré ké ho foaty amin'ny fahotanaré. Zay ingianako, de tsy azonaré hingianagna. [22]Ahozy irè Jiosy
hoe: ''Hamono Tegna vô Izy? Izégny vô no antony nivôlagnany hoe: 'Zay ingianako, de tsy azonare
handianagna'?''[23]Ahozy Jesosy taminjaré ré hoe: "Avy atô ambany anaré; Zaho ndraiky avy agny ambôny. Avy
amin'izô tontôlo izô anaré; fô Zaho tsy avy amin'izô tontôlo izô. [24]Noho izégny, nambarako taminaré fô ho foaty
akô amin'ny fahotanaré anaré. Fô kôfa tsy mino anaré fô Zaho no Izy, de ho faty amin'ny fahotanaré
anaré.''[25]Noho izégny de ahozy zaré ré taminanjy hoe: "Zôvy mô Anô?'' Ahozy Jesosy taminjaré ré hoe: "Araka zay
nivôlagniky taminaré hatragny am-bôalôhany. [26]Managna raha betsaka ho koragnina sy hitsaràgna momba anaré
Zaho. Kanefa, Izy zay nagniraka Anahy de marigna; ary iré raha zay regniky avy taminanjy, de hivôlagniko
amin'izô tontôlo izô.'' [27]Tsy azonjaré ré anefa fô Izy de nikoragna taminjaré mômba ny Ray.[28]Ahozy Jesosy hoe:
"Kôfa asandratraré ny Zanak'Ôlogna, de ho fantatraré fô zaho no Izy, ary tsy magnano na ino na ino ho Anahy
Zaho. Araka ny nampianaran'ny Ray Anahy, no hivolagnako irè raha irè. [29]Izy zay nagniraka Anahy de miaraka
aminahy, ary tsy namela Za raiky Izy, noho Zaho magnano zay ankasitrahany mandrakariva.'' [30]Kôfa nivôlagna
iré raha iré Jesosy, de betsaka no nino Ananjy.[31]Jesosy Nivôlagna tamin'iré Jiosy zay nino Ananjy hoe : ''Kôfa
mitoetra amin'ny teniky anaré, de ho tegna pianatranahy; [32]ary ho fantatraré ny marigna, ary ny marigna
hagnafaka anaré.'' [33]Ary zaré namaly Ananjy hoe: "Taranak'i Abrahama zahay ary tsy mbôla nadivosin-jôvy na
izôvy hatrizay; koà karakôry no hilazanô hoe: 'Ho afaka anare'?''[34]Jesosy namaly ananjy iré hoe:''Volagniky
aminaré, marigna, de marigna tokoà fô iré zay manota de andevon'ny ota. [35]Ny andevo de tsy mipetraka akô an-
dragno mandrakizay; fô ny zanaka no mitoetra mandrakizay. [36]Noho izégny, kôfa ny Zanaka no magnafaka anaré,
de ho afaka tokoà anaré.[37]Fantako fô taranak'i Abrahama anaré; mitady zay hamonoagna Anahy satrià tsy
managna toeragna akô aminaré ny teniky. [38]Mivôlagna zay hitako niaraka tamin'ny Babako Zaho, ary anaré koà
magnano zay regninaré tamin'ny babanaré.''[39]Namaly zaré ré ké nivôlagna taminanjy hoe: "Abrahama no
babanay.'' Jesosy nivôlagna ananjy iré hoe: ''Kôfa zanak'i Abrahama anaré, de hagnano ny asan'i Abrahama.
[40]Kanefa, avaizo anaré mitady hamono Anahy, zay lalahy Nivôlagna taminare ny marigna zay regniky
tamin'Andriamanitra. Abrahama tsy nagnano izégny. [41]Anaré de magnano ny asan'ny babanaré.'' Ahozy zaré ré

taminanjy hoe: "Tsy teraka tamin'ny fijangajangagna zahay; raiky foagna ny Babanay: de Andriamanitra."42Jesosy
nivôlagna azy irè hoe: "Ra Andriamanitra no babanare, de tôkony ho tià Za anare , satrià avy
tamin'Andriamanitra no nivoahako sy nandianako atô; fô tsy tônga ho azy Za, fô Izy no nagniraka Za. 43Nagnino
no tsy azonare ny teniky ? Zegny de satrià tsy afaka hagneky ny teniky anare. 44Avy amin'ny babanare anare, lay
devoly, ary ny tiànare atô de ny filagna zay natôn'ny babanare. Mpamono ôlogna hatramin'izay izy ary tsy mijoro
amin'ny famarinagna satrià tsisy marigna akô aminy. Kôfa mandainga Izy , de ny toetra fatôny ihany no lazainy
satrià mpandainga Izy ary baban'ny lainga.45Kanaifa, satrià milaza ny marigna Za, de tsy mino anare. 46Zôvy
aminare no magnameloka Za amin'ny fahotagna? Ra mivôlagna ny marigna Za, nagnino no tsy hinoanare? 47Zay
avy amin'Andriamanitra de maregny ny tenin'Andriamanitra; tsy maregny zegny anare satrià tsy avy
amin'Andriamanitra."48Namaly irè Jiosy ke nivôlagna taminy hoe: Moa ve tsy milaza ny marigna zahay fô
Samaritana Anô ary misy devoly? 49Jesosy namaly hoe: "Tsisy devoly Za, fô magnamià voninahitra ny Raiko, ary
anaré tsy magnomia voninahitra Anahy.50 Tsy mitady ny voninahitranahy Za; misy raikia mitady sy mitsara.
51Volagniky aminare, marigna , de marigna tokoàtra, fô ra misy mitandrigna ny teniky, de tsy hahita fafataisagna
mandrakizay izy."52Ahozy irè Jiosy taminy hoe :" Avaizo fantanay fô managna devoly Anô. Aifa maty Abrahama sy
irè paminany; kanaifa anô milaza hoe: 'Ra mitandrigna ny teniky, de tsy hahita fafataisagna mandrakizay Izy.'
53Tsy maventy noho Abrahama Babanay, zay aifa maty Anô, sa ve maventy ? Irè paminany ihany koà de maty.
Magnano ny taignanô izôvy Anô?"54Jesosy namaly hoe :"Ra mankalaza ny teniky Za , de ho tsinontsinogna ny
voninahitranahy; ny Babako zay atônare ho Andriamanitra no mankalaza Za. 55Tsy fantanare Izy, fô Za
mafantatra Ananjy. Ra milaza Za hoe: 'Tsy mafantatra Ananjy Za, de ho kara anare, mpandainga. Kanaifa,
fantako Izy kay mitandrigna ny teniny Za. 56Ny babanare de nifaly nahita ny androko; nahita zegny de
faly."57Ahozy irè Jiosy taminy hoe: "Mbôla tsisy dimampôlo tôgna anô, kay de aifa nahita an'Abrahama ve?" 58Ary
ahozy Jesosy taminjare hoe :" Volagniky aminare, marigna, de marigna tokoàtra, fô talôhan'ny natirahan'i
Abrahama, de Za no Izy. 59"Avake de nalaka vato hivalavalagna Ananjy zare, fô Jesosy kôza nitodika kay nivoàka
ny tempoly.

Chapter 9

1Ary kôfa nandalo Jesosy, de nahita lalahy jamba letry vao tairaka. 2Nagnontany Ananjy ré mpianatra hoe: "Raby,
zôvy nanota, io lalahy io sa lay ray aman- dreniny, no de tairaka jamba karanjô izy?"3Jesosy namaly hoe: "Tsy io
lalahy io nanota, na ny ray aman- dreniny, fô natô zô mbô hanihoagna aminajy ny asan'Andriamanitra. 4Tsy
maintsy magnano asan'zay nagnasa Anahy antsika kô mbôla mazava. Fô ho avy ny aligna zay tsy ahafahan'na
izôvy na izôvy miasa eky. 5Kô mbôla akéto amin'izao tontolo zao Zaho, de Zaho no fahazavan'izao tontolo
zao.''6Kôfa avy nivôlagna zagny Jesosy, de nandrôra tamin'ny tany, ary nagnano feta tamin'lay rôra, kai
nagnôsotra ny fôtaka tamin'ny mason'lay lalahy. 7Aoziny taminanjy hoe: ''Mandihana ary sasa agnaty ranon'ny
Siloama (zay adika hoe: nirahina) ny masonô.'' Kai lasagna i lalahy io, nanasa zagny, ary niherigna nahita.8Ary
nifampagnotany ré ôlogna mpiray vody rindrigna tamin'ny lalahy io sy ré nahita ananjy nangataka talôha
nagnano hoe: "Tsy tô mô lalahy nipaitraka nangataka taketo?'' 9Ny sanany nagnano hoe: "Ahay, tsy izy fô karaha
ananjy foàgna izy." Fô izy ndraiky nagnano hoe: ''Zaho tô."10Aozinjaré taminanjy hoe: ''Karakôry ariky no
ahitan'ny masonô?'' 11Namaly izy hoe: "Lay lalahy antsôvigna hoe Jesosy no nagnano feta ary nagnôsotra zaigny
tamin'ny masoko kai nivôlagna taminahy hoe: 'Mandihana agny Siloama ary sasao ny masonao.' De nandaiha
zaho ary nanasa zagny kai nahita.'' 12Aozinjaré taminanjy hoe: "Aiza Izy?'' De nivaliany hoe: "Tsy
fantako."13Nindôsinjaré tamin'ny Fariseo lay lalahy zay jamba talôha. 14Tamin'ny andro Sabata mô nagnanôvan'i
Jesosy ny feta sy nampahitany ny masony. 15Ary nagnontany ananjy ndraiky iré Fariseo ny amin'ny fomba
nahitàny. Aoziny taminjaré hoe: ''Natôvany feta ny masoko, nisasako, kai mahita za zô.''16Ny sanany taminjaré
fariseo nivôlagna hoe: "Tsy avy amin'Andriamanitra tô lalahy tô satrià tsy mbô magnaja ny andro Sabata.'' Ny
hafa nagnano hoe: "Akôry no ahafahan'ny ôlogna mpanota magnano famantaragna maventy be karahanjô?'' 17Kai
nisy fizarazaragna taminjaré. Kai niherigna nagnontany lay lalahy jamba ndraiky zaré hoe: "Ino no hambaranô
mômba Ananjy, hatramin'ny nahitany ny masonô?" Aozin'lay lalahy jamba hoe: "Mpaminagny Izy.'' 18Ary mbôla
tsy nino ny mômba Ananjy foàgna iré Jiosy hoe izy aifa jamba kai nahita kô tsy nagnantso ny ray aman-
drenin'lay lalahy nahita zaré.19Nagnontany iré ray aman-dreny zaré hoe: "Tô mô lay zanakaré zay nivolagninaré
fô tairaka jamba? Kai ino ariky nahitany zô?'' 20Ary de nivaliànjaré hoe: "Fantanay fô zanakanay io sady tairaka
jamba izy. 21Fô ny amin'ny nahitany, tsy fantanay, ary zay nampahita ny masony, tsy hainay. Agnontanià ananjy, fô
aifa maventy izy. Afaka mivôlagna ho an'ny taignany izy."22Nivôlagna zagny iré ray aman-dreniny, satrià
natahotra an'ré Jiosy zaré. Satrià aifa nifankariny iré Jiosy fô kô misy magneky Ananjy ho Kristy, de hiroàhigna
hiala ao amin'ny Synagoga izy. 23Nohon'ny amin'izagny, no nivolagn'iré ray aman-dreniny hoe: "Aifa maventy izy,
izy no agnontanià."24Ary nagnantso lay lalahy jamba talôha am-pagnindroa ndraiky zaré kai nivôlagna taminanjy
hoe: "Amià voninahitra Andriamanitra. Fantanay fô mpanota zagny lalahy zagny." 25Avy te namaly lai lalahy hoe:
"Tsy aiky alôha na mpanota Izy. Fô raha aiky de zô: jamba za talôha, fo mahita zaho zô."26Avy te aozin-jaré
taminanjy hoe: "Fô ino no natôny taminô? Akôry ny fomba nampahitany anô?" 27De namaly izy hoe: "Aifa
nivolagniko taminaré fô tsy tandignaisanaré! Kai magnino anaré no te hitandregny zagny koà? Te ho isan'ny
mpianany kô mô naré, sa tsy zagny?" 28Nagneso ananjy zaré kai nivôlagna hoe: "Anô no mpianany, fô zaihay
mpianatr'i Mosesy. 29Fantanay fô aifa nikoragna tamin'i Mosesy Andriamanitra, fô kô zagny lalahy zagny de tsy
hainay zay nihavièny.''30De namaly lay lalahy kai nagnano taminjaré hoe: "Magaga zagny, tsy hainaré tany
fiàviany, kanaifa nampahita ny masoko Izy. 31Fantatsika fô tsy mintandregny ré mpanota Andriamanitra, fô kô
misy mazoto mivavaka sy magnano ny sitrapony, de mitandregny anajy Izy.32Hatraminjay niatombohan'izao
totonlo zao de tsy mbôla regny mihitsy hoe nisy nampahiratra ny mason'izay tairaka jamba. 33Ko tsy avy
amin'Andriamanitra zagny lalahy zagny, de tsy mahaifa na ino na ino.'' 34De namaly ananjy zaré hoe:" Taigna
tairaka tamin'ny ota anô, de anô ndraiky no hampianatra anay?" Avy te de hiroàhigna nivoàka izy.35Regnin'i
Jesosy fô niroahin-jaré amin'ny Synagoga izy. Ary Izy nahita ananjy de nivôlagna hoe:"Mino ny zanak'Ôlogna mô
ana? 36Namaly izy hoe:'' Zôvy mô Izy, Tompo, mbô hinoàko Ananjy?" 37Jesosy nagnano taminanjy hoe: "Aifa nahita
Ananjy anô, ary lay raika Zay mikoragna aminô zô zaigny." 38Aozin'lay lalahy hoe: "Tompo mino zaho." Ary de
nidaira Ananjy izy.39Jesosy nivôlagna hoe: "Fô fitsaragna no nahatongavako akéto amin'ny zao tontolo izao mbô
hahiratra iré jamba ary mbô ho tonga njamba iré mahita.'' 40Naregny zagny ny sanany tamin'iré Fariseo zay
niaraka taminanjy kai nagnontany Ananjy hoe: "Ary zaihay koà zagny jamba?" 41Fô Jesosy nivôlagna taminjaré
hoe''Kô jamba anaré, de tsy ho nanan-keloka, fô anaré ndraiky aminjô mivôlagna hoe: 'Mahita zaihay,' de mbôla
mitoetra ny helokaré.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 10

[1]"Volagniky aminare, marigna, de marigna tokoàtra, fô zay tsy miditra ny vavahady ho amin'ny valan'ondry, fô magnanika lalagna hafa, de mpangalatra sy mpandrôba izy. [2]Fô zay miditra ny vavahady kôza no mpiambigna ondry tsara.[3]Izy no vahan'ny mpiambigna vavahady. Maregny ny feony ny ondry, ary izy magnantso ny ondriny manôkagna amin'ny agnarany kay mitôndra ananjy mivoàka. [4]Kôfa namoàka ny ananjy jiaby izy, de nialôha lalagna ananjy irè, ary magnaraka ananjy ny ondriny, satrià mahay ny feony.[5]Ary tsy hagnaraka vahiny izy irè fô hilaifa ananjy kôza, satrià tsy hainy ny feon'ny vahiny.'' [6]Jesosy nivôlagna zegny fagnoaragna zegny taminjare, kanaifa tsy azonjare akory irè raha nivôlagnina taminjare.[7]De ahozy Jesosy taminjare hoe: "Volagniky aminare, marigna de marigna tokoàtra, fô Za no vavahadin'ondry. [8]Zay jiaby tônga talôhako de mpangalatra sy mpandrôba, satrià tsy nihaino ananjy irè ny ondry.[9]Za no vavahady. Ra misy miditra akô amin'ny alalako, de ho voavonjy izy; hiditra sy hivoàka izy ary hahita ny fihinanagna. [10]Fô ny mpangalatra tsy avy ra tsy hangalatra sy hamono ary handrava. Fô Za kôsa avy mbô hanagnanjare fiainagna ary hanagna zegny be.[11]Za no mpiambigna tsara. Ny mpiambigna tsara de magnamià ny aignany hamonjiagna ny ondriny. [12]Ny mpikarama de tsy mpiambigna ary tompon'ondry. Ra nahita ambôdia magnantogna izy de hiàla ny ondry kay hilaifa, ary ny ambôdia manambotra sy mampiparaitaka azy irè. [13]Milaifa izy satrià mpikarama kay tsy miasalôha ny ondry.[14]Za no mpiambigna ondry tsara, ary fantako ny Anahy, ary fantany Za. [15]Ny Babako mahay Za, ary Za magnamià ny aigniako ho an'ny ondry. [16]Managna ondry hafa zay tsy amin'itô vala itô Za. Tsy maintsy hindôsiky ihany koà iregny, ary zare haregny ny feoko mbô ho tônga andiàny raika ihany sy mpiambigna raika.[17]Izô no antony nitiavan'ny Baba Za: mafoè magnamià aigniako Za mbô handraisako zegny ndraikia. [18]Tsisy magnala zegny aminahy, fô ny taignako ihany no magnamià zegny. Managna fahifagna hagnamia zegny Za, ary managna fahifagna hialaka zegny ndraiky. Zegny didy zegny de azoko avy tamin'ny Babako.''[19]Nisy fizarazaragna ndraiky tamin'ire Jiosy noho irè teny irè. [20]Maro taminjare no nivôlagna hoe: "Managna devoly Izy ary very saigna. Nagnino anare mitandregny Ananjy?'' [21]Ny sanagny nivôlagna hoe: "Tsy fivolagn'ôlo misy devoly zegny. Moa ny afaka mampahiratra ny jamba?''[22]Avake tônga ny fetin'ny fanokanagna takô Jerosalema. [23]Rirignina tamin-jegny, ary Jesosy nitsangagna také amin'ny kianjan'ny tempoly tamin'ny fialôfan'i Solomona. [24]Avake nitangorôgnan'ire Jiosy Izy ary nivôlagna taminy hoe: Mandrapaha- rahoviagna no hampisalasalanô zaihay ? Ra Anô no Kristy, de hambarô miarihary aminay.''[25]Ary Jesosy namaly azy irè hoe: "Aifa nivôlagna taminare Za, fô anare tsy mino. Irè asa zay atôko amin'ny agnaran'i Babako, irè no magnambara ny mikasika Anahy. [26]Kanaifa anare tsy mino satrià tsy mbô ondriky.[27]Maregny feoko ny ondriky; fantako zare, ary magnaraka Za. [28]Amiàko azy irè ny fiainagna mandrakizay zare ; kay tsy hifoaty mandrakizay zare, ary tsy hisy handrômbaka ananjy eo am-pailatanako.[29]Ny Babako, zay nagnamia irè Za, de maventy noho ny hafa jiaby, ary tsisy mavita mandrômbaka azy irè eo am-pailatagnan'ny Baba. [30]Za sy Baba de raika ihany.'' [31]Avake nalaka vato ndraiky irè Jiosy mbô hambalavala vato Ananjy.[32]Ary Jesosy namaly azy irè hoe: "Maro ny asa tsara natoroko anare avy tamin'ny Baba. Koa ino tamin'ire asa iregny no hambalavalanare vato Anahy ?'' [33]Namaly Ananjy irè Jiosy hoe: "Tsy ny asa tsara no hambalavalanay vato anô, fô ny fivolagnan-dratsy, satrià anô, ôlombelogna, de magnano ny taignanô ho Andriamanitra.''[34]Namaly azy irè Jesosy hoe: "Tsy aifa voasôratra akô amin'ny lalàgnanare ve hoe: 'Ahozy Za hoe: "andriamanitra anare"'? [35]Ra nagnantso iregny ho andriamanitra izy , de ho anjôvy zegny no niaviàn'ny tenin'Andriamanitra (ary ny Sôratra Masigna de tsy azo foàgnana ), [36]moa ve lay nohamasin'ny Baba sy nirahigna ho amin'izô tontolo izô no atônare hoe: 'Mivôlagna ratsy anô, noho Za nivôlagna hoe: Za no Zanak'Andriamanitra'?[37]Ra tsy magnano irè asan'ny Babako Za, de aza mino Anahy. [38]Fô ra magnano iregny Za, na de tsy mino Za aza anare, de minoà irè asa mbô hahaizanare sy hazahoànare fô ny Baba de akato Aminahy ary Za akô amin'ny Baba. '' [39]Mbôla nikasa ny hanambotra Ananjy ndraiky zare, fô nilaifa Izy.[40]De nandaiha an-dafin'i Jordana ndraiky Izy ho agny amin'ilay toeragna zay nagnanôvan'i Jaona Batisa voalôhany, ary nipaitraka take. [41]Maro ny ôlo nagnato Ananjy ary ahozy zare hoe: "Jaona tsy mbôla nagnano, famantaragna, fô ny raha jiaby nivôlagnin'i Jaona momba i lalahy i de marigna.'' [42]Maro ny ôlo nino Ananjy te.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 11

1Ary nisy lalahy raika narary antsôvigna hoe Lazarosy. Avakô Betania izy, tanàgnan'i Maria sy Marta ravaviny.
2Maria no nagnôsotra mainaka magnitra ny Tompo tamin'ny vôlony, ary Lazarosy anadahiny no narary.3Ary irè
mpiralahy nagniraka ôlo ho agny amin'i Jesosy, nilaza hoe: "Tompo, zahô, fô marary lay tiànô." 4Kôfa regnin'i
Jesosy zegny, de ahozy Izy hoe: "Tsy fafataisagna no hiafaran'itô aretigna itô, fô kôza ho fanehoagna ny
voninahitr'Andriamanitra mbô hanandratagna ny Zanak'Andriamanitra amin'ny alalan'izegny."5Ary Jesosy de tià
an'i Marta sy ny ravaviny ary Lazarosy. 6Kay kôfa naregny Jesosy fô marary Lazarosy, de mbôla nijanogna ro
andro takô amin'ny toeragna nisy Ananjy Izy. 7Ary tavafaran'izegny, de nivôlagna tamin'ire pianatra Izy hoe:
"Andaiha antsika ho agny Jodia ndraiky."8Ahozy irè pianatra taminy hoe: "Raby, amin'izô de mikasa ny hitôrabato
Anô irè Jiosy, kay mbôla hierigna akagny ndraiky ve Anô?" 9Ary namaly Jesosy hoe: "Tsy rombifôlo laira ve ny
fazavan'ny andro? Ra misy mandaiha amin'ny andro mazava, de tsy ho voàtsitohigna izy, satrià mahita ny
fazavan'izô tontolo izô.10Kanaifa, ra mandaiha amin'ny aligna izy, de ho voàtsitohigna satrià tsy akô aminy ny
fazavagna ." 11Nivôlagna irè raha irè Izy, ary tavafaran'ire, de ahozy Izy taminjare hoe: "Resin-tôry Lazarosy
kamaradintsika, fô handaiha Za mbô hafahako mamôha ananjy amin'ny torimaso."12Kay ahozy irè pianatra
taminy hoe: "Tompo, ra tafandry izy, de ho tsara." 13Kanaifa Jesosy nivôlagna ny fafataisany, saingy nieverinjare
fô fialan-disaka amin'ny torimaso no volagniny. 14Avake Jesosy nivôlagna tsotra taminjare hoe: "Maty Lazarosy.
15Faly Za, nohon'ny aminare, fô tsy tagny Za mbô hagônga anare hino. Andaiha antsika ho agny aminy." 16Tomasy,
zay antsôvigna hoe Didymo, de nivôlagna tamin'ire pianatra kamaradiny hoe: "Andaiha koà antsika mbô hiara-
maty amin'i Jesosy."17Kôfa tônga Jesosy, de hitany fô aifa nalevigna aifatrandro takô am-pasagna Lazarosy. 18Ary
Betania de aifa mariny an'i Jerosalema, amin'ny dimy ambifôlo stadio eo no ailanailany. 19Maro irè Jiosy tônga
takô amin'i Marta sy Maria, mbô hampahery azy irè nohon'ny fafataisan'ny anadahin-jare. 20Avake Marta, kôfa
naregny fô tônga Jesosy, de nandaiha nitsaina Ananjy, fô Maria kôza nipaitraka tandragno.21De nivôlagna tamin'i
Jesosy Marta hoe: "Tompo, ra te anô, de tsy maty ny anadahiky. 22Naifa na de izô avaizo izô aza, de fantako fô na
ino na ino angatahinô amin'Andriamanitra, de hamiany anô zegny." 23Ahozy Jesosy taminy hoe: "Ny anadahinô de
hatsangako velogna ndraiky."24Marta nivôlagna taminy hoe: "Fantako fô hitsangagna ndraiky izy amin'ny
fitsanganagna amin'ny maty amin'ny andro farany." 25De ahozy Jesosy taminy hoe: "Za no fananganagna ny maty
ary fiainagna; zay mino Anahy, na de maty aza izy, de ho velogna ndraiky; 26ary na izôvy na izôvy velogna kay zay
mino Anahy de tsy hifoaty mandrakizay. Mino zegny ve anare ?"27Ahozy izy taminy hoe: "Tompo ô,mino za fô Anô
no Kristy, Zanak'Andriamanitra, lay ho tônga akéto amin'izô tontolo izô." 28Kôfa nivolagniny zegny, de lasa izy
nagnantso mangigiky an'i Maria ravaviny. Ahozy izy hoe: "Tônga ny Papianatra ary magnantso anô izy." 29Kôfa
regnin'Maria zegny, de nitsangagna malaky izy de nankagny aminy.30Ary Jesosy tsy mbôla tônga akô an-tanàgna
fô mbôla tamin'ilay toeragna nitrôfan'i Marta taminy ihany. 31Noho zegny irè Jiosy, zay niaraka taminy tan-dragno
sy nampahery ananjy, kôfa nahita an'i Marta nitsangagna malaky, kay lasa nivoàka, de nagnaraka ananjy,
niherigna fô handaiha hitomany agny amin'ny fasagna izy. 32Kôfa tônga tamin'ny toeragna nisy an'i Jesosy i Marta
kay nahita Ananjy, de niankôhitra izy ary nivôlagna taminy hoe: "Tompo, ra te anô, de tsy maty ny
anadahiko."33Kôfa nahita ananjy nitomoagny Jesosy, ary irè Jiosy niaraka taminy koà nitomoagny, de vonto ny
fagnahiny ary natahotra Izy; 34de ahozy Izy hoe: "Takaiza no nandivaignanare ananjy?" De ahozy zare taminy
hoe: "Tompo, avià ary zahà." 35Nitomoagny Jesosy.36Avake ahozy ire Jiosy hoe: "Zahavo ny haben'ny fitiavany an'i
Lazarosy !" 37Fô ny sanagny taminjare nivôlagna hoe: "Moa ve tsy hain'itô lalahy itô, zay nampahiratra ny
mason'ilay jamba, ny magnano zay tsy nafaty itô lalahy itô koà?"38Avake ndraiky Jesosy, ra mbôla vônto ny
fagnahiny, de nandaiha amin'ny fasagna. Ary zohy zegny, ary misy vato manarogna ananjy. 39Ahozy Jesosy hoe:
"Alà hiala ny vato." Marta, anabavin'ilay maty, nivôlagna tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, aifa maimbo ny vatany ra
amin'izô fotoagna izô, satrià aifatrandro izô no nafataisany." 40Ary Jesosy nivôlagna taminy hoe: "Tsy aifa
nivôlagniky anô ve fô, ra mino anô, de ho hitanô ny voninahitr'Andriamanitra?"41De nalanjare ny vato. Nizaha
tambôny Jesosy kay nivôlagna hoe: " Baba ô, misôtra Anô Za satrià nitandregny Za Anô. 42Fantako fô mitandregny
Za mandrakariva Anô, fô nohon'ny vahoàka mitsangagna mognodidigna Za no nivolagnako zegny, mbô
hafahanjare mino fô Anô no nagniraka Za."43Kôfa avy nivôlagna zegny Izy, de nagnantso mafy hoe: "Lazarosy,
mivoàha!" 44Nivoàka lay lalahy maty; nisy fehim-paty ny tongony sy ny tagnany, ary voàfehy lamba koà ny
tarehiny. Ahozy Jesosy taminjare hoe: "Vahô izy ary avilay handaiha."45Avake maro tamin'ire Jiosy zay tônga takô
amin'i Maria sy nahita ny natôn'i Jesosy, no nino Ananjy; 46Fô ny sanagny taminjare kôza lasa nandaiha akagny
amin'ny Fariseo ary nivôlagna taminjare ny raha natôn'i Jesosy.47Avake ny lôhan'ny mpisôrogna sy ny Fariseo
namory ny Synedriona niaraka ary nagnano hoe: "Ino no hatôntsikia? Itô lalahy itô de magnano famantaragna
maro. 48Ra availatsika amin'izô Izy, de hino Ananjy dahôlo; ary ho avy ny Romana haka ny tananantsika sy ny

firenentsika."[49]Kanaifa, nisy lalahy raika taminjare, Kaiafa, zay mpisôrognabe tamin'izegny tôgna zegny, nagnano
taminjare hoe: "Anare de tsy mahay na ino na ino. [50]Tsy mieritreritra akory anare fô tsara ho anare ra lalahy
raika no maty ho an'ny ôlogna toy zay ny firenena jiaby no ringiana."[51]Ary zay nivolagniny de natôny ho ananjy
ihany. Fô kôsa, noho izy mpisôrogna be tamin'i tôgna io, de naminagny fô tôkony hifoaty ho an'ny firenena Jesosy;
[52]ary tsy ho an'ny firenena ihany, fô mbô hampitambatra ny Zanak'Andriamanitra zay nipaitraka koà. [53]Kay
nanomboka tamin'io andro io de nagnano tetika ny fomba hamonoagna an'i Jesosy zare.[54]Ary Jesosy tsy nandaiha
niariary tamin'ire Jiosy koà, fô niala te izy nankagny amin'ny tany marivo efitra ho agny an-tanàgna atô hoe
Efraima. Ary nipaitraka takô Izy sy irè pianatra. [55]Ary aifa marivo ny Pasky ny Jiosy, ary maro tamin'ire tagny
ivailan'ny tanàgna no niakatra Takô Jerosalema mialôhan'ny Paska mbô hagnadio ny taignanjare.[56]Nizahà an'i
Jesosy zare, ary nitsangagna tamin'ny Tempoly nifampiraisaka hoe: ''Ino no eritreretinare? Hoe tsy ho tônga
amin'ny andro firavoravoàgna ve Izy ?'' [57]Ary aifa nagnamia beko ny lôhan'ny mpisôrogna sy ny Fariseo fô ra
misy mahay ny misy an'i Jesosy, de tôkony milaza izy mbô hanambôranjare Ananjy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 12

[1]Enin'andro mialôhan'ny paska, de tônga takô Betania Jesosy, zay nipitrahan'i Lazarosy, lay aifa natsagan'i Jesosy
tamin'ny maty. [2]Kay nagnano sakafo ho Ananjy zare, ary Marta no nandroso aninjaré, fô Lazarosy ndraiky de
agnisan'iré niara-nipaitraka tamin'i Jesosy také amin'ny latabatra. [3]Avy té Maria nalaka mainaka magnitra litatra
raika zay vita tamin'ny narda sarobidy, kay nagnôsotra ny tongontr'i Jesosy tamin'zagny, ary namafa ny tongony
tamin'ny voro-dôhany. Feno ny hagnitr'lay mainaka ny tragno.[4]Ary Jodasy Iskariota, raika tamin'iré mpianatrany,
zay hamadika Ananjy, nagnano hoe: [5]"Nagnino io mainaka io no tsy nambidy 300 dinaria de namiagna ny
mahantra?" [6]Ary izy nivôlagna an'zagny, tsy nohon'ny fiahiany ny mahantra, fô satrià mpangalatra izy: take
aminy ny kitapom-bôla ary ho angalariny zay natô tô.[7]Jesosy nagnano hoe: Ambilay izy mbô hitagna zay
hanagnany ho amin'ny andro handivaignana Anahy. [8]Ho aké aminaré foàgna ny mahantra, fô Zaho ndraiky tsy
ho aminaré foagna."[9]Ary nisy vahoaka maro tamin'iré Jiosy nahafantatra fô také Jesosy, kai nagnatogna zaré, tsy
ho an'i Jesosy raiky foàgna, fô mbô hahita an'i Lazarosy ndraiky koà, lay natsangan'i Jesosy tamin'ny maty. [10]Iré
lohan'ny mpisorogna de nitetika niaraka mbô hafahan-jaré hanôsika an'i Lazarosy amin'ny fafataisagna foàgna
koà; [11]satrià noho Izy no nahatonga ny ankamaroan'iré Jiosy andaiha ary nino an'i Jesosy.[12]Ny amaraigna de
vahoàka maro no tônga tamin'ny andro firavoravoàgna. Kôfa regnin-jaré fô ho avy akà Jerosalema Jesosy, [13]de
nalaka sampan-drafià zaré ary nivoàka kay nitsaiza Ananjy tamin'ny antso mafy hoe: "Hosana! Sambatra edy lay
avy amin'ny agnaran'ny Tompo, lay mpanjakan'Israely."[14]Ary Jesosy nahita zana-boriky raiky kay nipaitraka tam-
bôniny; [15]Araka ny voasôratra hoe: "Aza matahotra, ry zanakavavin'i Ziona; zahà, indro avy ny Mpanjakanaré,
zay mipaitraka am- bônin'ny zana-boriky."[16]Tsy nahazo iré raha iré ny mpianany tamin'ny vôlôhany; fô kôfa
namiàm-boninahitra Jesosy, de tsaroàn-jaré fô voàsôratra mômba Ananjy iré raha ré ary aifa natôn-jaré
taminanjy zagny.[17]Ary ré vaoaka zay niaraka taminanjy tamin'ny nagnatsôvany an'i Lazarosy hivoàka ny fasagna
sy nanangagna ananjy tamin'ny maty de sômby nijoro vavolombelogna aby. [18]Noho zagny antony zagny foàgna
koà no nahatônga ny vahoàka hitsaiza Ananjy, satrià regninjaré fo nagnano zagny famantaragna zagny Izy. [19]Ire
Fariseo noho zagny nifampivôlagna hoe: "Zahà, tsy afaka magnano no ino no ino anaré; indro, magnaraka
Ananjy izao tontolo zao."[20]Ary nisy grika vitsivitsy tamin'iré zay niakatra hidaira agny amin'ny firavoravoàgna.
[21]Nankagny amin'i Filipo zaré, zay avy agny Betsaida agny Galilia, ary nagnontany ananjy hoe: "Tompoko, mbô ti-
hahita an'i Jesosy zahay." [22]De lasagna i Filipo nivôlagna tamin'i Andrea; de lasagna Andrea niaraka tamin'i Filipo,
ary nivôlagna an'i Jesôsy zaré.[23]Jesosy namaly aninjaré kay nagnano hoe: "Aifa tônga ny fotoagna hagnomiàzagna
voninahitra ny zanak'Ôlogna. [24]Volagniko aminaré, marigna, de marigna tikoatra, fô kô tsy latsaka amin'ny tany
ny vihim-bary kay maty, de mipaitraka amin'ny taignany raiky zagny; fô kô maty zagny, de hamoà be.[25]Zay tià ny
fiainany de hagnary zagny; fô zagny mankahala ny fiainany akéto amin'izao tontolo izao ndraiky de hitagna
zagny ho agny amin'ny fiainagna mandrakizay. [26]Kô misy manômpo Anahy, aoka izy hagnaraka Anahy; ary zay
nipitrahako, de akò koà hipitrahan'ny mpanompoko. Kô misy manompo Anahy, de hagnomià voninahitra ananjy
ny Ray.[27]Avahizo mangôrohôro ny fagnahiko ary ino no tôkony hivolagniko? 'Ray o, vonjeo amin'itô laira itô
Zaho'? Kanaifa noho zagny antony zagny no nahatongavako amin'izao fotoagna zô. [28]Ray o, hankalazao ny
anaranô." Avy te nisy feo nanako avy agny an-dagnitra nagnano hoe: "Aifa nankalazaiko zagny ary mbôla
hankalazaiko ndraiky." [29]Ary ré vahoàka nitsangagna te sy naregny zagny de nivôlagna fô nisy kotroka také. Ny
sanany nivôlagna hoe: "Nisy anjely nikoragna taminanjy."[30]Jesosy namaly hoe: "Zagny feo zagny de tsy tônga ho
Anahy, fô ho anaré. [31]Tônga avahizo ny fitsaragna an'izao tontolo izao: Ary de hiroàhigna ny mpanapaka an'izao
tontolo izao.[32]Kôfa hasandratra hiala amin'ny tany Zaho, de hitôgno ny tsiraikiraiky hagnaraka Anahy."
[33]Nivolagniko zagny mbô hanehoagna hoe karazagna fafataisagna karaha ino no hafataisany.[34]Ré vahoàka namaly
Ananjy hoe: "Regninay tamin'ny lalàgna fô Kristy de hidôko mandrakizay. Karakôry no afahanô mivôlagna hoe:
'Ny zanak'Ôlogna de tsy maintsy hasandratra'? Zôvy zagny zanak'Ôlogna zagny?" [35]Avy te Jesosy nivôlagna
aninjare hoe: "Ny hazavagna de mbôla hiaraka aminaré mandritra ny fotoagna fôhy. Mandihana dieny mbôla
managna hazavagna, mbô tsy hafahan'ny hizigna mialôha anaré. Zay mandaiha amin'ny hizigna de tsy mahalala
ny lalagna alaihany. [36]Kô mbôla managna ny hazavagna anaré, de minoà zagny mbô ho zanakin'ny hazavagna
anaré." Jesosy nivôlagna ire raha iré ary avy té de tsy hita ary niary ananin-jaré.[37]Na de nagnano famantaragna
maro te agnatraihan-jaré aza Jesosy, de tsy ninoan-jaré. [38]mbô ho tantairaka ny tenin'Isaia mpaminagny, zay
nivôlagna hoe: "Tompo, zôvy no nino ny tatitray, ary zôvy no nampisehoagna ny sandrin'ny Tompo?"[39]Noho zagny
antony zagny de tsy nino zaré, araka ny voàlazan'Isaia hatrany hoe: [40]"Nanjabainy ny mason-jaré, ary namafisiny
ny fon_jaré; mifanôhitra amin'izagny zaré de ti-hahita amin'ny mason-jaré ary ahazo amin'ny fon-jaré, kay
hitodika, ary Zaho nagnasitragna anin-jaré."[41]Isaia nivôlagna iré raha ré satrià hitany ny voninahitr'i Jesosy kay
nivôlagna mômba Ananjy. [42]Kanaifa na zagny aza, de maro tamin'iré mpanapaka no nino an'i Jesosy; fo noho iré


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Fariseo, de tsy ho voasakagna ho amin'ny Synagoga. 43 Tian-jaré kokoà ny fideragna avy amin'ny ôlogna noho ny
fideragna avy amin'Andriamanitra. 44 Jesosy nagnantso mafy kay nivôlagna hoe: "Zay raika mino Anahy, aza mino
Anahy raika foàgna fô Zay nagnasa Anahy, 45 ary zay raika mahita Anahy de mahita Ananjy zay nagnasa Anahy.
46 Zaho de tônga karaha ny hazavagna taketo amin'izao tontolo izao, mbô tsy hipaitraka ao agnaty hizigna zay
mino Anahy. 47 Kô misy maregny ny teniko naifa tsy mitandrigna zagny, de tsy hitsara ananjy Zaho; satrià Zaho tsy
tônga hitsara izao tontolo zao, fô hagnavotra izao tontolo zao. 48 Zay mandà Anahy sy tsy mandray ny teniko, de
managna raika zay mitsara ananjy. Lay teny zay nivolagniko no hitsaragna ananjy amin'ny ndro farany. 49 Fô Zaho
tsy mivôlagna ho Anahy, fô lay Ray zay nagnasa Anahy, amin'zagny hivolagnina sy koragnina. 50 Fantako fô ny
didiny de fiainagna mandrakizay, koà zay volagniko_de koragniko araka zay nivolagnin'ny Ray taminahy.''

Chapter 13

1Ary andro mialôhan'ny firavoravoagnan'ny Paska zao. Fantatr'i Jesosy fô tônga ny laira hialany akéto amin'izao
tontolo zao kai handaiha agny amin'ny Ray. Kôfa nitià ny mpiara-dia taminanjy taketo amin'izao tontolo izao Izy,
de nitià aninjaré hatramin'ny farany. 2Ary ny devoly de aifa namaitraka zao tan-tsaignan'i Jodasy Iskariota
zanak'i Simona, de ny hamadiagna an'i Jesosy.3Izy de nafatatra fô ny raha jiaby aifa napaitrakin'ny Ray také am-
pelatagnany ary Izy de avy amin'Andriamanitra ary hierigna agny amin'Andriamanitra. 4Nitsangagna Izy také
am- pinanagna ary nagnala ankajony ivailany. Avy te Izy nalaka lamba ary nisalotra zagny. 5Avy te nandraraka
rano tagnaty siny Izy de nanomboka nanasa tongotr'iré mpianatra ary namafa ananjy iré tamin'lay lamba
nisalôrany.6Nagnatogna an'i Simona Petera Izy, ary ahozy taminy hoe: "Tompo, hanasa ny tongoko ve Anô:"
7Jesosy namaly ary nivôlagna taminy hoe: "Zay atôko de mbôla tsy ho azonô zô ny heviny, fô ho azonô ihany
zegny agny avafara." 8Ahozy taminy hoe: ''Tsy hanasa ny tongoko mihitsy Anô.'' Jesosy namaly ananjy hoe: ''Ra tsy
manasa ny tongonô Za, de tsy managna anjara aminahy anô''. 9Ahozy Simona Petera taminy hoe: "Tompo, aza ny
tongoko ihany no sasagna, fô ny tagnako sy ny lôhako ihany koà.''10Ahozy Jesosy taminy hoe: "Zay aifa nandro de
tsy mila zegny, afa-tsy ny manasa tongony ihany, fô izy de aifa modio tantairaka; anô de mady, fô tsy jiaby naifa.''
11(Satrià aifa fantatr'i Jesosy hoe: "Tsy anare jiaby no mady.'')12Kay kôfa avy nanasa ny tongonjare Jesosy sy nalaka
irè lambany kay nipaitraka ndraiky, de ahozy Izy taminjare hoe: "Fantanare ve ny natôko ho anare? 13Antsôvinare
Za hoe papianatra' sy 'Tompo,' ary marigna ny voalazanare, satrià zegny tokoàtra Za. 14Kanaifa ra Za, sady Tompo
no papianatra, no nanasa ny tongonare, anare ihany koà de tôkony hifanasa tongotra. 15Satrià aifa nagnamia
ôhatra ho anare Za kay mbô tôkony hagnano kara natôko ho anare ihany koà anare.16Volagniky aminare marigna
de marigna tokoàtra fô ny panompo de tsy maventy kokoà noho ny tompony; na koà ny mpitôndra hafatra de tsy
maventy kokoà noho ny lay nagniraka ananjy. 17Ra fantanare irè raha irè, de ho tahignia anare ra
magnantantairaka zegny. 18Tsy anare jiaby no volagniky; fantako irè zay nifidiky-fô zegny de mbô hahatantairaka
ny Sôratra Masigna hoe: 'Zay mihinagna ny môfoko de nanandratra ny vodi-tongony hamadikià
Anahy.'19Volagniky aminare zô zegny mialôhan'ny hitrangany mbô kôfa mitranga zegny, de mety hino anare fô Za
no Izy. 20Volagniky aminare, marigna de marigna tokoàtra, fô zay mandray zay nasaiky, de mandray Za, ary zay
mandray Ananjy zay nagniraka Za''.21Kôfa nivôlagna zegny Jesosy, de nangôrohôro ny fagnahiny. Nagnambara Izy
ary nilaza hoe: "Volagniky aminare marigna de tokoàtra fô hisy raika aminare hamadika Anahy.'' 22Nifampizahа
irè pianatra, nagnontany taignia hoe izôvy zegny volagniny zegny.23Nisy raika taminjare pianany, zay tiàn'i Jesosy,
nipaitraka tamin'ny latabatra ampitan'i Jesosy. 24Nagnontany i pianatra i Simona Petera ary nivôlagna hoe:
"Agnontanià Ananjy hoe zôvy zegny volagniny zegny.'' 25Kay niherigna niankignia tamin'i Jesosy izy ary nivôlagna
taminy hoe: "Tompo, zôvy zegny?''26Avake Jesosy nivôlagna hoe: "Lay hamiako itô môfo itô zegny.'' Kay kôfa
nolomany ny môfo, de namiany an'i Jodasy Zanak'i Simona Iskariota zegny. 27Ary tavafaran'ny môfo, de niditra
takô aminy satana, kay ahozy Jesosy taminy hoe: ''Zay atônô, atôvy malaky zegny.''28Tamin'izay irè jiaby tan-
databatra tsisy nahay ny antony nivolagnan'i Jesosy ananjy zegny. 29Ny sanagny nieritreritra hoe, satrià Jodasy no
nitagna kitapom-bôla, no nivôlagnin'i Jesosy hoe: ''Vidio ny raha jiaby ilaintsikia amin'ny andro firavoravoàgna,''
na hoe tôkony hagnamia raha ho an'ny mahantra izy. 30Ra vô avy nandray ny môfo Jodasy, de lasa nivoàka avy
hatrany izy. Aligna ny andro taminjay.31Kôfa lasa Jodasy, de ahozy Jesosy hoe: ''Avaizo de amià-boninahitra ny
Zanak'Ôlogna, ary 32Andriamanitra de amià-boninahitra akô aminy. Andriamanitra de amià-boninahitra Ananjy
akô amin'ny taignany, ary Izy hagnamia voninahitra Ananjy avy hatrany. 33Ry zaza madinikia, fotoagna fôhy sisa
no hiarahako aminare. Hitady Za anare, ary araka zay nivolagniky tamin'ny Jiosy hoe: 'Zay ingianako, tsy azonare
ingianagna. 'Ary Volagniky aminare koà zegny avaizo.34Didy vôvô no amiako anare, de ny hifankatiavanare; kara
ny nitiavako anare, no tôkony hifankatiavanare ihany koà. 35Aminjegny no hahafantaran'ny jiaby fô pianatranahy
anare, ra mifankatià anare.''36Ahozy Simona Petera taminy hoe: "Tompo, fô andaiha akaiza Anô?'' Namaly Jesosy
hoe: "Zay ingianako, de tsy afaka hagnarahanare Za zô, fô hagnaraka anare agny avafara.'' 37De ahozy Petera
taminy hoe: "Tompo, nagnino za no tsy afaka magnaraka Anô zô? Foèky ho Anô ny aigniako.'' 38De namaly Jesosy
hoe: " Hafoènô ho Anahy ve ny aignanô? Volagniky, aminô marigna, de marigna, tokoàtra, fô mbôla tsy magneno
ny akôho de aifa handà Anahy intelo anô.''

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 14

[1]''Aza availa hongôrohôro ny fônare. Minoà an'Andriamanitra anare, de minoà Anahy koà. [2]Misy efitra maro
andragnonin'ny Baba. Ra ts'izegny, de aifa nivôlagna taminare Za, fô hagnomagna toeragna ho anare. [3]Ra
handaiha Za ary hagnomagna toeragna ho anare, de mbôla hierigna ndraiky Za ary handray anare akato
Aminahy, kay zay misy Za de hisy anare koà.[4]Anare mahay zay ingianako.'' [5]Ahozy Tomasy tamin'i Jesosy hoe:
''Tompo, tsy fantanay zay ingiananô, akôry hahaizanay ny lalagna?'' [6]Ahozy Jesosy taminy hoe: ''Za no lalagna sy
famarinagna, ary fiainagna; tsisy afaka magnantogna ny Baba ra tsy amin'ny alalako. [7]Ra mahay Za anare, de
tôkony mahay Babako koà. Manomboka zô de fantanare Izy ary aifa hitanare.''[8]Ahozy Filipo tamin'i Jesosy hoe:
''Tompo, atoro anay ny Baba, de ampy ho anay zegny.'' [9]Ahozy Jesosy taminy hoe: ''Aifa atrignaila no niarahako
taminare de mbôla tsy hainare foàgna ve Za, ry Filipo? Na zôvy na zôvy nahita Za de nahita ny Baba. Koa ino no
hivolagnanare hoe: 'Atoro anay Babanô zegny'?[10]Tsy Mino ve anare fô akô amin'ny Baba Za ary ny Baba akato
Aminahy? Irè teny zay volagniky aminare de tsy Volagniky avy amin'ny fahifako manôkana, fô velogna akato
agnatiky no magnano ny asany. [11]Minoà Anahy fô Za de akô amin'ny Baba, ary i Baba akato Aminahy, ra ts'izegny
de minoà noho irè asa manôkana.[12]Volagniky aminare, marigna, de marigna tokoàtra, zay mino Anahy de
hagnano ny asa zay atôko, ary hagnano asa be mihoàtra noho iregny izy satrià ho agny amin'ny Baba Za. [13]Na ino
na ino angatahinare amin'ny Agnarako,de tantirahiky zegny mbô hagnamiazam-boninahitra ny Baba akô
amin'ny Zanaka. [14]Ra mangataka raha amin'ny agnarako anare, de hitantirahiky zegny.[15]Ra tià Za anare, de
hintandrignia irè didiko, [16]ary hivavaka amin'ny Baba Za, de hagnamia anare Mpampahery hafa Izy mbô ake
aminare mandrakizay izy - [17]ny Fagnahin'ny famarinagna. Tsy afaka mandray Ananjy izô tontolo izô satrià tsy
mahita na mafantatra Ananjy. Fô anare kôsa mahay Ananjy, satrià mipaitraka miaraka aminare Izy ary akô
agnatinare.[18]Tsy hamaila anare ho tôkagna Za; mbôla hierigna atô aminare za. [19]Afaka fotoagna vitsy ihany de tsy
hahita Za koà izô tontolo izô, fô anare mahita Za. Satrià velogna Za, de ho velogna ihany koà anare. [20]Ary
amin'izay andro zay de ho fantanare fô akô amin'ny Baba Za, ary anare akato Aminahy, ary Za akô aminare.[21]Zay
managna irè didiko kay mitandrigna iregny de izy lay tià Za, ary zay tià Anahy de ho tiavin'ny Babako koà, ary Za
hitià ananjy sy hiseo aminare.'' [22]Ahozy Jodasy (Tsy Iskariota) tamin'i Jesosy hoe: ''Tompo, nagnino Anô no hiseo
aminay fô tsy amin'izô tontolo izô?''[23]Jesosy namaly ary nivôlagna taminy hoe: ''Ra misy ôlo tià Anahy,
hintandrignia ny teniky izy. Hitià ananjy ny Babako, ary ho avy aminy Zaihay ary nagnamboàtra fitoeranay
miaraka aminy. [24]Fô zay tsy tià Anahy de tsy mitandrigna ny teniky. Ny teny zay regninare de tsy avy Aminahy fô
avy amin'ny Baba zay nagniraka Anahy.[25]Aifa nivolagniky taminare irè raha irè, ra mbôla nidôka niaraka
taminare Za. [26]Kanaifa, lay Mpampahery - lay Fagnahy Masigna, zay hasainy Baba amin'ny Agnarako_ izy no
hampianatra anare ny raha jiaby sy hanohignia zay jiaby nivolagniky taminare. [27]Fiadanagna no availako ho
anare; amiako anare ny fiadanako. Tsy amiako ôhatra ny fagnomaizan'izô tontolo izô zegny. Aza availa
hongôrohôro ny fônare, ary aza matahotra.[28]Aifa regninare Za nivôlagna taminare hoe: 'Andaiha Za, ary hierigna
agny aminare ndraiky.' Ra nitià Za anare, de tôkony hifaly satrià handaiha amin'ny Baba Za, satrià Baba de
maventy kokoà noho Za. [29]Ary nivôlagniky anare deny mbôla tsy mitranga zegny, mbô hinoànare, kôfa mitranga
zegny. [30]Tsy hivôlagna baitsaka aminare koà Za, fô aifa ho avy ny mpanapak'izô tontolo izô. Tsy managna
fahifagna Aminahy izy, [31]fô mbô hahaizan'izô tontolo izô fô tiàko ny Baba, de atôko kara ny nandidiàn'ny Baba Za.
Andaiha hitsangagna antsika ary hiàla .''

## Chapter 15

[1]"Zaho no taigna voaloboka, ary ny Raiko no mpamboly. [2]Alàvo aminahy ny sampagna jiaby zay tsy mamoà
voankazo, ary rantsagnina ny sampagna zay mamokatra mbô hamoà voankazo bebe kokoà zagny.[3]Aifa mady
anaré noho lay hafatra zay nivolagniko taminaré. [4]Mitoaira aminahy, ary Zaho aminaré. Karaha ny sampagna tsy
afaka mamoà voankazo amin'ny taignany ko tsy mipaitraka ao amin'ny voaloboka zagny, de karanjagny koà
anaré, kô tsy mipaitraka aminahy.[5]Zaho no voaloboka, anaré no sampagna. Zay mipaitraka Aminahy ary Zaho
aminanjy,de mamoà be izy, fô kô tsisy Anahy de tsy mahaifa na ino na ino anaré. [6]Kô misy ôlogna tsy mipaitraka
Aminahy, de ariagna karaha ny sampagna izy ary halazo, ary zaré magnonkogna iré sampagna ary magnary
zagny amin'ny afo, ary may zaré. [7]Kô mipaitraka Aminahy anaré, ary kô mipaitraka minaré ré teniko, angataho
na ino na ino irinaré, de atô aminaré zagny.[8]Ny Raiko de amià-boninahitra amin'zao tontolo zao, de ny
amokaranaré voankazo bebe kokoà kai ho porofo fô mpianatranahy anaré. [9]Karaha ny nitiavan'i Ray Anahy, no
nitiavako anaré. Mipitraha amin'ny fitiavako.[10]Kô mitandrigna iré didiko anaré, de hipaitraka ao amin'ny
fitiavako, karaha ny nitandraimako iré didin'ny Raiko sy nipitrahako tao amin'ny fitiavany. [11]Nivôlagna iré raha
régny taminaré Zaho mbô ho aminaré ny fifaliàko ary mbô ho feno ny fifalianaré.[12]Zô no didiko, de ny
hifankatiavanaré karaha ny nitiavako anaré. [13]Tsisy manam-pitiavagna maventy be mihoàtra noho zô, de ny
manolotra ny ainy ho an'iré sakaizany.[14]Namako anaré kô magnano iré raha andidiko anaré ré. [15]Tsy hagnatso
anaré hoe mpanopoko eky Zaho, satrià ny mpanompo de tsy mahay zay atôny tômpony. Nantsoviko hoe namako
anaré, satrià ny raha jiaby zay regniko tamin'ny Raiko, de nampafantariko anaré.[16]Tsy nifidy Anahy anaré, fô
Zaho no nifidy anaré ary nanendry anaré mbô andeha ka hamokatra, ary mbô Andaiha ka hamokatra, ary mbô
tokony hipaitraka ny vokatranaré. Natô zagny mbô na ino na ino angatahinaré amin'ny Ray amin'ny Agnarako,
de amiànare zagny. [17]Regny raha jiaby regny no andidiako anaré mbô hifankatiavanaré.[18]Kô mankahala anaré
zao tontolo zao, fantaro fô nankahala Anahy izy talôhan'ny nankahalany anaré. [19]Kô avy amin'izao tontolo zao
anaré, anaré, de ho tian'izao tontolo zao karaha ny azy anaré. Fô satrià anaré ary nifidiko hiala amin'izao tontolo
izao, noho zagny de halalan'izao tontolo izao anaré.[20]Tsarôvy ny teny nivolagniko taminaré hoe: 'Ny mpanompo
de tsy maventy noho ny tômpony.' Koà nagnejika Anahy zaré, de hagnenjika anaré koà; ary kô nitadrigna ny
teniko zaré, de hitandrigna anaré koà. [21]Hagnano iré raha iré aminaré zaré noho ny agnarako, satrià tsy fantan-
jaré Izy zay nagnasa Anahy. [22]Kô tsy tônga sy nivôlagna taminjaré Zaho, de tsy ho nanota zaré, fo zô tsy afa miala
amin'ny fahotany zaré.[23]Zai mankahala Anahy de mankaha ny Raiko koà. [24]Kô tsy nahavita ré asa zay tsy
naton'ôlon-kafa teo agnivon-jaré, fô zô aifa sady hitany no halany Zaho sy ny Raiko. [25]Fô zagny de mbô
hahatatairaka ny eny zay voasôratra ao amin'ny lalàgnan-jaré hoe: 'Mankahala Anahy amin'ny tsisy antony
zaré.'[26]Kôfa ho avy lay Mpampahery_zay hasaiky aminaré avy amin'ny Ray, lay, Fagnahin'ny famarinagna, zay
mivoàka avy amin'ny Ray_ de hagnambara ny mômba Anahy Izy. [27]Anaré koà de mijoro vavolombelogna satrià
aifa niaraka taminahy laitry am- piandohagna anaré.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 16

[1]"Nivolagniko taminaré zagny raha jiaby zagny mbô tsy ho solafaka anaré. [2]Hiroahinjaré ao amin'ny Synagoga
anaré. Fô tônga ny andro kôfa hievitra zay jiaby mamono anaré fô zaré de manolotra raha tsara ho
an'Andriamanitra.[3]Haton-jaré zagny satrià tsy mahay ny Ray Na ny taignako zare. [4]Nivolagniko anaré iré raha ré
mbô kôfa avy ny lairan-jaré, de ho tsaroànare fô aifa nivolagniko taminaré ny mômba aninjaré.Tsy nivolagniko
taminaré iré raha ré tagny ampiandohagna, satrià mbôla taminaré Zaho.[5]Fô avahizo ho agny amin'lay nagnàsa
Anahy Zaho, naifa tsy mbôla nisy nagnontany Anahy anaré hoe:" Handaiha ho aiza mô anô?" [6]Fô satrià
nivolagniko taminaré iré raha iré, de alahelo no nameno ny fonareo. [7]Fô volagniko marigna aminaré, tsara kokoà
ho anaré ny handihanako. Satrià kô tsy mandaiha Zaho, de tsy ho tônga aminaré ny Mpampahery, fô kô mandeha
Zaho, de handaifa Ananjy ho aminaré.[8]Kôfa tônga izy, de hagnaporofo amin'izao tontolo zao ho diso mômban'ny
fahotagna, ny fahamarinagna, ary mômban'ny fitsaragna— [9]mômban'ny fahotagna ny mampahery, satrià tsy
mino Anahy zaré; [10]mômban'ny fahamarinagna, satrià hody agny amin'ny Ray Zaho, kay tsy ho hitanaré eky; [11]ary
mômban'ny fitsaragna, satrià ny mpanapaka izao tontolo zao de nitsaraigna.[12]Managna raha maro hambara
aminaré Zaho, fô tsy ho azonaré ny hevitr'izagny zô. [13]Kanaifa, kôfa tônga izy, Fagnahin'ny Fahamarinagna, de
hitarika anaré ho amin'ny fahamarinagna jiaby, satrià tsy hivôlagna avy amin'ny taignany izy, ary hivôlagna
aminaré iré raha ré zay ho avy. [14]Hagnomià voninahitra Ananjy izy, satrià ny avy amin'ny Aninahy foàgna no
ambarany aminaré.[15]Zay jiaby anagnan'ny Baba de Anahy. Noho zegny, nivôlagna Za fô lay Fagnahy de hiàlaka
amin'izay Anahy ary hivôlagna zegny aminare. [16]Afaka fotoagna fôhy de tsy hahita Za èky anare, ary afaka
fotoagna fôhy de hahita Za ndraiky anare.''[17]Avake ny sanagny tamin'ire pianany nifampiraisaka hoe: "Ino ary
zegny volagniny amintsika zegny hoe: 'Afaka fotoagna fôhy de tsy hahita Anahy aiky anare, 'sy hoe: 'Satrià ho
agny amin'ny Baba Za'?'' [18]Noho zegny de ahozy zare hoe: "Ino ary zegny volagniny zegny hoe: 'Afaka fotoagna
fôhy'? Tsy hainay ny tiàny hikoragnina.''[19]Hitan'i Jesosy fô te nagnontany Ananjy zare, de ahozy Izy taminjare hoe:
"Zô ve no agnontanianare taigna, de ny tiàko hivolagnina amin'ny fivolagnana hoe: 'Fotoagna fôhy sy tsy hahita
Za aiky anare, ary afaka fotoagna fôhy ndraiky naifa de hahita Anahy anare'? [20]Volagniky aminare marigna de
marigna tokoàtra, fô hitomagny anare ary hitaraigia, fô izô tontolo izô kôza hifaly. Ho feno alahelo anare, kanaifa
ho lasa hafaliagna zegny. [21]Kôfa mietsi-jaza ny viavy raika de malahelo satrià tônga ny fotoagnany, fô kôfa tairaka
kôza lay zazahely, de tsy tsy tsaroàny aiky alahelony nohon'ny hafaliagna fô nisy zazahely tairaka amin'izô
tontolo izô.[22]Kay malahelo anare avaizo, Kanaifa Za mbôla hitrôtra aminare ndraiky, ary ho faly ny fônare, ary tsy
hoisy hagnalagna zegny hafaliagnanare zegny aminare. [23]Amin'izegny andro zegny de tsy hangataka Aminahy na
ino na ino anare. Volagniky aminare marigna de marigna tokoàtra, ra mangataka na ino na ino amin'ny Baba
aminagnarako anare, de hamiany anare zegny. [24]Hatramin'izô anaifa tsy mbôla nangataka na ino na ino tamin'ny
agnarako anare. Mangataha, de namiagna anare mbô ho feno ny hafaliagnanare.[25]Aifa nivolagniky taminare
tamin'ny fagnoaragna irè raha irè, fô avy ny laira kôfa tsy hiraisaka aminare amin'ny fagnoaragna aiky Za, fô
kôza hivôlagna aminare mazava ny mômban'ny Baba.[26]Amin'izegny andro zegny de hangataka aminagnarako
anare ary tsy hivôlagna anare Za hoe hivavaka amin'ny Baba ho anare, [27]fô ny Baba mihitsy no tià anare satrià
nitià Anahy anare ary nino fô avy agny amin'ny Baba Za. [28]Avy amin'ny Baba Za, ary tônga teto an- tany. Fô hiala
izô tontolo izô za ary ho agny amin'ny Ray.''[29]Ahozy ny pianany taminy hoe: "Zahô, avaizo Anô mivôlagna mazava
tsara ary tsy mampiasa fagnoaragna. [30]Fantanay avaizo fô mahay rajiaby Anô, ary tsisy tiànô hamaitraka
fagnotaniagna aminô. Noho zegny, de mino zaihay fô avy amin'Andriamanitra Anô.'' [31]Namaly azy irè Jesosy hoe:
"Mino amin'izay ve anare?[32]Indro, tônga izô laira, tônga tokoàtra, kôfa hiparaitaka anare, ny tsiraikiraiky samy
agny amin'ny tragnony dahôlo manôkagna, de havailanare tôkagna Za. Naifa tsy tôkagna Za satrià miaraka
aminahy i Baba. [33]Aifa nivolagniky taminare mbô hanagna fiadanagna akato Aminahy anare. Managnolagna
anare aketo amin'izô tontolo izô, naifa mahiraiza: aifa nandresy izô tontolo izô Za.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 17

[1]Kôfa avy nivôlagna ire raha ire Jesosy, de nanandratra ny masony ho amin'ny lagnitra Izy ka nagnano hoe: "Ray ô, tônga ny fotoagna, mankalazà ny Zanakao mbô hankalazan'ny Zanaka Anao_ [2]karaha ny nagnomiazanao Ananjy fahefagna ambôn'ny nôfo jiaby mbô hagnomiazany fiainagna mandrakizay ho an'izay jiaby namianao Anajy.[3]Zaho no fiainagna mandrakizay: de ny afantaran-jaré Anô, lay Andriamanitra tôkagna sady marigna, Ary Izy zay nasainao, de Jesosy Kristy. [4]Nankalaza Anô Zaho teto an-tany. Aifa vitako ny asa zay namianô Anahy ho ataoko. [5]Avahizo, ry Ray, hankalazao miaraka amin'ny taignanao Zaho amin'ny voninahitra zay nanagnako niaraka taminô talôhan'ny zao tontolo zao.[6]Nampafatatra ny agnaranao tamin'ny ôlogna zay namiànao Ananjy avy amin'izao tontolo izao Zaho. Anao regny, ary namiàna Ananjy, ary nitandraimany ny teniko. [7]Avahizo fantan-jaré fa ny raha jiaby zay namiànao Anahy de avy aminao, [8]Satrià namiako aninjaré aby ny teny zay namiànô Anahy. Noraisin-jare iregny ary fantany marigna tikoatra fô avy taminô Zaho, ary nino zaré fô anô no nagnasa Anahy.[9]Mivavaka ho an-jaré Zaho. Tsy mivavaka ho an'izô totôlo izô Zaho fô ho an'ire zay namiagna Anahy, noho izy ré Anô. [10]Ny raha jiaby zay Anahy de Aninô, ké Zay anô de Anahy [11]Tsy amin'izao tontolo izao eky Zaho, fô ire ôlogna de aketo amin'izao tontolo zao, ary magnatogna anaré Zaho. Ray Masigna o, itano aimin'ny agnaranô zay namianô Anahy zaré mbô hitambatra ho raiky, karaha ny maha raiky Antsika.[12]Kô mbola také amin-jare Zaho, de nitagna anjaré tamin'ny agnaranô, zay namianô Anahy. Niaro aninjaré Zaho, ary tsisy very na de raika aza, afa tsy ny zanaky ny fahaverezagna foagna, mbô ho tantairaka ny Soratra Masigna. [13]Ary ho agny aminô Zaho, fô mivôlagna iré raha ré amin'izao tontolo zao Zaho mbô hantantairaka ny hafaliàko aminjaré. [14]Aifa namiàko zaré ny teninô, nankalazain'izao tontolo zao zaré satria tsy avy amin'izao tontolo zao, karaha Anahy tsy amin'izao tontolo zao.[15]Zaho de tsy mangataka Aminô ny agnalanô aninjaré amin'izao tontolo zao, fô mbô hiarôvanô aninjaré amin'lay ratsy. [16]Zaré de tsy amin'izao tontolo zao, karaha Anahy agny amin'izao tontolo zao. [17]Hamasino amin'ny fahamarinagna zaré. Fô ny teninô no fahamarinagna.[18]Karaha ny nagnasanô Anahy amin'izao tontolo zao, no nagnasako anjaré ho amin'izao tontolo zao koa. [19]Fô nohon'ny fitiavako anjaré no nagnamasinako ny taignako, mbô hagnamasinagna ny taignanjaré amin'ny famarinagna koa.[20]Zaho de tsy mivavaka ho an'iré foagna, fo an'iré zay hino Anahy amin'ny alalan'ny teninjaré koa [21]mbô ho raiky foagna izy jiaby, karaha anô, Ray, aminahy akato, ary Zaho aminô. Mivavaka Zaho mbô ho amintsika koa zaré mbô hinoàn'izao tontolo zao fô nagnasa Anahy Anô.[22]Ny voninahitra zay namiànô Anahy, de namiàko aninjaré, mbô ho raky zaré, karaha ny maha raiky antsika. [23]Zaho amin-jaré, ary Anô aminahy akato _ kai ho taigna raiky tantairaka tikoàtra zaré, mbô ho fantatr'izao tontolo zao fô nagnasa Anahy Anô, ary nitià zaré karaha ny nitiavanô Anahy.[24]Ray ô, re zay namianô Zaho de tiako hiaraka aminahy na akaiza na akaiza no misy Anahy, ary nahita ny voninahitro, lay voninahitra zay namianô Anahy satrià nitia Anahy anô talôhan'ny nahariagna izao tontolo zao.[25]Ray marigna ô, tsy mahay Anô izao tontolo zao, fô Zaho mahay Anô; ary zaré mahay fô nagnasa Anahy Anô. [26]Nampafantariky anjaré ny agnaranô, ary mbôla ho ampafatariky zagny mbô ho amin-jaré ny fitiavagna zay nitianô Anahy, ary Zaho ho amin-jaré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 18

[1]Tafaran'ny nivolagnan'i Jesosy iré teny ré, de nivoaka niaraka tamin'iré mpianany Izy ho ampitany akagny
amin'ny lôhasan-drika agn'i Kidrona, zay nisy tsabo nidirany sy iré mpianany. [2]Ary Jodasy, zay namadika an'i
Jesosy, nahay ny toairagna koa, satria nandaiha matetika tagny Jesosy sy iré mpianany. [3]Avy té Jodasy, nitarika ire
vondrogna miaramila sy ire mpiandry raraha sanany avy amin'ire lôhan'ny mpisorogna sy Fariseo, nandaiha
tagny niaraka tamin'ny fagnilo, fanala ary fitaovam-piadivagna.[4]Avy te Jesosy, zay aifa nahay ny raha jiaby
hitranga Aminanjy, nandroso talôhany ary nagnontany aninjaré hoe: "Zôvy no zahànaré?" [5]Namaly Ananjy zaré
hoe: "Jesosy avy agny Nazareta." Ary aozin'i Jesosy tamin-jaré hoe: "Zaho no Izy." Jodasy, zay namadika Ananjy, de
nitsangagna niaraka tamin'iré miaramila koa.[6]Kai kôfa nivôlagna taminjaré Izy hoe: "Zaho no Izy," de nihisotra
izy kai lavo tamin'ny tany. [7]Avy te ndraiky de nagnontany aninjaré Izy hoe: "Zôvy zahànaré?" Ary nivôlagna
ndraiky zaré hoe: "Jesosy avy agny Nazareta."[8]Jesosy namaiy hoe: "Nivôlagna anaré Zaho fo Zaho no Izy. Noho
zagny kô mizaha Anahy anaré, de ambilay reto andaiha." [9]Zagny mbô hantatairaka ny teny nivolagniny hoe:
"Amin'iré zay namiagna Anahy, tsy natôvako very na mba raiky."[10]Avy te Simona Petera, zay nanagna sabatra,
namoaka zagny ary namely lay mpanompon'ny mpisorognabe kay namira ny tadigniny ankavanagna. Ary Malko
no agnaran'lay mpanompo. [11]Aozin'i Jesosy tamin'i Petera hoe: "Ahiregno amin'ny tragnony ny sabatranô.Tsy
tôkony hisotro ny kapoaka zay namian'ny Ray Anahy mo Zaho?"[12]Noho zagny iré vôndrogna miaramila sy ny
kapiteny, ary iré mpiandry rarahan'iré Jiosy, de nisambotra an'i Jesosy ary namatotra Ananjy . [13]Nindosinjaré
tagny amin'i Anasy Izy malôka Izy, satria izy de rafôzan-dahin'i Kaiafa, Zay mpisorognabe tamin'io tôgna io. [14]Ary
Kaiafa de lay nagnomia hevitra iré Jiosy fô tsara kokoa kô misy ôlogna raiky maty ho an'ny vahoaka.[15]Nagnaraka
an'i Jesosy Simona Petera, ary nagnano karaha zagny koa ny mpianatra raiky hafa. Ary fantatr'ilay mpisorognabe
zagny mpianatra zagny, ary niditra niaraka tamin'i Jesosy tamin'ny kianjan'ny mpisorognabe izy; [16]fô Petera de
nijoro tivailan'ny vavahady. Noho zagny lay mpianatra hafa, zay fantatry ny mpisorognabe, de nivoàka kay
nivôlagna tamin'ilay mpanompo vavy zay mpiambigna ny vavahady ary nitôndra an'i Petera hiditra.[17]Avy té lay
mpanompo vavy, mpianbigna ny vavahady, nivôlagna tamin'i Petera hoe: "Anô koà mô tsy raika amin'ny
mpianatr'i lalahy io?" Aoziny hoe: "Tsy izy zaho." [18]Ary nijoro te ré sy ré mpiandry raraha, ary nandrehitra
afon'arigna zaré, satrià nangatsiaka ny andro; kay nagnafana ny taignan-jaré. Petera koà niaraka taminjaré,
nijoro také ary nagnafana ny taignany.[19]Nagnontany an'i Jesosy mômba iré mpianany sy ny fampianarany ny
mpisorognabe. [20]Jesosy namaly ananjy hoe: "Nivôlagna ampahibemaso tamin'izao tontolo izao Zaho.
Nampianatra mandrakariva tao amin'ny Synagoga sy tan-tempoly Zaho zay nifampitaognan'ny Jiosy jiaby. Tsisy
nivolagniko tankizigna. [21]Nagnino anô no magnotany Anahy? Agnontanià an'iré zay naregny Anahy mômba zay
nivolagniko. Zahà, iré ôlogna ré de mafantatra zay nivolagniko."[22]Kôfa avy nivôlagna zagny Jesosy, de nisy raika
tamin'iré mpiandry raraha nijoro také nanaifaka an'i Jesosy ary nivôlagna hoe: "Zagny ny fomba hamalianô ny
mpisorognabe?" [23]Jesosy namaly ananjy hoe: "Ko nivôlagna raha diso Zaho, mijoro vavolombelogna amin'izagny
diso zagny, fô kô marigna, nagnino anô no namely Anahy?" [24]Avy té Anasy nandaifa Ananjy mifatotra nankagny
amin'i Kaiafa ilay mpisorognabe.[25]Ary nitsangagna Petera kay nagnafana ny taignany. Avy te aozin'iré ôlogna ré
taminanjy hoe: "Anô kô mô tsy raiky tamin'ny mpianany?" Nandà zagny izy ary nivôlagna: "Tsy izy zaho." [26]Raiky
tamin'iré mpanompon'ny mpisorognabe, zay havan'lay lalahy zay nifirain'i Petera tadigny, nivôlagna hoe: "Tsy
hitako niaraka taminanjy tao amin'ny saha mô anô?" [27]Avy té Petera nandà ndraiky, ary avy hatrany de nagneno
ny akôho.[28]Avy té nindosinjaré avy tao amin'i Kaiafa ho agny agnaty rova Jesosy. Mbôla mandraigna bé ny andro
tamin'zagny, ary zaré de tsy niditra tao agnaty rova mbô tsy ho voaloto fô aifa hihinagna ny Paska. [29]Kay nivoàka
te aminjaré Pilato kay nivôlagna hoe: "Ino ny fiampangagna indonsinaré manôhitra tô lalahy tô?" [30]Namaly zaré
ary nivôlagna taminanjy hoe: "Kô tsy mpagnano ratsy i lalahy io, de tsy natolonay anô."[31]Noho zagny Pilato
nivôlagna tamin-jaré hoe: "Hindôsonaré Izy, nary tsaray arakan'ny lalàgnanaré." Aozin'iré Jiosy hoe: "Tsy ara-
dalàgna ho anay ny manôlotra ôlogna ho faty.'' [32]Nivôlagna zagny zaré mbô ahatantairaka ny tenin'i Jesosy zay
nivôlagna hoe karazagna fafataisagna karaha inona hafataisany.[33]Avy té niditra tagnaty rova ndraiky Pilato kay
nagnantso an'i Jesosy ary nivôlagna hoe: "Anô no mpanjakan'ny Jiosy?" [34]Jesosy namaly hoe: "Magnotany avy
amin'ny taignanô mô anô? Sa nisy hafa nivôlagna taminô mômba Anahy?" [35]Pilato namaly hoe: "Tsy Jiosy zaho, sa
tsy zagny?" Ny vahoakanô sy iré lôhan'ny mpisorogna no nanôlotra anô taminahy. Ino no natonô?"[36]Jesosy
namaly hoe: "Ny fanjakako de tsy akéto amin'izao tontolo izao. Fô kô mbô tagnatin'izao tontolo izao ny fanjakako,
de hiady iré mpanompoko mbô tsy hanolôragna Anahy amin'iré Jiosy. Fô avahizo ny fanjakako de tsy avy atô."
[37]Avy te Pilato nivôlagna tamin'ny hoe: "Mpanjaka ariky mô Anô?" Jesosy namaly ananjy hoe: "Voalazanô fô
mpanjaka Zaho. Fô amin'ny zagny tanjogna zagny no nahatantairahako, ary ho amin'izagny antony zagny no
niaviako akéto amin'izao tontolo izao, mbô hijoroako vavolombelogna amin'ny fahamarinagna de mitandregny

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

ny feoko."[38]Pilato nivôlagna taminanjy hoe: "Ino no atao hoe marigna?" Kôfa avy nivôlagna zagny izy, de nivoàka ndraiky Ary nivôlagna tamin'ire Jiosy hoe: "Tsy mahita heloka amin'itô lalahy tô zaho. [39]Fô anaré managna fômba izay zay afahako ôlogna raika ho amianaré amin'ny Paska. Noho zagny tianaré ny hagnafahako aminaré ny mpanjakan'ny Jiosy?" [40]Avy té zaré niafatra mafy ndraiky ary nivôlagna hoe: "Tsy lalahy io, fô Barabasy." Ary Barabasy de mpangalatra.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 19

[1]Avake nidôsin'i Pilato Jesosy kay nivileziny. [2]Nandrenitra satroka tsilo irè miaramila. Napaitrajare tandôhan'i
Jesosy zegny ary nagnatôvagna lamba vôlomparasy Ananjy. [3]Nagnontany Ananjy irè ary nivôlagna hoe:
''Arabaigna, ry mpanjakan'ny Jiosy!'' Ary namely Ananjy zare.[4]Avake nivoàka ndraiky Pilato kay nivôlagna
taminjare hoe: "Indro, indôsiky aminare ivailany Izy mbô hafantaranare fô tsy mahita heloka Aminy Za.'' [5]Kay
nivoàka Jesosy, nagnano lay fehilôha tsilo sy lay lamba vôlomparasy. Ahozy Pilato taminjare hoe: "Indro, ty lalahy
ty!" [6]Kôfa hitan'ny lôhan'ny mpisorogna sy ny manamboninahitra Jesosy, de nihiàka mafy zare kay nivôlagna hoe:
''Fantsio izy, fantsio izy''! De ahozy Pilato taminjare hoe: "Alaivonare Izy ary fantsio, fô Za tsy mahita heloka
Aminy.''[7]Namaly azy irè Jiosy hoe: "Managna lalàgna antsika, ary araka ny lalàgna tôkony ho foaty Izy satrià
milaza taigna ho Zanak'Andriamanitra.'' [8]Kôfa regnin'i Pilato zegny, de natahotra mafy izy, [9]ary niditra takô
amin'ny lapam-panjakagna ndraiky Izy kay nivôlagna tamin'i Jesosy hoe: "Avakaiza ny fiaviànô?'' Kanaifa tsy
nagnamia teny ananjy Jesosy.[10]Avake Pilato nivôlagna taminy hoe: "Tsy managna ra ikoragnina aminahy ve Anô?
Tsy hainô fô managna fahifagna hagnalanô za, sy fahifagna hamantsika Anô? [11]Namaly ananjy Jesosy hoe: ''Tsy
managna fahifagna Aminahy anô ra tsy namiagna anô avy agny ambôny zegny. Noho zegny, izy zay nagnamia Za
taminô de managna fahifagna bebe kokoà.''[12]Taminjegny valin-teny zegny, de nihaizaka ny hagnafaka Ananjy
Pilato, fô niaka mafy irè Jiosy, nagnano hoe: ''Ra alanô io lalahy io, de tsy kamaradin'i Kaisara anô. Zay magnano
ny taignany ho mpanjaka de manôhitra an'i Kaisara.'' [13]Kôfa regnin'i Pilato irè teny irè, de nindôsiny nivoàka
Jesosy ary nipaitraka tamin-tsezy fitsaragna zay antsôvigna hoe: "lampivato,'' fô amin'ny teny Hebreo hoe
''Gabata.''[14]Ary tônga ny andro fagnomanagna ny Paska, tamin'ny laira faenignia te. Ahozy Pilato tamin'ire Jiosy
hoe: "Indro, itô mpanjakanare!'' [15]Nihiàka mafy zare hoe: "Avilay Izy, avilay Izy; fantsio Izy!'' Ahozy Pilato
taminjare hoe: "Tôkony hamantsika ny mpanjakanare ve anare?'' Namaly irè lôhan'ny mpisorogna hoe: "Tsy
managna mpanjaka akôtran'i Kaisara zaihay.'' [16]Avake de namian'i Pilato azy irè hifantsiagna Jesosy.[17]Avake
nalainjare Jesosy, ary nandaiha nivoàka izy, nilanja ny kakazofijaliagna, ho agny amin'ilay toeragna antsôvigna
hoe: ''Toeran'ny karandôha,'' zay amin'ny Hebreo antsôvigna hoe ''Golgota.'' [18]Nifantsian'ire tagny Jesosy, ary nisy
lalahy ro hafa niaraka taminy, raika isaky ny ilany, ary Jesosy tagnivo.[19]Nanôratra famantaragna koà Pilato ary
namaitraka zagny te amin'ny kakazofijaliagna. Zao no voasôratra te: JESOSY AVY AGNY NAZARETA, LAY
MPANJAKAN'NY JIOSY. [20]Maro tamin'iré Jiosy no namaky zagny famantaragna zagny satrià tsy lavitra ny tanàgna
no misy ny toairagna nonomboagna an'i Jesosy. Lay famantaragna de nisoratagna tamin'ny Hebreo, Latina, Grika.
[21]Avy te aozin'iré lôhan'ny mpisorognan'ny Jiosy tamin'i Pilato hoe: "Aza soratagna hoe: 'Lay Mpanjakan'ny Jiosy,'
fô aleo hoe: 'Tô raika tô de nivôlagna hoe: ''Zaho no mpanjakan'ny Jiosy.''" [22]Ary namaly Pilato hoe: "Zay
voasôratra de voasôratra."[23]Kôfa nombohan'iré miaramila Jesosy, de nalain-jaré ny lambany, kai nizarain-jaré
efatra, de samy managna raika aby zaré; ary lay ankajo koà. Ary tsisy vitragna lay ankanjo, fô tegnona aiky
foàgna. [24]Avy té nifampivôlagna zaré hoe: "Aleo tsy triarintsika tô, fô andô hilokagna ahitagna zay mahazo anazy."
Nitranga zagny mbô ahatantairaka ny Sôratra masigna zay milaza hoe: "Nifampizaranjaré ny lambako ary
nilokany ny fitafiko." Zagny no naton'iré miaramila.[25]Ary nijoro tankilany kakazofijaliagnan'i Jesosy ny reniny, ny
ravavin-dreniny, Maria vadin'i Klopa, Ary Maria Magdalena. [26]Kôfa nahita ny reniny sy iré mpianatra zay tiàny
nijoro te ankilan'i Jesosy, de nivôlagna tamin'ny Izy hoe: "A Viavy, indro ny zanakanô lahy!" [27]Avy te Aoziny
tamin'ny mpianatra hoe: "Indro, ny reninaré!" Ary tamin'izagny laira zagny de nalain'ny mpianatra ho agny
aminanjy izy.[28]Tafaran'izagny, kôfa nafantatra fô vita ny raha jiaby kai mbô ho tantairaka ny Sôratra Masigna, de
aozin'i Jesosy hoe: "Mangetaheta Zaho." [29]Ary nisy tavoara feno divaigna masigna nipaitraka také amin'io
toairagna io, kai natôvan-jaré divaigna masigna ny sipaonjy kai nitohizany taminy hysopa ary napaitapaitany
tamin'ny tamin'ny vavany. [30]Kôfa nisotro lay vinaigitra Jesosy, de Aoziny hoe: "Vita." Nahondriny ny lôhany ary
niala ny fagnahiny.[31]Satrià andron'ny fihomagnana tamin'izagny ,kay tsy hijanogna eo amin'ny kakazofijaliagna
mandritry ny Sabata (satrià ny Sabata de andro manan-danja manôkagna) iré vata-mangatsiaka, de nangataka
tamin'i Pilato iré Jiosy avy eo, ny mbô hanapahagna ny tongon-jaré ary hagnalagna aninjareo. [32]Avy nagnatogna
iré miaramila kay nanapaka lay tongotr'lay lalahy vôlôhany sy lay lalahy faharoa zay voahombo niaraka tamin'i
Jesosy. [33]Kôfa nagnatogna an'i Jesosy azaré, de nahita fô aifa maty Izy, kay tsy nitapahin-jaré ny tongony.[34]Kanaifa,
nisy miaramila raika nanindrogna ny lanivoany tamin'ny lefogna, ary avy atrany de nisy rà sy rano niraraka.
[35]Lay raika zay nahita zagny de nijoro vavolombelogna, ary marigna ny fagnambarany. Fantany fô marigna zay
nivolagniny mbô hinoànaré koà.[36]Fô iré raha iré no nitranga mbô hahatantairaka ny Sôratra Masigna hoe: "Tsy
hisy tapaka namba raiky ny amin'ny tôlany" [37]Ary mbôla, misy Sôratra Masigna hafa mivôlagna hoe: "Zaré de
hizaha Ananjy zay nilefonin-jaré."[38]Tafaran'ny raha iré, Josefa avy agny Arimatia, hatramin'ny naha mpianatr'i
Jesosy ananjy (fô taminanjy mangingigna nohon'ny fatahoragna iré Jiosy), nagnontany an'i Pilato kô afaka

malaka ny vatan'i Jesosy izy. Namiàn'i Pilato alalagna izy. Kai tonga Josefa ary nalaka ny vatany. [39]Tonga tagny koà Nikodemosy, izy zay tônga vôlohany hizaha an'i Jesosy ny align'igny.Ary nitôndra mainaka magnitra sy vahogna izy, te amin'ny zato litatra te ny fatrany.[40]Kay niraisin-jaré ny vatan'i Jesosy ary nifognosin-jaré tamin'ny lambam-paty sy zava-magnitra, araka ny fômba fandivaignana Jiosy. [41]Ary tamin'ny toairagna nanomboagna Ananjy tao de nisy tsabo; ary také amin'lay tsabo nisy fasagna vôvô zay mbôla tsy nandivaignan'ôlogna. [42]Satrià andron'ny fiomanagnan'iré Jiosy tamin'zagny ary satrià mariny ny fasagna, de nalevin-jaré takô Jesosy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 20

[1]Ary mandraindraignan'ny andro vôlôhan'ny erignandro, kô mbôla maizigna igny, de nakagny amin'ny fasagna
Maria Magdalena ary nahita lay vato aifa nikisaka lavitra lay fasagna izy. [2]Noho zagny de nihazakazaka izy ary
nagnatogna an'i Simona Petera sy lay mpianatra hafa zay tiàn'Jesosy, ary aozy taminjaré hoe:" Nalainjaré
tamin'ny fasagna n'y Tompo, ary tsy fantanay zay namaitrahan-jaré Ananjy."[3]Avy te nandaiha nivoàka Petera sy
lay mpianatra hafa, ary nankagny amin'ny fasagna zaré. [4]Samy niazakazaka zaré, ary nisongonan'lay mpianatra
hafa nalaky Petera ary de izy no tônga vôlohany tagny amin'ny fasagna. [5]Avy te niondrika izy, ary natazagna lay
lambam-paty nipaitraka té, fô tsy mbôla nitsôfoka tagnatiny izy.[6]Tônga tafarany avy te Simona Petera ary niditra
tao am-pasagna. Tazany nipaitraka té lay lambam-paty [7]sy lay lamba natô tamin'ny lôhany. Tsy niara-nipaitraka
tamin'lay lambam-paty anaifa lay izy fô nivalogna ho azy te amin'ny toairany.[8]Avy te lay mpianatra raika hafa, lay
tônga vôlohany te amin'ny fasagna, niditra tagnatiny koà, ary nahita sy nino izy. [9]Fô hatramin'io fotoagna io zaré
de tsy mbôla nahay ny Sôratra Masigna fô Izy de tsy maintsy hitsangagna amin'ny maty. [10]Kay niherigna tagny an-
tragno ndraiky iré mpianatra.[11]Fô Maria de nijoro nitomagny tivailan'ny fasagna. Kô izy nitomagny igny, de
niondrika tao amin'ny fasagna. [12]Nahita anjely roa magnatô lamba fotsy nipaitraka izy, ny raika teo an-dôha, ary
ny raika teo an-tongotra také amin'ilay toairagna namitrahagna ny vatan'i Jesosy. [13]Aozin-jaré taminanjy hoe: "A
Viavy, nagnino anô no mitomagny?" Aoziny taminjaré hoe: "Satrià nindôsinjaré ny Tompoko, ary tsy haiky ny
namaitrahan-jaré Ananjy."[14]Kôfa avy nivôlagna zagny izy, de nitodika ary nahita an'i Jesosy nijoro te, fô tsy hainy
hoe Jesosy io. [15]Aoziny taminanjy hoe: "A Viavy, nagnino anô mitomagny? Fô zôvy mô Zahànô?" Niheveriny fô lay
mpiambigna anaifa Izy, kay aoziny taminanjy hoe: "Tompoko, kô Anô no nalaka Ananjy, de volagno aminahy ny
nametrahanô Ananjy, fô alaiky agny Izy."[16]Aozin'i Jesosy taminanjy hoe: "Maria." Nitodika izy, ary nivôlagna
taminanjy tamin'ny teny Hebreo hoe: "Rabôny" (zay midika hoe: "Mpampianatra.") [17]Aozin'i Jesosy taminanjy hoe:
"Aza mikasika Anahy, fô mbôla tsy niakatra agny amin'ny Baba Zaho, fô mandihana agny amin'ire ralahiky ary
nivôlagno azy irè fô hiakatra agny amin'ny Babako sy Babanare Za, ary na Andriamanitranahy sy
Andriamanitrare.'' [18]Nandaiha Maria Magdalena ary nivôlagna irè pianatra hoe: "Nahita ny Tompo za,'' ary irè
raha irè no nivôlagniny taminy.[19]Ary hariva tamin'izay, tamin'io andro io, andro voalôhan'ny herinandro, ary irè
tamiagna zay nisy irè pianatra, de nihidy nohon'ny fatahôragna irè Jiosy, nagnatogna Jesosy ary nitsangagna
tantaignantaignan-jare kay nivôlagna azy hoe: "Fiadanagna ho anare.'' [20]Kôfa avy nivôlagna zegny Izy, de naseony
azy irè ny tagnany sy ny tritriny. Faly irè pianatra kôfa nahita ny Tompo.[21]Avake Jesosy nivôlagna azy irè hoe:
"Fiadanagna ho anare. Karaha ny nagnasan'ny Ray Anahy, no hagnirahako anare koà.'' [22]Kôfa avy nivôlagna
zegny Jesosy, de nitsotra ny fôfon'aignany taminjare ary nivôlagna azy irè hoe: ''Alaivo ny Fagnahy Masigna. [23]Na
helok'izôvy na helok'izôvy availanare, de ho voavaila zare; ary na an-jôvy na an-jôvy tsy availanare, de tsy
voavaila zegny.''[24]Tomasy, raika tamin'ire rombifôlo lahy, nantsôvigna hoe: Didymo, de tsy niaraka taminjaré kôfa
tônga Jesosy. [25]Ré mpianatra hafa avy té nivôlagna taminanjy hoe: "Hitanay ny Tompo." Aoziny taminjaré hoe: "Kô
tsy hitako amin'ny tagnany tômbakin'iré fantsika, ary mamaitraka ny rantsan-tagnako ao agnatin'ilay tômbaka
an'iré fantsika zaho, ary mamaitraka ny tagnako amin'ny lanivoany, de tsy hino zaho."[26]Valo andro tafara de takô
ndraiky ré mpianany, ary niaraka taminjaré Tomasy. Nagnatogna Jesosy kô nagnidy tamiagna,ary nijoro niaraka
té aminjaré, ary nivôlagna hoe: "Fiadanagna ho anaré." [27]Avy te nivôlagna an'i Tomasy izy hoe: "Magnatôgna atô
miaraka amin'ny tagnanô ary apitraho akéto amin'ny lanivoako zagny. Aza kely finoagna, fô minoà."[28]Tomasy
namaly ary nivôlagna Ananjy hoe: "Tompoko sy Andriamanitro. [29]Ahozy Jesosy taminanjy hoe: "Satrià nahita
Anahy Anô, de nino. Sambatra iré Zay tsy nahita, naifa mino.''[30]Avahizo Jesosy de nagnano famantaragna maro
hafa teo agnatraihan'iré mpianany, famantaragna zay tsy voasôratra tagnatin'itô boky tô, [31]fô ré de voasôratra
mbô hafahanaré mino fô Jesosy no Kristy, ilay zanak'Andriamanitra, ary kôfa mino Ananjy anaré, de hahazo ny
fiainagna amin'ny agnarany.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 21

[1]Tafaran'iré raha ré Jesosy de niseho tamin'iré mpianatra ndraiky teo amin'ny ranomasin'i Tiberiasy. Karanjô ny
fomba nisehoany: [2]Simona Petera de niaraka tamin'i Tomasy zay antsôvigna hoe Didymo, Natanaela avy agny
Kana agny Galilia, ire zanak'i Zebedio, ary mpianatr'i Jesosy roa hafa. [3]Hoy Simona Petera taminjaré hoe:
"Handaiha hagnarato zaho." Ary aon-jaré taminanjy hoe: "Zahay koà andaiha hiaraka aminô." Kai lasagna zaré
ary niditra tan- tsambokely raika, fô tsy nahazo na ino na ino zaré bôriky kiaka.[4]Ary, kôfa mangiran-dratsy
sahady ny andro, de nijoro te an-dranomasigna Jesosy, fô tsy fantatr'iré mpianatra hoe Jesosy io. [5]Kai aozy Jesosy
taminjaré hoe: "Ry tôvolahy, Tsy manan-ko-hanigna mô anaré?" Namaly Ananjy iré izy hoe: "Ahe" [6]Aoziny
taminjaré hoe: "Atsipazo eo amin'ny sisiny ankavanan'ny sambokely ny haratonareo." De hahazo anaré." Kai de
natsipin-jaré ny haraton-jaré ary tsy nahavita nampiakatra zany tao nohon'ny habetsaky ny lôka.[7]Avy te hoy lay
mpianatra zay tian'i Jesosy tamin'i Petera hoe: "Ny Tompo io." Kôfa regnin'i Simona Petera fô ny Tompo io, de
nampiditra ny ambônin'ankajony izy (satrià tsy niakanjo izy), kai nitsambikigna tagnaty ranomasigna. [8]Iré
mpianatra hafa nankao an-tsambokely (satrià zaré tsy lavitra ny tanety, také amin'ny roanjato hakiho teo), ary
nisintogna ny harato feno lôko. [9]Kôfa tafiakatra an-tanety zaré, de nahita afon'arigna tamin'ny lôko te ambôniny,
miaraka amin'ny môfo.[10]Hoy Jesosy taminjaré hoe: "Mitondrà lôko maromaro aminiré vao azonaré te." [11]Ary
niakatra Simona Peteraka kai nisintogna an-tanety ny harato, zay feno lôka maventy; 153.Tegna maro bé, kanaifa
tsy nitriatra Ilay harato.[12]Aozy Jesosy taminan-jaré hoe: "Avià hihinagna mandraigna:" Tsisy tamin'ire mpianatra
nasahy nagnontany Ananjy hoe: "Izôvy mô Anô?" Fantan-jaré fô ny Tompo io. [13]Nagnatogna Jesosy, nandray ny
môfo, ary nagnomia zaigny anjaré, karanjagny koà ny lôka. [14]Fagnintelony amin'io no nisehoan'i Jesosy tamin'ire
mpianatra tafaran'ny nitsanganany tamin'ny maty.[15]Kôfa avy nihinagna lay hanigna nandraigny zaré, de aozy
Jesosy tamin'i Simona Petera hoe: "Simona zanak'i Jaona, tià Anahy mihoàtra noho iré mô anô?" Hoy Simona
Petera taminanjy hoe: "IaTompo, fantanô fô tià Anô zaho." Aozy Jesosy taminanjy fahano iré ondriko."
[16]Nivôlagna am-pagnindroa ndraiky Izy hoe:" Simona zanak'i Jaona, tià Anahy mô anô?" Aozy i Petera taminanjy
hoe: "Ia Tompo, fantanô fô tià Anô zaho." Aozin'i Jesosy taminanjy hoe: "Karakaray ny ondrianahy."[17]Nivôlagna
taminanjy am-pagnitelo izy hoe: "Simona, zanak'i Jaona, tià Anahy mô anô?" De nalahelo Petera satrià Jesosy
nagnano intelo taminanjy hoe: "Tompo, Anô mahafatantra ny raha jiaby,fantanô fô tiàko Anô" Aozy Jesosy
taminanjy hoe: "Fahano ny ondriànahy." [18]Volagniko aminô marigna, de marigna tikoàtra, tamin'ny anô mbôla
tanora, de zatra nampiditra raika ny ankanjonô ary nandaiha tamin'zay tianô, fô kôfa nahai-antitra anô, de
haninjitra ny tagnanô, ary ôlon-kafa no hampiakanjo anô sy hitôndra anô amin'zay lalagna tiànô
andihanagna."[19]Ary Jesosy nivôlagna zaigny mbô hahafantaragna hoe amin'ny karazagna fafataisagna karaha ino
no agnomianazan'i Petera voninahitra an'Andriamanitra. Kôfa avy nivôlagna an-jagny Izy, de Aozy tamin'i Petera
hoe: "Magnaraha Anahy."[20]Nitodika Petera kai nahita lay mpianatra zay tiàn'i Jesosy nagnaraka Ananjy zaré, lay
raika zay niankigna ampitan'i Jesosy ndraika koà tamin'ny fihinanagna ary nagnano hoe: "Tompo, izôvy lay
hamadika Anô?" [21]Nahita ananjy Petera ary aoziny avy te tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, ino no natôn'i lalahy
io?"[22]Aoziny Jesosy taminanjy hoe: "Kô tiàko hitoetra izy mandra-piaviàko, de midika ino zagny aminô?
Magnaraha Anahy." [23]Kai niparaitaka teo amin-jaré mpiralahy zagny teny zagny, fô tsy ho foaty io mpianatra io.
Naifa Jesosy tsy nivôlagna tamin'i Petera fô tsy ho foaty lay mpianatra hafa, fô hoe: "Kô tiàko hitoetra izy mandra-
piaviàko, de midika ino zagny aminô?"[24]Izy lay mpianatra zay nijoro vavolombelogna mômba iré raha iré, sy lay
nanôratra iré, ary fantatsika fô marigna ny fagnambarany. [25]Misy raha maro hafa koà zay natôn'i Jesosy. Kôfa
voasôratra tsiraikiraiky aby zagny, de hiveriko fô na de zao tontolo zao aza tsy ho hômby ny boky zay ho
soratagna.

# Acts

Chapter 1

[1]Ny boky nisoratako talôha, ry Teofilo, de magnambara ny jiaby zay natombok'i Jesosy sy nampinariny,
[2]hatramin'ny andro nampiakaragna ananjy, avake de nagnàsa irè Apostoly zay nifidiny tamin'ny alalan'ny
Fagnahy Masigna Izy. [3]Tafaran'ny nijaliany, de nampiseo ny taignany velogna taminjaré Izy niaraka tamin'iré
porofo mandresy lahatra maro. Niseo tamin-jare Izy tagnatin'ny efapôlo andro, ary niraisaka môman'ny
fanjakan'Andriamanitra.[4]Kôfa nitrôtra tamin-jare Izy, de nagnàsa anjaré tsy hiala akô Jerosalema, fô nandigny ny

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

fampagnatiniagnan'ny Ray, mômba zay, nivolagniny hoe: "Naregny taminahy anaré, [5]fô nagnano Batisa tamin'ny
rano tikoàtra i Jaona, fô anaré de tôkony hatô Batisa amin'ny Fagnahy Masigna akô agnatin'ny andro vitsy.''[6]Kôfa
tafavory niaraka zaré de nagnontany Ananjy zaré hoe: "Tompo, zao mô ny fotoagna hangiraignanô ny
fanjakan'Israely?'' [7]Aoziny taminjaré hoe: "Tsy anaré no ahay ny fotoagna na irè vanin'andro zay nitindren'ny Ray
tamin'ny fahifagna manôkagna. [8]Fô kôfa tônga ndraiky ny Fagnahy Masigna de ahazo hery anaré, kay ho lasagna
vavolombeloko airan'ny Jerosalema sy Jodia jiaby ary Samaria, hatrany amparan'ny tany.''[9]Kôfa nivôlagna zegny i
Jesosy Tompo, de niandrandra zaré, ary nakarigna Izy, ary ny rahogna nanakogna Ananjy tagnatraihanjaré. [10]Kô
mbôla nimbanjigna ny lagnitra igny zaré tamin'ny nandianany, tampoka te, nisy rolahy nagnatô akanjo fotsy
nitsangagna tankilanjaré. [11]Nivôlagna taminjaré hoe: "Ry lalahy avy agny Galilia, magnino aké anare no
mitsangagna akéto mizaha ny lagnitra? Igny Jesosy nalaigna taminaré zay nampakarigna agny an-dagnitra igny,
de mbôla hierigna kara ny nahitanaré ananjy niakatra agny an-dagnitra te igny.[12]Avake te zaré de niherigna tagny
Jerosalema avy takô amin'ny tendrombohitr'Oliva, zay mariny Jerosalema, mitovy amin'ny diàn'ny andro Sabata
raika. [13]Kôfa tônga zaré, de niakatra takô amin'ny efitra ambôny etazy, zay nitoeranjaré. Zaré de i Petera, Jaona,
Jakoba, Andrea, Filipo, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba zanak'i Alifeo ary Jodasy zanak'i Jakoba. [14]Nitambatra
ho raika izy jiaby, ary nazoto nivavaka. Agnisan'izegny irè viavy, Maria maman'i Jesosy, sy irè ralahiny.[15]Tamin-
jegny andro zegny i Petera de nitsangagna tantaignantaignan'iré ralahiny, amin'ôlogna 120 te, ary nivôlagna
[16]hoe: ''Ry ralahy, taigna nilaigna ny fantatirahan'ny Sôratra Masigna, zay nambaran'ny Fagnahy Masigna mialôha
tamin'ny vavan'i Davida mômba an'i Jodasy, zay nitôndra iré ôlo nanambotra an'i Jesosy.''[17]Fô agnisan'ny raika
amintsika izy ary nahazo ny anjarany tamin'zao fanompoagna zao.'' [18](Avaizo i lalahy io de nividy atiàla tamin'ny
vôla azony tamin'ny faratsiagna izy, ary lavo niankôhitra te izy, kay nisôkatra sy nipôhàka ny vatany, ary nivoakà
dahôlo ny tsinainy. [19]Iré ôlo jiaby takô Jerosalema de naregny ny mômba zegny, ary nagnantso io atiàla io
taminjare hoe: "Akeldama'', zagny: "Sahan-dRà.'')[20]Fô aifa voasôratra akô amin'ny Bokin'ny Salamo hoe: "Ambilay
ho lao ny tsabony, ary aza availa na de ôlogna raika aza hipaitraka akô; 'Ambilay ho raisin'ny ôlon-kafa ny
andraikitrananjy."[21]Noho zagny, de ilaigna, ny raika amin'iré lalahy niaraka tamintsika nandritran'ny fotoagna
jiaby nidiran'i Jesosy Tompo sy ny nivoahany takéto amintsika, [22]hatramin'ny batisan'i Jaona ka hatramin'ny
andro niakarany takéto amintsika, de tsy maintsy vavolombelogna miaraka amintsika amin'ny fitsanganany.''
[23]Ary namaitraka roa lahy zaré, de i Josefa nantsôvigna hoe Barsabasy, na atô hoe Josto, ary Matia.[24]Nivavaka zaré
nivôlagna hoe: "Anô, ry Tompo, no mahay iré fon'ny ôlogna jiaby, kay volagno zay fidinô amin'izy roalahy [25]mbô
halaka ny toairagna akato amin'zay fanompoagna zao sy ny maha Apostoly nohon'ny fandikan-dalàgna zay
nataon'i Jodasy handaiha ho agny amin'ny toairagna manôkagna. [26]Zaré de niloka ho anjaré, ary nilatsaka tamin'i
Matia ny filokagna, ary voaisa ho Apostoly raika ambin'ny fôlo izy."


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

1Nony tônga ny Pantekosta, niangogna tamin'ny toeragna raika izy jiaby. 2Tampoka také avy agny an-dagnitra nisy
feo kara rivotra mahery nifofofo, ary nameno ny tragno jiaby zay nipitrahan-jare. 3Nisy afo niendrika laila maro
zay nirasarasa, ary nipaitraka tambônjare tsiraikaraika aby. 4Izy jiaby de feno ny Fagnahy Masigna ary
nanomboka nivôlagna tamin'ny fivolagnana maro samy hafa, araka ny namian'ny Fagnahy Masigna
hivolagnanjare.5Ary nisy Jisoy zay nipaitraka takô Jerosalema, ôlon'Andriamanitra, avy amin'ny firenena jiaby
amban'ny lagnitra. 6Kôfa naregny zegny feo zegny, de tônga niaraka iré vahoàka sady niasa saigna satrià ny
tsiraikaraika de samy naregny anjaré nivôlagna tamin'ny fivolagnany aby. 7Zaré de talanjona sy gaga ke
nivôlagna hoe: "Marigna, fô tsy iré jiaby mivôlagna iré mô no Galileanina?8Magnino ndraiky zaré mivôlagna
amin'ny fivolagnantsika tsiraikaraika aby zay natômbo antsika ? 9Partianina sy Medianina ary Elemita, ary iré
zay mipaitraka agny Mesopotamia, agny Jodia sy Kapadokia, agny Ponto sy Asia, 10Frygia sy Pamfylia, agny Égypta
ary Libya hatragny amin'i Kyrena, ary iré mpitsidika avy agny Roma, 11Jiosy sy Proselyta, Kreatana ary Arabo, de
regnintsika miraisaka amin'ny fivolagnantsika mômba ny asa maventy atôn'Andriamanitra."12Zaré de magnana
ary sahiran-tsaigna; ary nifampiraisaka zare hoe: "Ino no dikan-jegny?" 13Fô iré sanagny nagneso sady nivôlagna
hoe: "Izy iré de mamon'ny divaingna vôvô."14Fô i Petera nitsangagna niaraka tamin'izy raik'ambiny fôlo,
nampiakatra ny feony, ary nivôlagna taminjaré hoe: "Ry lalahy Jodea sy anaré jiaby zay mipaitraka akéto
Jerosalema, ôka ho fantanaré zao, tandremo iré teniky. 15Ho an'iré ôlo tsy mamo araka zay heverinare, fô vô laira
fatelo amin'ny andro zao.16Fô zao lay vôlaza tamin'i Joela paminagny: 17'Amin'ny andro farany,' Andriamanitra
mivôlagna hoe: 'Halatsako amin'ny ôlo jiaby ny Fagnahiky. Iré zanakaré lahy sy ny zanakaré viavy de haminagny,
ny ngôndahinaré de hahita fahitagna, ary ny antidainaré hagninôfy nôfy.18Karanjegny koà ny amin'iré
panompoko lahy sy ny panompoko viavy amin'iré andro re. Halatsako ny Fagnahiky, ary zaré de haminagny.
19Zaho de hampiseo raha mahamagnana agny amin'ny lagnitra ambôny, rà, afo, ary hembokafo.20Ny masoandro
de hanjary haizigna ary ny davôlagna hanjary rà, mialôhan'ny andro maventy sy miavaka hiàvian'ny Tompo.
21Ary ny ôlo jiaby zay magnantso ny agnaran'Andriamanitra de ho voàvonjy.22Ry ôlogn'Israely, tandrignaiso izô
teny izô: Jesosy avy agny Nazareta, lay ôlogna nampisehoagna anaré tamin'ny alalan'Andriamanitra mbô ho
marigna amin'iré asa maventy, iré fagagagna, ary iré famantaragna zay natôn'Andriamanitra taminanjy
tagnivon'iré, araka ny hain'ny taignanaré. 23Io lalahy io de natôlotry ny drafitr'Andriamanitra zay aifa nomagnina
mialôha sy ny falalagnany, ary ny tagnan'ny mpandinika lalàgna sy anaré, namono Ananjy tamin'ny
famantsaiagna Ananjy tamin'ny kakazofijaliagna. 24Fô Andriamanitra nanangagna Ananjy, nagnafaka Ananjy
tamin'iré fanaintaignan'ny fafataisagna, satrià sarotra ho Ananjy ny niala tamin-jegny.25Fô Davida mivôlagna
mômba ananjy hoe, "Nahita ny Tompo tagnatraihako mandrakariva za, fô akéto an-tangnanan-kavanako Izy kay
tsy tôkony hangôzohôzo za. 26De taigna faly ny fôko ary niravoravo ny lailako. Ary koà, ny nôfoko hivelogna
amin'ny fatokiagna.27Fô tsy nialanô ho agny amin'ny Fiainan-tsy hita nagnombaila ny Ray Masinô ho lô anô.
28Nampafatatra anahy iré lalan'ny fiainagna Anô; Anô de hameno fifaliagna anahy amin'ny endrikanô.'29Ry ralahy,
afaka miraisaka aminaré am-pitokiagna mômba an'i Davida Patriarika za: aifa maty izy no nalevigna, ary ny
fasagnananjy de akéto amintsika mandrakigniany. 30Noho zegny, paminagny izy ary fantany fô aifa nifanta
tamin'Andriamanitra, fô ny taranany no ho amin'ny sezy fiandrianany. 31Aifa hitany zegny de niraisaka
mômban'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny fafataisagna, sady izy tsy navaila takô amin'ny fiainan-tsy hita, no tsy
nagnano ny nôfony ho trakatrin'ny falovagna.'32Io Jesosy io- Andriamanitra no nanangagna Ananjy, kay
vavolombelon'izegny zaihay jiaby. 33Noho zegny kôfa nasandratry ny tagnana ankavanagnan'Andriamanitra Izy
de nandray ny Fagnahy Masigna nampagnantigniany avy tamin'ny Ray, aifa narotsany zegny, zay hitanare sy
regninare.34Fô Davida de tsy niakatra tagny an-dagnitra, fô izy nivôlagna hoe: 'Ny Tompo nivôlagna tamin'ny
Tompoko, "mipitraha akéto an-tagnana ankavanagnako, 35mandra-pagnanôvako ny favalonô ho fitoeran-
tongotranô."' 36Noho zegny, ôka ho fantatry ny jiaby ny tragnon'Israely fô Andriamanitra no nagnano Ananjy ho
Tompo sy Kristy, ilay Jesosy zay nifantsianaré."37Ary kô naregny zegny zaré, vôtsindrogna ny fônjare, ary
nivôlagna tamin'i Petera sy irè Apostoly ambiny hoe: "Ralahy, ino no tôkony ho atônay?" 38Avake Petera nivôlagna
taminjaré hoe: "Mibaibaha magnanôva Batisa, anaré tsiraikaraika aby, amin'ny agnaran'i Jesosy Krisity ho
familagna ny fahotanaré, sy handraisanaré, ny fagnomaizan'ny Fagnahy Masigna. 39Fô ny fampagnatiniagna de
ho anaré sy ny zanakaré ary iré jiaby zay lavitra, kay ho baitsaka iré ôlo zay ho antsôvin'Andriamanitra
Tompotsika."40Niaraka tamin'ny teny maro hafa no nijoroany ho vavolambelogna sy nandrisihanany anjaré;
nivôlagna izy hoe, "Vonjé ny taignanaré amin'itô taranaka ratsy fagnahy itô." 41Ary izy iré nandray ny teniny kay
natô Batisa, ary tôkony fagnahin'ôlo telo arivo aké no nampiagna tamin'io andro io. 42Nanohy sy niaraka nagnano
ny asa fitoriagna sy ny fampianaragna ny apostoly zaré, tamin'ny fanapahagna ny môfo sy ny fivavahagna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

43 Tônga tamin'ny fagnahin'ny tsiraikaraika ny tahotra, ary fagagagna sy famantaragna maro no vita tamin'ny
alalan'ny Apostoly. 44 Iré jiaby nino de niangogna ary nanagna raha nitovy, 45 ary zaré de nivarotra ny taniny sy ny
fanagnany kay nizara zegny tamin'iré jiaby, arak'izegny nilainy aby. 46 Ary isan'andro isan'andro de nitohy
nanompo tamin'ny fomba fijery mitovy, ary takô an-deglizy zaré, sy nanapaka ny môfo tan-dragno, ary nizara
hanigna tampifaligna sy fo feno fanitrian-taigna; 47 nidaira an'Andriamanitra ary nahazo fankasitrahagna
tamin'ôlo jiaby. Isan'andro ny Tompo de nagnampy ny isan'ire zay voavonjy.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Ary Petera sy Jaona niakatra tagny amin'ny tempoly tamin'ny laira fivavahagna, ny laira faha sivy. [2]Ary nisy
lalahy nalemy letry votairaka nindôsigna isan'andro tagny amin'ny vavahady tsara endriky ny eglizy, mbô
hangataka fagnomaizagna ara-bôla agny amin'iré ôlogna zay mandaiha à legilizy. [3]Kôfa nahita an'i Petera sy i
Jaona zay handaiha hiditra a legilizy, de nangataka fagnomaizagna ara-bôla tamin-jaré izy.[4]Nimbanjigna ny
masony niaraka tamin'i Jaona i Petera de nivôlagna hoe: "Zahà zaihay. [5]Ilay lalahy malemy nizaha aninjaré,
nagnataigna ny ahazo raha avy amin-jaré. [6]Naifa i Petera nivôlagna hoe: vôla fotsy sy vôla mena tsy anagnako,
naifa zay anagnako, no hamiako anô. Amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy avy agny Nazareta, mandihana."[7]Nandray
ananjy tamin'ny tagnana ankavanagna, i Petera nanangagna ananjy, ary tonga de lasa natantanjaka ny
tongotr'lay lalahy sy ny kitrokeliny. [8]Nitsambikigna, lay lalahy malemy de nitsangagna ka nanomboka nandaiha;
ary niaraka niditra tamin'i Petera sy i Jaona takô alegilizy izy, ary nidaira an' Andriamanitra.[9]Ny ôlogna jiaby de
nahita ananjy nandaiha sy nidaira an'Andriamanitra. [10]Tsikaritran-jaré fô izy lay lalahy nangakataka
fagnomaizagna ara-bôla tamin'iré ôlogna také amin'ny Vavahady Tsaran'ny eglizy; ary taigna gaga sy talanjogna
zaré noho ny raha nitranga taminanjy.[11]Ary noho izy hitagna an'i Petera sy Jaona, ny ôlogna jiaby de nirohitra
nankagny amin-jaré tagny amin'ny fialôfagna zay nantsôvigna hoe fialôfan'i Solomona ny ôlogna jiaby ary taigna
talanjogna. [12]Kôfa nahita zagny i Petera de namaly ny ôlogna hoe: "Anaré vahoakan'Israely, nagnino no talanjogna
anaré? Nagnino ny masonaré no mandinika anay, karaha hoe herinay na famasinagnanay manôkagna no
nampadaiha ananjy?"[13]Ny Andriamanitry Abrahama, y an'Isaka, ary an'i Jakoba, lay Andriamanitr'iré papantsika,
nagnomià voninahitra an'i Jesosy mpanompony. Izy natôlonaré sy nilavinaré také anoloagnan'i Pilato, tamin'izy
nanapa-kevitra ny agnodaifa ananjy. [14]Nilavinaré lay raika zay Masigna sy Marigna ary naleonaré nangataka lay
mpamono ôlogna mbô ho alaifa ho anaré.[15]Nivoninaré ny Mpagnôrigna fiainagna, zay natsagan'Andriamanitra
tamin'ny maty_ary vavolombelogna zagny zahay. [16]Avaizo, noho ny finoàgna amin'ny agnarany_lay lalahy zay
hitanaré sy fantanaré_igny agnaragna igny foàgna no nahatônga ananjy hahery. Ny finoagna avy amin'i Jesosy no
nagnomià zo fagnasitragnana feno ananjy akéto agnataihanaré jiaby.[17]Avaizo, ny ralahy, fantako fô nagnano
zagny anaré noho ny tsy falalagnanaré, karaha natôn'iré mpitôndra anaré koa. [18]Fô iré raha zay
voalazan'Andriamanitra mialôha tamin'ny vavan'iré mpaminagny jiaby, hoe tôkony hijaly ny Kristiny, fô aifa
tantairany avaizo.[19]Mibebaha, noho zagny, ary mihiraigna, mbô hivonigna ny fahotanaré, mbô ho tônga ny
fotoagna mavelombelogna eo agnantraihan'ny Tompo; [20]ary mbô handaifa an'ilay Kristy zay voatendry ho anô
izy, de i Jesosy.[21]Izy lay tsy maintsy ho raisin'ny Lagnitra ambara-pahatongavan'ny laira famirainagna amin'ny
laoniny ny raha jiaby, mômban'zay nivolagnin'Andriamanitra talôha tamin'iré vavan'iré mpaminagny masigna.
[22]Nivôlagna tikoatra i Mosesy hoe: 'Ny Tompo Andriamanitra de nanangagna mpaminagny karaha anahy avy
amin'iré ralahinaré. Anaré hitandregny ny raha jiaby zay hivolagniny aminaré. [23]Hitranga ny hoe zay ôlogna
jiaby tsy mitandregny zagny de ho ringagna tantairaka tsy ho ao amin'ôlogna.'[24]Agny, ary iré mpaminagny jiaby
nanomboka te amin'i Samoela sy iré zay tônga tafarany, de nivôlagna mafy sy magnambara iré andro iré. [25]Anaré
no zanak'iré mpaminagny sy ny fanekegna zay natôn'Andriamanitra tamin'iré razambé, araka ny nivolagnin'i
Abrahama hoe: 'Ao amin'ny taranakanô de ho tahigna iré fianakaviagna jiaby eran-tany.' [26]Tafaran'ny
nananganan'Andriamanitra ny mpanompony, de nandaifa ananjy ho anaré alôha izy, mbô hitahy anaré amin'ny
fialanaré amin'ny faratsiagnanaré.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 4

[1]Kô nikoragna tamin'iré vahoàka i Petera sy Jaona, de tônga iré mpisorogna sy ny lehiben'ny mpiambigna ny eglizy ary iré Sadoseo. [2]Vignitra mafy zaré noho i Petera sy Jaona nampianatra ny vahoàka sy nitory ny fitsagagnana amin'ny maty tamin'ny alalan'i Jesosy. [3]Nisambôrigna zaré ary natô tam-ponja mandra pikiaka andro, satrià aifa hariva ny andro tamin'zagny. [4]Kanaifa maro tamin'iré ôlogna zay naregny ny hafatra no nino; ary ny isan'iré lalahy zay nino de dimy arivo také.[5]Ary kôfa amaraignaniny de niangogna takô Jerosalema ny panapakanjare, zôkiôlogna ary ire panôra-dalagna. [6]Te i Anasy pisorognabe, Kaiafa, Jaona, sy zay jiaby havan'iré mpisorognabe. [7]Kôfa narôsony tagnivon'i Petera sy Jaona, de nagnontany ananjy iré hoe: "Amin'ny hery ino, no nagnanovanaré zagny?"[8]Avy té i Petera, feno ny Fagnahy Masigna, nivôlagna anjaré hoe: "Anô ry mpanapaka ny vahoàka, sy ny lôhôlogna, [9]kô nagnotaniagna mômban'ny asa soa natônay tamin'io lalahy narary io tamin'io andro io_tamin'ny fomba ahoana no nahasitrana io lehilahy io? [10]De aoka ho fantanaré jiaby ary ny vahoakan'Isiraely jiabe, fô tamin'ny agnaran'i Jesosy Kristy avy agny Nazareta, zay nombohinaré, ilay natsagan'Andriamanitra tamin'ny maty_ tamin'ny alalany no ijoroan'itô lalahy tô mahivagna akéto amasonaré."[11]Jesosy Kristy de vato zay natônare mpagnano tragno tsisy dikany kanaifa aifa natô ho lôhan'ny vato fezoro. [12]Ary tsy misy famonjiagna avy amin'ny hafa, fô tsisy agnaragna hafa ambanin'ny lagnitra namiagna ôlo zay tsy maintsy havonjy antsika.''[13]Ary kôfa nahita ny fasahiagnan'i Petera sy Jaona zare, ary natsapa fô ôlon-tsotra, ôlo tsy nandià fianaragna fô niaraka tamin'i Jesosy i Petera sy Jaona. [14]Satrià zare nahita lay lalahy zay sitragna nitsangagna niaraka taminjaré, kay tsy nahita ra koragnina hanohairagna zegny zare.[15]Fô kôfa avy nandidy irè Apostoly hiàla fivoriàgnan'ny filan-kevitra zare, de nifampiraisaka zare. [16]Ahozy zare hoe: ''Ino no tôkony ho atô amin'ireto lalahy irè ? Noho ny fagagagna vita tamin'ny alalan-jare de fantan'ôlo jiaby mipaitraka akéto Jerosalema, ary tsy azontsika lavigna. [17]Fô mbô tsy hiparitahan'izegny amin'ny vahoàka, de handô antsika hampitandrigna azy irè mbô tsy hivôlagnanjare zegny agnaragna zegny intsony. [18]Natsôviny hiditra i Petera sy Jaona ary nivôlagniny zare tsy hivôlagna sy tsy hampianatra amin'ny agnaran'i Jesosy intsony.[19]Kanaifa namaly azy irè i Petera sy Jaona nivôlagna hoe: "Ra marigna imason'Andriamanitra ny magneky anare mihoàtra Ananjy, de anare no mitsarà. [20]Tsy afaka ny hijanogna tsy hivôlagna momba irè raha hitanay sy regninay zaihay.''[21]Tavafaran'ny fampitandraimagna an'i Petera sy Jaona de navailany nandaiha zare. Fô tsy nahita fomba hagnasaziagna azy irè zare, satrià nidaira an'Andriamanitra irè vahoàka noho ny ra-haifany. [22]Ilay lalahy zay niaigna ny fagagagna sy fagnasitragnana de nihoàtra aifa-pôlo tôgna.[23]Tavafaran'ny nagnafahagna azy irè, de tônga tamin'ny vahoàkany i Petera sy Jaona ary nitateriny azy irè zay jiaby nivolagnin'ire lôhan'ny mpisorogna sy irè lôhôlogna taminjare. [24]Kôfa regnin-jaré zegny, de niara-nanandratra ny feonjare ho an'Andriamanitra zare kay nivôlagna hoe: "Tompo, anô no nagnano ny lagnitra sy ny tany sy ny ranomasigna, ary zay jiaby aminy. [25]Nivôlagna tamin'ny alalan'ny Fagnahy Masigna tamin'ny vavn'ny panomponô, ny raintsika Davida Anô hoe: 'Nagnino no Vignitra irè firenena Jentilisa, sy irè ôlo zay mieritreritra raha tsisy ilagna ananjy?'[26]Anare mivôlagna hoe: Ire Mpanjakan'ny tany de nitambatra, ary irè panapaka de nivondrogna hanôhitra ny Tompo, sy hanôhitra ny Kristiny.'[27]Fô aifa i Heroda sy Pontsy Pilaty, zay niaraka tamin'ire Jentilisa sy irè vahoàkan'Israely, no niara-niangogna takô an-tanàgna hanôhitra an'i Jesosy panomponare, zay nosoranare. [28]Niara-nivory zare mbô hagnano zay jiaby natôn'ny tagnanare sy irè drafitrare zay aifa notapahinjare ho atô mialôha.[29]Avaizo, Tompo, saha irè fampitandraiman-jare ary amiagna irè panomponô mbô hivolagnany ny teninô an-kasahiàgna tantairaka. [30]Ahinjiro ny tagnanô mbô nagnasitragna, ary hagnamia irè famantaragna sy fagagagna amin'ny alalan'ny agnaran'i Jesosy tomponô masigna.'' [31]Kôfa avy nivavaka zare, de nihôzongôzogna ny toeragna zay niarahanjare nivory, ary feno ny Fagnahy Masigna izy jiaby ary nilaza ny tenin'Andriamanitra an-kasahiàgna. [32]Ny ankabaizan'ire zay nino de fo sy Fagnahy raika. Tsisy nivôlagna fô ny raha zay azony de ananjy manôkagna, fô raha niarahan-jare nanagna. [33]Niaraka tamin'ny hery maventy no nagnambaran'ny Apostoly ny fijoronjare vavolambelogna momba ny fitsagagnan'i Jesosy Tompo tamin'ny maty, ary fasoavagna maventy no tamin'izy jiaby.[34]Tsisy ôlo nanan-draha mahory taminjare, fô zay jiaby nanagna tany na tragno de nambidy ary nitôndra ny vôlandraha jiaby zay lafo. [35]Ary napaitraka tan-tongotr'ire Apostoly, ary nitsaraigna tamin'ôlo tsiraikaraika arak'izay ilainjare.[36]Josefa, Levita raika, lalahy avy agny Sipra zay nantsôvin'ire Apostoly hoe: Barnabasy (zay midika hoe Zanaka lahin'ny Fampahiraizagna), [37]nivarotra tany sy nitôndra ny vola ary namaitraka azy tan-tongon'ire Apostoly.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 5

[1]Fô nisy lalahy raika antsôvigna hoe Ananiasy, niaraka tamin'i Safira vadiny, nivarotra anjara tany, [2]ary nitagnany
ny sanany tamin'iré vôla vidiny (ny vadiny koà nahay zagny), ary nitôndra ny ampahany hafa tamin'zagny ary
namaitraka ananjy teo an-tongotr'iré Apostoly.[3]Fô Petera nivôlagna hoe: "Ananiasy, nagnino no nifinoanô Satana
lainga ny fonao handainga amin'ny Fagnahy Masigna, sy hitagna ny ampahany tamin'lay vidin-tany? [4]Kô mbôla
tsy lafo zagny, tsy nidôko ho fanagnanô manôkagna mô zagny, tsy teo amin'ny fahefagnanao mô zagny? Akôry no
nieritreretanô zagny raha zagny tao amin'ny fonao? Tsy nandainga tamin'ôlogna anô, fô tamin'Andriamanitra."
[5]Kôfa naregny iré teny iré, de lavo tamin'ny tany i Ananiasy kai afak'aigna, ary feno tahotra maventibe ny ôlo
jiaby naregny zagny. [6]Ary iré tôvolahy de nirôso kay namôgno lamba ananjy, kay nindôsin-jaré nivoàka izy ary
nalevigna.[7]Tafara laira tafarany igny de niditra ny vadiny, mbôla tsy nahay zay nitranga. [8]Petera nivôlagna
taminanjy hoe: "Volagno aminahy kô zagny no namarôtanaré lay tany." De aozy: "Ia, noho zagny."[9]Avy te i Petera
nivôlagna ananjy hoe: "Nagnino anaré no nagneky hiara-hitsapa Fagnahin'ny Tompo? Indro, iré tongon'iré
ôlogna zay nandevigna ny vadinao de eo an-tamiagna, ary hamoaka anô zaré. [10]Ary lavo teo no eo té amin'ny
tongony izy ary afak'aigna. Kôfa niditra tao iré tôvolahy, de nahita ananjy maty, kai nitôndra ananjy nivoàka sy
nandevigna ananjy tankilan'ny vadiny. [11]Natahotra aby ny fiangonana manontolo, sy iré ôlo jiaby zay nandré
zagny raha zagny."[12]Famantaragna sy fagagagna maro no niseho tamin'iré vahoàka tamin'ny tagnan'iré Apostoly.
Niaraka také amin'ny fialôfan'i Salomona zaré. [13]Fô tsisy ôlogna hafa nanagna fasahiagna hiaraka amin-jaré;
kanaifa, ny vahoàka de nanandratra fankasitrahagna avo anjaré.[14]Ary vao maika nihaimaro iré mpino zay
nagnampy isa ny Tompo, andian-dalahy sy viavy, [15]kay nindôsin-jaré tagny an-dalàgna hatramin'ny marary ary
nampandrén-jaré tam-bôny fandriagna sy farafara, kay kôfa mandalo i Petera, de mety mbô hagnaloka ny
sanany amin-jaré ny alokany. [16]Té foàgna koà de maro ny vahoàka no niara-tônga avy amin-jaré tanàgna
magnodidigna agny Jerosalema, nitôndra ny marary sy ré zay nampahorin'ny fagnahy maloto, ary de sitragna izy
jiaby.[17]Fô nitsangagna ny mpisorognabe, sy iré zay niaraka taminanjy (zay sekta an'iré Sadoseo); ary de feno
fialognana zaré [18]ary nisambotra an-kery reo Apostoly, ary nampiditra ananjy iré tagny an-tragno maizigna.[19]Ary
nandritran'ny aligna de nisy anjelin'ny Tompo nanôkatra ny tamiagnan'ny fonja ary namoàka an-jaré takô, sy
nivôlagna hoe: [20]"Mandihana, mitsangagna ao amin'ny eglizy ary mivôlagna amin'ôlogna iré teny jiabin'itô
fiainagna tô." [21]Kôfa naregny zagny zaré, de niditra tao a legilizy zaré mbôla nandraigna kay nampianatra. Fô
tônga ny mpisorognabe, sy iré zay niaraka taminanjy, ary nagnatso ny filan-kevitra jiaby, iré lohôlogna jiabin'ny
vahoàkan'Israely, ary nalaifa tagny am-ponja mbô hamoaka iré Apostoly.[22]Fô kôfa tônga lay mpiandry raharaha
de tsy nahita anin-jaré tao am-ponja, kay niherigna zaré ary nitatitra hoe: [23]"Nahita ny tragno maizigna nihidy
tsara zaihay ary ny mpiambigna de nijoro nandigny tan-tamiagna, fô kôfa nisokafinay zagny, tsy nahita ôlogna
tagnatiny zaihay."[24]Ary kôfa naregny zagny ny mpiambigna ny eglizy sy iré mpisorogna be, de very hevitra
tantairaka zaré nahakasika ny raha nitranga. [25]Fô nisy ôlogna tônga ary nivôlagna tamin-jare nagnano hoe: "Iré
lalahy zay natônaré ta andragnomaizigna de mitsangagna ao amin'ny eglizy ary mpampianatra ny
vahoàka."[26]Ary lasagna ny lehiben'ny mpiambigna niaraka tamin'iré mpiandry raraha, ary nitôndra ananjy
niherigna, fô tsy tamin'ny herisetra, satrià natahotra ny vahoàka zaré sabeky hitoraham-bato. [27]Kôfa nitôndra
aninjaré zaré,de nandaifa ananjy reo te agnantraihan'ny filan-kevitra.Nagnadihady ananjy ré ny mpisorogna be,
[28]nivôlagna hoe: "Nirarany mafy anaré mbô tsy hampianatra amin'io agnaragna io kanaifa, nifinoànaré ny
fampianaranaré i Jerosalema, ary tianaré ho tômpon'andraikitra amin'io lalahy io zaihay."[29]Fô i Petera sy iré
Apostoly namaly hoe: "Zahay de tôkony hagneky an'Andriamanitra nohon'ny ôlogna. [30]Ny Andriamanitrin'ny
razanay nanangagna an'i Jesosy, zay nivoninaré tamin'ny fagnatôgnana Ananjy té amin'ny kakazo.
[31]Andriamanitra nanandratra Ananjy teo amin'ny tagnan-kavanagnany mbô ho Tompo sy Mpamonjy, mbô
hagnomià fibaibahagna ho an'Israely, sy familagna ny heloka. [32]Zahay de vavolombelogna ny amin'zagny raha
zagny, ary koà ny Fagnahy Masigna, zay namiàn'Andriamanitra ho an'iré magneky Ananjy."[33]Kôfa naregny zagny
iré tao amin'ny filan-kevitra, de vignitra zaré sady tiàmono iré Apostoly. [34]Fô nisy Fariseo raika nantsôvigna hoe
Gamaliela, mpampiana-dalàgna, zay najain'ôlo jiaby, nitsangagna ary nandidy iré apostoly mbô ho alaigna aby
hely agny ivailany.[35]Ary izy nivôlagna tamin-jaré hoe: "Lalahy Israely, tandremo tsara ny amin'ny raha zay ho
atonaré miaraka amin'iré ôlogna iré. [36]Fô tagny alôha tagny, Teodasy nivôlagna ny taignany ho raha, ary
vôndron'ôlogna, tôkony ho efa-jato, nagnaraka ananjy. Nivonigana izy, ary iré jiaby zay nagneky ananjy de
niparitaka ary tônga tsinontsinogna. [37]Avy té io lalahy io, Jodasy avy agny Galilia de nitsangagna tamin'ny
andron'ny fagnisagna ary nitaogna ôlogna maromaro hagnaraka ananjy. Izy koà de nivoninaré, ary iré jiaby iré
de niparitaka.[38]Ary avaizo de volagniko aminaré, magnalavira an'iré lalahy iré ary ambilay raika zaré, fô kô avy
amin'ôlogna io drafitra na io asa io, de ho foàgna zagny. [39]Fô kô avy amin'Andriamanitra ndraiky, de tsy ho

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

azonaré foàgna iré; mety ho hitanaré aza fô miady amin'Andriamanitra anaré.'' De resy lahatra zaré.[40]Ary
nagnatso an'iré Apostoly hiditra zaré ary namely sy nandidy anin-jaré tsy hivôlagna amin'ny agnaran'i Jesosy, ary
namaila ananjaré handaiha. [41]Zaré de nandao ny filan-kevitra tam-pifaliagna satrià mendrika ny hitôndra fafam-
baraka ho an'lay Agnaragna. [42]Tafaran'zay isan'andro, tsy nitsahatra nampianatra sy nitory an'i Jesosy ho Kristy
zaré, teo an-kianjan'ny eglizy sy tamin'ny tragno maro.

## Chapter 6

[1]Ary tamin'izegny andro zegny, kôfa nihanitômbo ny isan'ire pianatra, de nanomboka nisy fitaraignana natôn'ire
Jiosy mivôlagna amin'ny teny Grika hanohairagna irè Hebreo, satrià natônjare tsy dikany irè mpitôndra-taignany
tamin'ny firasagna hanigna isan'andro.[2]Ny ro ambiny fôlo de nagnantso ho agny aminjaré sady nivôlagna hoe:
''Tsy mety ho antsika ra miàla ny tenin'Andriamanitra mbô hikarakara irè latabatra. [3]Noho zegny anare de tôkony
mifidy, ry ralahy, fito aminare, lalahy tsara laza, feno ny Fagnahy sy fahindriagna, mbô ho tendrenay hikarakara
zegny raraha zegny. [4]Raha ny aminay, de hanohy hatragny amin'ny fivavahagna sy amin'ny fampianaragna ny
amin'ny teny zaihay.''[5]Nafinaritra ny ôlo jiaby ny teny natônjare. Kay nifidy i Stefana zare, lalahy feno finoàgna sy
Fagnahy Masigna, ary i Filipo, Prokoro, Nikanora, Timona, Parmena ary Nikoleo, Proselyta avy agny Antiokia. [6]Irè
mpino de nitôndra irè lalahy tagnatraihan'ny Apostoly, zay nivavaka sy namaitraka ny tagnany taminjare.[7]Kay
nipaitraka hatragny ny tenin'Andriamanitra, ary ny isan'ny pianatra takô Jerosalema de nianitômbo be, ary
mpisorogna maro ne no lasa mpagneky ny finoàgna.[8]Ary i Stefana, feno fasoàvagna sy hery, de nagnano
fagagagna sy famantaragna maventy tamin'ny vahoàka. [9]Fô nisy vahoaka sanagny nitsangagna zay an'ny
Synagogan'ny Libertina, sy an'ny Kyreniana sy Aleksandriana, ary ny sanagny avy agny Kilikia sy Azia. Ire ôlo irè
de niady hevitra tamin'i Stefana.[10]Izy irè de tsy natôhitra ny fahindriagna sy ny Fagnahy zay nivolagnin'i Stefana.
[11]Avake de nisy ôlo nagnanôvan-jare kolikoly mbô hivôlagna hoe: ''Aifa regninay i Stefana nivôlagna ratsy
momban'i Mosesy sy Andriamanitra.''[12]Nanaitra ôlo zare, ny lôhôlogna, sy ny panôra-dalagna, de nagnatogna
amin'i Stefana zare ary nanambotra ananjy sy nitôndra ananjy tagnatraihan'ire panôlotsaigna. [13]Ary zare de
nitôndra vavolambelogna diso, de nivôlagna hoe: ''Itô lalahy itô de tsy midôka mivôlagna ratsy itô toeragna
masigna itô sy ny lalàgna. [14]Fô zaihay de naregny ananjy fô i Jesosy avy agny Nazareta io de handrava itô
toeragna itô sy hagnôva irè fomba zay natôlotr'i Mosesy antsika.'' [15]Ire jiaby zay nipaitraka tamin'ny toeran'ny
panolotsaigna de nandinika ananjy kay nahita fô kara anjely ny tarehiny.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 7

[1]Ny mpisorognabe nivôlagna hoe: "Marigna mô zagny jiaby zagny?" [2]Stefana nivôlagna hoe: "Ry rahalahy sy ry
ray, tandrignaiso zaho: "Ny Andriamanitrin'ny voninahitra niseho tamin'i Abrahama baban-tsika tamin'izy tagny
Mesopotamia, talôhan'ny nipitrahany tao Harana; [3]nivôlagna taminanjy Izy hoe: "Mialà eo amin'ny taninô anô sy
re havanô, ary mandihana agny amin'lay tany zay natoroko anô."[4]Avy eo niala an'lay tanin'ny Kaldeana izy ary
nipaitraka tagny Harana; nanomboka te, tafaran'ny nahafetasan'ny papany, nindôsin'Andriamanitra tagny
amin'io tany io izy, zay hipitrahanô zô. [5]Tsy namiany ho lôva te izy, ahe, tsy ampy hamitrahagna tongotra aby. Fô
nagnomia toky izy na de mbola tsy nanan-janaka aza i Abrahama fa izy de hagnomia ny tany ananjy ho
fanagnany sy ho an're taranagny agny afarany.[6]Andriamanitra de nivôlagna taminanjy karanjô, fô re taranany de
hipaitraka maharitra agny amin'ny tanin'ny firenen-kafa, ary re mponina ao de hitôndra ananjy re amin'ny
fagnandivôzagna sy fampahoriagna mandritry ny efa-jato tôgna. [7]'Naifa ho tsaraiko ny firenegna zay tompoen-
jaré,' hoy Andriamanitra, 'ary afarany zagny de hagnatogna sy hidaira Anahy eo amin'io toairagna io zaré. [8]Avy te
namian'Andriamanitra an'i Abrahama ny fagnikiagna amin'ny famoragna, kai i Abrahama de nanjary
baban'Isaka ary namôra ananjy tamin'ny andro fahavalo; Isaka de nanjary baban'i Jakoba ary Jakoba nanjary
baban're patriarika roa ambin'ny fôlo.[9]Satria re Patriarika de nialogna an'i Josefa, kai nambidinjaré tagny Egypta
izy; fô Andriamanitra de niaraka taminanjy [10]ary namonjy ananjy tamin're olagnananjy jiaby. I Josefa de namiany
fankasitrahagna sy fahendregna te agnatraihan'i Farao, mpanjakan'i Egypta, zay namaitrakananjy ho governora
manapaka an'i Egypta sy ambonin're fanagnany jiaby.[11]Ary de tônga ny silôgna nagnairagna an'i Egypta sy
Kanana, sy fijaliam-be, ary re razantsika de tsy nahita hanigna. [12]Fô kôfa naharegny i Jakoba fô nisy vary tao
Egypta, nandaifa re razantsika tamin'ny dianjaré vôlôany izy. [13]Tamin'ny dianjaré faharoa i Josefa
nampahafantatra ny taignany tamin're rahalahiny, ary ny fianakavian'i Josefa de nanjary fantan'i Farao.[14]Josefa
de nagnasa re rahalahiny hivôlagna an'i Jakoba babany mbô ho avy agny Egypta miaraka amin're havany Jiaby,
te amin'ny dimy ambin'ny fitopôlo ôlogna kô atambatra. [15]Noho zagny Jakoba de nirôrogna tagny Egypta, ary
maty izy, izy sy re razantsika. [16]Nilanjaigna ho agny Sekema zaré ary nalevigna tamin'ilay fasagna zay novidin'i
Abrahama tamin'ny vôlafotsy tamin're zanak'i Hamora tagny Sekema.[17]Kôfa nariny ny fotoagnan'lay
fampanantinagna zay natôn'Andriamanitra tamin'i Abrahama, de nahaimaro sy nitômbo ny ôlogna tagny Egypta,
[18]mandra-pitsanganan'ny mpanjaka hafa tagny Egypta, mpanjaka zay tsy nahafantatra ny mômba an'i Josefa. [19]Io
mpanjaka io foagna no namitaka ny vahoakantsika sy nampahory re razantsika, zaré de nanery ny razantsika
handao re zanany ambava loza mbô tsy ho velogna.[20]Taminjany fotoagna zagny i Mosesy no tairaka; izy de tsara
tagnatrehan'Andriamanitra ary nitaizaigna telo vôlagna tan-dragnon'ny Babany. [21]Kôfa navoaka tagny ivailagny
izy, de ny zanaka vavin'i Farao no nanangagna sy nitaiza ananjy karany zanany lahy.[22]I Mosesy de nampianarigna
re fahindriagna jiaby nanagnan'ny Egyptiana, ary izy de nahery tamin'ny teniny sy ny asany. [23]Kôfa ho efapôlo
tôgna izy, tônga tam-pony ny hitsidika re rahalahiny, zanak'Israely. [24]Nahita Israelita raika zay nampahoriagna
kai niaro ananjy Mosesy sady namaly an'lay nampahory ananjy tamin'ny famonoagna lay Egyptianina.
[25]Nihevitra izy fô ho azon're rahalahiny fô tamin'ny alalan'ny tagnany Andriamanitra no nagnavotra anjaré, naifa
de tsy azonjaré zagny.[26]Ny andro magnaraka de tônga tamin're Israelita sanany izy raha izy re nifanditra;
nagnandragna ny nampitony ny tsiraikiraiky aby izy, nivôlagna hoe: [27]"A lalahy, mpirahalahy anaré, kai magnino
anaré no mifandratra?" Fô ny raika zay nagnano tsy nety tamin'ny namany nanôsika ananjy, ary nivôlagna hoe:
"Zôvy no nanendry anô ho mpanapaka sy hitsara anay? [28]Tianô mô ny hamono anahy, karaha ny namonoànô re
Egyptianina ny omaly?"[29]Nilaifa i Mosesy kôfa naharegny zagny; lasa mpiavy izy tao amin'ny tanin'ny Midiana,
zay nitairahany ny zanany roa lahy. [30]Kôfa dila ny efapôlo tôgna, nisy anjely raika nipoitra taminanjy tagny
an'efitra tagny an-tendrombohitra Sinay, teo amin'ny lelafon'lay voaroy nirehitra.[31]Kôfa tazan'i Mosesy lay afo,
magnana izy tamin'lay fahitana; ary kôfa nagnatogna izy kai nizaha lay izy, indro avy agny nisy feon'ny Tompo
nivôlagna hoe: [32]"Zaho no Andriamanitr'ire razanô, Andriamanitr'Abrahama, sy Isaka, ary Jakoba." Nangitakitaka
i Mosesy ary tsy nasahy nizaha.[33]Ny Tompo nivôlagna taminanjy hoe: "Alà ny kapa amin'ny tongonô, fô io
toairagna zay hitsangananô io de tany masigna. [34]Aifa hitako tikoatra ny fijaliagnan'ny vahoakako zay ao Egypta,
regniky ny fitaraignanjaré, ary aifa nirôrogna nagnavotra anjaré Zaho; kay avahizo, alaifako ho agny Egypta
anô."[35]Io lay Mosesy zay nilavinjaré, kôfa nivôlagna zaré hoe: "Zôvy no nanendry anô ho mpanapaka sy ho
mpitsara?" Izy lay tôkagna zay nalaifan'Andriamanitra sady ho mpanapaka no mpagnavotra. Andriamanitra
nandaifa ananjy tamin'ny alalan'ny tagnan'ilay anjely zay nipoitra tamin'i Mosesy tagny amin'ny voaroy.
[36]Nitarika ananjy re hiala tagny Egypta i Mosesy, kôfa avy nagnano fahagagana sy famantaragna tagny Egypta sy
tagny amin'ny ranomasina mena, ary tagny an'efitra nandritry ny efapôlo tôgna. [37]Io foagna lay Mosesy zay
nivôlagna tamin'ny vahoakan'Israely hoe: "Andriamanitra de hanangagna mpaminagny ho anaré eo amin'ny

rahalahinaré, mpaminagny karaha anahy.'"[38]Izy lay lalahy zay tam-piangonagna tagny an'efitra niaraka tamin'lay
anjely zay nivôlagna tamin'ny teny amin'tendrombohitr'i Sinay. Izy ilay lalahy niaraka tamin're razantsika; Izy
ilay lalahy niaraka tamin're razantsika; izy ilay lalahy zay nandray ny teny velogna zaraigna ho antsika. [39]Izy ilay
lalahy zay tsy nankatoavin're razantsika; natôsikanjaré lavitra anjaré de nierina tagny Egypta zaré. [40]Tamin'io
fotoagna io nivôlagna tamin'i Arona zaré hoe: "Hanaovy Andriamanitra zahay hitarika anay, karaha an'i Mosesy,
zay nitarika antsika hiboaka agny Egypta, tsy fantatsika zay nitranga taminanjy."[41]Ary nagnano aomby lahy kely
zaré taminjany andro zagny ary nitôndra fagnatitra tamin'lay sampy, ary nifaly tamin'ny asan-tanagny zaré.
[42]Nitodika Andriamanitra ary namaila anjaré mbô ho fidairagna re kintagna agny an-dagnitra, karan'ny
voasôratra tao amin'ny bokin'ny mpaminagny: "Anaré mô nanôlotra taminahy biby maty sy fagnatitra
nandritrin'ny efapôlo tôgna tagny an'efitra, tragnon'ny Israely?[43]Nikenaré ny tabernakelin'i Moloka sy ny
kitan'Andriamanitra Refana, sy iré sary zay atonaré hidairagna ananjy, ary Zaho hitondra anaré agny
ankoatran'ny Babylona."[44]Re razantsika de nagnana tabernakelin'ny fijoroagna vavolombelogna tagny an'efitra,
araka ny baikon'Andriamanitra kôfa nivôlagna tamin'i Mosesy Izy, zay tôkony nataony nitovy tamin'lay fomba
aifa hitany. [45]Io lay tragnolay zay nalain'iré razantsika, ary nindôsiny tagny amin'lay tany niaraka tamin'i Josoa, te
agnatraihan're razantsika, re fanagnan'ny firenegna zay nandroahan'Andriamanitra ny tany zay niraisin-jaré ho
fanagnanjaré manôkagna, Ilay tragnolay de nipaitraka tagny amin'ilay tany nandritry ny andron'i Davida, [46]ary
izy nahazo fankasitrahagna tao amin'ny fahitan'Andriamanitra ary nanontany raha hahita toairagna honaignana
ho an'Andriamanitr'i Jakoba.[47]Fô i Salomona no nagnamboatra ny tragno ho an'Andriamanitra. [48]Na zagny aza, ny
Avo indrindra de tsy nipaitraka tao amin'ny tragno vita tamin'ny tagnana, araka ny voalazan'ny mpaminagny
hoe: [49]"Ny lagnitra no seza fiandrianako, ary ny tany no fitoeran-tongotro. Tragno kara ino no afaka hamboarinô
ho Anahy? Hoy ny Tompo, na toairagna kara ino no hitsaharako?" [50]Tsy tagnako mô no nagnano re raha jiaby re?
[51]Re ôlogna mafy hatoka sy tsy voafôra ao am-po sy tadiny, anaré de manohitra foagna ny Fagnahy Masigna;
anaré de magnano kara zay nataon'ny razanaré. [52]Zôvy tamin're razanaré no tsy nanenjika mpaminagny?
Nivoninjaré ny mpaminagny zay niseho talôhan'ny fiavin'ilay Fahamarinagna, ary avahizo anaré de lasagna
mpamadika sy mpamono ananjy koà, [53]anaré vahoaka zay nandray ny lalàgna zay napaitrak're anjely, kanaifa tsy
nitagnanaré zegny."[54]Ary kôfa naharegny re raha re ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra, tohigna ny fônjaré,
ary nihidy vazagna zaré tamin'i Stefana. [55]Fô izy, zay feno ny Fagnahy Masigna, nizaha tsara ny lagnitra ary
nahita ny voninahitr'Andriamanitra, ary nahita an'i Jesosy nijoro te ankavanan'Andriamanitra. [56]Stefana
nivôlagna hoe: "Zahà, itako misôkatra ny Lagnitra, ary ny zanak'Ôlogna mijoro eo ankavanan'Andriamanitra."[57]Te
amin'zagny de notapenan're mpikambagna ao amin'ny filan-kevitra ny tandigninjaré, ary nihafatra niaraka
tamin'ny feo ambôny, nihazakazaka zaré nankagny aminanjy. [58]Nitaritin-jaré ivailan'ny tanàgna izy ary
nanomboka nitôra-bato ananjy zaré, ary re vavolombelogna de namaitraka ny akanjony te amin'ny tongotr'lay
zaza lahy nantsôvigna hoe Saoly.[59]Kô nitôra-bato an'i Stefana igny zaré, nagnantso mafy ny Tompo izy ary
nivôlagna hoe: "Tompo Jesosy, raiso ny fagnahiko." [60]Nandohalika izy ary nagnantso tamin'ny feo mahery hoe:
"Tompo, aza tagnana zô ota zô hanohairagna anjaré." Kôfa avy nivôlagna anjany izy de maty.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 8

[1]Nagneky ny fafataisagna i Saoly. Kay nanomboka tamin'io andro io ny fagninjaihagna maventy be hanohairagna
ny fiangonana zay tao Jerosalema; ary iré mpino jiaby de niparaitaka nagnairagna iré faritry Jodia sy Samaria,
ankoatra iré apostoly. [2]Ré lalahy matahotra an'Andriamanitra de nandevigna an'i Stefana ary nagnano hira
fisaonagna ananjy. [3]Fô Saoly de nandratra tantairaka ny fiangonagna; nitety tragno izy ary nalaka iré lalahy sy iré
viavy, ary nandaifa ananjy an-tragno maizigna.[4]Fô iré mpino zay nipaitraka de nandaiha nitory teny. [5]Filipo de
nirôrogna tagny amin'ny tanam-ben'ny Samaria ary nitory an'i Kristy taminjaré.[6]Kôfa naregny sy nahita iré
famantaragna zay natôn'i Filipo ny vahoàka maro, de nifantoka tsara tamin'zay nivôlagniny zaré. [7]Ré Fagnahy
maloto de nivoàka tamin'iré maro zay nidirany, nihafatra mafy, ary maro tamin'iré malemy sy kilemaigna no
nahivagna. [8]Noho zagny de nisy fifaliàm-be tao amin'ilay tanàm-be.[9]Fô nisy lalahy raika antsôvigna hoe Simona
tao amin'ny tanàm-be, zay nalaky no nidôla aody; maheka nahamagnamagnana iré vahoakan'ny Samaria izy,
kôfa nagnambara fô izy de ôlogna manan-danja. [10]Samaritana jiaby,manomboka amin'ny faran'ny hely, de
nitandregny tsara ananjy; ary aozinjaré hoe: "Io lalahy io de lay fahifan'Andriamanitra zay antsôvigna hoe
Maventy." [11]Zaré de nitandregny ananjy, satrià izy de nahamagnamagnana ananjaré aifa nandritry ny fotoagna
aila tamin'iré aodiny.[12]Fô kôfa nino an'i Filipo zaré noho izy nitory ny filazatsara mômba ny
fanjakan'Andriamanitra sy ny agnaran'i Jesosy Kristy, de natô batisa zaré, na iré lalahy na iré viavy. [13]Na i Simona
aza de nino, ary tafaran'ny nagnanôvagna batisa ananjy de nidôko niaraka tamin'i Filipo foàgna izy. Kôfa nahita
iré famantaragna sy asa maventy be zay naseho izy, de magnana.[14]Ary kôfa tandrignaisanaré apostoty ao
Jerosalema fô nandray ny tenin'Andriamanitra Samaria, de nalaifan-jaré tagny aminjaré i Petera sy Jaona. [15]Kôfa
nirôrogna zaré, mbô mety handraisanjaré ny Fagnahy Masigna. [16]Fô mandrapahatôngan'zagny fotoagna zagny, de
mbôla tsisy nilatsahan'ny Fagnahy Masigna mihitsy zaré; fô vita vita batisa tamin'ny agnaran'ny Tompo Jesosy
foàgna. [17]Avy té i Petera sy Jaona de namaitraka ny tagnany teo aminjaré, ary de nandray ny Fagnahy Masigna
zaré.[18]Ary kôfa Hitan'i Simona fô ny Fagnahy Masigna de natôlotra te an-tagnanjaré apostoly tamin'ny alala'ny
famintrahan-tagnana, de namiàny vôla zaré. [19]Aoziny hoe: "Amià anahy foàgna zagny, kay zay jiaby amitrahako
tagnana de mety handray ny Fagnahy Masigna."[20]Fô Aozin'i Petera taminanjy hoe: "Ho levogna miaraka aminô ny
vôlafotsinô, satrià anô nieritreritra ny hahazo ny fagnomiazan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Vôla. [21]Anô de tsy
managna anjara na ampahany amin'ny raha zagny, satrià ny fônao de tsy marigna amin'Andriamanitra. [22]Noho
zagny mibaibaha amin'ny faratsiagnanô, ary mivavaha amin'ny Tompo, sao mbô mety hamaila ny fagnirian'ny
fônô Izy. [23]Fô zaho mahita fa anô de voapoezignan'ny fahotagna anô."[24]Simona namaly ary nivôlagna hoe:
"Mivavaha amin'ny Tompo ho anahy, mbô tsy hisy hitranga aminahy ré zay nivolagninô."[25]Kôfa nijoro
vavolombelogna sy nagnambara ny tenin'ny Tompo zaré, de niherigna tagny Jerosalema i Petera sy Jaona, nitory
ny filazantsara tamin'iré tanàgna maro ao Samaritana.[26]Ary nisy anjelin'ny Tompo nikoragna tamin'i Filipo sady
nivôlagna hoe: "Mitsangàna ary mandihana miagnatsimon'ny lalagna mirôrogna avy agny Jerosalema mankagny
Gaza." (Io lalagna io de agny an'efitra.) [27]De nitsangagna izy ary nandaiha. Indro, nisy lalahy avy agny Etopia,
tandapan'ny Kandasy, mpanjaka vavin'iré Etiopiana. Izy no niandaikitra ny hariagna jiaby. Tonga tagny
Jerosalema izy mbô hidaira. [28]Ary nôdy izy kay nipaitraka teo amin'ny kalesany, ary namaky ny tenin'Isaia
mpaminagny.[29]Ary lay fagnahy nivôlagna tamin'i Filipo hoe: "Mandihana Ary aza miala lavitra an'io kalesy io."
[30]Kay niazakazaka nagnatogna ananjy izy, ary naregny ananjy namaky teny tao amin'Isaia mpaminagny, ary
nivôlagna hoe: "Azonô mô i raha vakinô io?" [31]Nivôlagna lay Etiopiana nagnano hoe: "Akôry ny ahaizako kô tsisy
ôlo mitari-dalagna anahy?" Niangavy an'i Filipo izy mbô hagnatogna ny kalesa ary hipaitraka hiaraka aminanjy.
[32]Ary ny andalan-tsoratra masigna zay nivakin'ilay Etiopiana de nagnano hoe: "Nindôsigna hivonigna karaha ny
ondry izy, ary karaha ny zanak'ondry moà eo alôhan'ny mpagnety ananjy, noho zagny de tsy niloàm-bava izy. [33]Fô
tamin'ny fagnalam-baraka ananjy de nalàny taminanjy ny rariny. Zôvy no afaka hamaritra tantairaka iré
taranany? Nohon'ny aignany nalàny teto an-tany."[34]Noho zagny de nagnontany an'lay tandapa i Filipo, nagnano
hoe: "Mitalaho aminô zaho, zôvy no volagnin'io mpaminagny io, ny taignany foàgna, sa ôlon-kafa ?" [35]Nanomboka
nivôlagna i Filipo, ary nanomboka tamin'zagny sôratra masigna zagny no nitoriany ny filazantsara mômba an'i
Jesosy taminanjy.[36]Kôfa nandaiha tagny an- dalagna zaré, de nagnatogna tagny amin'zay nisy rano zaré ary
aozin'lay tandapa hoe: "Irô, misy rano akéto.Ino no manakagna anahy tsy atô batisa?" [37](Fagnamarihagna: Aozin'i
Filipo hoe: "Kô mino amin'ny fônô anô, de afaka atô batisa." Ilay Etiopiana namaly hoe: "Mino zaho fô Jesosy
Kristy no zanak'Andriamanitra.") [38]Kay nasain'lay Etiopiana nadôka lay kalesa. Nirôrogna nankagny amin'ny rano
zaré, i Filipo sy lay tantapa, ary natôn'i Filipo batisa izy.[39]Kôfa nivoàka ny rano zaré, de nindôsin'ny Fagnahin'ny
Tompo i Filipo, kay tsy hitan'lay tandapa eky izy, fô nandaiha tam-pifaliagna tagny amin'ny lalany. [40]Fô i Filipo de


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

niseho tagny Azota ary nitety io faritra io izy, nitory ny filazantsara airakin'ny tanam-be jiaby mandrapahatôngany tagny Kaisaria.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 9

[1]Fô i Saoly, de mbôla nivôlagna fandrahôgnana foagna agny fô na hatramin'ny famonoagna manôhitra re
mpianatry ny Tompo aza, nandaiha tagny amin'ny mpisorognabe [2]ary nangataka taratasy taminjaré ho an're
synagoga tao Damaskosy, kôfa mahita na zôvy na zôvy eo amin'ny Lalagny izy, na lalahy na viavy, de indôsiny
hifatotra agny Jerosalema zaré.[3]Kô mbôla nandaiha izy, de zao no nitranga kôfa tônga tankilany Damaskosy izy,
tampoka te de nisy hazavagna nangilangilatra magnodidigna ananjy avy agny an-dagnitra; [4]ary lavo tamin'ny
tany izy kay naregny feo nivôlagna taminanjy hoe: "Saoly, Saoly, nagnino anô no nagnenjika Anahy?"[5]Saoly
namaly hoe: "Zôvy Anô, Tompo?" Aozin'ny Tompo: "Zaho no Jesosy zay injehinô, [6]fô mitsangàna, midira an-
tanàgna, ary hivolagnina aminô zay tsy maintsy ataonô." [7]Ny lalahy zay niara-dià tamin'i Saoly de nijoro tsy
nahavôlagna, naharegny ny feo, fô tsy nahita na izôvy na izôvy.[8]Nitsangana avy tamin'ny tany i Saoly, kôfa
nanôkatra ny masony izy, de tsy afaka nahita na ino na ino izy; kai nitantanan-jaré tamin'ny tagnany izy ary
nindôsinjaré tagny Damaskosy. [9]Tsy nahita izy nandritry ny telo andro, ary tsy nihinagna izy no sady tsy nisotro.
[10]Ary nisy mpianatra tao Damaskosy antsovigna hoe Ananiasy. Nivôlagna taminanjy tamin'ny fahitagna ny
Tompo: "Ananiasy!" Aoziny: "Indro, tô zaho, Tompo." [11]Nivôlagna taminanjy ny Tompo: "Mitsangàna, ary
mandihana agny amin'ny lalagna zay antsôvigna hoe Mahitsy, ary kôfa andragnon'i Jodasy de mangataha
amin'lay lalahy avy agny Tarsosy antsôvigna hoe Saoly, fô mivavaka izy. [12]Aifa nahita tamin'ny fahitagna ny
fihavin'ny ôlogna antsôvigna hoe Ananiasy izy ary hamaitraka ny tagnany aminanjy, kai mety hahita ndraika
izy."[13]Fô namaly Ananiasy hoe: "Tompo, aifa naregny tamin'ny raha maro mômba io ôlogna io zaho, mikasika ny
ratsy natôny tamin'ny ôlognanô masigna tao Jerosalema. [14]Nanagna fahifagna tamin'ire lôhan'ny mpisorogna izy
mbô hisambotra zay ôlo jiaby magnatso ny Anaragnanô akéto." [15]Fô ny Tompo nivôlagna taminanjy hoe:
"Mandihagna, fô izy de fitôvagna nifidiky, mbô hitôndra ny Agnarako alôhan'ny Jentilisa sy re mpanjaka ary ny
zanak'Israely; [16]fô asehoko ananjy hoe akôry ny fijaliàny noho ny amin'ny Agnarako."[17]Kai lasagna i Ananiasy, ary
niditra tandragno. Namaitraka ny tagnany taminanjy, de nivôlagna izy hoe: "Rahalahy Saoly, ny Tompo Jesosy,
zay niseho taminô tan-dalagna kôfa nandaiha atô anô, no nandaifa anahy tatô mbô mety hahiratanô ary ho feno
ny Fagnahy Masigna." [18]Te no ho eo de raha karaha ny kiran-dôko no nindahany avy tamin'ny mason'i Saoly, ary
nahita izy; nitsangana izy ary natao batisa; [19]ary nihinagna izy kai nahazo hery. Nipaitraka niaraka tamin'ire
mpianatra tao Damaskosy nandritry ny andro maro izy.[20]Avy hatrany de nagnambara an'i Jesosy tamin'ny
Synagoga izy, nivôlagna fô Izy no Zanak'Andriamanitra. [21]Zay naregny jiaby de magnana ary nivôlagna hoe: "Tsy
ôlogna io mô no namono re tagny Jerosalema zay nagnatso tamin'io agnarana io? Tônga akèto izy mbô halaka
anjaré ifatôragna ho agny amin'ny mpisorognabe." [22]Fô nanjary nahainahery i Saoly, ary nampahory ny Jiosy zay
nonigna tao Damaskosy kai nagnaporofo fô Jesosy no Kristy.[23]Tafaran'ny andro maromaro, niara-nagnano
ndrafitra mbô hamono ananjy re Jiosy. [24]Fô lasa fantatr'i Saoly ny tetikanjaré. Ary nandigny ny vavahady andro
aman'aligna mbô hamono ananjy zaré. [25]Fô nalaka ananjy tandrohaligna re mpianany ary namela ananjy
hirôrogna tamin'ny rindrigna, nandrôrogna ananjy tagnaty bazary.[26]Kôfa tônga te Jerosalema izy, de
nagnandragna ny hagnatogna re mpianatra i Saoly, naifa natahotra ananjy daholo zaré, tsy nino fô mpianatra izy.
[27]Fô nalaka ananjy i Barnabasy ary nitôndra ananjy tamin'ire Apostoly, ary nivôlagna taminjaré izy hoe akôry no
nahitan'i Saoly ny Tompo tagny an-dalagna sy ny nivolagnan'i Tompo taminanjy ary akory no nitorian'i Saoly am-
pasahiagna tamin'ny Agnaran'i Jesosy tao Damaskosy.[28]Nitrôtra taminjaré izy kôfa niditra ary niboaka an'i
Jerosalema. Nivôlagna am-pasahiagna tamin'ny Agnaran'i Jesosy Tompo izy [29]ary niady hevitra niaraka taminjaré
Helenista; naifa mbôla niaizaka ny hamogno ananjy foagna zaré. [30]Kôfa fantan're rahalahy zegny, de nindôsinjaré
nirôrogna tagny Kaisaria izy ary nalaifagny ho agny Tarsosy izy.[31]Ary avy te, ny fiangonagna nagnairagna an'i
Jodia jiaby, Galilia, ary Samaria nanagna fiadanagna ary voaorigna; ary, nandaiha tamin-tahotra ny Tompo sy
tamin'ny fampiononan'ny Fagnahy Masigna, kai nitômbo isa ny fiangonagna. [32]De tônga zagny avahizo, kô
nandaiha nagnairagna ny faritra jiaby Petera, de nandaiha nirôrogna tagny amin'iré mpino zay nipaitraka tao
amin'ny tanagnan'i Lyda koà izy.[33]Nahita ôlogna antsovigna hoe Aenasy tao izy, zay aifa tam-pandriagna
nandritra ny valo tôgno, satria nalemy izy. [34]Petera nivôlagna taminanjy hoe: "Aenasy, mampahivagna anô Jesosy
Kristy. Mitsangàna ary amboaro ny fandriagnanô, ary niaraka taminjany de nitsangagna izy. [35]Fô zay nipaitraka
jiaby tao Lyda sy tao Sarona de nahita ny lalahy kai nitodika tamin'ny Tompo zaré."[36]Ary nisy mpianatra raika
antsovigna hoe Tabita tao Jopa, zay adika hoe: "Dorkasy." Nagnano asa soà baitsaka ioviavy io ary nagnano
fagnampiagna feno asa fiantragna zay natôny ho an'ny mahantra. [37]Tamin'ire andro re de narary izy ary maty;
kôfa nagnasa ananjy zaré, de napaitranjaré tao amin'ny efitragno ambony izy.[38]Satria aifa nariny an'i Lyda i Jopa,
ary naregny re mpianatra fô takô Petera, de nandaifa ôlogna roa tagny aminanjy zaré, niangavy ananjy: "Mbô
tongava agny aminay tsisy hatak'andro." [39]Nitsangagna Petera ary nandaiha niaraka taminjaré. Kôfa tônga izy, de

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

nitôndra ananjy tao amin'ny efitra ambôny zaré, ary ny mpitondrataigna jiaby nitsangagna takilagny nitomoagny, nampiseho ananjy akanjo sy ny lamba zay natôn'ny Dorkasy tamin'izy niaraka taminjaré.[40]Nalaifan'i Petera tagny ivailan'ny efitra zaré jiaby, nandohalika, ary nivavaka; avy te, nitodika tamin'lay razagna, nivôlagna izy hoe: "Tabita, mitsangàna." De nanôkatra ny masony izy avy te, ary nahita an'i Petera izy de niarigna. [41]Avy te nanôlo-tagnana ananjy Petera ary nampitsangagna ananjy; ary kôfa nagnantso re mpino sy re mpitondrataigna izy, de nasehony taminjaré ny fahavilômany. [42]Lasa fantatra nagnairagna an'i Jopa jiaby zagny raha zagny, ary ôlogna maro no nino ny Tompo. [43]Taminjany Petera de nipaitraka andro maromaro niaraka tamin'lay lalahy raika antsôvigna hoe Simona tao Jopa, zay mpandoko hoditra.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 10

[1]Ary nisy lalahy raika tamin'ny tanagnan'ny Kaisaria, atao hoe Kornelio, kapitenin're antoko Miaramila Italiana.
[2]Lalahy mpivavaka izy, lay raika zay midaira an'Andriamanitra miaraka amin'ny ankohonany jiaby; nagnomia
vola baitsaka an're zay tanatin'ny tsy fahampiagna izy, ary nivavaka mandrakariva tamin'Andriamanitra.
[3]Nanodidigna ny tamin'ny laira fahasivy mandraigna te ho eo, nahita mazava tamin'ny fahitagna
anjelin'Andriamanitra nagnatogna ananjy izy. Lay anjely nivôlagna taminanjy hoe: "A Kornelio!" [4]Kornelio
nibanjina lay anjely ary taigna natahotra kai nivôlagna hoe: "Fô ino tô, tompoko?" Lay anjely nivôlagna
taminanjy hoe: "Re vavakanô sy re fagnomaizanô ho agny mahantra de tafakatra ho fanati-pahatsiarôvagna eo
agnatraihan'Andriamanitra. [5]Ary magnasà lalahy hankagny amin'ny tanàgnan'ny Jopa mbô halaka lay lalahy
raika atao hoe Simona zay antsôvigna hoe Petera. [6]Mipaitraka miaraka amin'ny mpandôko hoditra antsôvigna
hoe Simona izy, zay agny amôron-dranomasigna ny tragnony."[7]Kôfa lasagna lay anjely zay nikoragna taminanjy,
de nagnantso ny roa tamin'ny mpanompony tan-tragno i Kornelio, ary miaramila mpivavaka raika tamin'ire zay
nanompo ananjy. [8]Kornelio nivôlagna tamijaré zay raha jiaby nitranga ary nandaifa anjaré tagny Jopa.[9]Ary ny
amaraigna nagnodidigna ny laira faha-enina teo, kô mbôla tagny an-dalagna zaré kai nagnatogna ny tanàgna, de
niakatra tagny ambony tafon-tragno i Petera mbô hivavaka. [10]Nanomboka nahay tihinagnana izy avy te kai
nizaha raha ho anigna, kanaifa raha mbôla te am-pandrahoagna hanigna ny ôlogna, de nahita fahitagna izy, [11]ary
nahita ny lagnitra nisôkatra izy sy fitahirizana raika nirôrogna, kara lamba be mirôrogna atô an-tany,
ampandrorôgnina amin'ny zôrony efatra. [12]Tao no nisy karazam-biby manan-tongotra efatra sy raha zay
mandady jiaby ambôn'ny tany, ary ny voron'ny lagnitra.[13]De nisy fe nivôlagna taminanjy hoe: "Mitsangàna, ry
Petera, mamonoà ary mihignàna." [14]Fô i Petera nivôlagna hoe: "Ahe, Tompo; fô mbôla tsy nihinagna raha zay
voarara sy tsy madio mihitsy zaho." [15]Saingy tônga taminanjy ampagnidroa ndraika lay feo hoe: "Zay
nodiovin'Andriamanitra, de tsy antsôvigna hoe fady." [16]Niseho in-telo zagny; ary avy te lay fitahirizagna de
nierigna niakatra teo no ho eo tagny an-dagnitra.[17]Ary kôfa very hevitra momba ny dikan'lay fahitagna zay hitany
i Petera, de indro, re lalahy zay nalaifan'i Kornelio nitsangagna talôhan'ny vavahady, avy te zaré de nagnontagny
zay lalanjaré mankao an-tragno. [18]De nagnantso zaré ary nagnontagny an'i Simona, natsôvigna koa hoe Petera,
zay nidôka te.[19]Ko mbôla nieritreritra momba lay fahitana i Petera, de nivôlagna taminanjy ny Fagnahy hoe:
"Indro, lalahy telo no mizaha anô. (Fagnamarihagna: Ny amin'ny dikan-teny talôha de hoe: "Lalahy ro no mizaha
anô" na "misy lalahy sasan-tsasagny mizaha anô.") [20]Mitsangàna ary mandrorôgna kai miaraha aminjaré. Aza
misalasala miaraka aminjaré, satria Zaho no nandaifa anjaré. [21]Ary Petera nirôrogna tagny amin'ire lalahy re kai
nivôlagna hoe: "Zaho lay zahanaré. Ino no antony nahatongavanaré?"[22]Aozinjaré: "Ny kapiteny antsovigna hoe
Kornelio, lalahy marigna ary ôlogna zay midaira an'Andriamanitra, ary tsara laza agny amin'ny firenegnan'ny
Jiosy jiaby, zay nivôlagnin'anjely masign'Andriamanitra mbô halaka anô ho agny an-dragnony, noho zagny de
afaka mitandregny ny hafatra avy aminô izy." [23]De nagnasa anjaré hiditra sy hidôko hiaraka aminanjy Petera. Ny
amaraignan'iny de nitsangana izy kai niaraka taminjaré, ary ny sanagny tamin're rahalahy avy agny Jopa de
nagnaraka ananjy.[24]Ny andro magnaraka de nankao Kaisaria zare. Kornelio de nandigny anjaré; nantsôviny
niaraka ny havany sy ny namany mariny.[25]Ary taminjany kôfa niditra Petera, nifankahita taminy i Kornelio ary
niankôhotra teo an-tongony mbô hidaira ananjy. [26]Fô Petera nagnampy ananjy, nivôlagna hoe: "Mitsangàna! Zaho
koa de ôlogna foàgna."[27]Kô mbôla nikoragna niaraka taminanjy i Petera, de niditra izy ary nahita ôlogna maro be
niara-niokogna. [28]Aoziny taminjaré hoe: "Ny taignanaré mahay fô tsy ara-dalagna ho an'ny Jiosy ny miara-miasa
na mamangy ôlogna avy amin'ny firenegna hafa. Fô Andriamanitra naneho taminahy fô tsy tôkony hagnantso
ôlo-pady na tsy madio zaho. [29]Zagny no antony nahatongavako tsisy fanakantsakanagna, kôfa nasainy Zaho. Kai
magnontany anaré zaho hoe nanigno anaré no magnasa anahy."[30]Kornelio nivôlagna hoe: "Efatra andro
mialohan'zao laira zao, de nivavaka tao an-tragnoko zaho tamin'ny laira fahasivy; ary nahita, lalahy raika
nitsangana talôhako nagnano akanjo nangilagilatra. [31]Aoziny hoe: 'A Kornelio, aifa regnin'Andriamanitra ny
vavakanô ary re fagnomaizanô' ho an're mahantra de mampatsiaro an'Andriamanitra ny mômba anô. [32]Noho
zegny de magnasà ôlogna ho agny Jopa, ary antsôvy mankagny aminô lay lalahy atao hoe Simona zay antsôvigna
hoe Petera. Mipaitraka an-tragnon'i Simona mpandon-koditra" antsôvigna hoe: Simona izy, zay agny amôron-
dranomasigna.' (Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talôha de magnampy hoe: "Kôfa tônga Izy, de hikoragna aminô."
) [33]Ary avy hatrany de nalaifako ho anô. Tsara fahatongavagna anô. Ary avaizo, antsika jiaby tônga aketo
amason'Andriamanitra, mbô hitandregny re raha zay nivolagnin'ny Tompo anaré no volagnina.
"(Fagnamarihagna: "Kôfa tôkony ho: "nivolagnin'ny Tompo no volagnina" no eo, de ny dikan-teny talôha de hoe:
"nivolagnin'Andriamanitra no volagnina.")[34]Avy te de nanôkatra ny vavany Petera ary nivôlagna hoe: "Marigna
tikoatra, fantako fô Andriamanitra de tsy miandagny na aminjôvy na aminjôvy. [35]Fô, agny amin'ny firenena

tsiraikiraiky na akaiza na akaiza no midaira sy magnano asa marigna de ikeny aby."[36]Fantatranaré lay hafatra zay
nalaifany ho an'ny ôlon'Israely, kôfa nagnambara filazantsara mômba ny fiadanagna avy amin'ny alalan'i Jesosy
Kristy izy, zay Tompon'ny raha jiaby. [37]Ny taignanaré de mahay re raha niseho zay taigna nitranga tao amin'ny
toairagna jiaby tagny Jodia, nanomboka tagny Galilia, tafaran'ny Batisa zay nivolagnin; i Jaona; [38]re raha nitranga
mikasika an'i Jesosin'ny Nazareta, ny fômba nagnosôron'Andriamanitra ananjy tamin'ny Fagnahy Masigna sy
tamin'ny hery. Nandaiha nagnano soà Izy sady nampahivagna re zay voagaijan'ny devoly jiaby, satria
Andriamanitra de niaraka taminanjy.[39]Isika de vavolombelon're raha vitan'i Jesosy jiaby, tagny amin'ny tanin'ny
Jiosy sy tagny Jerosalema. Nivoninjaré Izy tamin'ny alalan'ny fagnantôgnana Ananjy tamin'ny kakazo, [40]fô
Andriamanitra nanangagna Ananjy tamin'ny andro fahatelo ary nagnano zay hahitagna Ananjy, [41]tsy re ôlogna
jiaby, fô re vavolombelogna zay voafidin'Andriamanitra mialôha-tamintsika zay nihinagna sy nisotro niaraka
taminanjy tafaran'ny nitsanganany tamin'ny maty.[42]Nandidy anay izy mbô hagnambara amin'ny ôlogna sy hijoro
vavolombelogna, fô izy lay raika nifidin'Andriamanitra ho Mpitsaran'ny velogna sy ny maty. [43]Ho Ananjy no
hijoaran'ny mpaminagny jiaby vavolombelogna, mbô re zay mino ananjy no handray famelan-keloka amin'ny
alalan'ny Agnarany.[44]Kô mbôla nivolagna zagny raha zagny i Petera, de nilatsaka taminjaré jiaby zay nitandregny
ny hafany ny Fagnahy Masigna. [45]Re ôlogna tao anatin'ny vôndron'ny mpino voafora-reo jiaby zay niaraka tamin'i
Petera-de magnana, satria ny fagnomaizan'ny Fagnahy Masigna de nirotsaka ho an'ny Jentilisa koà.[46]Fô regninjaré
re Jentilisa zay nivôlagna amin're fivolagnana hafa sy mankalaza an'Andriamanitra. De namaly Petera hoe: [47]Misy
mô ôlogna afaka mitagna rano mbô tsy hagnanovagna batisa anjaré, re ôlogna zay mandray ny Fagnahy Masigna
karaha antsika koa? [48]De nandidy anjaré mbô atao batisa amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy izy. Ary nangataka
ananjy zaré mbô hipaitraka hiaraka aminjaré mandritry ny andro vitsivitsy.

## Chapter 11

[1]Ary ré apostoly sy iré ralahy zay tagny Jodia naharegny fô iré jentilisa foàgna koà de nandray ny
tenin'Andriamanitra. [2]Kôfa niakatra tagny Jerosalema i Petera, iré zay tao amin'ny antokon'iré voafôra
nanakiagna ananjy; [3]aozinjaré hoe: "Anô nikambagna niaraka tamin'iré lalahy tsy voafôra sady nihinagna
niaraka taminjaré."[4]Fô Petera nanomboka hagnazava ny raha-nitranga taminjaré tamin'ny antsipirihiny; aoziny
hoe: [5]"Nivavaka tagny amin'ny tanàgnan'ny Jopa zaho, ary nahitagna ny amin'ny fisian-javatra raika zay
nirôrogna, karaha ny lamba maventy nahidigna avy agny an-dagnitra tamin'iré zôrony aifatra zaho. Nirôrogna
taminahy také zagny. [6]Nimbanjigna zagny zaho ary nisaintsaigna mômba zagny. Nahita iré biby manan-tongotra
aifatry ny tany, iré biby dia, iré biby mandady, ary iré vôrogna agny amin'ny lagnitra zaho.[7]Avy te zaho de
naregny fe nivôlagna taminahy hoe: "Mitsangàna, ry Petera; mamono ary momoàna." [8]Azaho hoe: "Ahe, a Tompo;
fô tsy mbôla nisy raha tsy masigna na maloto mitsy niditra tam-bavako tato." [9]Fô lay feo namaly avy agny an-
dagnitra ndraiky hoe: "Zay nambaran'Andriamanitra fô mady, aza atôno maloto." [10]Niseho in-telo zagny, ary avy
te de nalaigna niherigna niakatra tagny an-dagnitra draiky ny raha jiaby.[11]Indro, teo no eo de nisy telo lahy
nitsangagna teo anolôan'ny tragno zay nisy anahy; nalaifa avy tagny Kaisaria nankaty amiko zaré. [12]Ny Fagnahy
de nandidy anahy hiaraka aminjaré, ary tsy tôkony hagnisy fizahan-tava aminjaré, ary tsy tôkony hagnisy
fizahan-tava aminjaré zaho. Iré ralahy enina iré de nandaiha niaraka taminahy, ary nandaiha nankao an-
tragnon'lay lalahy zahay. [13]Izy nivôlagna taminay ny nahitany anjely raika nitsangagna tao an-tragnony ary
nivôlagna hoe: "Magnàsà lalahy agny Jopa ary indôso miherigna i Simona zay antsôvigna hoe Petera. [14]Izy de
hilaza hafatra raika aminô zay havoavonjy anô - anô sy ny ankohonagnanô jiaby."[15]Kôfa vô nanomboka nivôlagna
taminjaré zaho, ny Fagnahy Masigna de tônga taminjaré, karaha ny nirorôgnany taminay, tagny am- bôlôhany.
[16]Tsaroako ny tenin'ny Tompo, ny nivolagnany hoe: "Jaona nagnano batisa tamin'ny rano tokoàtra; fô anaré de
mila hatô batisa ao amin'ny Fagnahy Masigna."[17]Koà raha Andriamanitra nagnomià anjaré ny fagnomaizagna
mitovy amin'zay namiàny antsika tamintsika nino an'ny Tompo Jesosy Kristy, zôvy zaho, no ho afaka hanôhitra
an'Andriamanitra?'' [18]Kôfa regninjarè zagny raha zagny, tsy nivôlagna na ino na ino hindôsigna mamaly zaré, fô
nidaira an'Andriamanitra ndraika zaré ary nivôlagna hoe: "Ary Andriamanitra nagnomià fibaibahagna ho
fiainagna ho an'iré jentilisa koà."[19]Ary iré zay naparaitaka noho ny fagninjaihagna zay niatomboka tamin'ny
fafataisan'i Stefana de nisaely lavitra tagny Foinika, Kyprosy, ary Antioka, fô zaré de nivôlagna ny hafatra mômba
an'i Jesosy tamin'iré Jiosy raika foàgna. [20]Fô ny sanagny taminjaré, iré lalahy avy agny Kyprosy sy Kyrena, de
nandaiha tagny Antioka ary nikoragna tamin'iré Grika foàgna koà, nivôlagna taminjaré ny filazantsara mômba
ny Tompo Jesosy. [21]Ny tagnàn'ny Tompo de niaraka taminjaré; maro isa no nino ary nitodika tamin'ny Tompo.[22]Iré
vôvô mômba anjaré de tônga tantadignin'ny fiangonana tao Jerosalema, ary zaré nagnàsa an'i Barnabasy hatrany
Antioka. [23]Kôfa tônga izy kay nahita ny fagnomaizan'Andriamanitra, de falifaly izy; ary izy nampahery anjaré
mbô hipaitraka miaraka amin'ny Tompo amin'ny fônjaré jiaby. [24]Satrià izy de lalahy tsara sady feno ny Fagnahy
Masigna sy finoagna, ary ôlogna maro no niampy ho an'ny Tompo.[25]De nandaiha nankagny Tarsosy i Barnabasy
mbô hizàha an'i Saoly. [26]Kôfa hitany izy, de nindôsiny tagny Antioka. Ary nandritry ny herintôgno angarangidiny
zaré de niara-niokogna niaraka tamin'ny fiangonagna ary nampianatra ôlogna maro. Iré mpianatra de
nantsôvigna vôlohany hoe Kristiana takô Antioka.[27]Ary tamin'zagny andro zagny de nisy mpaminagny maromaro
nirôrogna avy tagny Jerosalema nankagny Antioka. [28]Raika taminjaré, i Agabo no agnantsôvagna ananjy,
nitsangagna ary nitoroan'ny Fagnahy fô hisy silôgna be hitranga magnairagna izao tontolo zao. Nitranga zagny
tamin'ny andron'i Klaodio.[29]Noho zagny, iré mpianatra, araka ny fahafahan'ny tsiraikiraiky aby, de nanapa-
kevitra ny handaifa fagnapiagna ho an'iré rahalahy tagny Jodia. [30]Nagnano zagny zaré; nandefa vôla ho an'iré
lôhôlogna zaré tamin'i Barnabasy sy Saoly.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 12

[1]Ary tamin'zagny andro zagny Heroda mpanjaka nisambotra iré sanany zay an'ny fiangonagna mbô hahafahany
mampijaly zaré. [2]Nivoniny tamin'ny sabatra Jakoba ralahin'i Jaona.[3]Ary kôfa hitany fô nahafaly iré Jiosy zagny, de
nagnano zay hisambôragna an'i Petera koà izy. Zagny de nandritry ny andron'ny môfo tsisy masirasira. [4]Kôfa avy
nisambôrigna izy, de natôny tam-ponja izy ary nanendry miaramila aifa-tôko hiambigna ananjy, nikasa hitôndra
anazy eo amin'ny ôlogna afaran'ny Paska izy.[5]Noho zagny de nitagnany tao am-ponja Petera, fô nivavaka de
naton'iré zay tam-piangonagna mafy kokoà tamin'Andriamanitra ho ananjy. [6]Ny aligna alôhan'ny titondran'i
Heroda ananjy hitsaraigny, Petera de nandry te agnivon'ny miaramila roa, voafatotra tamin'ny rôjo roa, kô mbôla
nidôko niambigna ny fonja ny miandry talôhan'ny tamiagna.[7]Indro nisy anjelin'ny Tompo niseho Tampoka
tankilany, ary nisy hazavagna namiratra tagnatin'ny efitry ny fonja. Namely an'i Petera te amin'ny ilany izy ary
namôha ananjy ka nagnano hoe: "Mitsangàna malaky," ary iré rôjony niala tamin'ny tagnany. [8]Ny anjely
nivôlagna taminanjy hoe: "Magnatôva lamba ary atôvy ny kiraronô." De natôn'i Petera araka zagny. Ny anjely
nivôlagna taminanjy hoe: ''Atôvo ny lambanô ivailany ary magnaraha anahy.''[9]De nagnaraka lay anjely Petera ary
nivoaka. Tsy fantany fô iré naton'ny anjely de taigna izy. Nihevitra izy fô nahita fahitagna. [10]Kôfa nandalo
tamin'ny mpiambigna vôlôhany sy faharoa zaré,de tônga tamin'ny vavahady vy zay mitôndra mankagny amin'ny
tanàgna; nisôkatra ho azy tamin-jaré zagny.Nivoaka zaré ary nirôrogna tamin'ny lalagna raika, ary lay anjely
nandô ananjy avy hatrany.[11]Kôfa niherigna tamin'ny taignany i Petera nivôlagna izy hoe: "Avaizo de fantako
marigna fô ny Tompo no nandaifa ny anjeliny ary nagnafaka anahy tamin'ny tagnan'i Heroda, sy tamin'ny raha
jiaby zay dignaisan'ny Jiosy hiseho. [12]Kôfa tônga saigna tamin-jany izy, de nankagny amin'ny tragnon'i Maria
renin'i Jaona, antsôvigna koà hoe Marka, zay nisy ôlogna maro niangogna sy nivavaka.[13]Kôfa nandondogna te
am-bavahady izy, nisy mpanompo vavy raika antsôvigna hoe Roda tônga namaly. [14]Kôfa hainy ny feon'i Petera,
tamin-kafaliagna de tsy nahavita nanôkatra tamiagna izy; fô nandaiha niazakazaka nankagny an-tragno izy,
nitateriny fô Petera nijoro teo an-tamigna. [15]De nivôlagna taminjare hoe: "Adala anô." Fô nagnizingizigna izy fô
zagny no izy. Nivôlagna zaré hoe: "Ny Anjely zagny."[16]Fô Petera nanohy nandondogna, ary kôfa nisokafinjaré ny
tamiagna, de nahita ananjy zaré ary magnana. [17]Petera nagnetsika ny tagnany taminjaré mbô hangigna, ary
nivolagniny taminjaré ny fomba nitondran'ny Tompo ananjy nivoàka ny fonja. Aozy hoe: "Tatero amin'i Jakoba sy
iré ralahy zagny raha zagny.'' De niala izy ary nandaiha tamin'ny toairagna hafa.[18]Ary kôfa nazava ny andro, de
tsy nisy fientanam-pô hely te amin'ny miaramila ny amin'zay hitranga tamin'i Petera. [19]Kôfa avy nizaha ananjy i
Heroda ary tsy nahita ananjy, de nagnadiady ny mpiandry izy ary nandidy aninjaré mbô hivonigna. De
nirôrogna avy agny Jodia nankagny Kaisaria izy ary nipaitraka tagny.[20]Ary Heroda de vignitra mafy tamin'ny
vahoakan'i Tyra sy Sidona. Niara-nankagny aminjaré. Nandresy lahatra an'i Blasto zaré, lay mpagnampin'ny
mpanjaka, mbô hagnampy aninjaré. De nangataka fihavanagna zaré, satrià ny tanagnanjaré de mandray hanigna
avy amin'ny mpanjakan'ny tanàgna. [21]Tamin'ny andro voatôndro Heroda de nagnatô lamba lamban'ny mpanjaka
ary nipaitraka té amin'ny seza fiandrianagna; nikabary taminjaré izy.[22]Niafatra ny vahoàka: ''Zagny de
feon'andriamanitra, fô tsy an'ôlogna!'' [23]Teo no eo de nisyanjelin'ny Tompo namely ananjy; satrià tsy nagnomià
voninahitra an'Andriamanitra izy; nohanin'ny kankagna izy de maty.[24]Fô ny tenin'Andriamanitra nitômbo sy
nahaimaro. [25]Kôfa vitan'i Barnabasy sy Saoly ny iraka nagnasagna aninjaré, de niherigna avy tagny [Ny sanany
amin'iré dika sôratra aifa aila mivôlagna hoe: "Zaré niherigna tagny Jerosalema"] Jerosalema zaré, taminjaré, zay
nantsôvigna koà hoe Marka.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 13

[1]Ary takô amin'ny fiangonagna takô, Antioka, de nisy paminany sy papianatra maro takô.Zare de Barnabasy,
Simona (zay antsôvigna hoe Nigera), Lisiosa avy amin'i Sirena, Manaena (lay ralahy zay niôlonono tamin'i
Heroda panapaka), ary Saoly. [2]Raha mbôla nidaira ny Tompo sy nifady hanigna zare, ny Fagnahy Masigna
nivôlagna hoe: "Atokano ho Anahy i Barnabasy sy Saoly, mbô hagnano ny asa zay nagnatsôvako ananjy irè."
[3]Tavafaran'ny nifandianjare hanigna, sy nivavahany, ary namaitrahan-jaré tagnana tamin'ire, lalahy irè, zare de
nalaifanjare.[4]Kay nagneky ny Fagnahy Masigna i Barnabasy sy Saoly kay nandaiha niditra nankagny Selosia; avy
nivôlagna zare de nandaiha agnaty Samboho agny amin'ny nosin'ny Sipro. [5]Kôfa takô amin'ilay tanagnan'ny
Salamina zare, de nitory ny tenin'Andriamanitra takô amin'ny Synagogan'ire Jiosy zare. Ary nanagna an'i Jaona
Marka koà zare mbô ho panampy ananjy irè.[6]Ary kôfa namakivaky ny nôsy raika jiaby mandaikagny Pafosy zare,
de nahita mpagnano ody, zay paminany Jiosy sandoka, ary ny agnarany de Bara Jesosy. [7]Mpagnano ody zay niara-
niasa tamin'ire Governora, Serjio Paolosy, zay lalahy taigna mahay. Nisambôrin'i lalahy i Barnabasy sy Saoly,
satrià tiaregny ny tenin'Andriamanitra izy. [8]Fô Elimasy "mpagnano ody" (zegny no nandikagna ny agnarany)
nanôhitra azy irè; ary nihaizaka ny hagnodigna ny Governora hiala amin'ny finoagna izy.[9]Fô i Saoly, zay
atsôvigna koa hoe Paoly, de feno ny Fagnahy Masigna, ary nandinika ananjy tsara. [10]Ary nivôlagna hoe: "Aô ry
zanaky Devoly, anô de feno karazam-pitaka sy faharatsiagna jiaby. Fahavalon'zay marigna jiaby anô. Tsy hidôko
ny hamily ny lala-mahitsin'ny Tompo mihitsy anô, sa tsy zegny?[11]Fô indro avahizo, ny tagnan'ny Tompo aminô,
kai ho tonga jamba anô. Ary tsy hahita ny masoandro alôha anô." Te no eo de nilatsaka tamin'i Elimasy ny
fanjavôgnana sy fahizignana; nanomboka nivezivezy ary nangataka tamin'ôlogna izy mbô hitantana ananjy
aminy tagnana. [12]Kôfa avy nahita zay raha niseho ny Governora, de nino izy, satria magnana tamin'ny
fampianaragna mômba ny Tompo izy.[13]Ary Paoly sy namany de lasagna niantsambo avy agny Pafo de nankagny
amin'ny Perga agny Pafilia, fô Jaona ndaika nandao anjaré ary nierigna tagny Jerosalema. [14]Paoly sy re namany
de nandaiha avy tagny Perga ary nankagny Antiokan'i Pisidia. Ary tao de nandaiha nankagny amin'ny synagoga
tamin'ny andron'ny Sabata zaré ary nipaitraka. [15]Tafaran'ny famakiagna ny lalàgna sy ny mpaminagny, de
nandaifa hafatra tagny amjaré ny mpitariky ny Synagoga nivôlagna hoe: "Ry rahalahy, kô magnana hafatra
fampaherezagna ho an'ny ôlogna aketo anaré, de volagno zegny."[16]Kai nitsangagna Paoly ary nagnano fihetsika
tamin'ny tagnany, nivôlagna hoe: "Ry ôlon'Israely ary anaré zay magnomia voninahitra an'Andriamanitra,
mitandrignaisa. [17]Ny Andriamanitry ny ôlon'Israely de nisafidy ny raintsika ary nampitômbo isa ny ôlogna kôfa
nipaitraka tao amin'ny tanin'ny Egypta, ary tamin'ny fanandratagna ny sandriny no nitarihany anjaré hivoaka
tao. [18]Ary nandritry ny efapôlo tôgna te ho eo no nandifairagny taminjaré tagny an'efitra. (Fagnamarihagna: Ny
dikan-teny talôha de mivaky karanjô: "Nandritry ny efapôlo tôgna eo ho eo de niahy anjaré tagny an'efitra
izy.")[19]Ary kôfa avy nandrava firenegna fito tagny amin'ny tany kanana izy, de namiany ny vahoakantsika ny
taninjaré mbô ho lova. [20]Zagny raha jiaby niseho zagny de aifa tamin'ny faha dimampôlo sy efa-jato tôgna.
Tafaranjany raha jiaby zagny, Andriamanitra nanomia mpitsara anjaré mandra-piavin'i Samoela mpaminagny.
[21]De nangataka mpanjaka ny ôlogna avy te, ary Andriamanitra nanomia anjaré an'i Saoly zanaka lahin'i KIsa,
lalahy zay avy amin'ny fokon'i Benjamina mbô ho mpanjaka mandritry ny efopôlo tôgna. [22]Ary avy te
Andriamanitra nagnala ananjy tamin'ny fanjakany, kai nanandratra an'i Davida mbô ho mpanjakan-jaré. Fô
zagny no nivolagnin'Andriamanitra mômba an'i Davida hoe: "Aifa nahita an'i Davida zanak'i Jesea Zaho mbô ho
ôlon'ny foko, zay hagnano zay raha jiaby tiako hataony."[23]Fô avy amin'ny taranak'io lalahy io no
hitondran'Andriamanitra mpanavotra ho an'Israely, de i Jesosy, araka zay aifa nampagnatinainy atô.
[24]Nanomboka niseho zagny, talôhan'ny nahatongavan'i Jesosy, Jaona nagnambara vôlôhany tamin'ny
vahoakan'Israely jiaby mômba ny batisan'ny fibebahagna. [25]Satria Jaona aifa nahavita ny asany, de aoziny: "Zôvy
no eritreretinaré anahy? Tsy zaho ilay Izy. Fô tandrignaiso, hisy raika ho avy afarako, ary ny kiraron'ny tongony
de tsy hahamendrika anahy ny hamaha ananjy.[26]Ry rahalahy, zanaka avy amin'ny taranak'i Abrahama, ary zay
ôlo-jiaby midaira an'Andriamanitra aminare, ho antsika no nandifasagna zagny hafatra momban'ny famonjena
zagny. [27]Fô re zay mipaitraka agny Jerosalema, sy ny mpitondran-jaré, de tsy nahafantatra Ananjy, kai tantairan-
jaré ny voalazan'ny mpaminagny zay vakigna isan-tsabata ny amin'ny fagnamilôhagna ananjy.[28]Na de tsy mahita
antony tsara hamonoagna ananjy aza zaré, de nangataka tamin'i Pilaty foagna mbô hamono Ananjy. [29]Kôfa
tantairan-jaré ny raha jiaby zay vôsôratra mômba Ananjy, de narôron-jaré tamin'ny kakazo Izy ary nampandreny
tam-pasagna.[30]Fô Andriamanitra ndraika nampitsangagna Ananjy tamin'ny maty. [31]Ary hitan-jaré zay niara-niaka
taminy avy tagny Galilia mankagny Jerosalema Izy nandritriny ny andro maromaro. Ary avahizo de re ôlogna re
no vavolombelony ho an'ny ôlogna.[32]Noho zagny zahay nivôlagna aminaré ny filazantsara zay
nampanantainain'Andriamanitra tamin'ny raintsika zay aifa tantairany ho antsika, [33]zanan-jaré, tamin'ny

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

nananganan'i Jesosy. Arak'zay aifa voasôratra ao amin'ny Salamo faharoa hoe: 'Zanako anô, igniany de ho tônga
Rainô Zaho.' [34]Ny antony nananganagna Ananjy tamin'ny maty de ny mbô tsy hahasimba mandrakizay ny vatany,
Andriamanitra nivôlagna karanjô: 'Hamiako anaré ny fitahiagna masigna sy azo antoka nampanantaignaina an'i
Davida.'[35]Zagny koa no nahatônga ananjy nivôlagna tao amin'ny salamo hafa hoe: "Tsy hamela lay Masigna
hahita ny lo Anô." [36]Satria kôfa nagnatantairaka re fanirian'Andriamanitra ho an'ny taranany i Davida de resin-
tory izy, kai nampandregna niaraka tamin're rainy izy ary ny vatany niharan'ny fahalôvagna. [37]Fô izy zay
natsangan'Andriamanitra de tsy niharan'ny faharavagna.[38]Ôka ho hainaré zagny, ry rahalahy, fô tamin'ny
alalan'io lalahy io no nagnambaragna taminaré ny famailagna ny fahotagna. [39]Amin'ny alalany ôlogna
tsiraikiraiky zay mino de voamarigna amin'ny raha jiaby zay mety tsy ho voamarign'io lalàgnan'i Mosesy io.[40]Kai
mitandraima mbô tsy hiseho aminaré zay raha nivolagnin'ny mpaminagny hoe: [41]"Indro, anaré mpagnano
tsinotsinogna, de ho magnana ary ho levogna. Fô Zaho magnano asa amin'ny andronare, Asa zay tsy ninoanaré
mihitsy, na de misy ôlogna magnambara zagny aminaré aza."[42]Kôfa lasagna i Barnabasy sy i Paoly, de niangavy
ananjy ny ôlogna mbô hitorianjaré re teny re foagna amin'ny Sabata magnaraka. [43]Kôfa tapitra ny fivoriagna tao
amin'ny Synagoga, de maro tamin're Jiosy sy re proselita mahafatra-po no nagnaraka an'i Paoly sy Barnabasy, zay
nivôlagna taminjaré sy nampirisika ananjy mbô hanohy ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra.[44]Tamin'ny Sabata
magnaraka, de saiky ny tanàgna manontolo no niaraka niangona mbô haregny ny tenin'ny Tompo. [45]Kôfa nahita
re vahoaka ny Jiosy, de feno fialôgnana zaré ary nivôlagna nanôhitra re raha zay nivolagnin'i Paoly sy nagneso
ananjy.[46]Fô Paoly sy Barnabasy nivôlagna am-pasahiagna hoe: "Ilaina ho voalaza aminaré mialôha ny
tenin'Andriamanitra. Fô kôfa manôsika zagny anaré ary mihevitra ny taignanaré ho tsy mendrika ny fiainagna
mandrakizay, de indro, hierigna agny amin'ny Jentilisa zahay. [47]Araka zay aifa nandidian'ny Tompo anay,
magnano hoe: "Napaitrako mbô ho fahazavagnan'ny Jentilisa anaré, zagny no tôkony hitondranaré famonjegna
ho an're zay agny amin'ny fara-vazan-tany."[48]Kôfa nandre zagny ny Jentilisa, de faly sy nidaira ny tenin'ny Tompo.
Ary maro re zay voatendry ho amin'ny finoagna ny fiainagna mandrakizay no nino. [49]Ary ny tenin'ny Tompo de
niely eraky ny faritra manontolo.[50]Fô ny Jiosy ndraika de namporisika re viavy mahafatra-po sy manan-danja, sy
re lalahy mpitarika tan-tanàgna. Nitairaka fagninjaihagna ho an'i Paoly sy Barnabasy zagny ary nanipy anjaré ho
agny ivailan'ny sisin-tanin'ny tanàgna. [51]Fô Paoly sy Barnabasy nanintsagna ny vôvoka tamin'ny tongonjaré mbô
hanohairagna anjaré. Ary avy take zaré de nankagny amin'ny tanàgnan'i Ikoniama. [52]Ary ny mpianatra de feno
hafaliagna sy ny Fagnahy Masigna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 14

1 Ary tamin'zagny tao Ikonioma Paoly sy Barnabasy niara-niditra takô amin'ny Synagogan'ny jiosy kay nikoragna
tam-pahavitrihagna ary ny vahoàka marine Jiosy sy Grika de nino. 2 Fô ny Jiosy zay tsy nagneky ndraiky de
nagnakorontagna ny fisaignan'ny Jentilisa kay nahatônga zaré hanôhitra iré ralahy. 3 Kay nipaitraka aila také zaré,
nivôlagna am-pasahiagna niaraka tamin'ny herin'ny Tompo, tamin'ny nagnomiazany porofo mahakasika ny
hafatra ny amin'ny fahasoavany. Izy nagnano njany tamin'ny alalan'ny famantaragna sy fahagagagna zay natô
tamin'ny alalan'ny tagnan'i Paoly sy Barnabasy. 4 Saingy ny ankamaroàn'ny tanàgna de nizarazara: ny ôlogna
sanany niandagny niaraka tamin'iré Jiosy, ary ny sanany niaraka tamin'iré Apostoly. 5 Kôfa nagnandragna
nandresy lahatra ny mpitarika zaré ny jentilisa sy ny Jiosy mbô hamono sy hitôra-bato an'i Paoly sy Barnabasy,
6 de nanjary nivony zaré ary nilaifa nalaky tagny an-tanàgnan'ny Lykaonia, Lystra sy Derbe, ary iré tanàgna
magnodidigna ny faritra, 7 kay tagny zaré no nagnambara ny filazantsara. 8 Nisy lalahy raika nipaitraka tao Lystra,
malemy ny hongony, avy tan-kibon-dreniny, zay aifa tsy nandaiha hatramin'zay. 9 Io lalahy io naregny an'i Paoly
nivôlagna. Paoly nagnatrika ananjy tsara teo amin'ny masony kay nahita fô managna finoàgna ny hahivagna izy.
10 Ke aoizy tamin'ny feo mahery hoe: "Mitsagàna amin'ny tongonô." Noho avy te lay lalahy de nisôtisôty ary
nandaiha tamin'ny manodidigna. 11 Kôfa nahita zay natôn'i Paoly iré vahoàka maro be de nanandratra ny feony
zaré, nivôlagna tamin'ny fitenin'ny Lykonia hoe: "Nirôrogna avy agny an-dagnitra ho amintsika amin'ny
endrik'ôlogna iré andriamanitra.' 12 Nagnatso an'i Barabasy zaré hoe "Jopitera," ary Paoly ''Merkory", satrià izy no
mpandaha-teny. 13 Ny mpisoron'i Jopitera, zay ny eglizy de té ivailan'ny tagnàna, de nitôndra aomby sy fehilôha vy
té am-bavahady; izy sy ny vahoàka marobe nikasa hagnomià sorogna. 14 Fô ny Apostoly, Barnabasy sy Paoly, kôfa
naregny zagny de nandrôta ny lambany zaré kay nandaiha nalaky agnaty vahoàka, nitaraigna sy nivôlagna hoe:
15 "A lalahy, nagnino anaré no magnano zô raha zô? Zahay koà de ôlombelogna mitovy fatsapagna aminaré koà.
Zay mitôndra ny filazantsara ho anaré, mbô hitodihanaré hiàla amin'zô zava-poagna zô ho agny
amin'Andriamanitra velogna, zay nagnano ny lagnitra, sy ny tany, ary ny ranomasigna sy ny raha jiaby zay ao
aminy. 16 Tamin'ny andro talôha, Izy de mamaila ny firenegna jiaby nandaiha tamin'ny lalany manôkagna aby.
17 Kanaifa, Izy de tsy namaila ny taignany tsy hisy vavolombelogna, taminjagny de nagnano ny tsara Izy ary
nagnomià anaré ranon'ôragna avy agny an-dagnitra sy vanim-potoagna mahavokatra, kay hameno ny fônaré
amin'ny hanigna sy firavoravoàgna." 18 Fô na de taminjagny teny zagny aza, Paoly sy Barnabasy de tsy nitsahatra
nitagna ny vahoàka be tsy hagnano sorogna ho anjaré. 19 Fô ny Jiosy sanany avy ao Antiokia sy Ikonioma de tônga
ary nandresy lahatra ny vahoàka. Zaré nitôra-bato an'i Paoly sy nitarika ananjy hivoàka ny tanàgna, ary
nieritreritra fô maty izy. 20 Ary kô mbôla nijoro nagnodidigna ananjy te iré mpianatra, de nitsangagna izy ary
niditra ny tanàgna. Ny amaraigna igny,de nandaiha nankagny Derbe niaraka tamin'i Barnabasy izy. 21 Avy te zaré
nagnambara ny filazantsara tao amin'zagny tanàgna zagny kay nahazo mpianatra maro, tagny Ikonioma, sy
tagny Antiokia. 22 Zaré de nanohy nampahery ny fagnahin'iré mpianatra ary namporisika ananjy mbô hanohy ao
amin'ny finoagna, no sady nilaza fô: "Tsy maintsy amin'ny fahoriagna maro be no hidirantsika ao amin'ny
fanjakan'Andriamanitra." 23 Kôfa nanendry lôhôlogna ho anjaré té amin'isam-piangonagna zaré, sy nivavaka
tamin'ny fifadian-kanigna, de natôlonjaré ho an'ny Tompo zagny, zay ninoanjaré. 24 De nandalo tamin'ny Pisidia
zaré kay tônga tao Panfilia. 25 Kôfa nagnambara ny teny tao Perga zaré, de nandaiha nirôrogna tagny Atalia. 26 Avy
tagny zaré no niantsambo nirôrogna ho agny Antiokia, zay nahazoanjaré ny fahasoavan'Andriamanitra ho an'ny
asa zay vitanjaré avaizo. 27 Kôfa tônga tao Antioka zaré ary nagnokogna niaraka ny fiangonana, de nitatitra ny
raha jiaby zay vitan'Andriamanitra taminjaré, sy hoe akôry no namoahany tamiagnan'ny finoagna ho an'iré
Jentilisa. 28 De nidôko fotoagna aila niaraka tamin'iré mpianatra zaré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 15

[1]Ny ôlogna sanany de nirôrogna avy tagny Jodia hatrany Antiokia ary nampianatra re rahalahy, kai nivôlagna
hoe: "Kô tsy vita famoragna araka ny fomba fatôn'i Mosesy anaré, de tsy ho voavonjy anaré." [2]Zagny de nitondra
an'i Paoly sy Barnabasy tagnaty fifandiragna sy ady hevitra taminjaré. Noho zagny i Paoly sy i Barnabasy de
voatendry niaraka tamin'ny sanagny hafa taminjaré hiakatra agny Jerosalema mbô hitrôtra amin're apostoly sy
re lôhôlogna mômba zagny fagnontaniagna zagny.[3]Noho zagny zaré, nalaifan'ny fiangonagna, de namakivaky an'i
Foinika sy Samaria ary nagnambara ny fiovam-pon're Jentilisa. Zaré de nitôndra hafaliagna maventy be tamin're
rahalahy jiaby. [4]Kôfa tônga tao Jerosalema zaré, de niraisin'ny fiangonagna sy re apostoly ary re lôhôlogna, kai
nitatitra re raha jiaby zay natôn'Andriamanitra taminjaré.[5]Naifa ny ôlogna sanagny zay nino, zay tao amin'ny
tarik'iré Fariseo, de nitsangagna sy nivôlagna hoe: "Ilaigna ny magnano ny famoragna anjaré sy ny mibeko
anjaré hitandrigna ny lalàgnan'i Mosesy." [6]Noho zagny re apostoly sy re lôhôlogna de niara-nivory mbô handinika
zagny zava-misy zagny.[7]Tafaran'ny ady hevitra be, nitsangagna i Petera kai nivôlagna taminjaré hoe: "A ralahy,
fantanaré fô aifa talôha aila be Andriamanitra no nagnano safidy te aminaré, mbô ho amin'ny alalan'ny vavako
de tôkony haregny ny teny filazantsara iré jentilisa, ary hino. [8]Andriamanitra, zay mahay ny fo, vavolombelogna
aminjaré, kai nanomia ny Fagnahy Masigna anjaré, karaha ny natôny tamintsika; [9]ary tsy nagnano
fagnavakavahagna tamintsika sy taminjaré Izy, nagnadio ny fonjaré tamin'ny finoagna.[10]Ary noho zagny nagnino
anaré no mitsapa an'Andriamanitra, hoe tôkony hamaitrahanaré zioga agnam-bôzon're mpianatra naifa na ny
razantsika na antsika aza tsy mahavita milanja? [11]Naifa mino antsika fô ho voavonjy amin'ny alalan'ny
fahasoavan'i Tompo Jesosy, karanjaré koa."[12]Ny ôlogna jiaby de nitagna ny fahangignana nandritry ny
nitandrignesanjaré an'i Barnabasy sy Paoly mitatitra re famantaragna sy re fahagagana niasan'Andriamanitra
zay niasa tamin're Jentilisa tamin'ny alalanjaré.[13]Kôfa avy nidôko nikoragna zare, de namaly Jakoba, nivôlagna
hoe: "A rahalahy, tandrigneso zaho. [14]I Simeona de aifa nagnambara ny fômba nagnampian'Andriamanitra tam-
pahasoavagna vôlôhany re Jentilisa mbô halaka aminjaré ôlogna ho an'ny Agnarany.[15]Re tenin're mpaminagny de
mômba zagny, araka ny voasôratra hoe: [16]'Tafaran'iré raha iré de hierigna zaho, ary hanangagna ndraiky ny
tragno lain'i Davida zaho, zay aifa lavo; hanamboatra sy hamerigna amin'ny laoniny ndraiky re faharavany zaho,
[17]mbô hitady ny Tompo re ôlogna sisa tavela, ary agnatin'zagny re Jentilisa jiaby zay antsôvigna amin'ny
Agnarako.' [18]Zô no nivolagnin'ny Tompo, re zay aifa nagnano re raha re zay aifa fantatra tamin're razambe talôha.
(Fagnamarihagna: re dikan-teny sanagny talôha de mivaky karanjo: "Zô no nivolanin'i Tompo, amin're zay
fantatra tamin'ny andro talôha ny asany jiaby.)[19]Noho zagny, ny heviky de, tsy tôkony hagnakorontagna re avy
amin'ny Jentilisa zay nitodika tamin'Andriamanitra antsika. [20]Fô antsika de hanôratra ho anjaré fô tsy maintsy
miala amin'ny fahalotoan're sampy zaré, amin'ny fahavetavetagna, ary amin'ny hainan're biby voakenda, sy
amin're rà zaré. [21]Satria Mosesy de aifa voambara tamin'ny isan-tanàgna tamin'ny andro talôha ary izy de
vakigna amin're synagoga isaky ny Sabata."[22]De kara tsara tamin're apostoly sy re lôhôlogna, niaraka tamin'ny
fiangonagna jiaby, ny hifidy an'i Joda zay antsôvigna hoe Barsabasy, sy i Silasy, zay mpitarika ny fiangonagna, sy
ny handaifa anjaré agny Antokia miaraka amin'i Paoly sy Barnabasy. [23]Zaré de nanôratra tô: "Hatrany amin're
apostoly sy re lôhôlogna, re rahalahinaré, hatramin're rahalahy avy agny Jentily agny Antikia, Siria, ary Kilikia:
Arahaba![24]Isika de aifa naharegny fô re ôlogna sanagny de niala tamintsika, tsisy beko avy amintsika, ary
nagnelingeligna anaré tamin're fampianarana zay nampikorontagna ny fagnahinaré. [25]Zô no izy, zahay jiaby de
aifa nagneky ny hifidy re lalahy sy handaifa anjaré agny aminaré miaraka amin'i Barnabasy sy Paoly malalanay,
[26]lalahy zay nagnano ny aignany tsy ho zavatra ho an'ny Agnaran'i Jesosy Kristy Tompotsika.[27]Noho zagny zahay
de magnasa an'i Joda sy i Silasy, zay hivôlagna aminaré io raha io foagna amin'ny teninjaré manônkagna. [28]Fô
kara tsara amin'ny Fagnahy Masigna sy aminay, ny tsy hampitôndra anaré entagna maventy noho re raha taigna
ilaigna re: [29]mbô hialanaré amin're raha nataonaré ho fanatitra amin're sampy, rà, re raha voakendra, ary avy
amin'ny fahavetavetagna. Kô mitandrigna ny taignanaré amin'zagny anaré, de ho tsara aminaré zagny.
Veloma."[30]Noho zagny zaré, kôfa voaroàka, de nirôrogna tagny Antiokia; avy te zaré de namory ny vahoaka
niaraka, ary nanôlotra lay taratasy zaré. [31]Kôfa voavakinjaré zagny, de nifaly zaré noho ny fampaherezagna.
[32]Joda sy Silasy, mpaminagny koa, de nankahery re rahalahy tmin'ny teny maro sy nampahery anjaré.[33]Kôfa avy
nidôko fotoagna vitsivitsy tao zaré, de nalaifa am-piadanagna avy amin're rahalahy ho agny amin're zay nandaifa
anjaré zaré. [34][Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talôha be de magnala ny andininy faha34 (zahà ny Asa 15; 40):
"Naifa mbôla satrin'i Silasy ny hidôko také."] [35]Fô i Paoly sy Barnabasy de nidôko tagny Antiokia niaraka tamin're
maro hafa, zay nampianarinjaré sy nanambaranjaré ny tenin'ny Tompo.[36]Tafaran'ny andro vitsy Paoly de
nivôlagna tamin'i Barnabasy hoe: "Andao tsika hierigna avaizo ary hamangy re rahalahy agny amin'ny tanàgna
jiaby zay nagnambarantsika ny tenin'ny Tompo, ary hahita hoe karakôry zaré." [37]I Barnabasy de te hitôndra koa


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

an'i Jaona zay natsôvigna hoe Marka hiaraka aminjaré. 38 Naifa i Paoly nihevitra fô tsy tsara ny hitondragna an'i
Marka, zay nandao anjaré tagny Panfilia sy tsy nanohy niara-niasa taminjaré niasa. 39 Avy te de nisy fifandiragna
mafy, kai nisaraka zaré, ary i Barnabasy nitôndra an'i Marka niaraka taminanjy ary nandaiha sambo nankagny
Sipra. 40 Fô i Paoly nifidy an'i Silasy ary nandaiha, tafaran'ny nagnomiazanjaré rahalahy ananjy andraikitra ho
an'ny fahasoavan'ny Tompo. 41 Avy te izy de nandaiha namakivaky an'i Syria sy i Kilikia, kai nampatanjaka re
fiangonagna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 16

1Tônga tagny Derbe sy Lystra koa Paoly, ary indro, te lay mpianatra raika antsôvigna hoe Timoty, zanaka lahin'ny
viavy Jiosy zay nino; Grika ny babany. 2Izy de tsara laza tamin're rahalahiny zay tagny Lystra ary Ikonioma.
3Tian'i Paoly hiara-dia aminanjy izy; de nalainy izy ary noforany noho re Jiosy zay te amin're toairagna re, satria
fantanjaré jiaby fô Grika ny babany.4Kô nandaiha namakivaky re tanàgna maro zaré, de nanôlotra toromarika ho
an're mpino mbô hagneky ny fampianaragna, zay nisoratan'ny Apostoly sy ny lôhôlogna tao Jerosalema. 5Kai
nahai-natanjaka tamin'ny finoagna ny fiangonagna ary nitômbo isa isan'andro.6Nandaiha namakivaky ny faritry
ny Frygia sy Galatia Paoly sy ny namany, satria niraran'ny Fagnahy Masigna zaré hagnambara ny teny agny
amin'ny faritr'i Asia. 7Kôfa niditra nariny an'i Mysia, de te-handaiha ho agny Bitynia zaré, naifa nisakanan'ny
Fagnahin'i Jesosy zaré. 8Kai nandalo tamin'i Mysia, de nandaiha nirôrogna tagny amin'ny tanàgna an'i Troasy
zaré.9Nahita fahitagna i Paoly tan-droaligna: lalahy raika Makedoniana nitsangagna také, nagnatso ananjy ary
nivôlagna hoe: "Avia atô Makedonia ary vonjeo zahay." 10Kôfa avy nahita ny fahitagna i Paoly, de niainga hihazo
an'i Makedonia avy hatrany zahay, nahatsapa fô Andriamanitra no nagnantso anay mbô hitory ny filazantsara
aminjaré.11Niantsambo noho zagny avy agny Troasy, de nizotra mahitsy ho agny Samatrakia zahay, ary nihazo
an'i Neapolia zahay ny andro magnaraka. 12Avy te de nandaiha nankagny Filipy zahay, zay isan'ny tanàgna
Makedonia, zay tanàgna taigna manan-danja ao amin'ny faritra sy ny zana-tany Romanina, ary nidôko taminjany
tanàgna zagny nandritry ny andro maro zahay. 13Tamin'ny andron'ny Sabata de nandaiha tagny ivailan'ny
vavahady akilan'ny renirano zahay, zay nieritreretinay fô misy toairam-pivavahagna. Nipaitraka zahay ary
nikoragna tamin're viavy zay niara-tônga te.14Nisy viavy raika atao hoe Lydia, mpivaro-damba violé avy agny
amin'ny tanàgnan'i Tyatira, zay nanompo an'Andriamanitra, nitandregny anay. Nanôkatra ny fony ny Tompo
hitandrina ny teny zay nivolagnin'i Paoly. 15Kôfa vita batisa izy sy ny ankohonany, de namporisika anay izy,
nivôlagna hoe: "Kô nitsara anahy ho mahatoky amin'ny Tompo anaré, de midira ary mipitraha an-dragno." Ary
nandresy lahatra anay izy.16Ary taminjagny, kô nandaiha nankagny amin'ny toeram-pivavahagna zahay, de nisy
tôvovavy raika zay managna fagnahin'ny sikidy nitrôtra taminay. Nitôndra tômbony maro ho an'ny tompony
tamin'ny alalan'ny sikidy izy. 17Nagnaraka anay sy Paoly avy tafara io viavy io ary nagnatso mafy, nagnano hoe:
"Re lalahy re de mpanompon'Andriamanitra Avo Indrindra. Magnambara aminaré ny lalam-pamonjiagna zaré."
18Nagnano zegny nandritry ny andro maro izy. Fô i Paoly de nanomboka sosotra taminanjy kai nitodika ary
nivôlagna tamin'ny fagnahy hoe: "Mandidy anô amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy zaho mbô hiboaka aminanjy." Ary
niboaka avy hatrany zagny.19Kôfa hitan're tompony fô lasagna lay fagnantenagna ny amin'ny tômbony ho anjaré,
de nisambôrinjaré i Paoly sy Silasy ary nitarihin-jaré ho agny abazary talohan're manam-pahefagna. 20Kôfa
nitôndra anjaré talôhan're mpitsara zaré, de nivôlagna hoe: "Magnakorontagna ny tanàgnatsika reto lalahy reto.
Jisoy zaré. 21Magnambara fomba zay tsy ara-dalàgna ho an'ny Romanina ny magneky na mampihatra ananjy
zaré."22De nitsangana ny vahoaka nanohitra an'i Paoly sy Silasy; nagnala ny lambanjaré ny mpitsara ary nandidy
anjaré mbô hivilezigna amin'ny kakazo. 23Kôfa nivilezinjaré mafy zaré, de nalaifanjaré agny an-dragnomaizigna
ary nandidy ny mpiandry tragnomaizigna mbô hiambigna mafy anjaré. 24Kôfa naharay zagny didy zagny ny
mpiambigna, de nalaifagny tagny amin'ny farany laligna amin'ny fonja zaré ary nifatôrany te amin'ny kakazo ny
tongon-jaré.25Nagnodidigna ny misasak'aligna de nivavaka i Paoly sy Silasy ary nihira fidairagna
an'Andriamanitra, ary re gadra hafa de nitandregny anjaré. 26Tampoka te de nisy hôrohôrotany maventy be, kai
nampihozongozona ny fototry ny fonja; ary nisôkatra avy hatrany ny varavaragna jiaby, ary nivaha ny fatôran'ny
ôlogna jiaby.27Taitra tmin'ny tôromaso ny mpiandry ny tragnomaizina ary nahita re varavaran'ny fonja nisôkatra;
namoaka ny sabany izy kai saika hamono ny taignany, satria nieritreretiny fô nilaifa re gadra. 28Fô nagnatso
tamin'ny feo mafy Paoly, nagnano hoe: "Aza mandratra ny taignanô, satria akato aby zahay jiaby."29Nagnatso jiro
lay mpiandry tragnomaizigna ary niditra nalaky tagnatiny, tôragna hely noho ny tahotra, niankôhotra talôhan'i
Paoly sy Silasy, 30ary nitôndra anjaré niboaka sy nivôlagna hoe: "Tompoko, ino no tsy maintsy hataoko mbô ho
voavonjy?" 31Aozinjaré hoe: "Minoa an'i Tompo Jesosy, de ho voavonjy anô, anô sy ny ankohonanô."32Nitory ny
tenin'ny Tompo taminanjy zaré, niaraka tamin'ny ôlogna jiaby tan-dragnony. 33Avy te de nandray anjaré tamin'ny
aligna tamin'igny laira igny foagna lay mpiandry fonja, ary nanasa ny ferinjaré, ary zaré jiaby tragno raika de
natao batisa te no ho eo. 34Avy te de nidôsiny niakatra tan-dragnony i Paoly sy Silasy ary nandrôso hanigna
talôhanjaré izy, de nifaly tikoatra izy niaraka tamin're zay tan-dragnony, fô aifa nino an'Andriamanitra izy.35Ary
kôfa mandraigna ny andro, de nandaifa teny tamin're mpiambina re mpitsara, nivôlagna hoe: "Ambilay handaiha
re lalahy re." 36Nitatitra zagny teny zagny tamin'i Paoly lay mpiambigna, nivôlagna hoe: "Nampitôndra teny
taminahy re mpitsara mbô hamaila anaré handaiha: noho zagny avaizo miboaha, ary mandihagna am-
piadanagna."37Fô nivôlagna taminjaré Paoly hoe: "Namely anay ampahibemaso tsy nisy fitsaragna zaré, na de

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

mizàka ny zom-pirenegna Romanina aza zahay-ary nalaifanjaré tam-pigadrana. Avaizo de tianjaré ho alaifa an-tsôkosôko mô zahay? Ahe! Aoka ny taignanjaré no ho tônga aketo sy hitarika anay hiboaka." [38]Nitatitra zagny teny zagny tamin'ny mpitsara ny mpiambigna, ary kô naregninjaré fô Romanina i Paoly sy Silasy, de natahotra zaré.
[39]Tônga sy nialatsigny taminjaré ny mpitsara ary nitôndra anjaré niboaka, nangataka anjaré mbô hiala ao an-tanàgna.[40]Kay niala tan-dragnomaizina i Paoly sy Silasy ary nankagny an-dragnon'i Lydia. Kôfa nahita re rahalahy i Paoly sy Silasy de nampahery anjaré ary avy te de niala tan-tanàgna zaré.

## Chapter 17

1Ary kôfa nandalo iré tanàgnan'ny Anfipolia sy Apolonia zaré, de tônga tamin'ny tanàgnan'i Tesalonika zaré, zay
nisy Synagogan'ny jiosy. 2Paoly, araka ny fômba fatôny de nankagny aminjaré, ary niady hevitra niaraka
taminjaré avy amin'ny Sôratra Masigna nandritra ny andro Sabata telo.3Nisokafiny ny Sôratra Masigna ary
nazavainy fô nilain'i Kristy ny nijaly sy hitsangagna indraika amin'ny maty. Aoziny hoe: "Io Jesosy zay
nivôlagniko taminaré io no Kristy." 4Resy lahatra ny sanagny tamin're Jiosy ary nagnaraka an'i Paoly sy Silasy,
anisanjany re mpivavaka Grika maro an'isa, ary tsy vitsy ny viavy mpitarika.5Fô re Jiosy tsy mpino nindôsim-
pialôgnana de nalaka re ôlogna ratsy fagnahy avy agny abazary, nagnonkogna niaraka ny vahoaka, ary
nampitabataba ny tanàgna. Nanafika ny tragnon'i Jasona, te hitôndra an'i Paoly sy Silasy hiala ny vahoaka zaré.
6Fô kôfa tsy hitanjaré, de nitarihinjaré i Jasona sy ny rahalahy hafa sanagny ho eo alôhan'ny manam-
pahaifagnan'ny tanàgna, nitomoagny, "Reto lalahy reto zay nampitimbadika zao tontolo zao reto de tônga akéto
koà. 7Ireto lalahy zay nampandrosoan'i Jasona reto de manôhitra ny didin'i Kaisara; mivôlagna zaré fô misy
mpanjaka hafa de i Jesosy."8Voahelingeligna ny vahoaka sy ny manam-pahefagna te amin'ny tanàgna kôfa
naregny zagny raha zagny. 9Fô kôfa avy te ny manam-pahefagna nampagnano sy nampadoà vôla an'i Jasona sy ny
ambiny mbô ho antoka, avy te zaré namaila anjaré handaiha.10Nalaifan're rahalahy tagny Beria ny align'igny i
Paoly sy Silasy. Kôfa tônga tagny zaré, de niditra tamin'ny synagogan'ny Jiosy. 11Ary re ôlogna re de mihaja kokoa
noho zaré agny Tesalonika, fô nandray ny tenim-pahavognônan'ny saigna jiaby zaré, nandinika ny Sôratra
Masigna isan'andro mbô hahita kô taigna zagny tikoatra regny raha regny. 12Noho zegny de maro taminjaré no
nino, tao agnatin'zagny ny viavy Grika manan-kaja sanagny sy lalahy maro.13Fô re Jiosin'ny Tesalonika kôfa
naregny fô i Paoly de nagnambara ny tenin'Andriamanitra tao Beria koa, de nandaiha tagny zaré ary
nampitabataba sy nampikorontagna re vahoaka. 14Ary avy hatrany, re rahalahy nandaifa an'i Paoly ho agny an-
dranomasina, fô i Silasy sy i Timoty nidôko také. 15Re zay nitarika an'i Paoly nitôndra ananjy hatrany amin'ny
tanàgnan'i Atena. Kô namaila an'i Paoly te zaré, de nandray torolàlagna avy aminanjy ho an'i Silasy sy Timoty
mbô hankagny aminanjy malaky araka zay azo atô.16Ary kô nandigny anjaré tagny Atena i Paoly, de tônga de
vignitra tagnatiny ny fagnahiny kô vô nahita ny tanàgna feno sampy. 17Kai niady hevitra tao amin'ny synagoga
niaraka tamin're Jiosy sy re hafa zay nanompo an'Andriamanitra izy, karaha zagny koa ny tao amin'ny toairan'ny
raharaham-barotra niaraka taminjaré také.18Fô ny sanagny tamin're filozofa Epikoreana sy Stoika koà nitrôtra
taminanjy. Ny sagnany nivôlagna hoe: "Ino no tian'io be resaka io hivôlagnina?" Ny hafa nivôlagna hoe: "Karaha
ilay raika zay magnatso ny ôlogna hagnaraka re andriamanitra hafahafa izy, satria nitory an'i Jesosy sy ny
fitsanganagna amin'ny maty izy.19Nalaka an'i Paoly zaré ary nitôndra ananjy tamin'ny Areopago, nivôlagna hoe:
"Afaka mamantatra zagny fampianaragna vôvô zay nivôlagninô zagny mô zahay? 20Fô mitôndra raha hafahafa
tsampôla regnin'ny tadinignay anô. Noho zegny, te hahay ny dikan'zagny raha zagny zahay." 21(Ary ny Atenina
jiaby sy ny vahigny nipaitraka de tsy nandagny ny fotoagnany kô tsy tamin'ny filazagna na fitainoagna
momban'ny zava-bôvô.)22Kai nitsangagna tagnivon'ny Areopago i Paoly ary nivôlagna hoe: "Anaré lalahin'i
Ateniana, hitako fô taigna relijiozy amin'ny fômba jiaby anaré." 23Fô kô nandala zaho ary nandinika ny tanjon'ny
fômba fanompoam-pivavahanaré, de nahita alitara zaho misy itô sôratra itô hoe: "Ho an'Andriamanitra tsy
fantatra." Ino noho zagny no hivavahanaré amin'ny tsy fahafantaragna, zagny ni volagniko aminaré.24Ny
Andriamanitra zay nagnano izao tontolo izao sy raha jiaby aminanjy, satria Tompon'ny lagnitra sy ny tany Izy, tsy
mipaitraka agnaty Eglizy vôaorigna tamin'ny tagnana. 25Na Izy tsy notompoigna tamin'ny tagnan'ôlogna, toy ny
nila raha izy, satria izy taignany no magnomia fiainagna ny ôlogna sy ny fôfon'aigna ary ny raha hafa jiaby.26Avy
amin'ny ôlogna raika no nagnanovany ny firenegna jiaby ho an'ny ôlogna mbô hiaigna ambônin'ny tany,
namaritra ny vanim-potoananjaré sy nanendry ny toaira-ponainana ary ny andro iainagn're, 27kai mbô tôkony
hizaha an'Andriamanitra zaré, raha kô mety hahatratra sy hahita Ananjy zaré. Kanaifa mbôla tsy lavitra antsika
tsiraikiraiky aby Izy.28Satria antsika de mivelogna sy mihetsika ary managna ny maha-izy antsika, karaha ny
nivôlagnin'ny mpagnano tononkalonaré manôkagna hoe: "Fô taranany koà antsika." 29Noho zagny, satrià
zanak'Andriamanitra antsika, antsika de tsy tôkony hieritretra fô ny hatsaran'ny fômbany de mitovy amin'ny
vôlamaina, na vôlafotsy,na sary-vôngagna zay nifôrôgnina avy amin'ny asa tàgnana sy aingam-
panahin'ôlombelogna.30Noho zagny de nohadinoan'Andriamanitra ny fotoan'ny tsy fahalalagna, fô avaizo
mandidy ny ôlogna jiaby na aiza na aiza hibaibaka Izy. 31Zagny no izy satria namaitraka andro izy hoe oviagna no
hitsara an'izao tontolo izao amin'ny fahamarinagna amin'ny alalan'ny ôlogna zay nifidiny. Nagnomia porofon'io
lalahy io tamin'ny ôlogna tsiraikiraiky tamin'ny alalan'ny fananganagna Ananjy tamin'ny maty Andriamanitra.
32Ary kôfa naregny ny fitsanganagna amin'ny maty ny ôlon'i Atena, de nagneso an'i Paoly ny sanagny; fô ny
sanagny nivôlagna hoe: "Hitandregny anô mikasika raha zagny zahay." 33Tafaran'zay, nandao anjaré i Paoly. 34Fô


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

ny sanagny tamin'ny ôlogna nagnaraka ananjy ary nino, tao agnatinjany i Dionysio Aeropagita, viavy antsôvigna hoe Damary, ary ny sanagny niaraka taminjaré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 18

[1]Ary tafaran're raha re Paoly de niala tao Atena ary nankagny Korinto. [2]Nitrôtra tamin'ny Jiosy natsôvigna hoe
Akoila tao izy, tera-tany Ponto, zay vao tônga avy tagny Italia niaraka tamin'i Prisila vadiny, satria i Klaodio
nandidy ny Jiosy jiaby hiala tao Roma. Paoly nankeo aminjaré, [3]ary satria varotra mitovy foagna no hiasany, de
niara-nipaitraka taminjaré izy ary niasa, fô ny magnano lay no asanjaré.[4]Kai niady hevitra tao amin'ny synagoga
isaky ny Sabata i Paoly. [5]Nandresy lahatra re Jiosy sy Grika izy. Fô kôfa nirôrogna avy tagny Makedonia i Silasy sy
Timoty, de nitiren'ny Fagnahy hagnambara amin're Jiosy fô Jesosy no Kristy i Paoly. [6]Kôfa nanohitra sy
nagnesoeso ananjy re Jiosy, de nagnofaofa ny lambany tagny aminjaré i Paoly kai nagnano hoe: "Ho amin'ny
lôhanaré anie ny rànaré; tsy manan-tsigny zaho. Fô manomboka zaho de ho agny amin'ny Jentilisa zaho."[7]De
niala te izy avy te ary nandaiha nankagny an-dragnon'i Titosy Josto, lalahy zay manompo an'Andriamanitra. Ny
tragnony de akilan'ny synagoga. [8]Krispo, mpitarika ny synagoga, nino ny Tompo, niaraka tamin're jiaby zay
nipaitraka tamin'ny tragnony; ary maro tamin'ire Korintiana zay naregny mômba zagny no nino sy natô batisa.
[9]Ny Tompo nivôlagna tamin'i Paoly tamin'ny fahitagna ny aligna hoe: "Aza matahotra, ary aza mangina fô
mivolagna. [10]Fô Zaho momba anô, ary tsisy ôlogna hahazo hagnano ratsy anô, fô managna ôlogna maro amin'ito
tanàgna tô Zaho." [11]Nipaitraka tao herintôgna sy enim-bôlagna i Paoly ary nampianatra ny tenin'Andriamanitra
taminjaré.[12]Fô kôfa lasana governoran'ny Akaia i Galio, de niara-nitsangagna re Jiosy hanôhitra an'i Paoly kay
nitôndra ananjy tanatraihan'ny toairam-pitsarana; [13]nivôlagna zaré hoe: "Io lalahy io de mandresy lahatra ny
vahoaka mbô hanompo an'Andriamanitra zay mifanôhitra amin'ny lalàgna."[14]Ary kô nandaiha hivôlagna Paoly,
de nivolagna tamin'i Jiosy Galio hoe: "Anaré Jiosy, kô resaka raha ratsy na heloka zagny, de mbôla azo eritreretina
ny fifampiraharahagna aminaré." [15]Fô hatrizay nisian'reo fagnontaniagna mômba re teny sy agnarana ary
lalàgnanaré manôkagna re, alaminonaré zegny. Zaho tsy magniry ny ho mpitsara zegny raharaha zegny."[16]Galio
nagnala anjaré hiala tamin'ny sezam-pitsaragna. [17]Kai nisambotra an'i ostena zare jiaby, ny mpanapaka ny
synagoga, ary namely ananjy te anoloan'ny toairam-pitsaragna. Fô Galio tsy niraharaha zay natônjaré.[18]Paoly,
kôfa avy nipaitraka tao nandritry ny andro maromaro kokoa, de namaila re rahalahy kai niondragna an-tsambo
ho agny Syria niaraka tamin'i Prisila sy Akoila. Talôhan'ny niaingany tamin'ny seragnan-tsambo de nitapahany
tao Kenkrea ny voron-dôhany noho lay voady zay natôny. [19]Kôfa tônga tagny Efesosy zaré, de navailan'i Paoly te i
Prisila sy Akoila, fô izy taignany niditra tao amin'ny synagoga kai niady hevitra tamin'ire Jiosy.[20]Kôfa nangataka
an'i Paoly mbô hidôka aila aila zaré, de nandà izy. [21]Fô nandao ananjaré izy, nivôlagna hoe: "Mbôla hierigna atô
zaho kô sitrapon'Andriamanitra zagny." Dia niondragna an-tsambo niala tao Efesosy izy avy te.[22]Kôfa niantsogna
tao Kaisaria i Paoly, de niakatra izy kai niarahaba ny fiangonan'ny Jerosalema ary nirôrogna nankany Antiokia
avy také. [23]Kôfa avy nipaitraka laira maromaro tao izy, de niainga i Paoly kai nitety re faritr'i Galatia sy Frygia ary
nankahery ny mpianatra jiaby.[24]Ary nisy Jiosy raika nantsôvigna hoe Apolosy, tairaka tagny Aleksandria, tônga
tao Efesosy. Izy de nahay nandaha-teny sady nahalala tsara ny Sôratra Masigna. [25]Apolosy de nampianarigna
tamin'ny fampianaran'ny Tompo. Mahafatra-po amin'ny fagnahy, izy nivôlagna sy nampianatra marigna re raha
mikasika an'i Jesosy, kanaifa ny batisan'i Jaona foagna no fantany. [26]Apolosy nanomboka nivôlagna am-
pasahiagna tamin'ny synagoga. Fô kôfa naregny ananjy i Prisila sy Akoila, de nalaka ananjy ho agny amin'ny
sisiny ary nagnazava taminanjy marigna kokoa ny lalan'Andriamanitra.[27]Kôfa nagniry mbô hamakivaky an'i
Akaia izy, de nampahery ananjy re rahalahy ary nanôratra ho an're mpianatra tao Akaia mbô handray ananjy.
Kôfa tônga izy, de nagnampy baitsaka iré zay nino tamin'ny fahasoavagna. [28]Apolosy nanôhitra mafy re Jiosy
tamin'ny ady hevitra ampahibemaso, nampiseho tamin'ny alalan'ny Sôratra Masigna fô Jesosy no Kristy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 19

[1]Ary ra mbôla tagny Korinty i Apolosy, de nandalo tamin'ny firenegna ambôny i Paoly ary tônga tao amin'ny
tanàgnan'ny Efesosy, ary nahita mpianatra sanany tao. [2]Aozin'i Paoly taminjaré hoe: "Nahazo ny Fagnahy
Masigna mô anaré kôfa nino?" Aozinjaré taminanjy hoe: "Ahe, mbôla tsy naregny momba ny Fagnahy Masigna
aby zaihay[3]Paoly nivôlagna hoe: "Tamin'ino ary zegny no nagnanôvagna Batisa anare ?'' Namaly zare hoe:
"Tamin'ny Batisan'i Jaona.'' [4]Kay namaly Paoly hoe: "Jaona magnano Batisa amin'ny batisan'ny fibaibahagna.
Nivôlagna tamin'ny vahoàka izy fô tôkony hino lay raika zay ho tônga avafara zare, zegny de, akô amin'i
Jesosy.''[5]Kôa naregny zegny ny ôlo, de natô Batisa tamin'ny agnaran'ny Tompo Jesosy zare. [6]Avake kôfa
namaitraka ny tagnany taminjare i Paoly, de nilatsaka taminjare ny Fagnahy Masigna ary nivôlagna tamin'ny
fivolagnana hafa sy naminagny zare. [7]Tamin'ny ro ambiny fôlo te izy jiaby.[8]Niditra takô amin'ny Synagoga i Paoly
ary nivôlagna am-pasahiàgna nandritran'ny telo volagna , nandresy lahatra sy nampagneky azy irè ny momba ny
fanjakan'Andriamanitra. [9]Fô kôfa mafy fo sy tsy nagneky irè Jiosy sanagny, de nanomboka nivôlagna ratsy ny
Lalagna tagnatraihan'ny vahoàka zare. Kay nialan' i Paoly zare ary nindôsiny irè pianatra, nandresy lahatra azy
irè isan'andro takô amin'ny efitragno fampianaragnan'ny Tiraniana. [10]Nitohy nandritran'ny ro tôgna zegny, kay
zay jiaby nipaitraka takô Asia de naregny ny tenin'ny Tompo, ary irè Jiosy sy irè Grika.[11]Andriamanitra nagnano
asa magaga tamin'ny alala'ny tagnan'i Paoly, [12]kay na de irè mosoara sy romoron'akanjo zay nikasika ananjy aza
de natô tamin'ny marary kay sitragna ny aretinjare ary nivoàka avy taminnjare irè fagnahy ratsy.[13]Fô nisy Jiosy
pagnala fagnahy ratsy nandaiha tan-toeragna. Nagnantso ny agnaran'ny Tompo Jesosy zare mbô hanagnanjare
hery hanohairagna ny fagnahy ratsy jiaby nivôlagna zare hoe: ''Amin'ny alalan'i Jesosy zay nivolagnin'i Paoly,
mandidy anô za mbô hivoàka.'' [14]Ny mpisôrognabe Jiosy mitôndra ny agnarany hoe Skeva ary nanagna zanaka
fito lahy no nagnano zegny.[15]Nisy fagnahy ratsy namaly azy irè hoe: ''Fantako Jesosy, ary fantako i Paoly; fô izôvy
anare?'' [16]Ny fagnahy ratsy takô amin'ilay lalahy de nantsambotra tamin'ire pagnala devoly ary niala takô
amin'ilay tragno sy nibolaka ary naratra. [17]Lasa fantan'ôlo jiaby zegny, sy irè Jentilisa, zay nipaitraka tagny
Efesosy. Lasa natahotra mafy zare, kay ny agnaran'ny Tompo Jesosy de namiàm-boninahitra.[18]Ary maro tamin'iré
mpino no nagnatogna sy nibaibaka ary nagneky irè raha ratsy vitanjare. [19]Maro irè nilalô ody no niara-nitôndra
ny bokin-jare sy nagnoro zegny tagnatraihan'ny tsiraikaraika. Kôfa nagnisa ny tômbim-bidin'iregny zare, de
farantsa vôlafotsy dimy aligna zegny. [20]Kay niparaitaka mafy tamin'ny fomba matanjaka ny tenin'ny Tompo.[21]Ary
kôfa navita ny asa fanompoagnany tagny Efesosy i Paoly, de nanapa-kevitra tamin'ny fagnahy izy mbô hiàla an'i
Makedonia sy Akaia tan-dalagna mandaiha akagny Jerosalema, ahozy izy: "Kôfa avy agny za, de tsy maintsy
mandaiha agny Roma ihany koà.'' [22]Paoly nandaiha ro tamin'ire mpagnampy ananjy ho agny? Makedonia, i
Timoty sy Erasto, zay nagnampy azy. Fô izy taignany nijanogna fotoagna fôhy tagny Asia.[23]Tamin'izegny fotoagna
zegny tagny Efesosy de nisy fagnelingelegnana be mikasika ny Lalàgna. [24]Fô nisy mpanefy vôlafotsy raika
antsôvigna hoe Demetrio, zay nagnano ny sary sikotra vôlafotsin'i Diana, nampiditra vôla be ho an'iré mpagnano
asa tagnana. [25]Kay nahôrony niaraka irè lalahy miandraikitra an'io asa io ary nivôlagna hoe: "Tompoko, fantanô
fô amin'itô raha itô de mahazo vôla be zaihay.[26]Hitanô sy regninô zegny, tsy tagny Efesosy ihany, fô saiky
magnairagna an'i Asia jiaby, io Paoly io de nandresy lahatra sy natôgna ôlo maro. Milaza izy fô tsisy
andriamanitra vita tamin'ny tagnana. [27]Fô ny loza de tsy hoe ny varotsika ihany no tsy hilaigna, fô ny
tempolin'andriamanim-bavy maventy Diana ihany koà de azo heverigna ho tsisy dikany. De mety ho very
voninahitra iry avaké, izy zay tompoin'ny Asia jiaby sy izô Tontolo izô.''[28]Kôfa naregny zegny izy, de feno
havigniragna mafy azare kay nihafatra mafy, nagnano hoe: "Maventy i Diana an'i Efesosy.'' [29]Feno fifanjevoagna
takô amin'ny tanàgna jiaby, ary niara-nifanaraitsaka ho akô amin'ny tragno fagnanôvagna fampiseoagna an-
tsaihatra ny vahoàka. Vôsambojare irè mpiara-dià tamin'i Paoly, Gaio sy Aristarko, zay avy agny Makedonia.[30]Te
hiditra takô amin'ire vahoàka maro i Paoly, fô nisakanan'ire pianatra izy. [31]Ary ihany koà, ny sanagny tamin'ire
manam-pahifagna tamin'ny faritr'i Asia zay namany de nagnondaifa mesazy nangakataka azy mafy tsy hiditra
akô amin'ny tragno fagnanôvagna fampiseoagna an-tsaihatra. [32]Ôlo sanagny no nihiàka raha raika, ary ny an'ny
sanagny hafa koà, satrià takô agnaty fifanjevoagna ny vahoàka. Ny ankamaroànjare aza tsy mahay akory hoe
nagnino zare no niara-tônga.[33]Ny sanagny tamin'ire vahoàka no nampafantatra an'i Aleksandra, zay natôsik'ire
vahoàka ho agny alôha, kay nagnano fihetsika tamin'ny tagnany i Aleksandra, te hagnamia fagnazavagna ho
an'ire zay nivory. [34]Fô kôfa nafantatra zare fô Jiosy izy, de nihiàka mafy tamin'ny feo raika izy jiaby tagnatin'ny ro
laira te, nagno hoe: ''Maventy ny Artemisin'ny Efesiana.''[35]Kôfa nampangigna ny vahoàka ny ben'ny tanàgna, de
nivôlagna izy hoe: ''Anô ôlon'i Efesosy, ôlo izôvy no také kay tsy nafantatra fô ny tanàgnan'ny Efesiana de
mpiambigna ny tempolin'ny Diana maventy sy ny sary zay nilatsaka avy agny an- dagnitra? [36]Ary hita avaké fô tsy
azo lavigna irè raha irè, de tôkony hangigna anare kay tsy hagnano na ino na ino tsy am-pihivairagna. [37]Fô

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

nidôsinare amin'ny fitsaragna irè lalahy irè zay sady tsy mandrôba fiangonagna no tsy mpiteny ratsy ny andriamanim-bavintsika.[38]Noho zegny, ra managna fiampangagna manôhitra ny tsiraikaraika i Demetrio sy irè Jentilisa mpagnano asa tagnana zay miaraka aminy, de misôkatra ire fitsaragna ary misy solontaigna akô. Avilay zare hifampiampanga. [39]Fô ra mitady ra momba ny olagna hafa anare, de tôkony ho hatsangana amin'ny fivoriagna ara- dalàgna zegny. [40]Fô indrindra antsika de misy vitragna miraviravy ho voàmpanga mikasika an'i andron'ny tabataba io. Tsisy antony zegny fikorontagnana zegny, ary tsy afaka hagnazava zegny antsika.'' [41]Kôfa nivôlagna zegny izy, de niravany ny fivoriagna.

 

Chapter 20

[1]Kôfa tapitra ny tabataba, de namory irè pianatra i Paoly ary nampahery ananjy, avake nagnano veloma izy ary
lasagna mbô handaiha ho agny Makedonia. [2]Kôfa nandaiha tamin'ire faritra irè izy sy nagnano teny
fankahiraizagna maro azy irè, de tônga tagny Gresia izy. [3]Kôfa avy nidôka telo volagna takô izy, nisy fikia- ratsy
niforôn'ire Jiosy hanohairagna ananjy ra izy handaiha agnaty sambo ho agny Syria igny, kay nanapa-kevitra ny
hierigna ho agny Makedonia izy.[4]Nagnaraka ananjy hatragny Asia lavitra agny i Sopatera zanaka lalahin'i Pyro
avy agny Beria; Aristarko sy Sekondo, samby avy amin'ire mpigno Tesalonika; Gayo avy agny Derbe; Tymoty, ary
Tykiko sy Trofimo avy agny Asia. [5]Fô irè lalahy irè aifa nialôha anay ary nandigny anay tagny Troasy.
[6]Niondragna an-tsambo niala takô Filipy zahay tafaran'ny andro fihinanagna môfo tsy masigna, ary tagnatin'ny
dimy andro de tônga tagny aminjaré tagny Troasy zaihay. Ary nipaitraka tô zahay nandritra ny fito andro.
[7]Tamin'ny andro voalôhan'ny herinandro, kôfa niangogna niaraka mbô hanapaka ny môfo zaihay, de niraisaka
tamin'ire mpino i Paoly. Izy de nikasa handaiha ny amaraignaniny, kay tsy nanohy raisaka hatramin'ny
sasakaligna izy. [8]Nisy jiro maro takô amin'ny efitragno ambôny zay natôngavanay niaraka.[9]Tamin'ny lafenaitra
hely no nipaitraka itô tôvolahy nagnantso hoe Eotika, zay tafalatsaka tagnaty tôromaso laligna. Ra niraisaka
naharitra kokoà i Paoly, i tôvolahy i, de mbôla nandry, tafalatsaka avy amin'ny etazy fatelo ary nony nafegnina
izy de hita fô aifa maty. [10]Fô i Paoly nirôrogna, nagnainjagna ny taignany taminy, ary nitôlogna ananjy.'' Aza
malahelo koà, fô velogna izy.''[11]De niakatra ndraika izy avake nanapaka ny môfo sy nihinagna. Kôfa avy niraisaka
aila taminjare hatramin'ny mandraigna be izy, de nandaiha. [12]Nitôndra lay tôvolahy aifa velogna niherigna zare
ary taigna faly taigna faly.[13]Antsika mihitsy no nandaiha talôhan'i Paoly tamin'ny sambo ary nanday sambo ho
agny Aso, fô agny no kasainay handraisagna an'i Paoly. Zegny no fagniriany izy taignany ho atô, satrià nagniry
handaiha an-tanety izy. [14]Kôfa nitrôtra taminay tagny Aso izy, de nindôsinay tamin'ny sambo izy kay nakagny
Mitylena.[15]Avake nandaiha sambo avy te zaihay ary tônga takô amin'ny fagnitsin'i Kio ny amaraigna. Ny andro
magnaraka de niantsogna takô amin'ny nosin'ny Samo zaihay, ary ny amaraignan'igny de tônga takô amin'ny
tanàgnan'i Mileto. [16]Fô Paoly nanapa-kevitra ny handaiha sambo handalo an'i Efesosy, mbô tsy handany fotoagna
aila agny Asia izy; satrià izy de maika ny ho agny Jerosalema ny andron'ny Pentekosta, ra azony atô ny magnano
zegny.[17]Avy agny Mileto no nandifasany lalahy ho agny Efesosy ary nagnantso ny lôhôlon'ny fiangonagna hake
aminy. [18]Kôfa tônga takô aminy izy irè, de nivôlagna taminjaré izy hoe: "Anare taignanaré mahay, hatramin'ny
andro voalôhany nandiavako an'i Asia, hoe karakôry no nandaniàko ny fotoagnako niaraka taminare. [19]Za de
nanômpo hatragny ny Tompo tamin'ny fanitrian-taigna jiaby sy ranomaso, ary tagnaty fijaliagna no nitranga
taminahy zegny nohon'ny teti-dratsin'ire Jiosy. [20]Anare de mahay fô tsy nitazogna fanginagna tamin'ny
fangnambaragna taminare irè jiaby zay nilaigna za, sy ny fomba nampianarako anare tagnatraihan'ôlo ary
tamin'ny isan-tragno, [21]hijoroako vavolambelogna tamin'ire Jiosy sy irè Jentilisa mômba ny fibebahagna
amin'Andriamanitra sy ny finoàgna akô amin'ny Jesosy Tompontsika.[22]Indro avaizo, ho agny Jerosalema za,
nitiren'ny Fagnahy Masigna kay tsy mahay zay hahazo anahy agny, [23]fatsy zay hampitandraiman'ny Fagnahy
Masigna anahy isaky ny tanàgna maventy amin'iré famatôragna sy fijaliagna zay mandigny za. [24]Fô za de tsy
mihevitra ny fiaignako hoe misy valaira amin'ny taignako, ra tsy hoe havita ny halakiàko sy ny asa fanompoàko
zay niraisiky avy amin'i Jesosy Tompo za, hagnambara ny filazantsaran'ny fasoàvan'Andriamanitra.[25]Ary indro
avaizo, fantako fô anare jiaby, zay nagnambarako ny fanjakagna, no tsy hahita ny tarehiky aiky. [26]Noho zegny
ambarako aminare amin'itô andro itô, fô za de tsy manan-tsigny amin'ny ràn'ny ôlo. [27]Fô tsy navoniky taminare
ny fagnambaragna ny sitrapôn'Andriamanitra jiaby.[28]Noho zegny tandremo ny mômban'ny taignanare, sy ny
mômban'ire ondry jiaby zay nampandrakaitan'ny Fagnahy Masigna anare. Mitandraima amin'ny mpiambigna
ondrin'ny fiangonan'Andriamanitra, zay nividiny tamin'ny ràny manôkagna. (Fagnamarihagna: ra ''Tamin'ny
ràny manôkagna'' ny amin'ny taratasy talôha de mivaky hoe: "Tamin'ny ràn'ny zanaka lalahiny manôkagna.'')
[29]Fantako fô avafaran'ny fandianako, de ho avy aminare irè amboàdy masiàka ary tsy hiàtra an'iré ondry.
[30]Fantako fô de avy aminare aza de hisy ôlo ho avy ary hagnôva ny marigna mbô hitarika irè pianatra hagnaraka
azy irè.[31]Koà miambaina. Aza adigno fô tagnatiny telo tôgna za no tsy nijanogna nampianatra ny tsiraikaraika avy
aminare, andro aman'aligna tamin'ny ranomaso. [32]Avaizo ankigniky amin'Andriamanitra sy amin'ny tenin'ny
fasoavany anare, zay afaka manangagna sy magnamià anare ny lôva amin'ire jiaby zay namasinigna.[33]Tsy
nagniry vôlafotsy, vôlamaina, na akanjon'ôlo za. [34]Anare taignanaré no mafantatra fô ireto tanagna ireto no
nanôlotra zay nilaiky ary iré nilain'ire zay niaraka taminahy. [35]Tamin'ny ra jiaby no nagnomaizako ôhatra anare
ny fômba tôkony hagnampianare irè malemy amin'ny alalan'ny asa, ary ny fômba hitsarôvanare irè tenin'ny
Tompo Jesosy, teny zay nivolagniny izy taignany hoe: "Masambatra kokoà ny magnamià noho ny mandray.''[36]Kôfa
avy nivôlagna karanjegny, izy de nandongalitra ary nivavaka niaraka tamin'izy jiaby. [37]Nisy fitomagniagna be te


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

ary nitôlogna an'i Paoly sy nagnôroka ananjy zare. [38]Nalahelo ny maro taminjare noho zay nivolagniny, hoe: zare de tsy hahita ny tarehiny aiky. Avake nagnatitra ananjy tamin'ny sambo zare.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 21

[1]Kôfa niala taminjare zaihay de nandaiha an-tsambo, ary nagnaraka lalagna mahitsy nankagny amin'ny
tanàgnan'i Kosy, nakagny amin'ny tanàgnan'i Rody ny andro magnaraka, ary avy akô de nakagny amin'ny
tanàgnan'i Patara. [2]Kôfa nahita sambo Foinika zaihay, de niditra takô zaihay kay nandaiha sambo.[3]Kôfa avy
nahita an'i Kyprosy, de nagnombaila zegny tampitan'ny sambo, nandaiha sambo ho agny Syria zaihay ary
niantsogna takô Tyro, toeragna zay namoàhan'ire tantsambo ny aintagna tagnaty sambo. [4]Ra vô nahita an'iré
pianatra zaihay, de nidôka tagny tagnatin'ny fito andro. Tamin'ny alala'ny Fagnahy de nandresy lahatra an'i Paoly
hatragny zare mbô tsy handaiha ho agny Jerosalema.[5]Kôfa tapitra ny andronay, de niala takô zaihay kay
nandaiha tamin'ny làlagnanay, ary izy kôfa, nagnaraka tamin'ire vady aman-janagny, nagnaraka nivoàka
tamin'ny tanàgna. Ary nandongalitra tamôron-dranomasingna de nivavaka [6]ary nifagnano veloma. De niditra
tagnaty sambo zaihay, ary zaré niherigna tan-dragnony.[7]Kôfa vitanay ny laihà tagny Tyro, de tônga tagny
Tolemaia zaihay. Tagny de nitrôtra tamin'ire ralahy ary nidôka raika andro niaraka taminjaré. [8]Ny amaraigna de
niala takô zaihay ary nandaiha tagny Kaesaria. Niditra ny tragnon'i Filipo antsika, evanjelista, zay tamin'iré fito,
ary nijanogna niaraka taminy zaihay. [9]Avaizo io lalahy io de nanagna zanaka viavy virijiny aifatra zay
naminagny.[10]Kôfa nijanogna takô tagnatin'ny andro maromaro zaihay, de nisy mpaminagny raika nirôrogna avy
tagny Jodia nantsôvigna hoe Agabo. [11]Nagnatogna anay ary nalaka ny sentirin'i Paoly izy. Tamin'igny no
namatôrany ny tongony sy ny tagnany ary nivôlagna hoe:" Ahozy ny Fagnahy Masigna, de ho karanjô no
hamatôran'ire Jiosy agny Jerosalema ny lalahy zay tômpon'itô sentiry itô, ary honôlotra ananjy an-tagnan'ire
Jentilisa"'.[12]Kôfa naregny zegny raha zaihay, de zaihay sy irè ôlogna mipaitraka takô amin'io toeragna io de
niàngavy tamin'i Paoly tsy niakatra ho agny Jerosalema. [13]Ary namaly i Paoly nagnano hoe: "Ino no atônare,
mitomagny sy mandratra ny fôko? Za aifa vôgnona, tsy hoe hifatôragna foàgna, fô agnaran'i Tompo Jesosy.''
[14]Satrià tsy nagniry ny hirisen-dahatra i Paoly, de nijanogna nagnandragna zaihay ary nivôlagna hoe: "Ôka ho
tantairaka ny sitra-pôn'ny Tompo."[15]Tavafaran'ire andro ire, de nitôdra ny sakanay zaihay kay niakatra nankagny
Jerosalema. [16]De nisy irè pianatra sanagny koà avy agny Sezarea nagnarakanay. Nitôndra lalahy raika niaraka
taminjare zay natsôvigna hoe Menasona, lalahy avy agny Sipro, pianatra tranaigna, zay tôkony hiarahanay
mitoetra.[17]Kôfa tônga tagny Jerosalema zaihay, de nandray anay am-pifaliagna irè ralahy. [18]Ny amaraigna de
nagnaraka anay i Paoly ho agny amin'i Jakoba, ary te dahôlo irè lôhôlogna jiaby. [19]Kôfa avy niarahaba azy irè izy,
de nitatitra tsiraikaraika irè raha jiaby zay aifa natôn'Andriamanitra tamin'ire Jentilasa tamin'ny alalan'ny asa
fanompoagnany.[20]Kôfa naregny zegny zare, de nidaira an'Andriamanitra, ary nivôlagna taminy hoe: "Hitanô, ry
ralahy, agn'arivony firy no nino tamin'ire Jiosy. Tapa-kevitra izy jiaby hitandrigna ny lalàgna. [21]Aifa
nivolagninjare ny mômba anô, fô anô de mampianatra irè Jiosy jiaby zay mipaitraka amin'ire Jentilisa hafoé an'i
Mosesy, ary anô mivôlagna ananjy irè tsy hamôra ny zanagny, ary tsy hagnaraka ny fômba talôha.[22]Ino no tôkony
ho hatôntsika? Ho regnin-jaré tikoàtra fô tônga anô. [23]Koà atôvo zay lazainay anô. Managna lalahy aifatra zay
nagnano tsikafara zaihay. [24]Indôso irè lalahy irè ary diôvy miaraka aminjare ny taignanare, ary hifay irè
fandaniagnan-jare, mbô hagnaraka ny lôhany zare. Kay ho fantatr'ôlogna jiaby fô irè raha zay nivolagnina
mômba anare de diso. Ho fantan-jaré fô anô de magnaraka lalàgna koa[25]Fô mikasika irè Jentilisa zay nino, zaihay
de nanôratra sy nagnamia torolalagna fô tôkony hitandrigna ny taignany amin'ny raha vita sôrogna ho an'ny
sampy zare, avy amin'ny rà, avy amin'zay nigijaigna, sy avy amin'ny fijangajangagna. [26]Avake de nalain'i Paoly irè
lalahy, ary ny amaraigna, izy nagnady ny taignany niaraka taminjare, niditra tan-tempoly, nagnambara ny
vanim-potoagnan'ny andron'ny fagnadiôvagna ny mandrapagnatitra ny rakitra ho an'ny ôlo tsiraikaraika
taminjare.[27]Kôfa ho tapitra iré andro fito, iré Jiosy sasantsanagny avy agny Asia, nahita an'i Paoly tan-deglizy,
nampikôrôntagna iré vahoàka jiaby, ary nisambotra ananjy. [28]Nitabataba zaré hoe: "Ry ôlogn'Israely, ampià
zahay.'' Io lay lalahy zay mpampianatra ny ôlogna jiaby hatraiza hatraiza iré raha zay manôhitra ny ôlogna, ny
lalàgna, ary tô toairagna tô. Fagnampin'zagny, nitôndra Grika tan-tempoly koà izy ary nandoto an'itô toairagna
masigna tô. [29]"Fô zaré talôha nahita an'i Trofima zay Efezianina niaraka taminanjy tan-tanàgna, ary nieritreritra
zaré fô i Paoly no nitôndra ananjy tan-tempoly.[30]Nifanaraitaka ny tanàndraiky, ary niaraka niazakazaka sy
nisambotra an'i Paoly ny ôlogna. Nisintogna ananjy hivoàka tan-tempoly zaré, de nafody teo no eo ny tamiagna.
[31]Kôfa te am-pamonoagna ananjy zaré, de nisy vôvô tonga tagny amin'ny kapiten'ny mpiambigna fô
mikorontagna aby Jerosalema jiaby.[32]Avy hatrany izy de nalaka miaramila sy kapiteny ary niazakazaka nirôrogna
amin'iré vahoàka. Kôfa nahita iré kapiteny sy iré miaramila ny vahoàka, de nidôko namely an'i Paoly zaré. [33]De
nagnatogna lay kapiteny ary nisambotra an'i Paoly, ary nasainy nifatôragna tamin'ny rôjo vy roa izy. De
nagnontany izy hoe: zôvy ary ino no natôny.[34]Ny sanagny taminjaré vahoàka nitabataba raha raika ary iré hafa
raha hafa. Satria tsy afaka nivôlagna na ino na ino ny kapiteny noho ny tabataba jiaby, de nasainy nindôsigna ho


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

agny amin'ny rova i Paoly. [35]Kôfa tônga tamin'ny tôhatra izy, de nindôsin'iré miaramila izy noho ny herisetram-
bahoàka. [36]Fô nagnaraka tafara ny vahoàka be ary nanohy niorakoraka hoe: "vonoÿ izy"[37]Kôfa igny indôsigna tan-
drova igny i Paoly, de aozin'ny tamin'ny kapiteny: "Afaka mivôlagna raha aminô mô za?" Aozin'lay kapiteny hoe:
"Miteny Grika mô anô? [38]Tsy anô mô lay Egyptiana, zay nitarika fikomiagna tagny alôha ary nitarika iré efatra
arivo lahy amin'ny mpamono ôlogna nivoàka avy tagny an-tany efitra?"[39]I Paoly nivôlagna hoe: "Zaho de Jiosy,
avy agny amin'ny tanàgnan'i Tarsosy agny Kiliaka. Zaho de ôlom-pirenegnan'ny tanàgna manan-danja.
Mangataka aminô zao, ambilay zaho hivôlagna amin'ny ôlogna." [40]Kôfa nambaila anajy hivôlagna lay kapiteny, de
nitsangagna tamin'ny tôhatra i Paoly ary nagnano fihetsika tamin'ny tàgnany tamin'ny vahoàka. Kôfa nisy
fangignana laligna de nikoragna taminjaré fiteny Hebreo izy. Aoziny:

## Chapter 22

1"A ralahy sy a baba, tandrignaiso ny fiarôvako zay hatôko aminaré avaizo." 2Kôfa naregny an'iPaoly nivôlagna
tamin'ny teny Hebreo iré vahoàka, de nanjary nangigna zaré. Aoziny hoe:3"Jiosy zaho, tairaka tagny Tarsosy agny
Kilikia, fô nibiazigna teto amin'itô tanàgna tô te amin'ny tongon'i Gamalila. Nampianarigna arakan'ny fômba
entitry ny lalàn'iré razantsika zaho. Taigna mafana fô ho an'Andriamanitra zaho, karaha anaré jiaby amin'izao
andro izao. 4Nagnenjika io Làlagna io ho amin'ny fafataisagna zaho, namatotra sy nanôlotra anjaré tan-dragno
maizigna na lalahy na viavy, 5ary ny mpisorogna be sy iré lôhôlogna jiaby afaka mijoro vavolombelogna. Nandray
taratasy avy agny aminjaré ralahy agny Damaskosy zaho, ary nandaiha nankagny nitôndra zaré niherigna mbôla
mifatotra hankagny mbô hanaziagna anjaré."6Zô no niseho kôfa nandaiha ary nariny an'ny Damaskosy zaho, ary
tatoandro be te ho eo de nisy hazavagna maventibe avy agny an-dagnitra nanomboka mangilatra nagnodidigna
anahy. 7Lavo tamin'ny tany zaho ary naregny feo nivôlagna taminahy hoe: 'Saoly, Saoly, nagnino anô magnenjika
Anahy?' 8Namaly zaho hoe: 'Zôvy mô anô, Tompoko?' Nivôlagna taminahy Izy hoe: 'Izaho no Jesosin'ny Nazareta,
zay injehinô.'9Iré zay niaraka taminahy de nahita ny hazavagna, fô zaré tsy nahay lay feo nivôlagna taminahy.
10Oazaho hoe: 'Ino no tôkony hatôko, Tompoko?' Ny Tompo nivôlagna taminahy hoe: 'Mitsangàna ary midira agny
Damaskosy; agny no agnambaragna aminô ny raha jiaby zay tôkony hatônô.' 11Tsy nahita noho ny hangilàragny
zagny fazavagna zagny zaho, ary nitantagnanjaré zay niaraka taminay, kay tôbga tagny Damaskosy zaho.
12Nitrôtra tamin'ny lalahy raika natô hoe: Ananiasy tagny zaho, lalahy matahotra an'Andriamanitra nagnaraka ny
lalàgna ary tsara laza te amin'iré Jiosy jiaby zay nipaitraka tô. 13Nagnatogna anahy izy, nijoro tankilako, ary
nivôlagna hoe: 'A ralahy Saoly, mahità.' Tamin'zagny laira zagny foàgna de nahita ananjy zaho.14Ary nivôlagna izy
hoe: 'Ny andriamanitr'iré razantsika de nifidy anô mbô ahay ny sitrapôny, mbô ahita ny Raiky Marigna, haregny
ny feo aloaky ny vavany. 15Fô ho vavolombelogna ho Ananjy amin'ny ôlogna jiaby mômba zay hitanô sy regninô
anô. 16Ary magnino anô no mandigny? Mitsangàna, ôka ho atô batisa, ary diôvo iré fahotanô, antsôvo amin'ny
agnarany."'17Kôfa avy nierigna tagny Jerosalema zaho, ary kô mbôla nivavaka tan-tempoly, de nahazo
tsindrimandry zaho. 18Nahita Ananjy nivôlagna taminahy hoe: 'Malaky mialà agny Jerosalema malaky, satrià zaré
tsy hagneky fijoaroanô vavolombelogna mômba Anahy.'19Oazaho: 'Tompo, zaré taignany de mahay fô zaho de
nagnagadra sy namely zay nino Anô jiaby tao Synagoga. 20Kôfa nalatsaka ny ràn'i Stefana vavolombelognanô,
zaho koà de nitsangagna te sy nagneky, ary niambigna ny lamban'iré zay namono ananjy zaho.' 21Fô nivôlagna
taminahy Izy hoe: 'Mandihana, satrià halaifako lavitra an'iré jentilisa anô."'22Nitandrignaisan-jaré mandra-
pivolagnany zagny. De niafatra mafy zaré ary nivôlagna hoe: "Vony hiàla akéto amin'ny tany ny lalahy karaha io,
satrià tsy mendrika ny ho velogna izy." 23Kôfa nitababa zaré, nanipy ny lambany, ary nanipy vôvôka tamin'ny
rivotra, 24ny liben'ny Kapiteny de nagnidy an'i Paoly mbô hindôsigna agny amin'ny lapa magnodidigna miaraka
amim-bely izy, kay mbô izy taignany de ahay hoe nagnino zaré no niafatrafatra nanôhitra ananjy karanjagny.
25Kôfa namatotra ananjy tamin'ny taretra hoditra zaré, de aozin'i Paoly tamin'ilay Kapiteny zay nitsangagna také:
"Ara-dalàgna ho anaré mô ny magnakaravasy lalahy zay Romana sy tsambôla nitsaraigna aby? 26Kôfa naregny
zagny lay kapiteny, de nandaiha amin'ny liben'ny Kapiteny izy kay nivôlagna ananjy, hoe: "lno zô atônô zô?" Fô
mponin'ny Romana io lalahy io."27Nagnatogna lay liben'ny kapiteny ary nivôlagna taminanjy hoe: "Volagno
aminahy, mponigna Romana mô anô?" Paoly namaly hoe: "Ia." 28Ary namaly lay kapiteny hoe: "Tamin'ny vôlabe
foàgna no nazahoako io zom-pirenegna io. Fô Paoly nivôlagna hoe: "Natairaka ho mponign'ny Romana zaho. 29Ary
nandao ananjy teo no eo lay lalahy zay namaitra-pagnotaniagna ananjy. Natahotra koà lay liben'ny kapiteny, kôfa
hainy fô mponigny Romana i Paoly, satrià izy namatotra ananjy."30Ny amaraigna, te ahay ny marigna mômba iré
fagnindrikidraihan'iré Jiosy nanôhitra an'i Paoly ny lehiben'ny kapiteny. Kay nivahany iré fatotra ary nibokoeny
iré mpisorogna be sy iré filan-kevitra jiaby mbô hivory izy. Ary nitôndra an'i Paoly nirôrogna izy ary namaitraka
ananjy tagnivonjaré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 23

[1]Paoly de nizaha nivantagna tagny amin'iré mpikambagna tamin'ny filan-kevitra ary nivôlagna hoe: "A rahalahy,
zaho de aifa niaigna tagnatraihan'Andriamanitra tamin'ny fieritreretagna tsara jiaby mandrakigniany." [2]Ny
mpisorognabe Ananiasy de nibeko re zay nitsangagna tankilany mbô hamilaizagna ny vavany. [3]Avy te i Paoly
nivôlagna ananjy hoe: "Andriamanitra de hamely anô, anô ry rindrina voalalotra fotsy. Anô mô de mipaitraka
hitsara ahy amin'ny lalàgna, naifa mandidy anahy mbô hivilezigna, tsy araka ny lalàgna?[4]Re zay nitsangagna te
de nivôlagna hoe: "Zao mô no fômba hanaivatainaré ny mpisorognaben'Andriamanitra?" [5]I Paoly nivôlagna hoe:
"Tsy nahay zaho, ry rahalahy, hoe izy lay liben'ny mpisorognabe. Fô aifa voasôratra hoe: tsy tôkony hivôlagna
ratsy ny mpitôndra ny vahoakanô anô."[6]Kôfa hitan'i Paoly fô ny sanagny tamin'ny filan-kevitra de Sadoseo ary ny
hafa Fariseo, de nivôlagna mafy tao amin'ny filan-kevitra izy hoe: "A rahalahy, zaho de Fariseo, zanaka lahin'ré
Fariseo. Zagny no izy satria zaho de magnantaigna tsara ny fitsanganan'ny maty zay hitsaragna anahy." [7]Kôfa
nivôlagna zagny izy, de nanomboka nisy fifandiragna tamin'iré Farieo sy ré Sadoseo, ary ny vahoaka de nizara.
[8]Fô re Sadoseo de nivôlagna fô tsisy ny fitsanganagna amin'ny maty, tsisy re anjely, ary tsisy re fagnahy, naifa re
Fariseo de nagneky anjare jiaby re.[9]Noho zagny de nisy fitabatabagna mafy niseho, ary ny sanagny taminjaré
mpanora-dalàgna re Fariseo de nitsangagna ary niady hevitra, nivôlagna hoe: "Zahay de tsy mahita raha diso
amin'io lalahy io. Akôry raha ny fagnahy na ny anjely no nikoragna taminanjy?" [10]Kôfa nisy fifandiragna mafy te,
ny kapiteny mpitarika de natahotra sao de hifandrotehanjaré i Paoly, noho zagny izy de nandidy re miaramila
mbô hirôrogna sy halaka ananjy an-keriny agny amin're mpikambagna amin're filan-kevitra, ary hitôndra ananjy
agny an-dapa.[11]Ny aligna magnaraka ny Tompo de nijoro tankilany ary nivôlagna hoe: "Aza matahotra, fô karaha
ny nijoroanô vavolombelogna mômba Anahy tagny Jerosalema, no tsy maitsy hijoroanô vavolombelogna agny
Roma koà."[12]Kôfa mandraigna ny andro, ny Jiosy sanagny de namôrogna tetika ary nagnôzogna ny taignanjaré
miaraka amin'ny fianianana mbô tsy hihinagna na hisotro na ino na ino ambara-pamonoàn-jaré an'i Paoly.
[13]Mihoatra ny efapôlo ôlogna zaré namôrogna io tetika io.[14]Zaré de nandaiha tagny amin'ré mpisorognabe sy re
lôhôlogna kai nivôlagna hoe: "Zahay de aifa nagnano fagnozôgnana maventy tamin'ny taignanay, mbô tsy
hihinagna na ino na ino ambara-pamonoànay an'i Paoly. [15]Avaizo, noho zagny, ambilay ny filan-kevitra hivôlagna
amin'ny kapiteny mpitarika mbô hitôndra ananjy hirôrogna atô aminaré, ary anaré karaha hoe hanapa-kevitra
amin'ny raha misy mômba ananjy marigna kokoa. Fô ho anay, zahay de vôgnona ny hamono ananjy alôhan'ny
fatongavany aketo."[16]Naifa ny zanaka lahin'ny anabavin'i Paoly de naregny fa am-pidiniasagna ny hamonoagna
ananjy zaré, noho zagny izy de nandaiha ary niditra ny lapa kai nivôlagna tamin'i Paoly. [17]I Paoly de nagnantso ny
raika taminjaré kapiteny kai nivôlagna hoe: "Ndôso agny amin'ny kapiteny mpitarika itô tôvolahy itô, fô manana
raha volagnina aminanjy izy."[18]Noho zagny lay kapiteny de nandray lay tovolahy ary nitôndra ananjy tagny
amin'ny kapiteny mpitarika kai nivôlagna hoe: "I Paoly lay gadra no nagnantso anahy ho agny aminanjy, ary
nangataka anahy mbô hitôndra itô tôvolahy itô ho aketo aminô. Managna raha ho koragnina aminô izy." [19]Ny
kapiteny mpitarika de nalaka ananjy tamin'ny tagnana ho agny amin'ny toairagna mitôkagna ary nagnotany
ananjy hoe: "Ino zagny tôkony hivolagninô aminahy zagny?"[20]Lay tôvolahy nivôlagna hoe: "Ré Jiosy de aifa
nagneky ny angataka aminô mbô hitôndra an'i Paoly hirôrogna agny amin'ny filan-kevitra amaraigna, karaha
hoe zaré de handaiha nagnontany ny mômba ananjy marigna kokoà. [21]Naifa aza magneky anjaré, satrià efa misy
ôlogna mihoàtra ny efapôlo zay aifa mivôgnona hamono ananjy. Nagnantso ôzogna ho an'ny taignany zaré, mbô
tsy nihinagna na hisotro ambara-pamonoànjaré ananjy. Fô na de zao aza de aifa vôgnona zaré, mandigny
fagnikiagna avy aminô."[22]Kay navailan'ilay kapiteny mpifehy handaiha lay tôvolahy, tafaran'ny nanoroàny
ananjy hoe: "Aza mivôlagna na aminjôvy ana aminjôvy hoe nivôlagna re raha re taminahy anô." [23]Avy te izy de
nagnantso ho aminanjy ny roa tamin'ré kapiteny kai nivôlagna hoe: "Alaivo ny miaramila roanjato zay vôgnona
ny andaiha agny Kaisaria, sy mpitikin-tsoavaly fitopôlo koa, ary mpitôndra lefogna roanjato. Handaiha anô
amin'ny laira fahatelon'ny aligna." [24]Izy foagna koa de nandidy anjarè mbô hagnomia biby zay afaka hitikinan'i
Paoly, ary mbô hitôndra ananjy soa aman-tsara agny amin'i Feliksa ilay governora.[25]Avy te de nanôratra taratasy
karanjo izy: [26]"Klaodio Lisia ho an'i Feliksa governora taigna tsara, arabaigna. [27]Io lalahy io de nisambôrinjaré
Jiosy ary saika nivoninjaré, kôfa tônga taminjaré niaraka tamin're miaramila zaho de nagnavotra ananjy, satria
nahay zaho fô izy de ôlom-pirenegna Romana."[28]Zaho de te hahay ny antony niampanganjaré ananjy, noho zagny
de nindôsiko nirôrogna tamin'ny filan-kevin-jaré izy. [29]Nahay zaho fô voapanga tamin'ny ady hevitra mikasika ny
lalàgnanjaré manôkagna izy, naifa tsisy fiampangagna nanohitra ananjy zay mendrika fahafataisagnana
fagnagadragna. [30]Avy te de nampafantarigna anahy fô nisy tetika hanohairagna lay lalahy, noho zagny de
nandaifa ananjy te noho eo tagny aminô zaho, ary nagnafatra re mpiampanga ananjy koa mbô hitôndra ny
fanamelohan-jaré ananjy agnatraihanô. Veloma."[31]Kay noho zagny re miaramila de nagneky re bekonjaré.

Nalainjaré i Paoly ary nindôsiny tamin'ny aligna tagny Antipatria. [32]Ny amaraigna, ny ankamaroan're miaramila de nandao re mpitikin-tsoavaly mbô handaiha hiaraka aminanjy fô zaré de nierigna tagny an-dapa. [33]Kôfa tônga tagny Kaisaria re mpitikin-tsoavaly kai nanôlotra ny taratasy ho an'ny governora, de nanôlotra an'i Paoly taminanjy koa.[34]Kôfa namaky ny taratasy ny governora, de nagnontany ny faritany zay niavian'i Paoly izy, kôfa fantany fo avy agny Kilikia izy, [35]de nivôlagna hoe: "Zaho de haregny tantairaka anô kôfa tônga aketo re mpiampanga anô." De nasainy nitanagna tamin're foiben'ny fanjakan'i Heroda izy.

 

Chapter 24

1Tafaran'ny dimy andro, Ananiasy lay mpisorognabe, re lôhôlogna sanagny, ary mpikabary antsôvigna hoe
Tertylo de nandaiha tagny. Re lalahy re de nitôndra fiampangagna an'i Paoly talôlohan'ny governora. 2Kôfa
nitsangana talôhan'ny governora i Paoly, de nanomboka niampanga ananjy i Tertylo kai nivôlagna hoe: "Noho
anô de managna fiadanagna maventy zahay, ary ny fahitanô de mitôndra fagnovana tsara amin'ny firenegnanay;
3kay am-pankasitrahagna tantairaka no handraisanay ny raha jiaby zay ataonô, ry Feliksa taigna tsara."4Mbô tsy
hitanaka anaré aila loatra, de mangatakafotoagna fôhy aminaré zaho mbô hitandregny anahy am-pahatoniagna.
5Fô io lalahy io de hitanay fô mpagnakorôntagna ary iraika zay nitarika ny Jiosy jiaby magnairagna izao tontolo
izao hikomy. Izy no mpitarika ny sekta Nazareana. 6Ary izy koa niaizaka ny handoto ny tempoly, ka de
nisambôrinay izy. (Fagnamarihagna: re antontan-taratasy talôha de nagnampy hoe: "Tianay ho tsaraigna araka
ny lalàgnanay izy.")7(Fagnamarihagna: Re antontan-taratasy talôha de ahitagna ao amin'ny andinigny faha 7 hoe:
"Fô Lysia, mpiandraikitra, tônga ary nalaka ananjy an-keriny tan-tagnanay.") 8Kôfa magnontagny an'i Paoly
mikasika regny raha jiaby regny anô, de ho hainô ny mikasika regny fiampangagna natônay momba ananjy
regny." (Fagnamarihagna: Re antontan-taratasy talôha de nagnampy ao amin'ny tapany vôlohany amin'ny
andininy faha 8 hoe: "Nandaifa anay taminô.") 9Re Jiosy foagna koa de nagnampy trotraka regny fiampangagna
regny, ary nagnamafy fô marigna aby regny.10Fô kôfa notondroen'ny mpanapaka hivôlagna i Paoly, de namaly
Paoly hoe: "Fantako fô anô de aifa mpitsara taketo amin'itô firenegna itô nandritry ny tôgna maro, kai de faly ny
taignako magnazava aminô. 11Ho fantanô fô tsa mbôla nihoatra ny roa ambin'ny fôlo andro zay no niakarako
nidaira tagny Jerosalema. 12Kôfa hitanjaré tan-tempoly zaho, de tsy niady hevitra na tamin-jôvy na tamin-jôvy
zaho, ary tsy namporisika ny vahoaka, na tamin'ire Synagoga, na tan-tanàgna. 13Tsy afaka magnaporofo aminô re
fiampangagna zay atôny aminahy avaizo zaré.14Saingy zaho magneky zô aminô, araka ny Fampinaragna zay
antsôvinjaré hoe sekta, de karanjany koa no hanompoko ny Andriamanitry ny razambentsika. Zaho de mahatoky
amin'ny jiaby zay ao amin'ny lalàgna sy re voasôratr're mpaminagny. 15Managna ny fahatokisagna
an'Andriamanitra kara re ôlogna re zaho, fô hisy ny fitsanganan'ny marigna sy ny ratsy fagnahy amin'ny maty.
16Noho zagny zaho de miaizaka mandrakariva mbô hanagna fisainagna madio agnatraihan'Andriamanitra sy ny
ôlombelogna.17Ary tafaran'ny tôgna maro de tônga zaho hitôndra fagnampiagna ho an'ny fireneko sy
fagnomaizagna ara-bôla. 18Kôfa vita zagny, nisy Jiosy vitsivitsy avy agny Asia nahita anahy tagny amin'ny fetin'ny
fagnadiôvagna tao amin'ny tempoly, tsy niaraka tamin'ny vahoaka na tabataba. 19Re ôlogna re de tôkony ho
agnatraihanaré avaizo kai hivôlagna zay hiampanganjaré anahy, kô magnana raha zaré.20Na koa, re ôlogna re
foagna no tsy tôkony hivôlagna zay hitanjaré tsy mety aminahy kôfa nitsangagna talôhan'ny filan-kevitry ny Jiosy
zaho, 21kôfa tsy hoe momba ny raha raika zay niafarako kô nijoro tagnivonjaré zaho: 'Zagny de mikasika ny
fitsanganan'ny maty zay hitsaragna anahy aketo agnatraihanaré gniagny.'22Ary Feliksa, zay nampahafantarigna
tsara mômba lay Fampianaragna. Izy de nivôlagna hoe: "Kôfa mirôrogna avy agny Jerosalema i Lysia mpandidy,
de hanapa-kevitra ny amin'ny raharahanô zaho." 23Avy te izy nandidy lay kapiteny fô i Paoly de tôkony
hiambaisagna, fô mbô hisy fahafahagna de tsisy amin'ire namany ho sakanagna amin'ny fagnampiagna zay raha
ilaigny.24Andro vitsivitsy tafaranjany, de nierigna niaraka tamin'i Drosila vadiny i Feliksa, zay viavy Jiosy, kai
nalaifa ho agny i Paoly ary naregny taminanjy mômba ny finoagna ao amin'i Kristy Jesosy. 25Fô kôfa niady hevitra
niaraka taminanjy i Paoly mômba ny fahamarinagna, fahonognan-taigna, sy ny fitsaragna ho avy, de nanjary
natahotra i Feliksa kai nivôlagna hoe: "Mandihana manomboka zao. Fô kôfa managna fahafahagna zaho afara
akô de handaifa ho anô."26Nandritr'zagny fotoagna zagny foagna, de nanantaigna izy fô hagnomia vôla ananjy i
Paoly, noho zagny de nandaifa ho ananjy matetika izy ary nikoragna taminanjy. 27Fô kôfa afaka roa tôgna, de lasa
governora nandimby an'i Feliksa i Porsio Festosy, saingy Feliksa te hahazo sitraka tamin're Jiosy, de navailany ho
hambainagna koa i Paoly.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 25

[1]Avaizo, Festosy niditra tamin'ny faritany, ary telo andro tafara, de niakatra avy tao Kaisaria izy ho agny
Jerosalema. [2]Ny lôhan'ny mpisorogna sy re Jiosy manan-kaja de nitôndra fagnamilôhagna hiampangagna an'i
Paoly, kai namporisika ananjy [3]sy nangataka taminanjy zaré mbô hampidi-doza an'i Paoly_kai mety
hampagnantso an'i Paoly ho agny Jerosalena Festosy mbô afahanjaré mamono ananjy agny an-dalagna.[4]Kanaifa
Festosy namaly fô gadra ao Kaisaria Paoly, ary izy taignany de hierigna agny tsy ho aila. [5]"Noho zagny, re zay
afaka," aoziny: "de tôkony handaiha hiaraka aminay ho agny. Kô nagnano raha tsy nety lay lalahy, de tôkony
hiampanga ananjy anaré."[6]Festosy de tsy nidôka nihoàtra ny valo na fôlo andro ary avy te nirôrogna nankagny
Kaisaria, ary ny andro magnaraka de nipaitraka tamin'ny toairan'ny fitsaragna izy ary nandidy an'i Paoly mbô
hindôsigna agny aminanjy. [7]Kôfa tônga izy, de nipaitraka tankilany te re Jiosy avy agny Jerosalema, ary nitôndra
fiampangagna goavagna maro zaré zay tsy afaka niporofonjaré. [8]Niarotaigna Paoly ary nivôlagna hoe: "Tsy
nagnano raha ratsy manôhitra ny lalàgnan'ny Jiosy zaho na manôhitra ny tempoly na manôhitra an'i
Kaisara."[9]Saingy nizaha zay ahazahoagna ny fankasitrahanjaré Jiosy i Festosy, ary noho zagny de namaly an'i
Paoly izy kai nivôlagna hoe: "Te-hiakatra ho agny Jerosalemana mô anô ary tsaraiko mômba regny raha tagny
regny?" [10]Aoziny Paoly hoe: "Mitsangagna aketo alôhan'ny seza fitsaran'i Kaisara zaho zay tsy maintsy hitsaragna
anahy. Tsy nagnano ratsy ny Jiosy zaho, araka ny aifa fantanô tsara.[11]Kanaifa kô nagnano ratsy zaho ary kô
nagnano zay mendrika ny fafataisagna, de tsy mandà ny ho foaty. Fô kô tsisy re fiampanganjaré, de tsisy ôlogna
afaka mitôndra anahy ho agny aminjaré. Mangataka an'i Kaisara zaho." [12]Kôfa avy nikoragna tamin'ny filan-
kevitra Festosy, de namaly izy hoe: "Nangataka an'i Kaisara anô. Agny amin'i Kaisara no handaihananô."[13]Ary
tafaran'ny andro vitsivitsy, de tônga tagny amin'i Kaisaria i Agripa mpanjaka sy Berenika mbô hamangy an'i
Festosy. [14]Tafaran'ny naha tao ananjy nandritry ny andro maro, de natôlotr'i Festosy tamin'ny mpanjaka ny
raharahan'i Paoly; nivôlagna izy hoe: "Nisy lalahy raika navailan'i Feliksa atô karaha gadra. [15]Kôa tagny
Jerosalema zaho, de nitôndra fiampangagna itô lalahy itô taminahy re lôhan'ny mpisorogna sy re lôhôlogn'ny
Jiosy, ary nangataka teny fagnamilôhagna ho ananjy zaré. [16]Namaly anjaré zaho fô tsy fomban're Romana ny
manôlotra ôlogna mialôhan'ny hiatraihany re mpiampanga ananjy sy hanagagnany fahafahagna hiaro-taigna
amin'iré fiampangagna."[17]Noho zagny, kôfa niara-tônga taketo zaré, de tsy nandigny zaho, fô ny andro magnaraka
de nipaitraka tamin'ny sezan'ny fitsaragna zaho ary nibeko ny ampidiragna ilay lalahy. [18]Kôfa nitsangagna re
mpiampanga kai nagnameloka ananjy, de nieveriko fô tsisy goavagna ny fiampangagna nindôsinjaré ho ananjy.
[19]Fô, nifamaly zaré mahakasika ny fivavahan-jaré manôkagna sy mômba zagny Jesosy zay maty zagny, zay
nambaran'i Paoly fô velogna. [20]Tsy azoko antoka ny fômba hagnadihadiagna itô tranga itô, ary noho zagny de
nagnontaniako izy kô vôgnona ny ho agny Jerosalema mbô ho tsaraigna agny mômba re fiampangagna re.[21]Fô
kôfa nangataka ny hidokoagna am-ponja mbô handigny ny fanapahan-kevitry ny Amperora i Paoly de nandidy
ananjy zaho mbô hitanagna am-ponja izy mandra-pandifasako ananjy agny amin'i Kaisara." [22]Agripa nivôlagna
tamin'i Festosy hoe: "Tiaregny itô lalahy itô koa zaho." "Amaraigna," Aozin'i Festosy: "Haregny ananjy anô."[23]Kai
ny andro magnaraka de tônga niaraka tamin'ny lagnonagna marobe Agripa sy Berenika; nankagny amin'ny
efitragno maventy niaraka tamin're miaramila mpifehy sy re lalahy manan-kaja tamin'ny tanàgna zaré. Kôfa
nivôlagna lay didy Festosy, de nidôsinjaré Paoly. [24]Aozin'i Festosy hoe: "Agripa mpanjaka, sy anaré lalahy jiaby zay
miaraka aminay aketo itanaré itô lalahy itô; re vahoakan'ny Jiosy jiaby nifagnaraka taminahy tagny Jerosalema
sy takeko koa, de nitaraigna taminahy zaré fô tsy tôkony ho velogna eky izy."[25]Fantako fô tsy nagnano na ino na
ino mendrika ny fafataisagna izy; fô satrià nangataka ny Amperora izy, de nanapa-kevitra zaho ny handaifa
ananjy. [26]Saingy tsisy raha manan-danja hisoratako agny amin'ny Amperora. Noho zagny antony zagny, de
nindôsiko taminaré izy, indrindra aminô, Agripa Mpanjaka, mbô afahako managna raha hisoratako bebe kokoa
mômba lay raharaha. [27]Satria karaha tsy mety aminahy ny mandaifa gadra sy tsy milaza zay hiampangagna
ananjy koa.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 26

[1]Noho zagny Agripa nivôlagna tamin'i Paoly hoe: "Afaka mivôlagna ho an'ny taignanô anô." De nagninjitra ny
tagnany Paoly ary nagnano ny fiarovan-taignany. [2]"Maneho ny taignako karaha faly zaho, ry Agripa mpanjaka
mbô hitôndra ny raha mahazo anahy aketo alôhanô igniany manôhitra re fiampangan're Jiosy jiaby; [3]indrindra,
satria anô aifa matihanigna amin'ny fômba amam-pagnano sy fagnontagnian'ny Jiosy Jiaby. Noho zagny de
mangataka anô zaho hitandregny anahy am-paharaitagna.[4]Marigna fô, re Jiosy jiaby de mahafantatra ny fomba
fiainako hatramin'ny fahatanorako tagny amin'ny firenegnako manôkagna sy tao Jerosalema. [5]Zaré de nahay
anahy hatragny am-bôlôhany ary tôkony hagneky zaré fô Fariseo fiainagna zaho, ny hentitra indrindra amin'ny
antokon'ny fivavahantsika.[6]Ary mijoro aketo zaho ho tsaraigna satria mitady ny fampagnantenagna zay
natôn'Andriamanitra tamin're razantsika zaho. [7]Fô itô no fampagnantenagna nantignain'ny fokontsika
roambinifôlo ho raisigna kôfa nanompo an'Andriamanitra andro aman'aligna tikoatra zaré. Ho anjany
fagnantegnana zagny, ry Agripa mpanjaka, no hiampangagn'iré Jiosy anahy. [8]Nagnino anaré no mihevitra fô tsy
azo inoagna fô manangagna ny maty Andriamanitra?[9]Nisy fotoagna zaho nihevitra tamin'ny taignako fô tôkony
hagnano raha maro manôhitra ny Agnaran'i Jesosy avy agny Nazareta zaho. [10]Nagnano zagny tagny Jerosalema
zaho. Nanidy maro tamin'ire mpino tagny am-ponja tamin'ny fahefagna niraisiky avy tamin'ire lôhan'ny
mpisorogna zaho, ary kôfa vodaroka zaré, de nandatsaka ny hatôko hanohitra anjaré zaho. [11]Nisaziky imbaitsaka
zaré tagny amin'ire synagoga jiaby ary niaizaka ny hanery anjaré mbô hiteny ratsy zaho. Vignitra mafy taminjaré
zaho ary nagnenjika anjaré na de tagny amin'ire tanàgna agny ivailagny aza.[12]Kô mbôla nagnano zagny zaho, de
nandaiha tagny Damaskosy niaraka tamin'ny fahefagna sy re didy avy amin'ire lôhan'ny mpisorogna; [13]ary tagny
an-dalagna nankagny, tamin'ny atoandro be, ry mpanjaka de nahita hazavagna avy agny an-dagnitra zaho zay
mangilatra noho ny masoandro ary zagny de nangilatra nagnodidigna anahy sy re lalahy zay niara-dia taminahy.
[14]Kôfa lavo tamin'ny tany zahay jiaby, de naregny feo nikoragna taminahy zaho zay nivôlagna tamin'ny teny
Hebreo hoe: 'Saoly, Saoly, nagnino anô no magnenjika Anahy?' Sarotra aminô ny handaka fanindronana.[15]Avy te
nivôlagna za hoe: 'Izôvy mô Anô, Tompo?' Ny Tompo namaly hoe: 'Zaho no Jesosy zay enjehinô. [16]Avaizo
miaraima ary mitsangana amin'ny tongonô; satria noho zô antôny zô no nisehoako taminô, mbô hanendry anô
ho mpanompo sy ho vavolombelogna ikasika re raha zay fantanô mômba Anahy avaizo ary re raha zay hasehoko
anô akô afara hely akô; [17]ary hagnavotra anô amin'ny vahoaka sy re Jentilisa zay hagnasako anô zaho, [18]mbô
hanôkatra ny masonjaré ary hampitôdika anjaré hiala amin'ny hizigna hankagny amin'ny fahazavagna ary
amin'ny herin'ny satana hankagny amin'Andriamanitra, mbô hafahanjaré mandray avy amin'Andriamanitra ny
famelan-keloka ny fahotagna sy ny lôva zay amiako ananjaré zay nohamasinigna tamin'ny finoagna
Anahy.'[19]Noho zagny, ry Agripa mpanjaka, nagneky ny fahitana avy tagny an-dagnitra zaho; [20]fô, ny amin're zay
tagny Damaskosy malôka, ary avy te avy tagny Jerosalema, ary nagnairagna ny tanin'ny Jodia jiaby, ary koa
tamin'ire Jentilisa nagnomia anjaré ny hafatra zaho fô tôkony hibaibaka sy hitodika amin'Andriamanitra zaré,
hagnano asa mendrika ny fibaibahana. [21]Noho zagny antony zagny no nisamboran'ire Jiosy anahy tan-tempoly sy
niaizaka hamono anahy.[22]Nagnampy anahy hatramin'zao Andriamanitra, noho zagny de mitsangagna zaho ary
mijoro vavolombelogna amin'ny ôlon-tsotra sy amin'ire manan-kaja tsy hivôlagna na ino na ino mihoatra zay
nivolagnin'ire mpaminagny sy Mosesy fô hitranga; [23]fô tsy maintsy hijaly Kristy, ary Izy no vôlôhany hitsangagna
amin'ire maty mbô hitsangagna sy hitory fahazavagna ho an'ire vahoaka Jiosy sy re Jentilisa."[24]Kô vitan'i Paoly ny
fiarovan-taignany, de nivôlagna tamin'ny feo mafy Festosy hoe: "Paoly, very saigna anô; ny fianaragnanô be
loàtra no nahatônga anô ho very saigna." [25]Fô aozin'i Paoly hoe: "Tsy very saigna zaho, ry Festosy taigna tsara; fô
amin'ny fahasahiagna zaho mivôlagna tenin'ny fahamarinagna sy famatoragna. [26]Fô ny mpanjaka mahafantatra
mômba zagny raha zagny; ary noho zagny, mivôlagna an-kalalahagna aminanjy zaho, fô resy lahatra fô tsisy
taminjany navony taminanjy; satria tsy natao tagny amin'ny takogna zagny."[27]Mino ny mpaminagny mô anô, ry
Agripa mpanjaka? Fantako fô mino anô." [28]Agripa nivôlagna tamin'i Paoly hoe: "Ao agnatin'ny fotoagna fohy mô
no handresenô lahatra anahy sy hagnanovanô anahy ho Kristiana?" [29]Aoziny Paoly hoe: "Mivavaka
amin'Andriamanitra zaho, mbô na agnatiny fotoagna fohy na fotoagna lava, tsy anô foagna, fô anaré jiaby zay
maregny anahy igniany koa, de hitovy aminahy, fô tsy miaraka an'iregny rôjo regny."[30]Avy te nitsangagna ny
mpanjaka, sy ny governora, sy Berenika koa, ary re zay nipaitraka niaraka taminjaré; [31]kôfa nandao ny tragno
fivoriagna zaré, de nifampiraisaka ary nivôlagna hoe: "Itô lalahy itô tsy magnano raha mendrika ny
fahafataisagna na famatôragna." [32]Aozin'i Agripa tamin'i Festosy hoe: "Itô lalahy itô de afaka nalaifa kô tsy
nantsôvigna tagny amin'i Kaisara izy."

## Chapter 27

1Kôfa tapaka fô tôkony hiantsambo ho agny Italia zahay, de napaitrakanjaré i Paoly sy re gadra hafa ho
ambanin'ny fiahian'ny kapiteny raika antsôigna hoe Jolio zay an'ny rezimantan'ny Amperora. 2Niditra tagnaty
sambo raika avy agny Adramytena zahay, zay hiondragna magnaraka ny sisin-tanin'ny Asia. Kai de nandaiha an-
dranomasigna zahay. Aristarko avy agny Tesalonika agny Makedonia de nandaiha niaraka taminay.3Ny andro
magnaraka de tônga tao amin'ny tanàgnan'ny Sidona zahay, zay nitôndran'i Jolio an'i Paoly tamin'ny hatsaram-
pagnahy ary namaila ananjy handaiha ho agny amin'iré namany handray ny fikarakaranjaré. 4Avy tagny zahay
no nandaiha an-dranomasigna ary niantsambo nagnaraka ny môron'ny Kyprosy, nariny ny nosy,satrià nanôhitra
anay ny rivotra. 5Avy te niantsambo namakivaky ny ranomasigna zahay ary nariny ny sisin-tanin'ny Kilikia sy
Pamfilia, tônga tao Myra zahay, tanàgnan'ny Lykia. 6Tagny, ny kapiteny de nahita sambo raika avy agny
Aleksandria zay hiantsambo ho agny Italia. Napaitrany taminjany zahay.7Kôfa niantsambo niadagna nandritry ny
andro maro zahay ary ny farany de tônga tam-pahasahiranagna takilan'ny Kinidio, de tsy namaila anay andaiha
taminjany lalagna zagny eky ny rivotra, kai de niantsambo nagnaraka ny ilany takon-drivotry ny Kreta zahay,
mifankariny amin'ny Salmona. 8Nagnara-môrona tam-pahasahiranagna zahay, mandra-pahatônganay tagny
amin'ny toairagna hoe Tsara-fitodian-tsambo, zay akilan'ny tanàgnan'ny Lasea.9Ary nandany fotoagna baitsaka
zahay, aifa dila koa ny fotoagna fifadian-kaninjaré Jiosy, ary aifa lasa nampidi-doza ny miondragna an-tsambo.
Kai nampitandrigna anjaré i Paoly, 10ary nivôlagna hoe: "A lalahy, hitako fô itô dia zay atôtsika itô de hisy
faharatragna sy fatiantoka maro, tsy ho an'ny entagna sy ny sambo foagna, fô ho an'ny aintsika koa." 11Fô ny
kapiteny nagnomia lanja kokoa ny mpitôndra sy ny tompon'ny sambo noho re raha zay voalazan'i Paoly.12Satria
amin'ny seragnana de tsy môra kô hidôka mandritry ny rirignina, de maro tamin'Ire mpiantsambo no nanoro
hevitra ny hiondragna hiala te, fô mbô afaka hihazo ny tanàgnan'ny Foiniksa amin'ny fômba jiaby zahay, mbô
hipaitraka agny mandritry ny rirignina. Foiniksa de seragnana agny Kreta, ary magnatrika ny miagnavaratra-
andraifagna sy miagnatsimo-andraifagna zagny. 13Kôfa nanomboka nitsoka malaifaka ny rivotra avy agny atsimo,
de nihevitra re tantsambo fô nanagna zay nilainjaré. Kai de nampakatra ny vatofantsika ary niondragna
nagnaraka an'i Kreta zaré, nariny ny môron-dranomasigna.14Fô afaka fotoagna fohy de nisy tafio-drivotra
mahery, nantsôvigna hoe Eoraklydona, nanomboka namely mafy avy agny amin'ny nosy. 15Kôfa tratry ny tafiotra
ny sambo ary tsy afaka nanôhitra ny rivotra eky, de tsy maintsy nagnomia lalagna ny tafiotra zahay ary nindôsin-
drivotra tamin'zay tiany. 16Niantsambo nagnaraka ny môron'ny nosy kely raika antsôvigna hoe Kaoda zahay, ary
tamim-pahasahiranagna no nahafahanay niaro ny lakagna famonjiàn'aigna.17Kôfa nampakarinjaré ny lakagna
famonjian'aigna, de nampiasanjaré ny tadiny mbô hamatôragna ny vatan'ny sambo. Natahotra zaré fô tôkony
handaiha ambônin'ny fasika mandrevon'ny Syrtiso. kai de nalatsa-njaré ny vatofantsiky ny ranomasigna ary
nandaiha ho azy tagny. 18Tratran'ny familaizagna mahery vaikan'ny tafiotra zahay ka ny andro magnaraka io de
nanomboka nagnary re entagna tagny ivailan'ny sambo zaré.19Tamin'ny andro fahatelo re tantsambo de nanipy
ny entagn'ny sambo tagny ivailan'ny sambo tamin'ny tagnanjaré manôkagna. 20Kôfa tsy nangilatra taminay
nandritry ny andro maro ny masoandro sy ny kintagna, ary mbôla namely anay lay tafiotra maventy, de very aby
ny fagnantenagna ny hahavoavonjy anay.21Kôfa lasagna lavitra tsisy hanigna zaré, de nitsangagna taminjaré
tantsambo Paoly avy te nivôlagna hoe: "A lalahy tôkony nitandregny anahy anaré, ary tsy niondragna avy tagny
Kreta, ho tratran'zô faharatragna sy fatiantoka zô. 22Avaizo de mamporisika anaré zaho mbô hahery, fô tsy hisy
fahaverezan'aigna agnivonaré, fô fahaverezan'ny sambo foagna."23Fô tamin'ny aligna de nisy
anjelin'Andriamanitra zay Tompoko, zay tompoiko ihany koa_nitsangagna tankilako ny anjeliny 24ary nivôlagna
hoe: 'Aza matahotra, ry Paoly, tsy maintsy hitsangagna agnatraihan'i Kaisara anô, ary indro, Andriamanitra ao
amin'ny hatsaram-pagnahiny no nagnomia anô zay miantsambo miaraka aminô jiaby.' 25Noho zagny mionogna, a
lalahy! Fô matoky an'Andriamanitra zaho fô hitranga araka zay vôlaza taminahy zagny. 26Saingy tsy maintsy
hidogna amina nosy maromaro antsika."27Kôfa tônga ny aligna faha-efatra ambin'ny fôlo, kô nitompatompa tatô
sy tarôko tamin'ny ranomasin'ny Adria zahay, tôkony tamin'ny sasak'aligna de nihevitra re tantsambo fô nariny
tany zaré. 28De nalaka refin-drano zaré ary nahita fô efapôlo maitatra ny halalignany; tafara helin'izagny, de
mbôla nalaka refin-drano koa zaré ary nahita fô telopôlo maitatra ny halalignany. 29Natahotra zaré sao hidogna
amim-bato zahay, kai de nandatsaka vatofantsika efatra avy afara zaré ary nivavaka mbô ho kiaka tsy ho aila.30Re
tantsambo de nizaha fômba handaozagna ny sambo ary nandatsaka ny lakagna famonjain'aigna tagny an-
dranomasigna, ary nody nandatsaka ny vatofantsika avy te an-dôha-tsambo zaré. 31Fô Paoly nivôlagna tamin'ny
kapiteny sy re miaramila hoe: "Kô tsy midôka agnaty sambo re lalahy re, tsy ho voavonjy anare." 32Avy te re
miaramila nanapaka ny tadin'ny lakagna kai namela zagny ho rendrika.33Kôfa nanomboka nihanazava ny andro,
de namporisika anjaré jiaby Paoly mbô halaka hanigna maromaro. Aoziny hoe: "Itô andro itô ny andro faha-

efatra ambiny fôlo zay digniasanaré ary tsy hihinagnanaré; tsy nihinagna na ino na ino anaré. [34]Noho zagny de mamporisika anaré zaho mbô hahavelogna anaré. Fô tsy hisy na raika aminaré zay ho very na de singam-borondôhany aza." [35]Kôfa avy nivôlagna anjany izy, de nalaka môfo ary nisaotra an'Andriamanitra tamason'ôlo jiaby. Avy te izy nirasarasa ny môfo ary nanomboka nihinagna.[36]Avy te de nahery zaré jiaby ary nalaka hanigna koa. [37]Ôlogna 276 zahay no tagnaty sambo. [38]Kôfa nihinagna tsara zaré, de nohamaivaninjaré ny sambo tamin'ny nagnarianjaré re vary tagnaty ranomasigna.[39]Kôfa tônga ny andro, de tsy fantanjaré lay tany, fô nahita helondrano raika nisy tora-pasika zaré, ary nifandinika zaré kô afaka hitôndra ny sambo tagny. [40]Kai nitapahinjaré re vatofantsika ary navailanjaré tagny an-dranomasigna. Niaraka taminigny de nalatsanjaré ny tady tamin'ny familiagna ary natsangany ny lay ho amin'ny rivotra; ary de niroso nankeo amin'ny tora-pasika zaré. [41]Fô tônga tamin'ny toairagna raika zay nisy ranomasigna nifanapaka zaré, kai nidona tamin'ny tany ny sambo. Ary lôhantsambo de niraikitra take ary nidôko tsy afa-nihetsika, fô ny vodintsambo ndraika nanomboka vaky nohon'ny herivaikan'ny onja.[42]Ny tetik're miaramila de ny hamono re gadra mbô tsy hisy aminjaré ho afaka andaiha hilomagno kai hilaifa. [43]Fô lay kapiteny ti-hamonjy an'i Paoly, kai de nadokogny ny tetikanjaré; ary namiany beko re mahay milomagno mbô hilatsaka ivailan'ny sambo malôka ary ho agny an-tanety. [44]Avy te tôkony hagnaraka ny ambin're lalahy, ny sanagny ambôny kakazo fisaka, ary ny sanagny ambôny raha hafa avy tamin'ny sambo. Karaha zagny no nitranga kai de tônga soa aman-tsara tagny an-tanety aby zahay.

# Chapter 28

1Kôfa tônga somantsara zahay, de hainay fô lay tany de antsôvigna hoe Malta. 2Re tairantany de tsy nagnomia
hatsaram-pagnahy tsotra taminay foagna, fô namelogna afo zaré ary nampandroso anay jiaby, nohon'ny ôragna
mikija sy ny hatsiaka.3Fo kôfa nagnonkogna kitaigna kakazo sy namaitraka zagny te amin'ny afo Paoly, de nisy
mainarana nivoaka nohon'ny hafanagna, ary nifatotra tamin'ny tagnany. 4Kôfa nahita lay biby nihantogna
tamin'ny tagnany re terantany, de nifampiraisaka zaré hoe: "Taigna mpamono ôlogna zay nilaifa avy tagny an-
dranomasigna io lalahy io, raha ny rariny de tsy tôkony ho velogna izy."5Fô avy te nagnôzongôzogna lay biby ho
agnaty afo izy naifa tsy naratra aby. 6Nandigny ananjy mbô azon-tazogna na ho foaty tampoka zaré. Fô kôfa avy
nizaha ananjy maharitra zaré ary nahita fô tsy nisy raha tsy mahazatra nahazo ananjy, de niova hevitra zaré ary
nivôlagna fô izy de andriamanitra.7Ary tamin'ny toairagna nariny te nisy re tany zay an'lay lalahy liben'ny nosy,
lalahy antsôvina hoe Poplio. Nandray anay izy ary nagnomia hanigna anay tamin'ny hatsaram-pagnahy
nandritry ny telo andro. 8Ny baban'i Poplio de azon-tazogna sy fivalanan-drà. Kôfa nankagny aminanjy Paoly, de
nivavaka izy, namaitraka ny tagnany taminanjy, ary nampahivagna ananjy. 9Tafaran'ny nitranganjany, de
nagnatogna ananjy aby ny ambin'ny vahoaka jiaby zay narary tamin'lay nosy ary nahivagna. 10Ny vahoaka koa de
nagnomia voninahitra anay tamin'ny voninahitra maro. Ary kôfa niomagna andaiha hiantsambo zahay, de
nagnomia anay zay nilainay zaré.11Afaka telo volagna zahay de nandaiha niondragna tamin'ny sambo zay nidôka
tamin'lay nosy nandritry ny rirignina, sambon'i Aleksandria, misy "sarikamban'andriamanitra" talôhan'ny sambo
12ary kôfa tônga tamin'lay tanàgnan'i Sirakosa zahay, de nipaitraka tao nandritry ny telo andro.13Niala avy te
zaihay no niantsambo kai tônga tagny amin'ny tanàgnan'i Regioma. Ary kôfa afaka andro raika de nisy rivotra
nitsoka avy agny atsimo, kai roa andro zaihay de tônga tamin'ny tanàgnan'i Potioly. 14Tao no nahitanay re
rahalahy sanagny ary nagnasa anay mbô hidôko hiaraka aminjaré mandritry ny fito andro. Tamin'ny
alalan'zagny no nahatongavanay tagny Roma. 15Avy tagny re rahalahy, tafaran'ny nandrignaisan-jaré ny mômba
anay, de tônga nitsaizanay hatragny amin'ny bazarin'i Apio sy re hotely telo. Kôfa nahita re rahalahy Paoly, de
nisaotra an'Andriamanitra izy ary nahazo hery.16Kôfa niditra tao Roma zahay, de nahazo alalagna hiara-hiaigna
amin're miaramila niambigna ananjy Paoly. 17Ary kôfa afaka telo andro tafaranjany de nampagnantso niaraka re
lalahy zay mpitarika te amin're Jiosy re i Paoly. Kôfa niaraka tônga zaré, de nivôlagna taminjaré izy hoe: "A
rahalahy, na de tsy nagnano raha ratsy tamin'ny ôlogna na fômban're razantsika aza zaho, de natôlotra ho
voafonja tagny Jerosalema tan-tagnan'ny Romana. 18Kôfa avy nagnadihady anahy zaré, de nagniry ny hagnafaka
anahy, satria tsisy antony tôkony hagnamilôhagna anahy ho foaty."19Fô kôfa nanôhitra ny fagnirianjaré ny Jiosy,
de voatery zaho nagnantso an'i Kaisara, na de tsy kara hoe nitôndra fiampangagna hanôhitra ny firenegnako aza.
20Nohon'ny antsoko, de, nangataka ny hahita anaré sy hikoragna aminaré zaho. Zagny de nohon'ny
fahatokisan'Israely mômba ny hamatôragna anahy amin'itô rojo itô."21Avy te de nivôlagna taminanjy zaré hoe:
"Tsy mbôla naharay re taratasy mômba anô avy agny Jodia zahay, na rahalahy tônga sy nitatitra na nivôlagna
raha ratsy mômba anô. 22Fô tianay ho regny aminô ny eritreritranô mômba zagny sekta zagny, satria fantanay fô
aifa ratsy laza amy toairagna jiaby zagny."23Kôfa nisafidy andro ho ananjy zaré, de maro kokoa re ôlogna
nagnantogna ananjy tagny amin'ny tragno nivahinianany. Nampahafantatra lay raharaha taminjaré izy, ary
nijoro vavolombelogna mômban'ny fanjakan'Andriamanitra. Niaizaka nandresy lahatra ananjaré ny mômba an'i
Jesosy izy, na tamin'ny alalan'i Mosesy zagny na tamin'ny alalan'ny mpaminagny, nanomboka mandraigna ka
hatramin'ny hariva. 24Ny sanagny de resy lahatra tamin're raha zay voalaza, fô re hafa ndraika tsy nino.25Kôfa tsy
nifagnaraka zaré, de lasagna tafaran'ny nagnambàran'i Paoly itô teny itô hoe: "Ny Fagnahy Masigna de nivôlagna
tsara re razanaré tamin'ny alalan'Isaia mpaminagny. 26Aoziny hoe: 'Mandihana agny amin're vahoaka re ary
volagno hoe: "Amin'ny fitandrignaisagna no handrignaisanaré, fô tsy hahatakatra; ary amin'ny fahitagna no
hahitanaré, fô tsy hahita."27Fô nihadonto ny fon're ôlogna re, ary sarotra amin'ny tadigninjaré ny haregny, ary
nagnakipy ny masony zaré. Fô kô tsy zagny de mety afaka hahita amin'ny masony zaré, ary haregny amin'ny
tandigniny, sy hahatakatra amin'ny fony kai hierigna ndraiky, de hampahivagna anjaré Zaho."'28Noho zagny,
tôkony ho fantanaré fô zagny famonjian'Andriamanitra zagny de nalaifa tamin're Jentilisy, ary hitandregny zaré."
29(Fagnamarihagna agny amin'ny farany ambanin'ny pejy: Asa28:29- Ny antontan-taratasy sanagny de managna
ny andininy. 29 hoe: "Kôfa nivôlagna re raha re izy, de lasagna ny Jiosy. Nisy fifandiragna maventy
taminjaré.")30Paoly de niaigna nandritry ny roa tôgna magninjitra tamin'ny tragnony nohofaigna manôkagna, ary
nandray zay tônga taminanjy jiaby izy. 31Nagnambara ny fanjakan'Andriamanitra izy ary nampianatra re raha
mômban'i Tompo Jesosy Kristy tamin'ny fahasahiagna jiaby. Ary tsisy nanakagna izy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Romans

Chapter 1

[1]Paoly, mpanômpon'i Jesosy Kristy, dia vôahantso ho apôstôly, ary vôatôkagna ho mpitôry ny
filazantsaran'Andriamanitra. [2]Io lay filazantsara zègny èfa nampanantènaigny mialôha tamin'ny alalan'ire
mpaminagny také amin'ny Soratra Masigny. [3]Zègny dia mômban'ny Zanany lalahy, zègny tèraka avy amin'ny
taranak'i Davida araka ny nôfo.[4]Tmin'ny fitanganagna tamin'ny maty, dia vôambara ho lay zanaka
maherin'Andriamanitra tamin'ny hérin'ny Fagnahin'ny fahamasinagna Izy_dia Jesosy Kristy Tômpontsika.
[5]Tamin'ny alalany no nadraisantsika fahasoavagna sy ny maha-apôstôly amin'ny fankatoavagna ny finoagna take
amin'ny firenegna jiaby, noho ny Agnarany. [6]Amin'ire firenegna ire, anare foagna koa dia vôahantso ho an'i Jesosy
Kristy.[7]Itô taratasy itô dia ho an'ire jiaby ako Roma, zègny mahain'Andriamanitra, zègny voahantso ho ôlo-
masigny. Ho aminare anie ny fahasoavagna, sy fiadanagna avy amin'Andriamanitra Babantsika sy Jesosy Kristy
Tompo.[8]Vôalohany, isôrako ny Andriamanitro amin'ny alalan'i Jesosy Kristy noho ny aminare jiaby, satria ny
finoagnanare dia èfa nambara magnèragna izô tôntolom izô. [9]Fô Andriamanitra no vavolombelognako, zègny
tompôko ako amin'ny fagnahiko ako amin'ny filazantsaran'ny Zanany' fô tsy mijanogno mikoragna anare
Aminanjy Zaho. [10]Mangataka foagna Zaho amin'ny vavaka atôko ny mbô ahombiazako amin'ny fômba jiaby araka
ny sitrapôn'Andriamanitra mbô ho tônga aminare.[11]Fô zaho dia magniry ny ahita anare, mbô afahako magnomia
fagnomiazam-pagnahy sasantsasany ho anare, mbô hampahery anare. [12]Zègny, dia magniry Zaho ny mbô
hifankaherèzantsika aketo ampivoahantsika, amin'ny alalan'ny finoagnan'ny tsiraikiraiky avy, ny anare sy ny
zaho.[13]Aminjô tsy tiako anare tsy ahay, ry ralahy, hoe matetiky zaho no managna fikasagna hagnatogna anare,
(nèfa Zaho dia voasakagna hatramin'jô), mbô hahazoagna vokatra ake aminare, karaha ny èfa nahazoako ny
ambin'ire Jentilisa foagna koa. [14]Zaho dia mpitrôsa amin'ire Grika sy ire vahiny, amin'ny hendry sy vaindragna.
[15]Noho jègny, aminahy, dia vonogna foagna koa zaho hitory ny filazantsara ho anare zègny agny Roma.[16]Fô zaho
dia tsy mègnatra amin'ny filazantsara, fô zègny no herin'Andriamanitra ho famonjegna ire jiaby zègny mino, ho
an'ny Jiosy alôha ary ho an'ny Grika. [17]Fô amin'jègny no anehoagna ny fahamarinan'Andriamanitra avy amin'ny
finoagna ho amin'ny finoagna, araka zègny voasôratra hoe: "Ny marigny dia ho velogno amin'ny finoagna."[18]Fô ny
fahavigniran'Andriamanitra dia naseho avy agny an-dagnitra manohitra ny haratsiam-pagnahy sy ny tsy
fahamarinagnan'ny ôlogno, zègny manakagna ny fahamarinagna amin'ny alalan'ny tsy fahamarinagna. [19]Zègny
dia satria zay fantatra momban'Andriamanitra dia hitan'jaré maso. Fô nohazavain'Andriamanitra zaré.[20]Fô ire
endriny zay tsy hita maso, zay heriny tsy misy fètra sy maha-Andriamanitra Azy, dia hita nazava tsara,
nanômboka tamin'ny famoronagna zô tontôlo zô, tamin'ire raha zay niforognona. Noho zègny dia tsy managna
fialan-tsigny zare. [21]Zègny dia satria, na dia èfa nahafantatra ny momban'Andriamanitra aza zare, dia tsy
nagnome voninahitra amin'ny maha Andriamanitra Ana, na koa nisôratra Ananjy. Fô kôfa, lasa vaindragna tako
an-tsaignany jare, ary nanomboko mahizigny ny fô donton'jare.[22]Zare dia nivolagna ananjy ire ho hendry, Kanèfa
dia nahai-lasa vaindragna. [23]Ny voninahitran'Andriamanitra tsy mety io dia natakalon'jare sarimitovy
ôlombelogno mety io, vorogno, biby manan-tôngotro èfatra, sy ire raha mikisaka.[24]Nôho zègny dia
natôlotr'Andriamanitra ho amin'ny filagnan'ny fôn'jare ho amin'ny fahalotoagna zare, mbô ho afa-bôninahitra
ake amin'jare foagna ny tègnan'jare. [25]Zare no nagnakalo ny fahamarignan'Andriamanitra tamin'ny lainga, ary
zègny midèra sy manompo ny zava-bôary fô tsy lay Nahary, zay deraigny mandrakizay. Amen.[26]Nôho zègny,
natôlotr'Andriamanitra ho amin'ny filan-dratsy mamôafady zare, fô ire vahiavin'jare dia nagnakalo ire
fifankazahoagna voajagnahary tamin'jare zay tsy voajagnahary. [27]Kara zègny koa, ire lalahy dia nagnambèla ny
fifankazahoan'jare voajagnahary miaraka amin'ny vahiavy kè nampirihetin'ny filagna ara-nôfo ho angny izy
samy izy. Ire dia lalahy zay nagnano fihetsiky mahamègnatra miaraka amin'ny lilahy ary nalaka tako amin'jare
ny sazy zay magnèva ananjire nohon'ny fahavètavètagnan'jare.[28]Satria tsy nagneky ny hanagna an'Andriamanitra
ako amin'ny fiheritreretany zare, dia nagnomia saigny tsy manjary zare, mbô hagnanovagna ire raha zègny tsy
mety.[29]Zare dia feno ny tsy fahamarinagna, faharatsiagna, fitsiriritagna, ary lôlompô jiaby. Zare dia feno
fialognana, famonoagna, fifandraisagna, fitaka, ary fikasagna ratsy. [30]Zare dia mpifôsa, mpagnendrikendriky, ary
mpankala an'Andriamanitra. Zare dia mahery fihetsiky, miavogno, ary mirèharèha. Zare dia mpamôrogno raha-
ratsy, ary zare dia tsy magneky ny ray aman-dreniny. [31]Zare dia tsy managna fahalalagna; zare dia tsy azo
atokisagna tsisy fitiavagna voajagnahary, ary tsy mamindra fô.[32]Hain'jare ny lalàn'Andriamanitra, fô zare
magnano raha karaha zègny dia magnèva ny fahafatésagna. Fô tsy ire raha ire foagna no atôny, fô magneky ire
hafa zay magnano iregny koa.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 2

[1]Nohizègny tsy managna fialan-tsigny anà, ry ôlogno, anà zay mitsara, fô zay itsarano ny hafa no anamelohano ny
tenino. Fa ano zay mitsara dia magnano ire ihany koa. [2]Nefa ain-tantsika fô ny fitsaran'Andriamanitra dia araka
ny marigna kofa milavo amin'ire izègny magnano raha mitôvy ireo izègny.[3]Fô diniho izô, ry ôlogno, ano zègny
mitsara ire izay magnano raha mitôvy ire na dia magnao karan-jare regny koza ano. Hilefa ny
fitsaran'Andriamanitra mè ano? [4]Sa hamavagnino ny herin'ny htsaram-pagnahiny, ny fandiferagna, ary
faharetany? Tsy fantano me fô ny hatsramp-pagnahy dia natô hitarika ano amin'ny fibebahagna?[5]Fô izegny dia
ho amin'ny halehiben'ny hamafy su tsy fibebahan'ny fônan-dre no andagnonan-dre ny havigniragna ho an'ny
tegnan'andre amin'ny andro fahavigniraana, izègny dia, ny andron'ny famohagna ny fitsaragnan'Andriamanitra.
[6]Hamly ny ôlognno jiaby aminy fatra mitovy amin'ire natôny Izy: [7]Hagnome araka ny faharetagna. ny asa tsara
miharagna dera, voninahitra, ny tsy fahafatesagna, fiagnana mandrak'izay Izy.[8]Fô hoanare zegny miharagna ho
an'ny tegnany manokana izegy tsy magnèky ny marigna fô magnèky ny tsy fahamarinagna,dia ho tônga ny
fahavigniragna ndrèky fihozaragna. [9]Andriamanitra dia hitôndra ny fahoriagna ndrèky fahantragna amin'ny
fagnahn'ny ôlogno jiaby izègny magnano ratsiman-jary, amin'ny Jiosy aloha ary amin'ny Grika ihany koa.[10]Fô
dera, laza, ary fiadanagna no hotônga amin'ire zegny magnano tsara, amin'ny Jiosy aloaha, ary amin'ny Grika
ihany koa. [11]Fa tsisy fiangaragna miaraka amin'Andriamanitra. [12]Fô izegny manota tsy nanagna lalàgna dia ho
very tsy managna lalagna ihany koa, ary izegny jiaby nanota niaraka tamin'ny fagnajana ny lalàgna. dia ho
tsaraigna araka ny lalàgna.[13]Fa tsy ire mpitandregny lalàgna no marigna agnatrehan'Andriamanitra, fa ire izegny
mampihatra ny lalagna no nohamarinigna. [14]Fô ire jentilisa, ize tsy managna ny lalàgna, rà magnano ny zavatra
ambon'ny lalàgna araka ny vaojagnahary, dia zare no lalàgna an'ny tegnany, na dia tsy managna ny lalàgna zare.
[15]Amin-jegny no anehoan'izireo fô ny asa angatahin'ny lalàgna dia vôsôratra ako am-pon-jare.Ny fieritretan-jare
indraiaka koa diavavolombelognan-jare re,ary fisaignan-jare re manokagna na magnameloko na miaro anjare
amin'ny tegnan-jare [16]ary kao amin'Andriamanitra. Izegny dia hitranga amin'ny fotoagna hitsaran'Andriamanitra
ire tsiamaratelon'ny olojiaby, araka ny filazantsarako, amin'ny alaln'i Jesosy Kristy.[17]Fô koa Jiosy no hiantsoagna
ny tegnano ary miankigna amin'ny lalàgna sy mirehareha ao amin'Andriamanitra, [18]ary izikoa mahaklala ny
sitrapony sy mamantatra zegny raha tsara indrindra satria namianarigna tamin'ny lalàgna ano; [19]izi koa resy
lahatra ano fo nny tegnano no mitarika jamba, fahazavagna hoanjare agnomezagna, [20]mapagnitsy ny adala
mpampianatra ny zaza madinika izegny anagnano akô amin'ny lalàgna ny endriky ny fahalalagna ndraiky ny
marigna, dia karakory zegny no fiantraikan'izegny amin'ny fomba hiaignano ny fiaigano?[21]Kè ano zegny
mampianatra iré sasany, tsy mampiantra ny. tegnano mo ano? Ano zegny mitory manohohitran'ny halatra,
mangalatra môa ano? [22]zegny mivolagna fa tsy tokony hijangajanga, mijangajanga môa ano? Ano zegny
mankahala ny sampy mandrôbaka ny iré tempoly môa anõ?[23]Ano zegny faly mirehareha ako amin'ny lalàgna
magnalabarakan'Andriamanitra môa ano amin'ny fandiakano ny lalàgna io? [24]Fô ''ny agnaran'Andriamanitra dia
efa afabaraka teke amin-jare Jentilisa no anaré,'' arak izegny efa vôsôratara.[25] Fô mahazo antombony amin'ny
famoragna tokoa, anare izy mankato ny lalàgna, fô raha mandika ny lalagna anan-dre, dia tonga tsy voafora na
dia efa voafora aza anan-dre. [26]Arak'izegny izy koa ôlogna tsy voafora no mitandrigna izegny takin'ny lalagna, tsy
ato ho agnisany voafora va izy na dia tsy voafora aza? [27]Ary tsy ho melohiny lay raika izay tsy mifora ara-
boajagnahary môa anan-dre izikoa kè mitandrigna ny lalagna izy ? Izegny de fa managna ny lalagna vosoratra
ndraiky famoradna anan-dre, nefa mbola mandika ny lalagna![28]Fô izy dia tsy Jiosy amin'ny endrika ivelany
fotsiny; na amain'ny famoragna zegny misehi amin'ny endriak ivelan'ny nofo fotsiny. [29]Fô Jiosy ako agnatiny ako,
ary ny famoragna izay amin'ny nofo ao amin'ny Fagnahy, fa tsy ako amin'ny sôratra. Ny fideragna ny ôlogna
karan-jegny de tsy avy amin'ny ôlogna fa avy amin'Andriamanitra.

Chapter 3

[1]Kè ino mbo mô zegny tombotsoan'ny anagnany Jesosy sady ino mô tombontsoan'ny famoragna?[2]tsara izegny
amin'ny fomba jiaby .Voa voalohagny indrindra ny fagnambarana avy amin'Andriamanitra.[3]Fô raha tsy
nanampinôagna zaré Jiosy sanany? Ny tsifinoanjare nõ hahatônga ny fahatokin'Andriamanitra tsy ho tanteraka?
[4]Tsy hisy mihintsy né izegny.fô kôza, ambela ho hita fô marigna Andriamanitra, nade mpandainga aza ny ôlogno
tsirairay.Araka ny vôsoratra hoe:"ho aseho amin'ny teny naré fô olo-marigna anaré ary aboaka izy koa tônga
amin'ny fitsaragna anaré."[5]Fô raha toa ny tsy fahamarinantsika no maneho ny fahamarinan'Andriamanitra, ino
no azotsika ho volagnina? Afaka magnambara ve antsika fô tsy marigna Andriamanitra amin'ny famoahany ny
havignirany amitsika, sa izegny? (mampiasa lahatenin'ôlombelona aho.) [6]Tsisy anizegny mihintsy! Satria amin'ny
fômba karakory no hitsaran'Andriamanitra an'izô tontolo izô?[7]Fô ratoa ny fahamarinan'Andriamanitra ka
magnamia fiderana maro ho Anajy amin'ny alalan'ny laingako,de nagnino zaho no mbôla ho tsaraina ho
mpanota? [8]Fô nagnino no tsy mivolgna,araka ny tatitra diso izegny ambara fô volagnitsika,ary koa araky ny
hamafisin'sasny fô nivolagnitsika hoe:"ambila zahé hagnano ratsy,mbô hiavian'ny tsara"? rarigny ny fitsarana
hatô amin-jare.[9]Ké ino ary? Magnamia rariny ny tegnantsika mè antsika? Tsy izany mihintsy.Fô antsika dia efa
nagnameloka ny jiosy siny Girika, izy jiaby,ho mpanota. [10]Izegny dia araky ny vôsoratra hoe: "Tsy misy ôlo-
marigna, na dia araika aza.[11]Tsisy na raika aza mahafantatara. Tsisy na raika aza mizaha an'Andriamanitra. Lasa
nikisaka tokoa izy jiaby. [12]Lasa tsisy lay izy jiaby. Tsisy mbo magnano ny tsara,tsy misy,na dia raika monja.[13]Ny
tendan -jare dia misokatra. Niy lelan -jare dia ako ambanin'ny molotran-jare.Ny poizin-jare bibilava dia ako
ambanin'ny molotran-jare. [14] Ny vavan-jare dia feno hozona sy lolom-po.[15]Ny tongon-jare dia havagnana amin'ny
fandatshan-dra. [16]Ny fanimbagna sy ny fijaliagna dia eny amn'ny lalan-jare. [17]Iregny ologna iregny dia tsy
nahafantatra ny lalan'ny fiadanagna. [18]Tsy mbo misy tahotran'Andriamanitra raha eo anoloan'ny mason-
jareo"[19]Avahizo dia fantatsika fô na ino na ino ambaran'ny lalàgna, dia maiantefa agny aminan-jare izègny
ambany lalàgna. Izegny dia mbô hatônga ny vavan'ny tsiraikaraika angigna, mbô hahazo valiny avy
amin'Andriamanitra izô tontolo izô. [20]Izegny dia satria tsisy nofotra hhahamarigna amin'ny asan'ny lalàgna eo
amasony. Fô amin'ny alalan'ny lalàgna no mahatonga fahafantaragna ny fahotagna.[21]Fô avahizo dia
nampahafantarigna ihaany koa ny fahamarinan'Andriamanitra tsy amin'ny lalàgna. Noporofoin'ny lalàgna sy ire
mpaminagny, [22]fô izegny, no fahamarinan'Andriamanitra amin'ny finoagna an'i Jesosy Kristy ho an'izay jiaby
mino. Satria tsisy fanavahagna.[23]Fô nagnota ny ologna jiaby kè tsy managna ny vaninahitr'Andriamanitra, [24]ary
zare dia hamarinigna mèmèpoagna amin'ny fahasoavan'ny amin'ny alalan'ny fagnavôtagna izay ako amin'i
Kristy Jesosy.[25]Fô Andriamanitra nagnamia an'i Kristy Jesosy ho fagantitra amin'ny alalan'ny finoagna ny ràny.
Natondrony ho porofon'ny fahamarinany Kristy, naohon'ny tsy fizahavany ota talôha tagny [26]amin'ny
fahadignesany. Nitranaga izegny raha jiaby izegny ho fampisehoagna ny fahamarinagna amin'izô tontolo avahizo
izô. Izegny dia mbô hafahany manaporofo fa marigna ny tegnany, ary mbô hanehoagna fa Izy dia manamarigna
ny jiaby noho ny finoagna an'i Jesosy.[27]Akèza ary izegny ny fireharehagna? Vôfafa izegny. Fa ino no antony?
Amin'ny asa va? Tsia, fô nohon'ny finoagna. [28]Manapa-kevitra izegny antsika fô ny ôlogno araiky dia hamarinigna
araka ny finoagna tsisy ire asan'ny lalàgna.[29]Sa Andriamanitry ny Jiosy araika foagna mè Andriamanitra? Sa mè
tsy Andriamanitr'ire Jentilisa kao Izy? Ya, an'ny Jentilisa kao. [30]Raha,raika tokoa Andriamanitra,dia ho
hahamarinin'ny amin'ny finoagna ire vofôra, ary ire tsy vofora koza amin'ny lalan'ny finoagna.[31]Foagnantsika
amina'ny alalany finoagna zegny mè ny lalàgna? Tsisy anjègny mitsy e! Fô izindreky, mankato ny lalàgna antsika.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 4

1Inoô kè ny vôlaza-ntsika fô hitan' i Abahama, baba-ntsika tany alôha araka ny nôfo? . 2 Fô ràha nohamariningna
tamin' ny asa Abrahama, de nanagna antony ireharehana izy, nefa tsy aké agnatrehana' Andriamanitra. 3Fô inô
no volangnin' ny Soratra Masina? " Abrahama de nino an' Andriamanitra, nisaigna ho fahamarinagna zegny."4Kè
ho an' jègny miasa, ny karamany de tsy isaigna ho fahasoavana, fô ho karaha jègny trôsa.5 Fô ho an' jègny tsy
miasa kôza nefa mino an' Ilay jègny magnamarigna ny mpanipaka an' Andriamanitra, de isaigna ho
fahamarignana ny finoagny.6Davida fô kôha de manognona tso-drano amin' ny ôlo jègny isain' Andriamanitra ho
marigna nefa tsy miasa.7 Nivôlagna fô: " Sambatra ire zay voavela ny helony, kè koa ire zay voasarona ny
fahotagny.8 Sambatra jègny tsy hisain' ny Tompo heloka."9Amin-dre voafôra fôgna môa no hanognonagna jègny
tso-drano zègny, sa amin-dre ty voafôra kôha? Fô ahozy antsika fô: "Ny finoagna de nisain' Abrahama ho
fahamarinagna."10Kè Karakôry no nanisagna jègny? Tamin' i Abrahama èfa voafôra, sa tamin'izy tsy mbôla
voafôra? Tsy tamin'izy efa voafôra fô tamin' izy mbôla tsy voafôra.11Abrahama de nahazo ny famantaran' ny
famoragna. zègny de marika ny fahamarignan' ny finoagna jègny efa nanagnany kô mbôla tsy voafora izy. Ny
valin' jègny famantaragna zègny de nanjary baban' zègny mino jiaby izy, na de mbôla tsy voafora aza zare.
Midika zègny fô ny fahamarinagna de hisaigna ho anjare.12 Midika koa zegny fô Abrahama nanjary baban' ny
voafora tsy ho an'ire zègny tsy voafôra fôgnä fô ho an'ire zègny miraidia amin'ny dian' ny finoan' i Abrahama
babantsika koa talôhan 'ny tsy mbôla naha-voafora ananjy.13Fô ny fampanantenagna tamin' ny Abrahama
ndraiky taranany de mpandôva zao tontolo izao izy tsy avy amin'ny alalan' ny lalàgna fô avy amin'ny alalan' ny
fahamarinan' ny finoagna. 14Fô kô zègny miaigna amin' ny lalàgna ny mpandôva, de ho foagna, sady ts'isy dikany
ny fampanantenagna. 15Satria ny didy de mitôndra amin'ny fahavigniragna, fô agny amin'zègny tsisy lalàgna, de
tsisy fandikan-dalàgna.16Noho izagny antony zègny de miseho amin'ny finoagna zegny mbô hianteran' ny
fampanantenagna amin' ny fahasoavagna kè ho azo antoka amin' ire taranak' i Abrahama jiaby_ tsy ho an' ire
jegny ambanin' ny lalàgna, fô ho an' ire jegny mizara ny finoagnan' i Abrahama fô koha. Babantsika jiaby izy,
araka ny voasoratra fô:17 " Natôko ho baban' ny firenena fontry anô." Take amin' ny fagnatrehan' Ilay nitokiany
Abrahama, de, Andriamanitra zegny, izay magnamia fiainagna ire maty kè miantso ire raha tsy mbôla misy mbô
hisy.18Na de take aza ire raha nitranga ivelany, de natoky tanteraka an' Andriamanitra i Abrahama amin' ny ho
avy. Ke tônga baban' ny firenena fontry izy, araka izay efa novolagnina fô: " Ho karaha zegny ny taranakao."19 Tsy
ôsa tamin'ny finoagna izy. Hain' i Abrahama fô tsy afaka ny hanan-janaka izy ( Satria efa také amin' ny zato tôgna
také izy ). Nagneky fô koha izy fe ny kibon' i Sahara de tsy afaka hitôndra kibo kôza.20Nèfa avy amin'ny
fampagnantenagnan' Andriamanitra, de tsy nihanahana tamin' ny tsy finoagna i Abrahama. Fô kôza, nahè-
nahery tamin'ny finoagna izy sady nidèra an' Andriamanitra.21 Resy lahatra tantèraka izy fô zègny
nampagnantègnan 'Andriamanitra, de afaka tantirahiny fôgna koha. 22Avy amin' jègny de nisaigna ho
fahamarinagna zègny.Kè tsy nisoratagna ho an'ny tombotsoany Izy raika fôgnä zègny, fô nisaigna ho ananjy.
Nisoratagna ho antsika koha zègny antsika zègny mino ananjy, zègny nananganagna an' i Jesosy tompontsika
tamin' ny maty.Izy ilay Tôkagna natôlotro avy tamin'ny fahotantsika kè nantsangagna mbô hagnamarigna antsika

## Chapter 5

1Satria nohamarinigna tamin'ny finoagna antsika, de managna fiadanagna miaraka amin'Andriamanitra amin'ny
alalan'ny Tompontsika Jesosy Kristy. 2Amin'ny alalany fôgna koà anagnantsika lalagna amin'ny finoagna
mandèha amin-jègny fahasoavagna zègny ijoroantsika zègny. Miravoravo amin' ny fahatokiagna
amin'Andriamanitra anay amin' ny ho avy zahay, fahatokiagna zègny zaraintsika akô amin'ny voninahitr'
Andriamanitra.3Tsy amin-jègny fôgna, fô amin-zègny mifaly amin'ny fahoriagnantsika. Fatantsika fô ny
fahoriagna de mahatonga faharètagna.4 Ny faharètagna mitèraka fankatoavagna, fankatoavagna mitèraka
fahatokiagna ho amin'ny ho avy. 5Zègny toky zègny de tsy mandiso fanantenagna, satria ny fitiavan'
Andriamanitra de efa nilatsaka tagnaty fô- ntsika tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, zègny namiagna antsika.6Fô
kô mbôla nalemy antsika, de maty tamin'ny fotoagnany ho an'ny tsy tsara fagnahy i Kristy. 7Fô tsy môra ho an'ny
ôlo raiky ny ho diso ho an'ny ôlo marigna. Fô, dôgnoko mety misy ôlo raiky saky ho diso ho an'ny ôlogno tsara.8Fô
Andriamanitra maneho fitiavany manôkagna ho antsika, satria kô mbôla mpanota antsika, de diso ho antsika i
Kristy. 9Mihoatra lavitra anjègny aza, avaizo. Kôfa hohamarinigna tamin'ny ràny antsika, de voavonjin-jegny
amin'ny fahavigniran' Andriamanitra.10Fô kô, mbôla fahavalo antsika, de nihavagna tamin' Andriamanitra
tamin'ny alalan'ny fahafatesan'ny Zanany, mihoatra jègny, kôfa avy nampihavanina, de ho voavonjy amin'ny
alalan'ny tègnany antsika.11 Ary ty zegny fôgna fô antsika koa de mifaly ao amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny
Tompontsika Jesosy Kristy, zay nazahoantsika zagny avaizo.12Avy amin-jegny de, karaha nitsofôran'ny ota
tamin'ny ôlo raiky tamin'izao tontolo izao, de karan-jegny koa nitsofôran'ny fahafatesagna tamin'ny alalan'ny ota.
Ké ny fahafatesana de nateky tamin'ny olongo jiaby, satria samby nanota jiaby izy jiaby. 13Nandra-pisian'ny
lalàgna, de taketo amin'izao tontolo izao ny ota, fô tsisy heloka kô tsisy lalàgna.14Nefa na de zegny aza, ny
fahafatesagna de nanjaka nitetry tamin'i Adama ka hatramin'i Mosesy, na de tamin'zegny tsy nanota karaha tsy
nankatoavan'i Adama tandindogn'le ho avy. 15Nefa na de zegny aza, ny fagnomiazana de tsy mitovy amin'ny
fahadisoagna. Fô kô tamin'ny alalan'ny fahadisoagnan'raiky nahafaty ny maro, de mihostra lavitra an-jegny ny
fahasoavan'Andriamanitra ndraiky fanomiazagna avy amin'ny fahasoavan'Ilay ôlo raiky, Jesosy Kristy, namiagna
fôntsy ho an'ny maro.16Fô ny fanomiazagna de tsy karaha vôkatra avy amin'ny raiky zegny nanota. Fô amin'ny
lafiny raiky, tônga ny fitsaragna ndraiky fanamelohagna avy amin'ny fahadisoagnan'ôlon-draiky. Fô amin'ny
lafiny raiky hafa, ny fanomizagna miafara amin'ny fahamarinagna de tonga tafaran'ny fahadisoagna maro. 17Fô
kô, tamin'ny alalan'ny fahadisoagnan'raiky, no hanjakan'ny fahafatesagna amin'ny raiky, de mihoatra lavitran-
jegny ho anjengy magneky haben'ny fahasoavagna ndraiky fagnomiazan'ny fahamarinagna amin'ny alalan'ny
fiainan'lay raiky, de Jesosy Kristy.18Avy amin-jegny, satria tamin'ny alalan'ny fahadisoagnan'raiky no nahatônga ny
ôlogna ho amin'ny ho amin'ny fagnamelohagna, de amin'ny alalan'ny asan'ny fahamarinagnan'ny raiky koa
nahatongavany fahamarinagna ho an'ny ôlo jiaby.19 Fô satria avy amin'ny fankatoavan'ny ôlo raiky nahatônga ny
maro ho mpanota, de amin'ny alalan'ny fankatoavan'ny raiky no nahatônga ny ôlogno ho marigna.20Fô tôna
tamin-jegny ny lalàgna, mbô ho maventy ny fahadisoagna. Nefa kô nahénaventy ny fahotagna, de vao maika
nahénaventy ny fahasoavagna. 21Nitranga zègny mbô, karaha nanjakan'ny fahotagna tamin'ny fahafatesagna, de
karan-jegny koa hanjakan'ny fahasoavagna amin'ny alalan'ny fahamarinagna ho amin'ny fiainagna mandrakizay
amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

[1]Ino ary no volagniko? Tokony hanohy amin'ny fahotagna ve antsika mbo hitomagny fahasoavagna? [2]Tsy hoisy
mihitsy anèfa izegny. antsika zegny maty amin'ota amin'ny fomba karakory moa no mbola hiaignantsika
amin'izegn kao? Tsy fantanan-dre moa fo zare jiaby nagnano batisa tamin'i Kristy Jesosy dia nagnano batisa
tmin'ny [3]fahafatesagna?[4]Koa, voalevigna, niaraka taminy alalan'ny batisa ho amin'ny fahafatesagna antsika.
Nitranga izegny mbo ho karanny nanaganagana an' i Kristy tamin'ny maty tamin'ny vonahitra ny Ray, no
andihanantsiaka amin'ny fiaignam-bovo ihany koa. [5]Fa raha mitambatra Aminy amin'ny endrika ny
fahafatesagna, antsika, dia hitambatra amin'ny fitsanganagna ihany koa.[6]Hantsika zègny, fô ny tègnantsika talôha
dia nofantsihigny niaraka taminanjy, mbô hamotèhagna ny tègnan'ny ota. Nitranga zègny mbô ho andevozin'ny
ota intsony antsika. [7]Izy zay maty dia nambara fô marigna sady afaka amin'ny fahotagna.[8]Fô koa maty niaraka
tamin'i Kristy antska, dia mino fô hiara-velogna Aminanjy foagna koa. [9]Antsika dia mahay fô nitasngagna
tamin'ny maty Kristy, ary tsy maty kôza Izy. Tsy manjaka Aminanjy kôza ny fahafatèsagna.[10]Fô koa ny mômba ny
fahafatèsagna dia maty nohon'ny amin'ny fahotagna Izy, maty ndray mandèha ho an'ny jiaby Izy. Kanèfa, ny
fiainagna zay hivilômany dia iainany ho an'Andriamanitra. [11]Dia karaha zègny, tsy maintsy mihevitra ny
tègnanare ho èfa maty amin'ny fahotagna foagna koa anare, fô velogno ho an'Andriamanitra ako amin'i Kristy
Jesosy.[12]Noho izègny aza avèla hanjaka ako amin'ny tègnanare mety maty ny ota mbô hagnarahanare ny filàn-
dratsy. [13]Aza atôlotro ho an'ny fahotagna ny ratasm-batanare, ho fitôvagna ampiasaigny amin'ny tsy tègnanare,
kara ny nitsangagna tamin'ny maty zay velogno avahizo. Ary atôlotro ho an'Andriamanitra ny rantsam-batanare
mbô ho fitôvagna ampiasaigny amin'ny fahamarinagna. [14]Aza avèla hanjaka aminare ny ota. Satria tsy
ambanin'ny lalàgna anare, fô ambanin'ny fahasôavagna.[15]Kè ino ary? Tôkony hanota mo antsika tsy ambanin'ny
lalàgna, fô ambanin'ny fahasoavagna? Tsô hoisy mihitsy nay zègny. [16]Tsy hainare mo fô lay ray zay anôloranare
ny tègnanare ho mpanompo dia lay ray zay ho hankatoavinare, lay hagny tsy maintsy hankatoavinare? Marigna
zègny na mpanompon'ny fahotagna zay mitôndra agny amin'ny fahafatèsagna anare, na mpanompon'ny
fankatoavagna zay mitôndra agny amin'ny fahamarinagna.[17]Fô isôragna Andriamanitra! Satria èfa
mpanômpon'ny fahotagna anare, Kanèfa nagneky tako am-pônare ny fômba fampianaragna zay namia nare.
[18]Nafahagna tamin'ny ota nare, ary natô mpanompon'ny fahamarinagna.[19]Mivolagna karaha ny ôlogno zaho noho
ny fahalemen'ny nofonare. Satria vantany vo nanolotra ny ratsam-batanare ho andevon'ny fahalotoagna sy ny
ratsy anare, dia karaha zègny koa zo, atolotro ho andevon'ny fahamarinagna ho amin'ny fahamasinagna ny
ratsam-batanare. [20]Fô fôny anare andevon'ny ota, dia afaka tamin'ny fahamarinagna. [21]Amin'jô, ano ary no
vôkatra azonare tamin'ire raha zay mahamègnatra anare avahizo? Satria ny vokatr'iregny raha iregny dia ny
fahafatèsagna[22]Fô avahizo kofa nafahagna tamin'ny ota anare ary tônga mpanômpon'Andriamanitra, dia mijinja
ny fahamasinagna. Ny vokatra dia ny fiainagna mandravizay. [23]Fô ny tambin'ny ota dia fahafatèsagna, fô ny
fagnomiazagnan'Andriamanitra kosa dia ny fiaigna mandrakizay ako amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.

## Chapter 7

[1]Sô tsy hainare, ry ralahy (satrià mikoragna amin'ny ôlogno mahay ny mômba ny lalàgna zah), fô ny lalàgna dia
magnasa ny ôlogno araiky koa mbôla vélogno koa izy?[2]Fô ny vahiavy zègny manamabady dia voafatotro ny
lalàgna amin'ny vadiny koa mbôla velogno izy, fô koa maty lay vadiny, dia afaka amin'ny lalàgnan'ny
fanambadiagna izy. [3]Noho jègny, koa mbôla velogno ny vadiny, koa tô kè miaraka amina lalahy afa izy, dia ho
antsogna hoe mpijangajanga izy. Fô koa maty lay vadiny, dia afaka amin'ny lalàgna izy, kè tsy mpijangajanga izy
koa tô kè miaraka amina lalahy hafa.[4]Noho zègny, ry ralahiko, dia natô maty tamin'ny lalàgna foagna koa anaré
tamin'ny alalan'ny tègnan'i Kristy. Natô zègny mbô hikambananare amin'ny hafa, zègny hoe, amin'Anjy zay
natsangagna tamin'ny maty, mbô hafahantsika mamôkatra vo ho an'Andriamanitra. [5]Fô tamintsika tô amin'ny
nôfo, iré filàn'ny fahatanoragna, zay nahetsikin'ny lalàgna, dia naisa tô amin'ire rantsantsika mbô hamôkatra vo
ho an'ny fahafatèsagna.[6]Fô avaizo dia nahafahagna tamin'ny lalàgna antsika. Maty tamin'ilay namatotra antsiaka
isika. Izègny dia mbô hafahantsika manômpo amin'ny havozoam-pagnahy, fô tsy amin'ny fahatèran'ny sôratra.
[7]Ino ary no ho volagnintsika? Ny lalàgna mahintsy mè ny fahotagna? Tso hisy anjagny mitsy. Nèfa, tsy ho nahay
ny fahotagna mahitsy zaho, koa tsy tamin'ny alalan'ny lalàgna zègny. Fô tsy ho nahay ny fitsiriritangna zaho koa
tsy ny lalàgna nivolagna hoe: "Aza mitsiriritry." [8]Fô nalaka vahagna tamin'ny didy ny fahotagna kè nahatônga ny
fitsiriritagna jiaby akato aminahy. Fô koa tsisy ny lalàgna, dia maty ny ota.[9]Talôha zaho dia vélogno tsisy lalàgna,
fô kofa tônga ny didy, dai vélogno ndraiky koa ny ota, kè maty zaho. [10]Ny didy zay tôkony hitôndra fiainagna no
nivadiky ho fahafatèsagna ho anahy.[11]Fô ny fahotagna dai nalaka vahagna tamin'ny alalan'ny didy kè manitaka
zaho. Tamin'ny alalan'ny didy no namoanoany zaho. [12]Noho zègny ny lalàgna dia masigny, ary ny didy dia
masigny, marigna, ary tsara.[13]Kè nivadiky ho fahafatèsagna ho anahy mè izègny tsara? Tsisy anjagny mitsy. Fô ny
ota, mbô hafahany hiseho ho fahotagna amin'ny alalan'izay tsra, dia nitôndra fahafatèsagna taminahy. Izègny dia
mbô ho amin'ny alalan'ny didy, ny fahotagna dia mety ho tônga tègna fahotagna tokoatra. [14]Fô haintsika fô ara-
pagnahy ny lalàgna, fô zaho avy amin'ny nôfotro. Èfa nambidy ho ako ambanin'ny fagnandivozagnan'ny ota
zaho.[15][16]Fô ny raha atôko, dia tsy tègna azoko tsara. Satria zègny tiako atô, dia tsy atôko, fô zay halako, dia atôko.
Fô koa magnano zay tsy tiako zaho, dia mitôvy hevitry amin'ny lalàgna fô tsara ny lalàgna[17]Fô avahizo dia tsy
izaho intsony no izegny fa ny fahotagna ize velo na ato agnatiko. [18]Fô fantako fa ato aminahy, izay akato amin'ny
nofoko, dia tsisy raha tsara amina. Fa ny fagniriagna ny tsara di akato aminahy saingy tsy afaka magnano.[19]Fô ny
tsra izey tiako dia ts atoko, fô ny ratsy ize tsy tiko no atôko. [20]Ary raha magnano ize tsy tiako ato zaho, dia tsy
izaho intdony no miasa, fa koza ny fahotagna izay miaigna akato aminahy. [21]Ary , izahi koza nahita, ny fitsipika
akato fa te hagnano ize tsra zaho saingy ny ratsy no akato aminahy zô.[22]Fô miravoravo ako amin'ny
lalaan'Andriamanitra amin'ny fagnahy maha ôlogna. [23]Kanefa mahita fitsipika miady amin-jegny fitsipika vaovao
ako antsaignako izegny. Mitagna zaho ho babon'ny fitsipika ny fahotagna ize ako makasika amin'ny tegnako
izegny.[24]ôlo mahantra zaho! izo no hangala zaho amin'ity tenan'ny fahafatesagna ity? [25]Fô isoragna Andriamanitra
amin'ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika! Nohizany, zaho dia manompo ny lalan'Andriamanitra amin'ny
saignako. Na dia izegny aza, dia manompo ny fitsipikin'ny fahotagna amin'ny nofo zaho.

Chapter 8

[1]Avy amin'jègny dia tsisy fagnamelôhagna kôza iniany ho anandre zègny akô amin'i Kristy Jesosy. [2]Fô lalàgnan'ny
Fagnahin'ny fiainagna ako amin'i Jesosy Kristy no nagnafaka anah tamin'ny fahotagna ndraiky fahafatèsagna[3]Fô
zègny tsy afaka naton'ny lalàgna nohon'ny fahalemen-jegny tamin'ny nofotro dia natôn'Andriamanitra nadèfa ny
zanany lahy tôkagna Izy tamin'ny endrika ny nôfotro fahotagna mbô fagantitra ho an'ny ota sady nagnameloko
ny ota takô amin'ny nôfotro izy. [4]Natôny zègny mbô ho tantèraka akô agnatintsika ny raha tadiavin'ny lalàgna,
antsika zègny tsy mandèha araka ny nôfo fô araka ny fagnahy. [5]Iré zègny miaigny araka ny nôfo dia mandaligna
ny zègny raha araka ny nôfo zègny velogno araka ny Fagnahy dia mandaligna ny zègny raha araka ny fagnahy.
[6]Stria fandalignana araka ny nôfo dia fahafatèsagna fô fandalignana araka ny fagnahy kôza dia fiaignana ndraiky
fiadanagna. [7]Ny fisaignana miorigna amin'ny nôfo dia fandrafiagna agnatrèhan'Andriamanitra zègny, sady tsy
hainy aby magnäno an-jègny. [8]Iré zègny akô amin'ny nôfo dia tsy afaka ny ho ankasitrahan'Andriamanitra.
[9]Kanèfa, anare dia tsy akô amin'ny nôfo fô akô amin'ny Fagnahy, koa marigna fô miaigna akô aminaré ny
FagnahinAndriamanitra. Fô koa misy ôlogno tsy managna ny Fagnahin'i Kristy, dia tsy Ananjy izy. [10]Koa ako
aminare Kristy, dia maty nohon'ny fahotagna ny vatagna, fô ny fagnahy dia velogno nohon'ny fahamarinagna.
[11]Koa ny Fagnahin'ilay nanangagna an'i Jesosy tamin'ny maty no velogna ako aminare, dia Izy zay nanangagna
an'i Kkristy tamin'ny maty no hagnomia fiainagna foagna koa ho an'ny tègnanare zegny mety amin'ny alalan'ny
Fagnahiny, zay velogno ako aminare.[12]Noho izègny, ry ralahy, dia mpitrôsa antsika, fô tsy ako amin'ny nôfo mbô
hiaigna araka ny nôfo. [13]Fô koa miaigny araka ny nôfo anare, dia ho foaty, fô koa amin'ny Fagnahy zay
amonoanare ny asan'ny tègna, dia ho velogna anare.[14]Fô karaha ire jiaby voatariky ny Fgnahin'Andriamanitra,
zare ré no zanak'Andriamanitra. [15]Fô tsy nalaka ny fagnahin'ny fagnadivozagna ndraiky anare kè hatahotro. Fô
kofa, nalaka ny Fagnahin'ny fananganan-janaka anare, zay hagnantsovantsovantsika hoe: "Aba, Rayô!"[16]Ny
Fagnahy mihitsy no vavolombelogno amin'ny fagnahintsika fô zanak'Andriamanitra antsika. [17]Koa zanaka
antsika, dia mpandôva foagna koa, mpandôva an'Andriamanitra. Ary mpiray lôva ako amin'i Kristy antsika, koa
tègna mijaly miaraka Aminanjy tokoa antsika dia amiam-boninahitra miaraka Aminamjy koa.[18]Fô atôko fô ire
fijaliagna amin'jô fotoagna zô dia tsy mendriky ampitovigny amin'ilay voninahitry zay ho avoaka amintsika. [19]Fô
ny raha jiaby zô magnatègna fatratra dia mandigny ny fampisehogna ire zanak'Andriamanitra.[20]Fô ny raha dia
natô ho zava-poagna, tsy nôhon'ny sitrapôny manôkagna, fô nôho lay nagnano zègny. Izègny dia akô amin'ilay
toky namiagna [21]fô iré raha mihitsy no ho alagna amin'ny fagnadevozagnan'ny fandraraka, ary hitôndra agny
amin'ny fahafahagna ny amin'ny voninahitry ny zanak'Andriamanitra zègny. [22]Fô haintsika fô ny raha jiaby dia
miara-misento sy miara-miasa ako agnatin'ny fagnatènagna na avahizo aza.[23]Tsy zègny foagna, fô na ny
tègnantsika aza, zay managna ny voalôham-bokatry ny Fagnahy_ na ny tègnantsika aza dia miboaka ako
agnatintsika, mandigny ny fananganagna antsika ho zanaka, dia ny fagnavôtagna ny tègnantsika. [24]Fô
tamin'jègny toky zègny no namonjiagna antsika. Fô zay atokisantsika fô hitranga dia mbôla tsy hita, fô izôvy no
mandigny am-patokiagna zay èfa hitany? [25]Fô koa matôky amin'izay mbôla tsy hitantsika antsika, dia mandigny
zègny am-paharètagna.[26]Karaha zègny koa, ny Fagnahy dia magnampy ako amin'ny fahalementsika. Fô antsika
tsy mahay zèy vavaka tokony atôntsika, fô ny Fagnahy mihitsy no mifôgna ho antsika amin'ny fisententoagna tsy
hèy koragniny. [27]Izy zèy mandiniky ny fô no mahafantatra ny hevitry ny Fagnahy, satria Izy no mifogna ho an'ny
mpino araka ny sitrapôn'Andriamanitra.[28]Haintsika fô an'jare zèy tia an'Andriamanitra, dia miaraka ampiasaigny
ho amin'ny tsara jiaby ny raha jiaby, ([fanamarihagna: Koa tokony hoe " Miaraka ampiasaigny ho amin'ny tsara
avokôa ny raha jiaby," dia ny dikan-koragna sasany talôha magnano hoe: "Ny raha jiaby dia miaraka miasa ho
amin'ny tasra.a"]) ho an'iré zèy voahantso araka ny fandaharany. [29]Satria iré zèy hainy mialôha, dia nitondrony
mialôha foagna koa mbô hitôvy endriky amin'ny Zanany, mbô ho talagn'ôlo aké agnivon'iré ralahy maro izy. [30]Ire
zèy nantsôviny, dia nohamarininy foagna koa. Ire zèy nohamarininy, dia namiany voninahitra foagna koa.[31]Ino
ary no tokony ho volagninare mômba ire raha ire? Koa mômba antsika Andriamanitra, izôvy no mahatôhatra
antsika? [32]Izy zèy tsy niaro ny Zanany lahy tôkagna fô nanôlotro Ananjy ho antsika jiaby, ahôana no tsy
hagnamiazany antsika maimaimpoagna miaraka Aminanjy ny raha-jiaby foagna koa?[33]Izovy hitôndra
fiampangagna hanôhitry iré ôlom-boafidin'Andriamanitra? Andriamanitra no lay raiky zèy magnamarigna zègny.
[34]Izovy raiky hagnameloko? Kristy no raiky maty ho antsika, ary mohôatra zègny, natsangagna foagna kôa Izy.
Manapaka amiaraka amin'Andriamanitra aké amin'ny fitoèram-boninahitra Izy, ary Izy no lay mifogna ho
antsika[35]Izôvy hagnasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriangna. sa fijaliagna, sa fagnijèhagna, sa
silôgna, sa fibolèhagna, sa loza, sa sabatra? [36]Araka ny vôasoratra hoe: "Noho ny avy aminô dia voahenjiky
isanadro zèhay. Nisambôrigna kara ny ondry ho vonogny zèhay."[37]Ako agnatin'jegny raha jiaby zègny dia
mihôatra noho ny mpandresy zaihay amin'ny alalan'ilay ray tia anahy. [38]Fô resy lahatra zaho fô na ny


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

fahafatèsagna, na ny fiainagna, na iré anjely, na iré fanjakagna, na iré raha avahizo, na iré raha ho avy, na iré
hery, 39na ny ambo, na ny laligna, na rahavoajagnahary hafa, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny
fitiavan'Andriamanitra, zay ako amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.

Chapter 9

[1]Mivolagna ny marigna ao amin'i Kristy zah. Fô tsy mandainga zah, ary ny eritreritro no vavolombelogno
miaraka aminah ao amin'ny Fanahy Masina,[2] fa ho ahy de misy alahelo lehibe ndraiky fahoriagna tsy mijanogna
ato am-pôko.[3]Fô afaka nagniry zah fô izah tegnako de voaôzogna ké hiataka amin'i Kristy noho ny amin-jaré
rahalahiko, iré zegny raika firazagnana aminah araka ny nôfo.[4] Zare re de Israelita. Zare re de managna
fananganagna, ny voninahitra, ire fankatoavagna, ny fagnomiazagnan'ny lalàgna, ny fideragna
an'Andriamanitra, ary ire fampagnantigniagna.[5] Ny an-jare re de ire razagna izay nahatônga an'i Kristy ho tônga
nôfo, Izy zegny Andriamanitra ambônin'ny jiaby. Ho deraigna mandrakizay nè Izy. Amen.[6]Fô tsy foagna ireo
zegny nampagnantignian'Andriamanitra. Fô tsy zegny jiaby avy any Israely no tègna Israely. [7]Na ire taranak'i
Abrahama jiaby no tègna zanany. Fô: "Amin'ny alalan'Isaka no hagnantsôvagna ire taranakanô."[8]Zegny hoe, ire
zanaky ny nôfo de tsy zanak'Andriamanitra. Fô ire zanakin'ny fampagnantigniana no raisigna ho taranaka. [9]Fô
karan-jô no tenin'ny fampagnantigniagna: "Amin'izegny fotoana zegny de ho avy Zah, ké hamiagna zazalahy
Saraha."[10]Tsy zegny fôgna, fô avaké koa Rebeka hanan-anaka amin'ny lalahy araiky, Isaka babantsika_[11] fô mbôla
tsy teraka aby ire zaza ké mbola tsy nagnano raha tsara na tsy tsara, mbô ho tody ny tanjogn'Andriamanitra
araka ny fisafidianagna, tsy avy amin'ire asa, fô avy amin'izegny magnantso_ [12]nivôlagna tamin'draviavy fô: "Ny
zokiny de hanômpo ny zandriny." [13]Zegny de karaha zegny voasôratra fô: "Jakoba tiako, fô Esao halako."[14]Ino arika
no ho volagnintsika? Misy tsy fahamarinagna mô miaraka amin'Andriamanitra? [15]Ahé é tsisy anjagny. Fô Ahozy
tamin'i Mosesy fô: "Hamindra fô amin'izegny tiako hamidragna fô Zah, avaké hangoraka ire zegny tiako
hangorahana Zah." [16]Avy amin-jegny, de tsy avy amin'izegny mikasa an-jegny, na avy amin'izegny miahazakazaka,
fô avy amin'Andriamanitra, zegny mampiseho ny famindram-pô.[17]Fô ny Sôratra Masigna nivolagna tamin'i Farao
fô: "Fô avy amin-jegny antony zegny no nanandratako anô, mbô hamoahako anô ny heriko, ke mbô
hagnambaragna ny agnarako magneran-tany." [18]Avy amin-jegny, Andriamanitra de mamindra fô amin'izegny
tiany, ary zegny tsy tiany, de hamafisiny fô.[19]Avakeo mety hivolagna aminah anare fô: "Nagnino no mbola
magnomia tsiny fogna Izy?" Fô zôvy manakana ny sitrapôny?" [20]Mifanohitra amin'zegny, ralehilahy, zôvy mô anô
no mamaly manohitra an'Andriamanitra? Mô ve zegny novolavolaigna hivolagna amin'ny mpamolavola ananjy
hoe: "Nagnino mé zah natonô karanjô?" [21]Moa ny mpanefy vilagny tsy managna zo amin'ny tanimanga ké
vongany raiky foagna hagnamboaragna fitoerana raika hafa amin'ny andavanandro?[22]Ahoana raha
Andriamanitra, izegny té hampiseho ny fahatezeragna sy hampahafantatra ny fahefany, no niaritra tamim-
paharetagna ire fitoeran'ny fahatezeragna nomägnina ho amin'ny fahasimbana?[23] Ahona raha nataony zegny
mbô hampahafantarany ny haren'ny voninahiny eo amin'ny ire fitoeran'ny famindram-pô, zay efa nomagniny
mialôha ho amin'ny voninahitra?[24] Ahona raha nataony ho antsika koã izegny, zay nantsoiny ihany koã, tsy ho eo
amin'ny samy Jiosy ihany fô ho eo amin'ny Jentilisa ihany koã?[25]Araka izay novolagniny teo amin'i Hosea ihany
koã hoe: "Hantsoiko hoe oloko zay tsy oloko, ary hoe malalany ilay tsy malala. [26]Avakeo de any amin'izay
nivolagnina tamin-jaré hoe: 'Tsy ôloko ianaré,' any no agnatsôvagna anjaré hoe: 'zanak'Andriamanitra
velognä.'"[27]Isaia niantso mafy ny amin'ny Israely hoe: "Raha karaha fasika eny amin'ny ranomasigna ny isan'ny
zanak'Israely, de ho voavonjy zegny sisa ambiny, [28]fô ny Tompo hitondra ny teniny eto an-tany, feno ary tsy ho
ela." [29]Araka ny nivolagnin'i Isaia mialôa fô: "Raha ny Tompo tompon'ny maro no tsy mamela taranaka ho antsika,
de ho mitovy amin'i Sodoma antsika, ary ho lasa mitovy amin'i Gomora."[30]Inogna andraika no ho volagnintsika?
Fô ire Jentilisa, izay tsy nitady ny fahamarignana, no nahazo ny fahamarignana, izegny fahamarignana avy
tamin'ny finoagna.[31] Fô Israely, izay nitady ny lalàgnan'ny fahamarignana, de tsy tônga tamin'zegny.Toko faha 2


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 10

1 Ry rahalahy ny fagnirainifôko sy ny agatahikao amain'Andriamanitra ho an-jare, dia nifamonjegna ananjare. 2 Fô
mijôro vavolombelogno makasika anajare zaho fô mafana fo ho an'Andriamanitra zare ire, nefa tsy araka ny
fahalalagna. 3 Fô tsy mahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra iregny,sady miaragna hametraka. ny
fahamarinan'izire manokana. Tsy magneky ny fahamarinan'Andriamanitra zare ire. 4 Fô Kristy no
fahatanterahan'ny lalàgna ho fahamarinagna ho an'izay jiaby mino. 5 Fô Mosesy manôratra momban'ny
fahamarinagna izegny avy amin'ny lalàgna hoe: ''Ny ôlogna izay magnano ny fahamarinan'ny lalàgna dia hiaigna
amin'izegny fahamarinagna izegny.'' 6 Fô ny fahamarinagna izay aviy amin'ny finoagna dia mivolagna fô: '' Aza
mivolagna izô ao am-po hoe:' Azôvy no hiakatra agny anadagnitra?' (izegny dia mampandrôrogna an' i Kristy);
7 Kè aza mivolagna hoe: 'Azovy no hidigna agny amin'ny laligna?''(izegny dia,mapiakatra an'i Kristy amin'ny
maty). 8 Fô ino no ambaran-jare? Ake marikitra ano ny teny, ako am-bavano ary ao am-pono.'' Izegny ny teniny
finogna, izay amabrany. 9 Fô raha amin'ny vavano no agnekeno an'i Jesosy ho Tompo, kè mino amin'ny fono fô
natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty Izy,dia ho vonjegna anô. 10 Fô amin'ny fo no inôn'ny ôlogna ny
fahamarinagna, ary amin'ny vava no agnekeny ny famonjegna. 11 Fô ahozy ny Soratra masigna hoe: ''Tsy ho
megnatra izegny jiaby mino Azy.'' 12 Fô tsisy fahasamihafagna eo amin'ny Jiosy ndariky Grika. Fô Tompo araika
fogna no Tompon'ny rehetra, ary harem-pahasoavagna ho an'izegny magnantso Ananjy Izy. 13 Fô izegny jiaby
magnantso ny agnaran'ny Tompo no ho vonjegna. 14 Karakory kè no ahafahanjare magnantso Azy izegny tsy
ninoany? Karakory no ahafahan-jare mino Azy izegny tsy regnin-jare? Karakory no ahafahan-jare mitandregny
raha tsisy ny mpitory? 15 Ary karakory no ahafantaran-jare mitory, raha tsy nisy nagnasa? Araka ny vôsoratra hoe:
''Endrey ny hatsaran'ny ongon-jare magnambara ire zava-tsoan'ny filazantsara!'' 16 Kanefa tsy izegny jiaby no
nitandregny ny filazantsara. Fô ahozy Isaia hoe: ''Tompo, izovy no nino ny hafatra anay?'' 17 Noho izegny finoagna
dia avy amin'ny finoagna, ary fitandignesagna avy amin'ny tenin'i Kristy. 18 Fô ahozy hoe: ''Tsy nisy nitandregny mè
zare? Ya, tegna maigna. Ny feon-jare dia efa nivoka magneran-tany, kè tenin-jare hatrany amin'ny faran'izô
tontolo izô.'' 19 Ankoatra izegny, ahozy hoe: ''Tsy nahafantatra ny Israely mè? Tamin'ny volognany Mosesy
nivolagna hoe: ''Ho atôko saropiaro amin-jay tsy firenegna akory anan-dre. Amin'ny firenegna izegny tsysy
fahalalagna, ho atôko tonga amin'ny fahavigniragna anan-dre.'' 20 Ary eo tegna masahy tokoa Isaia raha nivolagna
izy hoe: ''Hitanan-dre izegny tsy mitady zaho. Nivoaka tamin-jare izegny tsy magnontany ahy aho.'' 21 Fa ahozy izy
tamin'Israely hoe: ''Tontolon'ny no nagnatsorako ny tagnako tamin'ny ôlogna tsy mankatoa sy miditra.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 12

[1]Mangataka aminare zah noho zegny, ry rahalahy, noho ire famindra-pôn'Andriamanitra, mbô hanolôranaré
tegna ho sôrogno velogna, masigna, eken'Andriamanitra. Zegny no fanompoagna arakan'ny tegna izy. [2]Aza
mangalatahaka amin'izao tontolo izao, fô magnova foto-pisaignana anaré. Atôvy zegny mbô ho fantatraré zegny
tsara, azo ekegna, ndraiky sitrapô lafatr'Andriamanitra.[3]Fô volagniko, nohon'ny fahasoavana zay namiagna zah,
ny tsy tokony hanagnan'ny jiaby zay eo aminaré eritreritra hagnambony ny tegnany mihoatra zegny tokony ho
eritreretiny. Fô kôza, tokony hieritreritra am-pahendrena zaré ré, karaha nagnomiazan'Andriamanitra fatram-
pinoagna ny tsiraikiraiky avy.[4]Fô manana rantsana maro amin'ny tegnantsika antsika, kanèfa tsy mitôvy aby ny
asan'iré rantsagna iré.[5] Mitôvy amin-jegny, koã atsika na de maro aza de vatagna raiky fôgna ao amin'i Kristy, ké
rantsagna manôkana amin'ny tsiraikiraiky.[6]Managna fanomiazagnam-pasoavagna samby hafa antsika araka ny
fahasoavagna zay namiagna antsika. Izikôa faminaniana no fagnomiazam-pahasoavan'ny araika, de aoka atô
araka ny haben'ny finoagnany. Izikôa fanompoagna no fagnomiazam-pahasovan'ny araika, de aoka izy hanômpo.
[7]Izikôa nisy araika nahazo fagnomiazam-pahasoavagna hampianatra, aoka izy hampianatra. [8]Kô
fampaherèzagna no fagnomezam-pahasoavan'ny araika, aoka izy hampahery. Kô magnamia no fanomezam-
pahasoavana araika, aoka izy hagnäno zegny amim-pahalalahan-tagnana. Izikoã hitarika no fagnomezam-
pahasoavan'ny araika, aoka zegny ho vita am-pitandremagna. Izikoã hampiseho fangoraham-pô no fagnomezam-
pahasoavan'ny araika, aoka zegny ho vita am-pifaliagna.[9]Aoka ny fitiavagna tsisy fiatsaram-belatsihy. Aza tia ny
ratsy; tazony mafy zegny tsara. [10]Kô mômban'ny fitiavan'ny mpirahalhy, mifankatiava aminare tsiraikiraiky aby.
Kô mômban'ny fanomezam-boninahitra, mifagnajà.[11]Kô ny mômban'ny fiezahagna, aza misalasala. Kô ny
mômban'ny Fagnahy, aoka hafana fô. Mômban'ny Tompo, tompoy Izy. Mifalia amin'ny fahatokiagna zegny
[12]hanagnanô mômban'ny ho avy. Mahareta amin'ireo ôlagnanô. Mivavahafôgna. [13]Mifampizarah amin'izegny
ilain'ny mpino. Mitadiava fômba maro hampiantranoanao ôlogna.[14]Misôra ire zegny magnenjika ano; misôra ary
aza magnozogna.[15] Miaraha-mifaly amin'ire zegny mifaly; miaraha- mitomagny amin'ire zegny mitomagny.
[16]Mitovià amin'ny fisaignana amin'ny tsiraikaraika. Aza misaigna amin'ny fômba mirehareha, fô magnikeà ire ôlo
ambany. Aza mihevitra ny tegnanô ho hendry.[17]Aza mamaly ratsy ny ratsy. Magnanôva raha tsara amason'ôlo
jiaby. [18]Kô mety, araka izegny azonô atô, mihavagna amin'ny ôlo jiaby.[19]Aza mamaly ratsy ny tegnanare, ry malala,
fô amiava lalagna ny fahavigniran'Andriamanitra. Fô efa voasôratra hoe: "'Fô Anah ny valy faty; Zah no hamaly,'
ahozin'i Tompo." [20]Izikoã vôsilôgna ny fahavalonao, amiavo hagnina izy. Izikoã mangetaheta izy, amiavo ho
sotroiny izy. Fa kô magnäno anjegny anô, de hagnangona vaingan'afo ambôny lôhany." [21]Aza mety ho resin'ny
ratsy, fa reseo amin'ny tsara ny ratsy.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 13

[1]Aoka ny fagnahy jiaby hagneky ire zègny manam-pahefagna ambôny, fô tsisy fahefagna kô tsy avy
amin'Andriamanitra. Kè ire manam-pahefagna misy dia èfa voatendrin'Andriamanitra. [2]avy amin'jègny dia zègny
manohitra zègny manam-pahefagna dia manohitra ny didin'Andriamanitra; sady zègny manohitra anjègny dia
hahazo fitsaràgna amin'ny tègnan'jare zare.[3]Satria ire mpanampaka dia tsy fampitahôragna ho an'ire asa tsara, fô
ho an'ire asa tsy tsara Magniry ny tsy hatahotra ny raiky ako amin'ny fahèfagna mô anare? Magnanova ny tsara,
dia ho déraigny amin'jagny ano. [4]Fô izy dia mpanômpon'Andriamanitra, mpamaly ny fahavigniragna amin'jègny
magnano tsy tsara. [5]Avy amin'jègny dia tôkony hagneky anare, tsy avy amin'ny fahavigniragna foagna, fô avy
amin'ny fiheveragna foagna koa.[6]Avy amin'jègny dia magnèfa hetra koa anare. Fô mpanômpon'Andriamanitra ire
manam-pahefagna, zègny mitantagna zègny raha zègny tsy ankijanogno. [7]Ifèo amin'ny tsiraikiraiky zègny tôkony
ho anjare: magnifa hètra amin'jègny tôkony hagnifagna ananjy; magnifa fadin-tsiragnana amin'jègny tôkony
hagnifagna ananjy; matahôra an'jègny tôkony hatahôragna; magnajà an'jègny manjary ajègny.[8]Aza managna
trôsa na amin'jôvy, na amin'jôvy, afa-tsy ny fifankatiavagna foagna. Fô zègny tia ny magnodidigny ananjy dia
nahatantèraka ny lalàgna: [9]Maro ire didy: "Aza mangalatra, aza magniry," ary koa misy didy hafa ankoatran'ire
koa, dia vôafatotra amin'itô fatôranteny itô zègny: "Tiavo ny namanô karaha ny tègnanô." [10]Ny fitiavagna dia tsy
manimba ny magnodidigny; avy amin'jègny, ny fitiavagna no fahatantiragnana ny lalàgna.[11]Avy amin'jègny,
fantanare ny fotoagna, fô èfa fotoagna hifohazanare amin'ny tôromaso sahady zô. Fô iniany èfa marivo zègny
ninoantsika tamin'ny voalohany ny fagnavôtagna antsika. [12]Mandroso ny aligna, ary marivo ny andro. Avy
amin'jègny andô hariagna ire asan'ny mahizigny, ary andô antsika fagnatô ny fiadignan'ny fahazavagna.[13]Andô
hizotra amin'ny lalagna mahitsy, karaha ny amin'ny andro, fô tsy kara ny amin'ire firavoravoagna tsy am-
pahamendrehagna na koa ny fahamamoagna; ary andô tsy handèha amin'ny fahavètavètagna na amin'ny filagna
tsy voafètra, ary tsy ho amin'ny fifanoherigna na fialôgnana. [14]Fô magnatova an'i Jesosy Kristy Tompo, ary aza
magnomia hiaraka ho an'ny nôfo, mbô hagnomiazagna fahafaham-pô ny filagna


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 14

[1]Raiso izegny malemy jiaby amin'ny finoagna, aza mitsara momban'ny tohan-kevitra. [2]Ny ôlogna araiky de
managna finoagna hihinana na ino na ino, fô ny raika hafa zay malemy de tsy mihinana afa-tsy legioma.[3]Aoka
zegny mihinagna ny raha jiaby tsy hagnamavo izay tsy mihinagna jiaby; ary izay tsy mihinana raha jiaby koã tsy
hitsara izay hafa mihinagna ny raha jiaby. Fô Andriamanitra efa nagnèky ananjy. [4]Azôvy marô anah, anah izay
mitsara mpanômpon'ôlon-kafa? Aké agnatréhan'ny tompony izy no mijôro na milavo. Fô hatsangana izy, satria ny
Tompo de afaka manangana ananjy.[5]Ny ôlo raiky de mihevitra fô misy ny andro tsara nohon'ny rehetra. Ny hafa
kôza de mihevitra fô mitôvy ny andro rehetra. Avèla ny tsiraikiraiky ho resy lahatra araka ny saignany avy. [6]Zay
mandinika ny andro, de mandinika izegny ho an'ny Tompo; ary izay mihinagna, de mihinagna ho an'ny Tompo;
fô misôtra an'Andriamanitra izy. Zay tsy mihinagna, de mifady hanigna ho an'ny Tompo, izy ihany koã de misôtra
an'Andriamanitra.[7]Fô tsisy miaigna ho an'ny tègnany antsika, ary tsisy maty ho an'ny tegna koã.[8] Fô raha miaigna
antsika de miaigna ho an'ny Tompo, ary kô èfa maty antsika, de maty koã ho an'ny Tompo. Araka izegny na
velogna antsika na maty, de an'ny Tompo. [9]Fô ho amin'ny zegny antony zegny no nahafatesan'i Kristy ary
nahavelomany ndraika, mbô hahatônga Ananjy ho sady Tompon'ny maty no Tompon'ny velogna.[10]Fô anah,
nahoana anô no mitsara ny rahalahiny ô? Ary anah, nahoana anô no mankahala ny rahalahinô? Fô antsika jiaby
de mbôla hijoro ho tsaraigna aké anatrehan'ny sezy fitsaran'Andriamanitra. [11]Fô efa vôsôratra hoe: "Kô mbôla
velogna koã Zah," hozy ny Tompo, "de hiforitra aké anatrehako ny loalitra jiaby, ary ny lela jiaby de hidera
an'Andriamanitra."[12]Noho izegny ary, antsika tsiraikaraika avy de hagnano tatitra ny tègnany aké
amin'Andriamanitra.[13] Ké, aoka antsika tsy hifampitsara kôza, fa kosa hanapaka izao, mbô tsy hisy hametraka
vato mahatafintôhigna na fandriky ho an'ny rahalahiny.[14]Mahafantatra zah ary resy lahatra aké amin'ny Tompo
Jesosy, fô tsy madio amin'ny tègnany. Fô ho an'zay mandray na ino na ino ho tsy madio ihany de tsy madio izegny
ho ananjy. [15]Satria raha malahelo nohon'ny amin'ny sakafo ny rahalahinô, de tsy mendeha am-pitiavana kôza
anah. Aza simbagna nohon'ny amin'ny sakafonare ire zay namoizan'i Kristy ny aignany.[16]Ko aza mamela zay
heverinare ho tsara ho aratsiagna. [17]Fô ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy momba ny sakafo sy rano fisôtro, fô
momba ny fahamarinagna, fiadanagna, ndraiky fifaliagna aké amin'ny Fagnahy Masigna.[18]Fô izegny manômpo
an'i Kristy araka izegny de ankasitrahan'Andriamanitra sy eken'ny ôlogna.[19] Noho izegny, aoka antsika hanohy ire
rahan'ny fiadanagna sy ire raha zay manefy ny tsiraikiraiky avy.[20]Aza simbagna nohon'ny sakafo ny
asan'Andriamanitra. Madio tokoa ny raha jiaby, fô ratsy ho an'ny ologna zay mihinana ananjy ké mahatônga
ananjy ho tafintôhigna. [21]Tsara ny tsy mihinan-kena na misotro divay, na ny raha jiaby zaymety hanafintôhigna
ny rahalahinô.[22]Ny finoagna anagnanô, tehirizo aké aminô sy Andriamanitra. Sambatra zay tsy manameloka ny
tegnany amin'izegny ekeny. [23]Zay misalasala de meloka raha mihinana, satria tsy tamin'ny finoagna izengy. Ary
na ino na ino tsy amin'ny finoagna de fahotagna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 15

[1]Ary antsika izegny matanjaka dia tokony handefitra ny falimiagnan'ny malemy, ary tsy tôkony hagnano zay
mahafinaritra ny teganantsika. [2]Aôka ny tsiraikaraika avy maintsika hagnano izay mahafy ny mpiara-belogna
amin'ny izegny no tsara mbô hanandratagna azy.[3]Fô na Kristy aza nagnano izegny nahafinaritra ny tegnany. Fa
koza, izegny dia araka ny efa vôsôratra hoe:'' Ny faniratsiran'ire izegny maniratsira ano dia nilavo taminahy''. [4]Fô
na inio na ino vôsôratra teo aloha dia vôsôratra ho fampianaragna antsiaka, mbô amin'ny alalan'ny
fahaterahagna nadaiky amin'ny alalan'ny fahampaherezagnan'ny sôratra no hanagnantsika toky.[5]Ary ny
Andriamanitry ny faharetagna sy fahampaherezagna anie hagnome fisaigna mitovy ho an'ny tsiraikaraika avy
araka an'i Kristy Jesosy. [6]Izy anie agnao izegny mbô ho amin'ny fisaignana raika sy amin'ny vava raika ihany no
hideranan-dre an'Andriamanitra sy Rain'i Tompontsika Jesosy Kristy. [7]Noho izegny mifandraisa, kara ny
nandraisan'i Kristy anan-dreo ihany koa, ho fideragna an'Andriamanitra.[8]Fô volagniko fa Kristy dia efa tônga
mpanompon'ny vôfora ho an'ny fahamarinan'Andriamanitra, mbô hahafagna magnamarigna ire
fampagnantenagna izegny nagnoma ire ray, [9]ary ho an'ire Jentilisa mbô hagnomezam-boninahitra
an'Andriamanitra nohon'ny famindram-pony. Izegny dia araka ny efa vôsôratra hoe:''Noho izegny dia hagnome
fideragna Ano eo amin'ire Jentilisa Zaho ary hihira fideragna ny anaragn'ano[11]Mbôla voalaza migna hoe:
''Miravoravoa, miaraka amin'ny vahoakany, ry Jentilisa. [10]Ary koa hoe: ''Derao ny Tompo, ry Jentilisa jiaby ;
ambile ny ologna jiaby hidera Azy.''[12]Ahozy indraika, Isaia hoe: '' hisy fakan'ny Jese, ary lay raika izegny
hitsangana hanapaka eo amin'ny Jentilisa fahatokisagna amin'ire Jentilisa.''[13]Ary ny Andriamanitra ny
fahatokisagna agne hameno anare amin'ny fifaliagna sy fiadanagna jiaby amin'ny finoagna, mbô ho feno
fahatokisagna anare, avy amin'ny herin'ny Fagnahy Masigna.[14]Ny tègnako zô foagna koa dia resy lahatra ny
mômba anare, ry ralahy. Resy laha zaho fa anare foagna koa dia feno fahatsaragna, feno ny fahalalagna jiaby.
Resy lahatra zaho fô ananan-dre ihany koa afaka mifagnanatra.[15]Fô magnorata am-pahasahiagna aminare zaho
mômba ire raha sasany mbô hampatsiahivigny anare ndraiky, nohon'ny fagnomezam-pahasoavagna zègny
namian'Andriamanitra zaho. [16]Zègny fagnomiazam-pahasoavagna zègny dia ny tokony mbô hanompôako an'i
Kristy Jesosy nalèfa tagny Jentilisa, mbô hanolotra karaha ny sôrogno zègny mbô ho azo ekegna ny fagnatitr'ire
Jentilisa, voatôkan'ny Fagnahy Masigna.[17]Noho zègny ny hafaliako dia ako amin'i Kristy Jesosy sy ire
rahan'Andriamanitra. [18]Fô tsy ho sahy hikoragna na ino na ino afa-tsy ire rahan'i Kristy tamin'ny alalako ho an'ny
fankatoavan'ire Jentilisa zaho. Ire raha ire dia vita tamin'ny koragna sy asa, tamin'ny herin'ire famantaragna sy
fahagagagna, ary [19]tamin'ny herin'ny Fagnahy Masigna. Zègny dia mbô avy agny Jerosalema, sy lavidavitra
karaha an'ilyrikioma, no hahafahako magnatantèraka ny filazantsaran'i Kristy.[20]Amin'jègny, ny fagniriako dia ny
hitory ny filazantsara, fô tsy agny amin'jègny ahaizantsika an'i Kristy amin'ny agnaragna, mbô tsy hagnoregnako
ake amin'jègny èfa nagnorènan'ny hafa. [21]Zègny dia araka ny voasoratra hoe: "Tamin'ire zèy tsy nivolagna Ananjy
no hahita Ananjy, ary ire zèy tsy naregny no hahazo."[22]Noho zègny foagna koa dia voasakagna matetiky tsy ho
agny aminare zaho. [23]Fô avahizo, tsy managna toèragna amin'ire faritra ire intsony Zaho, ary togno maro no èfa
nagniriako mafy ho agny aminare[24]Noho zègny na oviagna na oviagna andihanako agny Espana, dia magnatègna
zaho ny hahita anare jiaby mandalo, ary haterinare agny amin'ny andihanako, jiaby avy magnkafy
fiarahagnanare malakilaky Zaho. [25]Fô avahizo ho agny Jerosalema Zaho hanompo ire mpino.[26]Fô fifalian'i
Makedonia sy Akaia ny hagnano fandraisagn'anjara ho an'ire mahantra isan'ire mpino zèy agny Jerosalema. [27]Ia,
fifaliagna ho ananjy ire zègny, ary, mpitrôsa aminy raha masin'jare, dia tôkony hanompo ananjy foagna koa zare
amin'ire raha ara-materialo.[28]Noho zègny, jiaby nitantirahiko zô asa zô ary nagnamafy fô azon'jare ny vôkatra zèy
nangônigny, dia ho agny Espaina zaho ary hitsidiky anare amin'ny lalagnako. [29]Haiko fô jiaby madaihagny
aminare zaho dia hiditra amin'ny fahafinoagnan'ny fitahian'i Kristy.[30]Avahizo mampirisika anare zaho, ry ralahy,
amin'ny Jesosy Kristy Tompontsika, sy amin'ny fiatiavan'ny Fagnahy, mbô hiaraka hiady aminahy anare amin'ny
vavaka atônare amin'Andriamanitra ahoziko. [31]Mivavaha mbô ho avotro amin'ire zèy tsy mankato any Jodia
zaho, ary mbô ho iken'ire mpino ny fanompoako ho an'i Jerosalema. [32]Mivavaha mbô hatongavako aminare amin-
kafaliagna amin'ny sitrapôn'Andriamanitra, ary mbô hahafahako, mahita fijanonagna, miaraka aminare.
[33]Andriamanitry ny fiadanagna agne hômba anare jiaby. Amen.

Chapter 16

1Tavandraiko anadre i Foiby anabavintsika, zègny mpanompon' ny fiangonagna agny Kenkrea,2 mbô
hazahoanare ananjy akô amin'ny Tompo. Atôvy zègny amin ny fômba mendrika ire mpino, kè magnatrèha
ananjy amin-jègny olagna mety hilainy ny fagnampianare. Fô izy tegnany fôgna koha de lasa mpanampy ny
maro, ary ny tegnako fôgna koha.3Magnanöva veloma an' i Prisila ndraiky Akoila mpira miasa aminá akô amin' i
Kristy Jesosy,4 Zègny nahafohy ny aignan-jare ho any tègnako. Misaotra anjare zaho, kè tsy zaho fôgna fô:" ire
fiangonagna jiaby magneragna ny Jentilisa koha.5 Magnanöva veloma ny fiangonagna zègny akô antragnon-jare.
Magnanöva veloma akagny amin' ny Epainto malalako, zègny voalôham-bokatr'i Azia ho an'i Kristy.6Magnanöva
veloma an' i Maria, zègny miasa mare ho anare
7Magnanöva veloma an'i Androniko ndraiky Jonia, havako marivo. kè niraidia nigadra taminá malaza akè
agnivon'ny Apostoly zègny takô amin 'i Kristy mbôla talôhako fogna koha.8 Magnanöva veloloma an i Ampliato,
malalako akô amin'ny Tompo.9Magnanôva veloma an'i Orbano, mpiara-miasa amintsika ao amin' i Kristy, ndraiky
Staky, malalako.10 Arahabeo ire zègny akoô amin'ny tôkantragnon' i Aristobolo.11 Magnanôva veloma an'ire akô
amin'ny tokantragnon' i Narkisa, zègny akô amin'ny Tompo.12Magnanôva veloma an'i Tryfena ndraiky Tryfosa,
izay miasa mare takô amin'ny Tompo. Arahabeo Perysa malala, izay niasa mare takô amin'ny Tompo.13
Magnanôva veloma an'i Rofosy, izay voafidy takô amin'ny Tompo, kè ny mamany ndraiky ny mamako.
14Magnanova veloma an'i Asynkrito,Flegona,Hermesy,,Patroba,Herma,kè ire rahalahy izay miraidia amin-jare.
15Manaova veloma an'i Filologia ndraiky Jolia, Nerea,ndraiky anabaviny, ndraiky Olimpa, kè ireo mpino jiaby
miraidia amin-jare.16 Magnanova veloma amin'ny fifagnorôhagna masina. zare fiangonan 'i Kristy jiaby de
magnano veloma anandre.17Niany mandrisika anare zah ry rahalahy mbò handinika momban' zègny mahatônga
fizarazaragna ndraiky fanafitohinagna. Izy ire de niala lavitra ny fampianaragna zègny azonare, ialao lavitra ôlo
karahan-jègny. 18Fô tsy mpanompon' i Kristy Tompontsika zare, fô Kibony manôkagna fôgna iasany lôha, Amin'ny
teny malefaka ndraiky doka amitahan-zare ny fon'ny tsy tonga saigna.19Fô ny ôhatranare amin'ny fankatoavagna
de tafita agny amin' ny tsirekareka. Avy amin-jègny, mifaly zaho, ny aminare, kè tsy hanan-tsigny amin'zègny tsy
tsara. 20Andriamanitry ny fiadanagna hanôrotôro an ' ny fahavalo eo ambanin'ny tôngotrare afaka fotoagna fôhy.
ho aminare nē ny fahasoavan' i Tompontsika Jesosy Kristy.21Timoty, mpira-miasa aminá, de magnano veloma
anare, ndraiky Losio, Jasona ndraiky Sosipatro, havako.22 Izaho, Tertio, zègny nanôratra ity taratasy ity, de
magnano veloma anare akô amin'ny Tompo.23Gaio, ilay mpampiantragno aná ndraiky ny fiangonagna jiaby, de
magnano veloma anare. Erasto, mpitam-bôla ao amin'ny tanàgna, de magnano veloma anare, miraidia amin' i
Koarto ilay rahalahy.24 [ Fagnamarihagna: Ny fandikagna talôha tsara indrindra de mangala ity. ( zahavo ny
Romana 16: 20). and 24:" Ho aminare jiaby nē ny fahasoavan' ny Tompontsika Jesosy Kristy. Amena."]25Kè ny
voninahitra de ho ananjy zègny mahavita mampitsangana anare araka ny filanzantsarako ndraiky fitoriagna an'
i Jesosy Kristy, araky ny fagnambaragna ny ministera zègny notazomigna ho tsy ambara telo èla be fahagola
tagny.26 kanèfa nambara niany, kè tamin'ny alalan'ny bokin'ny faminaniagna no nampahafantaragna tamin'ny
firenena jiaby araka ny didin'Andriamanitra mandrakizay, ho fankatoavagna ny finoagna27Ho an' Ilay
Andriamanitra tôkan'ny fahendrena, nē ny voninahitra mandrakizay.

# 1 Corinthians

Chapter 1

1Paoly, nantsovin'i Kristy Jesosy mbô ho Apostoly noho ny sitrapon'Andriamanitra, sy Sostena rahalahintsika, 2ho
an'ny fiangonan'Andriamanitra akô Korinto, ho an'iré izay voahasigny takô amin'i Kristy Jesosy, de voahantso ho
ôlo-masigny. Manoratra ho an'iré jiaby izay magnantso ny agnaran'i Jesosy Kristy Tompontsika amin'ny toeragna
jiaby iregny koa izahay, ny tompon-jaré ré sy ny anintsika. 3Ho aminaré ane ny fahasoavagna sy ny fiadanana avy
amin'Andriamanitra Baban-tsika sy Jesosy Kristy Tompo.4Izaho de magnome fisaoragna ho an'Andriamanitra
nahy ho anaré noho ny fahasoavan'Andriamanitra izay namian'i Jesosy Kristy anaré. 5Nataony nanan-kariagna
tamin'ny fomba jiaby anaré, tamin'ny fivolagnana jiaby sy fahafantaragna jiaby, 6kôfa vô voaporofo takéo
aminaré fô marigna ny fagnambaragna mômban'i Kristy.7Noho izegny anaré de tsy mijaly fagnomezam-
pahasoavagna akéo am-padignesanaré mafy ny fagnambaragna an'i Jesosy Kristy Tompontsika. 8Izy foagna koa
de hampahery anaré hatramin'ny farany, mbô tsy hana-tsigny anaré amin'ny andron'i Jesosy Kristy Tompontsika.
9Matoky Andriamanitra, izay nagnantso anaré ho amin'ny firaisagna amin'ny zanany lahy, Jesosy Kristy

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Tompontsika.[10]Avaizo de mampirika anaré zaho, ry rahalahy, amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mbô
hifagnaraka anaré jiaby, ary tsy hisy fisarahagna aké aminaré. Mampirisika zaho mbô hitambatra amin'ny saigny
mitovy sy tanjogna mitovy anaré. [11]Fô efa natao mazava taminahy, ry rahalahy tamin'ny alalan'ny fokon'ôlon'i
Kloe fô misy fifampiandaniagna aké aminaré.[12]Ny tiako volagnina de izao: Ny tsiraikiraiky aminaré samby
magnano hoe: ''Izaho miaraka amin'i Paoly,'' na ''Zaho miaraka amin'i Apolosy,'' na ''Izaho miaraka amin'i Kefasy,''
na ''Izaho miaraka amin'i Kristy.'' [13]Vôarasarasa mô Kristy? Paoly mô nifantsihagna ho anaré? Tamin'ny agnaran'i
Paoly mô no nagnaovana batisa anaré?[14]Misaotra an'Andriamanitra zaho fô tsy nisy nataoko batisa anaré, koa tsy
Krispo sy Gaio. [15]Izaigny de mbô tsy hahafahan-jovy na izôvy mivolagna hoe tamin'ny agnarako no
nagnamboaragna batisa anaré. [16](Izaho fôagna koa de nagnano batisa ny fianakaviagnan'i Stefanasy. Ny
ankoatran'izay, tsy fantako na nagnano batisa ôlon-kafa zaho.)[17]Fô Kristy de tsy nagnasa anahy mbô hampagnano
batisa fô hitory ny filazantsara. Izy tsy nagnandefa anahy hitory amin'ny tenim-pahedregnan'ôlombelogno, mbô
tsy ho foagna ny hery ny kakazofijaliagnan'i Kristy.[18]Fô ny hafatra mômba ny kakazofijaliagna de fahadalagna
amin'iré zay ho foaty. Fô aké amin'iré zay ho vonjen'Andriamanitra ndraiky, de herin'Andriamanitra izegny. [19]Fô
voasôratra hoe: ''Ho potehiky ny fahendregnany ny hendry. Ho foagnako ny fahalalagnan'ny mahay.''[20]Akaiza ny
ôlon-kendry? Akaiza ny manam-pahaizagna? Akaiza ny mpiady hevitra an'izao tontolo izao? Mô tsy
navadik'Andriamanitra ho fahadalagna vô ny fahendregnan'izao tontolo izao? [21]Satria tsy nahafantatra
an'Andriamanitra izao tontolo izao takô amin'ny fahendregnany, de sitrak'Andriamanitra ny hagnavotra iré izay
mino amin'ny alalan'ny fahadalagnan'ny fitoriagna.[22]Fô iré Jiosy de mangataka famantaragna mahagaga ary iré
Grika mitady fahedregna. [23]Fô zahay mitory an'i Kristy voafantsika, izay vato fanafitohinagna ho an'iré Jiosy ary
fahadalagna ho an'iré Grika.[24]Fô ho an'iré izay nantsôvin'Andriamanitra, iré Jiosy sy iré Grika, de mitory an'i
Kristy karaha ny hery sy fahendregnan'Andriamanitra izahay.[25] Fô ny fahadalagnan'Andriamanitra de hendry
noho ny ôlogno, ary ny fahalimiagnan'Andriamanitra de matanjaka noho ny ôlogno.[26]Diniho ny fagnantsovagna
anaré, ry rahalahy. Tsy maro taminaré ny hendry koa ny amin'ny maha ôlombelogna. Tsy maro taminaré no
nahery. Tsy maro taminaré no ambôny firazagnana.[27] Fô Andriamanitra de nisafidy iré raha mahôlan'izao tontolo
izao mbô hampahamegnatra ny hendry. Andriamanitra de nisafidy izay malemy akeo amin'izao tontolo izao mbô
hampahamegnatra izay matanjaka.[28]Andriamanitra de nisafidy izay ambany sy hamavoigny aketo amin'izao
tontolo izao. Na izy aza de nifidy iré raha izay niheveragna ho tsinontsino, mbô hahatonga tsinontsino iré raha
izay hatao ho manan-danja. [29]Nataony izegny mbô tsy hisy hanagna antony hireharehagna aké agnatrehany.
[30]Nohon'ny nataon'Andriamanitra, avaizo anaré de akô amin'i Kristy Jesosy, izay lasa fahindreagna ho antsika avy
amin'Andriamanitra. Izy de nanjary fahamarignantsika, fahamasignantsika ary fahafahantsika. [31]Vokatr'izegny,
arak'izay volagnin'ny sôratra Masigna hoe: ''Aoka izay mirehareha, hirehareha akô amin'ny Tompo.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1]Izy kôfa nandeha taminaré zah, ry rahalahy, de tsy tonga niaraka tamin'ny koragna tsara lamigna na
fahindriagna zah izikô nagnambara mômban'ny raha ambadiky mômban'Anandriamanitra. [Fagnamarihagna:
Ny dika-teny maro hafa de mivaky karan'izao hoe: ''Kô magnambara ny fijorogna vavôlombelogno
mômban'Andriamanitra zah.''] [2]Fô kinia tsy nahé na ino na ino zah kô také taminaré, izy koa tsy Jesosy Kristy,
ndraiky Izy voahômbo.[3]Ké niaraka taminaré zah také tamin'ny falimiagna, ndraiky také tamin'ny tahotro,
ndraiky tamin'ny fangovitagna be. [4]Ary ny hafatranay ndraiky fagnambarako de tsy tamin'ny teny fandrisian-
dahatra ny fahindriagna fô kôza, tamin'ny fanehoan'ny fagnahy ndraiky hery, [5]mbô tsy ho akô amin'ny
fahindrian'ôlombelogno ny finoagnanaré, fô akô amin'ny herin'Andriamanitra.[6]Avaizo de mikoragna
fahindriagna aké aminaré matotro antsika, fô tsy ny fahindrian'izao tontolo izao, na ny anjaré mpanapaka izao
vaninandro izao, izay mandalo foagna. [7]Fô kôza, mikoragna ny fahindrian'Andriamanitra amin'ny
fahamarinagna mivony antsika, le fahindriagna mivony izay notendren'Andriamanitra mialôha talôhan'iré
fotoagn'andro jiaby ho voninahitran-tsika.[8]Tsisy tamin-jaré mpanapak'izao andro izao no nahé io fahindriagna io,
fô kô nahatakatra izegny zaré ré tamin'izegny fotoagna izegny, de tsy nivonin-jaré lay Tômpo-mboninahitra. [9]Fô
araka izegny voasôratra hoe: ''Iré raha izegny tsisy maso nahita, tsisy tadigny mitandregny, tsisy eritreritra
nahazo an-tsaigny, iré raha iré nomagnin'Andriamanitra ho an'iré zegny mankatia Ananjy.''[10]Iré no raha
natôron'Andriamanitra taminay tamin'ny alalan'ny fagnahy. Fô ny fagnahy de mikaroko ny raha jiaby, na de iré
raha lalin'Andriamanitra aza. [11]Fô izovy no mahafantatra ny fisaignan'ny ôlogno araiky izy koa tsy ny
fagnahin'ôlogno akô aminanjy? Ka rahan-jegny koa, tsisy mahafantata iré raha lalin'Andriamanitra izy koa tsy ny
fagnahin'Andriamanitra.[12]Fô tsy nandramby ny fagnahin'izao tontolo izao antsika, Fô ny Fagnahy zay avy
amin'Andriamanitra, mbô hahafahantsika mahafantatra iré raha amiagna antsika maimaimpoagna avy
amin'Andriamanitra.[13] Mivolagna mômba iré raha iré amin'ny teny zay tsy hain'ny fahindriagnan'ôlombelogno
ampianarigny zahay, fô zay ampianarin'ny Fagnahy anay. Ny Fagnahy no mandika ny volagna ara-pagnahy
miaraka amin'ny fahindriagna ara-pagnahy.[14]Ny ôlogno zay tsy ara-pagnahy de tsy mandramby iré raha zay an'ny
Fagnahin'Andriamanitra, satria fahadalagna aminanjy iregny. Tsy afaka mahay an'iregny izy satria famantaragna
ara-pagnahy iregny. [15]Zegny ara-pagnahy de mitsara ny raha jiaby, fô tsy hiamparan'ny fitsaran'ny sasany izy. [16]''Fô
izôvy no afaka mahay ny fisaignan'ny Tompo, no ho afaka hampianatra ananjy?'' Fô zahay de managna ny
fisaignan'i Kristy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 3

[1]Ary izaho, ry rahalahy de tsy afaka mivolagna taminaré karaha ny ôlogno izay ara-pagnahy, fô ndraiky karaha
ny ôlogno ara-nofo, karaha ny zazahely akô amin'i Kristy. [2]Nifahanako ronono anaré, fô tsy ventin-kanigna, satria
tsy vognona tamin'izegny anaré; ary na avaizo aza de mbôla tsy vognogno amin'izegny anaré.[3]Satria anaré mbôla
araka ny nôfo. Fô na akeza misy fahasarotam-piaro sy fifandiragna aké aminaré, de tsy miaigna araka ny nofo vô
anaré, ary tsy mandeha amin'ny fenitra ny ôlombelogno? [4]Fô kôfa misy araiky mivolagna hoe: ''Izaho magnaraka
an'i Paoly,'' ary ny araiky mivolagna hoe: ''Izaho magnaraka an'i Apolosy,'' de tsy miagny karaha ny ôlombelogno
foagna vô anaré?[5] Izovy ariky Apolosy? Izôvy Paoly? Mpanompo izay tamin'ny alalany no ninoanaré, izay
namian'ny Tompo asa aby.[6]Izaho ny namboly, Apolosy no nanondraka, fô Andriamanitra no nampitombo. [7]Ke
noho izegny, na izy izay mamboly na izy izay manondraka de tsy misy dikany. Fô Andriamanitra no
mampitombo.[8]Ary izy izay mamboly sy izy izay manondraka de araiky, ary ny tsiraikiraiky de samby hahazo ny
karamany aby araka ny asany.[9] Fô izahay de mpiara-miasa amin'Andriamanitra. Anaré de sahan'Andriamanitra,
sy tragnon'Andriamanitra.[10]Araka ny fahasoavan'Andriamanitra izay namiagna anahy karaha ny mpagnano
tragno mahay, de mametaka ny fôtotra zaho ary hafa no magnorigna aké ambôniny. Fô aoka ny lalahy tsy
raikiraiky hitandrigna ny amin'ny fomba hagnoregnany aké amin'izegny. [11]Fô tsy misy ôlogna mametaka fôtotro
koa tsy ilay araiky izay napetraka, izegny hoe, Jesosy Kristy.[12]Avaizo koa misy ôlogno magnorigna aké ambônin'ny
fitotra amin'ny volamena, vôlafotsy, vato sarobidy, kakazo, ahitra, milolo,[13] de haseho ny asany, fô ny andro
mazava no haneho izegny. Satria haseho amin'ny afo izegny. Ny afo no hitsapagna ny hatsaragnan'ny nataon'ny
tsiraikiraiky.[14]Koa mitraka ny asan'ilay ôlogno, de hahazo valisoa izy;[15] fô koa may ny asan'ilay ôlogno, de ho
fatiantoka izy, fô izy tegnany de ho vonjegna, karaha ny nilefa tamin'ny afo foagna.[16]Tsy fantanaré vô fô anaré de
tempolin'Andriamanitra ary ny fagnahin'Andriamanitra no mipetraka akô aminaré? [17]Koa misy ôlogno mandratra
ny tempolin'Andriamanitra, de handratra izegny ôlogno izegny Andriamanitra. Fô masigna ny
tempolin'Andriamanita, ary karaha izegny koa anaré.[18]Aza avela hisy ôlogno hamita-tegna. Koa misy ôlogno aké
aminaré mihevitra fô hendry izy amin'izao vanimpotoagna izao, ambilay izy ho lasa ''mahola'' aminjay mbô mety
ho lasa hendry izy. [19]Fô ny fahendregnan'izao tontolo izao de fahadalagna aké amin'Andriamanitra. Satria
voasôratra hoe: ''Nahatakatra ny hendry takô amin'ny hafitsiagnan-jaré ré izy.'' [20]Ary koa hoe: ''Ny Tompo de
mahafantatra fô ny fihevitra ny hendry de zava-poagna.''[21]Noho izegny tsisy heky ny fireharehagna momba ny
ôlogno! Fô ny raha jiaby de anaré, [22]na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainagna, na
fahafatesagna, na raha avaizo, na raha ho avy. Ny raha jiaby de anaré, [23]ary anaré de an'i Kristy, ary Kristy de
an'Andriamanitra.

Chapter 4

[1]Karaha izao no tokony handraisan'ny ôlogno antsika, karaha ny mpanompon'i Kristy ary mpitandrigna iré
misterin'Andriamanitra.[2] Amin'izegny fifandraisagna izegny, de fepetra takigna amin'iré mpitandrigna ny maha-
medri-pitokiagna ananjy iré.[3]Fô aminàhy de raha hely de hely ny tokony hitsaranaré na hitsaran'ôlombelogna
jiaby anahy. Fô na izaho aza tsy mitsara ny tegnako. [4]Izaho de tsy mahafantatra izay fiampangagna natao
taminahy, fô izegny de tsy midika fô tsy manan-tsigny zaho. Ny Tompo no mitsara anahy.[5]Noho izegny, aza
manognona fitsaragna momban'ny raha jiaby mialohan'ny fotoagna, mialohan'ny hiavian'ny Tompo. Izy de
hitondra iré raha miafignin'ny haizigna ho amin'ny fahazavagna ary hampiseho ny fikasan'ny fô. Avy aké ny
tsiraikiraiky aby de handray ny fiderany avy amin'Andriamanitra.[6]Avaizo, ry rahalahy, nampihatra iré fitsipika
iré taminahy sy tamin'i Apolosy zaho nohon'ny aminaré, mbô hahafahanaré mianatra avy aminay ny dikan'ny
fivolagnana hoe: ''Aza mandeha mihoatra izay voasôratra.'' Izegny de mbô tsy hisy araiky aminaré hirehareha ny
amin'ny fankasitrahana ny araiky noho ny hafa. [7]Fô izôvy no mahita fahasamihafagna aké aminaré sy iré hafa?
Ino no anagnanaré ké tsy niraisinaré maimaimpoagna? Koa nadray izegny maimaimpoagna anaré, nagnino
anaré no mirehareha karaha ny tsy nagnano karaha izegny?[8]Efa anagnanaré dahôlo izay jiaby tadiavinaré! Efa
lasa mpanankariagna anaré! Ary efa nanomboka nanjaka anaré_ary izegny de tsy avy taminay! Izaho de
magniry marigny ny nanjakanaré, mbô hafahanay manjaka miaraka aminaré. [9]Fô izaho de mieritreritra fô
Andriamanitra de nametraka antsika ho apostoly miharihary kara ny farany amin'ny laharagna sy karaha ny
ôlogno voaheloko ho foaty. Izahay de lasa fampisehoagna ho an'izao tontolo izao_ho an'iré anjely, ary ny ho an'ny
ôlombelogno.[10]Izahay de mahôla nohon'ny amin'i Kristy, fô anaré de hendry akô amin'i Kristy. Malemy izahay, fô
anaré mahery. Anaré de namiam-boninahitra, fô zahay ndraiky tsy nalam-baraka. [11]Mandrak'avaizo zahay de
tihinagna sy mangetaheta, mahantra fitafigna, voavely mafy, ary tsy manan-kialofagna.[12]Miasa mafy izahay,
miasa amin'ny alalan'ny tagnanay foagna. Kôfa latsaigna zahay, de miaritra. [13]Kôfa henjehigna izahay, de mitso-
drano. Kôfa vohendrikedrika izahay, de mivolagna amin-katsaram-pagnahy. Zahay de niova, ary mbôla raisigna
ho, fokon'izao tontolo izao sy faikan'ny raha jiaby.[14]Izaho de tsy nanôratra iré raha iré mbô hahamegnatra anaré,
fô magnitsy anaré karahan'ny zanaka malalako. [15]Fô na de manana mpiambigna iray aligna akô amin'i Kristy aza
anaré, de tsy managna baba maro be. Fô izaho de lasa baba naré akô amin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny
filazantsara. [16]Noho izegny de mampirisika anaré izaho mbô ho hagalatahaka anahy.[17]Izegny no nandefasako
anaré an'i Timoty, zanaka malalako sady mahatoky akô amin'ny Tompo. Izy de hampahatsiaro anaré iré lalako
akô amin'i Kristy, karaha ny hampianarako ananjy iré na akeza na akeza sy akô amin'ny fiangonagna jiaby.
[18]Avaizo de lasa miavogna ny sanany aminaré, magnano, karaha ny hoe tsy ho avy agny aminaré zaho.[19]Fô ho avy
tsy ho ela agny aminaré zaho, kô sitraky ny Tompo. Ary tsy ahafantatra ny koragnan'iré izay tegna miavogna
foagna zaho, fô hahita ny herinjaré ré. [20]Satria ny fanjakan'Andriamanitra de tsy mifototra amin'ny koragna fô
amin'ny hery. [21]Ino no tadivinaré? Tokony ho avy agny aminaré miaraka amin'ny tsôraka kakazo vô zaho sa
miaraka amin'ny fitiavagna feno halemem-pagnahy?



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Izahay de naharegny tatitra fô misy fijangajangagna aké aminaré, karazagna fitondran-tegna tsy medrika izay
tsy azo atao aby aké amin'iré Jentilisa. Ny tatitra de hoe misy araiky aminaré miara-madry amin'ny vadiny
babany. [2]Anaré de tegna miavognavogna! Fô tsy tôkony alahelo vô anaré? Ny araiky izay nagnano izegny de tsy
maintsy alàgna aketo aminaré.[3]Fô na de tsy aké ara-batagna aza zaho fô mbôla aké ara-pagnahy, de efa nitsara
ilay araiky izay nagnano izegny sahady, karaha ny hoe také zaho.[4] Kôfa miaraka mivory amin'ny agnaran'i Jesosy
Tompontsika anaré, ary ny fagnahiko de aké koa amin'ny herin'i JesosyTompontsika, de efe nitsara io ôlogna io
sahady zaho. [5]Nataoko izegny mbô hanoloragna izegny lalahy izegny ho an'ny Satana ho famotehagna ny nôfo,
mbô ho vôvonjy ny fagnahiny amin'ny andron'ny Tompo.[6]Tsy tsara ny fireharehanaré! Tsy fantanaré vô fô ny
lalivay hely de magnôva ny môfo manontolo? [7]Diovo ny tegna naré amin'ny lalivay talôha mbô ho tonga môfo
vaovao anaré, ke mbô ho tonga môfo tsy misy lalivay. Fô Kristy, lay zanak'ondrintsika tamin'ny Paska, de natô
sorogno. [8]Noho izegny de aoka atsika hankalaza ny firavoravoagna, tsy amin'ny lalivay talôha, ilay lalivain'ny
fitondran-tegna ratsy sy faharatsiagna. Fô ndraiky, aoka atsika hankalaza amin'ny môfo tsy misy lalivain'ny
fahadiovam-pô sy fahamarinagna.[9]Izaho de nanôratra ho anaré takô amin'ny taratasiko mbô tsy hiarahanaré
miasa amin'iré ôlogna mpijangajanga. [10]Kanefa ny tiako volagnina de tsy ny ôlogno mpijangajanga jiaby aketo
amin'izao tontolo izao, na iré tsy mahonon-tegna, na iré mpikatramo, na iré mpanompo sampy, satria mbô
hialagna amin'jaré ré de mila miala amin'izao tontolo izao anaré.[11]Nefany avaizo zaho manôratra ho anaré mbô
tsy hiara-hiasa miaraka aminjovy na izôvy izay antsôvigny hoe rahalahy kanefa miaigna akô agnatin'ny
fijangajangagna, na izay tsy mahonon-tegna, na mpanompo sampy, na mpivôlan-dratsy, na mpimamo, na
mpikatramo. Aza hômagna hanigna miaraka amin'ny ôlogno karanin-jegny aby. [12]Fô akôry no idirako amin'ny
fitsaragna iré izay agny ivelan'ny fiangonagna? Mifanohitra amin'izegny, anaré vô tsy tokony hitsara iré izay akô
agnatin'ny fiangonagna? [13]Fô Andriamanitra de mitsara iré izay agny ivelany. ''Alà aké aminaré ny ôlon-dratsy.''

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

1Kôra misy araiky aminaré managna ady amin'iraika hafa, saky ménga akgny amin'ny fitsaragna aké
agnatrehan'ny mpitsara tsy mpino mô izy, fô tsy aké agnatrehan'ny mpino? 2Tsy fantanaré mô fô iré mpino no
hitsara izao tontolo izao? Kô izegny, anaré no hitsara an'izao tontolo izao, tsy mahefa mandamigna raharaha
madiniky mô anaré? 3Tsy fantatraré mô fô hitsara iré anjely antsika? Magnano akôry arika noho izegny ny
fihoafan'ny fahafahantsika mitsara iré rahalahy amin'itô fiainagna itô?4Izy koa ké afaka mitsara zegny raha misy
amin'ny andavanandrom-piainagna anaré, magnino anà no mametraka karazan-draha karaha izegny aké
agnatrehan'iré izegny tsisy dikany akô amin'ny fiangonagna? 5Hampamègnatra anaré no hivolagnako izegny. Tsy
mbô misy ampy fahindriagna mé na de araiky aby mô aminaré mbô handamigna ny disadisa aké amin'ny
mpirahalahy? 6Fa kôza, misy mpino araiky ménga mifanatrika amin'ny mpino hafa aké amin'ny fitsaragna, ké
izegny rahalahy izegny de hapètraka aké anatréhan'ny mpitsara izegny tsy mpino!7Ny fisian'ny ady aké aminaré
Kristiana jiaby de efa faharesegna ho anaré sahady. Fô tsy aleo vô mijaly amin'ny fahadisoagna? Fô tsy aleo vô
avela ho voafitaka ny tegnanaré?8 Fô anaré de nandiso sy namitaka iré hafa, ary de rahalahinaré foagna izy iré!
9Mô tsy fantanaré vô fô ny tsy marigny de tsy handôva ny fanjakan'Andriamanitra? Aza mino lainga. Iré vetaveta,
iré mpanompo sampy, irè mpijangajanga, iré lalahy mpivaro-tegna, iré izay miara-mandry amin'ny samby lalahy,
10iré mpangalatra, iré tsy mahazo onogna, iré mpimamo, iré mpagnaratsy, iré mpagnano an-keriny_tsy misy
araiky amin-jaré ré handôva ny fanjakan'Andriamanitra. 11Karaha izegny ny sanany aminaré. Fô efa voadio
anaré, nohamasinigna anaré, ary voamarigna také amin'Andriamanitra anaré tamin'ny agnaran'ny Tompo Jesosy
Kristy sy tamin'ny fagnahin'Andriamanitsika.12Ny raha jiaby de ara-dalagna aminahy,'' fô tsy ny raha jiaby no
mahasoa. ''Ny raha jiaby de ara-dalagna aminahy,'' fô tsy ho andevozin'ny araiky amin'iré zaho. 13''Ny hanigna de
ho an'ny kibo, ary ny kibo natao ho an'ny hanigna,'' fô Andriamanitra de hagnafoagna zaré roa iré. Ny vatagna de
tsy natao ho an'ny fijangajangagna. Fô ndraiky, ny vatagna de natao ho an'ny Tompo, ary ny Tompo de hagnamia
ho an'ny vatagna.14Andriamanitra de efa nanangagna ny Tompo sady hanangagna antsika amin'ny heriny koa.
15Mô tsy fantanaré vô fô ny tegnanaré de rantsam-batan'i Kristy? Ké hindôsiko vô izegny iré rantsam-batan'i
Kristy ké hanambatra ananjy iré amin'ny mpivavaro-tegna? Tsy hisy ané izegny!16Mô tsy fantanaré vô fô izay
mitambatra amin'ny mpivaro-tegna de lasa nôfo araiky aminanjy? Karaha ny volagnin'ny sôratra masigna hoe:
''Ho nôfo araiky foagna zaré roa.'' 17Fô izy izay mitambatra amin'ny Tompo de lasa fagnahy araiky aminanjy.
18Hialà ny finjangajangagna! Ny fahotagna jiaby hafa izay ataon'ny ôlogno de ivelan'ny tegna, fô ny ôlogno
mpijangajanga de manota ho amin'ny tegnany foagna.19Mô tsy fantanaré vô fô ny vatagnanaré de tempolin'ny
Fagnahy Masigna, izay mipetraka akô agnatinaré, izay azonaré avy amin'Andriamanitra? Mô tsy fantanaré vô fô
tsy aninaré ny tagnanaré? 20Fô ôlom-boafidy anaré. Noho izegny de mankalazà an'Andriamanitra amin'ny
tegnanaré. [Fagnamarihagna: Iré dikan-teny taloha sanany de mivaky karaha izao hoe: ''Noho izegny mankalazà
an'Andriamanitra amin'ny tegnanaré sy amin'ny fagnahinaré, izay an'Andriamanitra. ''Fô ny dikan-teny tegna
tsara de tsy mivaky karaha an'io.]


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 7

[1]Ary mahakasika iré ôlogno izay nisoratanaré momban'ny hoe: "Tsara ho an'ny lalahy ny tsy mikasika viavy."
[2]Nefany noho iré fakam-pagnahy amin'ny vahavetavetagna maro isan-karazany, de tokony hanagna ny vadiny
manôkagna aby ny lalahy tsiraikiraiky, ary ny viavy tsiraikiraiky de tôkony hanagna ny vadiny manokagna aby.
[3]Ny lalahy de tôkony hagnomia iré zo ara-panambadiagna ho an'ny vadiny, ary kaha izegny koa ny viavy ho an'ny
vadiny. [4]Tsy ny viavy no managna fahefagna amin'ny vatany manôkagna, fô ny vadiny. Karaha izegny koa, tsy ny
lalahy no managna fahefagna amin'ny vatany manôkagna, fô ny vadiny no managna.[5]Aza mifanakantsakagna
anaré tsiraikiraiky, koa tsy amin'ny fifagnarahagna nifagnanôvagna ary amin'ny fotoagna voatôkagna. Ataovo
izaigny mbô hafahanaré manôkan-tegna amin'ny vavaka. Avaké de tôkony hiara-mandry koa anaré, mbô tsy
hafahan'ny Satana malaka fagnahy anaré nohon'ny tsy fanagnanaré fifehezan-tegna.[6] Kanefa izaho de mivôlagna
iré raha iré amin'aré am-pahalalahagna fô tsy didy aby.[7] Iriko ny ôlogno jiaby ho karaha anahy. Fô ny tsiraikiraiky
de samby managna ny fagnomezam-pahasoavagnany manôkagna avy amin'Andriamanitra. Ny araiky managna
itô karazam-pagnomezam-pahasoavagna itô, ary ny araiky hafa managna karazany hafa koa.[8]Ho an'iré izay tsy
manambady sy iré mpitondrategna de mivôlagna zaho fô tsara ho ananjy iré koa mijanogno tsy manambady zaré
ré, karaha anahy. [9]Kanefa zarè ré koa tsy afaka mamehy tegna, de tôkony hanambady. Satria tsara kokoa ho
ananjy iré ny mambady toy izay ampirehetin'ny filàgna ara-nôfo.[10]Ary ho an'iré izay manambady de magnamia
izao didy izao zaho_tsy izaho, fô ny Tompo_ny viavy de tsy tôkony hisaraka amin'ny vadiny,[11] (fô raha ôhatra izy
ké misaraka amin'ny vadiny, de tôkony hijanogna tsy hanambady na koa miherigna mihavagna amin'ny vadiny)
_ary ny lalahy de tsy tôkony hisaraka amin'ny vadiny.[12]Fô ho an'ny tavela de mivôlagna zaho_izaho, fô tsy ny
Tompo_ hoe koa misy rahalahy araiky managna vady tsy mpino, ary koa mahafaly anjy ny miara-miaigna aminjy,
de tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny izy. [13]Fô koa misy viavy managna vady tsy mpino, ary koa mahafaly ananjy
ny miara-miaigny aminanjy, de tsy tôkony hisaraka amin'ny vadiny izy. [14]Satria ny lalahy tsy mpino de natôkagna
noho ny amin'ny vadiny, ary ny viavy tsy mpino de natôkagna nohon'ny amin'ny rahalahy. Fô koa tsy izegny de
ho maloto ny zanakaré, nefany raha ny marigny de efa voatôkagna zaré ré.[15]Fô koa ny vady tsy Kristianina no
mandao, avilay izy andeha. Amin'ny toe-draha kara izegny, ny rahalahy na ny rahavavy de tsy voafehin'iré
voadin-jaré zaré. Andriamanitra de nagnantso antsika mbô hiaigny am-piadanagna. [16]Fô amin'ny fômba akôry no
ahafantaranà, ry viavy, koa ho voavonjinà ny vadinà? Na amin'ny fômba akôry no ahafantaranà, ry lalahy, koa ho
voavonjinà ny vadinà?[17]Fô avelay foagna ny tsy raikiraiky aby hiaigna ny fiainagna izay efa nanendren'ny Tompo
ananjy, ary araka ny efa nagnatsovan'Andriamanitra ananjy. Io no fitsipiko akô amin'ny fiangonagna jiaby. [18] Efa
voafôra vô ny ôlogno araiky kôfa nantsovigna mbô hino? Izy de tsy tôkony hiezaka ny hisehoseho karaha ny tsy
voafôra. Tsy voafôra vô ny ôlogno araiky kôfa nantsôvigna amin'ny finoagna? Tsy tôkony hoforaigna izy. [19]Satria
tsy ny famoragna na ny tsy famoragna no tegna ilaigny. Ny tegna ilaigny de ny fankatovagna iré
didin'Andriamanitra.[20]Ny tsiraikaraika avy de tôkony hijanogno amin'ny fagnatsôvagna izay nisy ananjy kôfa
nantsôvin'Anandriamanitra mbô hino izy. [21]Andevo mô anà taminy Andriamanitra nagnantso anà? Aza miahiahy
ny amin'izegny. Fô kô mety ho afaka anà, de araraoty izegny. [22]Satria ny ôlogno araiky izay nantsoin'ny Tompo ho
andevo de ôlogno afaky ny Tompo. Karaha izegny koa ny ôlogno izay afaka kôfa izy nantsoigna mbô hino de
andevon'i Kristy. [23]Anaré de voavidy, noho izegny de aza tônga karà iré andevon'ny ôlogno. [24]Ry rahalahy, na ino
na ino fiainagna nisy antsika tsiraikaraika taminy antsika nantsôvigna mbô hino, de aoka antsika hijanona ho
karaha izegny.[25]Ké mahankasika iré izay tsy nanambady mihitsy, izaho de tsy nanagna didy avy agny amin'ny
Tompo. Kanefa izaho de magnamia ny hevitro karaha ny araiky zay, amin'ny alalan'ny famindram-pôn'ny Tompo,
de mendrim-pitokisagna. [26]Noho izegny, mieritreritra zaho fô nohon'ny loza zay ho tonga, de tsara ho an'ny lalahy
ny mijanogno amin'ny maha izy ananjy.[27]Voafatotra amin'ny viavy mô anaré? Aza miaragna ny ho afaka
aminanjy. Afaka amin'ny vadinà mô anà? Aza miaragna vady. Nefa kô manambady anaré, de tsy nanota. [28]Kô ny
viavy tsy manambady no manambady, de tsy nanota izy. Kanefa iré zay manambady de hanagna karazan'ôlogno
maro kô mbôla velogno, ké izaho de te hagnala anaré amin'izegny.[29]Fô izao no volagniko, ry rahalahy: Foika ny
fotoagna. Manomboko izao, ambilé iré izay efa manambady foagna ho karaha ny tsy managna. [30]Iré izay
mitomagny de tôkony hagnano ho karaha ny tsy mitomagny, iré izay mivanga ho karaha ny tsy managna na ino
na ino; [31]ary iré izay mampiasa izao tontolo izao de tsy tôkony hagnano karaha ny mpiasa izegny tanteraka. Satria
izao tontôlo izao amin'ny endriny avahizo de ho tônga amin'ny fiafaragna.[32]Tiako anaré ho afaka amin'iré
fanahignahiagna. Ny lalahy tsy magnambady de miahiahy ny amin'ny iré raha ny Tompo, ny amin'ny fômba
hampifaliagna Ananjy. [33]Fô ny lalahy magnambady de miahiahy ny amin'ny rahan'izao tontolo izao, ny amin'ny
fômba hampifaligna ny vadiny- [34]mirasarasa izy. Ny viavy tsy magnambady na mbôla tsy malala lalahy de
miahiahy ny raha ny Tompo, ny amin'ny fômba hanokanagna amin'ny tegna sy ny fagnahy. Fô ny viavy

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

magnambady de miahiahy ny amin'ny rahan'izao tontolo izao, ny amin'ny fômba hampifaliagna ny vadiny. [35]Volagniko izegny ho an'ny tombotsoanaré manokagna, fô tsy hamétraka izay jiaby sakatsakana aké aminaré. Mivôlagna izegny Zaho noho izay marigny, amin'izay anaré mbô hanolotegna ho an'ny Tompo tsisy fagnelingelenagna.[36]Kanéfa kô misy ôlogno araiky mihevitra fô tsy mitôndra ny fôfombadiny am-panajagna—kô mihoatra ny taonan'ny fahamariagna ilay viavy ké tsy maintsy kara izegny—de tôkony hagnano izay tiany izy. Tsy manoto izy. Tôkony hitambatra jaré ré. [37]kanéfa kô nikasa tsara takô am-pôny izy, izy koa ké tsy ambany faneritiriagna fô afaka mifehy ny sitrapôny manôkagna, izy koa nanapa-kevitra takô am-pôny izy hagnano izegny, mbô hitazomagna ny fôfombadiny ho tsimahalala lilahy, de tsara rà nanöny. [38]Ké izay manambady ny fôfombadiny de magnano ny tsara, ké izay misafidy ny tsy hanambady de hagnano ny tsaratsara kokoà aza.[39]Ny viavy de voafatotra ny vadiny kô mbôla velogna ralilahy. Fô kô maty ny vadiny, de malalaka tsara izy ny hanambady izay ho vadiagna, kanéfa akô amin'ny Tompo foagna. [40]Kanéfa amin'ny fitsarako de tôkony ho faly kokoà izy kô miaigna am'izao foagna. ké heveriko fô izaho foagna koa de managna ny Fanahin'Andriamanitra.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 8

[1]Ké mahakasiky ny hanina atô sôrogno ho an'ny sampy—haintsika fô: ''Antsika jiaby de manam-pahalalagna.'' Ny
fahalalagna mampireharehà, fô fitiavagna manangana. [2]Kô misy ôlogno araiky mihevitry ny tegnany fô mahé
rahà, de mbôla tsy mahé araka izay tôkony ahezany akory izegny ôlogno izegny. [3]Fô kô misy ôlogno araiky
mankatià an'Andriamanitra, de hainy izegny ôlogno izegny.[4]Kôfa ny mahakasiky ny fihinanagna hanina natô
sorogno ho an'ny sampy—de haintsika fô ''ny sampy aketo amin'izao tontolo izao de tsinotsinogna'' sady ''fa tsisy
Andriamanitra kô-tsy araiky foagna.'' [5]Fô mety hisy iré mody antsoigna hoe andriamanitra, na agny an-danitry na
akéto an-tany, karaha ny hamoronan'iré ''andriamanitra'' sy ny hamoron'iré ''tompo.'' [6]Fô ho antsika, ''Araiky
foagna no Andriamanitra de ilay Ray, izay avy amin'ny raha jiaby, ké Izy no hivilômantsika, ary araiky no Tompo
Jesosy Kristy, izay tamin'ny alalagny no nisian'ny raha jiaby, ké tamin'ny alalagny no nisiantsika.''[7]Na izegny aza,
izegny fahalalagna izegny de mbôla tsy akô amin'ny tsiraikaraiky. Fô kanefa, ny sanasanany také aloha de
nampihatra ny fanompoan-tsampy, de nihinagna izegny hanigny izegny toy ny raha natao sôrogno ho an'ny
sampy izegny. Noho izegny de simba ny fieretreretan'iré ré satria malemy izegny.[8]Fô tsy ny hanigna no hagnomé
antsika aké amin'Andriamanitra. Fô tsy ratsy indrindra isika raha tsy mihinagna, na koa hoe tsara kokoa raha
mihinagna izegny. [9]Tandremo mbô tsy ny fahalalanarè no antony hahatônga iré ôlogno osa ara-pinoagna ho
tafintohigna. [10]Fô ataova karaha ny hoe misy mahita anà, izay manam-pahalalagna, mihinagna ny hanigna akô
amin'ny tempolin'ny sampy. Tsy ny halemen'ny fieretreretany vô no nahasahiagna hihinagna izay nomegna ho
an'ny sampy?[11]Koa nohon'ny fahalalanà ny toetra marigna mômba ny sampy, de very ilay rahalahy malemy
finoagna araiky, izay nahafatesan'i Kristy. [12]Noho izegny, kôfa manota amin'ny rahalahinaré ianaré kô mandratra
ny saigna malemin'izy iré, de manota manohitra an'i Kristy ianaré. [13]Noho izegny, raha ny hanigna no mahatônga
ny rahalahiko ho tafintohigna, de tsy hihinan-kena intsony zaho, mbô tsy avy aminaha no hahalavo ny
rahalahiko.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 9

1Tsy ôlogno vô zaho? Tsy apostoly vô zaho? Tsy nahita an'i Jesosy Tompontsika vô zaho? Tsy asako akô amin'ny
Tompo vô anaré? 2Raha tsy apostoly ho an'ny hafa zaho, de farafaharatsiny Apostoly ho anaré. Fô anaré no porofo
amin'ny maha-apostoly zaho akô amin'ny Tompo.3Izao no fiarovako amin'iré izay manadihady ahy: 4Moa vô
zahay tsy mahazo alalagna ny hihinagna sy hisotro? 5Moa vô zahay tsy mahazo mitondra vady izay mpino,
tahaka ny ataon'iré apostoly sanasanany, sy iré rahalahin'ny Tompo, ary Kefasy? 6Sa Barnabasy sy zaho irery no
tsy maintsy miasa?7Iza no magnano fagnompoagna miaramila amin'ny fandaniany manôkagna? Iza no mambôly
voaloboka ary tsy mihinagna ny voany? Na iza no miandry ondry ké tsy misotro ny ronono avy amin'izegny?
8Moa vô zaho mikoragna iré raha iré mifototra amin'ny fahefan'ny olombelogno? Tsy milaza izegny koa vô ny
lalàgna?9Fô izegny de efa voasôratra akô amin'ny lalàn'i Mosesy hoe: ''Aza asiagna fato-bava ny ômby kôfa miely
voa izy.'' Tegna ilay ômby tokoa vô no hiahian'Andriamanitra? 10Tsy mikoragna mômba anay vô izy? Efa
nosoratagna ho antsika, fô izay miasa tany de tôkony hiasa amin'ny fanantenagna, ké izay mively de tôkony
hively amin'ny fanantenagna ny hahazo anjara amin'ny vokatra. 11Raha namafy raha ara-pagnahy také aminaré
zahay, moa be loatra aminay vô ny mijinja raha ara-materialy avy aminaré?12Raha mampihatra izegny zo izegny
avy aminaré iré hafa, moa vô zahay tsy managna mihoatra? Na de izegny aza, tsy nitaky izegny zo izegny zahay.
Kôfa, naleonay niaritra ny raha rehetra toy izay ho sakagna ho an'ny filazantsaran'i Kristy. 13Moa vô tsy fantatraré
fô irè izay manompo akô amin'ny tempoly de mahazo ny sakafon'izy iré avy akô amin'ny tempoly? Ké moa vô tsy
fantatraré fô iré izay manompo eny amin'ny alitara de mahazo anjara amin'izay natao fanatitra také amin'ny
Alitara? 14Toy izay koa, ny Tompo de nandidy fô iré izay mitory ny filazantsara de tôkony hahazo ny fiveloman'izy
iré avy amin'ny filazantsara.15Kanefa tsy nitaky ny araiky tamin'iré zo iré zaho. Ké tsy manôratra an'izao zaho
mbô mety hisy raha hatao ho anahy. Aleoko maty toy izay hisy ôlagna hagnala amiko izegny rehareha izegny. 16Fô
raha mitory ny filazantsara zaho, de tsisy antony tôkony ireharehako zaho, satria tsy maintsy magnano izegny
zaho. Ké loza ho anahy rahy tsy mitory ny filazantsara zaho!17Fô raha magnano izegny an-tsitrapo zaho, de
managna valisoa. Fô raha tsy an-tsitrapo kosa, de mbôla managna ny andraikitra izay nankinigna taminahy zaho.
18Inona ary izegny no valisoako? Izay de kôfa mitory zaho, de afaka magnomé ny filazantsara tsisy fandoavam-
bôla ké mbô tsy hampiasa tanteraka ny zoko amin'ny filazantsara.19Fô na de afaka amin'ny rehetra aza zaho, de
tônga ho mpanompo ho an'ny rehetra, mbô hahazoako bebe kokoa. 20Také amin'ny Jiosy de lasa toy ny Jiosy zaho,
mbô hahazoako ny Jiosy. Také amin'iré izay ambanin'ny lalàgna, de lasa toy ny ôlogno izay ambanin'ny lalàgna
zaho mbô hahazo iré izay ambanin'ny lalàgna. Nagnano izegny zaho na de tsy také ambanin'ny lalàgna aza ny
tegnako. [Fagnamarihagna: Ny baiboly ULB sy ny UDB de mivaky hoe: ''Nagnano izegny zaho na de také
ambanin'ny lalàgna aza ny koragnako.'' Ny dika-vôlagna taloha sanasanany de tsy magnisy izegny.]21Tamin'iré
izay ivelan'ny lalàgna, de lasa toy ny olagna ivelan'ny lalàgna zaho, na de tsy ivelan'ny lalàn'Andriamanitra aza
ny vôlagnako, fô ambanin'ny lalàn'i Kristy. Nagnano izegny zaho mbô hahazoako iré izay ambanin'ny lalàgna.
22Také amin'iré malemy de lasa malemy zaho, mbô hahazoako iré malemy. Tônga raha jiaby ho an'ny ôlogno jiaby
zaho, mbô hamonjeko ny sanasanany amin'ny fômba rehetra. 23Magnano ny raha jiaby zaho ho an'ny
filazantsara, mbô hafahako mandray anjara amin'iré fitahian'izegny.24Moa vô tsy fantatrarè fô amin'ny
fihazakazahagna araiky ny mpihazakazaka jiaby de magnano ny fihazakazahagna, kanefa araiky ihany no
mahazo ny loka? Koa mihazakazaha mbô hahazo ny loka. 25Ny alitara araiky de mampihatra ny fifehezan-
tegnany amin'ny fanazaran-tegnany jiaby. Magnano izegny izy iré mbô handray satro-boninahitra izay mety
simba, kanefa kôfa isika mihazakazaka mbô hahazontsiaka satro-boninahitra tsy mety simba. 26Ké noho izegny de
tsy mihazakazaka amin'ny tsisy antony zaho na malemy totohondry amin'ny rivotra. 27Fô feheziko ny tegnako ké
ataoko andevo, mbô tsy ho lavitra ny tegnako, jiaby avy nitory tamin'ny hafa zaho.

Chapter 10

[1]Tiako ho fantatraré, ry rahalahy, fô iré babantsika de takô ambanin'ny rahona avokoa ary namakivaky ny
ranomasina. [2]Ny jiaby de natô batisa ho amin'i Mosesy takô amin'ny rahona sy takô amin'ny ranomasigna, [3]ké ny
jiaby de samy nihinagna sakafom-pagnahy mitovy. [4]Ny jiaby de nisotro ranom-pagnahy mitovy. Fô izy iré de
nisotro tamin'ny vatolampim-pagnahy izay nanaraka azy iré, de Kristy izegny vatolampy izegny.[5]Fô
Andriamanitra de tsy nankasitraka tsara ny ankamaroan'izy iré, ké ny fatin'izy iré de naparitaka tagny agn'efitra.
[6]Avaizo iregny raha iregny de ohatra, mbô tsy hagniriantsika raha ratsy karaha ny nilan'izy iré.[7]Aza manômpo
sampy, karahà ny sanany tamin-jaré ré. Izegny de karahà izay voasôratra hoe: ''Iré ôlogno nipétraka mbô
hihinagna sy hisôtro, ké nitsangana mbô hidôla.'' [8]Aoka antsika tsy hijangajanga, karaha ny nanon'ny maro
tamin-jaré ré. Takô anatin'ny ndraik'andro, de ôlogno telo arivo sy roy algny no naty nohon'ny amin'iregny.[9]Aoka
hiany koa antsika tsy hitsapa an'iKristy, karaha ny nataon'ny maro tamin-jaré ré ké naringan'iré menarana. [10]Aza
mimonomonona ihany Koa, karaha ny nataon'ny maro tamin-jaré ré ké naringan'ny anjelin'ny fahafantésagna.
[11]Ké iregny raha iregny no nipoitra tamin-jaré ré mbô ho ôhatra ho antsika. Nosoratagna mbô ho fampianaragna
antsika izy iregny—ho amintsika izay niavièn'ny fara-andro. [12]Noho izegny aoka izay mieritreritra ny tegnany ho
efa mijôro mitandrigny tsara mbô tsy hianjera. [13]Tsisy fakampagnahy nahatratra anaré izay tsy iraisan'ny
ôlombelogno jiaby fô ndraiky, Andriamanitra de mahatoky. Tsy haméla anaré ho alaim-pagnahy mihoàtra izay
lasanaré Izy. Miaraka amin'ny fakam-pagnahy de hagnamia anré ny lalagna hilifasagna ihany Koa Izy, mbô
hafahanaré miaritra izegny.[14]Noho izegny, ry malalako, milifasa lavitry ny fanompon-tsampy. [15]Mivôlagna
aminaré karaha ny ôlogno manantsaigna zaho, mbô hafahanaré mitsara izay volagniko. [16]Ny kapokan'ny
fisaoragna izay isaorantsika, izio mô zégny tsy fiombonagna amin'ny ran'i Kristy? Ny môfo izay vakiàntsika, izio
mô zégny tsy fiombônagna amin'ny vatan'i Kristy? [17]Satrià araiky foagna ny môfo, antsika izay maro de vatagna
araiky. Antsika jiaby de mandray amin'ny môfo araiky foagna.[18]Zahavo iré fokon'ôlon'Israely: Izio mô zaré izay
mihinagna iré fagnatitra tsy mpandray anjara aké amin'ny alitara? [19]Inö arkà no ho volagniko? Hoe tsisy dikany
mô izegny ny sampy? Sa ny hagnina izay natô fagnatitra tamiin'ny sampy no tsisy dikany?[20]Fô mikoragna
mômban'ny raha izay anön'iré Jentilisa mpanômpo sampy fagnatitra zaho, fô amian-jaré ré an'iré demonia
izegny raha izegny fô tsy an'Andriamanitra. Tsy tiako anré ho mpiombona amin'ny demonia! [21]Tsy araka misôtro
ny kapokan' ny Tompo sy ny kapoakan'ny demonia anaré. Tsy araka miray aké amin'ny latabatry ny Tompo sy ny
latabatr'iré demonia anaré. [22]Sé magnano izay mahasaro-piaro ny Tompo mö antsika? Mahery noho Izy mô
antsika?[23]''Ny raha jiaby de ara-dalàgna,'' fô tsy izegny aha jiaby no mahasoa. ''Ny raha jiaby ara-dalàgna,'' fô tsy
izay raha jiaby no mampandrôso ny ôlogno. [24]Tsisy tôkony hiaragna ny tômbotsohany magnôkagna. Fô ndraiky,
ny tsiraikaraika de tôkony hiaragna ny tômbotsoan'ny namany.[25]Araka mihinagna izay jiaby amidy egny abazary
anaré, fô aza magnotsafa ny fieritreretanà. [26]Fô ''An'Tompo ny tany, sy izay jiaby misy aké aminanjy.'' [27]Kô misy tsy
mpino magnasa anaré ihinagna, ké magniry ny handeha anaré, de hoano izay jiaby mipetraka aké anoloanaré ké
aza mametra-panontaniagna ny amin'ny fieritreretagna.[28]Fô kô misy mikoragna aminaré hoe: ''Itô hanigna tô de
avy amin'ny fagnatitry ny mpanômpo sampy,'' de aza mihinagna izegny. Izegny de ho an'ilay nampahafantatra
anaré, sy ho an'ny fieritreretagna. [Fagnamarihagna: Ny dika-teny talôha sanany de magnampy hoe: ''Fô n'y tany
sy ny raha jiaby akô aminy de an'ny Tompo.'' Fô ny dikan-teny tsara indrindra de tsisy izegny. ] [29]Tsy mikoragna
zaho hoe ny fieritreretanà magnokana, fô ny fieritreretan'ny ôlon-kafa. Nahoagna no tôkony ho tsarain'ny
fieritreretan'ny hafa? [30]Kô mandray anjara amin'ny hanigna am-pankasitrahagna Zaho, nahoagna no tivitivaigna
amin'izay nanamiazako fisaoragna?[31]Noho izegny, na mihinagna na misôtro anaré, na ino na ino anönaré, de anö
ho voninahitr'Andriamanitra avokoa. [32]Aza magnomia fagnafitohinagna ny Jiosy na ny Grika, na ny
fiangonan'Andriamanitra. [33]Miezaka ny hahafaly ny ôlognon-jiaby amin'ny raha jiaby zaho. Tsy miaragna ny
tombotsoako zaho, fô ny an'ny maro. Anokö izegny mbô ho voavonjy zaré ré.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 11

[1]Alaivo tahaka zaho, karaha anahy mpalaka tahaka an'i Kristy. [2]Ké midèra anré zaho satrià mahatsiaro anahy
amin'ny raha jiaby anré. Midèra anaré zaho satrià mitazogna mafy ny fômbafômba karaha izay nanolorako
ananjy iré také aminaré anaré. [3]Ké tiako ho azonaré fô Kristy no lôhan'ny lalahy jiaby, fô ny lilahy no lôhan'ny
viavy, ary Andriamanitra no lôhan'i Kristy. [4]Ké magnala vogninahitra ny lôhany iré lalahy izay mivavaka na
maminagny ké mirako-dôha.[5]Fô magnala vogninahitra ny lôhany iré viavy izay mivavaka na maminagny tsy
mirakodôha. Fô tsy hafa ary mitôvy amin'ny hoe viavy manaratra ny lôhany izegny. [6]Fô izy koà tsy mirakodôha
ny viavy, de tôkony tapahigna ho foika ny randrany. Izy koà mahamenatra ny viavy ny manapaka ny randrany na
ny manaratra ny lôhany, de ambélay izy handrakotra ny lôhany.[7]Fô tsy tôkony handrakotra ny lôhany ny lalahy,
satria izy no sary sy voninahitr'Andriamanitra. Fô ny viavy de voninahitry ny lalahy. [8]Fô ny lalahy de tsy natao
avy tamin'ny viavy. Fa kosa, ny viavy no natao avy tamin'ny lalahy.[9]Fô tsisy lalahy noforonigna ho an'ny viavy. Fô
ndraiky, ny viavy no noforonigna ho an'ny lalahy. [10]Izegny no tôkony hanan'ny viavy ny mariky ny fahifagna aké
amin'ny lôhany,noho iré anjely.[11]Na izegny aza, akô amin'ny Tompo, tsy mahaleo-tegna amin'ny lalahy ny viavy,
na ny lalahy mahaleo-tegna amin'ny viavy. [12]Fô izikô avy amin'ny lalahy ny viavy, de ny lalahy koà de avy
tamin'ny viavy. Fô avy amin'Andriamanitra ny raha jiaby.[13]Tsarao ny tegnanaré: mety amin'ny viavy mô ny
mivavaka amin'Andriamanitra tsy mirakodôha? [14]Tsy ny natiora mihintsy aza mé nö mampianatra anaré fô kô ny
lalahy no lava randrana, de fahafaham-baraka ho ananjy izegny? [15]Tsy mampianatra anaré mô ny natiora fô kô
ny viavy no lava randrana, de voninahitra ho ananjy izegny? Fô namiagna ananjy ny randrany mbô handrakotra
ananjy. [16]Fô kô misy te-hiady hevitra amin'iregny, de tsy manana fampiaragna hafa zahéy, na iré
fiangonan'Andriamanitra.[17]Fô anatin'iré tôrolalgna magnaraka, de tsy midèra anaré zaho. Fô izikô miara-tônga
anaré, de tsy ho amin'ny tsara izegny fô ho amin'ny ratsy indrindra. [18]Fô tamin'ny vôalôhagny indrindra, de
regniko fô kôfa miaraka miangona akô amin'ny fiangonagna anaré, de misy fizarazaragna aké aminaré, ké mino
izegny amin'ny ampahany zaho. [19]Fô tsy maintsy misy fitsitôkotokoagna aké aminaré, mbô hankasitrahagna aké
aminaré iré izay nikegna.[20]Fô ndraiky miangogna anaré, de tsy ny fanasan'ny Tompo no hoaninaré. [21]Ndraiky
mihinagna anaré, de samy mihinagna ny sakafony manônkagna ny tsiraikaraiky alohan'ny hihinanan'iré hafa.
Noana ny araiky, kô ny hafa lasa mamo. [22]Tsy managna tragno isakafoanagna sy isotroagna vô anaré? Ho
tsiraharahinaré vô ny fiangonan'Andriamanitra ké hahetrinaré izay tsy managna na ino na ino? Ino no tôkony ho
volagniko aminaré? Tôkony hidera anaré vô zaho? Tsy hidera anaré amin'izay zaho![23]Fô noraisiko avy amin'ny
Tompo ihany koa izay ampitaiko anaré, fô Jesosy Tompo, tamin'ny aligna izay namadihagna azy, de naka mofo.
[24]Ndraiky avy nisaotra izy, de nanapaka izegny ké nivolagna hoe: ''Ity ny vatako, izay ho anaré. Ataovo izao ho
fahatsiarovagna ahy.''[25]Mitôvy amin'izay koa de noraisigny ny kapoaka ndraiky avy nisakafo hariva, ké nivolagna
Izy hoe: ''Ity kapoaka ity no fanekegna vaovao akô amin'ny ràko. Ataovo izao na oviagna na oviagna anaré no
misotro, ho fahatsiarovagna Ahy.'' [26]Amin'ny fotoagna jiaby izay hinananaré ity mofo ity sy hisitroanaré akô
amin'ity kapoaka ity, de magnambara ny fahafatesan'ny Tompo mandra-piaviny anaré.[27]Na zôvy na zôvy, noho
izegny, mihinana ny mofo na misotro amin'ny kapoakan'ny Tompo amin'ny fômba tsy mendrika, de ho meloka ny
amin'ny vatagna sy ny ràn'ny Tompo. [28]Aoka handinika ny tegnany alôha ny ôlogno, ké amin'izegny de aoka
hihinagna ny mofo ké hisotro amin'ny kapoaka izy. [29]Fô izy izay mihinagna sy misotro ké tsy mahafantatra ny
vatagna, de mihinagna sy misotro fitsaragna ho an'ny tegnany. [30]Izegny no mahatônga ny maro aminaré ho osa sy
marary, kè ny sanany aminaré ho maty.[31]Fô raha mandin-tegna isika, de tsy ho tsaraigna. [32]Fô rehefa voatsaran'ny
Tompo isika, de mpagnara-dalàgna, mbô tsy ho voaheloka miaraka amin'izao tontolo izao.[33]Noho izegny, ry
rahalahiko, rehefa miangogno mbô hihinagna anaré, de mifampiandrasa. [34]Raha misy ôlogno araiky noana, aoka
izy hihinagna any an-dragno, amin'izay rehefa miangogna ianaré de tsy ho amin'ny fitsaragna izegny. Ké
mahakasika iré raha hafa izay nosoratanaré, de hagnome toro-lalagna zaho ndraiky tônga.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 12

[1]Mômba iré fagnomezam-pagnahy, ry rahalahy, de tsy tiako tsy ahafantatra anaré. [2]Fantatraré fô fony anaré
mpanompo sampy, de voavily nankagny amin'aré sampy tsy manam-peo anaré, tagny amin'izay lalagna jiaby
nitarihin'iregny anaré. [3]Noho izegny tiako ho fantatraré fô tsy misy ôlogno izay mivolagna amin'ny
fagnahin'Andriamanitra afaka mivolagna hoe: ''Jesosy de voaozogno.'' Tsisy afaka mivolagna hoe: ''Jesosy de
Tompo,'' afa-tsy amin'ny alalan'ny Fagnahy Masigna.[4]Ké misy fagnomezam-pagnahy samihafa, fô fagnahy mitovy
ihany. [5]Misy fanompoagna samihafa, fô Tompo mitovy ihany; [6]ké misy karazan'asa samihafa, fô Andriamanitra
mitovy ihany no managna azy iré ho azo atao amin'ny tsiraikaraiky.[7]Ké ho an'ny tsiraikaraiky no nomegna ny
fanehoagna ivelan'ny Fagnahy ho an'ny tombotsoan'ny jiaby. [8]Fô ho an'ny ôlogno araiky de nomegna avy amin'ny
Fagnahy ny volagnan'ny fahendregna, ké ho an'ny araiky hafa ny volagnan'ny fahalalagna amin'ny alalan'ny
Fagnahy mitovy ihany.[9]Ho an'ny araiky hafa de nomegna ny finoagna amin'ny alalan'ny Fagnahy mitovy, ké ho
an'ny araiky hafa iré fagnomezam-pahasoavagna hagnasitragna amin'ny alalan'ny Fagnahy araiky. [10]Ho an'ny
araiky hafa de nomegna iré asan'ny hery, ké ho an'ny araiky hafa faminaniagna. Ho an'ny araiky hafa de
nomegna ny fahafahagna manavaka iré fagnahy, ho an'ny araiky hafa iré karazagna volagna samihafa, ké ho
an'ny araiky hafa ny fandikagna volagna. [11]Fô ny Fagnahy araiky sy mitovy ihany no miasa akô amin'izegny jiaby
izegny, magnome iré fagnomezam-pagnahy ho an'ny ôlogno tsiraikaraiky avy, araka izay nofidiany.[12]Fô satria ny
vatagna de araiky ké managna rantsagna maro ké ny jiaby de rantsan'ilay vatagna ihany, noho izegny de miaraka
amin'i Kristy izegny. [13]Fô tamin'ny alalan'ny Fagnahy araiky no nanaovagna batisa antsika jiaby ho vatagna
araiky, na iré Jiosy na iré Grika, na voafatotra na afaka, ké ny jiaby de natao mbô hisotro amin'ny Fagnahy araiky.
[14]Fô ny vatagna de tsy rantsagna tôkagna, fô maro. [15]Raha mivolagna ny tongotra hoe: ''Satria tsy tanagna zaho, de
tsy rantsagna amin'ny vatagna zaho,'' izegny de tsy kely amin'ny rantsan'ny vatagna akory. [16]Ké raha ny tadigny
no hivolagna hoe: ''Satria tsy maso zaho, de tsy rantsagna amin'ny vatagna zaho ,'' izegny de tsy kely amin'ny
rantsan'ny vatagna akory. [17]Raha maso ny vatagna jiaby, de ho aiza ny fandrenesagna? Raha tadigny ny vatagna
jiaby, de ho aiza ny fanimboloagna?[18]Fô Andriamanitra nandamigna ny rantsan'ny vatagna tsiraikaraiky araka ny
namorognany izegny. [19]Raha rantsagna mitovy ihany izy jiaby, aiza no hisy ny vatagna? [20]Kô izao de rantsagna
maro izy iré, fô vatagna araiky ihany.[21]Ny maso tsy afaka mivolagna amin'ny tanagna hoe: ''Tsisy ilàko anà.'' Na
ny loha tsy hivolagna amin'ny tongotra hoe: ''Tsisy ilàko anà.'' [22]Fô iré rantsagna amin'ny vatagna izay miseho ho
malemy kokoa de tegna ilaigna, [23]ké iré rantsan'ny vatagna izay heverintsika fô tsy de manan-danja, de omentsika
lanja lehibe kokoa iré, ké iré rantsantsika tsy fampiseho de managna fahamendrehagna mihoatra. [24]Ké ny
rantsantsika fampiseho de tsy mila entigna amin'ny fahamendrehagna, fô iré de efa managna fahamendrehagna.
Fô Andriamanitra nampikambagna ny rantsagna jiaby miaraka, ké izy nagnome lanja kokoa an'iré izay tsy ampy
izegny.[25]Nagnano izegny Izy mbô tsy hisy fisarahagna aké amin'ny vatagna, fô mbô hifampikarakara amin'ny
fitiavagna mitovy iré rantsagna. [26]Noho izegny rehefa mijaly ny rantsagna araiky, de mira-mijaly iré rantsagna
jiaby; na rehefa omen-danja ny rantsagna araiky, de miara-mifaly ny rantsagna jiaby. [27]Ké ianaré de vatan'i Kristy
ké rantsagna amin'izegny ny tsiraikaraiky.[28]Ké Andriamanitra nanendry takô amin'ny fiangonagna iré apostoly
aloha, faroy iré mpaminagny, fahatelo iré mpampianatra, avy aké iré fagnomezam-pahasoavagna hagnasitragna,
iré izay magnome fagnampiagna, iré izay magnano ny asan'ny fitantanan-draharaha, ké iré izay magnano
karazagna fivolagna samihafa. [29]Apostoly vô izy jiaby? Mpaminagny avokoa vô? Mpampianatra avokoa vô?
Magnano asa mahagaga avokoa vô ny jiaby?[30]Magnano fagnomezam-pagnahy hagnasitragna vô izy jiaby?
Mivolagna amin'ny fivolagna tsy fantatra vô izy jiaby? Mandika volagna vô izy jiaby? [31]Katsaho fatratra iré
fagnomezam-pagnahy lehiby kokoa. Fô hampiseho anaré lalagna tsaratsara kokoa zaho.

Chapter 13

1 Na de atô hoe mivolagna amin'ny fivolagnan'iré ôlogno sy iré anjely aza zaho. Fô raha tsy managna fitiavagna, de
tônga vy magneno na kipantsogna mikarantsam-peo zaho. 2 Na de atô hoe managna fagnomezan'ny faminaniagna
ké mahafantatra iré misitery sy fahalalagna jiaby aza zaho, ké managna ny finoagna jiaby afahagna mamindra
iré tendrombohitra. Fô raha tsy manam-pitiavagna, de tsinontsinogna zaho. 3 Na de atô hoe magnome izay jiaby
anagnako hamahanagna ny mahantra aza zaho, ké manolotra ny tegnako ho doragna. Fô raha tsy manam-
pitiavagna, de tsy mahazo na ino na ino zaho. [Fagnamarihagna: Ny ULB sy ny UDB de samy managna dika-
volagna maro, mivaky toy izao hoe: ''Homeko mbô ho doragna ny tegnako.'' Ny dika-volagna sanasanany kosa de
mivaky hoe: ''Homeko ny tegnako mbô ho reharehako.'']4 Ny fitiavagna de mahari-po sady tsara fagnahy. Ny
fitiavagna de tsy mitsiriritra na mirehareha. Tsy miavogna 5 na magnano izay tsy mahamendrika. Tsy tia tegna.
Tsy mora tezitra, na mitanisa fahadisoagna. 6 Tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinagna. Fô kosa, mifaly amin'ny
fahamarinagna. 7 Ny fitiavagna de mandefitra ny raha jiaby, mino ny raha jiaby, matoky raha jiaby, ké mahiratra
ny raha jiaby.8 Tsy ho tapitra mandrakizay ny fitiavagna. Kô misy faminaniagna, de ho levona iré. Kô misy
fivolanagna amin'ny teny tsy fantatra, hitsahatra iré. Kô misy fahalalagna, de ho levona izegny. 9 Fô antsika de
mahafantatra amin'ny ampahany ké maminagny amin'ny ampahany. 10 Fô kô Tonga ilay tegna lafatra, de ho
levona izay tsy tantéraka.11 Tamin'ny mbôla zaza zaho, de nikoragna karaha ny zaza, nieritreritry karaha ny zaza,
nisaigny karaha ny zaza. Kôfa mahaventy zaho, de nambelako ny fahazazagna. 12 Fô avaizo antsika de mahita tsy
mivantagna amin'ny fitaratra, fô rahatrizay de hifagnatri-tava. Avaizo zaho de mahafantatra amin'ny ampahagny,
fô avy aké zaho de hahafantatra tantéraka karaha ny nahafantaragna anahy tantéraka. 13 Fô avaizo de ireto telo
ireto no mitoetra: ny finoagna, ny fagnantiniagna rahatrizay ndraiky ny fitiavagna. Fô ny mahavénty indrindra
amin'iré de ny fitiavagna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 14

[1]Miaragnà fitiavagna ké manàgna zotom-pô amin'iré fagnomezam-pagnahy, indrindra fô ny mbô haminaninaré.
[2]Fô izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra de tsy mikoragna amin'ôlogno fô amin'Andriamanitra. Fô tsisy mahazo
ananjy satria mikoragna raha mivogny akô amin'ny fagnahy izy. [3]Fô izay maminagny de mikoragna amin'ôlogno
mbô ho fampiorenagna ananjy iré, ho fampirisihagna ananjy iré, ary fampiononagna ananjy iré. [4]Izay miteny
amin'ny fiteny tsy fantatra de manorigna ny tegnany, fô izay maminagny de manorigna ny fiangonagna.[5]Avaizo
de magniry anaré jiaby hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra zaho. Fô mbôla mihoatra noho izegny aza, magniry
Zaho ny haminaninaré. Izay miminagny de mahavénty kokoà noho izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra (kô tsy
hoe misy ôlogno araiky mandika teny ké mbô mety hioregnan'ny fiangonagna). [6]Fô avaizo, ry rahalahy, kô tônga
aké aminaré amin'ny fiteny tsy fantatra zaho, ino no tombon-tso amiako anaré amin'izegny? Tsy araka Zaho, kô
tsy hoe mikoragna aminaré amin'ny fanambaragna, na fahalalagna, Na faminaniagna, na fampianaragna.[7]Kô
mamoàka feo iré raha maneno tsy manan'aina—karaha ny sodina na lokanga—ké tsy mamoàka lantom-peo
samihafa iré, ahoagna no hahafantaran'ny ôlogno izay melodia aboakan'ny sodina na ny lokanga? [8]Izy koà
magnano feo hafahafa ny trompétra, ahoagna no hahafantaran'ny ôlogno kôfa fotoagna hiomanagna amin'ny
ady? [9]Ké karan-jégny ndraiky koa ny aminaré. Kô tsy mazava ny koragna aboaka ny vavanaré, ahoagna no
hahafantaran'ny ôlogno izay novolagninaré? hikoragna anaré, fô tsisy hahazo anaré.[10]Misy fivolanagna maro
samihafa akéto amin'izao tontôlo izao, ké tsisy amin'iregny no tsisy dikany. [11]Fô izikoà tsy mahafantatra ny
dikan'ny fivolanagna araiky zaho, de ho vahigny amin'izay mivôlagna, ké izay mivôlagna ho vahigny aminahy.
[12]Karaha izégny ndraiky koa ny aminaré. Satria magniry fatratra ny fihitsehan'ny Fagnahy anaré, manàna zotom-
pô mbô hiroborobo amin'ny fanorenagna ny fiangonagna. [13]Noho izegny izay mivôlagna amin'ny fiteny tsy
fantatra de tôkon'ny hivavaka mbô hafagny mandika teny. [14]Fô izikoa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra zaho,
de mivavaka amin'ny fagnahiko, fô ny saiko tsy mamoa.[15]Inö no tôkon'ny ho ataoko? Hivavaka amin'ny fagnahiko
zaho, fô hivavaka amin'ny saiko ihany koà. Hihira miaraka amin'ny fagnahiko zaho, ary hihira miaraka amin'ny
sainako ihany koà. [16]kô tsy izegny, kô midèra an'Andriamanitra miaraka amin'ny fagnahy anaré, karakôry no
hivolanan'ny vahigny hoe ''Amena'' kôfa mangamia fisaoragna anà izy koà ka tsy fantagny izay volagninà.[17]Fô anà
de tegna magnamia fisaoragna tsara ihany, fô ny ôlo hafa tsy miorigna. [18]Misaotra an'Andriamanitra zaho fô
mikoragna amin'ny fiteny tsy fantatra mihoàtra noho anaré jiaby. [19]Saingy agny am-piangonagna de aleoko
miteny ny teny dimy araka ny fahazoako mbô hafahako mampianatra iré hafa, toy izay teny iray aligna amin'ny
fiteny tsy fantatra.[20]Ry rahalahy, aza mbô zaza amin'ny fihevitraré. Fô ndraiky, kô amin'ny ratsy, de manaova
karaha ny zaza. Fô amin'ny fihevitraré de aoka ho matotra anaré. [21]Akô amin'ny lalàgna de voasôratra hoe:
''Amin'ny alalan'ny ôlogna hafa fitegny sy amin'ny alalan'ny molotry ny vahigny de hikoragna amin'ireto ôlogna
ireto zaho. Nade tsy haregny Anahy aza izy iré,'' aozy ny Tompo.[22]Noho izegny iré fitegny tsy fantatra de
famantaragna, tsy amin'iré mpino, fô amin'iré tsy mpino. Fô ny amin'ny faminanigna ndraiky de ho
famantaragna, tsy ho an'iré tsy mpino, fô ho an'iré mpino. [23]Noho izegny, izikoà ké, miara-miangona ny
fiangonagna jiaby ké mitegny amin'ny fiteny tsy fantatra jiaby, ké miditra iré vahigny sy tsy mpino, tsy ho
volagnin-jaré ré fô adala mô anaré?[24]Fô kô naminagny jiaby anaré jiaby ké nisy tsy mpino na vahigny niditry, de
ho resy lahatra amin'izegny jiaby regniny izy. Ho tsaraigna amin'ny alalan'izegny jiaby vôalaza izy. [25]Ho ambara
ny tsiambaratelo akô am-pôny. Vokatr'izegny, hiankôhoka izy ké hitsaoka an'Andriamanitra. Hagnambara izy fô
tegna akô aminaré Andriamanitra.[26]Inö izégny no magnaraka, ry rahalahy? Kôfa tafatambatra anaré, ny
tsiraikaraika de managna salamo, fampianaragna, fanambaragna, fiteny tsy fantatra, na fandikan-teny. Anö ny
raha jiaby mbô hanoregnanaré ny fiangonagna. [27]Kô misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ambilé hisy arö na
farafahabétsagny telo akéo, ké mandihàna tsiraikaraika, avaké de tôkony hisy araiky handika ny teny izay
voalaza. [28]Fô kô tsisy mpandika teny, ambilé ny tsiraikaraika amin-jaré ré hitazogna fahanginagna akô am-
piangonagna. Ambilé ny tsiraikaraika hikoragna mitôkagna amin'ny tegnany sy amin'Andriamanitra.[29]Ambilé
hikoragna ny mpaminagny arö na telo, ary ambilé iré hafa hitandregny amin'ny fahaiza-manavaka izay voalaza.
[30]Fô kô misy fanatitra amiagna izay mipetraka akô amin'ny fanompoagna, ambilé hangina ilay araiky izay
mikoragna.[31]Fô ny tsiraikaraika aminaré de afaka mifandimby maminagny mbô hafahan'ny tsiraikaraika
mianatra ké mbô hahery ny jiaby. [32]Fô ny fagnahin'iré mpaminagny de akô ambanin'ny fagnaraha-mason'iré
mpaminagny. [33]Fô Andriamanitra de tsy Andriamanitry ny fikorontanagna, fô ny fiadanagna. Izégny no fitsipika
ho an'iré fiangonan'iré mpino jiaby.[34]Ny viavy de tôkony hitazogna fahanginagna akô am-piangonagna. Satria tsy
mahazo alalagna hikoragna izy iré. Fô ndraiky, tôkony hagneky izy iré, karaha ny ambaran'ny lalàgna. [35]Kô misy
irian-jaré ré hianaragna, ambilé hagnotsafa ny vadiny agny an-tragno izy iré. Fô mahaménatra ho an'ny viavy ny
mikoragna akô am-piangonagna. [36]Avy aminaré mô no niaviàn'ny tenin'Andriamanitra? Anaré izy raika mô no


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

vôakasik'izegny?[37]Kô misy mieritreritra ny tegnany ho mpaminagny na ara-pagnahy, de tôkony hagneky izy fô iré raha izay soratako aminaré de didin'ny Tompo. [38]Fô kô misy tsy magneky izégny, de ambilé izy tsy ho ikéna. [Fagnamarihagna: Ny ankamaroàn'ny dikan-teny, akô anatin'izegny ny ULB sy UDB, de mamaky hoe: ''Fô kô misy tsy magneky izégny, de aoka tsy ho ikéna izy.'' Ny dikan-teny sanany talôha magnano hoe: ''Izy koà misy tsy mahalala izegny, de ambilé izy tsy hahalala izegny.''][39]Kôa amin'izegny, ry rahalahy, magnirià fatratra ny naminagny, ké aza mandrara anjôvy na izôvy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra. [40]Fô ambilé ny raha jiaby atao araka ny tôkony ho izy sy am-pilaminagna.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 15

[1]Avaizo mampahatsiahy anré zaho, ry rahalahy, ny amin'ny filazantsara izay nivolagniko taminaré, izay
noraisinaré sy izay ijoroanaré. [2]Amin'ny alalan'izegny filazantsara izégny no vavoavonjy anaré, kô mitazogna
mafy amin'ny teny notoriako taminaré anaré, kô tsy hoe ninöninö foagna.[3]Fô natolotro ho zavadehibe
voalôhagny ho anaré izay voaraiko ndraiky koa: fô naty ho an'ny fahotantsika Kristy araka ny Sôratra Masigna,
[4]ké nalevigna Izy, ary Izy de natsangana tamin'ny naty tamin'ny andro fahatelo araka ny Sôratra Masigna.[5]Kristy
de niseho tamin'i Kefasy, ary avy aké tamin'iré roa ambin'ny fôlo; [6]avy aké de niseho indray mandeha tamin'iré
rahalahy mihoàtry ny dimanjato Izy. Mbôla velogna ny ankamaroàn-jaré ré, fô ny sanany de nodimandry. [7]Ava
aké Izy niseho tamin'i Jakoba, avy aké tamin'iré apostoly jiaby.[8]Tegna farany, de niseho taminahy Izy, karaha ny
hoe tamin'ny zaza téraka tsy tônga vôlagna. [9]Fô zaho no hely indrindra amin'iré apostoly. Zaho de tsy mendrika
ny antsoigna hoe apostoly satrià nanenjiky ny fiangonan'Andriamanitra zaho.[10]Fô nohon'ny
fahasoavan'Andriamanitra no naha tônga anahy karan'izao, ké tsy foagna ny fahasoavagny aminahy akato. Fô
ndraiky, niasa mafy kokoà zaho noho izy jiaby. Kanéfa tsy zaho izegny, fô ny fahasoavan'Andriamanitra izay
miaraka aminahy. [11]Noho izegny na zaho izegny na zaré ré, karaha ny nitorianay de karaha izegny no ninoànaré.
[12]Avaizo kô nambara fô Kristy de nitsangana tamin'ny maty, ahoagna no hafahan'ny sanany aminaré mivôlagna
fô tsisy ny fitsanganagna amin'ny maty? [13]Kanéfa kô tsisy ny fitsanganagna amin'ny maty, de tsy natsangana aby
Kristy; [14]kanéfa kô tsy natsangana Kristy, foagna ny fitoriananéhy, ary foagna ihany koà ny finoanaré.[15]Koa, de
hita ho vavolombelogno diso mômban' Andriamanitra zahay satrià nijoro vavolombelogno nanôhitra
an'Andriamanitra, nivôlagna hoe natsangany Kristy kôfa tsy nagnano izégny Izy. [16]Koa tsy natsangana ny maty, de
na Kristy aza tsy natsangana; [17]ary koa tsy natsangana Kristy, de foagna ny finoagnanaré ary de mbôla akô
amin'ny fahotagnanaré anaré.[18]Ary izégny jiaby maty akô amin'i Kristy de efa very foagna koà. [19]Kô amitô
fiainagna itô foagna no ananantsika tôky amin'ny ho avy akô amin'i Kristy,de antsika no mampainankinaka
indrindra amin'ny ôlono jiaby.[20]Fô avaizo de efa natsangana tamin'ny maty Kristy, ilay voaloham-bokatr'iré izay
maty. [21]Fô satria tônga tamin'ny alalan'ny ôlogna araiky ny fahafatesagna, de avy tamin'ny alalan'ny ôlogna araiky
foagna koà no nihavian'ny fitsanganagna amin'ny maty.[22]Fô karaha ny nahafatesan'ny jiaby takô amin'i Adama,
de ho velomigna akô amin'i Kristy foagna koà ny jiaby. [23]Kanéfa samby akô amin'ny filaharany manôkana ny
tsiraikaraika: Kristy, ilay voaloham-bôkatra, ary avy aké iré izay an'i Kristy de ho atao velogna amin'ny fiaviany.
[24]Avy aké de ho tônga ny farany, kôfa hamian'i Kristy ho an'Andriamanitra Ray ny fanjakagna. Izegny de kôfa
hagnafoagna ny fitsipika jiaby sy ny fahefagna jiaby ary ny hery Izy. [25]Fô tsy maintsy manjaka Izy mandra-
pamerany ny fahavalony jiaby akô ambanin'ny tongony. [26]Ny fahavalo farany ho haringagna de ny fahafatesagna.
[27]Fô nambelany také ambanin'ny tongony jiaby ny raha jiaby.'' Fa voalaza fô: ''Izy no nametraka ny raha jiaby,'' de
mazava tsara fô tsy tafiditra akô anatin'izegny ilay araiky nametraka ny raha jiaby hagneky ny tegnany. [28]Kôfa
magneky Ananjy ny raha jiaby, de ny Zanaka mihintsy no hagneky ilay araiky izay nampagneky ny raha jiaby ho
Ananjy. Hiseho izegny mbô ho jiaby akô amin'ny jiaby ny Andriamanitra Ray.[29]Na koa inona no ilaina iré izay vita
batisa ho an'ny maty? Izy koà tsy natsangana mihintsy ny maty, nahoana izy iré no natao batisa ho an'izy iré?
[30]Nahoana ary, antsika no am-bavaloza isan'ora?[31]Miatrika fahafatesagna isan'andro zaho! Izegny de azo antoka
karaha ny fireharehako ny aminaré, izay azako akô amin'i Kristy Jesosy Tompontsika. [32]Inona no tômbony azoko,
avy amin'ny fômba fizahavan'ny ôlombelagna, kô niady tamin'ny biby takô Efesosy zaho, kô tsy natsangana ny
maty? ''Aoka antsika hihinagna sy hisôtro satria ho faty antsika amaraigna.''[33]Aza mety ho fitahana hoe:
''Mandratra ny fisainana tsara ny naman-dratsy.'' [34]Mandiniha! Miainà am-pahamarinagna! Aza manohy manota!
Fô ny sanany aminaré de tsy managna fahalalagna an'Andriamanitra. Mivôlagna izégny ho amin'ny
fahamenaranaré zaho.[35]Fô ny ôlogna araiky hivôlagna hoe: ''Ahoana no hanangonagna ny maty, ary amin'ny
karazana vatana inona no hatongavan'izy iré?'' [36]Tsy mahalala na ino na ino ianaré! Izahay hafafinaré de tsy
hanômboka hitômbo kô tsy maty izégny.[37]Izay hafafinaré de tsy ny vatana izay ho avy, fô ny voa foagna. Izégny de
mety ho lasa vary na raha hafa. [38]Fô hamian'Andriamanitra ananjy ny vatana araka izay safidiany, ary somby
amin'ny vatany avy ny voa tsiraikaraika. [39]Tsy ny nôfotro jiaby no mitôvy. Fô ndraiky, araiky ny nôfotron'ny
ôlombelogna, de hafa ny nôfotron'iré biby, ary nôfotro hafa ny an'iré vôrigno, ary hafa ny an'ny hazandrano.
[40]Misy ihany koà iré vatana agny an-dagnitry sy iré vatan'ny akéto an-tany. Fô karazana araiky foagna ny
voninahitry ny vatana agny an-dagnitry ary hafa ny voninahitry ny akéto an-tany. [41]Araiky ny voninahitry ny
masoandro, ary hafa ny voninahitry ny volana, ary voninahitra hafa ny an'iré kintana. Fô ny kintana araiky
miavaka amin'ny kintana araiky hafa amin'ny voninahitra.[42]Karaha izegny kôa ny fitsanganana amin'ny maty.
Izay afafy de mity Simba, [43]afafy tamin'ny fahafaham-baraka izégny; de natsangana am-boninahitra. Afafy
tamin'ny fahalemena izégny; de natsangana tamin'ny hery. [44]Afafy amin'ny vatana voajanahary izégny; de


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

atsangana ho vatana ara-pagnahy. Kô misy vatana voajanahary, de misy vatana ara-pagnahy ihany koà.[45]Ary efa voasôratra ihany koà fô: ''Lasa fagnahy velogna Adama ilay lalahy voalôhany'' Ilay Adama faragny de lasa fagnahy manamia fiainagna. [46]Fô tsy ara-pagnahy no tônga voalôhagny fô ny voajanahary, ary avy také ny ara-pagnahy.[47]Ny ôlogna voalôhany de avy amin'ny tany, namboarigna tamin'ny vovoka. Ny ôlogna faharoy de avy agny an-dagnitry. [48]Karaha ilay araiky namboarigna tamin'ny vovoka, karaha izegny kôa ilay ôlogna agny an-dagnitry, ary karaha izegny ihany koà iré izay avy agny an-dagnitry.. [49]Karaha ny nitondrantsika ny endrik'ilay ôlon'ny vovoka, de hitôndra ny endrik'ilay ôlon'ny lagnitra ihany koà antsika.[50]Ké izao no volagniko, ry rahalahy, fô ny nôfo aman-drà de tsy afaka ny handôva ny fanjakan'Andriamanitra. Na izay mety simba handôva izay tsy mety simba. [51]Egy! Raha marigna miafigna no ho volagniko aminaré hoe: tsy ho faty jiaby antsika jiaby, fô hovaigna jiaby antsika jiaby.[52]Hiôva antsika amin'ny fotoagna araiky, ao anatin'ny indraika mipi-maso, amin'ny trompetra faragny. Haneno ny trompetra, ké iré maty de hatsangana ho tsy mety lo, ké de hovaigna antsika. [53]Fô itô vatana mety simba itô de tsy maintsy hitafy izay tsy mety lo, ké itô vatana mety maty tô de tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesagna.[54]Fô kôfa mitafy ny tsy mety simba tô vatana mety simba tô, izy kôfa mitafy ny tsy fahafantésagna tô vatana mety maty tô, de ho tônga amin'ilay koragna izay voasôratra hoe, "Voateligna tamin'ny fandresegna ny fahafatésagna.'' [55]''Ry fahafatésagna, akéza ny fandresenà? Ry fahafatésagna, akéza ny fanindronanà?''[56]Ny ota no fanindron'ny fahafatésagna, ké ny herin'ny ota de ny lalàna. [57]Fô isaoragna Andriamanitra, izay magnamia antsika ny fandresegna amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika![58]Noho izegny, ry rahalahy malalako, mioregna tsara ké aza miozongozona. Miroboroboa mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satrià fantatraré fô tsy very maina ny asanaré akô amin'ny Tompo.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 16

1Ké mahakasiky ny fanangonam-bôla ho an'iré mpino, karaha ny nanoroako lalagna ny fiangonan'i Galatia, de
karaha izegny kôa no tôkony anönaré. 2amin'ny andro voalôhan'ny herignandro, de tôkony hanôkagna raha ny
tsiraikaraika aminaré ké hitahiry izégny araka izay vitanaré. Anö izégny mbô tsy hisian'ny fanangonam-bôla kôfa
tônga zaho.3Kôfa tônga zaho, na zôvy na zôvy ikenaré, de aléfako miaraka amin'ny taratasy mbô hanolorako ny
fanatitraré ho an'i Jerosalema. 4Izy kôa ké mety aminahy ihany koà ny mandeha, de handeha hiaraka aminahy
zaré.5Fô ho avy agny aminaré zaho kôfa mandalo akagny Makedonia. Fô handalo akagny Makedonia zaho. 6Mety
afaka hidôko miaraka aminaré zaho na mandritra ny ririnina mihintsy aza, mbô hahafahanaré magnampy
anahy amin'ny diàko, na akeza na akeza ombako.7Fô tsy magniry ny hahita anaré mandritra ny fotoagna fohy
zaho zao io. Fô manantegna ny hitoetra maharitra miaraka aminaré, kô ambélan'ny Tompo. 8Fô hidôko akô
Efesaosy zaho mandra-pahatôngan'ny Pentekosta, 9Fô efa varavarana malalaka no nisôkatra ho anahy, ké misy
fahavalo maro.10Izikoa tônga Timoty, de ezaho mbô tsy hatahotra izy miaraka aminaré, fô magnano ny asan'ny
Tompo izy, karaha ny anöko. 11Aza ambéla hisy ôlogno hagnano tsinotsinogna ananjy. Ampiao izy amin'ny lalany
amin'ny fiadanagna, mbô hafahagny maké aminahy. Fô manantégna ananjy mbô ho tônga hiaraka amin'iré
rahalahy zaho. 12ké mahakasika an'i Apolosy rahalahintsika, de nampirisika ananjy mafy zaho mbô hamangy
anaré miaraka amin'iré rahalahy. Fô mbôla tsy vonogna tantéraka ny ho avy izy izao. Na izagny aza, ho tônga izy
kôfa mety ny fotogna.13Miambéna, mijoroa tsara amin'ny finoagna, miasà karaha lalahy, mahereza. 14Aoka ho atao
am-pitiavagna izégny anonà jiaby.15Hainaré ny fianakiviagnan'i Stefanasy, fô zaré ré no niôva fô voalôhagny takô
Asaia, ké zaré ré no namétraka ny tegnanjaré ré ho amin'ny fanompoagna iré mpino. Ké mamporisika anaré
zaho, ry rahalahy, 16mbô hagneky ny ôlogno karaha izegny sy amin'ny ôlogno jiaby izay magnampy amin'ny asa
sy miasa miaraka aminay.17Mifaly amin'ny fahatongavan'i Stefanasy, Fortinatasy, ary Akaiosy zaho. Nameno ny
tsy naha-teo anaré zaré ré. 18Fô namelombelogna ny fagnahiko sy ny anaré zaré ré. Ké noho izegny, fantaro ny
ôlogno karaha izegny.19Iré fiangonan'i Asia de magnano velôma aminaré. Akila sy Pritsila de magnano velôma
aminaré akô amin'ny Tompo, miaraka amin'ny fiangonagna izay akô amin'ny tany petrahanjaré ré. 20Ny rahalahy
jiaby magnano velôma anaré. Mifagnanôva velôma amin'ny ôroka masigna.21Izaho, Paoly, manôratra itô amin'ny
tanagnanahy. 22Kô misy ôlogno tsy tià ny Tompo, enga anie mbô ho voaozogna izy. Ho tônga, ny Tompontsika! 23Ho
aminaré anié ny fahasoavan'i Jesosy Tompo. 24Ho aminaré jiaby ny fitiavako akô amin'i Jesosy Kristy.
[Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talôha de magnampy hoe: "Amena." Fô ny vaovao maro hafa, akô anatin'izegny
ny ULB sy ny ny UDB, de mangala izegny.]

# 2 Corinthians

Chapter 1

1Paoly, apostoly raika an'i Kristy Jesosy tamin'ny sitrapôn'Andriamanitra, sy Timoty rahalahintsika, ho an'ny
fiangonan'Andriamanitra zay akô Korinto, ary ho an'iré mpino jiaby magnerana ny faritry Akay. 2Ho aminaré ane
ny fahasoavagna ary ny fiadanagna avy amin'Andriamanitra Babantsika sy Tompo Jesosy Kristy.3Ho deraigna ane
ny Andriamanitra sy Baban'ny Tompontsika Jesosy Kristy. Izy no Baban'ny famindram-pô jiaby sy Andriamanitry
ny fampiononagna jiaby. 4Andriamanitra de mampionogna antsika amiin'ny fahoriàntsika jiaby, ké mbô
ahafahantsika mampionogna iré zay akô agnaty fahoriagna. Antsika de mampionogna iré hafa karaha ny
fampiononagna zay nampiasain'Andriamanitra ampiononagna antsika.5Fô karaha ny hitomboan'ny fijaliàn'i
Kristy nohon'ny aminay, no hitomboan'ny fampiononagna anay koà amin'ny alalan'i Krisy. 6Fô kô nampahoriagna
zahay, izégny de ho amin'ny fampiononagna sy famonjegna anaré. Ary kô nampionogna zahay, izégny de ho
an'ny fampiononagna anaré. fampiononanaré de mandaitra kôfa manam-paharetagna hisara iré fijaliagna zay
mitôvy amin'ny fijalianay koà. 7Fô ny fahatokisanay mômba anarè de mahafantatra fô anaré koà de mizara iré
fijaliagna, anaré koà de mizara fampiononagna.8Fô tsy tianay anaré tsy ahafantatra, ry rahalahy, ny amin'iré
olagna manjo anay tagny Asia. Izahay de novezarana tanteraka mihoatran'izay tôkony ho zakanay, maro loàtra
ké tsy nanantegna ny hiaigna ela intsony zahay. 9Teo aminay tokoàtra ny fagnamelohana ho faty. Fô Izégny no
nahatônga anay tsy hametraka ny aké amin'ny tegnanay foagna, fô ndraiky amin'Andriamanitra zay
ampitsangana maty. 10Nagnavotra anay tamin'ny lôza mahafaty karaha izégny Izy, ké mbô hagnavotra ndraiky.
Zahahy de nametraka ny tokinay taminanjy fô mbola hagnafaka anay ndraiky Izy.11Izy de hagnano izegny satrià

anaré koà de magnampy anay amin'ny alalan'ny vavakaré. Ké maro avy aké no hagnamia fisaoragna amin'ny agnarany noho ny tombom-pahasoavagna namiagna anay tamin'ny alalan'iré vavaka ny maro.[12]Zahay de miréharéha amin'izô: fijoroàgna vavolombelogno ny amin'ny feon'ny fieritreretanay. Fô tamin'ny fikasagna madio sy fahatsoram-pô zay avy amin'Andriamanitra zay nitondranay ny tegnanay akô amin'izô tontôlo izô. Zahay de nahavita izégny jiaby izégny ké ny ankamaroany niaraka taminjaré—tsy tamin'ny fahendren'izô tontôlo izô, fô tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra. [13]Zahay de tsy nanôratra raha tsy ho voàvakinaré na ho azonaré. Zaho de manantegna fô, [14]satrià ianaré nahazo ny momba anay amin'ny ampahany, zahay de ho anton'ny réharéhanaré amin'ny andron'ny Tompontsika Jesosy, karaha anaré ho antony hiréharéhanay.[15]Satrià natoky ny momba izégny zaho, de te ho agny aminaré alôngany, mbô hahafahanaré mahazo tômbony amin'ny fitsidihagna roà. [16]Niomagna ny hamangy anaré kôfa takagny amin'ny lalàgnanahy ho agny Makedonia zaho. Ké avy také de mbôla nagniry hamangy anaré ndraiky zaho tamin'ny diàko avy tagny Makedonia, ké ny mbô hagnatèranaré anahy tegny amin'ny lalagnanahy ho agny Jodia avy akè.[17]Kôfa niheritreritra karaha izégny zaho, nisalasala vô zaho? Nanomagna iré raha irékaraha ny nofo vô zaho, mbô hivolanako ''Ià, ià'' sy ''Tsià, tsià'' amin'ny fotoagna ariky foagna? [18]Fô satrià Andriamanitra de mahatôky, atsika de tsy afaka ny hivôlagna ''Ià'' na ''Tsià.''[19]Fô ny Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy, zay nitoriàn'i Sylvanosy, Timoty ary zaho taminaré, de tsy ''Ià'' na ''tsià.'' fô Izy de nivôlagna foagna hoe ''Ià.'' [20]Satrià ny fampanantenan'Andriamanitra jiaby de ''Ia'' avokoa akô aminy. Ké amin'ny alalany kôa atsika de hivôlagna hoe: ''Amena'' ho an'ny voninahitr'Adriamanitra.[21]Ary Andriamanitra zay magnamafy anay aminaré akô amin'i Kristy, ké Izy no nagniraka antsika. [22]Izy de nignisy tombo-kase tamintsika ké nagnamia ny Fanahy ho akô am-pôntsika ho antok'izay mbola ho amiany antsika akô afarany.[23]Fô nagnantso an'Andriamanitra zaho, hijoro vavolombelogno ho anahy zay antony tsy nahatôngavako takô Korinto mbô hamindrako fô aminaré. [24]Izegny de tsy sagnatria noho izegny miezaka ny mamehy zay tôkony ho finoanaré. Fô ndraika, zahay de miara-miasa aminaré amin'ny fifalianaré, satrià anaré mijôro akô amin'ny finoanaré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1]Fô nanapa-kevitra ny tsy agnantogna anaré ndraiky ny tegnako amin'ny fotoam-pangirifiriagna. [2]Kô niteraka
alahelo anaré zaho, zôvy no afaka mampifaly anahy akoatran'ilay araika zay noratraiko foagna?[3]Nanôratra zaho
karaha natôko mbô tsy ho voaratran'iré zay tôkony nampifaly anahy kôfa tônga tagny aminaré. Zaho de managna
fahatokisagna ny aminarè jiaby fô ny fifaliako de fifaliagna mitôvy amin'ny anaré jiaby. [4]Fô nanôratra ho anaré
zaho avy amin'ny fahoriagna lehibe, miaraka amin'ny fangirifirian'ny fô, ké miaraka amin'ny ranomaso be. Tsy te
ampalahelo anaré zaho. Fô ndraiky, te hampahafantatra anaré ny alalin'ny fitiavagna zay anagnako ho anaré.
[5]Kôfa nisy ôlogno niteraka alàhelo, tsy niteraka izégny taminahy ndraiky izy, fô amin'ny endrika hafa—tsy
hagnitaragna latra izégny—aminaré jiaby. [6]Ampy ny fanasaziagna natôn'ny fôntry an'isa io ôlogno io. [7]Ké avaizo
kôfa tôkony ho fanasaziagna, anarè de tôkony hamèla hekoka sy hampionona ananjy. Atôvy izégny mbô tsy
handifotra ananjy amin'ny àlahelo fôntry loàtra.[8]Noho izegny mankahery anaré zaho mbô hagnamafy ampahibe-
maso ny fitiavanaré Ananjy. [9]Izegny no antony anoratako, amin'izay mbô mety hitsapako anare ké ahafantarako
na manaiky amin'ny raha jiaby anaré.[10]Kôfa mamela ôlogno anaré, mamela izegny ôlogno izegny kôa zaho. Zay
navelako—raha namela ny raha jiaby zaho—izegny famelagna izegny de fitiavagna anaré amin'ny fagnatrehan'i
Kristy. [11]Izegny de mbô tsy hamitahan'ny Satana zahay. Satria zahay de mahafantatra iré drafiny.[12]Nisôkatra ho
anahy ny varavaragna tamin'ny Tompo kôfa tônga takô amin'ny tanàgna fôntry an'i Troasy nitory ny filazantsara
an'i Kristy tagny. [13]Na izegny aza, tsy nanagna fiadanan-tsaigna zaho, satrià tsy nahita ny rahalahiko Titosy tagny.
Araka izegny, nandao izy iré zaho ké nandéha niverigna tagny Makedonia.[14]Fô fisaoragna ané ho
an'Andriamanitra, zay akô amin'i Kristy mitarika anay mandrakariva akô amin'ny fandresegna. Amin'ny
alalantsika de hapariakany na eza na eza ny hagnitra mamin'ny fahalalagna ananjy.. [15]Fô zahay de hagnitra
mamin'i Kristy an'Andriamanitra, na také amin'iré zay novonjegna sy také amin'iré zay ho foaty.[16]Ho an'ny ôlogno
zay ho foaty, izegny de hagnitra avy amin'ny fahafatesagna ho amin'ny fahafatesagna. Ho an'iré sanany zay
novonjegna, de hagnitra avy amin'ny fiainagna akô amin'ny fiainagna. Zôvy no mendrika amin'iré raha iré? [17]Fô
zahay de tsy mitôvy amin'iré ôlogno fôntry zay mivarotra ny tenin'Andriamanitra mbô ahazoagna tômbony. Fô
kôfa, amin'ny fahadiovam-pô, no hiresahanay amin'i Kristy, satrià nalefa avy amin'Andriamanitra zahay, takô
amin'ny fahitan'Andriamanitra.

## Chapter 3

1 Hanômboko hidera-tegna ndraiky vô zahay? Zahay de tsy mila iré taratasy fagnamarignana aminaré na avy
aminaré, karaha ny ôlogno sanany, mô tsy izegny? 2 Ny tegnanaré no taratasy fanagnamarignanay, zay voasôratra
akô am-pôntsika, zay fantatra ké vakian'ny ôlogno jiaby. 3 Anaré de maneho fô taratasy fagnambaragna avy amin'i
Kristy, zay namiantsika. izegny de tsy voasôratra tamin'ny ranomainty fô tamin'ny Fanahin'ilay Andriamanitra
velogno. Izegny de tsy voasôratra také amin'ny takela-bato, fô také amin'ny takelaky ny fôn'ny ôlombelogno. 4 Ké
izegny no toky zay anagnantsika akè agnatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy. 5 Atsika de tsy mahefa
amin'ny tegnantsika mbô handray na ino na ino zay avy amintsika. Fô kôfa, ny fahefantsika de avy
amin'Andriamanitra. 6 Andriamanitra no nagnano antsika mbô ho mpanompon'ny fagnekegna vôvô. Izegny de
fagnekegna tsy avy amin'ny sôratra fô an'ny Fanahy. Fô ny sôratra mamôno, ké ny Fanahy magnamia aigna. 7 Ké ny
asa zay niteraka fahafatesagna - de vôsôratra také ambonin'ny vato - de tônga tamim-bôninahitra lehibe ké ny
vahôkan'Israely de tsy afaka nibanjigna ny tavan'i Mosesy. Izegny de noho ny vôninahitry ny tavany, ny
vôninahitra zay nihalevogna. 8 Ho vôninahitra lehibe karakôry ny asa zay atôn'ny Fanahy? 9 Fô Kô nanagna
voninahitra ny asan'ny fagnamelohagna, de ho karakôry ny fitomboan'ny voninahitry ny asan'ny fahamarinagna!
10 Satrià tokoà, zay namiagna voninahitra indraika mandehà de tsy hanamboninahita intsony amin'izègny fômba
izégny, noho ny voninahitra zay mampitombo izégny. 11 Fô kô izay nandalo foagna no anagna voninahitra, de tsy
hanagna voninahitra mihoàtra noho izégny vô zay maharitra! 12 Satrià managna toky karaha izegny atsika, de sahy
tokoà. 13 Atsika de tsy karaha an'i Mosesy, zay nagnarogna ny tavany tamin'ny voaly, mbô tsy hahafahan'ny
vahoàkan'Israely mizaha ananjy mivantagna amin'ny fiafaran'ny voninahitra zay nandalo foagna. 14 Fô ny sainjaré
ré de donto. Na de mandrak'ankehitriny izégny voaly izégny de mbôla mijanogna aké amin'ny famakiagna ny
fagnekegna talôha. Tsy misôkatra izégny, satrià akô amin'i Kristy foagna izégny no esorigna. 15 Nefa na de avaizo
aza, na rahoviagna na rahoviagna no vakiana ny lalàn'i Mosesy, de magnarogna ny fonjaré ré ny voaly. 16 Nefa kô
mitodika amin'ny Tompo ny ôlogno, de esorigna ny voaly. 17 Ary ny Tompo de Fanahy. Zay misy ny Fanahin'ny
Tompo, de misy fahafahagna. 18 Ké atsika jiaby, tsy misarom-boaly, de mahita ny voninahitry ny Tompo. Atsika de
efa vôvô ho akô amin'ny voninahitra mitovy zay avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra, zay avy
amin'ny Tompo, zay tsy zay fô ny Fanahy.

Chapter 4

1 Noho izégny, satrià zahay magnano izégny asa fanompoagna izégny, ké vô nahazo famindram-pô, de kivy zahay.
2 Fô kosa, tsy nikeny iré fomba mahamegnatra sy miafina. Tsy miaigna amin'ny fitaka zahay, ké mampiasa
marigna ny tenin'Andriamanitra. Amin'ny fanehoagna ny marigna, zahay de mandidy ny tagnanay ny amin'ny
feon'ny fieritreretan'ny ôlogno mbô ho entigna aké imason'Andriamanitra. 3 Fô kôfa vôsarogna ny filazantsaranay,
izégny de ho vôsarogna amin'iré zay naty irery foagna. 4 Amin'ny toe-draha mitranga aminjaré ré, ny
andriamanitr'izao tôntolo zao nahajamba iré saina tsy minon-jaré ré. Vokatry izegny, tsy afaka mahita ny
fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy zaré ré, zay endrik'Andriamanitra. 5 Fô zahay tsy manambara ny
tegnanay, fô i Kristy Jesosy karaha ny Tompo, ké ny tegnanay karaha ny mpanomponaré nohon'ny amin'i Jesosy.
6 Fô Andriamanitra de lay araika zay nivôlagna hoe: ''Ny fahazavana hamiratra akô amin'ny haizigna.'' Zaré
namiratra takô am-pônay, mbô hagnamià ny fahazavan'ny fahalalagna ny voninahitr'Andriamanitra aké amin'ny
fanatrehan'i Jesosy Kristy. 7 Fô zahay managna izégny hariagna izégny akô agnaty tavoara tanimanga, mbô hazava
fô ny hery lehiby mihotra lavitra de an'Andriamanitra fô tsy anay. 8 Ampahoriagna amin'ny fômba jiaby zahay, fô
tsy resy. Very hevitra zahay fô tsy feno famoizam-pô. 9 Enjehina zahay fô tsy nilaozagna. Vonoigna zahay fô tsy
rava. 10 Mitondra aké amin'ny tegnanay ny fahafatesan'i Jesosy hatragny zahay, amin'izay ny fiaignan'i Jesosy
foagna kôa de hiseho aké amin'ny tegnanay. 11 Zahay zay velogna de mitondra hatragny akô amin'ny vatanay ny
fahafatesan'i Jesosy, amin'izay ny fiaignan'i Jesosy de hiseho aké amin'ny vatanay olombelogno. 12 Noho izegny ny
fahafatesagna de miasa akô amintsika, fô ny fiainagna miasa akô aminaré. 13 Fô zahay managna fanahin'ny
finoana mitôvy araka zay voasoratra hoe: 14 ''Nino zaho, ary de nivôlagna zaho.'' Mino foagna koà zahay, ké de
nivôlagna foagna koà zahay. Fantatray fô lay araiky zay nanangagna ny Tompo Jesosy de hanangagna antsika
foagna koà miaraka amin'i Jesosy. Fantatray fô hitôndra anay miaraka aminaré akô amin'ny fagnatrehany Izy.
15 Ny raha-jiaby de ho anaré, mbô araka ny fahasoavagna voapariaka tamin'ny ôlogno fôntry, no hitomboan'ny
fagnomezam-pisaoragna akô amin'ny voninahitra. 16 Noho izegny de tsy ho kivy zahay. Na de malemy ivelany aza
zahay, de havaozigna isan'andro isan'andro ny akô agnatinay. 17 Fô amin'izô andro mandalo zô, ny fahoriagna
maivagna de magnomagna anay ho amin'ny lanjan'ny voninahitra maharitra mandrakizay zay mihoatra ny
fandaniagna jiaby. 18 Fô atsika tsy mizaha raha zay hita, fô mety raha tsy hita. Iré raha zay mety hitantsika de tsy
maharitra, fô iré raha zay tsy hita de maharitra mandrakizay.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 5

[1]Fantantsika fô kôfa rava ny fonenagna aketo an-tany zay ipitrahantsika, de managna tragno avy
amin'Andriamanitra atsika. Izégny de tragno tsy natôn'ny tagnan'ôlombelogno, fô tragno mandrakizay, agny an-
dagnitra. [2]Fô aketo amin'itô tragno-lay itô atsika no misento, magniry mafy ny hitafy ny fipitrahantsika agny an-
dagnitra. [3]Magniry mafy izégny atsika satrià amin'ny fanaovantsika izégny de tsy ho hita mitandraka atsika.[4]Fô
kôfa mbôla aketo amin'itô tragno-lay itô tokoà atsika, de misento, mavesatr'entagna. Tsy tenhitanjaka atsika. Fô
kôfa, te hitafy atsika, mbô ho atelin'ny fiainagna zay mety naty. [5]Lay araika zay nagnomagna antsika ho
amin'izégny raha izégny indrindra de Andriamanitra, zay nagnamia antsika ny Fanahy ho fagnambaragna zay ho
avy.[6]Noho izegny de mahatokià hatragny. Tôngava saigna fô kôfa akô an-dragno amin'ny vatagna atsika, de lavitra
ny Tompo. [7]Fô mandihana amin'ny finoagna atsika, fô tsy amin'ny fahitagna. [8]Noho izégny de managna
fahatokiagna atsika. Aleontsika lavitry ny vatagna fô akô an-tragno miaraka amin'ny Tompo.[9]Ké de atôtsika
tanjogna izégny, na agny an-dragno atsika na lavitra izégny, mbô hahafinaritra Ananjy. [10]Fô atsika jiaby de tsy
maintsy hiseho aké alôhan'ny seza fitsaràn'i Kristy, mbô mety ahazoan'ny tsirairaiky zay mifanaraka amin'iré
raha vita takô amin'ny vatagna, na ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy.[11]Noho izégny, ny fahafantaragna ny
tahotra ny Tompo, no handresentsika lahatra ny ôlogno. Ny maha atsika antsika de hitan'Andriamanitra mazava.
Antenaiko fô mazava amin'ny feon'ny fieritreretanaré foagna koà izégny. [12]Tsy miezaka ny handresy lahatra
anaré ndraiky zahay mbô hijery anay karaha ny mahitsy fô. Fô ndraiky, magnamia antony ho anaré hirehareha
nohon'ny aminay zahay, mbô hanagnanaré valin-teny ho an'ire zay mirehareha ny amin'ny endrika ivelany fô tsy
ny amin'izay akô am-pô.[13]Fô kôfa very saigna zahay, de ho an'Andriamanitra izégny; ary kôfa tônga saigna tsara
zahay, de ho anaré izégny. [14]Fô ny fitiavan'i Kristy no manery anày, satrià azonay antoka ny hoe: nisy ôlogno
araiky naty ho an'ny jiaby, ké noho izégny de naty ny jiaby. [15]Naty Izy ho an'ny jiaby, mbô tsy ho velogna ho an'ny
tegnanjaré rè intsony iré zay velogna fô ho Ananjy zay naty ké natsangagna nohon'ny fitiavagna ananjy iré.
[16]Noho izégny antony izégny, manomboka zô de tsy mitsara na zôvy na zôvy araky ny fômban'ny ôlombelogno
atsika, na de efa nizaha an'i Kristy karaha izégny aza atsika talôha. Fô avaizo atsika de tsy mitsara na zôvy na
zôvy karaha izégny koà. [17]Noho izégny, raha misy ôlogno akô amin'i Kristy, de ôlom-bôvô izy. Efa lasa irè raha
talôha. Indré, fô efa tônga vôvô izy iré.[18]Iré raha jiaby iré de avy amin'Andriamanitra. Nampihavagniny tamin'ny
tegnany tamin'ny alalan'i Kristy atsika, ké nagnamia antsika ny asa fanopoan'ny fihavanagna. [19]Izégny hoe, akô
amin'i Kristy Andriamanitra no mampihavagna zao tôntolo zao amin'ny tegnany, tsy magnisa ny fahadisoanjaré
ré aminjaré ré. Nankinigny taminày ny hafatry ny fampihavanagna.[20]Koà vôtendry ho mpisolon-tegnan'i Kristy
zahay, karaha hoe amin'ny alalanay no hanaovan'Andriamanitra ny fiantsôny. Miangavy anaré zahay, noho i
Kristy: ''Mihavàgna amin'Andriamanitra!'' [21]Natôny tônga sôrogno ho an'ny fahotantsika Kristy. Izy lay Araiky zay
tsy nanôta mihitsy. Natôny izégny mbô ho tônga fahamarignan'Andriamanitra akô aminy atsika.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

[1]Miara-miasa aminanjy, zahay foagna koà de mamporisika anaré tsy handray ny fahasoavan'Andriamanitra
fahatany. [2]Fô nivôlagna izy hoe: ''Tamin'ny fotoagna mety de naregny anaré Zaho, ké tamin'ny andron'ny
famonjena de nagnampy anaré Zaho. Zahavo, avaizo no fotoagna mety. Zahavo, avaizo no andron'ny famonjegna.
[3]Tsy mametraka vato fagnafitohignana aké agnoloanjôvy na zôvy zahay, fô zahay tsy magniry ny haharatsy laza
ny asa fanompoanay.[4]Fô kôfa, zahay de magnaporofo ny tegnanay amin'ny asanay jiaby, fô
mpanompon'Andriamanitra zahay. Zahay no mpanompony amin'ny fiaretagna be, fahoriagna, fahatiriagna,
fahasarôtagna, [5]iré vango, fagnagadragna, fikomiagna, amin'ny asa mafy, amin'iré aligna tsy misy torimaso,
amin'ny havasilôgna, [6]amin'ny fahadiovagna, fahalalagna, faharetagna, fahatsoram-pô, amin'ny Fagnahy
Masigna, amin'ny tegna fitiavagna. [7]Zahay no mpanompony akô amin'ny tenin'ny fahamarignana, akô amin'ny
herin'Andriamanitra. Zahay de managna ny fiarôvan'ny fahamarinagna ho an'ny tagnana havanagna ndraiky
havia.[8]Zahay de miasa amin'ny voninahitra sy amin'ny fahafam-baraka, amin'ny fagnaratsiagna ndraiky
fideragna. Zahay de vômpanga ho mpamitaka kanefa zahay de marigna. [9]Zahay de miasa karaha iregny tsisy
mahafantatra iregny kanefa zahay de mbôla fanta-daza. Miasa karaha ny ho foaty zahay-jeré-mbôla miaigna
zahay. Miasa zahay karaha ny saziagna nohon'ny asanay nefa tsy karaha ny vôheloka ho foaty. [10]Zahay de miasa
karaha ny malahelo, kanefa de mifaly lalandava. Zahay de miasa karaha ny mahantra, kanefa de mampanan-
kariagna ôlogno fôntry zahay. Miasa karaha ny tsy managna na ino na ino zahay kanefa karaha ny managna ny
raha jiaby.[11]Zahay de nivôlagna ny marigna jiaby taminaré, ry Korintiana, ké ny fônay de misôkatra malalaka.
[12]Ny fônaré de tsy nofihezinay, fô anaré no namehy iré fihetseham-pônarè manôkagna. [13]Ké ho valiny ara-drariny-
mivôlagna aminaré karaha ny amin'ny zaza aho-voay halalaka ny fônaré.[14]Aza mifamatotra amin'iré tsy mpino.
Fô ino no iraisan'ny fahamarinagna ndraiky fandikan-dalàgna? Fô ino no iarahan'ny mazava amin'ny maizigna?
[15]Ino no mety ho fifanarahagna aké amin'i Kristy sy Beliala? Na ino no tôkony anjara anagnan'ny mpino araiky sy
amin'ny tsy mpino araiky? [16]Ké ino no fifagnarahagna misy aké amin'ny tempolin'Andriamanitra ndraiky sampy?
Fô atsika de tempolin'Andriamanitra velogno, araka ny efa novolagnin'Andriamanitra hoe: ''Hipetraka aké
aminjaré ré Zaho ké handeha aké aminjaré ré. Zaho de ho Andriamanitr'izy ré ké Izy iré de ho ôloko.''[17]Noho
izégny, ''Miboaha hiala aké aminjaré ré, ké mitokagna,'' ahozy ny Tompo. ''Aza mikasika raha maloto, ké Zaho
handray anaré. [18]Zaho de ho Baba ho anaré, ké anaré ho zanako lahy sy ho zanako viavy,'' ahozy ny Tompo
Tsitoha.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 7

[1]Iré malalako, hatramin'ny nanagnantsika iré teny fikasagna de ôka atsika hagnadio ny tegnantsika amin'ny raha-
jiaby zay mahatônga fahalotoagna aké amin'ny vatagna sy fagnahintsika. Oka atsika hikatsaka ny fahamasinagna
amin'ny fatahoragna an'Andriamanitra.[2]Raiso zahay! Fô tsy nagnano ratsy taminjôvy na zôvy. Tsy nandratra na
nagnararaotra na zôvy na zôvy zahay. [3]Tsy hagnameloko anaré no hivolagnako zao. Fô efa novolagnako fô atô
ampônay anaré, fô miara-maty ké miara-velogno atsika. [4]Managna fahatokisagna fôntry anaré zaho, kè mipoera
nohon'ny aminaré. Feno fampiononagna zaho. Mitômbatômbaka ny hafaliako na de aké aza ny fampahoriagna
jiaby.[5]Kôfa tônga tagny Makedonia zahay, tsy hanam-pitsaharagna ny tegnanay. Noho izégny, ory tamin'ny fômba
jiaby zahay nohon'ny fifandiragna tagny ivelany, ndraiky tahotro takô agnaty. [6]Fô Andriamanitra, zay
mpampahery ny kivy, nampahery anay tamin'ny fahatongavan'i Titosy. [7]Tsy tamin'ny alalan'ny fahatongavany
koa no hampaherezan'Andriamanitra antsika. Fô tamin'ny fampaherezagna zay noraisin'i Titosy avy aminaré.
Mivôlagna antsika izy ny amin'ny haben'ny fitiavanaré, ny alahelonarè, ké ny fiahianaré ahy laligna. Kè hifaly
mandrakizay zaho.[8]Na de nampalahelo anaré aza ny taratasiko, de tsy nampanegnigna anahy izégny. Fô
nanegnigna tamin-jégny zaho kôfa nahita fô nampalahelo anaré ny taratasiko. Fô nalahelo nandritra ny fotoagna
fohy anaré. [9]Avaizo de faly zaho, tsy hoe satrià ory anaré, fô satrià ny alahelonaré no nitôndra anaré ho amin'ny
fibebahagna. Anaré de niaigna ny fahoriagna akô amin'Andriamanitra, koa tsisy very ny nijalianaré ho anay. [10]Ny
fahoriagna akô amin'Andriamanitra de mitondra amin'ny fibebahagna ny mbô hahatanteraka ny famonjegna
tsisy fanegnenagna. Na izégny aza, ny alahelon'izô tontôlo zô, de mitondra fahafatesagna.[11]Zahavo ny vokatrin'ny
hamaventin'ny fikirizanaré tamin'ny fahoriagna akô amin'Andriamanitra. Maventy tokoà ny hamaventin'ny
fikirizanaré takô aminaré mbô hagnaporofoagna fô tsy manan-tsiny anaré. Maventy tokoà ny hamaventin'ny
fahatezeranarè, ny tahotraré, ny alahelonaré, ny zotom-pônaré, ké ny fagnirianaré ahita ny fahamarinagna zay
tôkony atô! Amin'ny raha-jiaby de nagnaporofo tamin'ny tegnanaré anaré mbô tsy ho meloko amin'izégny
raharaha izégny. [12]Na de nanôratra tamin'iré aza zaho, Zaho de tsy nanôratra ho an'iré mpagnano ratsy, na ho
an'ny araiky zay miharitra ny ratsy. Nanôratra zaho mbô tôkony hampahafantaragna ny fahazotoanaré také
aminay aké agnatrehan'Andriamanitra.[13]Tamin'ny alalan'izégny no nampaherezagna anay. Mihoatra nohon'ny
fampaherezagna zay efa anagnanay, niho-papagna ny fifaliany nohon'ny fifalian'i Titosy, satrià ny fanahy de
velombelogno noho ny aminaré jiaby. [14]Kôfa takô ké nirehareha taminanjy ny momba anaré zaho, de tsy mbô afa-
baraka zaho. Mifagnohitra amin'izégny, iré raha jiaby zay noteneninay taminarè de marigna avokoà, ny
fireharehanay momba anaré tamin'i Titosy de vôporofo fô marigna.[15]Ny fitiavanay anaré de lehibe tokoà, karaha
ny nahatsiarovanay ny fagnikianaré jiaby, endrey ny fandraisanaré azy tamin'ny tahotro sy hovitra. [16]Faly zaho
satrià managna fahatokiagna tanteraka taminaré.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 8

[1]Tianay ho fantatraré, ry rahalahy, ny momban'ny fahasoavan'Andriamanitra zay namiagna takô amin'iré
fiangonan'i Makedonia. [2]Nandritran'ny fitsapagna maventy amin'ny fahoriagna, ny fitobaky ny hafaliagna
ndraiky fara-fahantranjaré ré de niteraka haren-dehiben'ny falalan-tanagna.[3]Satrià mijôro vavolombelogno zaho
fô nagnano be arak'izay vitanjaré ré, ké mihoàtra an'izay vitany aza. Ké tamin'ny sitrapônjaré ré manôkagna [4]sy
niaraka tamin'ny fitalahoagna mafy no nangatahinjaré ré taminay ny fahafahagna mbô hanagna anjara amin'itô
asa fanompoagna aké amin'iré mpino itô. [5]Tsy niseho arak'izay nantenainay izégny. Fô kôfa, nagnolotra ny
tagnany mialôha tamin'Andriamanitra zaré ré ké nagnolo-tegna ho anay zaré ré tamin'ny
sitrapôn'Andriamanitra.[6]Kè namporisika an'i Titosy zahay, zay efa nanômboka an'izégny asa izégny, mbô
hagnantanteraka ny fahasoavagna aké aminaré. [7]Fô anaré ndraiky de manan-kariagna amin'ny raha jiaby,
amin'ny finoagna, amin'ny vôlagna, amin'ny falalagna, amin'ny fahazotoagna jiaby, ké amin'ny fitiavanaré anay.
Koà atôvy azo antoka mbô hanan-kariagna amin'izégny asa fahasoavagna anaré. [Ny ULB ndraiky UDB, miaraka
amin'iré dika-vôlagna maro hafa, de mivaky karanjô: ''Akô amin'ny fitiavanà anay.'' Ny dika-vôlagna hafa de
mivaky karanjô: ''Ké akô amin'ny fitiavanay anaré'']][8]Tsy mivôlagna izégny karaha ny didy zaho. Fô ndraiky,
mivôlagna izégny zaho amin'ny fitsapagna ny fahamarignan'ny fitiavanaré amin'ny fampitahagna izégny amin'ny
zôtom-pôn'ny ôlogno hafa. [9]Satrià fantanandré ny fahasoavan'ny tompontsika Jesôsy Kristy. Ké na nanan-
kariagna aza izy, de lasa maskiny noho ianaré, koà amin'ny alalan'ny fahantranaré no manjary hazahoà naré
hariàgna.[10]Amin'izégny résaka izégny de hagnome toro-hevitry anaré izaho izay hagnampy anaré. Herintôgna
lasa izay, de tsy nanomboko nagnano raha fotsiny anaré, fô nagniry ny magnano izégny. [11]Niany vitao izégny,
karaha ny nisian'ny zôtom-pô sy ny fagniriagna hagnano izégny, de énga anie hagnatantéraka izégny koà ianaré,
arak'izay azonaré hatô. [12]Satria raha magniry mafy ny hagnano izégny asa izégny ianaré,de raha tsara sy azo
ekegna izégny.Tsy maintsy mifôtotro amin'izay hananan'ny ôlogna iray izégny, fô tsy izay tsy anagnany.[13]Fô izény
asa izégny de tsy mbô hagnamévagna ny hafa ké hagnavésatra anaré. Fô koà, tokony hisy rariny. [14]Ny haregna
naré amin'izô fotoàgna izô de hagnome izay ilain'jaré ré. Ké izégny koà de mbô hagnomezan'ny hariagnan'jaré ré
izay ilainaré. Ké mbô agnomezan'izy iré ny rariny [15]araka izay éfa voasôratra hoe: ''Ilay arèky izay nanagna
fontry de tsy nanagna ambiny, ké ilay arèky izay nanagna ny hely de tsy nanagna ny tsy ampy.[16]Fô
an'Andriamanitra ny fisaoragna, izay namètraka ny tiako am-pôn'i Titosy ny faharoizagna izay anako aminaré.
[17]Fô izy tsy nagneky foagna ny antsontsika, fô tègna matotra ny amin'izégny ihany koà. Nagnatogna anô tamin'ny
sitrapony manôkagna izy.[18]Naléfanay izy niaraka tamin'ilay rahalahy izay noderaigny také anténtégnan'ny
fiangonana jiaby noho ny asany izay mitôry ny filazantsara. [19]Tsy izégny ihany, fô izy ihagny kô de notendren'iré
fiangognagna mbô handeha hiaraka aminay hitondra izao asan'ny fahalalan-tagnagna izao. Izégny de ho an'ny
voninahitr'izy Tompo ary ho an'ny fanirianay hanampy.[20]Mitandrigny izahay ny amin'ny mety hisiàn'ny ôlogna
mitaraigny mômbanay mahakasikan'io asa fahalala-tagnana zay hataonay io. [21]Ké mila mitandrigny zahay mbô
hagnano ny mendrika, fô tsy aké anatrehan'ny Tômpo araiky foàgna, fô aké alôhan'ny ôlogna koa.[22]Mandefa
rahalahy araiky hafa fôagna koà zahay miaraka aminjaré iré. Matetika zahay no nitsapa ananjy, ké nahita ananjy
mafana fô tamin'ny asa maro. Mazoto kokoà izy izao avaizo noho ilay fahatokisagna lehibe zay anagnanay
aminaré. [23]Kô ny amin'i Titosy, izy no kamaradiko sy mpiara-miasa amiko ho anaré. Izy kô ny amin'ny
rahalahinay, de nalefan'iré fiangonagna zaré ré. Voninahitra ho an'i Kristy zaré ré. [24]Kô asehoy ananjy iré ny
fitiavanaré, koà asehoy amin'ny fiangonagna ny anton'ny fireharehanay momba anaré.

## Chapter 9

[1]Mikasika ny asa fanompoagna ho an'ny mpino, tsy tegna ilaiko ny manôratra ho anaré. [2]Haiko ny mômba ny
fanirіànaré, zay ireharehako amin'ny ôlon'i Makedonia. Nivolagniko anjaré iré fô akaia de efa vonogna
nanômboka tamin'ny taogno lasa. Ny zotom-pônaré no hanosika ny ankamaroà-njaré ré hiasa.[3]Ké nasaiko ny
rahalahy mbô tsy ho zava-poagna ny fireharehantsika mômba anaré, ary mbô ho vôgnona anaré, karaha ny efa
nivolagniko ho anaré. [4]Kô tsy' izény, izikoà misy Makedoniana fôntro miaraka aminahy ké mahita anaré mbôla
tsy vonona, de ho ménatra antsika-tsy mivôlagna na ino na ino mômba anaré zaho-noho ny fahatokisagna anaré.
[5]Ké mieritreritra zaho fô ilaigna ny mamporisika iré rahalahy hankagny aminà ké hagnano fifanarahana mialôha
ny amin'ny fanomezagna efa nampanantenainà. Izégny de ahafahagna mivôgnona karaha ny fitahiagna, fô tsy ny
raha tsy azo ekégna.[6]Ny tegna izy de ity: Ny araiky izay mamafy hely de hijinja hely indraiky koa, ary ny araika
izay mamafy amin'ny tanjom-pitahiagna de hijinja fitahiagna ndraiky koà. [7]Ambilao ny tsiraikaraika hagnome
araka izay efa narafitra ny takô am-pony. Aza ambéla magnome fahoriagna na fagneriteregna izy. Fô ny
mpagnome am-pifaliagna no tian'Andriamanitra[8]Ary Andriamanitra de afaka mampitômbo ny fitahiagna ho anô,
mbô, amin'ny raha jiaby, de afaka hahazo izégny ilainaré jiaby mandrakariva anaré. Izégny no misy de mbô
afahanare magnatômbo ny asa soa anaré. [9]Izégny de araka ny vôsoratra hoe: "Nozaraigna irè haregnany ary
nagnamia ananjy iregny ho an'ny mahantra. Maharitra mandrakizay ny fahamarignany."[10]Izy izay mamatsy
ambeoka ho an'ny mpambôly izay mamafy sy ny môfo ho an'ny sakafo, de hamatsy sy hampitômbo ny ambeo ka
nô ndraiky koà ho amin'ny famafazagna. Hampitômbo ny vokatry ny fahamarignanô izy. [11]Hahazo hariàgna
amin'ny fômba jiaby anô mbô ahatônganô ho malala-tagnana. Izégny de hitôndra fanehôam-pisôragna
an'Andriamanitra amin'ny alalanay.[12]Ny fagnatanterahagna io asa fagnompôagna io de tsy vitan'ny hoe mahafeno
ny raha ilain'ny mpino fôagna ihany. Mitomboa ihany koà izégny amin'ny asa fagnamiazagna fisôragna
an'Andriamanitra fôntro. [13]Fô noho ny fitsapagna anaré izay vôporôfo amin'io asa io, de hagnamia voninahitra
an'Andriamanitra koà anaré amin'ny fankatoavagna ny fibaboagna naré amin'ny filazantsaran'i kristy. De
hagnamia voninahitra an'Andriamanitra koà anaré amin'ny fahalalantagnanaré amin'ny fagnomezagna ho an'izy
iré ndraiky ôlo jiaby. [14]Magniry anô izy iré, ary mivavaka ho anô izy iré. Manô izégny izy irè nôho ny
fahalehibiazagna ny fahasoavagna an'Andriamanitra akô aminô. [15]Ho an'Andriamanitra anie ny sôtra noho ny
fagnomezagna ny tsy hay ikoragnina!

Chapter 10

[1]Izaho, Pôly, miangavy anaré ny tegnako, amin'ny fanetretégna sy hamoram-pagnahin'i Kristy. Malemy fagnahy
za réfa akeo amin'ny fagnatréhanare, néfa sahy ny aminaré za réfa tsy akeo. [2]Mangataka aminaré za, réhéfa
miaraka aminaré za, tsy mila sahy amin'ny fahatokisan'tégna. Néfa za mieritreritra fo mila masahy manôhitra iré
izay mievitra fô antsika de miaigny araka ny nôfo.[3]Fô na izégny aza de mandeha araka ny nôfo izahay, tsy miady
araka ny nofo. [4]Fô ny fiadiagna izay iadianay de tsy ara-nôfo. Nôho izégny, managna hery avy agny an-dagnitra
iré mbô hamotéhagna ny fagnahy ratsy. Fo tsy mitondra na ino na ino ny hevim-pitaka njaré ré[5]Ho simbaintsika
ndraiky koà irè raha agnambo izay manangagna fanoheragna ny fahalalagna an'Andriamanitra. Fo mievitra ny
hagnababo ny tsiraikaraika amin'ny fankatoavagna an'i Kristy antsika. [6]Ary miômagna amin'ny sazy ny fihetsika
tsy fankatoavagna jiaby antsika, vantagny vô tanteraka ny fankatoavagna naré.[7]Zahavo mazava izay eo
alöhanare. Fo na zôvy na zôvy no resy lahatra fo izy no Kristy, ôka hampatsiahy ny tégnany izy fo izy tokoàtra de
Kristy, de kara izégny kôa antsika. [8]Ya fo na de miréharéha kely aza za mômban'ny fahifantsika, izay namian'ny
Tômpo antsika mbô hananganagna ary tsy hanimba anaré, tsy ho mégnatra za.[9]Tsy tiàko izégny hampihôrohoro
anaré amin'ny alalan'ny taratasiko. [10]Fo ny ôlogna sasany nivôlagna hoe: "Matotra sy mahery ny taratasiny, anéfa
malemy ara-vatagna izy. Tsy mendrika ho tandrignesigna ny koragnany."[11]Ôka ny ôlogna karaha n'irégny
hafantatra fo irè teny akô amin'ny taratasinaï tamin'ny fotôagna tsy nahatakéo anay de mampiseho ny asa tôkony
hatônay réfa tônga akagny zahay. [12]Tsy mandéha lavitra zahay na mampitôvy ny tégnanay amin'iré izay midôka-
tegna. Fo izikôa mandrefy ny tégnany amin'ny hafa, de ho mailo.[13]Antsika, na de izégny aza, tsy hiréharéha
mihôatra ny tôkony ho izy. Fo kôsa, atônay ihany izégny izay fetrany araka ny nanéndren'Andriamanitra anay,
fétra izay mahakasika anaré. [14]Fo tsy mitandrigna ny tégnany izahay réfa tônga takégny aminaré. Izahay no tônga
vôlongany hatragny aminaré niaraka tamin'ny filazantsaran'i Kristy.[15]Tsy niréharéha mihôtra ny fétra antsika ny
mômban'ny asan'ny sasany. Néfa kôza, antenainay fo mbô hitombo ny finôagnanaré amin'ny asa maventy
miandry ny tsiraikaraika, ary samy amin'ny fétrany avy. [16]Fo izaô no antenainay, mbô ahafahanay mitôry ny
filazantsara na de agny amin'ny toéragna lavitra anaré aza. Tsy hiréharéha mômba ny asa efa vita tagny amin'ny
faritra hafa antsika.[17]"Néfa ôka ny araika izay miréharéha, hiréharéha ao amin'ny Tômpo." [18]Fô tsy le araiky izay
manôlotra ny tégnany no ankatôavigna. Néfa kôza, aoka le araiky izay namiagna ny Tômpo.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

# Chapter 11

[1]Magniry za mbô ahafahanaré maméla anahy hanô fahadalagna hély sasany. Fo tégna maméla anahy tokôa
anaré! [2]Fô saro-piaro ny mômba anaré za. Managna fahasarotam- piaro araka an'Andriamantra aminaré za,
hatramin'ny nagnamiazako toky anaré tô amin'ny fanambadiagna ho an'ny vady araiky ihany. Nagnamia toky za
ny hanôlotra anaré karaha ny virijiny madio ho an'i Kristy.[3]Fo matahotra za saode, karaha ny namitahan'ny
ménaragna an'i Eva tamin'ny alalan'ny hafitsiagnany, ny eritreritraré de mety hiàla amin'ny fanolôran-tégna
amin-kitsimpô ndraiky madio amin'i Kristy. [4]Fo eritrereto hoe misy ôlogna araiky tônga hitôry Jesosy hafa nôho le
araiky toriantsika. Na eritrereto hoe mandramby Fagnahy hafa nôho izay raisinarè ianaré. Na eritrereto hoe
mandramby filazantsara hafa nôho le araiky izay noraisinaré anaré. Maméla irégny raha irégny tsara ihany
anarè![5]Satrià meritreritra za fo tsy farany ambany nôho iré lazaigna fo hoé apostôly ambônу. [6]Fa na de tsy
nizaragna nandaha-koragna aza za, de nizarigna tamin'ny fahalalagna. Tamin'ny fômba jiaby sy tamin'iré raha
jiaby de natônay ho fantatraré izagny.[7]Angaha nanota mô za tamin'ny fanétren-tégnako mbô hisandratanaré? Fo
nitory ny filazantsaran'Andriamanitra maimaimpôgna ho anaré za. [8]Nandrômba iré fiangonagna hafa za
tamin'ny alalan'ny fagnikiagna fanohanagna avy amin'izy iré mbô ahafahako manômpo anarè. [9]Réhéfa niaraka
taminarè za sy nila fagnampiagna, de tsy nagnavésatra na zôvy na zôvy. Fo iré raha nilaiko de namiàn'irè
mpirahalahy izay tônga avy agny Makedonia. Tamin'ny raha jiaby de nitandrigna ny tégnako tsy ho enta-
mavesatra aiminaré za, ary hanôhy hagnano izégny.[10]Izikôa akato Aminahy ny fahamarignan' i Kristy, de tsy
hangina izégny firéharéhako izaigny agny amin'ny faritr'i Akaia. [11]Nagnino? Satrià tsy tiàko maï anarè?
Andriamanitra mahay.[12]Ary ny raha atôko de mbôla ho atôko ihany, mbô mety afahako magnala ny fitaraignana
nôhon'ny fanakianagna anahy sy ny fitaraignana nôho iré izay tian'izy iré hiréharehagna- fo izy iré de hita manô
asa mitôvy amin'izay atônay. [13]Fo ny ôlogna karaha izégny de apôstôly sandoka sy mpiasa mamitaka. Izy iré de
magnano sarintsarin'ny tégnany. Karaha ny apostôlin'i Kristy.[14]Ary izégny de tsy mahagaga, fo na ny satana asa
mampiseho ny tégnany karahà ny anjelin'ny fahazavagna. [15]Tsy mahagaga intsony izikôa mampiseho ny
tégnan'izy iré karaha ny mpanômpon'ny fahamarignana iré mpanômpony. Ny anjaran'izy iré de izay méndrika
ny asan'izy iré.[16]Koragniko indraiky hoé: "Aza ambéla hisy hieritreritra hoe adala za. Fo raha magnano izaigny
anaré, de raiso karaha ny adala za ké mbô hiréharéha hély. [17]Izay koragniko mômba ity fahatokigna miréharéha
ity de tsy araka ny koragnin'ny Tômpo, fo mivôlagna karaha ny adala za. [18]Fo éfa fôntro ny ôlogna no miréharéha
araka ny nôfo, de hiréharéha ndraiky kôa za.[19]Nagnaiky am-pifaliagna iré adala anaré. De hoé hendry ny
tègnanaré! [20]Fô mandefitra amin'ny ôlogno ianaré raha magnandevo anaré, mandray ny tegnany ho ambôny
nôho anarè, na izikôa mamango tefantsofigna anaré izy. [21]Ho koragniko amin'ny fahafaham-barakanay fô
malemy loàtra izahay tamin'ny fanôvagna izégny. Izikôa misy miréharéha de mikoragna karaha fôka za - Izaho
ihany kôa de hiréharéha.[22]Hebreo mô izy iré? Izaho ndraika kôa. Israelita mô izy iré? Izaho ihany koà. Taranak'i
Abrahama mô izy iré? Izaho ndraika kôa. [23]Mpanômpon'i Kristy mô izy iré? ( Mikoragna karaha ôlogno very
saigna za. ) Mihôatra nôho izégny za. Mbôla niasa mafy nihôatra nôho izégny aza za, tagny am-ponja mahéky,
tamin'ny vango mihôatra ny fépetra, tamin'ny fiatréhagna lôza fôntro mahafaty.[24]Avy amin'ny alalan'irè Jiosy no
nandraisako "vango efapôlo latsaka araiky" Indimy. [25] Intelo za no novangogna tamin'ny kakazo. Indraika za no
notoraham-bato. Intelo za no vaky sambo. Nàndany araiky haligna sy raiky andro tegny an-dranomasigna za.
[26]Nandeha mahéky za, tamin'ny lôzan'ny ôloko manôkagna, tamin'ny lozan'iré Jentilisa, tamin'ny loza tagny
amin'ny tanàgna, tamin'ny loza tagny an'efitra, tamin'ny loza tagny an-dranomasigna, tamin'ny loza avy amin'iré
ralàhy sandoka.[27]Efa tamin'ny asa mafy sy raha-tsarotro zaho, tamin'ny aligny tsisy torimaso, tamin'ny
havasilogna sy hetaheta, tamin'ny fifadin-kanigna matetika, tamin'ny hatsiaka sy fitanjahagna. [28]Akôtry ny raha
hafa, misy tsindry isan'andro aminahy nohon'ny fagnahiko amin'ny fiangonagna jiaby. [29]Zôvy no malemy, ké tsy
malemy zaho? Zôvy no manafintohina, ké tsy mirehitra zaho?[30]Raha tsy maintsy mirehareha zaho, de hirehareha
momba zay maneho iré fahalimeko. [31]Lay Andriamanitra sy Baban'ny Tompo Jesosy, lay zay deraigna
mandrakizay, de mahafantatra fô tsy mandainga zaho![32]Tagny Damaskosy, ny governora ambanin'i Areta
mpanjaka de niambigna ny tanàgnan'i Damaskosy mbô hisambotro anahy. [33]Fô nampidinigna tamin'ny sobika
také amin'ny manda zaho, ké de nandositra ny tanany.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 12

[1]Zaho de tsy maintsy mirehareha, fô tsisy na ino na ino azo avy amin'izégny. Fô zaho de hanohy ny amin'iré
fahitagna sy iré fagnambaragna avy amin'ny Tompo. [2]Mahafantatra lalahy akô amin'i Kristy zaho zay efatra
ambin'ny fôlo taogna lasa zay—na akô amin'ny tegna na ivelan'ny tegna, zaho tsy mahafantatra, Andriamanitra
mahafantatra—nalaigna niakatra tagny amin'ny lagnitra faha telo.[3]Ké fantatro fô io lalahy io—na akô amin'ny
tegna, na ivelan'ny tegna, zaho tsy mahafantatra, Andriamanitra mahafantatra— [4]de nalaigna niakatra takô
amin'ny paradisa ké naregny raha zay tegna masina lôatra amin'ny ôlogno ny hivôlagna ananjy. [5]Amin'ny
agnaran'ny ôlogno karaha izégny de hirehareha zaho. Fô amin'ny agnaran'ny tegnako de tsy hirehareha zaho,
afa-tsy ny momba iré fahalimeko.[6]Kôfa te hirehareha zaho, de tsy ho adala zaho, fô te hivôlagna ny marigny. Fô
hifehy tegna amin'ny fireharehagna zaho, mbô tsy hisy na zôvy na zôvy hihevitra anahy ho ambôny noho zay
hita aminahy na ré avy aminahy. [7]Hifehy tegna amin'ny fireharehagna ndraiky koà noho iré karazagna
fagnambaragna miavaka iré. Noho izégny, mbô tsy ho feno fireharehagna zaho, de natô tsilo ny nofoko, ny
mpitôndra hafatr'i Satana hagnakorontagna anahy, mbô tsy hirehareha loatra zaho.[8]Intelo zaho no nitalaho
tamin'ny Tompo ny momba izégny, mbô hagnaisoragna izégny aminahy. [9]Fô ahozy taminahy hoe: ''Ampy ho anà
ny fahasoavako, fô ny hery de natô ho lafatra akô amin'ny fahalimeko.'' Aleoko mirehareha bebe kokoà ny amin'n
fahalimeko, mbô hipitrahan'ny herin'i Kristy atô aminahy. [10]Noho izégny finaritra noho i Kristy akô amin'ny
fahalimeko, amin'ny fagnevativagna, amin'ny korontagna, amin'ny fagninjehagna ké akô amin'ny fotoan-tsarotro
zaho. Fô na oviagna na oviagna malemy zaho, de matanjaka.[11]Zaho de lasa adala! Anarè no nanery anahy
amin'izégny, fô zaho de tôkony noderainaré. Fô zaho de tsy ambany noho iré zay antsoigna hoe apostoly ambôny
iré mihintsy, na de tsinontsinogna aza zaho. [12]Iré famantaragna marigna ny maha Apostoly de notantirahigna
také aminaré tamin'ny fahateragna tanteraka, famantaragna sy fahagagagna ary asa mahery, [13]Fô akôry anaré no
tsy de manan-danja noho iré fiangonagna sanany, ankoatry ny tsy mahavesatra anahy ho anaré? Mamilà anahy
noho izégny fahadisoagna izégny![14]Io! Vonogna ho tônga fagnintelony agny aminaré zaho. Tsy ho vesatra ho
anaré zaho, fô zaho de tsy mila zay anaré. Anaré no ilaiko. Fô tsy ny zanaka no tôkony hihary ho an'iré ray aman-
dreny. Fô kosa, iré ray aman-dreny no tôkony hihira ho an'iré zanaka. [15]Zaho de ho faly tanteraka handany sy ho
lanigna ho an'ny fagnahinaré. Kôfa mitia be anaré zaho, de hotiavigna hely vô zaho?[16]Fô na de karaha izégny aza,
tsy nagnavesatra anaré zaho. Fô, satrià zaho fetsifetsy be, de zaho lay araika nahazo anaré tamin'ny fitaka. [17]Mô
vô nagnararaotra anaré tamin'ny alalan'ny ôlogno zay nalefako taminarè zaho? [18]Nagniraka faingagna an'i Titosy
ho agny aminaré zaho, ké nalefako niaraka taminy iré rahalahy sanany. Mô vô tsy miray lalagna atsika? Mô vô
tsy niray dia atsika?[19]Mô vô mieritreritra anaré fô nandritra izégny fotoagna jiaby izégny de niaro ny tegnanay
taminaré zahay? Aké agnatrehan'Andriamanitra, no ivolagnanay takô amin'i Kristy ny raha jiaby mbô ho
fampahirezagna anaré.[20]Fô matahotra zaho fandrao kôfa tônga zao de mety tsy hahita anaré araky ny
fanantinako. Matahotra zaho fandrao tsy ho hitanaré araky ny fanantinanaré. Matahotra zaho fô sô de mety hisy
fifandiragna, fialognana, firehetan'ny fahatizeragna, fikasagna amin'ny fitiavan-tegna, fifosagna, fieboeboagna,
ary fikorontagnana. [21]Matahotra zaho fandrao kôfa miverigna, de hanetry anahy aké agnatrehanaré ny
Andriamanitro. Matahotro zaho fandrao mety halahelo ny amin'iré maro zay nanota také alôha, ké mbôla tsy
nibebaka tamin'ny fahalotoagna ndraiky fijangajangagna ké ny fijejojejoagna feno fagnirian-dratsy zay natônjaré
ré.

Chapter 13

[1]Fagnintelony zao no nandalovako atô aminaré. ''Ny fiampangagna jiaby de tsy maintsy miorigna amin'ny porofo
amin'ny vavôlombelogno roy na telo.'' [2]Efa nivôlagna tamin'iré zay nanota akô talôha sy tamin'iré amibiny jiaby
kôfa také fagnindroiny, ké vôlagniko ndraiky izégny: ''Kô tônga ndraiky zaho, de tsy hiantra ananjy iré
zaho.''[3]Mivôlagna anaré izégny zaho satrià anaré de mitady porofo fô i Kristy de mivôlagna amin'ny alalako. Tsy
marefo aminaré Izy. Fô ndraiky, mahery akô aminaré Izy. [4]Fô Izy nohombohagna amin'ny fahalimegna, nefa
velogno tamin'ny herin'Andriamanitra. Fô atsika ndraiky de marefo akô aminy, kanefa atsika de miara-miaigna
amin'ny herin'Andriamanitra aké agnivonaré.[5]Dinihy ny tegnanaré kôfa tianarè ho hita fô akô amin'ny finoagna
anaré. Tsapao ny tegnanaré. Tsy mbôla azonaré an-tsaigny vô izégny momba ny amin'ny tegnanaré fô i Jesosy
Kristy de akô aminaré? Kôfa tô anaré ké tsy nahomby tamin'ny fitsapagna. [6]Ké zaho mahatoky fô anaré de
rahalahiky fô atsika de nahomby amin'izégny fitsapagna izégny.[7]Avaizo atsika de mivavaka amin'Andriamanitra
fô tsy afaka ny anà raha ratsy anaré. Zaho de tsy mivavaka ny afaka ahitana fô atsika de nahomby amin'ny
fitsapagna. Fô ndraiky, zaho de nivavaka ny mbô ahafahanaré magnano zay mety kanefa atsika de mety ho hita
ho karaha ny tsy nahomby tamin'ny fitsapagna. [8]Fô atsika de tsy afaka ny hagnano raha manohitra amin'ny
fahamarignana, fô ho an'ny fahamarignana irery foagna.[9]Fô atsika de mifaly kôfa marefo ké mafy anaré. Fô
atsika foagna koà de mivavaka mbô ho atôtsika feno anaré. [10]Manoratra itô raha itô zaho kôfa magnalavitra
anaré zaho, ké kôfa miaraka aminaré zaho de tsy vôtery mitôndra anaré an-katizeragna amin'ny fampiasagna ny
fahifako namian'ny Tompo anahy, mbô ananganako anaré, ké tsy hanimba anaré.[11]Farany, ry rahalahy, mifalia!
miasà ho amin'ny famerenagna amin'ny laoniny, mahereza, mifanikià ny tsiraikaraiky, miainà am-piadagnana,
kè ny Andriamanitry ny fitiavagna ndraiky fiadanagna de hiaraka aminaré. [12]Mifagnontsafâ anaré amin'ny
fagnorohona Masina.[13]Iré mpino jiaby de magnano velôma anaré. [Fagnamarihagna: Iré dika-vôlagna sanany de
manambatra ny andininy faha 13 amin'ny andininy faha 12 ké magnano ny andininy faha 14 ho andininy faha
13. ] [14]Enga ané ny fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy, ny fitiavan'Andriamanitra, ndraiky fiarahagna amin'ny
Fanahy ho akô aminaré jiaby.

# Galatians

Chapter 1

[1]Paoly, apôstôly_tsy apôstôly avy tamin'ôlogno na nampianarin'ôlo, fa avy tamin'i Jesosy Kristy sy Andriamanitra
Ray, zègny nanangana Ananjy tamin'ny maty_ [2]ndraiky ralahy jiaby miaraka aminah, hoanjaré fiangonagna
Galatiana.[3]Fahasoavagna ho aminaré ndraiky fiadanagna avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesisy Kristy
Tompo, [4]zègny nanôlotro ny tègnany ho an'ny fahotantsika mbô hagnafakantsika amin-jao andron'ny fa
haratsiagna zao, araka ny sitrapon'Andriamanintsika sy Raintsika, [5]ho Ananjy raiky ny voninahitra mandrakizay
dorià. Amen.[6]Variagna zaho naregny fô narianan-dré zègny èfa nagnatsôvagna anan-dré dia ny fahasoavan'i
Kristy zègny. variagna koa zah fô nagnaraka filazantsara hafa an-dré. [7]Zègny tsy midika fô misy filazantsara hafa
ankoatra zègny, fa misy ôlo maro mitôndra fikorontaganna aminan-dre tia hagnôva ny filazantsaran'i Kristy.[8]Fa
na zahay na anjely avy agny an-dagnitra aza mitory filazantsara hafa aminan-dre na zègny nitorinay taminan-
dre, dia aoka izy ho voaôzogno. [9]Araka zègny nivolagninay talôha, dia naiany zah mizaka ndraiky fô: "Kô misy
ôlogno magnambara aminan-dre filazantsara hafa hankoatrany zègny regninare, dia aoka izy ho voaôzogno."
[10]Mitady dèra amin'ôlogno mô za sa Andriamannitra? sa mitady zègny hampifaly ôlogno? Kô mbôla mitady dèra
amin'ôlo zah dia tsy andevon'i Kristy.[11]Fa tiako fantanare, ry ralahiko, fa ny filazantsaran'ôlombelogno. [12]Tsy avy
tamin'ôlo nahaizako an-jègny, sady tsy ôlo nampianatra zah. Fa fagnambaran'i Jesosy Kristy.[13]Fa anare naregny
mômban'ny fiaignako talôha tamin'ny fômba fivavahagna Jiosy, ndraiky fômba nagninjèhako ny
fiangonan'Andriamanitra tônga diso tafahoatra ndraiky èzaka nandravako an-jègny. [14]Nandroso tamin'ny
fivavahan'ny Jiosy za mihoatra ny maro tamin-jaré mitovy tôgna taminahy, avy tamin-jaré iraika firenena
tamiko. Kara ny zègny ny fômba nitazomako mafy iregny fômban-drazako.[15]Kanèfa Andriamanitra, nanôkana
anah laitry tankibon-dreniko, kè nagnantso anah tamin'ny alalan'ny fahasoavany, [16]kôfa faly nampiseho ny
zanany lahy taminahy, mbô hahafahako magnambara Ananjy agny amin'ny Jentilisa, dia tsy naka saigny
tamin'ny nôfotro aman-drà zègny zah. [17]Tsy nandèha tagny Jerosalema tamin'ny Apôstôly talôko ré zah. Fa,
nandèha tagny Arabia avitake nierigna tagny Damaskosy zah.[18]Kè telo taogno tafara dia nandèha tagny


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Jerosalema mbô hifankafantatra tamin'i Kefasy zah kè nijanogno niaraka taminanjy nandritran'ny dimy
ambin'ny fôlo andro. [19]Fô tsy nisy hitako iré Apôstôly ankoatra an'i Jakoba, lay rahalahin'ny Tompo. [20]Kè amizègny
soratako ho anaré, dia magnomia toky anare zah agnatrèhan'Andriamanitra, fô tsy mandainga zah.[21]Avitake zah
dia nandèha tagny amin'ny faritr'i Syria sy Kilikia. [22]Tsy mbôla fantatra take tamin'ny fiangonan'i Jodia zègny
amin'i Kristy zah. [23]Regninjare fôgna koragna fa: "lay lalahy nagnejika antsika talôha igny dia magnambara lay
finoagna zègny ninjehiny sy nipotehiny talôha." [24]Avy tamin-jègny zaré dia nidèra an'Andriamanitra noho ny avy
taminah.

Chapter 2

[1]Efatra ambin'ny fôlo taögna taty aoriana de niakatra tagny Jerosalema andraiky Aho niraidia tamin'ny Barnabasy, de nitôndra an'i Titosy niraidia tamiko.[2] Niakatra tagny nohon' ny fagnambarana araiky Aho kè nametaka take amin-jare ny filanzantsara izay toriako akeo amin-jare Jentilisa. Nikoragna mitôkana tamin-jare jègny noheverina ho manan-danja zaho, mbô hahazoäna antoka fô tsy nihazakazaka_na efa nihazakazaka_very maigna zaho.[3]Fô na Titosy aza, izay niraidia tamiko no sady Grika, de nöfôrisèny ho voafôra.[4] Nitsôfötrö mangingina zare rahalahy sandoka mbô hitsikèra ny fahafahana hanagnanay akô amin' i Kristy Jesosy. Nagniry ny agnadevo anay zare.[5] fô tsy nety ny hanaiky an-jare na de fotôagna hely aza zahe, 16 mbô hipetrahan'ny fahamarinan'ny filanzantsara aminan-dre.[6]Fô ire jègny noheverina ho manan-danja ( na ino na ino zare de tsy mampagnino ahy, Andriamanitra de tsy miangatra)_Koragninà, zare, jègny ho heverina ho manan-danja de tsy nanampy na ino na ino taminà. [7]Mifanipaka amin-jègny, hitan-zare fô nanankinana ny filanzantsara ho an-jare jègny tsy voafôra zaho. karaha ny nanankinana an'i Petera ny filanzantsara ho an-jare jègny voafôra.[8] Fô Andriamanitra, jègny niasa takô amin'ny Petera ho amin'ny mah' apostoly ho an-jare izay foafôra, de niasa tato aminà fô kôza ho an-jare Jentilisa.[9]I Jakoba, Kefasy, ndraiky Jaona, jegny fantatra fô anisan-jare nagnorina ny fiangonana, kôfa nahalala ny fahasoavana jègny namiagn' ahy, de nagnamia ny tanàna ankavanan'ny fiombonana ho anà andraiky Barabasy zare. nataon-jare zègny mbô hahafahanay mankany amin'ny Jentilisa, kè mbô hahafahan-jare mankany amin'jare jègny voafôra. [10]Nagnäsa fotsiny zare mbô hahatsiaro ny mahantra zahe, jègny raha tena tiako atao tökôtra.[11]Fô kôfa tônga tagny Antiokia i Kefasy, de nanohitra azy take samby amaso zaho satria voalaza fô tsy marina izy.[12] Talohan' ny nahatongavan'ire lalahy asanany avy any amin' i Jakoba, de take am-pihinanagna niraidia tamin-jare Jentilisa i Kefasy, Fô kôfa tônga zare lalahy ire. de nijanogna zare niala làvitra an-jare Jentilisa, navôzo ire-jègny nitaky famorana izy .[13]Ny sisa tamin-jare Jiosy koa de niraidia tamin' jègny fiatsaram-belatsihy jègny. na i Barnabasy aza de voavily lalana niraidia tamin-jare tamin'ny fiatsaram-belatsihi-njare. [14] Fô kôfa hitako fô tsy magnaradia ny fahamarinan' ny filanzantsara ny fitondran-tegna-njare, de nikoragna tamin' i Kefasy take anoloan' izy jiaby zaho fô:" Raha Jiosy anà kanèfa miaigna karaha Jentilisa fa tsy karaha ny jiosy, ahoana no ahafahanô manery an-jare Jentilisa hiaigna karaha ny Jiosy?"[15]Atsika de Jiosy tamin' ny alalan' ny fahaterahana fô tsy mpanota Jentilisa;[16] fantantsika anefa fô tsy misy ôlo hamarinin 'ny asan'ny lalàna fô amin'ny alalan'ny finoagna an' I Kristy Jesosy, Atsika fô koa de. tônga tamin' ny finoana an'i Kristy mbô ho hamarinina amin' ny finoagna an'i Kristy fô tsy amin'ny asan' ny lalàna. Fô tsy hisy nofo ho hamarinina amin'ny asan'ny lalàna.[17]Kôfa, mitady ho hamarinina ao amin' i Kristy atsika, atsika fô koa, de hitany fô mpanota, moa mampirisika ny fahotana ary ve I Kristy Tsia avy hatrany![18] Fa raha manàngana andraiky ireo raha efa noravako talôha zaho. de magnaporofo ny vatako ho mpandika lalàgna zaho.[19] Fô tamin'ny lalàgna no nahafatesako amin'ny lalàgna, mbô ho velogno ho an'Andriamanitra zaho.[20]Nonombohana niraidia tamin' i Kristy zaho. Tsy zaho intsony no velogno ato agnatiko. Ny fiaignana iaignako ao amin'ny nofo ankehitriny de iainako amin'ny finoagna ny Zanak'Andriamanitra, jègny tia ahy kè nanôlotra ny tegnany ho ahy. [21]Tsy magnilika ny fahasoavan'Andiamanitra zaho, fô raha azo amin' ny lalàgna ny fahamarinana, de tsy misy dikany ny nahafatesan' i Kristy!


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Ry Galatiana Mahôla! Iza no namosavy anan-dre? Teo amasonan-dre no nanehoana an'i Jesosy kristy vaombo.
[2]Izô ihany ny raha tiako ianaragna aminan-dre: Nandray ny Fagnahy tamin'ny asan'ny lalàna sa tamin'ny
finoagna regninare anan-dre? [3]Mahôla marigna ve anan-dre? Niantomboka tamin'ny Fagnahy anan-dre, de
hiafara amin'ny nofo ve amin'izo?[4]Mô niharitra raha maro tamin'ny tsisy dikany ve anan-dre fa raha tegna zava-
poagna tokoa ary izegny? [5]Mô ve izy izay magnome ny Fagnahy anan-dre sy magnano asa mahagaga ake aminan-
dre dia magnano izany amin'ny finoagna?[6]Kara i Abrahama ''nino an'Adriamanitra ary nisaigna ho famarinagny
izegny,'' [7] dia kara izany, fantako, fa ire izay amin'ny finoagna dia zanak'i Abrahama. [8]Ny Sôratra Masigna, nahita
taloha fa Andriamanitra hagnamarigna ire jentilisa amin'ny finoagna, dia nitory ny filazantsara talohany tamin'i
Abrahama, nivolagna hoe: ''Avy amino no hitaiagna ny firenegna jiaby.'' [9]Ka, ire izay amin'ny finogna dia voatahy
miaraka amin'i Abrahama, lay olognan'ny finoagna.[10]Ire izay miankina amin'ny asan'ny lalàgna dia eo
ambanin'ny ozogna; fa vôsoratra hoe: ''Izay tsy magneky raha vôsoratra jiaby dia voahozogna ao agnatiny boky
ny lalàgna, sy magnano iregny.'' [11]Amin-jo fotoagna dia mazava fa tsisy ologna izay hamarinigna eo
anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàgna, satria ny marigna dia ho velogna amin'ny finoagna. [12]Fa ny
lalàgna dia tsy araka ny finoagna, fa koza, ''Ny ologna ize magano ny asanagn'ny lalàgna dia velogna aminan-dre.
[13]Kristy nagnavotra antsika tamin'ny ozognan'ny lalàgna tamin'ny nahatongavany ho ozogna ho an-tsika fa
vôsôratra hoe: ''Vôhozogna ize mihantogna amin'ny kakazo''_ [14]mbô hotonga amin'ny Jentilisa sy fitahian'i
Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, mba ho amin'ny finoagna no ahazahoantsika lay fampagnantenagna ny
Fagnahy.[15]Ry rahalahy, ambilè zaho hivolagna araka ny fatôn'ny ologna. Ako amin'ny fifagnarahagna atôn'ny
ologna, tsisy afaka magnafoagna na magnampy ize ako, raha tafapetraky ny lalàgna izany. [16]Ary ire
fampagnantenagna dia nivolagnina tamin'i Abrahama sy taminire taranagny. Tsy mivolagna izegny hoe: ''Ho
an'ny taranaka,'' manondro ny ologna maro, fa koza ologna raika ihany,'' hoan'ny taranaka,'' dia i Kristy.[17]Ary izô
no tiako hivolagnina: '' Ny lalàgna ize tônga telo-polo sy efa-jato taogna taty afara, dia tsy hahafoagna ny
fanekegna ize efa napetrak'Andriamanitra taloha. [18]Fa raha avy amin'ny lalàgna ny lova, dia tsy avy amin'ny
fampagnantenagna intsony. Fa Andriamanitra nagnome ize an'i Abrahama tamin'ny alalan'ny
fampagnantenagna.[19]Ino, ary ny tanjognan'ny lalàgna? Nasaigna izany noho ire fandikan-dalàgna, mandra-
pahatongan'ny taranak'i Abrahama eo amin'izegny ananovagna ny fampagnantenagna. Ny lalàgna naton'ny
mpitari-dalàgna raika ho manan-kery tamin'ny alalan'ny anjely. [20]Fa ny mpitari-dalàgna dia midika ologna
mihoatra raika, kanefa Andriamanitra dia raika.[21]Moa ve ny lalàgna manohitra ire
fampagnantenagnan'Andriamanitra? Satria izany! Fa raha nisy lalàgna nomegna ize afaka magnome fiaigna, dia
avy tamin'ny lalàgna tôkoa ny fahamarinagna. [22]Fa ny Sôratra Masigna no nampigadra ny raha jiaby ambanin'ny
fahotagna. Nagnano izegny Andriamanitra mbô hagnomezagna ho anire mino ny fampagnantenagna ny
hagnavotagna antsika amin'ny alalan'ny finognan'i Kristy.[23]Ary talôhan'ny nahatongavan'ny fianoagna, antsika
dia nitanagna ho babo tô ambanin'ny lalàgna, nogadraigna mandra-pivoahan'ny finogna. [24]Koa avy ny lalàgna dia
lasa mpiambigna antsika mandra-pahatôngavan'i Kristy, mbô ho voamarigna amin'ny finoagna antsika. [25]Fa izô
dia tonga izegny finoagna izegny, ka tsy ambanin'ny mpiambigna intsony antsika. [26]Fa anan-dre jiaby dia
zanak'Andriamanitra ako amin'ny finoagna an'i Kristy Jesosy.[27]Fa maro aminan-dre izay natô batisa tao amin'i
Kristy, no nandray an'i Kristy. [28]Ary tsisy intsony na Joisy na Grika, na andevo na ologn'afaka, na lahy na vavy, fa
raika ihany anan-dre ako amin'ny Kristy. [29]Koa raha an'i Kristy anan-dre, dia taranak'i Abrahama,sy mpandôva
araka ny fampagnantenagna anan-dre.

## Chapter 4

1Mivôlagna zah fô ny mpandôva, kôa mbôla zaza izy, dia tsy hafa amin'ny andevo, na dia tômpon-draha jiaby aza.
2Kanaifa izy dia aké ambany fifèhaizan'jaré mpiambigna sy iré mpitahiry raha-sarobidy mandra-pigadognan'ny
daty zègny napètraka ny babany.3Kè karan-jègny koa, tamin-tsika mbôla zaza, dia nandivôzin'iré lalàgna fitsipi-
pianaragn'izô tontôlo izô. 4Fô koa tonga ny fahafinoagnan'ny fotôagna, dia nandèfa ny Zanany Andriamanitra,
zègny natèra-biaby, natairaka tô ambanin'ny lalàgna. 5Nagnano anjégny Izy mbô hagnavôtagna iré zègny
ambanin'ny lalàgna, mbô hahafahantsika mandray ny fananganagna ho zanaka.6Ary satria zanaka anaré, dia
nasain'Andriamanitra ho akô am-pôntsika ny Fagnahin'ny Zanany, zègny magnantso hoe: "Aba, Ray." 7Nôho zègny
tsy andevo koà anô, fô zanaka, ary koa zanaka, dia mpandôva amin'ny alalan'Adriamanitra foagna koa anô.8Fô
tamin'jègny fotôagna zègny, fôny anaré tsy nahay an'Andriamanitra, dia natô andevon'iré zègny, amin'ny hery
vôajagnahary, dia tsy Andriamanitra velivaly. 9Fô ankehitriny anaré dia lasa nahay an'Andriamanitra, na koa hoe
hain'Anadriamanitra anaré, kè ahôana no hiraignanaré amin'ny abidim-pianaragna malemy no sady tsisy
dikany? Té ho andevozigny koa mô anaré?10Mandinika iré andro sy iré vôlagna ary iré vanim-potoagna sy iré
tôgno anaré! 11Matahôtro ny aminare zaho fô sô dia ho zava-poagna ny asako take aminare.12Miangavy anaré zah,
ry ralahy, magnanova kara zaho, satria zaho foagna koa dia èfa lasa karaha anare. Tsy agnano ratsy taminahy
anare. 13Kanèfa hainare fô noho ny aretim-batako no nagnambarko anare ny filazantsara tamin'ny vôalohany.
14Na dia nitôndra anare tamin'ny fakam-pagnahy aza ny toe-batako, dia tsy nagnano tsisidikany na nagnilikilika
zaho anare. Fô niraisinare kara anjelin'Andriamanitra kôza zaho, kara hoe zaho mitsy no Kristy Jesosy.15Akaiza,
noho zègny, ny fahasoavanare avaizo? Fô mijoro vavolombelogna aminare zah fô, koa azonare atô, dia nalanare
ny masonare ary namianare zaho zègny. 16Kè noho zègny, èfa lasa fahavalonare mô zaho satria mivolagna
aminare ny marigny17Zaré dia mazoto ny hotôndra anare, fô tsy amin'ny tsara. Te hagnidy anare agny ivèlany
zare, mbô hanagnanare zotom-pô ho anjare. 18Tsara foagna ny managna zotom-pô amin'ny tanjogna tsara, ary tsy
kôfa miaraka aminare foagna zaho.19Ry zanako, mbôla mijaly amin'ny fanaitaignan'ny fiterahagna ho anare
ndraika zaho mandra-piforongnan'i Kristy ako aminare. 20Magniry zaho mbô ho afaka miaraka aminare aminjô
ary hagnova ny fehoko, satria sahiran-tsaigny noho ny aminare zaho.21Volagnino aminahy, anare zègny magniry
ny ho ake ambanin'ny lalàgna, mô tsy mitandregny ny lalàgna maro anare? 22Satria vôasoratra fô i Abrahama dia
nanan-janaka roé lahy, ny araiky avy amin'ny andevo viavy ary ny araiky avy amin'ny vahiavy afaka. 23Fô ny
araiky dia natèraky ny andevo viavy araka ny nôfo, fô lay araiky hafa dia natairaky ny vahiavy tamin'ny koragna
fampagnantènagna.24Ire raha ire dia azo raisigny ho kara ny fanoharagna, satria ire vahiavy ire dia magnambara
fagnekegna roé. Ny araiky amin'jare dia avy amin'ny tanetin'i Sinay ary nitèraka zaza zègny andevo izy. Izy io dia
i Hagara. 25Ary i Hagara dia namoaka ny tanetin'i Sinay any Arabia; ary namoaka an'i Jerosalema amin'jô
fôtoagna zô, satria nandivozigna niaraka tamin'ire zanany izy.26Fô i Jerosalema zègny agny ambôny dia afaka, ary
izy no regnintsika. 27Satria vôasoratra hoe: "Mifalia, anô ry momba zègny tsy miteraka. Magnantsognantso mafy
ary magnanova hiaka fifaliagna, anô zègny tsy mijaly amin'ny fanaintaignan'ny fitirahagna. Satria ire zanaky ny
vahiavy zègny nafôe dia maro noho ny an'ire vahiavy manambady."28Fô anare, ry ralahy, karaha an'i Isaka, dia
zanaky ny fampanantènagna. 29Tamin'jègny fotoagna zègny ny ôlogno zègny tèraka araka ny nôfo dia nagnenjika
zègny tèraka araka ny Fagnahy. Karanjegny koa amjô.30Kanaifa ino no volagnin'ny soratra masigny? "Alifaso agny
ny andevo viavy sy ny zanany lalahy. Fô ny zanaka lahin'ny andevo viavy dia tsy hirasa lôva miaraka amin'ny
zanaka lahin'ny vahiavy afaka." 31Noho zègny, ry ralahy, tsy zanaky ny andevo viavy atsika, fô zanaky ny vahiavy
avôtro.

Chapter 5

[1]Ho amin' ny fahafahagna no nagnafahan' i Kristy atsika. Miantèra tsara, karaha zegny, aza magneky ho ambanin'
ny ziogan'ny fagnadivôzagna ndraiky.[2] Indro ,Paoly,mivôlagna amindre fô raha mamèla ny tegnanareo ho foraina
anandre. de tsy hahasoa andre amin'ny fomba jiaby Kristy.[3]Mijôro vavolombelogno amin'ny ôlo tsirekireky ize
mamèla ny tegnany voafora ndraiky zah fô vôatery hagnaraka ny lalàna jiaby izy.[4] Tafatsaraka tamin' i Kristy
andre, zegny te ho hamarinigna amin'ny lalàna; ke tsy miaigna fahasoavana koza andre.[5]Fô amin'ny alalan' ny
Fanahy, amin'ny finoagna, no iambesantsika fatratra ny fanantenana ny fahamarinagna.[6] Akô amin'n i Kristy
Jesosy de tsy midika na ino na ino na voafora na tsy voafora, fô ny finoagna miasa amin'ny fitiavana fô. [7]Fô
nihazakazaka tsara andre. Azovy no nanakagna andre amin'ny fankàtoavagna ny marina?[8] zegny fandresen-
dahatra zegny de tsy avy amin'ilay nagnatso andre.[9]Lalivay hely no mampitômbo ny kôba jiaby.[10] Fô mahafatoky
ny Tompo aho fô tsy handray fomba fijaha hafa andre. Fô ny araika zegny mampikorontana andre no hagnèfa ny
sazy, na zôvy izy na zôvy izy.[11]Ry rahalahy, raha mbola magnambara ny amin'ny famoràgna aho, magnino zaho
no mbola enjehina? Amin-zegny de ho afaka tokoatra ny fahatafitohinagna' ny kakazofijaliana.[12] Fô zegny
magnakorontagna andre , nè ke hanapaka ny tegnan-jare![13]Fô nangizany ho amin'ny fahafahana andre, ry
rahalahy, nefa aza ampiasaina ho irika amin'ny filan'ny nofo ny fahafahanare ; fô kôza amin'ny alalan'ny
fitiavana de mifampanopöha. [14]Fô ny lalàna jiaby de lavorary ao amin'ny didy araiky. ako amin' ny hoe: Tsy
maintsy mitia ny namanao karaha ny tegnanà anà. [15]Fô raha mifagnifatra andreky mifampihinagna andre, de
mitandrema sô mifamono.Fô ahozy zaho, mandihana araky ny Fanahy[16] de tsy hahatanteraka zegny filan'ny nofo
andre. [17]Fô manipaka ny Fanahy ny filan'ny nofo, ke manipaka ny filan'ny nofo ny fanirian'ny Fanahy. Fo
mifanipaka ire, mbo tsy hahafahanare magnano zegny raha tianare. Fô[18] raha tarin'ny Fanahy andre de tsy ho
ambanin'ny lalàngna.[19]Avaizo de mibaribary ny asan'ny filan'ny nofo: fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana,
[20]fanompoan-tsampy, fmosaviana, fankahalana, fifandirana, fahasarotam-piaro, fipôkan'ny fahavigniragna,
fifandrafiagna, fisaraham-bazagna, fizarazaragna, [21]fialonagna, fahamamoagna, fan akorontagnana, ndraiky raha
mitôvy amin-zegny. Mampitandrigna andre zaho, karaha ny efa nampitandremako andre taloha, fô tsy handôva
ny fanjakan' Andriamanitra ire zegny magntanteraka ire raha ire.[22]Fô vokatra ny Fanahy de fitiavana, fifaliana,
fiadanana, faharetana,[23] hatsaram-panahy,fanaovantsoa, finoagna, fahalemem-pagnahy, ndraiky fahafehezan-
tegna; tsy misy lalagna manohitra raha karaha zegny. [24] Ire zegny an'i Kristy Jesosy de efa namantsika ny toetra
feno fahotany niraidia tamin'ny fahafinaretany ndraiky ny filany.[25]Raha miaigna amin'ny Fanahy isika, aoka
handeha amin'ny Fanahy fô koza.[26] Aoka isika tsy ho lasa mpi-poerapoera, mifandrangitra, ke mifampialogno


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

1Ry rahalahy kô, raha misy ôlogna azon'ota anareo zay ara-pagnahy no tôkony hangerigna azy indraika amin'ny
famoram-pagnahy.Mihevera tègnano,mbô ts ho halaim-pagnahy kao ano. 2Mifampitondra ny mavèsatr,ary amin-
jay dia tanteraho ny lalàgnan'i Kristy.3 Fa kô misy ôlogna mihevitegna ho raha kanefa tsinotsinona,dia mamit-a-
tegna. 4Tôkony samby mandinitègna ny tsiraikaraika, mbô amin'ny tègnany fôgna ny antony mampireharhananjy
fô tsy amin'ny ôlogn-kafa . 5Fa samby hitondra entagnany ny tsiraikaraika.6Ny ôlogna zègny nampianarigna ny
teny dia tsy maintsy mirasa ny zègny raha tsara jiaby amin-jegny mampianatra. 7Aza magneky fiatahigna. Tsy azo
sangisangina Andriamanitra, fô zègny raha jiaby afafin'olo dia izy fôgna no hisagotra anan-jy. Hoan-jegny
mambôly voa amin'ny toetra feno fahotagna, dia avy amin-jègny hisangorany fahasimbagna. 8Zègny voa amin'ny
Fagnahy,amin'ny Fagnahy no hisangotra ny fiaignana mandrakizay.9Aoka antsika mbô tsy ho reraka amin'ny
fagnanovagna ny tsara, fô hisangotra ny vokatra antsika amin'ny fotoagna mety, raha tsy milavo lefogna anttsika.
10kè nohizègny, satria managna ny fahafahagna antsika, dia aoka hagnano tsara amin'ny ologna jiaby, indridra
amin'ny fiamnakaviagnan'ny finoagna.11Zahava ny haventesany sôratra izay nisôratan'ny tagnakoho anare. 12Ire
zay te hiseho hotsara amin'ny nofo fôgna no miezaka manery anan-dre mbô hoforaigna. Magnano an-jègny zare
mbô hialagna amin'ny fagnenjehagna nohon'ny azo fijalian'i Kristy. 13Na zare zègny tsy voafora aza dia tsy
mitandrigna ny lalàgna, nefa tian-jare foragna anare mbô hireharehan-jare amin'ny nofon-jare.14Nefa tsy
hirehareha na oviagna na ovoagna afa-tsy ny amin'ny hazofijalin'i Jesosy Kristy Tompontsyka za, zay
namantsiagna an'izô tontolo izô taminàhy,kè zaho ndraiky teo amin'izô tontolo izô. 15Fa ny famoragna na tsy
famoragna dia samgy tsisy dikany. Fô ny fiaignam-baovao no misy dikany. 16Hoan'ire jiaby zay miaigna arak zany
fomba izègny, dia ho amin-jaire anie ny fiadanagna sy ny famindram-po, na Israelin'Andriamanitra aza17
Miantetry izô dia tsihisy hagna-foka anahy, fô mitôndra ire marik,i Jesosy eo amin'ny vatagna anahy zaho.
18Hoamin'ny fagnahinan-dre anie ny fahasoan'i Jesosy Kristy Tompontsika,ry rahalahy. Amena.

# Ephesians

Chapter 1

1Paoly, apostolin'i Jesosy Krisity araka ny sitrapôn'Andriamanitra, ho amin'iré ôlo-masin'Andriamanitra agny
Efesosy, izay mahatoky akô amin'i Kristy Jesosy. 2[Fagnamarihagna: Misy fandikagna sanany manala ny hoe: ''Ao
Efesosy'' saingy mety akô amin'ny taratasin'i Paoly tamin'ny vôalôhagny izegny. ] Ho aminaré ny fahasoavagna
ndraiky fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.3Deraina ané ny Andriamanitra sy
Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay nitahy antsika takô amin'i Kristy tamin'ny fitahiam-pagnahy jiaby avy
akagny andagnitra akô amin'i Kristy. 4Andriamanitra nifidy antsika takô aminanjy letrin'ny fiantombôhan'izao
tontôlo izao, mbô ho masigna sy tsy manan-tsigny aké agnatrehany antsika.5Andriamanitra de nisafidy antsika
mialôha ho amin'ny fananganagna ho zanaka tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka ny sitrapôny. 6Ny
fananganagna antsika de mitôndra amin'ny fideragna ny fahasoavagny be vogninahitra izay namiany antsika
maimaimpoagna takô amin'ilay iraiky izay tiagny.7Akô amin'i Jesosy Kristy de mahazo fanavôtagna amin'ny ràny
sy ny famelan-keloka antsika, araka ny harem-pahasoavagny. 8Narôtsagny tamintsika tamin'ny fahindrégna sy
fahalalagna jiaby izégny fahasoavagna izégny.9Natôn'Andriamanitra fantatra tamintsika ny raha miafin'ny
sitrapôny, araka izay tiàny, sy izay nasehony takô amin'i Kristy, 10niaraka tamin'ny fandaharagna araiky amin'ny
fahafenoan'ny fotoagna, hanangognagna ny raha jiaby, atô an-tany sy agny an-dagnitry, ho lôha araiky, na Kristy
aza.11Akô amin'i Kristy de voatendry ho pandôva antsika. Nofidiagna mialôha araka ny fandaharan'ilay
mampiasa ny raha jiaby araka ny tanjon'ny sitrapôny antsika. 12Andriamanitra nanendry antsika ho mpandôva
mbô ho antsika no manana fahatokiagna voalôhagny akô amin'i Kristy, mbô ho fideragna ny voninahiny antsika.
13Takô amin'i Kristy, anaré kôa, kôfa naharegny ny tenin'ny fahamarinagna, de ny filazantsaran'ny famonjegna
anaré, de nino Ananjy anaré ké votomboka tamin'ilay Fagnahy Masigna nampanantinaigna, 14izay antoka ho
an'ny lôvantsika mandra-mpahazoantsika tanteraka izegny, ho fideragna ny voninahiny.15Noho izegny atony
izegny, letrin'ny naharenesako ny finoanaré ny Tompo Jesosy ary ny fitiavanaré iré ôlo-masigny jiaby, 16de tsy
nitsahatra ny nisaotra an'Andriamanitra zaho noho ny aminaré ké tsaroàko am-bavaka anaré.17Mivavaka zaho
mbô ny Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, ilay Rain'ny vogninahitra, hanamia anaré ny fagnahin'ny
fahindregna sy fanambaragna amin'ny fahalalagna Ananjy. 18Mivavaka zaho mbô hanazavagna ny mason'ny
fônaré, mbô hahafantaranaré ny toky izay niantsogny anaré sy ny herin'ny voninahitry ny lôvany aké amin'iré

ôlo-masin'Andriamanitra jiaby.[19]Akô amin'ny fivavako de mangataka zaho mbô hahafantaranaré ny fihoaran'ny
halehiben'ny heriny akô amintsika izay mino, araka ny fiasan'ny heriny lehibe. [20]Izegny hery izegny foagna no
nampiasain'Andriamanitra takô amin'i Kristy kôfa natsangany tamin'ny maty Izy ké nambelany také an-tanagny
ankavanagna tagny an-dagnitry. [21]Kristy de nambelany ho ambônin'ny lalàgna sy ny fahefagna mbôn'ny hery
ndraiky fitsarana, ary ny anaragna jiaby izegny misy. Hanapaka Kristy, tsy ho aminjao vanim-potoagna zao
foagna, fô ho amin'ny vanim-potoagna ho avy koà.[22]Nambélan'Andriamanitra ho akô ambanin'ny tongotr'i Kristy
avokoa ny raha jiaby ké natolony ho lôhan'ny raha jiaby akô amin'ny fiangonagna Izy. [23]Ny fiangonagna no
tenagny, ilay fahafenoin'Ilay mameno ny raha jiaby amin'ny endriny jiaby.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

1Ké ny mômba anaré, de maty takô anatin'ny fadisoanaré sy ny fahotanaré anaré. 2Takô amin'iregny
fahadisoagna iregny no niainanaré talôha karaha ny fômban'izao tontôlo izao. Niaigny karaha ny mpanapaka iré
fahifagna egny amin'ny rivotro anaré, ilay fagnahy izay miasa akô aminaré zanaky ny tsy fankatovagna. 3Niaigny
také amin'iregny ôlogno iregny koà antsika talôha, nanatantéraka iré filan-dratsin'ny nôfontsika, ké nanatatéraka
ny fagnirian'ny nôfo sy ny saigna. Efa voahary ho zanaky ny fahatezeragna, karaha ny zanak'ôlombelogno sisa
antsika.4Saingy manan-karegna famindram-po Andriamanitra noho ilay fitiavagny lehibe izay nitiavany antsika.
5Tamintsika mbôla maty takô anatin'ny fahadisoagna, de novelominy niaraka tamin'i Kristy_tamin'ny
fahasoavagna no namonjegna anaré. 6Niara-natsangan'Andriamanitra antsika, ké niara-napetragny takô an-
dagnitra akô amin'i Kristy Jesosy, 7mbô afahagny mampiseho antsika amin'ny vanim-potoagna ho avy ny
havintesan'ny hariagnan'ny fahasovany izay tsy azo refesigna amboakany amin'ny hatsaram-pagnahiny
amintsika akô amin'i Kristy Jesosy.8Fô tamin'ny fahasoavagna no namonjegna anaré tamin'ny alalan'ny finoagna,
ké tsy avy aminaré izégny, fô fagnomezan'Andriamanitra. 9Tsy avy amin'ny asa ny fahasoavagna mbô tsy hisy
hirehareha. 10Fô asan'Andriamanitra antsika, noforonina takô amin'i Kristy Jesosy mbô hagnano asa izay
fandaharan'Andriamanitra efa éla ho antsika, mbô handehanantsika akô aminjaré.11Noho izegny tadidio fô
Jentilisa takô amin'ny nôfo anaré talôha. Anaré de antsovina hoe ''voafôra'' akô amin'ny nôfo nataon'ny
tanan'ôlombelogno. 12Satrià mbôla tafasaraka tamin'i Kristy anaré tamin'izegny fotogna izegny. Mpivahiny anaré
také amin'ny vahôkan'ny Israely. Ké vahiny tamin'ny fampagnantenana ianareo. Tsy mbola nanana fanantegnana
ny amin'ny ho avy ianareo. Ké tsy niaraka tamin'Andriamanitra ianareo také amin'izô tontolo izô.13Fô avaizo akô
amin'i Kristy Jesosy anaré zay lavitra an'Andriamanitra talôha de napanakékézina tamin'ny ràn'i Kristy. 14Satrià
Izy no fihavanantsika. Izy no nahatônga ny aroa ho raika. Tamin'ny nôfony no nandrodanagny ny rindrin'ny
fanoheragna zay nampizarazara antsika. 15Zégny hoe, nofoanagny ny lalàn'ny didy sy ny fitsipika mbô
hagnanôvagny ôlom-bôvô raika akô Aminanjy, sy mbô hagnanôvagna fampiavanagna. 16Kristy de nampiavagna
ny fôkon'ôlo aroa tonta ho vatagna raika amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny kakazofijaliagna, ké namôno ny
fagnoheragna.17Fô tônga Jesosy ké nitory fihavanagna ho anaré zay lavitry ary fihavanagna ho an'iré zay marigny.
18Fô amin'ny alalan'i Jesosy no hanagnantsika roa tonta fifandraisagna amin'ny Fagnahy raika makagny amin'ny
Ray.19Noho izégny, tsy vahiny sy mpivahiny itsony anarè Jentilisa amin-jô. Fô vô maika aza mpiray firenegna
miaraka amin'iré zay ôlo-masin'Andriamanitra. 20Efa namboarigna také amin'ny fôtotro fagnorenan'iré apostoly
sy iré mpaminany anaré, ké Kristy Jesosy mihintsy no vato fehizoro. 21Akô Aminanjy no hitambaran'ny
fagnorenagna jiaby ké hitomboàny karaha ny tempoly akô amin'ny Tompo. 22Akô Aminanjy foagna no
hananganagna anaré miaraka ho fitoheragna ho an'Andriamanitra akô amin'ny Fagnahy.

## Chapter 3

[1]Noho izégny, zaho Paoly, de gadran'i Kristy Jesosy ho anaré Jentilisa. [2]Ataoko fô naharegny ny fitantanagna ny
fahasoavan'Andriamanitra zay namiagna anahy ho anaré anaré.[3]Manôratra karaha ny fagnambarana
nampahafantarigna anahy zaho. Izégny no marigna mivony mômba izay nosoratako fohifohika taminaré. [4]Kôfa
mamaky zégny anré, de ho afaka ny hahazo ny fômba fahazoàko izégny marigna mivony mômban'i Kristy izégny.
[5]Tamin'irè taranaka hafa de tsy natao fantatry ny zanak'ôlombelogno izégny marigna izegny. Fô avaizo ndraiky
izégny de nambara tamin'ny alalan'ny fagnahy tamin'iré Apostoly sy iré mpaminany zay voatôkana ho amin'itô
asa itô.[6]Izégny marigna mivony izégny de mivôlagna fô irè Jentilisa de mpiara-mandôva, sy mpiara miombogna
amin'ny vatagna, ary mizara ny fampanantignàna akô amin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny filazantsara zaré ré.
[7]Fô lasa mpanompon'izégny filazantsara izegny zaho tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra namiagna anahy
tamin'ny alalan'ny fiasan'ny heriny.[8]Namiàn'Andriamanitra anahy izégny fanomezagna izégny, na de zaho aza no
farany hely indrindra amin'iré ôlo-masin'Andriamanitra. Izegny anomezagna izégny de ny mbô hitoriako
amin'iré Jentilisa ny filazantsaran'ny herin'i Kristy sarotro katsahina. [9]Ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra
ho anahy de ny hitôndra fagnazavana amin'ny ôlo-jiaby ny fandaharan'Andriamanitra, io fandaharana io de
navonin'Andriamanitra, lay nahavoaray ny raha jiaby, nandry ny taogno maro talôha.[10]Nampahafantarigna
tamin'ny fiangonana izégny fandaharagna izegny mbô hahatônga iré mpanapaka sy iré magnam-pahifagna agny
an-dagnitry hahafantatra ny toeragna maron'ny fahendren'Andriamanitra. [11]Niseho karaha ny fandaharagna
mandrakizay zay tantérany takô amin'i Kristy Jesosy Tompontsika izegny.[12]Fô akô amin'i Kristy no ananantsika
fahasahiàgna sy lalana am-pahatokiagna nohon'ny finoantsika Ananjy. [13]Noho izégny miangavy anré zaho mbô
tsy ho kivy nohon'ny fijaliako ho anaré zay voninahitraré.[14]Noho izégny de mandohalika aké agnatrehan'ny Ray
zaho, [15]zay nagnamià anaragna ny fianakaviagna jiaby agny an-danitry sy aké an-tany. [16]Mivavaka zaho mbô
hagnamiazagny anaré, karaha ny hariagnan'ny voninahitrany, mbô hatanjaka amin-kery amin'ny alalan'ny
fanahy Masina, zay akô aminaré.[17]Mivavaka zaho mbô hitoetra akô am-pônaré amin'ny finoagna Kristy, mbô
hifôtotro sy hiorigna akô amin'ny fitiavagny anaré. [18]Hahazo hery ane anaré kè ho afa-mahatakatra, miaraka
amin'iré mpino jiaby, ny sakany, ny handavany, ny hambôsany, ary ny halalignany, [19]ké mbô hafantatra ny
fitiavan'i Kristy, zay miàtra ny fahalalagna jiaby, ké mbô ho fenon'ny fahafinoàn'Andriamanitra jiaby anaré.[20]Ké
ho Ananjy zay mahavita magnano mihoàtra zay jiaby angatahintsika na eritreretintsika, araka ny hery zay
miasa, akô agnatintsika, [21]ho Ananjy ny voninahitra akô amin'ny fiangonagna ary akô amin'i Kristy Jesosy
hatramin'ny taranaka jiaby mandrakizay dorià. Amena.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 4

[1]Noho izégny, amin'ny maha gadra ho an'ny Tompo anahy, de mamporisika anaré mbô handeha am-
pamendrehagna amin'ny antso zay nagnantsôvagna anaré. [2]Mamporisika anaré zaho mbô hanagna fanitren-
tegna lehibe sy fahatsoragna ary faharetagna, mifandefitra amin'ny fitiavagna. [3]Magnanôva zay faran'ny
herinaré mbô hitahirizagna ny firaisan'ny fanahy amin'ny fatôran'ny fihavanagna.[4]Araika foagna ny vatagna ké
araika foagna ny Fagnahy, karaha ny niantsoagna anaré takô amin'ny fanatinagnan'ny fiantsoagna anaré araika
foagna koà. [5]Ké araika foagna ny Tompo, raika ny finoagna, ary ny batisa, [6]ké arika foagna Andriamanitra sy ny
Rain'ny jiaby, zay ambônin'ny raha jiaby ké amin'ny alalan'ny raha jiaby sy akô amin'ny raha jiaby.[7]Atsika
tsiraikaraika avy de namigna fahasoavagna karaha ny habiazan'ny fagnonezan'i Kristy. [8]Karaha ny tenin'ny
Sôratra Masigna izégny hoe: ''Kôfa nakatra tagny amin'ny avo Izy, de nitôndra iré babo ho amin'ny fahababoagna,
ké nanôlotra fagnomezagna ho an'ny fôkon'ôlogno Izy.''[9]Ino ny hevitry ny hoe: ''Nakatra Izy,'' kô tsy hoe nidigna
tagny amin'ny faritra ambanin'ny tany foagna koà Izy? [10]Izy lay nidigna foagna lay ôlogno nakatra anambo tagny
an-dagnitra, mbô afahany mameno ny raha jiaby.[11]Kristy de nanolotra ny sanany ho apostôly, ny sanany ho
mpaminany, ny sanany ho evanjelista, ary ny sanany ho pastera sy mpampianatra. [12]Namiagna iré asa iré Izy
mbô hagnampiagna iré vahoàkany masina ho amin'ny asa fanompoagna, amin'ny fagnorenagna ny vatan'i Kristy.
[13]Manohy magnorigna ny vatany Izy mandra-pahatrarantsika jiaby ny firaisam-pinoagna sy ny fahalalagna ny
Zanak'Andriamanitra, ké mbô hahatônga antsika ho matotro ké mbô hahatratra ny haben'ny fahafinoan'i Kristy.
[14]Magnorigna antsika Kristy mbô tsy ho karaha ny zaza zay atopatopan'ny onja intsony atsika, ké tsy ho indôsiny
rivotry ny fampianaragna sy ny hafitsiàn'iré ôlogno amin'ny tetika feno fitaka. [15]Fô atsika kosa, amin'ny filazagna
ny fahamarignana amin'ny fitiavagna, de tôkony hitômbo amin'ny fomba jiaby akô amin'Izy zay lôha, izégny hoe,
Kristy. [16]Kristy de manangagna ny tegna jiaby, ké nakambana sy atambatra tamin'ny isan'tonony izégny, ary kôfa
miasa miaraka iré, de mahatônga ny vatagna hitômbo mbô hampiorigna ny tegnany amin'ny fitiavagna.[17]Noho
izégny, de mivôlagna sy magnindry mafy izegny akô amin'ny Tompo zaho, mbô tsy hiaigna karaha ny Jentilisa
intsony anaré, amin'ny fahafoagnan'ny fisaignanjaré ré. [18]Maizigna ny fahalalanjaré ré, tafasaraka amin'ny
fiaignan'Andriamanitra nohon'ny tsy fahalalagna akô aminjaré ré, nohon'ny fahamafisam-pônjaré ré. [19]Tsy
mahalala megnatra zaré ré ké nanolotra ny tegnanjaré ré ho amin'ny filan'ny nofo, kè manoy magnano zao
karazam-pahalotoagna jiaby zao.[20]Fô tsy izegny no fômba niananaré ny mômban'i Kristy. [21]Inoàka fô naregny ny
mômba Ananjy anaré, ary nampianarigny takô aminanjy, satrià ny fahamarignana de akô amin'i Jesosy.
[22]Nampianarigny anaré mbô hagnary ny fômba fiaignanaré talôha, mbô hagnary ny toetra talôha. Lay toetra
talôha zay simba nohon'ny fitaky ny filany.[23]Nampianarigny anaré mbô hihavô akô amin'ny fagnahin'ny sainarè,
[24]ké itafy lay ôlom-bôovô zay noharigna karaha ny endrik'Andriamanitra _ akô amin'ny tégna fahamarignana sy
fahamasignana.[25]Noho izegny, ialà ny lainga, ké ôko ny tsiaraikiaraiky aminaré hifampilaza ny marigna amin'ny
namany, sarià samy isan'ny rantsan'ny jiaby atsika. [26]Mivignira fô aza manoto. Aza avela ho tratrin'ny masoandro
mody ny havigniranarè. [27]Aza magnamià hirika ho an'ny devoly.[28]Zay nangalatra de tsy tôkony hangalatra intsony.
Tsy maintsy miasa izy, magnano asa tsara amin'ny tagnany, mbô hanagnany raha ho zaraigna ho an'iré akô
agnatin'ny tsy fahampiagna. [29]Aza avéla hisy teny maloto hivoàka avy amin'ny vavanaré. Mampiasà teny zay
ilaigna amin'ny fagnorenagna ny hafa, karaha zay ilain-jaré ré, mbô tégna hagnampy iré zay mitandregny anadré
ny teninaré. [30]Ké aza mampalahelo ny fanahy masin'Andriamantra, fô avy aminanjy no nagnanôvagna tombo-
kase anaré ho amin'ny andron'ny fagnavôtagna.[31]Ialaha ny lôlom-pô jiaby, haromotagna, ny havigniragna, ny
fifaliàgna, ké ny fifampitenenan-dratsy, miaraka amin'iré karazan'asa ratsy jiaby. [32]Managna fahalemem-panahy
amin'ny tsiaraikiaraiky avy, fahatsôram-pô, mifaméla heloko, karany nagnamélan'Andriamanitra anandré takô
amin'i Kristy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Nôho izégny ôko mbô ho mpangala tahaka an'Andriamanitra, karaha ny zanaka malala. [2]Ké mandihana amin'ny
fitiavagna, karaha ny nitiavan'i Kristy atsika foagna koà sy nagnomezagny ny tegnany ho atsika, fanatitra manim-
pofona sy sorogna ho an'Andriamanitra.[3]Fô tsy tôkony hisy na de koragna fijangajangagna na karazagna
fahalotoagna na tsy fahonognan-tegna aza aké aminaré, fô tsy mendrika ny ôlo-masin'Andriamanitra iré. [4]Oka tsy
hisy mamoafady, koragna adaladala, ary vazivazy tafahoàtra _ fô tsy mendrika ny jiaby amin'iré. Fô ndraiky
tôkony hisy fankasitrahagna.[5]Fô afaka mahazo antoka ny aminjô anarè, fô tsy hisy mpijangajanga, maloto, na ny
mpierigna _ izegny hoe, mpanompo sampy _ managna lova akô amin'ny fanjakan'i Kristy sy Andriamanitra. [6]Oka
tsy hisy hamitaka anaré amin'ny teny foana, satrià noho iré raha iré de tônga amin'ny zanaky ny tsy
fankatoavagna ny hatezeran'Andriamanitra. [7]Noho izegny, aza mikambagna aminanjy iré.[8]Fô maizigna anaré
fahiny, fô zao anaré de fahazavagna akô amin'ny Tompo. Mandihana karaha ny zanaky ny mazava, [9](fô ny
vokatry ny fahazavagna de akô amin'ny fahatsaragna jiaby, fahitsiagna, sy fahamarignana). [10]Ké tadiava zay
mahafinaritra ny Tompo. [11]Aza mikambagna amin'iré asa tsy mamokatry ny haizigna, fô ampihariihario kosa iré.
[12]Fô mahamegnatra na de ny manognona iré raha atônjaré ré agny amin'ny miafigna aza.[13]Fô kôfa hazavain'ny
fahazavagna ny raha araika, de lasa mibaribary. [14]Fô ny raha jiaby zay mibaribary de fahazavagna. Noho izégny
de voalaza hoe: ''Mifohaza, anà mandry, ké mitsangàna amin'ny toeran'ny naty, de hamiratra aminà
Kristy.''[15]Mitandrema amin'ny fômba fianagna _ tsy karaha ny tsy hendry fô karaha ny hendry. [16]Ararôty ny
fotoagna satrià zao andro zao de ratsy. [17]Noho izégny, aza midaladala, fô takary hoe ino no sitrapôn'ny Tompo.[18]Ké
aza magnano mamon'ny divay, fô mitondra agny amin'ny fahasimban-toetra izegny. Fô ndraiky, ôka ho fenon'ny
Fagnahy Masigna, [19]mifampizakà aminaré samy anaré amin'ny salamo sy fihiragna ary hiram-panahy, mihirà ké
mikaloa amin'ny Tompo amin'ny fonaré jiaby. [20]Misaora mandrakariva amin'ny raha jiaby, amin'ny agnaran'i
Jesosy Kristy Tompontsika ho an'Andriamanitra ilay Ray, [21]mifanolora tégna amim-pagnajagna ho an'i Kristy.[22]Ry
viavy, magneke ny vadinaré, karaha ny amin'ny Tompo. [23]Fô ny lalahy no lôhan'ny viavy karaha an'i Kristy kôa
lôhan'ny fiangonagna, ké Kristy tegnany no mpamonjy. [24]Fô karaha ny hagniken'ny fiangonagna an'i Kristy, de
karaha izegny kôa no tôkony hagneken'ny viavy ny vadiny amin'ny raha jiaby.[25]Ry lalahy, tiava ny vadinaré,
karaha ny tiavan'i Kristy ny fiangonagna sy nagnomezany ananjy ny agnany. [26]Nanolotra ny tegnany ho an'ny
fiangonagna Kristy mbô afahany magnamasigna ananjy, tamin'ny fahadiovagna ananjy tamin'ny rano fanasagna
amin'ny teny, [27]mbô afahany mampiseho ananjy ho be voninahitra aké aminanjy, tsy misy pentigna na kentrogna
na raha karanjegny, fô masina sady tsisy diso.[28]Karanjegny foagna kôa ny lalahy de tôkony ho tià ny vadin-jaré ré
avy karaha ny tegnan-jaré ré. Izy zay tià ny vadiny de tià ny tegnany foagna kôa. [29]Tsy mbôla nisy nankahala ny
tegnany, fô mamahagna sy mikarakara izégny tsara, karaha an'i Kristy mamahagna ny fiangonagna sy
mikararaka ananjy foagna kôa, [30]satrià atsika de ratsam-batany.[31]Noho izegny antony izegny ny lalahy de handao
ny babany ndraiky mamany ké hikambagna amin'ny vadiny, ké izy aroy de ho tônga nofo raika foagna.'' [32]Lehibe
izegny fahamarignana mivony izegny _ fô zaho de mikoragna momban'i Kristy sy ny fiangonagna. [33]Kanefa, ny
tsiraikaraika aminaré foagna kôa de tôkony ho tià ny vadiny avy karaha ny tegnany, ké ny viavy de tôkony
hagnaja ny vadiny.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

1Ry zanaka, magnike ny ray aman-dreninaré akô amin'ny Tompo, satrià manjary izegny. 2"Hajao ny rainà ndraiky mamanà" (izegny no didy voalôhany misy fampanantignana), 3"mbô hahita soa anà ké mbô ho lava andro anà aketo ambônin'ny tany."4Anaré ray, aza mitôndra ny zanakaré ho amin'ny fahatizeragna. Fô ndraiky, tezao amin'ny fitsipika sy iré fampianaran'ny Tompo zaré ré.5Ry mpanompo, mankatoava ny tomponaré atô an-tany amin'ny haja ambôny sy fangovitagna, amin'ny fahatsoran'ny fônaré. 6Mankatoava ananjy iré karaha ny hankatoavanaré an'i Kristy. Mankatoava tsy aké imason'ny tomponaré foagna mbô hankasitrahan-jaré ré. Fô ndraika, mankatoava karaha ny mapanompon'i Kristy, zay magnano ny sitrak'Andriamanitra amin'ny fônaré jiaby. 7Manompoa amin'ny fônaré jiaby, karaha ny hoe manompo ny Tompo anaré fô tsy ôlogna, 8satrià haintsika fô na ino na ino asa tsara atôn'ny ôlogna tsiraikaraika, de handray valim-pitia avy amin'ny Tompo izy, na andevo izy na ôlon'afaka.9Anaré Tompo, magnanôva karaha iré raha iré foagna kôa amin'ny mpanomponaré. Aza mampiôrohôro ananjy iré. Fantatraré fô Izy zay sady Tomponaré no Tomponjaré ré de agny an-dagnitra ary tsisy fiangarana akô Aminanjy.10Farany, mahereza akô amin'ny Tompo sy amin'ny tanjakin'ny heriny. 11Itafiao ny fiadian'Andriamanitra jiaby, mbô afahanaré mijoro manohitra iré tetiky ny devoly.12Fô ny adintsika de tsy manohitra ny nofo sy ny rà. Fô ndraika, manohitra ny fanjakagna sy ny fahefagna ara-panahy sy iré mpanapaky ny fanjakan'ny fahamaizignan-dratsy, manohitra iré fanahy ratsy agny amin'ny fitoeran-dagnitra. 13Noho izegny itafio ny fiadagnan'Andriamanitra jiaby, mbô ahafahanaré mijoro aminjô andron'ny ratsy zao, ary kôfa vitanaré ny raha jiaby, de hahatohitra ianaré.14Mijoroà, noho izagny, kôfa avy nagnano ny fehikibon'ny fahamarinagna sy ny fiarovan-tratran'ny fahitsiagna anaré. 15Ké karaha ny kiraro ho an'ny tongotraré, de hapitaho ny fahavononagna hitory ny filazantsaran'ny fihavanagna. 16Amin'ny toe-javatra jiaby de raiso ny ampingan'ny finoagna, zay afahanaré manohitra iré zana-tsipika mirehitr'afon'ilay ratsy.17Ké raiso ny aro-lôhan'ny famonjegna sy ny sabatry ny fanahy, zay tenin'Andriamanitra. 18Amin'ny vavaka sy fangatahana jiaby, de mivavaha amin'ny fanahy amin'ny fotoagna jiaby. amin'izegny fômba fisainagna izegny, de miambena hatragny amin'ny faharetagna jiaby, kô manolotra vavaka ho an'ire ôlomasign'Andriamanitra ianaré.19Ké mivavaha ho anahy, mbô hisy hafatra hamiagna anahy kôfa manôkatra ny vavako zaho. Mivavaha mbô afahako mampahafantatra amin'ny fahasahiagna ny fahamarinagna mivony mômban'ny filazantsara. 20Ho an'ny filazantsara no maha-ambasadaoro voafatotra amin'ny gadra anahy, mbô afahako magnambara izegny am-pahasahiagna, kô tsy maintsy hikoragna zaho.21Tikiko lay rahalahy malala sy mpanompo mahatoky akô amin'ny Tompo, no hampahafantatra anaré ny raha jiaby, mbô hahalalanaré zay ataoko. 22Nasaiko taminaré izy noho io tanjona io indrindra, mbô hahafantaranaré iré raha mômba anay, ké mbô afahany mampahery ny fônaré.23Fiadanagna ho aminaré rahalahy, ary ny fitiavana miaraka amin'ny finoagna avy amin'Andriamanitra Ray sy ny Tompo Jesosy Kristy. 24Ny fahasoavagna ane ho amin'izay jiaby tià an'i Jesosy Kristy Tompontsika amin'ny fitiavana tsy maty mandrakizay.

# 1 Timothy

Chapter 1

1Paoly, apostôlin'i Kristy Jesosy karaha ny didin'Andriamanitra mpamonjy antsika sy i Kristy Jesosy tokintsika, 2ho an'i Timoty, zanaka lahy marigna akô amin'ny finoàgna: Fahasoavagna, famindram-pô, ary fiadanagna avy amin'Andriamanitra Ray sy i Kristy Jesosy Tompontsika.3Karahà ny nangatahiko mafy ho atônà kôfa niala takô Makedonia zaho, mitoetra akô Efesosy mbô hahafahako mibaiko iré ôlogna sasany tsy hampianatra foto-pampianaragna hafa 4Tsy tôkony hitandrigna iré tantara sy tetiaragna adihevitra fô tsy mpagnampy ny drafitr'Andriamanitra, zay amin'ny alalan'ny finoàgna.5Ary ny tanjon'ny didy de fitiavagna avy amin'ny fô madio, avy amin'ny feon'ny fieritreretagna tsara, ary avy amin'ny finoàgna tsy miatsaravelatsihy. 6Ny ôlogna sasany de tsy nahatratra ny tanjogna ké niala tamin'iré raha iré ho agny amin'ny lahateny adaladala. 7Zaré ré de ho mpampiana-dalagnà, kanéfa zaré ré tsy mahazo zay volagniny sy hizirizirinjaré ré. 8Fô antsika de mahafantatra fô ny lalàna de tsara kô misy araika mampiasa ananjy amin'ny ara-dalagna.9Antsika de mahafantatra izégny, fô ny lalàgna de tsy natô ho an'ny ôlo-marigna, fô ho an'ny mpandika lalàgna sy ôlogna mpikomy, 10ho an'iré ratsy fagnahy sy mpanota, ary ho an'iré andriamani-diso sy tsy masigna. Izégny de natô ho an'iré zay mamono ny papany sy mamany, ho an'ire mpamono ôlogna, ho an'ire ratsy fitondran-tegna ara-nôfo, ho an'ire sodemita, ho an'ire mpalaka an-keriny ôlogna bô ho andevozigna, ho an'ire mpandainga, ho an'ire vavolombelogna tsy

marigna, ké na ino na ino hafa manôhitra ny fampianaragna mahatôky. [11]Io fampianaragna io de mifagnaraka amin'ny filazantsaran'ny voninahitr'ilay Andriamanitra voàtahy zay nankinina taminahy.[12]Isaorako i Kristy Jesosy Tompontsika. Nampahery anahy Izy, fô nataony mahatôky zaho, ké nanendry anahy ho amin'ny fanompoagna Izy. [13]Zaho de mpiteny ratsy, mpanenjika, ary lalahy mahery setra. Kanéfa nahazo famindram-pô zaho satrià tamin'ny tsy fahalalako no nanaovako izégny noho ny tsy finoàgna. [14]Fô ny fahasoavan'ny Tompontsika no nandrakotra tamin'ny finoagna sy fitiavagna zay akô amin'i Kristy Jesosy.[15]Zô afatra zô de azo atoka sy méndrika ny fanikegna jiaby, fô i Kristy Jesosy de tônga taketo an-tany hamonjy irè mpanota. Zaho no ratsy indrindra tamin'iré. [16]Fô noho izègny antony izégny no namindragna fô taminahy, mbô amin'ny alalako, ny mahaventy indrindra, i Kristy Jesosy de mety hampiseho ny faharetagna jiaby. Nagnano izégny Izy ho ôhatra ho an'ire zay magniry hatôky Ananjy ho an'ny fiainagna mandrakizay. Ary ho an'ny [17]mpanjakan'ny tôgno, tsy mety naty, tsy hita maso, ny Andriamanitra tôkana, ané ny laza sy voninahitra mandrakizay dorià. Amena.[18]Zô didy zô no amiako anà, Timoty, zanako, karahà irè faminaniagna natô momba anà tagny alôha, fô anà de mety hiady ny ady tsara, [19]ny fiazonagna ny finoàgna sy ny feon'ny fieritreretagna tsara. Tamin'ny fandavana izégny, misy ny nagnano sambo vaky ny finoàgnany. [20]Karahà an'i Hymeneo sy Aleksandro, zay natôlotra ho an'i Satana mbô ampianarigna ananjy irè tsy hiteny ratsy.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1]Vôlohagny indrindra noho izégny, de mandrisika zaho fô irè fangatahana, vavaka, fifonagna, ary fisaoragna de
natao ho an'ny ôlogna jiaby, [2]ho an'iré mpanjaka sy irè jiaby aké amin'ny fahefagna, mbô ahafahantsika miaigny
am-piadanagna sy miaigny milamigna amin'ny toe- pagnahy karahà an'Andriamanitra sy fahamendrehagna
jiaby. [3]Izégny de tsara sy azo ikegna aké anatrehan'Andriamoanitra mpamonjintsika. [4]Iriàny mbô ho vonjegna
jiaby ny ôlogna jiaby ké ho tônga amin'ny fahalalagna ny marigna.[5]Fô raika foàgna no Andriamanitra, ary raika'
foàgna no mpagnelanelagna an'Andriamanitra sy ny ôlogna, de lay lalahy Kristy Jesosy. [6]Izy nagnamia ny tegnany
ho vidim-pagnavotagna ho an'ny jiaby, karahà ny finoàgna vavolombelogna amin'ny fotoagna tôkony ho izy. [7]Fô
amin'izégny tanjogna izégny, zaho, ny tégnako, de nataoko ho mpitory sy ho apostoly. mikoragna ny marigna
zaho. tsy mandainga zaho. mpampiagnatra iré Jentilisa amin'ny finoàgna sy fahamarinagna zaho.[8]Noho izégny,
tiàko ny lalahy na akéza na akéza mbô hivavaka sy hanandra-tanagna masigna tsy am-pahavinirana na amin'ny
fifandiragna. [9]Karahà izégny koà, tiàko ny viavy mbô hagnisy lamba méndrika ny tégnany, amin'ny
fahamaotinagna sy fahafehezan-tégna. Tsy tôkony hagnano randrana mirentra, na vôlamena, na voahangy, na
lamba lafo vidy. [10]Tiáko zarè ré hagnisy lamba amin'izay mety ho an'iré viavy zay mampiseho toe-pagnahy
karahà an'Andriamanitra amin'ny alalan'irè asa tsara.[11]Ny viavy de tôkony hianatra am-pahanginagna ary
hagneky tantéraka. [12]Tsy ambelako hampianatra ny viavy na hampihatra fahefagna amin'ny lalahy, fô hidôko akô
agnaty fahanginagna.[13]Fô Adama no noforonigna vôalôhany, avy také i Eva. [14]Adama de tsy voàfitaka, fô ny viavy
no voàfitaka tantéraka tamin'ny fandikan-dalàgna. [15]Na izégny aza, hovonjegna izy amin'ny alalan'ny fiterahan-
jaza, kôfa mitohy amin'ny finoàgna sy fitiavagna ké fahamasinagna miaraka amin'ny fahononan-tégna.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Matokià izô koràgna izô: Kôfa misy ôlogno araiky magniry ny ho mpiandraikitry, de magniry asa tsara izy. [2]Noho
izégny de ny mpiandraikitra de tsy maintsy tsy manan-tsigny. Tsy maintsy manambady viavy tôkagna izy. Izy de
tôkony hahay handajalanja, hendry, tia filaminagna, tia mandray ôlogno. Tsy maintsy mahay mampianatra izy.
[3]Tsy tôkony za-dratsy amin'ny divay izy, tsy mpila ady, fô ndraiky, malemy fagnahy, feno fiadanam-pô. Izy de tsy
tôkony ho tia vôla.[4]Tôkony hitantagna tsara ny tôkantragnony izy, ké iré zanany de tôkony hagneky ananjy am-
pagnajagna tanteraka. [5]Fô kôfa tsy mahay mitantagna ny tôkantragno izy, karakôry no hikarakarany ny
fiangonan'Andriamanitra?[6]Tsy tôkony ho ôlogno vao niôva fô izy, mbô tsy hieboeboany kè ho lavo amin'ny
fagnamelohagna karaha ny devoly. [7]Izy foagna koà de tsy maintsy tsara laza amin'iré ôlogno egny ivelagny, mbô
tsy ho lavo agnaty fahafaham-baraka ndraiky fandriky ny devoly.[8]Iré Diakona, karaha izégny foagna koà, de
tôkony ho mendreka. Zaré ré de tsy tôkony hisotro divay be loàtra na tsy mahalala onona ara-kanigna. [9]Tôkony
hitazogna ny fahamarignan'ny finoagna nambara miaraka amin'ny feon'ny fieritreretagna madio. [10]Zaré ré
foagna koà de tôkony ho sadraigna mialôha, avy aké de tôkony hanompo satrià tsy manan-tsigny zaré rè.[11]Iré
viavy foagna koà tôkony ho mendrika karaha izégny. Tsy tôkony ho mpagnedrikendrika zaré ré. Tôkony hahay
handanjalanja ké mahatoky amin'ny raha jiaby. [12]Iré Diakona de tôkony hanambady viavy tôkagna. Tsy maintsy
mitantagna tsara iré zanany ndraiky tôkantragnony zaré ré. [13]Fô iré zay nanompo tsara de handray ny laza tsara
sy fahatokisagna maventy amin'ny finoagna ho an'ny tegnanjaré ré zay akô amin'i Jesosy Kristy.[14]Manôratra irè
raha iré aminà zaho, ké manantegna ny ho avy tsy ho ela agny aminà zaho. [15]Fô kôfa tara zaho, de manôratra
mbô hahafantaranaré ny fitondran-tegna akô amin'ny tôkantragnon'Andriamanitra, zay
fiangonagnan'Andriamanitra velogna, lay vato fehizoro sy fioregnan'ny fahamarinagna.[16]Tsy azo lavina fô ny
fahamarignana nambara zay araka an'Andriamanitra de maventy: ''Izy de niseho tamin'ny nôfo,
nohamarignin'ny Fanahy, hitan'ny anjely, nambara také agnivon'irè firenena, ninoan'izô tontôlo izô, ké
nasandratra tamim-bôninahitra.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 4

1 Avaizo mivolagna mazava tsara ny Fanahy fô amin'ny fotoagna agny afara agny de hiala amin'ny finoagna ny
ôlongno sanany ké mitandrema tsara ny amin'iré fanahy mpamitaka sy iré fampianaran'iré demonia 2 amin'ny
fihatsarambelatsihin'ny mpandainga. Fô voàmarika amin'ny vy mamay ny feon'ny fieritreretanjaré ré. 3 Ho
rarànjaré ré ny manambady ndraiky mandray iré hanigna zay noforonin'Andriamanitra ho zaraigna miaraka
amin'ny fisaoragna aké amin'iré zay mino sy zay mahafantatra ny marigna. 4 Fô ny raha jiaby zay
noforognin'Andriamanitra de tsara. Tsisy holavigna ny raha noraisintsika tamim-pisaoragna. 5 Fô nohamasinigna
tamin'ny koragnan'Andriamanitra ndraiky vavaka izégny. 6 Kôfa apetrakaré aké agnoloan'iré rahalahy iré raha iré,
de ho mpanompo tsaran'i Jesosy Kristy anaré. Fô notazaigna tamin'iré koragnan'ny finoagna ny tamin'ny
fampianaragna tsara zay narahinaré anaré. 7 Fô lavo ny angano tantarain'ny viavy antitra. Fô ndraiky, tariho
hagnamia vôninahitra an'Andriamanitra ny tegnanaré. 8 Fô ny vatagna hofanigna de hely foagna no azo
ampiasaigna ananjy, nefa fampiasa amin'ny raha jiaby ny toetra araka an'Andriamanitra. Mihazogna ny
fampanantinagna amin'itô fiainagna avaizo itô ndraiky fiainan-ko avy. 9 Itô hafatra itô de mendri-pitokisagna sy
mendrika ny fahafenoan'ny fagnekegna. 10 Fô noho izégny de hitôlogna sy hiasa mafy atsika. Fô mahatoky akô
amin'Andriamanitra velogno atsika, zay Mpamonjy ny ôlogno jiaby indrindra iré zay mino. 11 Koragno sy
ampianaro iré raha iré. 12 Ôka tsy hisy ôlogno hagnano tsinontsinogna ny fahatanoranà. Fô ndraiky, ôka ho ôhatra
ho an'iré zay mino, amin'ny fivôlagna, fitondran-tegna, fitiavagna, finoagna, ké fahadiovagna. 13 Mandra-pihaviko,
tohizo ny famakiagna, ny fagnanaragna, ndraiky fampianaragna. 14 Aza atô tsinontsinogna ny fagnomezam-
pahasoavagna zay akô aminà, zay namiagna anà tamin'ny alalan'ny faminaniagna, niaraka tamin'ny fametrahan-
tagnan'iré lohologna. 15 Tandrovy iregny raha iregny. Meteza ho akô aminjaré ré, mbô hiharihary amin'ny ôlogno
jiaby ny fandrosoanà. 16 Tandremo tsara ny tegnanà ndraiky fampianaranà. Tohizo iregny raha iregny. Fô kôfa
magnano karaha izégny, de ho vonjenà ny tegnanà sy iré zay mihaino anà.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Aza mibedy ny anti-dahy. Fô ndraiky, anaro karaha ny ray izy. Anaro karaha ny rahalahy iré lalahy tanôra.
[2]Anaro karaha ny reny irè vavi-antitra, kè iré viavy tanôra karaha ny anabavy akô amin'ny fahadiôvagna jiaby.
[3]Magnajà iré mpitôndrategna, iré tegna mpitôndrategna. [4]Fô kôfa manan-janaka na zafihely ny mpitôndrategna
araiky, de avelà zarè ré alôha hianatra haneho fagnajagna akô amin'ny tôkantragnony. Ôka zaré ré hamaly
babegna iré ray aman-dregniny, satrià ankasitrahan'Andriamanitra izégny.[5]Fô ny tegna mpitôndrategna de
navela ho irery. Mametraka ny fitokiany amin'Andriamanitra izy. Mipetraka hatragny amin'iré fangatahagna sy
vavaka andro amagn'aligna. [6]Na izégny aza, ny viavy zay miaigna ho an'ny fahafinaretagna de naty, na de mbôla
velogno aza izy.[7]Torio izégny raha izégny mbô tsy anagnanjaré ré tsigny. [8]Fô kôfa misy ôlogno tsy nagnamia ho
an'iré havany akaiky, indrindra ho an'iré zay akô amin''ny ankohonanay, de nandà ny finoagna izy ké ratsy
lavitra noho ny tsy mpino.[9]Ôka hosoratagna ho mpitondrategna ny viavy zay tsy latsaky ny enimpôlo taogna,
viavy araiky zay vadin'ny lalahy araiky. [10]Tôkony ho fantatra noho iré asa tsara izy, na nikarakara iré ankizy, na
foagna koà nampiantragno iré mpivahiny, na nanasa ny tôngotr'iré mpino, na nagnamaivagna ny ory, na nanôlo-
tegna tamin'ny asa tsara jiaby.[11]Fô ho an'iré mpitondrategna mbôla tanôra ndraiky, de aza manaiky ny hanôratra
ananjy iré akô agnaty lisitra. Fô rehefa milavo-lefogna amin'ny filan'ny nôfo hanohitra an'i Kristy zaré ré, de te-
hanambady. [12]Amin'izégny zaré ré de hahazo fagnamelohagna satrià namadika ny fagnoloran-tegna voàlôhany.
[13]Ké de lasa raha malaigna koà zaré ré. Mandehandeha mitety tragno. Tsy hoe lasa malaigna fotsiny foagna zaré
ré, fô lasa mpifôsa sy mpila ady foagna koà. Mivôlagna raha zay tsy tôkony ho volagnina zarè ré.[14]Noho izégny de
tiako hanambady iré viavy mbôla tanôra, hiteraka, hikarakara tôkantragno, mbô tsy ahafahany magnamia irika
ny fahavalo hiampanga anay ho anà ratsy. [15]Fô ny sanany efa nivily sahady hagnaraka an'i Satana. [16]Kôfa misy
viavy mino managna mpitôndrategna, ôka izy hagnampy ananjy iré, mbô tsy hagnavesatra ny fiangonagna, mbô
hahafahany magnampy irè tegna mpitôndrategna marigna.[17]Ôka irè lohôlogno zay manapaka tsara mbô ho
raisigna ho mendri-bôninahitra ambo roy heny, indrindra iré zay miasa miaraka amin'ny koragna sy amin'ny
fampianaragna. [18]Fô ahozy ny Sôratra Masigna hoe: ''Tsy tôkony hagnisy fehiny ny vavan'ny ômby anaré kôfa
mbôla mively voa izy.'' ké koà: ''Ny mpiasa de mendrika ny karamany.''[19]Aza mandray fiampangagna manôhitra
ny lohôlogno araiky kôfa tsisy vavôlombelogno roy na telo. [20]Ahitsio aké agnatrehan'ny jiaby iré mpanôta mbô
hatahotra ny ambiny hafa.[21]Mandidy anà mafy zaho aké agnatrehan'Andriamanitra sy aké agnatrehan'i Kristy
Jesosy ké iré anjely voàfidy, mbô hihazognanà iré didy iré tsisy fitsaratsaragna ké mbô tsy hanaôvanà na ino na
ino amin'ny fiandaniagna. [22]Aza maimaika mametra-tanagna aminjôvy na zôvy. Aza miray akô amin'ny
fahotan'ny ôlon-kafa. Tôkony hihazogna ny tegnanà hadio anà.[23]Tôkony tsy hisôtro rano intsony anà. Fô ndraiky,
tôkony handray divay hely anà ho an'ny vavôny sy iré aretinà mateti-pitranga. [24]Ny fahotan'iré ôlogno sanany de
fantatra miharihary, ké zaré ré de mandeha alôhan'iré akô amin'ny fitsaragna. Fô ny ota sanany magnaraka avy
atô afara. [25]Karaha izégny foagna koà, misy asa tsara fantatra miharihary, saingy iré sanany aza de tsy azo
afenina.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 6

[1]Ôka iré raha zay akô ambanin'ny zioga karaha iré andevo mbô hagnano ny tômpony ho mendrika ny haja jiaby.
Izy iré de tôkony hagnano izégny mbô tsy hivolanagna ratsy ny agnaran'Andriamanitra ndraiky fampianaragna.
[2]Iré andevo zay managna tompo mino de tsy tôkony hagnano tsinontsinogna ananjy iré satrià mpirahalahy
aminanjy. Fô ndraiky, zaré ré de tôkony hanômpo iré hatragny hatragny. Fô iré tompo zay nampiagna tamin'ny
asanjaré ré de mpino sady tiavigna. Ampianaro ké ambarà iré raha iré.[3]Hevero fô ny ôlogno de mampianatra
amin'ny fômba hafa kè tsy manaiky ny fanoroantsika ara-pinoàgna, zay, koragnin'i Jesosy Kristy Tompontsika.
Hevero fô zaré ré de tsy manaiky ny fampianaragna zay mitôndra agny amin'ny toetra araka an'Andriamanitra.
[4]Izégny ôlogno izégny de mirehareha ké tsy mahalala na ino na ino. Fô ndraiky, izy de adalan'iré adihevitra sy iré
fandresen-dahatra momba iré koragna. Iregny koragna iregny de miteraka fialonagna, fagnevatevagna, ahiahy
ratsy, [5]kè ny fifandonagna aké amin'ire ôlogno maloto fisaignagna. Mialà amin'ny marigna zaré ré. Mihevitra izy
fô ny toetra araka an'Andriamanitra no fômba ahatongavagna ho mpanan-kariagna. [Fagnamarihagna: Ny
fandikagna talôha sanany de magnampy hoe: ''Mialà amin'ny raha karaha izégny''. Fô ny fandikagna talôha tsara
indrindra de tsy magnampy izégny.][6]Ké ny toetra araka an'Andriamanitra miaraka amin'ny fahafaham-pô de
tombony maventy. [7]Satrià atsika de tsy nitôndra na ino na ino amin'izô tontôlo izô. Tsy hahavita hitôndra na ino
na ino atsika. [8]Fô ndraiky, ôka atsika ho afa-pô amin'ny hanigna ndraiky fitafiagna.[9]Ké iré zay te ho lasa mpanan-
kariagna de latsaka akô agnatin'ny fakam-pagnahy, akô agnatin'ny fandrika. Latsaka takô agnatin'ny hadalagna
sy iré filàgna mampidi-dôza maro zaré ré, ké foagna koà iré hafa mandetika iré ôlogno akô amin'ny faharavagna
ndraiky fandriganagna. [10]Satrià fôtotr'iré karazan-dratsy jiaby ny fitiavam-bôla. Ny ôlogno sanany zay magniry
izégny de efa vôvily niala tamin'ny finoagna kè nagnindroa ny tegnanjaré ré tamin'ny fahoriagna maventy.[11]Fô
anà, ry lalahin'Andriamanitra, mandosira iré raha iré. Miezaha mitady ny fahamarinagna, ny toetra araka
an'Andriamanitra, ny fahatokisagna, ny fitiavagna, ny faharetagna ké ny hatsaram-pagnahy. [12]Miadia ny ady
tsaran'ny finoagna. Hazogny ny fiainagna mandrakizay fô ho amin'izégny no niantsoagna anà. Izégny de momba
ny nijoronà vavôlombelogno ny amin'izay inoanà také agnatrehan'irè vavôlombelogna maro tamin'izay tsara.
[13]Zaho de magnamia anà izégny didy izégny aketo agnoloan'Andriamanitra, zay nahatônga ny raha jiaby ho
velogno, iré aké agnatrehan'i Kristy Jesosy, zay nivôlagna ny marigna také agnatrehan'i Pontio Pilato: [14]Tehirizo
tsara ny didy, tsy manan-tsigny, mandra-pisehon'ny Tompontsika Jesosy Kristy.[15]Andriamanitra de maneho ny
fisehoany amin'ny fotoàgna tôkony ho izy_Andriamanitra, lay araiky zay notahiagna, lay hery tôkagna, lay
Mpanjaka zay manjaka, ké lay Tompo zay manapaka. [16]Izy irery foagna no managna ny tsy fahafatesagna ké
mitoetra aké amin'ny hazavagna tsy azo hagnatôgnagna. Tsisy ôlombelogno mahita ananjy na afaka mijery
Ananjy. Ho ananjy anie ny vôninahitra ndraiky hery mandrakizay. Amena.[17]Volagno ny mpanan-karigna amin'izô
tontôlo izô mbô tsy hirehareha, sy manantegna ny haregna, zay tsy azo antoka. Fô ndraiky, tôkony hagnantegna
an'Andriamanitra zaré ré. Magnamia antsika ny hariagna marigna jiaby Izy mbô hifaliantsika. [18]Volagno zaré ré
mbô hagnano ny tsara, mbô hanan-kariagna amin'ny asa tsara, mbô alala-tagnagna, ké vônogno hizara.
[19]Amin'izégny fômba izégny, de ho tehirizinjaré ré ny fototra tsara ho an'ny tagnany amin'izay ho avy, ké
hihazognany ny tegna fiaignagna.[20]Ry Timoty, arovy zay natôlotra anà. Hiala ny koaragna adala ndraiky
fandresen-dahatra mifanohitra momba ny fiantsoagna diso ny amin'izay atô hoe fahalalagna. [21]Ny ôlogno sanany
de magnambara izégny raha izégny ké de tsy nahatsiaro ny finoagna zaré ré. Ho aminaré anie ny fahasoavagna.

# 2 Timothy

Chapter 1

[1]Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny sitrapôn'Andriamanitra, karahà ny fampagnantinan'ny
fiainagna zay akô amin'i Kristy Jesosy, [2]an'i Timoty, zanaka tiagna: fahasoavagna, fiantragna, ndraiky fiadanana
avy amin'Andriamanitra lay Ray sy Kristy Jesosy Tompontsika.[3]Misaotra an'Andriamanitra zaho, zay tompoiko
avy amin'iré razambeko, miaraka amin'ny feon'ny fieritreretagna madio, [4]karaha ny hahatsiarôvako anà
mandrakariva amin'ny fivavahako andro aman'aligny. Karaha ny hahatsiarôvako iré ranomasonà, magniry mafy
ny hahita anà zaho, ké mety ho feno hafaliagna zaho. [5]Nampahatsiahivigny taminahy ny finoagnanà marigny, zay
nihaigny vôlohagny takô amin'ny mamabenà Loisa sy ny mamanà Eonisa, ké resilahatra zaho zao fô miaigny akô
aminà foagna koà izégny.[6]Izégny no antony ampahatsiahiviko anà mbô hampiasanà indraiky ny
fagnomezan'Andriamanitra akô aminà amin'ny alalan'ny famitrahako tagnana. [7]Fô Andriamanitra tsy nagnamia

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

fagnahin'ny tahotro antsika, fô ny hery sy fitiavagna ndraiky fifehezan-tegna.[8]Ké aza megnatra amin'ny fijoroagna vavôlombelogno momban'ny Tompontsika, na aminahy, Paoly, lay gadrany. Fô ndraiky, mizarà amin'ny fahoriagna ny filazantsara araka ny herin'Andriamanitra. [9]Fô Andriamanitra no namonjy sy nagnantso antsika tamin'ny antso masigny. Nagnano izegny Izy, tsy noho iré asantsika fô nohon'ny drafitra zay efa natony sy ny fahasoavany. Na de mbôla tsy niandoha aza ny fotoagna de efa nagnamià antsika iregny raha iregny takô amin'i Kristy Jesosy Izy. [10]Fô avaizo ny famonjen'Andriamanitra de nivolagniny tamin'ny alalan'ny fisehoan'i Kristy Jesosy Mpagnavotro antsika. Kristy zay nanafoagna ny fahafatesagna ké nitondra fiainagna zay tsy ho tapitry mandrakizay mbô hagnazava amin'ny alalan'ny filazantsara. [11]Noho izègny, de voatondro ho mpitory teny zaho, ho apostoly, ary ho mpampianatra. [Fagnamarihagna: Iré dikan-teny talôha sanany de magnampy hoe: ''Ho an'ny Jentilisa.'']
[12]Fô noho izègny antony izégny de mijaly amin'iregny raha iregny foagna koà zaho. Fô tsy megnatra zaho, satrià fantako izy lay ninoako. Resy lahatra zaho fô afaka mitagna zay efa nankigniko taminanjy izy mandra-pahatongavan'izégny andro izégny. [13]Tano ny ohatra momba iré hafatry ny finoagna zay regninarè taminahy, miaraka amin'ny finoagna sy fitiavagna zay akô amin'i Kristy Jesosy. [14]Ny raha tsara zay nataon'Andriamanitra taminà, ambeso amin'ny alalan'ny Fagnahy Masigna izégny, zay miaigna akô amintsika.
[15]Fantanaré izégny, fô zay jiaby nipetraka tagny Azia de nivadika taminahy. Akô amin'io fikambanagna io iré Fizelio sy ireo Hermozena. [16]Enga ané ny Tompo hagnamia famindram-pô amin'ny tonkantragnon'i Onesiforo, satrià namelombelogno anahy matetika izy ary tsy megnatra tamin'ny gadrako. [17]Fô ndraiky, kôfa tagny Roma izy, de nitady anahy mafy, ké hitany zaho. [18]Ny Tompo ané hagnatoro ananjy ké hahitany famindram-po avy aminanjy amin'izegny andro izegny. Iré fomba jiaby nagnampiany anahy takô Efesosy, de fantanaré tsara.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1]Noho izegny anà, ry zanako, mahereza akô amin'ny fahasoavagna izay akô amin'i Jesosy Kristy. [2]Iré raha regninaré avy aminahy také agnatrehan'ny vavolombelogno maro, de hankino amin'ny ôlogno mahatoky izay afaka hampianatra ny sanany koa.[3]Miareta raha sarotro miaraka aminahy, karaha ny miaramila tsaran'i Jesosy Kristy. [4]Tsy misy miaramila manompo koa mbôla voafandrik'iré raharahan'izao fiainagna izao, mbô hafahany mampifaly ny lehibeny. [5]Ary, koa misy ôlogna mifaninagna karaha ny atileta, de tsy mahazo ny satro-boninahitra izy koa tsy mifaninagna amin'ny alalan'iré fitsipika.[6]Ilaigna ny fandraisan'ilay mpamboly izay miasa mafy ny anjara vokatra voalohany. [7]Saigno ny momba izay volagniko, fô ny Tompo no hagnomia anaré ny fahatakaragna amin'ny raha jiaby.[8]Tsarovo Jesosy Kristy avy amin'ny taranak'i Davida, izay natsangagna tamin'iré maty. Izegny de araka ny hafatra ny filazantsarako, [9]izay mampijaly anahy ny amin'ny famihezagna karaha ny mpamono ôlogno. Fô ny tenin'Andriamanitra de tsy voafehy. [10]Noho izegny de hiaretako ny raha jiaby ho an'iré voafidy, mbô ho afaka hahazo ny fagnavôtagna izay akô amin'i Kristy Jesosy foagna koa izy iré, miaraka amin'ny voninahitra mandrakizay.[11]Itô teny ito de mendri-pitokisagna: ''Koa maty miaraka taminanjy atsika, de ho velogna hiaraka aminanjy foagna koa. [12]Koa miaritra atsika, de hanjaka hiaraka aminanjy foagna koa. Koa mandà Ananjy atsika, de handà antsika foagna koa Izy. [13]Koa tsy mahatoky atsika, de hahatoky foagna Izy, satria tsy afaka mandà ny tegnany Izy.''[14]Ampahatsiahivo ananjy iré foagna iré raha iré. Ampitandremo aké agnatrehan'Andriamanitra zaré ré mbô tsy hifamaly momba iré teny. Noho io de tsy misy raha ilaigna. Noho io de misy faharatragna ho an'iré izay mitandregny. [Fagnamarihagna: ny dikan-teny sanany de mivaky hoe: ''Ampitandremo aké agnatrehan'Andriamanitra zaré ré] [15]Amia ny tsara avy aminà mbô hanoloranà tegna ho an'Andriamanitra karaha ilay ankatoavigna, mpiasa izay tsy managna antony hahamegnaragna, izay mapianatra ny tenin'ny fahamarinagna amin'ny tôkony ho izy.[16]Hialà ny koragna fanevatevagna, izay mitondra tsihelihely agny amin'ny faharatsiam-pagnahy. [17]Ny koragna-njaré ré de hiparitaka karaha ny vay manômbaka. Aké agnivon'iré Hymeneo sy Fileto. [18]Izy iré no lalahy tsy mbô nahafantatra ny marigny. Mivolagna zaré ré fô ny fitsanganagna amin'ny maty de efa nitranga. Raté-njaré ré ny finoagnan'ny sanany.[19]Na de izegny aza, ny fototra mafy aorin'Andriamanitra de nitsangagna. Managna itô sôratra itô: ''Ny Tompo de mahafantatra iré izay ananjy'' ary ''Izay jiaby manognona ny agnaran'ny Tompo de tsy maintsy miala amin'ny tsy fahamarinagna.'' [20]Akô amin'ny tragnon'ny mpanan-kariagna, de tsy iré fitoeran'ny vôlamena sy vôlafotsy foagna no akô. Misy foagna koa iré fitoeran'ny kakazo sy tanimanga. Ny sanany amin'izy iré de ho ampiasaigna amim-boninahitra, ary ny sanany ho amin'ny fagnalam-baraka. [21]Koa misy ôlogno magnadio ny tegnany ho afaka amin'ny fahafaham-baraka, de fitoeragna manan-kaja izy. Izy de voatôkagna, ilain'ny Tompony, ary voahomagna amin'ny asa tsara jiaby. [22]Milifàsa an'iré filàn'ny tanora. Mitadiva fahamarinagna, finoagna, fitiavagna, ary fihavanagna miaraka amin'iré izay magnantso ny Tompo amin'ny fô madio. [23]Kanefa mandàva iré fagnotaniagna mahôla sy tsy misy fôtony. Fantanarê fô miteraka ady iré.[24]Ny mpanompon'ny Tompo de tsy tôkony mifanditra. Fô ndraiky tsy maintsy malemy fagnahy amin'ny jiaby izy, mahay mampianatra, ary maharatra. [25]Tsy maintsy akô amin'ny fahalimiam-pagnahy no ampianarany iré izay manohitra ananjy. Fô angamba Andriamanitra mety hagnomia ananjy iré fibebahagna ho an'ny fahafantaragna ny marigna. [26]Mety hôdy indraiky ny fisaignan-jaré ré ary handao ny fandrikin'ny devoly, kôfa avy nisamborigny tamin'ny sitrapôny.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 3

1Fô fantaro izao: amin'iré andro farany de hisy iré fotoan-tsarotra. 2Satria ny ôlogna ho tia tegna, tia vôla, ho
mpirehahareha, ho mpandoka-tegna, ho mpanevateva an'Andriamanitra, tsy manoa Ray aman-dReny, tsy
misaotra, ary tsy masigna. 3Tsy hanam-pitiavagna ny fianakaviagnany zaré ré, mpanohitohitra, ho
mpagnedrikendrika, tsy hahafehy tegna, hahery setra, tsy ho tiany tsara. 4Ho mpamadika izy iré, tsy misy
eritreritra, mpagnambony tegna, tia fahafinaretagna mihoatra noho iré tia an'Andriamanitra.5Hanagna ny toetra
karaha ny an'Andriamanitra zaré ré, kanefa de handà ny heriny. Mialà amin'iregny ôlogno iregny. 6Satria ny
sanany tamin'iré de iré lalahy izay miditra akô an-tokantragno ary mambabo iré viavy mahôla. Iré no viavy izay
tsy afaka amin'ny fahotagna sy voatarika amin'iré filàgna samby hafa. 7Iré viavy iré de mianatra foagna, kanefa
tsy ho tônga amin'ny fahafantaragna ny fahamarignana aby.8Karaha izegny foagna koa i Jana sy i Jambra
nitsangagna nanohitra an'i Mosesy. Tamin'ny izegny de nitsangagna foagna koa iré mpampianatra sandoka iré
hanohitra ny marigna. Zaré ré de lalahy maratra fisaignana, tsy nankasitrahigna tamin'ny finoagna. 9Fô tsy
handroso lavitra zaré ré. Satria ny hôlany de ho hita mazava amin'ny ôlogna jiaby, karaha ny anin'iré lalahy iré.
10Fô koa anaré ndréky, de efa nagnaraka ny fampianarako, ny fitondragna, ny fikasagna, ny finoagna, ny
faharetam-pô, ny fitiavagna, ny faharetagna, 11iré fangninjehagna, iré fijaliagna, ary izay nitranga taminahy tagny
Antiokia, tagny Ikonioma ary tagny Lystra. Niharitra iré fagninjehagna zaho. Avy amin'iré raha jiaby iré, de
mamonjy anahy ny Tompo. 12Izay jiaby te-hiaigna araka ny fomban'Andriamanitra akô amin'i Kristy Jesosy de ho
injehigna. 13Iré ôlon-dratsy sy iré mpisandoka de ho agny amin'ny ratsy lombolombo ny teo. Izy iré de hitarika iré
ôlon-kafa ho agny amin'ny lalan-diso. Ary zaré ré tegnany de ho voatarika amin'izegny.14Fô koa anaré ndréky,
mipitraha akô amin'iré raha izay efa nianaranaré sy izay efa ninoanaré mafy hoe avy amin-jôvy no efa
nianaranaré. 15Fantanaré fô hatramin'ny fahazazagna de efa nahafantatra iré asa sôratra masigna anaré. Iregny
de hahavita hampahendy anaré ho amin'ny fomonjegna amin'ny alalan'ny finoagna an'i Jesosy Kristy.16Ny sôratra
masigny jiaby de avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Izegny de tombony ho an'ny fotom-pampianaragna,
ho an'ny fanondroagna iré diso, ho an'ny fagnitsiagna,ary ho an'ny fampiofanagna amin'ny fahamarinagna.
17Izegny de mbô hahatônga ny lalahin'Andriamanitra hahay tsara, sy ho voahomagna tanteraka amin'ny asa tsara
jiaby.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 4

1Izaho de magnomia itô didy hentitra itô aké agnatrehan'Andriamanitra sy Jesosy Kristy, izay hitsara ny velogno
sy ny maty, ary noho ny fisehoany sy ny fanjakany: 2Mitoria ny teny. Mivognôna na amin'ny fotoagna na tsy
amin'ny fotoagna. Magnanàra, mivolagna mafy, mampirisiha, amim-paharetagna sy ny fampianaragna jiaby.
3Satria ho avy ny fotoagna izay tsy hazakan'ny ôlogno ny feon'ny fampianaragna. Fô ndrèky, zaré ré de hisafidy
mpampianatra ho ananjy araka iré fagniriany manôkagna. Iré de hagnitikitika ny tadignin-jaré ré. 4Hagnala ny
fitandrignesan-jaré ré amin'ny fahamarinagna iré, ary hivily ho agny amin'iré angano. 5Kanefa anaré, eritrereto
tsara ny raha jiaby. Hiareto ny raha sarotro; ataovo ny asan'ny evanjelista; tantiraho ny fanompoagnanaré.6Satria
efa ho atolotro sahady zaho. Efa tonga ny fotoagna hialako. 7Izaho de efa nahavita ny ady tsara; efa nahavita ny
hazakazaka zaho; efa nitanako ny finoagna. 8Ny satro-boninahitry ny fahamarinagna de efa voatôkagna ho
anahy, izay hamian'ny Tompo, ilay mpitsara marigna, ho anahy amin'izegny andro izegny, ary tsy ho anahy
araiky foagna, fô ndrèky koa ho an'iré jiaby izay efa nitia ny fisehoany.9Amia izay tsara jiaby avy aminà mbô
handehanagna akè aminahy malaky. 10Satria i Demasy efa nandao anahy. Tiany izao tontolo izao ké efa nandeha
tagny Tesalonika izy. Kreska de nankany Galatia, ary Titosy nankany Dalmatia.11Lioka araika foagna no miaraka
taminahy. Alaivo i Marka ké indôsy izy miaraka aminà satria ilaiko amin'ny asa izy. 12Tykiko de naléfako tagny
Efesosy. 13Ilay lamba izay nambelako takô Troasy miaraka amin'ny Karpo, indôsy igny kôfa tonga anà, ké iré boky,
indrindra iré mifôgno hoditra.14Aleksandro ilay mpagnefy varahigna de nampiharihary asa ratsy fôntry
taminahy. Ny Tompo de hamaly ananjy araka iré asany. 15Anà foagna koa de tokony hitandrigna ny tegnanà
aminanjy, satria izy de manohitra mafy iré koragnanay. 16Tamin'ny fiarôvan-tegnako voalohany, tsisy nanohagna
anahy. Kanefa ndrèky, ny ôlogno jiaby nandao anahy. Aoka mbô tsy ho voaheloko amin'izegny zaré ré.17Fô ny
tompo de nitsangagna také agnilako ké nankahery anahy mbô, amin'ny alalako, ny fagnambaragna de afaka
tantirahigna tanteraka, ké mbô afaka haharegny iré Jentilisy jiaby. Izaho de avotro tamin'ny vavan'ny liona. 18Ny
Tompo de nanavotra anahy tamin'ny asa ratsy jiaby ké namonjy anahy tamin'ny fanjakany agny an-dagnitry. Ho
ananjy ané ny voninahitra mandrakizay doria. Amena.19Ataovo velôma i Prisila, i Akoila, ary iré ankohonan'i
Onesiforosy. 20Erasto de nidôko takô Korinto, fô i Trofimo de nilaozako fô narary akô Mileto. 21Amià izay tsara
indridra avy aminà mbô ahatongavagna alôhan'nyrirignina. Magnano velôma anà i Eolobolo, ary Poda ndrèky
koa, Lino, Klaodio, ary iré rahalahy jiaby. 22Hiaraka amin'ny fagnahinà ané ny Tompo. Ho aminaré ané ny
fahasoavagna.

# Titus

Chapter 1

1Paoly, mpanompon'Andriamanitra kè Apostolin'i Jesosy Kristy, hagnamafy ny finoan'ny ôlom-
boafidin'Andriamanitra sy ny fahalalalagna ny marigna zay magnaraka ny toe-pagnahy araka an'Andriamanitra,
2amin'ny fahatokisagna ny fiaignagna mandrakizay, zay nampanantegnain'Andriamanitra, lay tsy mandainga,
fôny fahagôla. 3Tamin'ny fotoagna voàtôndro, de nasehony ny teniny tamin'ny hafatra zay natokisany ho
ampitaiko. Nataoko izégny araka ny didin'Andriamanitra lay Mpamonjy antsika.4Ho an'i Titosy, zanaka marigna
akô amin'ny finoagna hikambanantsika. Fahasoavagna sy fiadanagna avy amin'Andriamanitra lay Ray sy Jesosy
Kristy Mpamonjy antsika. 5Noho izô antony izô no namelako anà tagny Kreta, de ny mbô handaminanà iré raha
mbôla tsy vita sy hanendry lôhologna isaky ny tanàgna araka zay efa nandidiako anà.6Ny lohôlogna de tsy tôkony
hanan-tsigny mihintsy, vadin'ny viavy araiky, managna zanaka mino tsy voàmpanga ho manara-pô amin'ny ratsy
na maditra. 7Ilain'ny mpitandrigna, amin'ny maha-mpagnano ny asan'Andriamanitra, ny tsy fanagnan-tsigny. Tsy
tôkony hahery fivôlagna na mirehareha. Tsy tôkony ho mora vignitra, tsy mpimamo, tsy lian'ady, ké tsy ôlogno tia
vôla.8Fô ndraiky, tôkony hampiantragno izy, sakaizanjôvy tsara. Tsy maintsy mahonon-tegna, marigna, masigna,
ké mahafehy tegna. 9Tôkony mitagna mafy ny hafatra zay efa nampianarigna izy, mbô afahany mampahery iré
hafa amin'ny fampianaragna tsara ké hagnitsy iré zay manôhitra ananjy.10Fô maro ny ôlogno mpikomy, indrindra
iré zay voàfora. Tsisy lanjany ny koragnanjaré rè. Mandiso fanantenagna sy mitarika ny ôlogna agny amin'ny
lalan-diso zaré ré. 11Ilaigna ny manakagna ananjy iregny. Mampianatra ny tsy tôkony hampianarigna zaré ré mbô
ahazoagna hariagna maloto kè mandrava ny fianakaviagna jiaby.12Nisy araiky taminjaré ré, zay lalahy
hendrinjaré rè, nivôlagna hoe: ''Ny Kretana de mpandainga mandrakariva, ratsy ké biby mandoza, kamo be
tenda.'' 13Marigna izégny voàlaza izégny, noho izégny anaro mafy zaré ré mbô hatanjaka amin'ny finoagna.14Aza
miraharaha iré anganon'ny Jiosy na irè didin'ny ôlogno zay niala tamin'ny fahamarinagna.15Ho an'irè zay madio,


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

de madio ny raha jiaby. Fô ho an'iré zay voàloto sy tsy mino ndraiky, de tsisy madio na ino na ino. No ho ny saigna sy ny fieritreretany efa voàloto. [16]Manaiky fô mahalala an'Andriamanitra zaré ré, kanefa mandà Ananjy amin'iré asany. Mpankahala sy mpandika lalàgna zaré ré. Tsy mahavita asa tsara na ino na ino.

Chapter 2

[1]Fô anà ndraiky, mivôlàgna zay mifagnaraka amin'ny fampianaragna marigna. [2]Iré lalahy efa nahazo taogna de tsy maintsy mahay mitôndra tegna, maotigna, mahonon-tegna, matanjaka amin'ny finoagna, amin'ny fitiavagna, ké amin'ny faharetagna.[3]Karaha izégny koà iré viavy efa nahazo taogna de tôkony hampiseho hatragny ny tegnanjaré ré ho tsara fitondran-tegna, fô tsy mpifôsa. Tsy Tôkony ho andevozin'ny divay loàtra zaré ré [4]mbô hampiofagnana iré viavy tanora ho tegna tia ny vady aman-janany manôkagna. [5]Tôkony hampianatra ananjy iré hahonon-tegna, hadio, hikarakara tôkantragno tsara, ké hagneky ny vadiny zaré ré. Tôkony hagnano izégny raha jiaby izégny zaré ré mbô tsy ho voaheso ny Koragnan'Andriamanitra.[6]Karaha izégny, ampaherezo iré lalahy mbôla tanora mbô hahonon-tegna. [7]Amin'ny fômba jiaby de atoroy ny tegnanà ho modelin'iré asa tsara; kè rehefa mampianatra anà, de manehoa fahitsiagna sy fahamendrehagna. [8]Mivolàgna hafatra salama sy tsy misy tsigny, mbô ho megnatra zay manohitra na zôvy na zôvy, satrià ny managna na ino na ino ratsy ho volagnina momba antsika izy.[9]Iré mpanômpo de tôkony hagneky ny tompony amin'ny raha-jiaby. Hagnano zay sitrapôny fô tsy hifamaly aminanjy. [10]Tsy tôkony hangalangalatra zaré ré. Fô ndraiky, tôkony haneho ny finoagna tsara jiaby zaré ré, mbô hampahamendrika ny fampianarantsika momba an'Andriamanitra mpamonjy antsika amin'ny lafiny jiaby.[11]Fô efa niseho tamin'ny ôlo-jiaby ny fahasoavan'Andriamanitra. [12]Mampianatra antsika handà ny toetra tsy araka an'Andriamanitra sy ny filàn'izô tontôlo izô izégny. Mampianatra antsika hiaigna am-pihononagna, am-pahamarinagna, ké araka ny lalan'Andriamanitra amin'izô vanim-potoagna izô izégny [13]aké am-piandrasantsika fatratra zay handraisantsika ny fanantenagna mahafinaritra, ny fisehoan'ny voninahitry ny Andriamanitra maventy sy Mpamonjy Jesosy Kristy.[14]Jesosy de nanolotra ny tegnany ho antsika mbô hagnavotra antsika hiala amin'ny tsy fagnarahan-dalàgna jiaby sy hagnadiovagna, ho an'ny tegnany, ôlogna araiky manôkagna zay tegna mazoto hagnano asa tsara.[15]Ambarà ké indôsy ampaherezigna iré raha iré. Magnomeva fagnitsiagna amin'ny fahefagna jiaby. Aza avela hisy ôlogna hagnano tsinontsinogna anà.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Ampaherezo zaré ré hagnaiky iré mpanapaka sy iré manam-pahefagna, hagneky ananjy iré, ho vonogna
amin'ny asa tsara jiaby. [2]Ampatsiahivo zaré ré tsy hagneso na zôvy na zôvy, hiala amin'ny adihevitra, hamela ny
hafa hagnaraka ny lalany, ké hampiseho fagnetre-tagna amin'ny ôlogno jiaby.[3]Fô také alôha ny tegnantsika de tsy
nanan-tsaigna ké tsy nankàtoa. Voatarika tamin'ny lalan-diso atsika ké nandevozin'ny filàgna sy ny
fahafinaretagna samihafa. Niaigna takô amin'ny faharatsiagna ndraiky fialognagna atsika. Nankahalaigna zahay
ké nifankahala atsika.[4]Fô rehefa niseho ny hatsaram-pagnahin'Andriamanitra mpamonjy antsika sy ny fitiavany
ny ôlombelogno, [5]de tsy tamin'ny asan'ny fahamarinagna natôntsika izégny, fô tamin'ny famindram-pôny no
namonjeny antsika. Izy de namonjy antsika tamin'ny alalan'ny fagnadiovan'ny fahateraham-bôvô ndraiky
fagnavaozagna tamin'ny Fanahy Masina.[6]Andriamanitra nandrotsaka betsaka tamintsika ny Fanahy Masina
tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. [7]Natôny izégny mbô, ho voamarigna tamin'ny fahasoavagna, de
ho tônga mpandôva atsika amin'ny alalan'ny fahatokisagna ny fiainagna mandrakizay.[8]Izégny hafatra izégny de
mendri-pitokisagna. Tiako hivôlagna momba izégny raha izégny am-pahatokisagna anaré, mbô iré zay mahatoky
an'Andriamanitra de hikasa hagnano iré asa tsara zay efa napetrany také alôhanjaré ré. izégny raha izégny de
sady tsara no mahasoa ho an'ny ôlogno jiaby.[9]Fô ialà ny adihevitra adala sy ny tantaram-pirazanagna ké ny
fifandiragna sy ny ady momban'ny lalàgna. Iré raha iré de raha foagna sy tsy mampanjary. [10]Mandà zay ôlogno
jiaby miteraka fizarazaragna aké agnivonarè, afaran'ny fampitandremagna indraiky na indroy, [11]ké fantaro fô ny
ôlogno ohatr'izègny de niala tamin'ny lalagna marigna ké manota sy magnameloka ny tegnany.[12]Rehefa
nagniraka an'i Artema na Tykiko agny aminaré zaho, de faingàna kè mandihagna agny aminahy agny Nikopolia,
zay nagnapahako hevitra andaniagna ny ririnina. [13]Faingàna ké alifaso Zena, lay mpahay lalâgna, sy Apolosy,
mbô tsy hanan-jaha-mahory zaré ré.[14]Ny ôlontsika de tsy maintsy mianatra magnano asa tsara zay ilaigna maika
mbô tsy ahatônga ananjy irè tsy hamôkatra.[15]Iré jiaby miaraka aminahy de magnano velôma anaré. Magnanaova
velôma iré zay tia antsika amin'ny finoagna. Ho aminaré jiaby anie ny fahasoavagna.

# Philemon

Chapter 1

[1]Paoly, voafonja an'i Jesosy Kristy, sy ny rahalahy Timoty ho an'i Filemona, namagna malalanay sy mpiara-miasa
aminay, [2]ary ho an'i Apia anabavinay, sy Arkipo miaramila namanay, ary ho an'ny fiangonagna izegny miangogna
akô an-dragno.[3] Ho aminaré ané ny fahasoavagna sy fiadanagna avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy
Kristy Tompo.[4]Misaotra ny Andriamanitra hatragny zaho. [5]Manognogna anà zaho amin'ny fivavahako. Kôfa
naharegny ny amin'ny fitiavagna ndraiky finoagna izay anagnanà akô amin'i Jesosy Tompo ary ho an'iré mpino
jiaby zaho. [6]Mivavaka zaho mbô hahatônga ny fiombonagna amin'ny finoagnanà hahomby amin'ny fahalalagna
ny raha tsara jiaby izay aké amintsika akô amin'i Kristy. [7]Fô nanagna fifaliagna ndraiky finoagna bé zaho
nohon'ny fitiavanà, satria ny fôn'iré mpino de novelombelomigna tamin'ny alalanà, ry rahalahy.[8]Noho izegny, na
de managna fahasahiagna jiaby akô amin'ny Kristy aza zaho handidy anà mbô hagnano izay tôkony hatônà,
[9]kanefa nohon'ny fitiavagna, de magnantso anà koa zaho - zaho, Paoly, lalahy bé, ké avaizo gadra ho an'i Jesosy
Kristy.[10]Mangataka anà zaho ny amin'ny zanako Onesimosy, izay naterako tamin'ny fatorako. [11]Fô izy de tsy
nampanjary anahy také alôha, fô avaizo izy de mapanjary anà ndraiky izaho. [12]Nalefako niherigna ho agny aminà
izy, izy ilay tiako tokoa. [13]Magniry ny hitazogna ananjy hiaraka aminah zaho, mbô ahahafahany manômpo zaho
ho anà, kô mbôla voafatotra nohon'ny filazantsara zaho.[14]Kanefa tsy te hagnano na ino na ino kô tsy misy ny
fanikenà zah. tsy tiako ho an-katiriagna ny asa soa atônà fô an-tsitrapô. Dônko noho izegny no nisarahany taminà
[15]nandritran'ny fotoagna fohy, mbô hananà ananjy mandrakizay. [16]Tsy ho andevo intsony izy, fô tsara mihoatra
ny noho ny andevo, de rahalahy malala. Izy no malala indrindra aminah, ké mihotra lavitra ho nanà, na akô
amin'ny nôfo na akô amin'ny Tompo.[17]Izy koa managna anahy ho mpiara-miasa anà, de raiso karaha zaho izy.
[18]Izy kôa magnano ny tsy mety izy na mitrôsa na ino na ino aminà, de anö ho anahy izegny. Izaho, Paoly,
magnoratra izao amin'ny tagnako: [19]Izaho no hagnefa aminà. Tsy mivôlagna aminà hoe misaotra ny tegnanà
aminahy anà. [20]Ia, ry rahalahy, anö mahazo antômbony akô amin'ny Tompo Zaho; amiao fitsaharagna ny fôko akô
amin'i Kristy.[21]Ny toky mômba ny fankatoavanà, no soratako ho anà. Haiky fô hagnano mihoatra noho izay
angatahiky anà. [22]Mandritra izegny fotoagna izegny foagna, omano ho anahy ny efitra fandraisam-bahiny, fô
magnantegna zaho fô amin'ny alalan'ny vavakanà de haverigny aminà ndraiky zaho.[23]Epafra, namako mpiara-
migadra akô amin'i Jesosy Kristy, magnano rasa vôlagna anà. [24]Kara izegny koa i Marka, Aristarko, Demasy


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

ndraiky Lioka, mpiara-miasa aminahy. [25]Ho amin'ny fagnahinaré ané ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika.
Amena.

# Hebrews

Chapter 1

[1]Talôha ela be Andriamanitra de nivôlagna tamin'ny razambentsika tamin'ny alalan'iré mpaminany tamin'ny
fotoagna maro sy tamin'ny fomba maro. [2]Fô amin'izô andro farany zô, de nivôlagna tamintsika tamin'ny alalan'ny
Zanaka lahy Izy, zay notendreny ho mpandova ny raha jiaby. Tamin'ny alalany foagna koà no
naharian'Andriamanitra zao tontôlo zao. [3]Izy no famirapirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra, lay endriky ny
tegnany indrindra. Na ny raha jiaby aza de hazomy hiaraka amin'ny alalan'ny herin'ny teniny. Tafaran'ny
nagnadiovany iré fahotagna, de nipetraka také ambanin'ny tagnana ankavanagn'ny lehibe agny amin'ny avo izy.
[4]Lasa ambôny karaha iré anjely Izy, satrià ny agnarana nolovany de tsara lavitra noho ny agnaranjaré rè. [5]Fô zôvy
tamin'irè anjely no mbô nivolagnan'Andriamanitra hoe: ''Zanako anà, tônga rainà Zaho niany'' ké ndray hoe: ''Ho
ray ho ananjy Zaho, ké izy zanaka ho Anahy''?[6]Ary koà, kôfa nitondra ny lahimatoa takè aminjô tontôlo zao
Andriamanitra, de nivôlagna Izy hoe: ''Iré anjelin'Andriamanitra jiaby de tsy maintsy midera Ananjy.'' [7]Momba
iré anjely de nivôlagna Izy hoe: ''Izy lay araiky nagnano iré anjeliny ho fanahy, ké iré mpanompony natôny
lel'afo.''[8]Fô momban'ny Zanaka de ahozy Izy hoe: ''Ny sezy fiandriagnanà, ry Andriamanitra, de mandrakizay ké
ho doria. Ny tehin'ny fanjakanà de tehin'ny fitsaragna. [9]Nitia ny fahamarinagna anà ké nankahala ny fandikan-
dalàgna. Noho izégny Andriamanitra, Andriamanitranà, de nagnosotra anà tamin'ny menaky ny hafaliagna
mihoatra noho iré mpiara-dia aminà.[10]''Tagny am-piandohana, ry Tompo, Anà no namorogna ny fototry ny tany.
Iré lagnitra de asan'ny tagnanà. [11]Ho levona zaré ré, fô anà hanohy. Ho rovitra karaha ny tapa-damba zaré ré.
[12]Hamoritra ananjy ré karaha ny fitafiagna anà, ké hovaigna karaha ny poti-damba zaré ré. Fô anà de karaha
izégny, ké ny taognanà de tsy hanam-pahataperagna.''[13]Fô zôvy tamin'iré anjely no nivolagnan'Andriamanitra
tamin'ny fotoagna jiaby hoe: ''Mipitraha aké amin'ny tanagna ankavanako mandra-panaovako iré fahavalonà ho
seza ho an'ny tongotranà''? [14]Mô vô iré anjely jiaby tsy fanahy manompo, sy nalefa hiahy iré zay andova ny
famonjegna?

## Chapter 2

[1]Noho izégny atsika de tsy maintsy mitandrigna bebe kokoà amin'izay regnintsika, mbô tsy hagnara-drenirano
amin'izégny atsika.[2]Fô raha marigna ny hafatra zay novolagnina tamin'ny alalan'iré anjely, ké ny fandikan-
dalàgna jiaby ndraiky tsy fankatoavagna de mandray sazy ara-drariny, [3]de akôry ké no hafahantsika mandositra
kôfa tsy miraharaha izégny famonjegna maventy zay nambaran'ny Tompo voalôhany sy namafisin'iré zay
naregny izégny tamintsika. [4]Tamin'itô fotoagna itô foagna Andriamanitra de nagnaporofo izègny tamin'ny
famantaragna, fahagagagna, ké asa mahery samihafa, ké tamin'ny fizaragna iré fagnomezam-pahasoavan'ny
Fagnahy Masigna araka ny sitrapôny.[5]Fô tsy tamin'ny anjely no nampagniken'Andriamanitra zao tontôlo zao ho
avy, momba zay volagnintsika. [6]Fô kôfa, nisy ôlogno nijôro vavolombelogno an'izégny tagny ho agny, magnano
hoe: ''Ino ny ôlogno, no misaigna ananjy anà? Na ny zanak'ôlogno, no mikarakara ananjy anà?[7]Anà de nagnano
ny ôlogno ambany hely noho iré anjely; nosatrohinà satro-boninahitra tamin'ny voninahitra sy dera izy.
[Fagnamarihagna: Ny dika-vôlagna sanany talôha de miampy hoe: ''Ké anà nametraka ananjy ambônin'iré
asan'ny tagnanà.''] [8]Ny raha jiaby de nampanikenà aké amban'ny tongony.'' Fô ho ananjy no
nampaniken'Andriamanitra ny raha jiaby. Tsy namela na ino na ino izy ké tsy nampanikeny ananjy. Fô avaizo
atsika de tsy mbôla mahita ny raha jiaby nampagnikena ananjy.[9]Fô atsika mahita lay araika zay natôny ambany
noho iré anjely nandritry ny fotoagna fohy: Jesosy, zay, nohon'ny fijaliany ndraiky fahafatesany, de nosatrohina
satro-boninahitra tamin'ny voninahitra sy dera. Ké avaizo tamin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra, no
nagnandramany ny fahafatesagna ho an'ny ôlogno jiaby. [10]Fô mety amin'Andriamanitra izégny, satrià ny raha
jiaby de misy ho Ananjy ké amin'ny alalany, mbô hitondra zanaka maro ho any amin'ny voninahitra. Mety aminy
ny hahatônga ny mpitarika ny famonjegna anjaré ré ho feno amin'ny alalan'ny fijaliany.[11]Fô na ny ôlogno zay
magnamasigna na iré zay vômasina de managna lôharano araiky. Noho izégny de tsy megnatra miantso ananjy
iré hoe rahalahy Izy. [12]Ahozy Izy hoe: ''Hagnambara ny agnaranà amin'irè rahalahiky Zaho, hihira ny momba anà
avy akô agnatin'ny fivondronagna Zaho.''[13]Ary koà, ''Hatoky ananjy zaho.'' Ary koà: ''Io, aketo zaho sy iré zanaka
zay namian'Andriamanitra anahy.'' [14]Noho izégny, satrià nofo aman-drà iré zanak'Andriamanitra, de nizara raha
karaha izégny niaraka taminjare ré foagna koà Jesosy, mbô ho amin'ny alalan'ny fahafatesagna no
hagnafoagnany ny araiky zay managna ny herin'ny fahafatesagna, de ny devoly izégny. [15]Izégny de mbô
hagnafahany iré jiaby zay nohon'ny tahotra ny fahafatesagna de niaigna ny fiainanjaré jiaby iré takô amin'ny
fagnandevozagna.[16]Fô mazava ho ananjy fô tsy iré anjely no vonjeny; fô ndraiky, ny taranak'iAbrahama. [17]Noho
izégny de mendrika Ananjy atô karaha iré rahalahiny amin'ny fômba jiaby, mbô ho mpisorognabe feno
famindram-pô sy fahatokisagna Ananjy amin'ny fifandraisagna amin'iré rahan'Andriamanitra, ké mbô hitôndra
momban'ny famelagna iré fahotan'ny ôlogno. [18]Satrià Jesosy tegnany no nijaly sy nalaigna fanahy, de afaka
magnampy iré zay alaim-pagnahy Izy.

Chapter 3

[1]Noho izègny, ry rahalahy masina, nizara ny antson'ny lagnitra anaré. Saino ny momban'i Jesosy, ny apostoly sy
mpisorognabe zay ekentsika. [2]Izy de natoky an'Andriamanitra, zay nanendry ananjy, karaha an'i Mosesy zay
nahatoky takô an-tragnon'Andriamanitra foagna koà. [3]Fô Jesosy de efa noraisigna mendrika ny vôninahitra
lehibe noho Mosesy, satrià zay magnorigna ny tragno no manan-kaja bebe kokoà noho lay tragno. [4]Fô ny tragno
jiaby de nisy ôlogno nanorigna, fô ny araiky zay nanorigna ny raha jiaby de Andriamanitra.[5]Amin'ny lafiny
araiky, Mosesy de natokisagna karaha mpanompo takô an-tragnon'Andriamanitra araiky jiaby. Izy no
vavôlombelogno momba iré raha zay tôkony efa nolazaigna amin'ny ho avy. [6]Fô Kristy no Zanaka miandraikitra
ny tragnon'Andriamanitra. Atsika no tragnony kôfa tô ké mihazogna mafy ny herim-po ndraiky fahatokiantsika
atsika.[7]Noho izégny, izégny de karahan'ny volagnin'ny Fagnahy Masigna hoe: ''Niany, kôfa maharegny ny feony
anaré [8]de aza magnamafy ny fônaré karaha ny amin'ny fikomiagna, amin'ny fotoagnan'ny fitsapagna agny
agn'efitra.[9]Karaha izégny ny razambenaré kôfa nikomy tamin'ny alalan'ny fitsapagna Anahy, kè kôfa, nandritry
ny efapôlo taogna, de hitanjaré ré ny asako. [10]Noho izégny de tsy faly Zaho amin'itô taranaka itô. [11]Ahozy Zaho
hoe: 'Zaré re de vôtarika mandrakariva agny amin'ny lalan-diso akô am-pony. Tsy nahafantatra ny lalako zaré ré.
Karaha izégny no niaignako tamin'ny fahatizerako hoe: ''Tsy hiditra akô amin'ny fitsaharako sanany zaré
ré.''[12]Mitandrema, ry rahalahy, mbô tsy hisy na araiky aminaré aza no hanagna fô ratsin'ny tsy finoagna, fô zay
miala amin'Andriamanitra velogno. [13]Fô ndraiky, mifampahereza isan'andro, kôfa mbôla misy ny antsigna hoe:
''Niany'', mbô tsisy aminaré ho foaty fô amin'ny alalan'ny fitaky ny fahotagna.[14]Fô atsika de tônga mpiara-miasa
amin'i Kristy kôfa takô ké mihazogna mafy ny fahatokisantsika Ananjy hatragny am-piandohagna ké hatragny
amin'ny fiafaragna. [15]Fô ny fômba izégny de efa vôlaza hoe: ''Niany, kôfa maharegny ny feony anaré, de aza
magnamafy ny fonaré, karaha ny amin'ny fikomiagna.''[16]Zôvy izy zay efa naharé ann'Andriamanitra kè nikomy?
Fô tsy iré jiaby zay nivoaka avy tagny Egypta tamin'ny alalan'i Mosesy vô izégny? [17]Zôvy no nahavignitra ananjy
nandritry ny efapôlo taogna? Tsy iré zay nanota vô, zay lavo tagny agn'efitra ny fatinjaré ré? [18]Ho anjôvy no
nianianany fô tsy hiditra akô amin'ny fitsaharagna zaré ré, kôfa tsy ho an'iré zay tsy nagneky Ananjy? [19]Hitantsika
fô tsy afaka niditra takô amin'ny fitsaharany zaré ré nohon'ny tsy finoagna.

## Chapter 4

[1]Noho izégny, ôka hitandrigna tsara atsika mbô tsy hisy aminaré ny tsy afaka hahatratra ny vôlagna
fampanantinagna navela ho anaré mbô hidiranaré akô amin'ny fitsaharan'Andriamanitra. [2]Fô atsika de
nagnambara ny vôvô mahafaly karaha ananjy iré. Fô izégny hafatra izégny de tsisy tombony ho an'iré zay tsy
nitambatra takô amin'ny finoagna niaraka tamin'iré zay nagneky. (Fagnamarihagna: ny dika-vôlagna sanany de
mivaky karanjô: ''Fô izégny hafatra izégny de tsy nisy tombony ho an'iré zay naharegny ananjy tamin'ny tsy
finoagna.'')[3]Fô atsika zay nino de irè zay hiditra amin'izégny fitsaharagna izégny, araka zay efa novolagniny hoe:
''Karaha ny nianianako tamin'ny fahavignirako, de tsy hiditra velively akô amin'ny fitsaharako zaré ré.'' Fô na
izégny koà aza, ny asa famoronany de vita tamin'ny fagnorenagna zao tontôlo zao. [4]Fô izy nivôlagna tagny ho
agny momban'ny andro faha-fito hoe: ''Andriamanitra nitsahatra tamin'ny andro faha-fito tamin'ny asany jiaby.''
[5]Ké mbôla nivôlagna ndraiky izy hoe: ''Zaré ré de tsy hiditra velively akô amin'ny fitsaharako.''[6]Noho izégny, satrià
mbôla vôtôkagna ho an'ny sanany ny fidiragna akô amin'ny fitsaharany, ké satrià maro iré Israelita naharé ny
vôvô mahafaly tsy niditra takô nohon'ny tsy fankatoavagna, [7]de nametraka andro araiky ndraiky nantsoigna hoe:
''Androany'' Andriamanitra. Taorian'ny andro maro, de nivôlagna tamin'ny alalan'i Davida Izy, karaha zay vôlaza
mialôha hoe: ''Niany kôfa naharegny ny feony anaré, de aza magnamafy ny fônaré.''[8]Fô kôfa Josoa no nagnamia
fitsaharagna ananjy iré, de tsy nivôlagna momban'ny andro araiky hafa Andriamanitra. [9]Noho izégny de mbôla
misy sabata fitsaharagna vôatôkagna ho an'ny vahôkan'Andriamanitra. [10]Fô zay miditra akô amin'ny
fitsaharan'Andriamanitra de nijanogna tamin'ny asany foagna kôa, karaha ny natôn'Andriamanitra tamin'Anjy.
[11]Noho izégny ôka atsika hazoto hiditra amin'izégny fitsaharagna izégny, mbô tsy hisy na araiky aza ho
tafalatsaka amin'ny karazagna tsy fankatôavagna zay nataonjaré ré.[12]Fô ny zakan'Andriamanitra de velogna sy
mandaitra ké maragnitra noho ny sabatra roy lela. Zégny de magnindrogna hatramin'ny fagnasarahagna ny
aigna amin'ny fanahy, ndraiky tonogna amin'ny tsoka mihintsy aza. Ké afaka fantarigna ny eritreritry ny fô sy iré
fiasagna. [13]Tsisy famoronagna niafigna také agnatrehan'Andriamanitra. Fô ndraiky, ny raha jiaby de mihariary sy
misôkatra aké imason'ilay araiky tsy maitsy hampamoahintsika.[14]Noho izégny, satrià atsika de managna
mpisôrognabe maventy zay lasa namaky ny lagnitra, Jesosy Zanak'Andriamanitra, de andeha atsika hifikitra
mafy amin'ny finoagnatsika. [15]Fô atsika de tsy managna mpisôrognabe zay tsy mahatsapa fangorahagna amin'ny
fahalimentsika. Fô kôfa, atsika de managna ôlogno araiky zay efa nalaim-pagnahy tamin'ny fômba jiaby karaha
antsika, fô Izy tsisy atô. [16]Oka ary atsika andeha amin'ny fahatokiagna ho agny amin'ny seza fiandrianan'ny
fahasoavagna, mbô handraisantsika ny famindram-pô sy hahita fahasoavagna hagnampy amin'ny fotoagna
ilàgna izégny.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Fô ny mpisôrognabe jiaby, vôfidy avy tamin'ny ôlogno, de notendregna mbô hiasa amin'ny agnaran'ny ôlogno amin'iré raha mahakasika an'Andriamanitra, ké mbô hanolôrany fagnomezagna sy fanatitra ho an'ny ota. [2]Izy de afaka mifagnaraka mora amin'ny tsy mahalala ndraiky maniasia satrià izy tegnany foagna koà de vôdidin'ny fahalimiagna. [3]Noho izégny, izy foagna koà de notakiagna hanôlotro sorogna ho an'iré otany manôkagna, karaha ny natôny ho an'iré otan'ny ôlogno.[4]Tsy ho an'ny tegnany no handraisan'ny ôlogno izégny voninahitra izégny. Fô ndraiky, izy de nantsoin'Andriamanitra, karaha an'i Arona. [5]De karaha izégny, Kristy tsy mbô nagnamia haja ny tegnany mihintsy tamin'ny fanaovany ny tegnany ho mpisôrognabe. Fô ndraiky, lay araiky zay nivôlagna taminy nivôlagna hoe: ''Zanako anaré; niany de tônga Rainà Zaho.''[6]Karaha izégny foagna koà no nivolagnany tagny amin'ny toeran-kafa hoe: "Anà de mpisôrogna mandrakizay araka ny fômban'i Melkizedeka.''[7]Nandritr'iré andron'ny nôfony, Kristy nanôlotra vavaka sy fangatahagna niaraka tamin'ny hiaka mafy sy ranomaso an'Andriamanitra, lay araiky zay afaka mamonjy Ananjy amin'ny fahafatesagna. Ré Izy nohon'ny fangorahany.
[8]Na de zanaka aza Izy, de nianatra fankatoavagna tamin'iré raha zay niaretagna.[9]Natô ho tônga lafatra Izy ké tônga, ho an'ny ôlogno jiaby zay mankatô Ananjy, lay lôharanon'ny famonjegna mandrakizay. [10]De notendren'Andriamanitra karaha ny mpisôrognabe Izy araka ny fômban'i Melkizedeka. [11]Mana-kambara betsaka momban'i Jesosy zahay, fô sarotro ny magnazava izégny hatramin'ny naha-lalindalôvagna ny fandrenesanaré.[12]Fô amin'izô fotoagna zô de tôkony ho mpampianatra anarè, anaré de mbôla mila ôlogno hampianatra anaré iré fitsipika fototry ny hafatr'Andriamanitra. Ronono no ilanaré, fô tsy ventin-kanigna! [13]Fô ny ôlogno zay misôtro ronono fotsiny de tsy ampy traikefa amin'ny hafatry ny fahamarinagna, satrià izy de mbôla zaza hely. [14]Fô ny ventin-kanigna de ho an'iré lehibe. Iré de zay voahôfagna tamin'ny fanavahagna ny tsara amin'ny ratsy ny fahatakarany nohon'ny fahamatoranjaré ré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 6

[1]Noho izégny, andeha havelantsika ny fiatombohan'ny hafatr'i Kristy ké handroso amin'ny fahamatoragna.
Andeha atsika tsy hametraka ndraiky ny fôtotry ny fibebahagna nohon'ny asan'ny naty ndraiky finoagna
an'Andriamanitra, [2]na ny fôtotry ny fampianaragna momban'ny batisa, ny famitrahan-tanagna, ny
fitsanganan'iré ôlogno naty, ké ny fitsaragna mandrakizay. [3]Hagnano izégny foagna koà atsika kôfa
avelan'Andriamanitra.[4]Fô tsy hay atô ho an'iré zay efa nohazavaigna ndraiky mandeha izégny, zay nanandragna
ny fanomezagna avy agny an-dagnitra, zay nandray ny Fagnahy Masigna, [5]ké zay nanandragna ny vôlagna
tsaran'Andriamanitra sy iré herin'ny vanim-potoagna ho avy, [6]saingy avaké de lavo—tsy hay atô ny mamerigna
ananjy iré amin'ny fibebahagna ndraiky. Izégny de satrià nomboanjaré ré ho an'ny tagnanjaré ré ndraiky ny
Zanak'Andriamanitra, ké nalainy baraka ampahibemaso.[7]Fô ny tany zay mitroka ny ôragna mateti-piavy
amin'izégny, sy zay mamokatra iré raha-maniry ilain'iré ôlogno zay niasagna ny tagny—itô no tany zay mandray
fitahiagna avy amin'Andriamanitra. [8]Fô ndraiky mamokatra tsilo izégny, de tsisy ilàgna ananjy ké efa akaikin'ny
fagnozonagna. Ny fiafaran'izégny de amin'ny firehetagna.[9]Fô zahay de resy lahatra ny amin'iré raha tsara kokoa
momba anaré, ry malala, raha zay mahakasika ny famonjegna, na de mivôlagna karaha izégny aza zahay. [10]Fô
Andriamanitra de tsy mbô tsy marigna ké hagnadino ny asanaré ndraiky fitiavagna zay nasehonaré nohon'ny
agnarany, satrià anaré de nanompo iré mpino ké mbôla manompo ananjy iré hatragny.[11]Magniry mafy zahay
mbô haneho fahazotoagna karaha izégny hatramin'ny farany ny tsiraikaraiky aminaré ho an'ny antoky ny
fahatokiagna feno. [12]Izégny de mbô tsy ho lasa kamo anaré, fô ho mpaka-tahaka an'iré zay mandova iré
fampanantinagna amin'ny finoagna sy faharetagna.[13]Fô tamin'Andriamanitra nagnano ny fampanantinagna
tamin'iAbrahama, de nianiana tamin'ny Tegnany Izy, kôfa tsy afaka nianiana tamin'ny ôlogno maventy kokoà.
[14]Ahozy Izy hoe: ''Zaho de hitahy anà tokoà, ké tegna hahamaro anà.'' [15]Tamin'izégny fômba izégny, de nahazo zay
nampanantinaigna tafaran'ny niambesany tamim-paharetagna Abrahama.[16]Fô ny ôlogno de mianiana amin'ny
ôlogno zay maventy kokoà noho ny tagnanjaré ré. Isakin'ny tapitra ny fifamalianjaré ré, de misy voady araiky
natô ho fagnamasinagna. [17]Kôfa nanapa-kevitra ny hampiseho mazava kokoà tamin'iré mpandovan'ny
fampanantinagna ny tsy fiovan'ny kalitaon'ny tanjony Andriamanitra, de namiany antoka tamin'ny voady izégny.
[18]Natôny izégny mbô ho amin'ny alalan'ny raha tsy azo ovaigna aro — zay tsy hain'Andriamanitra ny mandainga
amin'izégny—de hanagna fampahirezagna matanjaka mbô hihazogna mafy ny fahatokiagna zay napetraka také
alôhantsika, atsika, zay nandositra mbô hanagna fialofagna.[19]Managna izégny toky izégny atsika ho aro sy
vatofantsika azo hiankinagna ho an'ny fagnahintsika, fahatokiagna zay miditra akô amin'ny fitoeragna agnatiny
akô ambadiky ny lamba. [20]Jesosy niditra takô amin'izégny fitoeragna izégny karaha ny mpialôha lalagna ho
antsika, ké tônga mpisôrognabé mandrakizay magnaraka ny fômban'i Melkizedeka.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 7

[1]Melkizedeka izégny, mpanjakan'i Salema, mpisôron'Andriamanitra Ambô indrindra, zay nifanena tamin'i Abrahama kôfa niverigna avy nandresy iré mpanjaka ké nitahy anajy. [2]Izy no namian'i Abrahama ny ampahafôlon'ny raha jiaby. Ny agnarany hoe ''Melkizedeka'' de midika hoe ''mpanjakan'ny fahamarinagna.'' Ny agnarany hafa de ''mpanjakan'i Salema,'' Izègny de: ''mpanjakan'ny fiadanagna.'' [3]Izy de tsy mana-baba, tsy manan-dreny, tsy managna razambe, ké tsy managna fiatombôhan'irè andro kè tsy managna fiafaran'ny fiainagna. Fô ndraiky, mitôvy amin'ny Zanak'Andriamanitra izy, satrià mitoetra ho mpisôrogno mandrakizay. [4]Zahavo ny hamaventin'itô lalahy itô. Ny razambentsika Abrahama de nagnamia ny ampahafôlon'iré raha zay azony tamin'ny ady. [5]Amin'ny lafiny araiky, iré zanaka lahin'i Levy zay mandray ny fisorônagna de managna baiko avy amin'ny lalàgna mbô hanangogna ny ampahafôlon-karegna avy agny amin'iré ôlogno, izégny de, avy amin'iré rahalahinjaré ré, na izégny aza zaré ré, foagna koà, de avy amin'ny vatan'i Abrahama. [6]Fô amin'ny lafiny araiky, Melkizedeka, zay tsy vôsoritra avy aminanjy iré ny taranany, de nandray ampahafôlon-karegna avy amin'i Abrahama, ké nagnamia tso-drano ananjy, lay araiky nanagna iré fampanantinagna.[7]Tsisy fandavagna fô ny ôlogno ambany indrindra de amian'ny ôlogno ambôny indrindra tso-drano. [8]Amin'izégny tranga izégny, ny ôlogno mety naty de nandray ampahafôlon-karegna, fô amin'itô tranga itô de vôporofo fô mbôla velogno izy. [9]Ké, amin'ny fômba fivôlagna, Levy, zay nandray ampahafôlon-karegna, de nagnefa ampahafôlon-karegna tamin'ny alalan'i Abrahama foagna koà, [10]satrià Levy de takô agnatin'ny tegnan'ny razambeny kôfa nihaogna tamin'i Abrahama i Melkizedeka.[11]Avaizo kôfa azo atô amin'ny alalan'ny fisorôhagna levitika ny fahatanterahagna (fô takô ambanin'izégny ny ôlogno no nandray ny lalàgna), de filàgna bebe kokoà ino no mety nisy ho an'ny mpisôrogna hafa mbô hitsanganagna araka ny fômban'i Melkizedeka, ké tsy raisigna araka ny fômban'i Arona? [12]Fô kôfa novàgna ny fisorônagna, de tsy maintsy hovàgna foagna ny lalàgna.[13]Fô lay araiky nivôlagna ny momban'iré raha iré de an'ny fôko hafa, zay tsisy ôlogno manômpo aké amin'ny alitara mihintsy. [14]Fô mazava avaizo, fô avy amin'i Joda no nahatirahan'ny Tompontsika, fôko zay tsy novolagnin'i Mosesy mihintsy ny mahakasika iré mpisôrogno.[15]Zay volagnintsika de efa mazava kokoà kôfa misy mpisôrogno hafa mitsangagna amin'ny endrik'i Melkizedeka. [16]Tsy avy tamin'ny fôtotry ny lalàgnan'ny taranaky ny nôfo no nahatônga ananjy ho mpisôrogna, fô ndraiky avy tamin'ny fôtotry ny herin'ny fiainagna tsy mety levogna. [17]Fô ny Sôratra Masina de mijôro vavôlombelogno momba ananjy hoe: ''Anà de mpisôrogno mandrakizay araka ny fômban'i Melkizedeka. [18]Fô nisy fagnafoagnagna ny didy také alôha satrià namely sy tsisy dikany izégny. [19]Fô tsisy raha natôn'ny lalàgna tônga lafatra. Kanefa, misy ny fampidiragna fahatokiagna tsara kokoà ho an'ny ho avy zay hanatonantsika an'Andriamanitra.[20]Tsy nitranga izégny kôfa tsisy ny fandraisagna fiainagna. Amin'ny lafiny araiky, iré hafa iré de tônga mpisôrogno tsy nila fiainagna. [21]Fô amin'ny lafiny araiky hafa, itô araiky itô, Jesosy, de tônga mpisôrogno tamin'ny alalan'ny fiainagna natôn'ilay nivôlagna taminanjy hoe: ''Ny Tompo de nianiana ké tsy hiôva amin'ny heviny hoe: 'Anà de mpisôrogna mandrakizay.''''[22]Tamin'ny alalan'izégny foagna koà Jesosy no nagnamia antoka ny fagnekem-pihavanagna tsara kokoà. [23]Amin'ny lafiny araiky, fontry no tônga mpisôrogno satrià ny fahafatesagna no manakagna ananjy irè hanohy. [24]Amin'ny lafiny araiky hafa, satrià Jesosy mitoetra mandrakizay, de managna fisorônagna mandrakizay izy.[25]Noho izégny izy foagna koà de afaka mamonjy tanteraka iré zay magnatogna an'Andriamanitra amin'ny alalany, satrià izy de miaigna foagna mbô hagnelagnelagna ho ananjy iré. [26]Fô ny mpisôrognabe karaha izègny de mety ho antsika. Izy de tsy manam-pahotagna, tsy manan-tsigny, madio, nosarahagna tamin'iré mpanota, ké tônga ambôny noho iré lagnitra.[27]Tsy mila izy, tsy karaha iré mpisôrognabe, hanolotra sôrogna isan'andro, ny voalôhany ho an'iré fahotagna manôkagna, ké avy aké ho an'iré fahotan'ny ôlogno. Efa nagnano izégny ndraiky mandeha ho an'ny jiaby izy, kôfa nanôlotra ny tegnany. [28]Fô ny lalàgna manondro ny ôlogno zay managna fahalimegna ho mpisôrognabe. Fô ny koragnan'ny fiainagna, zay tônga tafaran'ny lalàgna, de nanendry Zanaka lahy, zay natô tônga lafatra mandrakizay.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 8

1Ké ny fôtotry ny raha volagninay de zao: Atsika de managna mpisôrognabe zay nipetraka také an-tagnan'
ankavanagnan'ny seza fiandrianan'ilay be Vôninahitra agny an-dagnitra. 2Izy de mpanômpo akô amin'ny
toeragna masina, lay tabernakely marigna zay ny Tompo, fô tsy ny ôlogno, no nagnorigna ananjy.3Fô ny
mpisôrognabe jiaby de notendrena hanolotra fagnomezana sy sôrogna. Noho izégny de ilaigna ny managna raha
ho atôlotra. 4Ary kôfa také an-tany Kristy, de tsy ho mpisôrogna akôry Izy, satrià misy iré zay manôlotra
fagnomezagna araka ny lalàgna. 5Izy iré de manômpo akô amin'ny tabernakely zay tandindona sy aloky ny raha
agny an-dagnitra. Izégny de karaha ny nampitandreman'Andriamanitra an'i Mosesy kôfa izy handeha
hagnamboatra tabernakely: ahozy Andriamanitra hoe: ''Zahavo mbô ho atônà araka ny modely zay efa naseho
anà tegny an-tendrombohitra ny raha jiaby.''6Fô avaizo Kristy de nandray asa fanompoagna tsara lavitra. Izégny
de noho izy mpagnelagnelagna foagna koà amin'ny fagnekiagna tsara kokoà, zay mifôtotra amin'ny
fampanantinagna tsara kokoà. 7Fô kôfa tsy nanan-tsigny izégny fagnikiagna vôlohany izégny, de tsisy nilagna
fagnekegna faharoy.8Fô kôfa nahita tsigny tamin'ny ôlogno Andriamanitra, de ahozy Izy hoe: ''Io, ho avy ny andro
—ahozy ny Tompo—kôfa hagnano fagnekegna vôvô amin'ny ôlon'Israely ndraiky ôlon'i Joda Zaho. 9De tsy ho
karaha ny fagnekiagna zay natôko niaraka tamin'ny razanjaré ré tamin'ny andro zay nitondrako ananjy iré
tamin'ny tagnany hiala avy tamin'ny tagny Egypta izégny. Fô zaré ré de tsy nitoetra takô amin'ny fagnekeko, kè
Zaho tsy niraharaha ananjy iré—ahozy ny Tompo.10Fô zô no fagnikiagna zay ho hatôko amin'ny ôlon'Israely
afaran'iregny andro iregny—ahozy ny Tompo. Hatôko akô an-tsainjaré rè ny lalàko, ké ho soratako akô am-
pônjaré ré foagna koà izégny. Ho Andriamanitrizy iré Zaho, ké zaré ré ho ôloko.11Zaré ré de tsy hampianatra ny
mpiara-monigna ké ny rahalahiny avy, hivôlagna hoe: 'Fantaro ny Tompo.' Fô hahafantatra Anahy ny jiaby,
manomboka amin'ny hely indrindra ké hatramin'ny maventy indrindra aminjaré ré. 12Fô Zaho de hamindra fô
amin'ny tsy fahamarignanjaré ré, ké tsy hahatsiaro iré fahotany intsony.''13Amin'ny fivolagnana hoe ''vôvô'' , de
nagnano ny fagnikiagna vôlôhany izy, ké zay efa lany andro sy antitra de efa akaiky ho levogno.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 9

[1]Ké na de ny fagnekegna vôlohany aza de nanagna fitsipi-pivavahagna sy fitoeragna masina aketo an-tany. [2]Fô
nisy tabernakely zay nomanigna. Ny efitra vôlôhany, zay nisy ny fitoeran-jiro, ny latabatra, ké ny môfon'ny
fagnatrehana, de nantsoigna hoe fitoeragna masina.[3]Akô ambadiky ny lamba faharoy de nisy efitra araiky hafa,
antsoigna hoe toerana masina indrindra. [4]Nisy alitara vôlamena ho an'ny ditin-kazo magnitra izegny. Nisy ny
fiaran'ny fagnekegna foagna koà, zay rakotra vôlamena tanteraka. Takô agnatin'izégny de nisy siny vôlamena zay
nisy ny mana, ny tehin'i Arona zay nagniry, ké iré vato fisaky ny fagnekegna. [5]Egny ambônin'ny fiaran'ny
fagnekegna, de kerobima be vôninahitra maro no magnakalo ny sarona fagnaronagna, zay tsy afaka volagninay
amin'ny antsipirihany avaizo.[6]Kôfa vôhomagna iré raha iré, de niditra takô amin'ny efitra ivelan'ny tabernakely
foagna iré mpisôrogna mbô hagnano ny fanompoanjaré ré. [7]Fô ny mpisôrognabe foagna no niditra ndraiky
mandeha isan-taogna takô amin'ny efitra faharoy, ké niaraka tamin'ny rà zay natôlony ho an'ny tegnany sy ho
an'iré fahotagna tsy ninian'iré ôlogno.[8]Nasehon'ny Fanahy Masina fô ny lalagna makô amin'ny toeragna masigna
indrindra de mbôla tsy naseho kôfa mbôla mitsangagna ny tabernakely vôlôhany. [9]Izegny de fagnoharagna ho
an'izô fotoagna avaizo zao. Irè fagnomezagna sy iré sorogna zay atôlotro avaizo de samy tsy afaka hahatanteraka
ny fieritreretan'ny mpivavaka araiky. [10]Mifantoka amin'ny hanigny sy raha fisôtro sy karazam-pômba fidiovagna
fontry fotsiny iré. Iré jiaby iré de fitsipika ho an'ny nôfo avokoà zay namiagna mandra-pagnamboaragna ny
fandaminagna vôvô.[11]Kristy de niavy karaha ny mpisôrognaben'iré raha tsara zay tônga. Nandéha tamin'ny
alalan'ny tabernakely maventy kokoà sy tsara kokoà zay tsy nataon'ny tanan'ôlombelogna Izy. Zay tsy an'izô
tontôlo voahary zao. [Fagnamarihagna: Irè dikan-teny sasany de mivaky karanjô: ''Jesosy de tônga karaha ny
mpisôgnaben'iré raha tsara zay ho azy.''] [12]Tsy tamin'ny ràn'iré osy lahy sy vatotr'ômby vavy izégny, fô tamin'ny
ràny manôkagna zay niditry takô amin'ny toéragna masigna indrindra idraika mandehà foàgna ho an'ny jiaby ké
niaro ny famonjentsika mandrakizay.[13]Fô kô ny ràn'irè osy sy irè ômby lahy ary ny famafazana ny lavenon'ny
vantotr'ômby vavy aké amin'iré zay lasa maloto no manôkagna ananjy iré aké amin'Andriamanitra ho
fanadiovana ny nofonjaré ré, [14]karakôry ny ràn'i Kristy, zay nanolotra ny tégnany tsy misy kilema ho
an'Andriamanitra taminy alalan'ny fanahy mandrakizay, hanadio ny fieritreretantsika hiala amin'ny asa maty
mbô hanompoana lay Andriamanitra velogna? [15]Noho izègny antony izègny, de Izy no mpanalalagna ny
fanikegna vaovao. Izégny de, satrià nisy fahafatesagna ndraika niseho mbô hanafaka iré zay amban'ny fanikegna
vôlohagny amin'ny fahotanjaré ré, de handray ny fampagnatignan'ny lova mandrakizay iré zay vôantso.[16]Fô kôfa
misy didim-pananagna, ny fahafatesan'ilay ôlogno zay nagnano izégny de tsy maintsy vôporofo. [17]Fô kôfa misy
fahafatesagna foagna vô manan-kery ny didim-pananagna, satrià tsy manan-kery izégny izy koà ké mbôla
velogno lay ôlogno zay nanagna izégny.[18]Koà na de ny fagnikiagna vôlohany aza tsy natô kôfa tsisy rà. [19]Fô kôfa
nagnamia ny didy jiaby takô amin'ny lalàgna tamin'iré ôlogno jiaby Mosesy, de nalaka ny ràn'iré ômby sy iré ôsy,
niaraka tamin'ny rano, volon'ôndry jaky mena, sy hysopa izy, ké namafy také amin'ny boky ndraiky ôlogno jiaby.
[20]Ké izy nivôlagna hoe: ''Itô no ràn'ny fagnikiagna zay nandidian'Andriamanitra ho anaré.''[21]Karaha izény koà, de
namafy ny rà také amin'ny tabernakely sy iré fitoeran-jaha jiaby hampiasaigna amin'ny fanompoagna izy. [22]Araka
ny lalàgna, de saika ny raha jiaby no vôdio tamin'ny rà. Kôfa tsisy fandatsahan-drà de tsisy famelan-keloko.[23]Noho
izégny de nilaigna ny tandindon'iré raha agny an-dagnitra mbô ho vôdion'ny soron'iré biby iré. Na izègny aza, iré
raha ny lagnitra mihintsy no nila nodiovigna tamin'ny sorogna tsara kokoà. [24]Fô Kristy de tsy niditra takô amin'ny
toeragna masina indrindra zay natôn'ny tanagna, zay tandindin'ilay araiky zay tegna izy foagna. Fô ndraiky
niditra tagny an-dagnitra mihintsy Izy, mbô hiseho aké amin'ny fagnatrehan'Andriamanitra ho antsika avaizo.
[25]Tsy nandeha takô mbô hanolotra ny tegnany imbetsaka Izy, kaha ny fanaon'ny mpisôrognabe, zay miditry akô
amin'ny toeragna masigna indrindra isan-tôgno niaraka tamin'ny ràn'ny hafa. [26]Fô kô izégny ny raha-nitranga, de
saika nijaly imbetsaka nanômboka tamin'ny fagnorenagna zao tôntolo zao Izy. Fô avaizo de indraika mandeha
monjo no nampiseho Ananjy mbô hangala ny fahotagna amin'ny alalan'ny sôron'ny tegnany foagna.[27]Efa natô ho
foaty ndraiky mandeha ny ôlo-jiaby, ké afaran'izégny no ho avy ny fitsaharagna. [28]Karaha izégny foagna koà,
Kristy, zay natôlotra ndraiky mandeha mbô hagnala iré fahotan'ny maro, de hiseho fagnindroiny, tsy handraraha
ny ôta, fô ho an'ny famonjegna iré zay miandry Ananjy amim-paharetagna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 10

[1]Fô ny lalàgna de alok'iré raha tsara ho avy fotsiny, fô tsy tegna endrik'iré raha iré. Iré zay magnantogna
an'Andriamanitra de tsy afaka ny ho lafatra amin'ny alalan'ny sôrogna mitôvy amiin'izay indosin'iré mpisôrogna
isan-taogna. [2]Kôfa izégny tsy efa nitsahatra ny nanôlotra iregny sôrogna iregny vô zaré ré? Amin'izégny tranga
izégny, kôfa efa nodiovigna ndraiky mandeha monja zaré ré, de tsy mbô hahafantatra ny ota sanany irè
mpivavaka. [3]Fô amin'iré sôrogna iré de misy fampatsiahivagna iré ota asan-taogna.[4] Satrià ny ràn'ny omby lahy
sy osy lahy de tsy mahavita magnala iré ota.[5]Kôfa tônga taketo amin'izô tontôlo zao Kristy, de nivôlagna Izy hoe:
''Tsy sôrogna na koà fagnatitra no nirinaré. Fô kôfa, vatagna zay efa nomaninaré ho Anahy. [6]Ny fagnatitra
nodoragna na sôrogna ho an'ny ota de tsy nifalianaré. [7]Ary ahozy Zaho hoe: ''Zahavo, intô Zaho, araka zay
vôsoratra momba Anahy akô amin'ny Sôratra Masina, mbô hagnano ny sitrakaré.''[8]Vôlôhany nivôlagna izy hoe:
''Tsy sôrogna, na koà fagnatitra, na fagnatitra nodoragna, na sôrogna ho an'ny ota no nirinaré. Kè anaré tsy nifaly
takô aminjaré iregny.'' Iregny de sôrogna zay atôlotra araka ny lalàgna. [9]Ké nivôlagna izy hoe: ''Zahavo, intô Zaho
hagnano ny sitrakaré.'' Izy de nagnala ny fampiharagna vôlôhany mbô hamitrahagna ny fampiharagna faharoy.
[10]Tamin'izégny sitraka izégny, atsika de nohamasinigna tamin'ny alalan'ny fagnatitry ny vatan'i Jesosy Kristy
ndraiky mandeha monja.[11]Amin'ny lafiny araiky, ny mpisôrogna jiaby de mijoro isan'andro manômpo
an'Andriamanitra. Izy de manôlotra sôrogna mitôvy hatragny, na izégny aza izy iré de tsy afaka magnala iré ota
mihintsy. [12]Amin'ny lafiny araiky hafa, Kristy de nanôlotra sôrogna araiky ho an'ny ota mandrakizay, nipetraka
také an-tagnana ankavanagnan'Andriamanitra Izy. [13]Izy de miandry mandra-panaovagna iré fahavalony ho
fitoeran-tôngotra ho an'ny tôngony. [14]Fô tamin'ny fagnatitra araiky izy de nahalavorary mandrakizay iré zay
nohamasinigna.[15]Ny Fanahy Masina koà de mijoro vavôlombelogna ho antsika. Fô tamin'ny vôlôhany Izy
nivôlagna hoe: [16]''Itô no fagnekiagna zay ho atôko miaraka aminjaré ré afaran'iré andro iré, ahozy ny Tompo.
Hapetrako akô am-pônjaré rè ny lalàko, ké hanoratako izégny akô an-tsainjaré ré Zaho.[17]Tsy hahatsiaro ny ota sy
iré helok'izy iré intsony Zaho.'' [18]Kè na eza misy famelagna izégny, de tsisy sôrogna ho an'ny ota intsony.[19]Noho
izègny, ry rahalahy, atsika de managna fahatokiagna ny hiditra akô amin'ny toeragna masina indrindra tamin'ny
ràn'i Jesosy. [20]Izégny no lalagna vôvô sady velogna zay nosokafany ho antsika tamin'ny alalan'ny lamba, izégny
hoe, tamin'ny alalan'ny lamba, izégny hoe, tamin'ny alalan'ny nôfony. [21]Satrià atsika de managna mpisôrogna
maventy mitandrigna ny tragnon'Andriamanitra, [22]ôka atsika hagnatogna amin'ny fô madio amin'ny finoagna
feno fahatokiagna, mbô hanagnantsika fô vôdio amin'ny fieritreretagna ratsy ké hanagnantsika vatagna vôdio
taminy rano madio.[23]Oka atsika hiazogna mafy ny fagnekiagna ny fiandrandragna mahatokintsika, tsy am-
pihozongozognana, satrià Andriamanitra, zay nampanantegna, de mahatoky. [24]Oka atsika handiniky ny momba
handrisihagna ny tsiraikaraiky amin'ny fitiavagna sy iré asa tsara. [25]Oka atsika tsy hagnajanogna ny fiarahagna
miangogna, karaha ny natôn'ny sanany. Fô ndraiky, mifankahereza hatragny hatragny, ary maika fô hitanaré fô
manakaiky ny andro.[26]Fô kôfa tô atsika minia manota rehefa avy nandray ny fahalalagna ny marigna, de tsisy
fagnatitra ho an'ny ota intsony. [27]Fô ndraiky, tôkagna foagna ny fiandrasagna mahatahotry ny fitsaragna, ké
fahatizeragna mirehitra zay hamotika iré fahavalon'Andriamanitra.[28]Na zôvy na zôvy nandà ny lalàn'i Mosesy de
ho foaty tsisy indrafô amin'ny fijoroagna vavôlombelon'iré roy na telo zay nagnatri-maso. [29]Fagnasaziagna ratsy
lavitra karaha ny akôry no aritreretinaré fô mendrika iré zay nagnitsaka ny Zanak'Andriamanitra, zay nagnano
ny ràn'ny fifagnikiagna ho tsy masina—Lay rà zay nagnamasigna Ananjy—ké nagniratsira ny Fanahin'ny
fahasoavagna?[30]Fô atsika mahafantatra lay araiky zay nivôlagna hoe: ''Anahy ny valifaty; Zaho no hamaly.'' Ary
koà: ''Ny Tompo de hitsara ny ôlony.'' [31]Raha mampitahotra no hilatsaka aké an-tagnan'Andriamanitra velogno!
[32]Fô tadidio iré andro talôha, kôfa nohazavaigna anaré, ny fômba niharetanaré ny ady mafy tamin'ny fijaliagna.
[33]Anaré de nalaigna baraka ampahibemaso tamin'ny fagnaratsiagna sy tamin'ny fagnenjehagna, ké anaré de
niaraka nizara tamin'iré zay nandalo fijaliagna karaha izégny. [34]Satrià anaré de nanagna fangoraham-pô
tamin'iré zay vôfonja, ké anaré de nanaiky tamin-pifaliagna ny fangalàgna ny fanagnanaré. De nahafantatra
anaré fô ny tegnanaré de managna fanagnana tsara kokoà sy maharitra mandrakizay. [Fagnamarihagna: Ny dika-
vôlagna talôha de tsy hahitagna ny fehezanteny hoe: ''Fô anaré de nanagna fangoraham-pô tamin'ny
gadrako.'']][35]Noho izégny de aza ariagna ny fahatokianaré, zay managna valisoa maventy. [36]Fô anaré de mila
faharetagna, mbô hahazoanaré zay nampanatinain'Anndriamanitra, kôfa nagnano ny sitrapony anaré. [37]Fô tsy ho
ela akory, lay araiky zay ho avy de ho avy tokoà ary tsy ho tara.[38]Ny ôloko marigna de hivelogna amin'ny
finoagna. Kôfa mihemotra izy, Zaho de tsy ho faly aminy.'' [39]Fô atsika de tsy agnisan'iré zay mihemotra ho amin'ny
faharavagna. Fô ndraiky, atsika de agnisan'iré zay managna finoagna ho amin'ny fihazonagna ny fagnahintsika.

Chapter 11

[1]Ké ny finoagna no antoka amin'iré raha nandrasagna tamim-pahatokiagna. Itô no porôfon'iré raha-mitranga zay
mbôla tsy hita. [2]Fô noho izégny iré razambe de nankatoavigna nohon'ny finoanjarè ré. [3]Amin'ny finoagna no
hahafantarantsika fô ny didin'Andriamanitra no namoronagna zao tontôlo zao, ké zay hita maso de tsy natô
tamin'ny raha zay hita maso.[4]Tamin'ny finoagna no nagnolôran'iAbela fagnatitra tsara kokoà ho
an'Andriamanitra noho ny an'i Kaina, tamin'ny alalan'izégny no nagnambarany ananjy ho marigna, ké
Andriamanitra nivôlagna tsara ananjy noho iré fagnatiny, ké amin'ny finoagna no mbôla hivolagnan'i Abela, na
de efa naty aza izy.[5]Tamin'ny finoagna no namindragna an'i Enoka mbô tsy ahitany ny fahafatesagna. ''Tsy hita
izy, satrià nalain'Andriamanitra.'' Fô talôhan'ny nakagna ananjy, de nijoroagna vavôlombelogna fô
nankasitrahan'Andriamanitra izy. [6]Ké kôfa tsisy finoagna de tsy mety ho ankasitrahany. Satrià ilaigna hoe zay
magnatogna an'Andriamanitra de tsy maintsy mino fô misy Izy ké Izy no mamaly soa an'iré zay mitady Ananjy.
[7]Tamin'ny finoagna Noa, no namiagna ny hafatra avy amin'Andriamanitra momba iré raha zay tsy mbôla hita,
niaraka tamin'ny fagnajagna an'Andriamanitra no nagnamboarany ny sambo zay namonjeny ny ankohonany. Fô
tamin'ny fanaovagna izégny, no nagnamelohany zao tontôlo zao sy nahatôngavany ho mpandôva ny
fahamarignana araky ny finoagna.[8]Tamin'ny finoagna Abrahama, kôfa nantsoigna, no nankatoa sy nandeha
nankagny amin'ilay toeragna zay hahazoany ho lôva. Nandeha izy, tsy nahalala zay tany nombany. [9]Tamin'ny
finoagna no niaignany tagny amin'ilay tany nampanantinaigna karaha ny vahiny. Niaigna takô agnaty tragno lay
izy niaraka tamin'Isaka sy Jakoba, iré mpiara-mandova amin'ilay fampanantinaigna mitôvy. [10]Fô izy nitady lay
tanàgna zay managna irè fagnorenagna, lay tanàgna zay Andriamanitra no mpamari-tragno sy mpagnori-tragno.
[11]Tamin'ny finoagna, na de Saraha izy tegnany zay momba aza, no nahazoan'i Abrahama ny fahafahagna ho
araiky. Nitranga izégny na de efa tegna antitra aza izy, satrià noheverigna ho karaha lay mahatoky namiagna lay
fampanantenagna izy. [Fagnamarihagna: Misy fagnontaniagna momban'ny hoe ny finoan'i Abrahama sa ny
finoan'i Saraha no navohitra. ''Tamin'ny finoan'i Saraha, na de efa antitra aza izy, no nahazoany ny hery
hanan'anaka, na de efa tegna antitra aza izy hitôndra zaza, satrià nihevitra lay nagnamia lay fampanantenagna
ananjy ho mahatoky.''] [12]Noho izégny, avy amin'izégny lalahy izégny, zay efa ho foaty, no nahatirahan'iré zay
karaha iré kintagna egny an-dagnitra ny hamaroàny sy karaha ny fasika magnamorogna ny ranomasigna, zay tsy
voaisa.[13]Tô amin'ny finoagna iregny jiaby iregny no naty tsy nandray iré fampanantinagna. Fô ndraiky, tafaran'ny
nahitagna sy niarahabagna ananjy iré avy egny alavitra, de nagneky izy iré fô vahiny sy sesi-tany aketo an-tany.
[14]Ho an'iré zay mivôlagna karaha izégny raha izégny de magnazava fô mitady tanindrazagna zaré iré.[15]Kô
niheritreritra ny firenegna zay nialagny zaré ré, de mety nanagna fahafahagna hierigna. [16]Fô kaha izégny,
nagniry firenegna tsaratsara kokoà zaré iré, ké izégny, lay agny an-dagnitra. Noho izégny tsy mahamegnatra
an'Andriamanitra ny vôaantso hoe Andriamanitra-jaré ré, ké nagnomagna tanàgna ho ananjy Izy.[17]Tamin'ny
finoagna Abrahama, kôfa notsapaigna, de nanolotra an'Isaka. Itô no zanany lahy tôkagna zay natôlony, izy lay
nahazo iré fampanantinagna. [18]Tamin'i Abrahama no nivolagnany hoe: ''Amin'ny alalan'Isaka no hanondroagna
iré taranakanà.'' [19]Abrahama de nihevitra fô Andriamanitra de hahavita hanangagna an'Isaka amin'iré naty, ké
amin'ny heviny amin'ny ohatra, avy taminjaré ré no hahazoany ananjy ndraiky.[20]Tamin'ny finoagna momban'iré
raha ho avy koà no nitsofan'Isaka rano an'i Jakoba sy Esao. [21]Tamin'ny finoagna Jakoba, taminanjy efa ho foaty, no
nitso-drano iré zanak'i Josefa tsiraikiraiky avy. Nivavaka Jakoba, nitehagna tamin'ny lôhan'ny tehigny. [22]Tamin'ny
finoagna Josefa, kôfa nageky ny fiafarany, no nivolagna ny fiaingan'ny zanak'Israely avy agny Egypta ké
nagnafarany ny amin'ny taôlany.[23]Tamin'ny finoagna Mosesy, kôfa teraka izy, de nafenin'iré ray aman-dreniny
nandritry ny telo vôlagna satrià hitanjaré ré fô zaza tsara izy. Tsy natahotra ny didin'ny mpanjaka zaré ré.
[24]Tamin'ny finoagna Mosesy, tafaran'ny napaventy ananjy, no nandà ny hiantsoagna ananjy ho zanaka lahin'ny
zanaka viavin'i Farao. [25]Fô ndraiky, nisafidy ny hijaly niaraka tamin'ny vahôkan'Andriamanitra izy, karaha zay
hankafy iré fahafinaretan'ny fahotagna mandritry ny fotoagna fohy. [26]Nivôlagna izy hoe ny fahafaham-baraka
amin'ny fagnarahagna an'i Kristy de haregna be noho iré haren'i Egypta. Satrià nampifantoka iré masony
tamin'ny valisoany izy.[27]Tamin'ny finoagna no nialan'i Mosesy tagny Egypta. Tsy natahotra ny fahatizeran'ny
mpanjaka izy, fô niaritra izégny karaha ny nahitany lay tsy hita maso. [28]Tamin'ny finoagna no nitandremany ny
Paska ndraiky famafazagna ny rà, mbô tsy hikasika ny zanaka lahimatoan'iré Israelita ny mpandringana ny
zanaka lahimatoa.[29]Tamin'ny finoagna no niampitanjarè ré ny Ranomasigna Mena karaha ny mandia tany
maigna. Kôfa nanandragna nagnano izégny iré Egyptiana, de vôteligna zaré ré. [30]Tamin'ny finoagna no
nirodagnan'ny mandan'i Jeriko, kôfa avy nihodidigna nandritry ny fito andro zaré ré. [31]Tamin'ny finoagna no tsy
nafaty an'i Rahaba lay mpivarotegna niaraka tamin'iré mpagniasia, satrià nandray iré mpisafo tany tamin'ny
fiadanagna izy.[32]Ino foagna koà no afaka volagniko? Fô ho lany ny fotoàko kôfa mivôlagna momban'i Gideona,


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Baraka, Samsona, Jefta, Davida, Samoela, ké momban'iré mpaminany zaho. [33]Tamin'ny alalan'ny finoagna no
nahazoanjaré ré ny fanjakagna, niasa ara-drariny, ké nandray iré fampanantinagna. Nagnakombogna ny
vavan'iré liona zaré ré, [34]namono ny herin'ny afo, nandositra ny lelan'ny sabatra, sitragna tamin'iré aretigna, lasa
nahery agn'ady, ké nandresy iré tafika vahiny.[35]Nitsangagna tamin'ny maty tamin'ny fagnanganan-ko velogna iré
viavy. iré hafa de nampijaliagna, tamin'ny tsy fagnekegna ny famotsoragna mbô hahazoanjaré ré fitsanganagna
tsara kokoà. [36]Ny hafa de notsapaigna tamin'ny fagnesoagna sy iré fikapohagna, egny fô na de ny fatotra ndraiky
fagnagadragna aza. [37]Notoraham-bato zaré ré. Notsofaigna hizara roy zaré ré. Novonoigna tamin'ny sabatra zaré
ré. Nirenireny tamin'ny hoditr'ondry sy hoditr'osy zaré ré. Nahantra zarè ré, nampihorohoroagna,
nampahoriagna. [Fagnamarihagna: ny dika-vôlagna sanany talôha de mivaky hoe: ''Notoraham-bato zaré ré.
Notsofaigna hizara roy. Nampandalovigna fitsapagna. Novonoigna tamin'ny sabatra.''] [38]Zao tontôlo zao de tsy
mendrika ananjy irè. Nirenireny tagny agn'efitra, tagny amin'iré tendrombohitra, tagny amin'iré lava-bato, ké
tagny amin'iré lavaka ambanin'ny tany zaré iré.[39]Kanefa iregny ôlogno jiaby iregny de niken'Andriamanitra
nohon'ny finoanjaré ré, tsy nandray ny fampanantenagna zarè ré. [40]Nagnomagna raha tsara kokoà ho antsika
Andriamanitra, mbô tsy ho lavorary zaré ré, kôfa tsisy antsika.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 12

1Noho izégny, satrià atsika vôadidigna vavolombelogna maro be karaha ny rahogna, de andeha atsika hamela ny
vesatra jiaby ndraiky fahotagna mora magnodidigna antsika. 2Andeha atsika hihazakazaka am-paharetagna ny
fihazakazahagna zay napetraka také alôhantsika. Andeha atsika hitandrigna amin'i Jesosy, ny mpampiatomboka
sy mpanantateraka ny finoagna. Fô nohon'ny hafaligna zay napetraka také agnoloany, de niaritra ny
kakazofijaliagna Izy, tsy niraharaha ny hegnatr'izégny, ké nipetraka také an-tagnana ankavanagnan'ny seza
fiandrianan'Andriamanitra. 3Noho izègny eritrereto ny momba Ananjy, lay araiky zay niaritra fagnoheragna
karaha izégny avy tamin'iré mpanota hanohitra ny tegnany, mbô tsy ho reraka akô am-pônaré anaré ké hilavo
lefogna.4Tsy mbôla nanohitra anaré na nikezaka hagnohitra ny fahotagna hatramin'ny fahalatsahan-drà, 5ké tsy
tsaronaré ny fampahirezagna zay nampianarigna anaré karaha ny amin'iré zanaka hoe: ''Ry zanako lahy, aza
magnamaivagna ny fitsipiky ny Tompo, na mihareraka kôfa ahitsiny anaré.'' 6Fô ny Tompo magnafay ny jiaby zay
tiany, ké Izy magnasazy ny zanaka tsirakiraiky zay raisiny.7Miareta fijaliagna karaha ny fitsipika. Andriamanitra
de mitondra anaré karaha ny zanaka. Fô zanaka ino no také ké tsy nofaizin'ny babany? 8Fô kôfa tsy managna
fitsipika anaré, zay anagnan'ny ôlogno jiaby, de zazasary anaré fô tsy zanany.9Ary koà, nanagna ny ray ara-nofo
karaha ny mpanafay atsika, ké nagnaja ananjy iré atsika. Tsy tôkony hankato kokoà ny Rain'ny fanahy vô atsika
ké ho velogno? 10Fô etsy andaniny, iré raintsika nanafay antsika nandritry ny andro vitsy araka izay marigna
taminanjy iré. 11Nefa aké ankilany, Andriamanitra nagnano izégny ho an'izay tsara ho antsika mbô hafahantsika
managna anjara amin'ny fahamasignany. Tsisy famaizagna mitranga ho mahafinaritra, fô manaintaigna aza.
Kanefa izégny afarany hely de mamôkatra ny vokatra feno fiadagnan'ny fahamarinagna ho an'iré zay nozarigna
tamin'izégny.12Noho izègny hatanjaho iré tagnanaré zay miraviravy sy iré lohalikaré malemy. 13Manaova lalana
mahitsy ho an'ny tongotraré, mbô zay malemy de tsy hipitsoka fô ho sitragna aza.14Magnenjeha fiadagnagna
miaraka amin'ny ôlogno jiaby, ké ny fahamasinagna foagna koà zay tsy hahitan-jôvy na zôvy ny Tompo kôfa tsy
miaraka amin'izégny. 15Mitandrema mbô tsisy na zôvy na zôvy tsy hanagna ny fahasoavan'Andriamanitra, ké tsisy
fakan'ny fahanginagna mitômbo hiteraka korontagna, mbô tsy ho maro no lasa voaloto amin'izégny.
16Mitandrema mbô tsisy fijangajangagna na ôlogno tsy an'Andriamanitra takô an'i Esao, zay nivarotra ny
fizokiany ho an'ny hanigna araiky. 17Fô anaré mahafantatra fô kôfa afaka izégny, kôfa nagniry ny handova ny
fitahiagna izy, de nolavigna, satrià ts nahita irika amin'ny fibebahagna izy, na de nikatsaka izégny tamin-
dranomaso aza.18Fô anaré tsy tônga také amin'ny tendrombohitra zay tsy azo kasihigna, tendrombohitra ny afo
mandoro, haizigna, fahamaizinagna, ké tafiotra. 19Anaré de tsy tônga také amin'ny trompetra magneno mafy, na
také amin'ny feo zay mivôlagna iré vôlagna zay ny mpihaino izégny de nangataka mbô tsisy vôlagna hafa ho
volagniny aminjaré ré. 20Fô zaré ré tsy afaka niaritra zay nodidiagna hoe: ''Fô na de ny biby mikasika ny
tendrombohitra aza, de tsy maintsy ho toraham-bato izégny.'' [Fagnamarihagna: Iré dika-vôlagna sanany talôha
de mivaky karanjô: ''''Fô na de biby araiky zay mikasika ny tendrombohitra aza, de tsy maintsy ho toraham-bato
izégny na ho vonigna amin'ny zana-tsipika.''''] 21Fô mampitahota lôtra lay fahitagna zay novolagnin'i Mosesy hoe:
''Mihorohoro zaho ké mangovitra''22Fô anaré ndraiky, de tônga také amin'ny tendrombohitra Ziona ké také
amin'ny tanàgnan'Andriamanitra velogno, ny Jerosalema agny an-dagnitra, ké také amin'iré anjely
agn'align'aligna tamin'ny fankalazagna. 23Anaré de tônga také amin'ny antôkon'ôlon'ny vôlôhan-teraka, zay
voasôratra agnaragna agny an-dagnitra. Anaré de tônga také amin'Andriamanitra, lay Mpitsara ny jiaby, ké také
amin'iré fagnahin'iré ôlon'ny fahamarinagna zay natô tônga lafatra. 24Anaré de tônga také amin'i Jesosy, lay
mpagnalalagna ny fagnekegna vôvô, ké také amin'ny rà latsaka zay tsara kokoà noho ny ràn'i Abela.25Ôka anaré
tsy handà lay araiky zay mivôlagna. Fô ndraiky tsy nandositra zaré ré taminjarè ré nandà ny araiky zay
nampitandrigna ananjy iré taketo an-tany, de hely kokoà no handosirantsika ndraiky mihodigna amin'ilay araiky
zay mampitandrigna antsika avy agny an-dagnitra atsika. 26Tamin'ny fotoagna araiky, ny feony nagnozongozogna
ny tany. Fô avaizo Izy nampagnategna sy nivôlagna hoe: '' Mbôla hagnozongozogna indraiky mandeha tsy ny tany
foagna zaho, fô ny lagnitra foagna koà.''27Iré vôlagna iré, ''Indraiky mandeha koà'', de midika ny famindragna iré
raha zay afaka hozongozognina, izégny de, iré raha zay nohariagna, mbô hipetraka iré raha zay tsy azo
hozongozognina. 28Noho izégny, satrià mandray fanjakagna zay tsy azo hozongozognina, de ôka ho
mpankasitraka atsika ké amin'izégny fômba izégny de hidera an'Andriamanitra am-pagnajagna loatra sy amin-
tahotra. 29Fô ny Andriamanintsika de afo mandevogna.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 13

[1]Ôka hitohy ny fitiavagna ara-pirahalahiagna. [2]Aza magnadigno ny fampiantranoagna iré vahiny. Fô tamin'ny
alalan'izégny, no nanehoan'ny sanany fampiantranoagna iré anjely nefa fantany izégny.[3]Tsarovy iré vôfonja,
karaha ny hoe niara-nifatotra taminjaré ré anaré. Tsarovy iré zay nampahoriagna, karaha ny hoe zaré ré foagna
koà anaré amin'ny vatagna. [4]Ôka ho hajain'ny tsiraikaraiky ny fanambadiagna. Ôka ny fandrian'ny
fanambadiagna mbô hadio, fô Andriamanitra de hitsara iré mpangala-badin'ôlogno sy iré mpijangajanga.[5]Avelà
ny fitondran-tegnanaré ho afaka amin'ny fitiavam-bôla. Mifalia amin'iré raha zay hanagnanaré, satrià
Andriamanitra tegnany de nivôlagna hoe: ''Zaho de tsy handao anaré mihitsy, na hahafoy anaré akory.'' [6]Aleo
atsika ho faly mbô ho sahy hivôlagna hoe: ''Ny Tompo no Mpamonjiko; ké tsy hatahotra zaho. Ino no azon'ny
ôlogno atô aminahy?''[7]Hevero iré mpitarika agnaragna, iré zay nivolagna ny Tenin'Andriamanitra taminaré, ké
hevero ny vokatrin'ny fihetsinjaré ré. Alay karaha ny finoanjarè ré. [8]Jesosy Kristy de tsy miôva omaly, sy niany, ké
mandrakizay.[9]Aza manaiky taomigna amin'iré karazagna fampianaragna hafahafa. Fô tsara kôfa tôkony
hamafisigna amin'ny fahasoavagna ny fô, fô tsy amin'ny hanigna zay tsy magnampy iré zay mandeha miaraka
aminjaré ré. [10]Atsika de managna alitara zay tsy anagnan'iré zay manômpo ny tabernakely fahefagna hihinagna.
[11]Fô ny ràn'iré biby novonigna atô fagnatitra ho an'ny ota de nindôsin'ny mpisôrognabe takô amin'ny toeragna
masina, nandritr'izégny ny vatanjaré ré de nodoragna tagny ivelan'ny toby.[12]Noho izégny Jesosy foagna koà de
nijaly tagny ivelan'ny vavahadin'ny tanàgna, mbô hagnamasigna iré vahoaka amin'ny alalan'ny ràny manôkagna.
[13]Andeha atsika noho izégny ho agny Aminanjy agny ivelan'ny toby, hitôndra ny fahafam-barakany. [14]Fô tsy
managna tanàgna maharitra atsika atô. Fô ndraiky, miandry lay araiky zay ho avy atsika.[15]Amin'ny alalany, ké, de
andao atsika hagnolotra iré fagnati-pideragna ho an'Andriamanitra hatragny, fideragna vokatry ny molotra zay
manaiky ny agnarany. [16]Aleo tsy adinointsika ny magnano ny tsara ny magnampy ny tsiraikaraiky avy, Fô amin'ny
fagnatitra karaha izégny no tegna mahafaly an'Andriamanitra. [17]Mankatoava sy magneky iré mpitarika anarè, fô
zaré ré no miahy ny fagnahinaré, karaha irè zay hagnano tatitra. Mankatoava mbô hagnano izégny am-pifaliagna
iré mpitôndra anaré, fô tsy am-pisentoagna, zay lasa tsisy dikany ho anaré.[18]Mivavaha ho anay, fô zahay de nino
fô managna feon'ny fieritreretagna madio ké magniry hiaigna am-pahamarinagna ny raha jiaby. [19]Manosika
anaré bebe kokoà aza zaho mbô hanagna izégny, ké mbô hiverigna faingagna aminaré zaho.[20]Ary lay
Andriamanitry ny fiadanagna, zay nanangagna tamin'ny maty lay mpiandry ondry maventy, ny Tompontsika
Jesosy, tamin'ny alalan'ny ràn'ny fagnekegna mandrakizay, [21]de hagnatsara anaré amin'ny asa tsara jiaby mbô
hanaovagna ny sitrapôny. Izy anie hiasa akô agnatintsika zay tegna ankasitrahagna aké agnatrehany, amin'ny
alalan'i Jesosy Kristy, zay hamiagna ny voninahitra mandrakizay. Amena.[22]Ké mankahery anaré zaho, ry
rahalahiky, mbô hizaka ny tenin'ny fampahirezagna zay nosoratako fohy ho anaré. [23]Fantaro fô efa nafahagna
Timoty rahalahintsika, zay hiaraka aminahy hizaha anaré kôfa alôha izy.[24]Atôvy veloma iré mpitarika anarè jiaby
sy iré mpino jiaby. Iré zay avy agny Italia de magnano veloma anaré. [25]Ho aminaré jiaby anie ny fahasoavagna.

# James

Chapter 1

[1]Jakõba andevon'Andriamanitra sy tompo Jesosy Kristy, ho anaré fôko roé ambin'ny fôlo nipariàka: magnontasfa.
[2]Ataôvo hafaliagna aby jiaby zègny, ry ralahy, kôfa misedra olagna isan-karazany anaré. [3]Fantanaré fô fitasapagna
ny finoagnanaré dia mahatônga faharètagna.[4]Ambilay ny faharètagna hagnatantèraka ny asany, mbô tègna
hivoàka tantèraka anare, sady feno tantèraka, kè tsy mijaly na ino na ino. [5]Fô kô misy tsy manam-pagnahy, aoka
izy angaho an-jégny amin'ny Andriamanitra/ lay raiky magnomia an-tsitrapô sy tsy mandatas zègny mangaho
aminanjy, fa amiany ananjy zègny.[6]Fa ambilay izy angaho amin'ny finoagna, tsy mihènahèna na amin'ino na
amin'ino. Fa zègny mihènahèna dia karaha onjan-dranomasigna zègny indôsin-drivotra ke mitompatompa. [7]Fa
zègny ôlo zègny dia tsy tôkony halak'onogna handray na ino na ino avy amin'ny Tompo. [8]Ny ôlogno karahan-
jègny miroa saigny, miôvaôva amin'ny diany jiaby.[9]Aoka ny ralahy mahantra hagnano fisandratany ho
rèharèhanyn, [10]fa ny ôlo manan-kariagna amin'ny fihetreny, satria izy dia malazo karaha folèra amin'ny ahitra.
[11]Fa ny masôva dia mibiagna amin'ny hafanagna mahamay kè magnamaigna ny ahitra. Ny folèra dia
mihintsagna, kè hatsaragnany dia levogno. Karaha njègny koa, ny ôlogno manan-kariagna kè halazo amin'ny
antsasaky ny diany izy.[12]Sambatra ny ôlogno zègny mahadigny fitsapagna. Satria kôfa avy mandalo fitsapagna izy
dia handray satroboninahitra fiainagna, zègny nampanatenaignan-jaré zègny tia an'Andriamanitra. [13]Kô misy

halaim-pagnahy dia aoka izy tsy hivôlagna fô: "Andriamanitra maka fagnahy anah," satria Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-pagnahy, sady tsy mbô maka fagnahy na zôvy na zôvy.[14]Fa samby alaim-pagnahy ny ôlogno amin'ny fagniriany manôkana, zègny mampiemotra sy mandresy ananjy. [15]Kôfa avy torotorôgnona ny fagniriagna, dia mitèraka fahotagna zègny. Kè kôfa mitômbo tantèraka ny fahotagna, dia mitèraka fahafatèsagna. [16]Aza magneky fitahigna anaré,ralahy malalako.[17]Ny fagnomiazagna tsara jiaby sy fagnomiazagna tônga lafatra jiaby dia avy agny ambôny. Zègny dia mandrôrogna avy amin'ny Rain'ny faha zavagna. Miaraka aminanjy dia tsisy fiovagna na aloka avy amin'ny fiodignana. [18]Andriamanitra dia nisafidy hagnomia fahamarinagna antsika amin'ny tenin'ny fahamarinagna, mbô ho karazagna voalôngam-bokatra amin'ny raha jiaby noforôgnony antsika. [19]Fantanaré zègny, ry ralahy malalako: aoka ny ôlogno jiaby halaky mitandrégny, tsy halaky hiteny, kè tsy ho môra vignitra. [20]Fa ny fahavigniragna tsy ahèfagna na ino na ino, agnatrèhan'Andriamanitra. [21]Kè hialao agny ny fahalotoagna jiaby ndraiky faharatsiagna jiaby. Amim-panetren-tègna ke alaivo ny teny èfa napètraka, zègny afaka mamonjy fagnahinare[22]Aoka ho mpagnaka ny teny anare fa tsy mpitandregny foagna, kè mamitaka ny tègnanare. [23]Fa kô misy mpitandregny ny teny nèfa tsy magnaraka, dia kara ôlo mizaha tarehiny agnaty fitaratra izy. [24]Kè mandinika ny tègnany izy nèfa avaké adignony mômmba ananjy. [25]Fa ôlogno zègny mandinika tsara ny lalàgnan'ny fahafahagna, tônga lafatra, sy manohy magnano anjagny, fa tsy mpitandregny fôgna na magnadigno, dia hotahigna amizèny asany zègny ôlo zègny.[26]Kô misy mihevitègna ho mpivavaka, nèfa tsy mamehy lèlany dia mamitaka ny fony izy, kè tsisy dikany ny hivavahany. [27]Ny fivavahagna mody tsisy pentigna agnatrèhan'Andriamanitra ndraiky Raintsika dia zao, magnampy zègny kamboty ndaiky mpitôndratègna amin'ny fahoriagnany, sady miaro tègna mbô tsisy pentigna avy amin'ny izao tontolo izao.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1] Ry ralahiko, aza mitazogna ny finoagna an'ny Tompontsika Jesosy Kristy. lay Tompon'ny voninahitra, amin'ny
fiangarana amin'ny ôlogna asananay. [2]Atova hoe misy ôlogna magnisy peratra volamena sy akanjo tsara no
miditra ako amin'ny fivorianareo, ary misy lalahy mahantra ihany koa magnato lamba maloto. [3]Raha mizaha ilè
ologna magnisy lamba tsara anà ary mivolagna hoe: '' Azafady mipitraha eto amin'ny toeragana tsara,'' fa
hivolagna amin'ilè lalahy mahantra koza hoe: ''Mitsangàna ano ary,'' na hoe: ''Mipetraha eto an-tongotra,'' [4]ka tsy
mifampitsara aminy anan-dre? Ka tsy lasa mpitsara amin'ny eritreri-dratsy anan-dre?[5]Tandrigneso, ry rahalay
mlalako, tsy efa nifidin'Andriamanitra ve ny mahantran'izo tontolo izo mbo hanankarena amin'ny finoagna sy
mbô mpandova ny fanjakana izo nampananteniny ire izay tian'Anjy? [6]Fa anan-dre de nagnalabarka ny
mahamtra! Moa tsy ny mpana-karena ve no mampijaly anan-dre? Moa tsy ire va no mitarika anan-dre ho any
amin'ny fitsaragna? [7]Moa va tsy izi ire no magnaratsy ny agnaragna tsara izay anan-dre?[8]izegny aza, raha
manantanteraka ny lalagnan'ny mpanjaka anan-dre, araka ny Sôratra Masigna hoe: ''de tiavo ny namano tahaka
ny tegnano,'' de magnano tsara anan-dre. [9]raha magnome sitraka ny ologna asanany koza anan-dre, de manota,
ka voheloka kara ny mpamadika lalàna.[10]Na zôvy na zôvy mankasitraka ny lalàgna jiaby kanefa lavo amin'ny
lalagna iraika monja, de ho meloka amin'ny lalàgna jiaby.[11]Fa ilè nivolagana hoe: ''Aza mijanganga,'' de nivolagna
koa izy hoe: '' Aza mamono ologna.'' Raha tsy mijangajanga anandre, kanefa mamono ologna de lasa mpamadika
ny lalàna.[12]Nohizany mivolagna sy magnanova kara ire izegy ho tsaraigna amin'ny lalàgnan'ny fahafahagna. [13]ny
fitsragna de tônga de tsisy famindram-pô. Ary ny famindram-po de mandresy ny fitsaragna.[14] Ino no tsara, ry
ralahiko,raha mivolagna ny ologna raika fa efa manamp-pinogna izy, kanefa tsisy asa? [15]Atôvy hoe misy rahalahy
na hanakavy ratsy fitafy sy tsy ampy sakafo isan'andro. [16]Atôvy hoe misy raika aminan-dre mivolagna amin-jareo
hoe: ''Mandehana am-piadanana, magnova mafana ary magnano voky.'' Raha tsy magnôme an-jare ny ràhà
tadiaviny vatana anan-dre, ino ny mahatsara izegny.[17]De karanjany koa ny finoagna, raha tsisy asa izany, de mety.
[18]Nèfa mety misy ologna mivolagna hoe: '' Manampinoagna ano, ary izaho managan'asa.'' Atoro zaho ny finogna
tsisy asa, dia atoroko ano ny finoako amin'ny alalan'ny asako. [19]Ano dia mino fa raika ny Andriamanitra; tsara
izegny atôno zegny.Fa na ire demonia aza mino izegny, ka dia magôrohoro zare. [20]Tianan-drè hofantatra ve, ry
rahalahy adaladala, fa ny finoagna tsisy asa dia tsisy ilagna ananjy? [Fanamarihagna: ''Ny dikan-tey talôha
asanany dia mamaky hoe: ''Tianan-dre hofantatra va, ry lelahy adaladala, hoe nagnino ny finoagna tsisy asa no
maty'']
[21]Tsy tamin'ny asa koa me nagnamarinagna an'i Abraham raintsika rehefa nanondro an'Iska zanagny lahy
teo aminy alitara izy? [22]Hitano fa ny finoagna dia niasa niaraka taminan'ny asany, ary amin'ny asan'ny dia nivotra
tanteraka ny finoagnany. [23]Dia tanteraka ny Sôratra Masigna izè mivolagna hoe: ''abrahama ninoan'Andriamnitra,
ka nisaigna taminy fahamarinagna,'' ary izy nantsovigna hoe: sakaizan'Andriamanitra. [24]Hitanan-dré izô fa
amin'ny asa hanamarinagna ny ologna, fa tsy amin'ny finogna ihany.[25] Karanjègny kôa, Rahaba mpivaro-tègna tsy
nohamarinigna tamin'ny asa koa va izy, raha nandray irè fagnasana sy nagnondefa zaré tamin'ny lalagna afa?
[26]Fa maty ny vatagna raha misaraka amin'ny fagnahy dia karanjègny koa ny finogna raha tsisy asa dia maty.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Tsy ôlogno fôntry no tokony ho lasagna mpampianatra, ry ralahiko. Haintsika fô handray fitsaragna mafy kokôa
antsika. [2]Fa antsika jiaby dia tafitôhagna amin'ny fômba fontry. Kô misy tsy tafitôhagna amin'ny iré koragna, dia
lilahy matôtro tantèraka izy, afaka mifehy na dia ny tègnany araiky manontôlo aza.[3]Ary kô asiantsika lamboridy
aké ambavan'jaré sovaly mbô hikehin'jaré antsika, dia afaka mitôndra ny vatan'jaré jiaby foagna koa antsika.
[4]Zahano foagna koa fô iré sambo, na dia maventy be tokôatra aza izy regny mbola hidôsin'drivotra-mahery, dia
vôavilin'ny familiagna samba hely agny amin'jègny jiaby tian'ny mpagnamory.[5]Karan'jegny koa ny lèla dia
rantsagna hely amin'ny vatagna, kanèfa izy dia mihambo raha bètsaka. Zahano koa ny ahilèzan'ny afo zègny
mandôro atiala maro. [6]Ny lèla koa dia afo, tontôlon'ny fahotagna napètraka také amin'ny ratsam-batagnantsika.
Zègny dia magnisa pentipentigna ny vatagna araiky manontôlo ary mandôro ny lalam-piainagna. Arehitrin'ny
helo ny tègnany.[7]Fô ny karazam-bibidia jiaby, vôrogno, biby mandady, ary zava-boarin-dranomasigna dia fôlaka
ary nifôlahin'ny ôlombélogno. [8]Fa ny mômban'ny lèla, tsisy ôlogno mahavita mamôlaka anjegny. Io dia ratsy tsy
hay fihézigny, feno poizigny mafaty.[9]Amin'io no hidèrantsika ny Tompo sy ny Ray, ary amin'io no
hagnozônantsika ôlogno, zègny natô nitôvy tamin'Andriamanitra. [10]Avy amin'jègny vava zègny foagna no
hivoahan'ny fitahiagna sy fagnozôgnana. Ry ralahiko, tsy tôkony hibôaka iré raha iré.[11]Moa ny lôharano mô
mamôaka rano mamy sy mangidy avy amin'ny fibôahany? [12]Moa ny kakazon'aviavy mô, ry ralahiko, mamoa
oliva? Na ny voalôboko, mamoa aviavy? Ny rano masira koa dia tsy afaka hagnamia rano mamy.[13]Zôvy no hendry
sy mahay aké antèntègnaniré? Ambilay zègny ôlogno zègny hamoaka fihainagna tsara amin'ny asany amin'ny
fanetrèn-tègnan'ny fahendregna. [14]Fa koa managna fialôgnana mangidy anaré ary fagnirian-daza ako am-ponaré,
dia aza mihambo na mandainga manôhitry ny marigna.[15]Zègny dia tsy fahendregna zay nidigna avy agny
ambôny. Fa kosa, avy amin'ny tany, ny tsy ara-paganhy, ny demoniaka zègny. [16]Fa agny amin'jègny misy
fialôgnana sy fagniriagn-daza, dia misy fifanjevogna sy fagnanovagna ny ratsy jiaby. [17]Fa ny fahendregna avy
agny ambôny dia madi alôha, avy ake feno fiadagnana, malemy fagnahy, mihevitry ny hafa, feno famindram-pô
sy vokatra tsara, tsy mamely, ary tsotra. [18]Ny vokatra ny fahamarinagna dia voafafy am-piadagnana ake
atèntègnan'jaré mampihavagna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 4

[1]Avitaiza no nivoahany ady sy iré gidragidra také aminan-dre? Mô va tsy fagnirianan-dre zahay miady aminy
mpikambagna ake antegateganan-dre? [2]Magniry anan-dré nefa tsy managna. Mamono sady mitsiriritra anan-dre
nefa tsy afaka ny ahazo. Miady sy mifamaly anaré. Tsy managna ananré satria mangataka. [3]Managataka anan-
dre nefa tsy mahazo satria ratsy fangatahagna, mbô hafahanan-dre mampiasa anizegny fagnirianan-dre.[4] Anaré
ry Mpijangajanga! Mô tsy fanatanan-dre mè fa ny fisakizagna an'izi tontolo izo dia fampirafesagna manohitra
an'Adriamanitra? Kô na zôvy na zôvy te-ho sakaizan' izô tontolo izô dia magnano ny tegnany ho
fahavalon'Andriamanitra.[5]Sa anan-dre mandinika fa ny Sôratra Masigna dia mivolagna zava-poagna hoe: "Ny
fagnay zegny natôny nihaigna takô amintsika dia saro-piro lôatra''?[6]Fa Andriamanitra magnome fahasoavagna
maromaro kaokao, no hizègny dia ahozy Sôratra Masigna hoe: ''Andriamanitra manohitra ny mpirèharèha, fa
magnome fahasoavagna ny mpanetry tègna'' [7]Ka magneke amin'Andriamanitra. Tohero ny devoly, dia hilèfa
anan-dre izy.[8]Magnatôgna an'Andriamanitra, dia hagnatogna anan-dre Izy. Diovy ny tagnan-dre ry mpanota, ary
diovy ny fonan-dre ry mpiroa saigna. [9]Malahelôva, misaônà, ary mitomagnia! Aôka ny fimœzanan-dre hody
fitomagniana, ary ny fifaliagnan-dre ho fanjoretagna. [10]Manetre-tegna eo anatrehan'ny Tompo hanandratra anan-
dre Izy.[11]Aza mifagnaratsy anan-dre, ry rahalahy. Ny ologna izè magnaratsy ny rahalahy na mitsara ny ralahy dia
manohitra ny lalàgna na mitsara ny lalàgna. Raha mitsara ny lalàgna anan-dré, dia tsy mpakàto ny lalàgna, fa
mpitsara. [12]Iray ihany no magnome ny lalagna sy mitsara. Izy lay raika afaka mamonjy sy mandringana. Azôvy
mè ano,izay mitsara ny namano?[13]Koa mitandrignesa, anan-dre izay mivolagna hoe: ''Niany na amaraigna hiditra
ato amin'ity tanagna ity antsika,hidoka herintogna akagny, hagnano varotra,ary halaka antômbony.'' [14]Izôvy no
mahafantatra raha hitranga amaraigna,ary ino ny fiainagnan-dre? Fa zavogna mipoitra anan-dre avake dia
malaky levona.[15]Tôkony hivolagna koza anan-dre hoe: ''Raha sitraky ny tompo, dia ho velogna antsika ary
hagnano an'ity na hanao an'iroa.'' [16]Fa avahizo anan-dre dia mipoerapoera aminire tetika mieboebo. Ny
fireharehagna jiaby karanjegny dia ratsy. [17]Ka ho an'izè rehetra mahafantatra ny ratsy nefa tsy magnano izegny,
dia heloka ho ananjy izegny


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Avia, anaré zegny magnan-kariagna, mitomagnia sy migogogogoa nony iré fahoriagna tônga aminaré. [2]Ny
hariagnanaré èfa io, ary ny fitafiagnanaré efa lanign-kalôlo. [3]Ny vôlamènanaré sy ny vôlafôtsinaré dia èfa
rifesigny. Ny rifesigny dia ho vavôlombelogno hagnampanga anaré. Handôro nôfonaré karaha afo izégny.
Hankajiagnanaré karaha ny hariagnanaré hagny amin'ny andro farany.[4]Igny, ny karaman-jaré mpiasa dia
mitarègny-ny karama zegny nitananaré tsy ho anjaré zegny nampamôakatra ny Tsabonaré, ary iré fitaraignan'ny
mpijinja èfa tônga agny an-tadigny ny Zagnahary. [5]Nihaigny tami'ny hariagna tatô ambôn-tany anaré ary
nagnaram-pô tamin'ny tegnanaré. Natavezinaré ny fônaré ho an'ny andro famonoagna. [6]Nagnameloko sy
namôno ny ôlo-marigny anaré. Tsy nanohitry anaré izy.[7]Kôa maharèta, ry ralahy, mandra-pavian'ny Tompo. igny,
ny mpamboly mandigny ny vokatra sarobidy avy amin'ny tany. Mandigny amim-paharetagna anjegny izy,
mandram-pazahoanian'jegny ny vôlohany sy ny fara-ôragna. Anaré, [8]fôgna koa, mahàreta. Hatanjaho ny fônaré
satria èfa mariny ny fatongavan'ny Tompo.[9]Aza mifampitaregny, ry ralahy, mbo tsy ho tsaraigny anaré. igny ny
mpitsara mijaridigny aké am-bavatamiagna. [10]Malaka ôhatra, ry ralahy, avy amin'ny fijalianagna sy
faharètan'jaré mpaminagny, iré zegny nivôlagna tamin'ny agnaran'ny Tompo. [11]igny, atôntsika kara ny miadagna
zaré zegny èfa niharitry. Èfa régninaré ny fiharètan'i Joba, ary fantanaré ny tanjognan'ny Tompo ny maha-feno
fangorahagna sy famindram-pô Ananjy.[12]Fô agnambon'ny jiaby, ry ralahikô, aza magnaniany, na amin'ny lagnitry
na amin'ny tany, na amin'ny fihainagna hafa. fo kosa, hôka ny vôlagnanaré hoe: "Ia" no "Ia" ary ny "Ahe" no "Ahe,"
mbo tsy hiditry amin'ny fitsaragna anaré.[13]Misy ôlogno mo aké aminaré mijaly amin'ny andraikitry sarotro? Ôka
izy hivavaka. Misy ôlogno faly mo?Ôka izy hihira fideragan. [14]Misy marary mo eké antaintaingnanaré?Ôka izy
hagnatso ny lôholon'ny fiangonagna, ary hôka zaré hivavaka ho ananjy.Ôka zarè hagnosotro mènaka ananjy
amin'ny aganran'ny Tompo. [15]Ny fivavaha ny finoagna no hagnasitragna ny ôlogno marary, ary ny Tompo
hanangagna ananjy, dia hagnambèla ananjy Andriamanitra.[16]Koa mifagnikia heloko anaré, ary mifampivavaha,
mbo ho sitragna anaré. Ny vavaka atôn'ôlo-marigny dia tegna matanjaka amin'ny fatôny. [17]Elia dia lalahy mitôvy
tamintsika fogna. Nivavaka mafy izy mbô tsy hilatsahan'ny ôragn'andro, ary tsy nilatsaka tamin'ny nandritry ny
telo tôgno sy enim-bolagna zegny. [18]Avy take nivavaka koa Elia. Ny lagnitry dia nagnomia ôran-andro, ary ny tany
nagnomia ny vokany.[19]Ry halahikô, izy koa misy aké aminaré miala amin'ny fahamarinagan, ary misy araiky
mamerigny ananjy, [20]dia tokony ho fantan'io ôlogno io fô na izovy na izovy magnala ny mpanota araiky amin'ny
lalagna-diso dia hamonjy ananjy amin'ny fahafatèsagna, ary agnarogna fahotagna maroboe.

# 1 Peter

Chapter 1

[1]Petera, apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'iré zanaka am-pielezagna, iré zay voafidy, magneragna an'i Ponto, Galatia,
Kapadokia, Asia, ké Bitynia. [2]Izégny de araka ny fantatr'Andriamanitra Ray mialôha, voatôkan'ny Fanahy ho
fankatoavagna sy ho famafazagna ny ràn'i Jesosy Kristy. Ho aminaré anie ny fahasoavagna, ké hitômbo anie ny
fiadanagnaré.[3]Ho tahiagna anie Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tamin'ny famindram-pôny,
no nagnomezany antsika fahaterahagna vôvô ho an'ny fahatokisan'ny lova. Izégny lova izégny de tamin'ny
alalan'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny naty. [4]Izégny de ho an'ny lova zay tsy ho foaty, tsy ho simba, ké tsy
ho levogna. Izégny de voatôkagna ho anaré agny an-dagnitra. [5]Anaré de arovan'ny herin'Andriamanitra amin'ny
alalan'ny finoagna, ho an'ny famonjegna zay efa vonogna ho ambara amin'ny fotoagna farany.[6]Tegna ravoravo
momba izégny anaré, na de alainaré aza ny hahatsiaro malahelo amin'ny ôlogno maro samy hafa avaizo. [7]Izégny
de ho an'ny fagnaporofoagna ny finoagnaré, zay sarobidy kokoà noho ny vôlamena zay simba, na de nosedraigna
tamin'ny afo aza. Miseho izégny mbô ho hita ny vôkatry ny finoagnanaré amin'ny fideragna, voninahitra, ké haja
amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy.[8]Tsy nahita Ananjy anaré, nefa tia Ananjy. Tsy mahita ananjy anaré avaizo,
kanefa mino Ananjy ké tegna faly amin'ny fifaliagna tsy hay koragnina, mahafinaritra. [9]Raisinaré avaizo ny
vokatry ny finoanaré, de ny famonjegna ny fagnahinaré. [10]Iré mpaminany de nikaroka sy nagnontany tsara ny
momba izégny famonjegna izégny, ny momba ny fahasoavagna zay ho anaré.[11]Zaré ré de nitady ny
hahafantaragna ny momban'ny hoe zôvy sy oviagna ny Fanahin'i Kristy akô aminjaré ré no nivôlagna taminanjy
iré. Izégny de nitranga karaha fijalian'i Kristy sy ny voninahitra magnaraka izégny. [12]Nambara taminjaré ré
izégny mbô tsy hanompo ny tegnany zaré ré, fô anaré, rehefa nivôlagna iré raha zay voalaza taminaré avaizo
zaré ré tamin'ny alalan'iré zay nitory ny filazantsara taminaré tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina nalefa avy agny


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

an-dagnitra-- raha zay tian'iré anjely ho fantatra.[13]Noho izégny homano ny sainaré. Mahonona tegna. Mametraha fitokiagna amin'ny fahasoavagna zay ho entigna aké aminaré amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy. [14]Amin'ny maha-zanaka mpankàto, aza mampifanaraka ny tegnanaré amin'iré fagniriagna zay narahinaré tamin'ny mbôla tsy nahalala anaré.[15]Fô karaha lay zay niantso anaré hoe masina, anaré, ihany koà, ôka ho masina amin'ny fitondran-tegnanaré manontolo. [16]Fô voasôratra hoe: ''Ôka ho masina, satrià masina Zaho.'' [17]Ké kôfa magnantso lay araiky zay mitsara tsisy fagnavakavahagna araka ny asan'ôlogno tsiraikaraiky avy hoe: ''Ray'' anaré, de handany ny fotoan'andronaré amin'ny fanehoagna fagnajagna.[18]Fantatraré fô tsy avy tamin'ny vôlafôtsy na vôlamena mety levogna no nanavotagna anaré tamin'ny fitondran-tegna adala zay nianaranaré tamin'iré razanaré. [19]Fô ndraiky, navotagna tamin'ny rà sarobidin'i Kristy anaré, zay karaha ny zanak'ondry tsisy kilema na tsigny.[20]Voafidy talôhan'ny nananganagna an'izô tontôlo izô Kristy, fô avaizo de tamin'iré fotoagna farany no nagnambaràgna Ananjy taminaré. [21]Amin'ny alalany no hinoanaré an'Andriamanitra, zay nanangagna ananjy tamin'ny naty sy tamin'iré namiany voninahitra mbô ho akô amin'Andriamanitra ny finoagna sy fahatokianaré.[22]Nagnadio ny fagnahinaré tamin'ny fankatoavagna ny fahamarinagna anaré. Izégny de ho an'ny fitiavagna ara-pirahalahiagna madio; noho izégny mifankatia fatratra amin'ny fô. [Fagnamarihagna: Iré dika-teny sanany de mivaky hoe: ''Nagnadio ny fagnahinaré tamin'ny fankatoavagna ny fagnahinaré tamin'ny alalan'ny Fanahy anaré''] [23]Nateraka indraiky anaré, tsy avy amin'ny voa mety naty, fô avy amin'ny voa tsy mety naty, amin'ny alalan'ny koragnan'Andriamanitra velogna sy mitoetra.[24]Fô ''ny nôfo jiaby de karaha ny ahitra, ké ny voninahiny jiaby de karaha ny voninkazon'ny ahitra. Maigna ny ahitra, ké malazo ny voninkazo, [25]fô ny koragnan'ny Tompo de mipetraka mandrakizay.'' Izégny ny vôvô mahafaly zay nambara taminaré.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1]Noho izégny ario ny ratsy jiaby, ny fahadisoam-panantenagna jiaby, ny fihatsaram-belatsihy, ny fagniriagna, ké
ny fanendrikendrehagna jiaby. [2]Karaha ny zaza vao teraka, magniry ronono ara-pagnahy madio, mbô
hahafahanaré mitômbo akô amin'ny famonjegna amin'ny alalan'izégny, [3]kôfa nahatsapa anaré fô tsara fagnahy
ny Tompo.[4]Magnantogna ananjy lay vato velogna zay narian'ny ôlogno, fô voafidin'Andrimanaitra ho manan-
danja Aminanjy. [5]Ananaré foagna koà de karaha iré vato velogno zay voarigna ho tragno ara-pagnahy, mbô ho
mpisorogna masina zay manolotra ny sarogna ara-pagnahy eken'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.[6]Ny
Sôratra Masina de ahitagna izô: ''Io, Zaho mipetraka amin'ny Ziona vato fehizoro, voafidy sy manan-danja. Zay
jiaby mino ananjy de tsy ho megnatra.''[7]Ny voninahitra noho izégny de ho anà zay mino. Kanefa, ''ny vato
narian'iré mpagnori-tragno, izégny de tônga lôhan'ny fehizoro''- [8]ké vato mahatafintohigna sy vatolampy
mahalavo. Tafintohigna zaré ré, tsy nagneky ny koragna, zay voatôkagna ho ananjy iré ihany koà.[9]Fô anà de
ôlom-boafidy, mpisôron'ny mpanjaka, firenegna masina, ôlogno ho an'ny fanagnan'Andriamanitra, mbô ho afaka
hagnambara ny hatsaran'iré asan'ilay zay niantso anà avy takô amin'ny haizigna hankao amin'ny hazavany
mahatalanjogna anà. [10]Talôha anà tsy ôlogno, kanefa avaizo anà de ôlon'Andriamanitra. Tsy nandray famindram-
pô anà, fô avaizo anà nandray famindram-pô.[11]Ry malala, magnantso anaré karaha ny vahiny sy mpirenireny
zaho mbô hifady ny filàn'ny nôfo, zay mahatônga ady manohitra ny fagnahinarè. [12]Tôkony managna fitondran-
tegna tsara anaré aké amin'iré Jentilisa, mbô ho, kôfa mikoragna momba anaré ho nagnano raha ratsy zaré ré, de
tôkony hahita iré asa tsaranaré sy hankalaza an'Andriamanitra amin'ny andro zay hahatongavany.[13]Ankatoavy ny
fahefan'ny ôlombelogno jiaby noho ny amin'ny Tompo. Ankantoavy karaha ny ambôny indrindra ny mpanjaka,
[14]sy iré governora ihany koa, zay nalefa mbô hagnasazy iré mpagnano ratsy sy hankalaza iré zay magnano ny
tsara. [15]Fô izégny no sitrapôn'Andriamanitra, amin'ny fanaovagna ny tsara anaré de mampangina ny koragna tsy
mahalala fomban'ny ôlogno adala. [16]Karahan'ny maha-ôlon'afaka, aza ampiasaigna ho karaha ny fanarognana
fahalimiagna ny fahafahanà, fô ôka ho karaha ny mpanompon'Andriamanitra. [17]Amiao voninahitra ny ôlo-jiaby.
Tiava ny firahalahiagna. Mahatahora an'Andriamanitra. Amiao voninahitra ny mpanjaka.[18]Ry mpanompo, meteza
hagneky ny tomponaré amin'ny fagnajagna jiaby. Aza magneky ho mpanompon'ny tsara sy ho tompo tsara
fagnahy, fô ho an'iré ratsy toetra ihany koà. [19]Satrià mendri-pideragna izégny raha misy miaritra fanaintaignana
rehefa mijaly amin'ny tsy rariny noho ny fanantenany an'Andriamanitra. [20]Fô ohatrinona ny vôla kôfa manota
anà ké miaritra mandritry ny fanasaziagna anà avy aké? Fô kôfa nagnano ny tsara anà ké miaritra mandritry ny
fanasaziagna anà, de medri-pideragna amin'Andriamanitra izégny.[21]Fô noho itô no niantsoagna anà, satrià Kristy
ihany koà de nijaly ho anà. Namela ohatra ho anà Izy mbô hagnarahagna iré lalany. [22]Tsy nanota Izy, na hoe nisy
fitaka takè am-bavany. [23]Kôfa novolagnana ratsy Izy, de tsy mbô namaly ratsy. Kôfa nijaly Izy, de tsy nandrahogna,
fô nanôlotra ny tegnany tamin'ilay araiky zay Mpitsara ampahamarinagna.[24]Izy tegnany de nitôndra iré
fahotantsika takô amin'ny tegnany ho aké ambôny hazo, mbô tsy hanagna anjara amin'ny fahotagna intsony
atsika, ké mbô hiaigna ho an'ny fahamarinagna. Tamin'ny alalan'ny ratrany no nahasitragna anaré. [25]Nirenireny
karaha ny ondry very anaré jiaby, fô avaizo anarè niverigna tamin'ny mpiandry ondry sy mpiambigna ny
fagnahinaré.

## Chapter 3

[1]Amin'izégny fômba izégny, Anaré viavy de tôkony hagneky ny vadinaré. Atôvy izégny na de misy lalahy maro
aza tsy magneky ny koragnany, ké mety ho azo zaré ré na tsisy aza ny koragna, amin'ny alalan'ny fitondran-
tegnan'ny vadinjaré ré. [2]Fô zarè ré de hahita ny fitondran-tegna mendrikaré am-pagnajagna.[3]Ôka izégny ho
tanteraka tsy miaraka amin'iré haingo ivelany: renitra randrana, firavaka vôlamena, na lamba lamaody. [4]Fô
ndraiky, ôka izégny ho tanteraka miaraka amin'izay akô am-pôn'ny ôlona, sy ny hatsaragna maharitran'ny fanahy
tsara sy mangina, zay sarobidy aké agnatrehan'Andriamanitra.[5]Fô iré viavy masina talôha no nandravaka ny
tegnanjaré iré karaha izégny. Nanagna fahatokisagna an'Andriamanitra zaré ré ké nagneky ny vadiny avy.
[6]Karaha izégny fômba izégny no nankatoavan'i Abrahama an'i Saraha sy niantsoany ananjy ho tompony. Anaré
de zanakany avaizo kôfa magnano zay tsara sy tsy matahotra ôlogno anarè.[7]Karaha izégny foagna, anaré lalahy
de tôkony maigna miaraka amin'ny vadinarè araky ny fahazavan-tsaigna, karaha ny fanaka malemy kokoà, ny
viavy. Tôkony amianaré vôninahitra zaré ré karaha ny mpiara-mandova ny fagnomezan'ny fiainagna. Ataovy
izègny mbô tsy ho voasakagna ny vavakaré.[8]Farany, anaré jiaby, ôka hiray saigna, hangoraka, hifankatia karaha
ny mpirahalahy, ho tso-pô, ké hanetri-tegna. [9]Aza mamaly ratsy ny ratsy na manevateva ny mpanevateva.
Mifanohitra amin'izay aza, mitahia hatragny, fô noho izégny no nagnantsoagna anaré, mbô hahafahanaré
mandova ny fitahiagna.[10]''Lay araiky zay te hankafy ny fiainagna sy te hahita andro tsara de tôkony
hagnatsahatra ny lelany amin'ny ratsy sy ny molotra amin'ny fivolagnagna fitaka. [11]Ôka izy hiala amin'ny atô hoe
ratsy ké hagnano zay tsara. Ôka izy hitady fiadanagna sy hitaka izégny. [12]Ny mason'ny Tompo mahita ny marigna,
ké ny tadigniny maharegny iré fangatahanjaré ré. Fô ny tavan'ny tompo de manohitra iré zay magnano
ratsy.''[13]Zôvy lay araiky hamely anaré kô magniry ny hagnano ny tsara anaré? [14]Nefa kô mijaly nohon'ny
fahamarinagna anaré, de sambatra. Aza matahotra zay hatahoranjaré ré. Aza mangorohoro.[15]Fô ndraiky,
atokagno karaha ny masina akô am-pônaré lay Tompo Kristy. Mivonogna hatragny hamaly ny ôlogna jiaby zay
magnontany anaré ny antony hatokianaré an'Andriamanitra. Atôvy amin'ny halemem-pagnahy sy fagnajagna
izégny. [16]Manàgna feon'ny fieritreretagna madio mbô ny ôlogno zay manevateva ny fiainagna tsaranaré akô
amin'i Kristy de mety megnatra satrià mivôlagna manohitra anaré zaré ré karaha ny hoe mpagnano ratsy anaré.
[17]Tsara kokoà, kôfa Andriamanitra no magniry, fô mijaly anaré amin'ny fagnanôvagna ny tsara nohon'ny
fagnanôvagna ny ratsy.[18]Efa nijaly nohon'ny fahotagna foagna koà i Kristy. Izy zay marigna de nijaly ho antsika,
zay tsy marigna, mbô hitondrany antsika aké amin'Andriamanitra. Novonoigna tamin'ny nôfo Izy, fô
novelomin'ny Fanahy. [19]Tamin'ny alalan'ny Fanahy, de nandeha izy ké nitory ho an'iré fagnahy zay agny am-ponja
avaizo. [20]Tsy nankatoa zaré ré kôfa niandry ny faharetan'Andriamanitra tamin'ny andron'i Noa, tamin'ny
andron'ny fananganagna sambofiara, ké Andriamanitra namonjy ôlogna vitsy _ fanahy valo _ tamin'ny rano.
[21]Izegny no famantaragna ny batisa zay mamonjy anaré avaizo_tsy karaha ny fagnadiovagna ny loto amin'ny
vatagna, fô karaha ny antson'ny feon'ny fieritreretagna ho amin'Andriamanitra_tamin'ny alalan'ny fitsanganan'i
Jesosy Kristy tamin'ny naty. [22]Kristy de aké an-tagnana ankavanan'Andriamanitra. Niakatra agny an-dagnitra izy.
Iré anjely, iré manam-pahefagna, ké ny hery de tsy maintsy magneky Ananjy.

## Chapter 4

[1]Noho izégny, satrià nijaly tamin'ny nofo i Kristy, de atôvy fiadian'ny tegnanaré izégny tanjogna izégny. Fô zay
jiaby nijaly tamin'ny nôfo de nitsahatra tamin'ny fahotagna. [2]Vokatr'izégny, ny ôlogna karaha, mandrindra ny
fotoagna sisa hiaignany, de tsy hiaigna ho an'ny fagnirian'ny ôlogna intsony, fô ho an'ny sitrapôn'Andriamanitra.
[3]Fô ampy zay ny fotoagna lasa nagnanaovagna zay tian'ny Jentilisa atô- hafalian'ny nôfo, fijejojejoagna,
fimamoagna, fitondran-tegna mahamegnatra, fidôlavan-dratsy, ké iré asan'ny fanompoan-tsampy maharikoriko.
[4]Heverin-jaré fô hafahafa satrià tsy mikambagna aminjaré ré akô amin'izégny fagnaranam-pô be izégny anaré,
noho izégny de hivôlagna ratsy momba anaré zaré ré. [5]Hamaly ny araiky zay vonogna hitsara ny velogna sy ny
maty zaré ré. [6]Noho izégny antony izégny no nitoriagna ny vôvô mahafaly tamin'iré naty ihany koà, mbô, na de
notsaraigna tamin'ny nôfo karaha ny ôlogna aza zarè ré, de hiaigna takô an'Andriamanitra akô amin'ny fagnahy.
[7]Magnakaiky ny faran'ny raha jiaby. Noho izégny tongava saigna, ké mahonogna tegna amin'ny eritreritraré ho
an'ny fitiavam-bavaka. [8]Ambônin'ny raha jiaby, manàgna fitiavagna feno ho an'ny tsiraikaraika avy, fô ny
fitiavagna mandrakotra fahotagna maro. [9]Mifampiantranoa tsy am-pitarainagna.[10]Fô ny tsiraikaraika aminaré de
nandray fagnomezam-pahasoavagna, ampiasao hifanompoagna izégny. Magnanôva izégny karahà ny mpitan-
draharahan'ny fagnomezam-pahahasoavagna maro maimaimpoagna an'Andriamanitra. [11]Kô misy mivôlagna,
ôka izy hagnano izégny karahà ny araika mivôlagna ny tenin'Andriamanitra. Kô misy manompo, ôka izégny ho
avy amin'ny hery zay vatsian'Andriamanitra. Magnanôva iré raha iré mbô hamiàm-bôninahitra amin'ny alalan'i
Jesosy Kristy amin'ny fômba jiaby Andriamanitra. Ôka ho an'i Jesosy Kristy ny voninahitra sy hery mandrakizay
dorià. Amena.[12]Ry malala, aza raisigna ho hafahafa ny fitsapagna amin'ny afo zay nitranga taminaré, karahà ny
hoe nisy raha hafahafa nitranga taminaré. [13]Fô ndraika, na de betsaka aza ny hiaignanaré iré fijaliàn'i Kristy,
mifalià, mbô ho afaka hifaly foagna koà anaré ké ho ravoravo amin'ny fagnambaragna ny voninahiny. [14]Kô
notevatevaigna noho ny agnaran'i Kristy anaré, de voàtahy, satrià ny fanahin'ny voninahitra sy ny
fanahin'Andriamanitra de midôko akô aminaré.[15]Fô ôka tsy hisy na zôvy na zôvy aminaré hijaly karahà ny
mpamono ôlogna, mpangalatra, mpagnano ratsy, na mpiraharaha ny an'ny hafa. [16]Fô kô misy mijaly fô Kristiana,
ôka izy tsy ho ménatra; fô ndraiky, ôka hagnamia voninahitra an'Andriamanitra amin'izégny agnarana izégny izy.
[17]Fô fotoagna izô hanombohagna ny fitsaragna miaraka amin'ny ankohonan'Andriamanitra. Kôfa manomboka
amintsika izégny, ino no ho vokatra ho an'iré zay tsy mankàto ny filazantsaran'Andriamanitra? [18]Ké kôfa "ny ôlo-
marigna aza hila tsy ho voàvonjy, amin'ny fomba akôry no hisehoan'ny ôlogna tsy an'Andriamanitra sy ny
mpanota?" [19]Noho izégny ôka iré zay mijaly noho ny sitrapon'Andriamanitra hagnankiagna ny fagnahinjaré iré
amin'ny Mpamorogna mahatoky amin'ny fanaovan-tsoa.

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

1 Magnanatra iré lôhôlogna aminaré zaho, zaho, zay lôhôlogna namagna. Zaho foagna koà de vavolombelon'iré
fijalian'i Kristy, ary indraiky koà mpikambagna akô amin'ny vôninahitra zay efa haseho. 2 Noho izégny,
magnanatra anaré zaho, ry lôhôlogna, andraso ny ondrin'Andriamanitra zay aké aminaré. Araho maso zaré
regny, tsy amin'ny fahateriteregna, fô amin'ny sitrapônaré, karaha ny sitrapôn'Andriamanitra. Araho maso zaré
regny, tsy amin'ny vôla maloto, fô an-tsitrapô. 3 Aza manjakazaka amin'ny ôlogna zay tandremanaré. Fô ndraiky,
ôka ho fitaratra ho an'ny ondry. 4 Ké kôfa miseho lay Lôhan'ny mpiandry ondry, de hahazo satro-boninahitra tsy
mety simba anaré. 5 Karaha izégny koà, anaré tanora fagnahy magneky ny ôlon-dehibe. Anaré jiaby, tafio
fagnetren-tegna ny tegnanaré ké mifanompoa. Fô Andriamanitra manohitra ny mpirehareha, fô magnamia
fahasoavagna ny mpagnetry tegna. 6 Noho izégny magnetre tegna aké ambanin'ny tagna-maherin'Andriamanitra
mbô hagnandratany anaré amin'izégny fotoagna izégny. 7 Ambilay aké aminanjy ny fagnahianaré jiaby, satrià Izy
no miahy anaré. 8 Mahonona tegna, miambena. Ny fahavalonaré, de ny devoly, miodidigna karaha ny liona
mierogna, mitady zay ôlogna ho arapany. 9 Manohera ananjy. Mioregna mafy amin'ny finoanaré. Fantatraré fô
izégny fahoriagna izégny de manjo ny firaisan'iré mpino magneragna an'izô tontôlo izô foagna koà. 10 Kôfa avy
nijaly nandritra ny fotoagna fohy anaré, ny Andriamanitry ny fahasoavagna jiaby, zay nagnantso anaré ho
amin'ny voninahiny mandrakizay akô amin'i Kristy, de hahatanteraka anaré, hanangagna anaré, ké hampahery
anaré. 11 Ho Ananjy anie ny fanjakagna mandrakizay mandrakizay. Amena 12 Raisiko karaha ny rahalahy mahatoky
i Silasy, ké nanôratra koragna foika ho anaré tamin'ny alalany zaho. Magnanatra anaré zaho ké magnambara
anaré fô zay nosoratako de fahasoavagna marin'Andriamanitra. Mijoroà amin'izégny. 13 Ny viavy zay agny
Babylona, zay voafidy niaraka taminaré, magnano velôma anaré. Ary koà i Marka, zanako lahy, magnano velôma
anaré. 14 Mifagnanaova velôma amin'ny fagnoroham-pitiavagna. Ho aminaré jiaby anie ny fiadanagna zay akô
amin'i Kristy.

# 2 Peter

Chapter 1

1 Simona Petera, mpanompo sy apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'iré zay nahazo ny finoagna sarobidy karaha zay
noraisinay, finoagna akô amin'ny fahamarignan'ny Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Mpamonjy. 2 Hampitômbo
anie ny fahasoàvagna sy fiadanagna nohon'ny fahalalagna an'Andriamanitra sy Jesosy Tompontsika. 3 Iré raha
jiaby mahakasika ny herin'Andriamanitra ho an'ny fiainagna sy toe-pagnahy de hagnamia antsika tamin'ny
alalan'ny fahalalagna an'Andriamanitra, zay niantso antsika tamin'ny alalan'ny vôninahiny ndraiky fahatsarany
manôkagna. 4 Tamin'ny alalan'iré, namiany koragna fikasagna tsara sady maventy indrindra atsika, mbô ho tônga
mpizara amin'ny fômban'Andriamanitra anaré, raha mitsoaka ny fahalotoagna zay aketo an-tany noho iré filàn-
dratsy. 5 Noho izégny, magnanaova ny tsara indrindra mbô hagnampiagna fahatsaragna amin'ny alalan'ny
finoanarè, ké amin'ny alalan'ny fahatsaranaré, ny fahalalagna. 6 Amin'ny alalan'ny fahalalanaré, magnampia
fahononam-pô, kè amin'ny alalan'ny fahononam-pônaré, magnampia fiaretagna, ké amin'ny alalan'ny
fiaretanaré, magnampia toe-pagnahy. 7 Amin'ny alalan'ny toe-pagnahinaré, magnampia fitiavagna rahalahy, ké
amin'ny alalan'ny fitiavagna rahalahy, magnampia fitiavagna. 8 Kôfa akô aminaré iré ké mitômbo akô aminaré, de
tsy hamoa na tsy hamokatra amin'ny fahalalagna an'i Jesosy Kristy Tompontsika anaré. 9 Fô na zôvy na zôvy tsy
ampy iré raha iré de tsy mahita afa-tsy zay akaiky; jamba izy. Nadinoiny ny fagnadiovagna ananjy tamin'iré
fahotany talôha. 10 Noho izégny, ry rahalahy, ataovy ny jiaby mbô hahazoagna antoka ny fiantsoagna ndraiky
fifidianagna anarè. Kôfa magnano iré raha iré anaré, de tsy ho voafingagna. 11 Amin'izay de malalaka ho anaré ny
fidiragna akô amin'ny fanjakagna mandrakizay zay an'ny Tompontsika sy Jesosy Kristy mpamonjy. 12 Noho izégny
de vonogna foagna zaho hampatsiaro anaré iré raha iré, na de fantatraré aza iré, ké na de mantanjaka akô
amin'ny marigna aza anaré avaizo. 13 Zaho mieritreritra fô rariny aminahy ny mamôha anaré amin'ny
fampahatsiahivagna iré raha irè, kôfa mbôla aketo amin'itô tragno-lay itô zaho. 14 Satrià fantatro fô tsy ho ela de
ho esoriko ny tragno-laiko, karaha zay nasehon'i Jesosy Kristy Tompontsika anahy. 15 Ké ho ataoko zay farany
vitako mbô hahatsiarovanaré mandrakariva iré raha iré rehefa lasa zaho. 16 Fô zahay de tsy nagnaraka angano
tsara rafitra zay noforognina rehefa nikoragna taminaré ny momban'ny hery sy ny nisehoan'i Jesosy Kristy
Tompontsika. Fô ndraiky, zahay de vavôlombelogna nahita ny fiandriagnany. 17 Fô Izy de naharay laza amam-
bôninahitra avy tamin'Andriamanitra Ray rehefa nisy feo tônga také Aminanjy tamin'ilay vôninahitra maventy

indrindra hoe: ''Itô no Zanako malalako, zay sitrako indrindra.'' [18]Naharegny izégny feo avy agny an-dagnitra izégny zahay, rehefa niaraka taminanjy tegny an-tendrombôhitra masina.[19]Atsika de managna itô koragna faminaniagna zay efa natô mafy origna itô. Tôkony hitandrigna izégny tsara anaré. Izégny de karaha ny jiro mazava akô agnaty haizigna mandra-piavin'ny marigna sy ny kintan'ny marigna mipôsaka akô am-pônaré. [20]Fantaro alôha izô, fô tsisy faminaniagna avy amin'ny famoahan-kevitry ny ôlogno. [21]Fô tsisy faminaniagna avy tamin'ny sitrapôn'ny ôlogno. Fô ndraiky, notarihan'ny Fanahy Masina zaré regny mbô hivôlagna zay nokoragnin'Andriamanitra.



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 2

[1]Ny mpaminany sandoka de tônga také amin'ny ôlogno, ké ny mpampianatra sandoka foagna koà de ho avy aké
aminaré. Hitôndra mangingigna sain-diso mamotika zaré ré, ké handà ny Tompo zay nividy iré. Zaré ré de
mitondra fahapotehagna faingagna aminjaré ré. [2]Maro no hagnaraka ny fijejojejoanjaré ré, ké amin'ny
alalan'iregny no hivolagnan-dratsy ny lalan'ny fahamarinagna. [3]Amin'ny fieremagna no hagnararaotany anaré
miaraka amin'ny koragna mamitaka. Tsy ho ela ny fagnamelohagna ananjy iregny; tsy matory ny
fahapotehanjaré regny.[4]Fô Andriamanitra tsy namindra fô iré anjely izé nanota. Fô kosa natôlony ho amin'ny
vilagny tagny zaré ré mbô ho voatazogno amin'ny fonjan'ny fahamaizinagna mandra-pihavin'ny fitsaràgna.
(Fanamarihagna: Ny dikan-teny talôha sasany de mivaky karaha izô: ''Mbô ho fatôragna akô amin'ny lavaky ny
fahamaizinagna mandra-pihavin'ny fitsaràgna.'') [5]Ké ihany koà, tsy naméla izô tontolo izô talôha izy. Fô kosa,
namonjy an'i Noah, izé mpitôry ny fahamarinagna, miaraka amin'ny fito hafa, rehéfa nitôndra nyy safo-drano
tamin'ny ratsy Fagnahy také amin'izô tontolo izô izy. [6]Andriamanitra ihany koà de nagnano iré tanàgnan'i
Sodoma sy Gomora ho lavelogno ké nagnameloko ananjy iré ho amin'ny fahapotehagna, ho karaha ny ôhatra
amin'izé hitranga amin'ny ratsy fagnahy.[7]Fô i Lota marigna, zay nampahoriagna tamin'ny fitondran-tegnan'iré
ôlogno tsy ara-dalàgna tamin'ny fijejojejoagna, de novonjen'Andriamanitra. [8]Fô izégny lalahy marigna izégny, zay
niaigna niaraka taminjaré ré isan'andro, de fadiranôvagna tamin'ny fanahin'ny fahamarignany noho zay hitany
sy regny. [9]Fantatry ny Tompo ny fômba hamonjegna iré ôlogno tsara fagnahy amin'iré fitsapagna, sy ny fômba
hitazômagna iré ôlogno tsy marigna ho amin'ny famaizagna amin'ny andron'ny fitsaràgna.[10]Marigna kokoà izé ho
an'jaré izégny manôhy amin'ny faniriàgna ratsin'ny nôfo sy magnano tsinontsinogna ny fahefagna. Masaky sady
mitômpo tégna fatratra zaré ré. Zaré ré de tsy matahotro hivôlanga ratsy iré be vôninahitry. [11]Iré anjely de
managna hery sy fahefagna lehibe, fô zaré ré de tsy mitôndra fitsaragna maniratsira manohitra anajy iré amin'ny
Tômpo.[12]Fô iré biby tsy manan-tsaigna iré de natao ho sambôrina sy potehigna. Tsy fantatra-jaré ré zay
tsiratsirain-jaré ré. Ho potika zaré ré. [13]Handray ny valisoan'ny raha ratsy nataony zarè ré. Mieritreritra zaré ré fô
ny tsy fiafiàgna mandritry ny andro de fahafinaretagna. Zaré de be pentipentigna sy tsigny. Mahafinaritra ananjy
iré ny asa famitahan-jaré kôfa mihinagna miaraka aminaré. (Fagnamarihagna: Iré dikan-teny sasany de mivaky
karahà izô: ''Mahafinaritra ananjy iré ny asan-jaré ré kôfa mihinagna miaraka aminaré amin'ny hanim-
pifankatiavagna.'') [14]Adalam-biavy mijangajanga zaré ré; tsy afa-pô amin'ny fahotagna foàgna zaré ré. Mitarika
fagnahy tsy mety naty amin'ny fagnanôvan-dratsy zaré ré, ké managna fô voaofagna amin'ny fitsiriritagna zaré
ré. zanaky ny fanozonagna zaré régny![15]Niala tamin'ny lala-mahintsy zaré ré. Lasa nivily zaré ré, ké nagnaraka
ny lalan'i Balama zanak'i Beora, zay tià ny tambin'ny tsy fahamarinagna. (Fagnamarihagna: Iré dikan-teny sasany
de mivaky karahà izô: ''Balama, zanak'i Beora.'') [16]Fô nahazo teny mafy izy nohon'ny fandikan-dalàgnany
manôkagna. Nisy boriky moà nivôlagna tamin'ny feon'ôlombelogna nampijanogna ny adalanan'ilay mpaminany.
[17]Iré ôlogna iré de karaha ny lohatôgno tsisy ôragna. Karahà ny rahona indôsiny tafio-drivotra zaré ré. Natôkagna
ho ananjy iré ny haizigny matevigna. [18]Mivôlagna tsy am-piheveragna zaré ré. Mitaogno ny ôlogna amin'ny
alalan'ny filàn'ny nôfo njaré ré. Zaré ré mitaogno ny ôlogna zay mihezaka milefa iré zay miaigna amin'ny
fahadisoagna. [19]Zaré ré de mampanantegna fahafahagna ho ananjy iré, kanefa izy tegnany ary de andevon'ny
fahalotoagna. Fô ny ôlogno de andevon'izay jiaby maharesy ananjy.[20]Na zôvy na zôvy afaka amin'iré
fahalotoan'izô tontôlo izô amin'ny alalan'ny fahalalagna ny Tompo sy Jesosy Kristy Mpamonjy, ké avy aké
miverigna amin'iré fahalotoagna ndraiky, de hanjary ratsy noho lay toe-draha voalôhany lay toe-draha farany.
[21]Tsara kokoà ho ananjy iré ny tsy mahafantatra ny lalan'ny fahamarinagna nohon'ny mahafantatra izégny de
hivadika amin'ny didy masina natôlotra ananjy iré. [22]Marigna ho ananjy iré itô ôhabôlagna itô hoe: ''Ny kivà no
miverigna amin'ny loany. Ny kisoa efa nisasa miverigna mihoso-pôtaka.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 3

[1]Avaizo, ry malala, manôratra ho anaré itô taratasy faharoy itô zaho ho fampatsiahivagna entigna
hamporisihagna ny sainaré madio, [2]mbô hahatsiarovanà iré koragna novolagnin'ny mpaminany masina tagny
talôha sy ny didin'ny Tompo sy mpamonjy antsika zay namian'irè apostolinaré.[3]Fantaro alôha izô, fô ny
mpagniratsira de ho avy amin'ny andro farany. Zaré iré de hagneso ké handeha araka ny filànjaré ré manôkagna.
[4]Zaré ré de hivôlagna hoe: ''Eza ny fampanantenagna ny amin'ny fiveregnany? Fô hatrizay nodian'ny razambe
mandry, de tsy niôva ny raha jiaby, egny fô hatramin'ny fiantombohan'izô tontôlo izô aza.''[5]Zaré ré de minia
manadino fô ny lagnitra sy ny tany de nisy avy tamin'ny rano ary tamin'ny alalan'ny rano, fotoagna ela fotoagna
ela, [6]nohon'ny didin'Andriamanitra, kè tamin'ny alalan'iré raha iré, no nandravàgna ny tontôlo tamin'izégny
fotoagna izégny, tamin'ny tondra-drano. [7]Fô avaizo ny lagnitra sy ny tany de natôkagna ho an'ny afo amin'ny
alalan'io didy io foagna. Zaré ré de voatôkagna ho amin'ny andron'ny fitsaragna sy ny fandringanagna ny ôlogno
ratsy fagnahy.[8]Ôka tsy ho adinoinaré, ry malala, fô ny indraiky andro amin'ny Tompo de karaha ny arivo taogna,
kè ny arivo taogna karaha ny indraiky andro. [9]Ny Tompo de tsy ela amin'ny fanatanterahagna iré
fampanantenany, karahà zay volagnin'ny sanany ho fahelany. Fô ndraiky, Izy de maharitra aminaré. Tsy tiany
hisy ho very anaré, fô mbô ho tônga amin'ny fibebahagna ny jiaby.[10]Na izégny aza, ho avy karahà ny mpangalatra
ny andron'ny Tompo: Ny lagnitra de hanjavogna miaraka amin'ny feo mafy. Ny raha jiaby de ho main'ny afo, ké
ny tany sy iré asa akô aminanjy de hambara. (Fagnamarihagna: Iré dika-teny sanany de mivaky karaha izô: ''Ny
raha jiaby de ho main'ny afo, ké ny tany sy iré asa akô aminanjy de ho doragna avokoà.'')[11]Ké kô ho levogna
karaha izô raha jiaby izô, de tôkony ho ôlogno magnano ahoagna anaré? Tôkony hiaigna amin'ny fahamarinagna
sy ny fiainagna araka an'Andriamanitra anaré. [12]Tôkony hanantegna kè hanafaingagna ny fiavian'ny
andron'Andriamanitra anaré. Amin'izégny andro izégny, ny lagnitra de ho levon'ny afo, ké ny raha jiaby de
hiempo amin'ny hafanagna be. [13]Fô araka ny fampanantenagny, de miandry ny lagnitra vôvô sy tany vôvô atsika,
zay hipetrahan'ny fahamarinagna.[14]Noho izégny, ry malala, satrià manantegna izégny raha izégny anaré,
manaova ny tsara indrindra avy agny aminaré mbô tsy hisy pentigna sy tsy hanan-tsigny aké agnatrehany, am-
piadanagna. [15]Ké ndraiky koà, eritrereto ny faharétan'ny Tompontsika amin'ny famonjegna, karaha ny nisoratan'i
Paoly rahalahy malalantsika taminaré, araka ny fahendregna zay namiagna ananjy.[16] Paoly de mikoragna izégny
raha izégny akô amin'ny taratasiny jiaby, zay misy raha sarotro takarigna. Ôlogna tsisy fahalalagna ké tsy
miorigna no magnova iregny raha iregny, karaha ny hagnanaovany iré sôratra masina hafa foagna koà, ké
mahatônga fahaverezagna ho an'ny tegnany.[17]Noho izégny, ry malala, satrià fantatraré izégny raha izégny, de
tandremo ny tegnanaré mbô tsy ho voafandriky ny fitakin'ny ôlogna ratsy fagnahy ké ho very ny
fahamarinagnaré. [18]Fô mitomboà amin'ny fahasoavagna sy ny fahalalagna ny Tompontsika sy Jesosy Kristy
Mpamonjy antsika. Ho ananjy anie ny vôninahitra avaizo ké mandrakizay. Amena!

# 1 John

Chapter 1

[1]Zay hatramin'ny fiandohagna- zay efa regninay, zay efa hitanay tamin'iré masonay, zay efa nozahavanay, ké zay
efa nokasihan'ny tagnanay- izègny de momba ny Koragnan'ny fiaignagna. [2]Karaha izégny foagna koà, ny
fiaignagna de nampahafantarigna, ké efa hitanay izégny, ké mijôro vavôlombelogno amin'izégny zahay. Zahay de
magnambara aminaré ny fiaignagna mandrakizay, zay takô amin'ny Ray, ké zay efa nampahafantarigna anay.[3]Zay
efa hitanay sy regninay de ambaranay aminaré foagna koà, mbô hanagnanaré fifandraisagna aminay foagna koà.
Ny fifandraisagna misy aké aminay de amin'ny Ray sy amin'ny Zanany, Jesosy Kristy. [4]Karaha izégny foagna koà,
manôratra iré raha iré ho anaré zahay mbô ho tanteraka ny fifaliantsika. [Fagnamarihagna: Iré dika-vôlagna
talôha sanany de mivaky karanjô: ''Ké manôratra iré raha iré zahay mbô ho tanteraka ny fifalianaré.'']][5]Zao no
hafatra zay efa regninay avy taminanjy ké ambaranay aminaré: Andriamanitra de fahazavagna, ké akô Aminanjy
de tsisy haizigna mihitsy. [6]Kôfa mivôlagna atsika fô managna fifandraisagna aminanjy ké mandeha akô
agnatin'ny haizigna, de mandainga atsika ké tsy magnano ny marigna. [7]Kanefa kôfa mandeha akô amin'ny
hazavagna atsika karaha Ananjy akô amin'ny fahazavagna, de managna fifandraisagna amin'ny tsiraikaraiky avy
atsika, ké ny ràn'i Jesosy Zanany no magnadio antsika amin'ny fahotagna jiaby.[8]Kôfa mivôlagna atsika fô tsy
manam-pahotagna, de mamitaka ny tegnantsika atsika, ké ny fahamarignana de tsy akô amintsika. [9]Nefa raha
manaiky iré fahontantsika atsika, zay de mahatoky sy marigna amin'ny famelagna iré fahotantsika kè magnadio

 generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

antsika amin'ny tsy fahamarignana jiaby. [10]Kôfa mivôlagna atsika fô tsy mbôla nanota, de managna Ananjy ho mpandainga, ké tsi akô amintsika ny teniny.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

[1]Anaka, manôratra iré raha iré zaho mbô tsy hanotanaré. Kanefa kôfa misy manota, de managna mpisôlo vava
atsika miaraka amin'ny Ray, Jesosy Kristy, lay marigna. [2]Izy no fagnavôtagna an'iré fahotantsika, ké tsy ny antsika
foagna, fô ny an'izô tontôlo zô araiky manontolo foagna koà. [3]Amin'izégny no ahafahantsika fô mahafantatra
Ananjy atsika: kôfa mitandrigna iré didiny atsika.[4]Lay mikoragna hoe: ''Mahafantatra an'Andriamanitra zaho'', fô
tsy mitandrigna iré didiny, de mpandainga, ké ny marigna de tsy akô aminanjy. [5]Fô na zôvy na zôvy mitandrigna
ny koragnany, marigna tokoà, de akô amin'izégny ologno izégny no nagnatanterahagna ny
fitiavan'Andriamanitra. Amin'izégny no ahafantarantsika fô akô aminanjy atsika. [6]Lay araiky zay mivôlagna fô
mitoetra akô amin'Andriamanitra de tôkony andeha foagna koà zay karaha ny nandehanan'i Jesosy Kristy.[7]Ry
malala, tsy manôratra didy vôvô ho anaré zaho, fô didy talôha zay efa nanagnanaré hatramin'ny fiandohagna. Ny
didy talôha de ny vôlagna zay renaré. [8]Fô manôratra didy vôvô ho anaré zaho, zay marigna akô amin'i Kristy sy
akô aminaré, satrià ny haizigna de mandalo, fô ny fahazavagna marigna de efa mamiratra.[9]Lay araiky zay
mivôlagna fô akô amin'ny mazava izy ké mankahala ny rahalahiny de akô agnaty haizigna hatramin'izô. [10]Lay
araiky zay mitia ny rahalahiny de mitoetra akô amin'ny mazava ké tsy hisy fotoagna hagnafitohigna ananjy. [11]Fô
lay araiky zay mankahala ny rahalahiny akô amin'ny haizigna de mandeha akô amin'ny haizigna; izy de tsy
mahafantatra zay ombany, satrià ny haizigna de efa nahajamba ny masony.[12]Manôratra ho anaré zaho, ry zanaka
malala, satrià iré fahotanaré de vôvela nohon'ny agnarany. [13]Manôratra ho anaré zaho, ry ray, satrià fantatraré
lay araiky avy amin'ny fiandohagna. Manôratra ho anaré zaho, ry zatovo, satrià noresenaré lay ratsy. Efa
nanôratra ho anaré zaho, ry zaza madiniky, satrià anaré de mahafantatra ny Ray. [14]Efa nanôratra ho anaré zaho,
ry ray, satrià fantatraré lay avy amin'ny fiandohagna. Efa nanôratra ho anaré zaho, ry zatovo, satrià mafy anaré,
ké ny koragnan'Andriamanitra de mipetraka akô aminaré, ké anaré de efa nandresy lay ratsy.[15]Aza mitia na an'izô
tontôlo zô na iré raha aké aminanjy. Kôfa misy mitia an'izô tontôlo zô, de tsy akô aminanjy ny fitiavan'ny Ray. [16]Fô
ny raha jiaby akô amin'izô tontôlo zô-de ny filan'ny nôfo, ny filan'ny maso, ké ny fieboeboan'ny fiainagna-zay tsy
avy amin'ny Ray fô avy amin'izô tontôlo zô. [17]Zô tontôlo zô ndraiky fagniriany de mandalo. Fô na zôvy na zôvy
managna ny sitrapôn'Andriamanitra de hitoetra mandrakizay.[18]Rankizy, itô no lera farany. Karaha ny efa renaré
fô ho avy ny antiKristy, avaizo maro iré antiKristy zay efa tônga. Amin'izégny no ahafantarantsika fô itô no lera
farany. [19]Niala tamintsika zaré ré, kanefa tsy avy amintsika. Fô kôfa tamintsika zaré ré de nipitraka niaraka
tamintsika. Fô rehefa niala zaré ré, de nampiseho fô tsy tamintsika.[20]Fô managna fagnosoragna avy amin'ilay
Araiky Masina anaré, ké fantatraré jiaby ny marigna. [Fagnamarihagna: misy dikavôlagna hafa sanany vôvô zay
mivaky hoe: ''Managna ny fahalalagna jiaby anaré.'' Ny dikavôlagna sanany talôha de mivaky hoe: ''Ké fantatraré
ny raha jiaby.''] [21]Tsy nanorata ho anaré zaho satrià anaré de tsy mahalala ny marigna, fô satrià fantatraré izégny
ké tsisy lainga avy amin'ny marigna.[22]Zôvy no mpandaiga fô tsy lay araiky zay mandà fô i Jesosy no Kristy? Zay
ôlogno zay de lay antiKristy, rehefa mandà ny Ray sy ny Zanaka izy. [23]Tsisy ôlogno zay mandà ny Zanaka ké
hanagna ny Ray. Na zôvy na zôvo magneky ny Zanaka foagna koà de managna ny Ray.[24]Fô ho anaré, ôka zay
regninaré hatramin'ny fiandohagna hipetraka akô aminaré. Kôfa zay regninaré hatramin'ny fiandohagna no
mipetraka akô aminaré, de hipetraka akô amin'ny Zanaka sy akô amin'ny Ray foagna koà anaré. [25]Izégny no
fampanantinagna namiagna antsika: de ny fiainagna mandrakizay. [26]Efa nanôratra izégny raha izégny ho anaré
zaho momban'iré zay hitôndra anaré amin'ny lalan-diso.[27]Fô ho anaré, lay hosotra zay noraisinaré avy taminanjy
de hipetraka akô aminaré, ké anaré de tsy mila ôlogno mampianatra anaré. Fô karaha zay nampianarin'ny
fagnosoragna anaré ny raha jiaby de marigna ké tsy lainga, ké karaha zay efa nampianarin'izégny anarè, de
mipetraka akô Aminanjy. [28]Avaizo, ry zanaka malala, mipetraka akô aminanjy, mbô rehefa miseho Izy, de
hanagna fahasahiagna atsika ké tsy ho megnatra aké agnatrehany amin'ny fiaviany. [29]Kôfa fantatraré fô izy no
marigna, fantatraré fô zay jiaby magnano ny mety de teraka taminanjy.

## Chapter 3

[1]Io karaha ny ino ny fitiavagna namien'ny Ray antsika, mbô hiantsoagna antsika hoe zanak'Andriamanitra, ké
izégny atsika. Noho izégny antony izégny, zô tontôlo zô de tsy mahafantatra antsika, satrià tsy mahafantatra
ananjy izégny. [Fagnamarihagna: Ny dika-vôlagna taloha de tsy misy hoe: ''Ké izégny atsika .''] [2]Ry malala,
zanak'Andriamanitra atsika avaizo, ké izégny de mbôla tsy nambara hoe ho karaha ny ino atsika. Atsika de
mahafantatra fô rehefa miseho i Kristy, de ho karaha Ananjy atsika, satrià hahita Ananjy karaha Ananjy atsika.
[3]Ny jiaby zay managna izégny fahatokisagna momba ny ho avy mifôtotra aminanjy izégny de madio ny tegnany
mbô hadio karaha Ananjy.[4]Zay jiaby manota de magnano zay tsy ara-dalàgna; fô ny fahotagna de tsy ara-dalàgna.
[5]Anaré de mahafantatra fô i Kristy de nambara mbô hagnala iré fahotagna, ké akô aminanjy de tsisy fahotagna.
[6]Tsisy ôlogno zay mitoetra akô aminanjy ké mbôla hanota hatragny. Tsisy ôlogno mbôla manota nahita ananjy na
nahafantatra ananjy.[7]Ry zanaka malala, aza avela hisy ôlogno hamitaka anaré. Lay araiky zay magnano ny
fahamarignana de marigna, karaha ny mahamarigna an'i Kristy. [8]Lay araiky zay manota de avy amin'ny devoly,
fô ny devoly de nanota hatragny am-piandohagna. noho izégny antony izégny ny Zanak'Andriamanitra de
naseho, mbô hahafahany mamotika iré asan'ny devoly.[9]Na zôvy na zôvy naterak'Andriamanitra de tsy hanohy ny
fahotagna satrià ny voa avy tamin'Andriamanitra de mitoetra akô aminanjy. Tsy afaka manohy ny fahotagna izy
satrià naterak'Andriamanitra. [10]Akô amin'izégny no hampisehoagna iré zanak'Andriamanitra sy iré zanaky ny
devoly. Na zôvy na zôvy magnano ny marigna de tsy avy amin'Andriamanitra; na ny araiky zay tsy tia ny
rahalahiny fiagna koà aza.[11]Fô izégny no hafatra zay efa renaré hatragny am-piandohagna: fô atsika de tôkony
mifankatia, [12]fô tsy karaha an'i Kaina, zay avy amin'ilay ratsy sy namono ny rahalahiny. Fô nahoagna izy no
namono ananjy? Satrià iré asany de ratsy, ké ny an'ny rahalahiny de marigna.[13]Aza gaga, ry rahalahiko, kôfa
mankahala anaré ny tany. [14]Fantatsika fô efa niala tamin'ny fahafatesagna mankagny amin'ny fiainagna atsika,
satrià tia an'iré rahalahy atsika. Zay tsy tia de mitoetra agny amin'ny fahafatesagna. [15]Zay mankahala ny
rahalahiny de mpamono ôlogno. Fantatraré fô tsisy mpanompo ôlogno managna fiainagna mandrakizay mitoetra
akô aminanjy.[16]Amin'izégny no hahafantarantsika ny fitiavagna, satria Kristy nanôlotra ny aignany ho antsika.
Atsika foagna kôa de tôkony manôlotra ny aintsika ho an'iré rahalahy. [17]Fô na zôvy na zôvy managna ny haren'izô
tontôlo izô, ké mahita ny fahasahiragnan'ny rahalahiny, kè magnakatogna ny fôn'ny fangorahany ananjy, amin'ny
fômba karakôry no ipitrahan'ny fitiavan'Andriamanitra akô aminanjy? [18]Ry zanako malalako, ôka atsika tsy hitia
amin'ny koragnany na koà amin'ny vava, fô amin'ny asa sy fahamarinagna.[19]Avy amin'izégny no
hahafantarantsika fô avy amin'ny fahamarinagna atsika, ké mampatoky ny fôntsika aké agnatrehany atsika. [20]Fô
kôfa magnameloka antsika ny fôntsika, Andriamanitra de maventy noho ny fôntsika, ké mahafantatra ny raha-
jiaby Izy. [21]Ry malala, kôfa tsy magnameloka antsika ny fôntsika, de managna fahatokisagna amin'Andriamanitra
atsika. [22]Na ino na ino angatahitsika de ho azontsika avy aminanjy, satrià atsika mitandrigna iré didiny sy
magnano zay ankasitrahagna aké agnatrehany.[23]Izô no didiny: tôkony mino ny agnaran'ny Zanany Jesosy Kristy
ké mifankatia atsika, karaha ny efa nagnomezany antsika izégny didy izégny. [24]Ny araiky zay mitazogna iré
didin'Andriamanitra de mitoetra akô aminanjy, ké Andriamanitra mitoetra akô aminanjy. Amin'izégny no
hahafantarantsika fô izy de mitoetra akô amintsika, amin'ny Fanahy zay nagnamiany antsika.

Chapter 4

[1]Ry malala, aza mino ny fanahy jiaby. Fô ndraiky, mitsapa iré fanahy mbô hahita fô avy amin'Andriamanitra zaré
ré, satrià mpaminany sandoka maro no efa niala tamin'izô tontôlo izô. [2]Amin'izégny no ahafantaranaré ny
Fagnahin'Andriamanitra-ny fanahy jiaby zay manaiky fô i Jesosy Kristy zay tônga nôfo de avy
amin'Andriamanitra, [3]ké ny fanahy jiaby zay tsy magnaiky fô Jesosy de tsy avy amin'Andriamanitra. De izégny ny
fanahin'ny antiKristy, zay efa regninarè fô ho avy, ké avaizo de efa aketo an-tany. [Fagnamarihagna: misy dika-
vôlagna talôha sanany de mivaky hoe: ''Ké ny fanahy jiaby zay tsy magnaiky fô i Jesosy tônga nôfo de tsy avy
amin'Andriamanitra. Izégny de fanahin'ny antiKristy, zay efa regninarè fô ho avy, ké avaizo de efa aketo an-
tany.][4]Anaré de avy amin'Andriamanitra, ry zanaka malala, ké efa nandresy ananjy iré, satrià lay araiky zay akô
aminaré de maventy mihoatra noho lay araiky zay taketo amin'izô tontôlo izô. [5]Zaré ré de avy amin'izô tontôlo
izô; noho izégny zay jiaby koragninjaré ré de avy amin'izô tontôlo izô, ké izô tontôlo izô de mitandregny anjaré
ré. [6]Avy amin'Andriamanitra atsika. Zay mahafantatra ny Tompo de maharegny antsika. Izy zay tsy avy
amin'Andriamanitra de tsy maharegny antsiky. Amin'izégny no ahafantarantsika ny fanahin'ny fahamarinagna
ndraiky fanahin'ny fahadisoagna.[7]Ry malala, ôka atsika hifankatia, fô ny fitiavagna de avy amin'Andriamanitra,
ké zay jiaby mitia de naterak'Andriamanitra sy mahafantatra an'Andriamanitra. [8]Ny ôlogno zay tsy mitia de tsy
mahafantatra an'Andriamanitra, satrià Andriamanitra de fitiavagna.[9]Noho izégny ny fitiavan'Andriamanitra de
nambara tamintsika, fô Andriamanitra de nandefa ny Zanany lahitôkagna ho an'izô tontôlo izô mbô ho velogno
noho Izy atsika. [10]Ôka amin'izégny fitiavagna izégny, tsy ny nitiavantsika an'Andriamanitra, fô ny nitiavany
antsika, ké ny nandifasany ny Zanany lahy ho fagnavôtagna iré fahotantsika.[11]Ry malala, kôfa tia loatra antsika
Andriamanitra, de tôkony hifankatia foagna koà atsika. [12]Tsy mbôla nisy nahita an'Andriamanitra. Fô kôfa
mifankatia atsika, de mipetraka akô amintsika Andriamanitra ké ny fitiavany de tanteraka akô amintsika.
[13]Amin'izégny no ahafantarantsika fô mipetraka akô aminanjy ké izy akô amintsika, satrià izy de nagnamia
antsika ny sanany amin'ny Fagnahiny. [14]Ké foagna koà, efa nahita atsika sy efa mijôro vavôlombelogno fô ny Ray
de efa nandefa ny Zanany lalahy ho Mpamonjy an'izô tontôlo izô.[15]Na zôvy na zôvy magneky fô Jesosy de Zanaka
lahin'Andriamanitra, de mitoetra akô aminanjy Andriamanitra ké izy akô amin'Andriamanitra. [16]Atsika foagna
koà de nahafantatra ké nino ny fitiavagna zay efa nanagnan'Andriamanitra ho antsika. Andriamanitra de
fitiavagna, ké lay araiky zay mipetraka amin'izégny fitiavagna izégny de mipetraka akô amin'Andriamanitra, kè
Andriamanitra de mipetraka akô aminanjy.[17]Noho izégny, izégny fitiavagna izégny de notanterahigna tamintsika,
mbô hanagnantsika fahatokisagna amin'ny andron'ny fitsaragna, satrià karaha Ananjy, de karaha izégny foagna
koà atsika také amin'itô tany itô. [18]Tsisy tahotra akô amin'ny fitiavagna. Fô ndraiky, ny fitiavagna tanteraka de
magnala ny tahotra, satrià ny tahotra de tsy maintsy miaraka amin'ny sazy. Fô lay araiky zay matahotra de tsy
natô ho tanteraka akô amin'ny fitiavagna.[19]Mitia atsika satrià Andriamanitra nitia antsika voàlôhany. [20]Kôfa misy
ôlogno mivôlagna hoe: ''Tiako Andriamanitra'' nefa mankahala ny rahalahiny, de mpandainga izy. Fô lay araiky
zay tsy mitia ny rahalahiny, zay hitany, de tsy afaka ny hitia an'Andriamanitra, zay tsy hitany. [21]Ké, izégny foagna
koa no didy koà zay anagnantsika avy aminanjy: Na zôvy na zôvy mitia an'Andriamanitra de tsy maintsy mitia ny
rahalahiny foagna koà.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Na zôvy na zôvy mino fô i Jesosy no Kristy de naterak'Andriamanitra, ké na zôvy na zôvy tia ny Ray foagna koà
de tia ny zanaka nateraka. [2]Noho izégny no ahafantarantsika fô tiantsika iré zanak'Andriamanitra: Kôfa tia
an'Andriamanitra sy manatanteraka iré didiny atsika. [3]Satrià izégny no fitiavagna ho an'Andriamanitra: de ny
fagnatanterahantsika iré didiny. Ké iré didiny de tsy mavesatra.[4]Fô ny ôlogno jiaby zay naterak'Andriamanitra de
mandresy an'izô tontôlo izô. Ké izégny de fandresegna zay efa nandresy an'izô tontôlo izô: ny finoantsika. [5]Zôvy
lay araiky zay mandresy an'izô tontôlo izô? Lay araiky zay mino fô i Jesosy de Zanak'Andriamanitra.[6]Izégny de lay
Araiky zay tônga tamin'ny rano sy rà: Jesosy Kristy. Izy de tônga tsy tamin'ny rano foagna, fô tamin'ny rano sy rà.
[7]Fô misy telo zay mijôro vavôlombelogno: [8]ny Fanahy, ny rano, kè ny rà. Iré telo iré de mifangnaraka.
[Fagnamarihagna: Ny dika-volagna talôha sanany de mivaky karaha zô: ''Fô misy telo zay mijôro vavôlombelogno
agny an-dagnitra: ny Ray, ndraiky Koragna, ké ny Fanahy Masina; ké iré telo iré de araiky. Ké misy telo zay mijôro
vavôlombelogno aketo ambonin'ny tany: ny Fanahy, ny rano, ké ny rà; ké iré telo iré de karaha ny araiky.'' Na
izégny aza, iré dika-vôlagna tsara indrindra de tsy mivaky karaha izégny.][9]Kôfa mandray ny fijoroagna
vavôlombelon'ny ôlogno atsika, de ho maventy kokoà ny fijoroàgna vavôlombelon'Andriamanitra. Fô ny fijoroanà
vavôlombelon'Andriamanitra de izô: izy de mijôro vavôlombelogna mahakasika ny Zanany. [10]Na zôvy na zôvy
mino ny Zanak'Andriamanitra de managna fijoroàgna vavôlombelogna aké aminjaré tegnany. Zay tsy mino
an'Andriamanitra de magnano Ananjy ho mpandainga, satrià izy de tsy nino ny fijoroàgna vavôlombelogna zay
efa namian'Andriamanitra mahakasika ny Zanany.[11]Ké ny fijoroàgna vavôlombelogna de izô: Andriamanitra de
nagnamia antsika fiainagna mandrakizay, ké izégny fiainagna izégny de akô amin'ny Zanany. [12]Lay araiky zay
managna ny Zanaka de managna ny fiainagna. Ny ôlogno zay tsy managna ny Zanak'Andriamanitra de tsy
managna fiainagna.[13]Efa nanôratra iréo raha iréo ho anaré zaho mbô hahafantaragna fô managna ny fiainagna
mandrakizay anarè- ho anaré zay mino ny agnaran'ny Zanak'Andriamanitra. [14]Karaha izégny foagna koà, izô no
fifagnekiagna zay anagnantsika aké agnatrehany, fô na ino na ino angatahantsika araka ny sitrapôny, de
maharegny antsika Izy. [15]Karaha izégny foagna koà, kôfa fantantsika fô maharegny antsika Izy- na ino na ino
angatahantsika Aminanjy- de fantantsika fô azontsika zay jiaby nangatahantsika taminanjy.[16]Kôfa misy ôlogno
araiky mahita ny rahalahiny magnano fahotagna zay tsy miteraka fahafatesagna, tsy maintsy mivavaka izy, ké
Andriamanitra de hagnamia fiainagna ho ananjy. Zaho de mampitaha iré zay managna fahotagna tsy miteraka
fahafatesagna. Misy fahotagna zay miteraka fahafatesagna; tsy mivôlagna zaho hoe tôkony hivavaka amin'izègny
izy. [17]Ny tsy fahamarinagna jiaby de fahotagna, nefa misy fahotagna tsy miteraka fahafatesagna.[18]Fantatsika fô na
zôvy na zôvy naterak'Andriamanitra de tsy manota. Nefa lay araiky zay naterak'Andriamanitra de miaro ny
tegnany, ké ny ratsy de tsy afaka ny ahakasika ananjy. [19]Fantantsika fô avy amin'Andriamanitra isika, ké zao
tontolo izô de mitoetra akô amin'ny ratsy.[20]Kanefa fantantsika fô ny Zanak'Andriamanitra de efa tônga ké efa
nagnamia antsika fahazavan-tsaigna mbô ahafantarantsika lay araiky zay tegna marigna. Karaha izégny foagna
koà, atsika de akô amin'ilay araiky zay marigna, akô amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marigna
ké fiainagna mandrakizay. [21]Anaka, arovy amin'iré sampy ny tegnanaré.

# 2 John

Chapter 1

[1]Avy amin'ny lôholona ka hahatrany amin'ny viavy voafidy sy iré zanakany, izay tiáko amin'ny fahamarinagna -
ary tsy zaho foagna, fô iré jiaby izay nahafantatra ny marigna foagna koà - [2]nohon'ny fahamarinagna izay
mitoetra akô anatintsika ké hiaraka amitsika mandrakizay. [3]Ho amitsika ane ny fahasoavagna, ny famindram-pô,
ndraiky fiadanagna avy amin'Andriamanitra Ray sy avy amin'i Jesosy Kristy, Zanaky ny Ray, amin'ny
fahamarinagna sy fitiavagna.[4]Faly indrindra zaho satrià nahita ny sasany amin'iré zanakanahy mandeha amin'ny
fahamarinagna, karaha ny nandraisantsika izégny didy izégny avy tamin'ny Ray. [5]Ké mangataka aminà zaho,
raviavy - tsy karaha ny manôratra didy vaovao aminà zaho, fô izay nananantsika letrin'ny vôlôhagny - de ny
tôkony hifankatiavantsika samby antsika. [6]Izao no fitiavagna, de ny mbô handehanantsika karaha irè didy. Izao
no didy, karaha ny regninarè letrin'ny vôlôhagny, de tôkony handehananarè amin'izègny.[7]Fô be irè mpamitaka
efa lasana agny amin'izao tontôlo izao, ary zare ré de tsy magneky fô Jesosy Kristy de tônga tamin'ny nôfo. Izégny
no mpamitaka sy antikristy. [8]Zahavo ny tegnanaré, mbô tsy hahavery irè raha izay efa vitantsika jiaby, fô mbô


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

handraisanaré valim-pitia feno.9 Na zôvy na zôvy mandeha aké alôha ké tsy mitoetra akô amin'ny fampianaran'i
Kristy de tsy managna an'Andriamanitra. Ilay araika izay mitoetra akô amin'ny fampianaragna, izégny araka
izégny de managna ny Ray sy ny Zanaka. 10 Kô misy ôlogno tônga aké aminà ké tsy mitôndra izégny
fampianaragna izégny, de aza mandray ananjy ho akô an-tragnonà ary aza magnotsafa ananjy. 11 Fô izay
magnotsafa ananjy de miombona amin'ny ratsy atony.12 Managna raha maro ho soratagna aminarè zaho, kanèfa
zaho tsy magniry hanôratra izégny amin'ny taratasy sy ranomainty. Na izégny anefa, manantegna ny ho tônga
agny aminaré zaha ké hikoragna mivantana, mbô ho tanteraka ny fifaliànarè. 13 Magnano vilôma anà irè zanaky
ny rahavavinà voafidy.

# 3 John

## Chapter 1

1 Izaho lohologna mamangy an'i Galo malala, ilay tiáko amin'ny fahamarinagna. 2 Ry malala, mivavaka zaho mbô
hambinina amin'ny raha jiaby anaré ké ho salama, karaha ny hanambinagna ny fanahinà. 3 Fô tegna nifaly zaho
kôfa nisy rahalahy tônga ké nijoro vavolombelogno tamin'ny fahamarinanà, karaha ny andehananà amin'ny
marigny. 4 Tsy managna afaliagna bè karan-tô zaho, de ny naharegny fô mandeha amin'ny fahamarinagna irè
zanakanahy.5 Ry malala, magnano asa matoky anà na ino na ino asa atonà ho an'iré rahalahy sy irè vahigny, 6 izay
mijoro vavolombelogno ny fitiavanà také anatrehan'ny fiangonagna. tsara no nanonà kô alefanà kô anonà
mandehà amin'ny fômba mendrika an'Andriamanitra zarè ré, 7 satrià nohon'ny anarana no nialany, tsy nitôndra
na ino na ino avy tamin'iré Jentilisa. 8 Noho izégny atsika de tôkony handray ny karaha izégny, mbô ho mpiara-
miasa amin'ny fahamarinagna atsika.9 Nanôratra raha tamin'ny fiangonagna zaho, kanéfa Diotrefa, ilay te-ho
lôhany aminjaré ré, de tsy nandray anay. 10 Noho izégny kô tônga zaho, de ho tsaroàko irè asa izay natony, ny
fômba nivolanagny raha mandreraka manôhitra anay miaraka amin'ny korana ratsy. Tsy afa-pô tamin'iré asa, de
tsy nandray iré rahalahy izy. nanakana iré izay te-hagnano karaha izégny izy kè nanôra ananjy iré hiboaka ny
fiangonana.11 Ry malala, aza mangalatahaka izay ratsy fô izay tsara. Ilay raika izay magnano ny tsara de
an'Andriamanitra; ilay raika izay magnano ny ratsy de tsy nahita an'Andriamanitra. 12 Ny jiaby sy ny
fahamarinagna de vavolombelogna magnambara an'i Demetrio. Izahay foagna koà de mijoro vavolombelogna,
ary hainao fô marigna ny fagnambaranay.13 Nanana raha maro ho soratana aminaré zaho, fô tsy magniry
hanôratra irè aminaré amin'ny penina sy ranomainty zaho. 14 Kanefa zaho manantegna hahita anaré tsy ho éla, kè
hikoragna mivantana atsika. 15 Ho aminaré ané ny fiadanana. Magnano vilôma anà irè sakaiza atô. Vilôma agny
amin'iré sakaiza tsiraikaraika araka ny anarany avy.

# Revelation

## Chapter 1

1 Itô ny fagnambaragna an'i Jesosy Kristy izay namian'Andriamanitra ananjy hampisehoàna an'iré mpanômpony
ny raha tsy maintsy hitranga. Nampahafantarigny izégny tamin'ny alalan'ny fandefasagny ny anjeligny ho an'i
Jaona mpanômpony. 2 Jaona de nagnamarigna ny mômban'ny tenin'Andriamanitra sy iré fijoroagna
vavolombelogno mahakasiky an'i Jesosy Kristy, sy iré raha jiaby hitagny. 3 Sambatra izy izay mamaky amin'ny feo
ambôny, ary izay mitandregny ny tenin'izegny faminaniagna izégny, sy izay mitandrigna izay voasôratra akô
aminanjy, satrià efa marigny ny fotoagna.4 Jaona nakagny amin'iré fiagonagna fito tagny Asia: Ho aminaré ané
fahasoavagna sy ny fiadanagna avy amin'ilay avaizo, sy talôha, 5 ary avy amin'i Jesosy Kristy, izay
vavolombelogno marigna, lalahimatoa amin'ny naty, maventiben'ny mpanjakan'ny tany. Ho an'ilé makatià
antsika sy nangala antsika tamin'iré fahatantsika tamin'ny rany— 6 Izy de nagnano antsika ho fanjakana,
mpisôrogno ho an'Andriamanitrany sy babany— ho Ananjy anié ny voninahitra sy ny fahifagna mandrakizay
dorià. Amena.7 Indro, avy amin'ny rahogna Izy; ary ny maso jiaby hahita Ananjy, na de iré nanomboko Ananjy
aza. Ny firenena jiaby ambônin'ny tany hitomagny Ananjy. Ià, Amena. 8 Za no Alfa sy Omega,'' Aozy ny Tompo
Andriamanitra, ''ilay avaizo, sy talôha, ary ho avy, de lay Tsitoha.'' (Fanamarihagna: ny dikan-teny hafa talôha de
mivaky karan-jô: ''Za no Alfa sy Omega, ny fiandohagna sy fiafaragna,'' aozy ny Tompo Andriamanitra.9 Zaho,
Jaona___ralahinare sy ilay raika zay nirasa taminare tagnatin'ny fijaliagna sy fanjakagna ary ny faharaitagna akô
Jesôsy kristy___de taka amin'ny nôsy atô hoe Patmo noho ny tenin'Andriamanitra sy ny fijoroagna vavolombeloga


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

ny mikasika an'i Jesôsy. [10]Za de nindôsin'ny Fagnahy tamin'ny andron'ny Tompo. Naregny feo mahery karaha ny trompaitra tavafarako za. [11]Ngnano izegny hoe: ''Soraty akô amin'ny boky zay hitanà, koa alifaso agny amin'ire fiangonagna fito___ho an'ny Efesosy, Smyrna, Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, ary Laodikia.''[12]Nizaha ny manodidigna za nitady hoe feon-jôvy izegny nivôlagna taminahy, ary ra nitodika za de nahita fagnanôvan-jiro vôlamaina fito. [13]Ary teo antaigniantaignian'ny fagnanôvan-jiro nisy anankiray karaha ny Zanak'ôlo, nagnatô akanjo lava tonga hatragny amin'ny tongony, ary sentiry vôlamaina manodidigna ny tratrany.[14]Ny lôhany sy ny vôlony de fotsy karaha vôlon'ondry__fotsy karaha rano mandry, ary ny masony karaha lailanafo. [15]Ny tongony mangilatra karaha varahagna, karaha varahagna voadio teo amin'ny laforo, ary ny feony karaha rano be mikoriagna. [16]Ary nanagna kintagna fito tan-tagnany ankavanagna Izy, ary sabatra roa laila maragnitra nivoàka avy tam-bavany. Ny tarehiny de nazava karaha masoandro kôfa miraidaraida.[17]Kôfa nahita Ananjy za, de lavo teo amin'ny tongony karaha ôlo maty. Nanendry za tamin'ny tagnany ankavanagna Izy kay nagnano hoe: ''Aza matahotra. Za no voalôhany sy farany, [18]ary lay raika zay velogna. Aifa maty Za, fô indro, velogna mandrakizay! Ary Za managna ny fagnalahidin'ny fafataisagna sy ny Fiainagna tsy hita.[19]Noho izegny soraty zay hitanô, zay avaizo, sy zay hitranga avafaran'izô. [20]Karaha zava-miafigna mikasika ire kintagna fito zay hitanô teny an-tagnana ankavagnako, sy ire fagnanôvan-jiro vôlamaina fito: ''Ny kintagna fito de ire anjelin'ny fiangonagna fito, ary ny fanôvan-jiro fito de ire fiangonagna fito.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 2

1Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonagna aka Efesosy hoe: "Ireto ny teny avy amin'ilay raika zay mitazogna ire
kintagna fito amin'ny tagnana ankavagnany ary mandaiha eo amin'ire fagnanôvan-jiro vôlamaina fito, 2"Fantako
zay aifa vitanà sy ny asa mafinô ary ny fiaraitana maharitra. Fantako fô tsy afaka handefitra amin'ny ôlon-dratsy
anô. Fantako fô nitsapaina ire zay mivôlagna azy ire ho apostoly, naifa tsy izy, ary hitanô izy ire fô sandoka.
3Fantako fô managna faraitagna anô, ary nijaly mafy nohon'ny amin'ny agnarako, ary tsy nilavo lefogna anô.
4Naifa manôhitra anô za satrià namaila ny fitiavana voalôhany anô. 5Tsarovy noho izegny ny toeragna zay nalavo
anô. Mibebaha ary magnanôva ire raha zay natônô voalôhany. Fô ra tsy mibebaka anô, de avy agny aminô za ary
agnala ire fanôvan-jironô amin'ny fitoerany.6Kanaifa zao no atônô: ''Tsy tianô ny raha vitan'ny Nikolaita, zay
halako ihany koà. 7Oka zay manan-tadigny hitandregny zay lazain'ny Fagnahy ho an'ire fiangonagna. Ho an'ilay
raika zay maresy de hamiako alalagna hihinagna ny avy amin'ny kakazon'ny fiainagna, zay aka amin'ny
paradisan'Andriamanitra.''"'8Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny Smyrna hoe: ''Ireto ny tenin'ilay raika
zay voalôhany ary farany, lay raika zay aifa maty naifa velogna indray: 9''Fantako ire fahoriagnanô sy ny
fahantranô, naifa manan-kariagna anô. Fantako ny fivolagnan-dratsy ho an'ire zay mivôlagna ny taigniàny fô
Jiosy, naifa tsy izy. Synagogan'i Satana izy ire.10Aza matahotra ny amin'izay aifa hiaraitanô. Indro! Ny devoly de
hamarignia ny sasany aminare agny amin'ny tragnomaizignia mbô ho tsapaignia anare, ary hijaly mandritry ny
fôlo andro anare. Matokia mandra-pahafaty, kay hamiako anare ny satro-boninahitry ny fiainagna. 11Zay manan-
tadigny ôka izy hitandregny zay lazain'ny Fagnahy ho an'ire fiangonagna. Lay raika zay maresy de tsy ho
maratran'ny fafataisagna faharoa.''"'12Soraty ho an'ny anjelin'ny fiagonagna agny Pergamosy hoe: ''Ireto ny
tenin'ilay raika zay managna lefogna roa laila: 13''Fantako zay hipitrahana, de aka amin'ny hitoeran'ny sezy
fiandrianan'i Satana. Ary avaizo mitagna mafy ny agnarako anô. Fantako fô tsy nandà ny finoagnana ny amiko
anô, na de tamin'ire andron'i Antipasy vavolombeloko aza, zay natoky Za, zay nivonignia teo aminare, takô
amin'ny fonaignan'i Satana.14Fô manandra-volagnina hely amina Za: ''Misy sanagny aminare mitagna mafy ny
fampianaran'ny Balama, zay nampianatra an'i Balaka hamaitraka fagnafitohinagna eo agnatraihan'ny
zanak'Israely, mbô hinanan'izy ire hanignia natô sorogna ho an'ny sampy ary ho fijangajangagna. 15Karan-jagny
ihany, misy sanagny aminare zay mitagna mafy ny fampianaran'ire Nikolaita.16Mibebaha, noho izegny! Fô ra tsy
izegny, de ho tônga faingiana agny aminare Za, ary hifagnandrignia amin'izy ire za miaraka amin'ny lefon'ny
vavako. 17Oka zay manan-tadigny hitandregny zay lazain'ny Fagnahy ho an'ire fiangonagna. Ho an'ire zay maresy,
hamiako ny sanagny amin'ire mana miafignia, ary hamiako vato fotsy miaraka amin'ny agnaram-bôvô
voasôratra eo amin'ny vato, agnarana zay tsy fantatr'ôlo afa-tsy zay mandray ananjy ihany.''"'18Soraty ho an'ny
anjelin'ny fiangonagna akô Tyatira hoe: 'Ireto ny tenin'ny Zanak'Andriamanitra, zay managna maso kara lailafo
ary tongotra kara varahagna mangilatra: 19''Fantako zay vitanô: Ny fitiavana sy ny finoagnanô sy ny
fanompoagnanô ary ny faraitanô. Fantako fô zay vitana farany de baitsaka noho zay vitanô voalôhany.20Kanaifa
zao no hanohairako anô: Leferinô lay viavy Zezebela, zey magnantso ny taigniany ho mpaminany vavy. Amin'ny
alalan'ny fampianarany de mamitaka ire mpanompoko izy mbô hijangajanga sy hihinagna anignia atô sôrogna
ho an'ny sampy. 21Namia fotoagna mbô hibaibahany Za, kanaifa tsy mety hibaibaka ny amin'ny fijangajangany
izy.22Indro! Hatôko marary eo ampandriagna izy, ary ire zay mijangajanga miaraka aminy de hampijaliky mafy,
ra tsy mibaibaka amin'ny asa ratsin'ilay viavy izy ire. 23Hivoniky ho foaty ire zanany, ary ire fiangonagna jiaby
halala fô Za lay mahita fieritreretagna sy fihetseham-pô. Hamiako araka ny asanare tsiraikiraikia avy anare.24Fô
ny aminare zay sisa akô Tyatira, zay jiaby tsy mitagna izao fampianaragna izao, sy tsy mahay zay antsôvin'ny
sanagny hoe sain-dalin'ny Satana__zao no volagniky aminare hoe: ''Tsy vaisariky aintagna hafa anare.''25 Na
izegny aza, tsy maintsy mitazogna mafy ny finoagnanare anare mandra-piaviako.26Lay raika zay maresy sy zay
magnano zay aifa vitako hatramin'ny farany, de hamiako ananjy ny fahefagna amin'ny firenegna jiaby.
27'Hanapaka eo amin'izy ire miaraka amin'ny tehim-by izy, karaha fanorotoroagna vilagny tany no
hanapotaihagna azy ire.' 28Karaha nandraisako avy amin'ny Babako, no hagnomaizako ananjy kintagna
maraignia ihany koa. 29Oka lay raika zay manan-tadigny hitandregny zay lazain'ny Fagnahy ho an'ire
fiangonagna.''"'

# Chapter 3

1Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny Sardisy hoe: 'Zao no tenin'ilay mitàgna ire Fagnahy
fiton'Andriamanitra sy ire kintagna fito. ''Fantako zay natônô. Malaza ho velogna anô, naifa anô maty. 2Mifohaza
ary hatanjaho zay tavaila, fô aifa ho foaty, satrià tsy hitako tantairaka ire asanô eo imason'Andriamanitro.
3Tadidio, noho izegny, zay niraisinare sy regninare. Ike izany, ary mibaibaha. Fô ra tsy mifôha anare, de ho avy
kara mpangalatra Za, ary tsy ho fantatrare ny laira haviako aminare. 4Fô misy agnaran'ôlo vitsivitsy agny Sardisy
zay tsy nandoto ny ankanjon'izy ire. Handaiha hiaraka aminahy izy ire, magnatô akanjo fotsy, satrià mendrikia.
5Lay raika zay maresy de ho agnatôvagna akanjo fotsy, ary tsy hamafa ny agnarany akô amin'ny Bokin'ny
Fiainagna mihitsy Za, ary hilaza ny agnarany eo agnatraihan'ny Babako, sy eo agnatraihan'ire anjely. 6Oka zay
manan-tadigny hitandregny zay lazain'ny Fagnahy amin'ire fiangonagna.''''7Soraty ho an'ny anjelin'ny
fiangonagna any Filadelfia hoe: 'Zao no tenin'ilay raika zay masignia sy marignia _izy no mitazogna ny
fagnalahidin'i Davida, izy no manôkatra ary tsy misy na izôvy na izôvy magnidy, izy no magnidy ary tsy misy na
izôvy na izôvy afaka manôkatra. 8''Fantako zay vitanare. Indro, namaitrahako tamiagna misôkatra eo
agnatraihanare zay tsy afaka afodin-jôvy na zôvy. Fantako fô managna hery hely anare, kay nagneky ny teniky
ary tsy nandà ny agnarako.9Indro! Ire zay an'ny synagogan'ny Satana, ire zay mivôlagna fô Jiosy izy ire naifa tsy
izy; fô mandaingia kôza izy ire. Hatôko tônga kay hiondrika eo an-tongotranô izy ire, ary ho avy izy ire mbô
hahay fô nitià ana Za. 10Satrià aifa nitandrignia ny didiko tamin'ny faharaitagna anare, de hiaro anare amin'ny
andro fitsapagnia zay aifa ho avy amin'izao tontolo jiaby zao ihany koa Za, mbô hitsapa ire zay miaigna eo
ambônin'ny tany. 11Ho avy tsy ho aila Za. Tano mafy zay hanagnanô mbô tsy hisy hafaka hagnala ny satro-
boninahitrao.12Atôko andry eo amin'ny tempolin'ny Andriamanitro zay mandresy, ary tsy hiala eo mihitsy izy. Ho
soratako eo aminy ny agnaran'Andriamanitro, lay agnaran'ny tanàgnan'ny Andriamanitro (lay Jerosalema vôvô,
zay mirôrogna avy akagny an-dagnitra avy amin'Andriamanitro), sy ny agnarako vôvô. 13Oka zay manan-tadigny
hitandregny zay lazain'ny Fagnahy amin'ire fiangonagna.''''14Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonagna agny
Laodikia hoe: ''Zao no tenin'ny Amena, lay vavolombelogna matoky sy marignia, lay mpanapaka ny zava-
boaarin'Andriamanitra. 15''Fantako zay natônare, ary tsy mangatsiaka na mafana anare. Magniry za mbô ho
mangatsiaka na mafana anare! 16Noho izegny, satrià anare matimaty_sady tsy mafana no tsy mangatsiaka_de aifa
haloan'ny vavako anare.17Fô hoy anare hoe: 'Manan-kariagna za, nanagna fitaovagna maro, kay tsy mila na ino na
ino.' Saingy tsy fantatrare fô anare no taigna ory, mampahinakinaka, mahantra, jamba ary mibolaka.
18Hitandrignaiso ny torohevitro: Mividiana vôlamaina voadio tamin'ny afo aminahy mbô ho tônga mpanan-
kariagna anare, ary akanjo fotsy mangilatra mbô ho afaka mampitafy ny taignianare anare kay tsy hampiseho ny
haigniatry ny fibolahanare, ary hagnôsitra ny masonare mbô hisôkatra.19Ampiofaniko ny tsiraikaraika avy zay
tiako, ary hampianariko azy ire ny fomba tôkony hiaignan'izy ire. Noho izegny, mazotoa ary mibaibaha. 20Indro,
mitsangagna eto amin'ny varavaragna za ary mandondogna. Raha misy maregny ny feoko kay manôkatra ny
tamiagna, de ho avy akô an-dragnony Za kay hihinagna miaraka aminy, ary izy miaraka aminahy.21Lay raika zay
mandresy, hamiako azy ny zo hipaitraka miaraka aminà ake amin'ny sezy fiandriagnako, karaha nandreseko koa
ke nipaitraka niaraka tamin'ny Raiko take amin'ny sezy fiandrianagna. 22ôka zay manan-tadigny hitandregny zay
vôlagnin'ny Fagnahy amin'are fiangonagna.''''

Chapter 4

[1]Tavafaran'izegny raha zany de nizaha za, ary nahita tamiagna raika nisôkatra teny aminn'ny lagnitra. Ny feo
voalohany zay regniky de niraisaka taminahy karaha ny trompetra, nagnano hoe: ''Miakara ety, ary ho asehoko
anô zay tsy maintsy hitranga avafaran'ire raha ire.'' [2]Nisy fotoagna za voatariky ny Fagnahy, ary nahita fô nisy
sezy fiandrianagna nipaitraka teny amin'ny lagnitra, nisy ôlo nipaitraka tambônin'izegny. [3]Lay raika zay
nipaitraka tambôniny de miendrika tahaka ny jaspa sy karneola. Nisy avana nagnodidigna ny sezy
fiandrianagna. Lay avana de karaha emeraoda.[4]Nisy sezy fiandrianagna aifatra amby roapolo nagnodidignia lay
sezy fiandrianagna, ary lohologna aifatra amby roapolo no nipaitraka teo ambônin'ire sezy fiandrianagna,
nagnatô lamba fotsy, niaraka tamin'ny satro-boninahitra vôlamaina teny amin'ny lôhan'izy ire. [5]Avy tamin'ilay
sezy fiandrianagna no nisy tsela-pahazavagna, kotroka, ary kotro-baratra. Nisy jiro fito nirehitra teo
agnatraihan'ny sezy fiandrianagna, jiro zay fagnahy fiton'Andriamanitra[6]Teo alohan'ny sezy fiandrianagna de
nisy ranomasigna fitaratra, karaha kristaly. Ire raha-managn'aignia aifatra de teo ategnategnan'ny sezy
fiandrianagna sy nagnodidigna zany, feno maso, teo agnatraihany sy tao an-dakambôhiny.[7]Lay raha-
managn'aigna voalôhany de tahaka ny liona, lay raha-managn'aigna faharoa karaha ny zanaka ahomby, lay raha-
managn'aigna fahatelo de karaha ôlogna, ary lay raha-managn'aigna fahaifatra karaha ny voro-mahery
manidigna. [8]Ire raha-managn'aigna aifatra de samy managna elatra enigna avy, feno maso ny ambôny sy ny
ambany. Andro sy aligna izy ire de tsy mijanogna mivôlagna hoe: ''Masigna, masigna, masigna lay Tompo
Andriamanitra Tsitoha zay nisy, sy misy, ary mbôla ho avy.''[9]Na oviagna na oviagna ire raha-managn'aigna de
hagnamia voninahitra, laza, ary fisaoragna an'ilay raika zay mipetraka eo amin'ny sezy fiandrianagna, lay raika
zay velogna mandrakizay doria, [10]ire lôhôlogna aifatra amby roapolo de nampiankôhitra ny tegnan'izy ire eo
agnatraihan'ilay raika zay mipaitraka eo amin'ny sezy velogna mandrakizay doria izy ire, ary nanôraka ny satro-
boninahitr'izy ire take agnatrehan'ny sezy fiandrianagna, mivôlagna hoe: [11]''Mendrika anô, ry Tomponay sy
Andriamanitray, handray ny vôninahitra sy ny laza ary ny hery. Fô ana no namorogna ny raha jiaby, ary tamin'ny
alalan'ny sitrapôna, de nisy izy ire ary nohariagna.''



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 5

[1]Ary nahita ny tagnana ankavanagnan'ilay raika zay nipaitraka take amin'ny sezy fiandrianagna za, horonan-
taratasy voasôratra eo agnatrehany sy akô avafara. Ary nofihezignia tamin'ny tombo-kase fito zany. [2]Nahita
anjely mahery nagnambara tamin'ny feo mafy za, nivôlagna hoe: ''Zôvy no mendrika ny hanokatra ny horonan-
taratasy ary hamoha ny tombo-kasen'izany?''[3]Tsy misy ôlogno avy an-dagnitra na eto an-tany na ambanin'ny tany
ka afaka hanôkatra ny horonan-taratasy na hamaky zany. [4]Nitomagny mafy za- satria tsy nisy ôlogno hita
mendrika ny hanôkatra ny horonan-taratasy na hamaky zany. [5]Kanaifa raika tamin'ire lôhôlogno nivôlagna hoe:
''Aza mitomagny. Indro! Lay lion'ny fokon'i Joda, lay solofon'i Davida, de nandresy. Afaka ny hanôkatra ny
horonan-taratasy sy ire tombo-kase fito izy.[6]Nahita zanak'ondry mitsangana ake agnelagnelan'ny sezy
fiandrianagna sy ire raha-managn'aigna aifatra ary ake agnivon'ire lôhôlogno za. Karaha ny hoe ôlogno
novonoigna izy. Nanagna tandroka fito sy maso fito izy; izy ire no fagnahy fiton'Andriamanitra nalefa naneragna
ny tany. [7]Nandaiha izy ary nalaka lay horonan-taratasy teny amin'ny tagnana ankavanagnan'ilay raika zay
nipaitraka take amin'ny sezy fiandrianagna.[8]Kôfa nalain'ilay Zanak'ondry lay horonan-taratasy, ire raha-
managn'aigna aifatra sy ire lôhôlogna aifatra amby roapolo de nampiondrika ny tegnan'izy ire take agnatrehany.
Samy nanagna lokanga sy lasety vôlamena feno emboka magnitra avy ny tsiraikaraika tamin'izy ire, zay
vavak'ire mpino.[9]Nihira hira vôvô izy ire: ''Mendrika ny malaka an'ilay horonan-taratasy ana ary hanôkatra ny
tombo-kasen'izany. Fô ana de novonoigna, ary tamin'ny rànao no nividianagna an'ire ôlon'Andriamanitra avy
tamin'ny foko, fivôlagna, ôlogno, ary firenegna jiaby. [10]Natônô fanjakagna sy mpisorogna izy ire mbô hanompo
an'Andriamanitra, ary hanjaka eto an-tany.''[11]Avy ake za de nahita sy naregny feon'anjely maro nanodidignia ny
sezy fiandrianagna sy ire raha-managn'aigna ary ire lôhôlogno. Ny fitambaran'izy ire de aman'aligna aligna.
[12]Nivôlagna tamin'ny feo mafy izy ire hoe: ''Mendrika anie lay Zanak'ondry zay novonigna mbô handray
fahaifana, haregna, fahendregna, hery, laza, vôninahitra, ary dera.''[13]Naregny ire raha voaforogna jiaby zay tany
an-dagnitra sy teto an-tany ary an-dranomasigna za - ny raha jiaby takô anatin'ire-nivôlagna hoe: ''Ho an'ilay
raika zay mipaitraka ake amin'ny sezy fiandrianagna sy ho an'ilay Zanak'ondry, anie ny dera, laza, ny
vôninahitra, ary ny fahefagna handidy, mandrakizay doria.'' [14]Ire raha-managn'aigna aifatra, nivôlagna hoe:
''Amena!'' Ary ire lôhôlogno niondrika sy nivavaka. [Fagnamarihagna: Ny sanany amire dika-vôlagna talôha de
mivaky hoe: ''Ire lôhôlogna roa amby aifapolo de niondrika sy nanômpo an'ilay zay velogna mandrakizay doria.'']


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 6

[1]Kôfa nanôkatra ny raika tamin'ire tombo-kase fito ny Zanak'ondry de nizaha za, ary naregny ny raika tamin'ire
raha-managn'aigna aifatra tamin'ny feo karaha ny kotroka za nivôlagna hoe: ''Avia! [2]Nizaha za ary nisy soavaly
fotsy take. Ny mpitaingina zany de nitazogna tsipika, ary nomegna satro-boninahitra izy. Nivoaka toy ny
mpandresy izy mbô handresy.[3]Kôfa nanôkatra ny tombo-kase faharoa ny Zanak'ondry, de naregny ny raha-
managn'aigna faharoa za nivôlagna hoe: ''Avià!'' [4]De nisy soavaly hafa nivoaka-mirehitra mena. Ny mpitaingigna
izegny no namiagna alalagna hagnala ny fiadanagna amin'ny tany, mbô hifamono ny ôlony. Io mpitaingigna io de
namiagna lefogna maventy.[5]Kôfa nanôkatra ny tombo-kase fahatelo ny Zanak'ondry, de naregny ny raha-
managn'aigna fahatelo za nivôlagna hoe: ''Avià!'' Nahita soavaly mainty za, ary ny mpitaingigna zegny de natàgna
mizàna vôlagna an-tagnany. [6]Naregny karaha ny feo tamin'ny raha-managn'aigna aifatra za nivôlagna hoe: ''Ny
vary eran'ny fatram-bary ho an'ny denaria raika, ary ny hordea in-telon'ny fatram-bary ho an'ny denaria raika.
Fô aza manimba ny menaka sy ny divay.''[7]Kôfa nanôkatra ny tombo-kase fahaifatra ny Zanak'ondry, de naregny
feon'ny raha managn'aigna za nivôlagna hoe: "Avià! [8]De nahita sôvaly mahià za. Ny mpitikina izegny, de
nantsôvignia hoe Fafataisagna, ary ire Fasagna de nagnaraka ananjy. Namiagna fahefagna amin'ny ampahaifatry
ny tany izy ire, mbô hamono amin'ny lefona, silôgna sy aretignia, ary amin'ire bibidian'ny tany.[9]Kôfa nanôkatra
ny tombo-kase fahadimy ny Zanak'ondry, de hitako tambany alitara ire fagnahin'ire zay nivonignia noho ny
tenin'Andriamanitra sy ny fitsanganagna vavolombelona zay nitanàn'izy ire. [10]Niàka tamin'ny feo mafy izy ire:
"Mandra-pahoviagna, ry Mpanapaka ambônin'ny jiaby, masigna sy marigna, no ire zay miaigna aketo an-tany, sy
hamaliàna faty ny rànay? [11]De namiàgna akanjolava ny tsiraikiraikià avy tamin'izy ire, ary nivolagnina izy ire, fô
tôkony andigny helihely mandra-pazoagna ny isa fenon'ire mpiara-manompon'izy ire sy ire ralahy sy
anabavin'izy ire zay tôkony hovonignia izy ire kara namonoagna azy ire.[12]Kôfa nanôkatra ny tombo-kase
faenignia ny Zanak'ondry, de nizaha za ary nisy hôrohôron-tany maventy. Lasa mainty toy ny lamba fisônagna ny
masoandro, ary ny volana fenomanana de lasa karaha rà. [13]Ire kintagna teny amin'ny lagnitra de nianjaira tety
an-tany, karaha aviavy manintsana ny voany manta kôfa ahetsiky ny rivotra mahery. [14]Ny lagnitra de nanjavogna
karaha horonan-taratasy zay naorongorogna. Ny tendrombohitra sy ny nosy jiaby de nalagna take amin'ny
toerany.[15]Avake ire mpanjakan'ny tany sy ny ôlogna manan-danja, sy ire jeneraly, ny mpanan-kariagna, ny
mahery, ary ny hafa jiaby, andevo sy afaka, niafigna takô agnatin'ire lava-bato sy tamin'ire vatolampin'ny
tendrombohitra. [16]Nivôlagna tamin'ire tendrombohitra sy tamin'ire vatolampy izy ire hoe: ''Milavoà aminay!
Akajy amin'ny tarehin'ilay raika zay mipaitraka ake amin'ny sezy fiandrianagna sy amin'ny fahavigniran'ny
Zanak'ondry zaihay.[17] Fô tônga ny andro maventin'ny fahavigniran'izy ire. Zôvy no havita hiaritra?''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 7

[1]Tavafaran'izegny de nahita anjely aifatra nitsangagna take amin'ny zôro tany aifatra za, nanôhitra mafy ny
rivotra aifatra ny tany, mbô tsy hisy rivotra hitsoaka amin'ny tany, amin'ny ranomasigna, na hifagnohitra amin'ny
hazo jiaby.[2] Nahita anjely hafa za niakatra avy tagny antsignianagna, zay nanagna ny tombo-kasen'Andriamanitra
velogna. Nihiaka tamin'ny feo mafy tamin'ire anjely aifatra zay nahazo alalagna hanimba ny tany sy ny
ranomasigna zay hoe: [3]''Aza simbagna ny tany, ny ranomasigna, na ire hazo mandra-panisintsika ny tombo-kase
ake amin'ny handrin'ire mpanompon'Andriamanitra.''[4]Nahare ny isan'ire zay voatombo-kase za: 144,000, no
voatombo-kase avy tamin'ny fôkon'ny ôlon'israely jiaby: [5]Roa arivo sy raika aligna no voatombo-kase avy
tamin'ny fôkon'i Joda, roa arivo sy raika aligna avy tamin'ny fôkon'i Robena, roa arivo sy raika aligna avy
tamin'ny fôkon'i Gada,[6] roa arivo sy raika aligna avy tamin'ny fôkon'i Asera, roa arivo sy raika aligna avy
tamin'ny fôkon'i Naftaly, roa arivo sy raika aligna avy tamin'ny fôkon'i Manase.[7]Roa arivo sy raika aligna avy
tamin'ny fôkon'i Simeona, roa arivo sy raika aligna avy tamin'ny fôkon'i Levy, roa arivo sy raika aligna avy
tamin'ny fôkon'i Isakara,[8] roa arivo sy raika aligna avy tamin'ny fôkon'i Zebolona, roa arivo sy raika aligna avy
tamin'ny fôkon'i Josefa, ary roa arivo sy raika aligna avy tamin'ny fôkon'i Benjamina no voatombo-kase.
[9]Tafaran'ire raha ire de nizaha za, ary nisy ôlogna maro be zay tsy tambo isaigna--- avy tamin'ny firenegna, fôko,
ôlogna, ary fivôlagna jiaby---nitsangagna take agnatsehan'ny sezy fiandrianagna sy take agnatsehan'ny
Zanak'ondry. Nagnano akanjo lava fotsy sy mitagna sampan-drofia tagny amin'ny tagnan'izy ire, [10]ary nagnantso
mafy tamin'ny feo mahery izy ire nagnano hoe: ''Ny famonjegna de an'Andriamanitra zay mipaitraka ake
ambônin'ny sezy fiandrianagna, sy an'ny Zanak'ondry!''[11]Ny anjely jiaby nitsangagna magnodidigna ny sezy
fiandrianagna sy magnodidigna ire lôhôlogna sy ny raha-managn'aigna aifatra, ary izy ire de nampiondrika ny
tarehin'izy ire take agnatrehan'ny sezy fiandrianagna. Nivavaka tamin'Andriamanitra izy ire [12]nagnano hoe:
''Amena! Dera, Voninahitra, fahaindriagna, fisaoragna, fahefagna, ary ny hery anie ho an'Anandriamanitra
mandrakizay doria! Amena!''[13]Avake ny raika tamin'ire lôhôlogna nagnotany za hoe: ''Iza ire, mitafy akanjolava
fotsy, ary avy aiza izy ire?'' [14]Hoy za taminy: ''Tompoko, ana mahafantatra,'' ary hoy izy tamiko: ''Ire no hivoaka
avy amin'ny Fahoriagna Maventy. Nosasan'izy ire ny akanjolavany ary nofotsiagna tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry.
[15]Noho zany antony zany, de ake agnatraihan'ny sezy fiandriagnan'Andriamanitra izy ire, sy mivavaka amin'ny
andro aman'aligna akô amin'ny tempoliny. Ny raika zay nipaitraka take amin'ny sezy fiandrianagna de
hamailatra ny lainy amin'izy ire. [16]Tsy tihinagna koà izy ire, na hangaitahaita indray. Tsy hamely azy ny
masoandro, na ny hafanagna mandoro.[17] Fô ny Zanak'ondry ake agnivon'ny sezy fiandrianagna no ho mpiandry
azy sy hitari-dalagna azy ire agny amin'ny lôharanon'ny rano velogna, ary hifafan'Andriamanitra ny ranomaso
jiaby amin'ny mason'izy ire.''

## Chapter 8

1Kôfa novahan'ilay Zanak'ondry ny tombo-kase fafito, de nisy fahanginagna tagny an-dagnitra take amin'ny
antsasaka ora take. 2Avake de hitako ire anjely fito zay nitsangagna take agnatraihan'Andriamanitra, ary
nagnamia trompetra fito izy ire.3Nisy anjely hafa tônga, nitazogna lasety vôlamaina fandoroagna ditin-kazo
magnitra, nitsangagna take ambônin'ny alitara. Ditin-kazo magnitra maro no namiagna azy mbô hagnomaizany
zany mbamin'ny vavaky ny mpino jiaby ake ambônin'ny alitara vôlamaina fandoroagna ditin-kazo magnitra ake
agnatrehan'ny sezam-boninahitra.4 Ny setrok'ilay ditin-kazo magnitra, mbamin'ny vavak'ire mpino, de niakatra
take agnatraihan'Andriamanitra avy amin'ny tagnan'ny anjely. 5Naka lay lasety fandoroagna ditin-kazo magnitra
lay anjely ary nagnamia zany tamin'ny afo avake amin'ny alitara. Avake natsipy tamin'ny tany zany, ary nisy
kotro-baratra, kotroka, tselatra, ary horohoron-tany.6Ire anjely fito zay nanagna ire trompetra fito de niomagna
hitsoka zany.7 Nitsoka ny trompetrany lay anjely voalôhany, ary nisy havandra sy afo mifangaro rà. natsipy tatô
an-tany zany mbô ho may ny ampahatelon'izegny, may ny ampahatelon'ny kakazo, ary may dahôlo ire ahi-
maintso. (Fagnamarihagna: Ny sanagny amin'ire dika-teny talôha de magnala ny hoe: ''mbô ho may ny
ampahatelon'izegny.'')8Nitsoka ny trompetra lay anjely faharoa, ary nisy raha karaha tanety maventy nirehitr'afo
natsipy tagny an-dranomasigna. Lasa rà ny ampahatelon'ny ranomasigna, 9maty ny ampahatelon'ny raha-
managn'aigna takô an-dranomasigna, ary rava ny ampahatelon'ire sambo.10Nitsoka ny trompetra lay anjely
fahatelo, ary nisy kintagna maventy nilatsaka avy agny an-dagnitra, mirehitra karaha ny fanilo, tamin'ny
ampahatelon'ire ony sy lôharano. 11Raha mangidy no agnaran'ilay Kintagna. Lasa nangidy ny ampahatelon'ilay
rano, ary ôlogna maro no maty tamin'ilay rano zay lasa nangidy.12Nitsoka ny trompetra lay anjely faha aifatra,
ary nivoaka ny ampahatelon'ny masoandro, karaha ny ampahatelon'ny volana sy ny ampahatelon'ire kintagna.
Noho zany de lasa mainty ny ampahatelon'ire; tsisy hazavagna ny ampahatelon'ny aligna.13Nizaha za, ary
naregny vôro-mahery zay nagnaimbagna tegny ampovoan'ny lagnitra, nagnantso tamin'ny feo mafy hoe: '''Loza,
loza, ho an'ire zay monignia ambônin'ny tany, nohon'ny feon'ny trompetra sisa zay efa ho tsofin'ire anjely telo.''


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 9

[1]Nampagneno ny trompetrany ny anjely fahadimy. Nahita kintagna avy agny an-dagnitra za zay nianjaira tagny
amin'ny tany. Lay kintagna no namiagna ny fagnalahidin'ilay lavaka tsy hita noanoa. [2]Nisokafiny lay lavaka tsy
hita noanoa, ary niakatra ny setroka nivoaka takô amin'ny lavaka karaha setroka avy amin'ny lafaoro maventy.
Nivadika maloka ny masoandro sy ny rivotra nohon'ny setroka nivoaka takô an-davaka.[3]Avy amin'ny setroka no
nahatongavan'ire valala taketo ambônin'ny tany, ary nagnamia hery karaha ny an'ny maingoka ambônin'ny tany
izy ire. [4]Nivolagniny izy ire tsy hanimba ny ahitra taketo ambônin'ny tany na ire raha-maniry maitso na kakazo,
fô ire ôlogna zay tsy managna tombo-kasen'Andriamanitra ake amin'ny handrin'izy ire ihany.[5]Tsy nahazo
alalagna ny hamono ire ôlogna ire izy ire, fô hampijaly azy ire mandritra ny dimy volana ihany. Ny
fanaintaignian'izy ire de ho karaha tsindron'ny maingoka jiaby mamely ôlogna. [6]Amin'ire andro ire de hitady
fahafatesagna ny ôlogna, fô tsy hahita zany. Hagniry ny ho foaty mafy izy ire, naifa hilaifa azy ire ny fafataisagna.
[7]Karaha sôvaly nomagnina tamin'ny ady ire valala. Tamin'ny lôhan'izy ire de nisy raha karaha satro-boninahitra
vôlamaina, ary ny tarehin'izy ire de karaha tarehin'ôlombelogna. [8]Nanagna volo karaha volon'ôlombelogna izy
ire ary ny nifin'izy ire de karaha ny nifin'ire liona. [9]Nanagna fiarôvan-tratra karaha fiarôvan-tratra vy izy ire, ary
ny feon'ny ailatr'izy ire de karaha ny feon'ny kalesy sy sôvaly maro mihazakazaka ho agny amin'ny ady.
[10]Nanagna rambo nisy fanindromagna karaha maingoka izy ire; akô amin'ny rambon'izy ire no misy ny hery
hanimba ny ôlogna mandritra ny dimy volana. [11]Nanagna mpanjaka izy ire de lay anjelin'ilay lavaka tsy hita
noanoa. Ny agnarany tamin'ny teny Hebreo de Abadona, ary ny agnarany tamin'ny teny grika de i Apolyona.
[12]Lasa ny loza voalohany. Indro! afaran'izao de mbôla hisy loza ho avy.[13]Nampagneno ny trompetra lay anjely
fahaenigna, ary naregny ny feo nivoaka tamin'ny tandroky ny alitara vôlamaina zay aifa nisy take
agnatraihan'Andriamanitra za. [14]Ary nivôlagna tamin'ilay anjely fahaenigna lay feo magnano hoe: ''Avilay ire
anjely aifatra zay mifatotra agny amin'ilay renirano maventin'ny Eofrata.'' [15]Ire anjely aifatra zay efa nomanignia
tamin'izegny ora izegny, izegny andro izegny, izegny volana izegny, ary izegny taogna izegny, de navôtsotra mbô
hamono ny ampahatelon'ny olombelogna.[16]Ny isan'ire mairamila nitikin-tsôvaly de 200,000,000. Naregny ire isa
ire za. [17]Karan-jegny no fomba nahitako ire sôvaly takô amin'ny fahitako sy ire zay nitikina tamin'izy ire. Ire
fiarôvan-tratran'izy ire de mirehitra maina, manga antitra ary sôlifara mavo. Karaha ny lôhan'ire liona ny
lôhan'ire sôvaly, ary ny nivoaka avy takô am-bavan'izy ire de afo, setroka, ary sôlifara.[18]Ary ny ampatelon'ire ôlo
de matin'ire loza telo: ny afo, ny setroka, ary ny sôlifara zay nivoaka avy takô am-bavan'izy ire. [19]Fô ny herin'ire
sôvaly de avy takô amin'ny vavan'izy ire sy tamin'ny rambon'izy ire - fô ny rambon'izy ire de karaha bibilava, ary
nanagna lôha zay afaka mandratra ôlo izy ire.[20]Ny ambin'ire ôlombelogna, ire zay tsy matin'ire loza ire, de tsy
nibebaka tamin'ny asa zay vitan'izy ire, na nijanogna nanompo ire demony sy sampy vôlamaina, vôlafotsy,
varahagna, vato, ary hazo- ire raha jiaby zay tsy hita maso, re, na mandaiha. [21]Izy ire de mbôla tsy nibebaka
tamin'ny asa famonoagna, ny famosavian'izy ire, ny fijangajangana na ire asa fangalaran'izy ire.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 10

[1]Avake za de nahita anjely mahery hafa nidigna avy agny an-dagnitra. Takô agnaty rahogna izy, ary nisy avagna
take ambonin'ny lôhany. Ny tarehiny de miendrika masoandro ary ny tôngony de karaha ny andry afo. [2]Mitagna
horognan-taratasy hely mivelatra amin'ny tagnany izy, ary mametraka ny tongony havanagna amin'ny
ranomasigna sy ny tongony havia amin'ny tany.[3]Avake izy de nihiaka tamin'ny feo mafy karaha ny fieron'ny
liona. Rehefa nihiaka izy, de nikotroka mafy tamin'ny feony ny kotroka fito. [4]Kôfa nikotroka ny kotroka fito, de
take andalam-panoratagna za, fa nandre feo avy agny an-dagnitra za nivôlagna hoe: ''Taomy ho tsiambaratelo
zay novolagnin'ny kotroka fito. Aza soratagna zegny.''[5]Avake lay hitako nitsangagna tambôny ranomasignia sy
tamin'ny tany, nanandratra ny tagnany havanagna tagny an-dagnitra. [6]Izy nianiagna tamin'ilay raika zay velogna
mandrakizay doria, zay namôrogna ny lagnitra sy zay jiaby akô agnatin'izegny, ny tany sy zay jiaby akô
agnatin'izegny, ary ny ranomasignia sy zay jiaby akô agnatin'izegny, ary lay anjely nivôlagna hoe: "Tsisy
fandigniasana koà. [7]Fô amin'ny andro raikia kôfa hampagneno ny trompetrany ny anjely fafito, de ho tantairaka
ny misterin'Andriamanitra, karaha ny nagnambarany tamin'ire mpaminany mpanompony."[8]Lay feo zay regniky
avy agny an-dagnitra nivôlagna taminahin-draikia hoe: "Mandiana, alaivo lay horonan-taratasy mivailatra zay
agny an-tagnan'ilay anjely mitsangagna ake ambôny ranomasignia sy ambônin'ny tany.'' [9]Avake de lasa nandaiha
amin'ilay anjely za ary nivôlagna taminy mbô hagnamia za lay horonan-taratasy hely. Hoy izy taminahy: ''Alaivo
ny horonan-taratasy ary hioagno zegny. Hampangidy ny akô an-kibona zegny, fô akô am-ambavanô de ho mamy
karaha tintely zegny.''[10]Nalaiko tamin'ny tagnan'ilay anjely lay horonan-taratasy hely ary nihoaniky zegny. Mamy
karaha tintely tam-bavako zegny, fô tafaran'ny ninanako ananjy, de lasa nangidy ny takô an-kiboko. [11]Avake nisy
ôlogna raika nivôlagna taminahy hoe: ''Tsy maintsy maminagny indray ana momban'ire ôlogna maro, ire
firenegna, ire fivôlagna, ary ire mpanjaka.''

Chapter 11

[1]Namiagna volotara mbô ampiasaignia karaha tehignia za. Nivolagnina taminahy hoe: ''Mitsangàgna ary refeso
ny tempolin'Andriamanitra sy ny alitara, ary ire zay mivavaka akô. [2]Fô aza rifesignia ny kianja ake ivailan'ny
tempoly, fô namiagna an'ire Jentilisa zegny. hagnitsaka ny tanàgna masignia mandritry ny roa amby aifapolo
volagna izy ire.[3]Hamiako ire vavolombeloko roa ny fahefagna haminagny mandritry ny 1,260 andro, nagnatô
lamba fisaonagna.''[4] Ire vavolombelogna ire de kakazon'oliva roa sy ny fitoeran-jiro roa zay nitsangagna take
agnatraihan'ny Tompon'ny tany. [5]Ra misy ôlogna misafidy handratra azy ire, de mivoaka afo ny vavan'izy ire ka
hihinagna ire favalon'izy ire. Na zôvy na zôvy magniry ny handratra azy ire de tsy maintsy hivonignia
amin'izegny fomba zegny.[6]Ire vavolombelogna ire managna fahefagna hagnidy ny lagnitra mbô tsy hilatsahan'ny
oragna mandritry ny andro haminanian'izy ire. Manam-pahefagna izy ire hagnova ny rano ho rà sy hamely ny
tany amin'ny karazagna loza jiaby na oviagna na oviagna irin'izy ire. [7]Kôfa ho vita ny fijoroan'izy ire
vavolombelogna, de miakatra avy agny agnaty lavaka tsy hita noanoa lay bibidia hiady hanôhitra azy ire.
handresy azy ire Izy ary hamono azy ire.[8]Hitsilôtra eny amin'ny lalan'ny tanàn-dehibe ny fatin'izy ire (zay
antsôvignia ihany koà hoe Sodoma sy Egypta) zay namantsiagna ny Tompon'izy ire. [9]Hizaha ny fatin'izy ire
mandritra ny telo andro sy tapany ny ôlogna, fivôlagna, ary ny firenena jiaby. Tsy ho availan'izy ire apaitraka akô
am-pasagna ire[10]Ire zay miaignia ake ambônin'ny tany de hifaly amin'izy ire ary hankalaza. Hifandaifa
fagnomaizagna mihintsy aza izy ire satria nampijaly ire zay miaignia ambônin'ny tany ire mpaminany roa. [11]Fô
afaka telo andro sy tapany de hiditra akô amin'izy ire ny fofon'aigna avy amin'Andriamanitra, ary hijoro amin'ny
tongony izy ire. Hilatsaka amin'ire zay mahita azy ire tahotra maventy.[12] Avake de haregny feo mahery avy agny
an-dagnitra izy ire mivôlagna azy ire hoe: ''Miakara aketo!'' Avake de hiakatra ho agny an-dagnitra akô agnaty
rahogna izy ire, ra mbôla mizaha tany ire favalon'izy ire.[13]Amin'izegny ora izegny de hisy horohoron-tany mafy,
ary hirodagna ny ampahafolon'ny tanàgna. Fito arivo ny ôlogna ho foaty amin'ilay horohorontany, ary ho raiki-
tahotra ire ôlogna sisa tsy maty ary hagnamia voninahitra an'Anandriamanitra ny lagnitra. [14]Lasa ny loza
faharoa. Indro! tônga faingiagna ny loza fatelo.[15]Avake de nampagneno ny trompetra ny anjely fahafito, ary nisy
feo mafy nivôlagna tany an-dagnitra nagnano hoe: ''Ho lasa fanjakan'ny Tompontsika sy ny Kristiny ny
fanjakan'izao tontolo izao. Izy no hanjaka mandrakizay doria.''[16]Avake ire lôhôlogna aifatra amby roapolo zay
nipaitraka take amin'ny sezy fiandrianan'izy ire take agnatraihan'Andriamanitra de nampiondrika ny
taignian'izy ire. Nankalaza an'Andriamanitra izy ire. [17]Hoy izy ire: ''Magnamia fisaoragna ana zahay, ry Tompo
Andriamanitra Tsitoha, lay avaizo sy talôha, satrià nalaka ny herinô maventy anô ary nanomboka nanjaka.
(Fagnamarihagna: Ny sanagny amin'ire dikan-teny talôha de mivaky hoe: Ny mpanapaka jiaby, lay avaizo sy
talôha, ary lay ho avy, fô ny dikan-teny amin'izao fotoagna tsy karan-jegny.)[18]Vignitra mafy ire firenena, kanaifa
tônga ny fahavigniragna. Tônga ny fotoagna hitsaragna ny maty sy hamaliagna soa ire mpaminany
mpanomponô, ire zay mpino, sy ire zay natahotra ny agnaranô, na ny tsy manan-danja na ny mahery. Tônga ny
fotoagna handringanagna ire zay manimba ny tany.''[19]Avake de nisôkatra ny tempolin'Andriamanitra tagny an-
dagnitra ary hita ny fiaran'ny fagnikiagna akô agnatin'ny tempoliny. Nisy tsela-pahazavagna, kotroka,
kotrokôragna, hôrohôrontany, ary havandra maventy takô.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 12

[1]Famantaragna maventy no hita tagny an-dagnitra: Viavy nagnatô ny masoandro, ary ny volana take ambanin'ny
tongony, ary satro-boninahitra vita tamin'ny kintagna roa ambin'ny folo no take amin'ny lôhany. [2]Bikibo izy, ary
nihinagna mafy fô aifa ho tairaka, akô agnatin'ny fihetsehan-jaza.[3]Avake nisy famantaragna hafa niseho tagny an-
dagnitra: Indro! Nisy dragogna mena maventi-be zay nanagna lôha fito sy tandroka folo, ary nisy satro-
boninahitra fito take amin'ire lôhany. [4]Ny rambony de nifaoka ny ampahatelon'ny kintagna tagny an-dagnitra
sady nanipy azy ire teny amin'ny tany. Lay dragogna nijoro take agnatraihan'ilay viavy zay aifa ho teraka, kay
kôfa teraka izy, de afaka handrapaka ny zanany izy.[5]Nitairaka zazalalahy izy, zay hanapaka ny firenena jiaby
miaraka amin'ny tehim-by. Ny zanany de nalaignia an-keriny ho agny amin'Andriamanitra sy ake amin'ny sezy
fiandriagnany, [6]ary lay viavy de nilefa nankagny agn'aifitra, zay nisy toeragna aifa nomagnin'Andriamanitra ho
ananjy, koa de voakarakara mandritry ny 1260 andro izy.[7]Ary nisy ady an-dagnitra. Mikaela sy ire anjely de niady
tamin'ilay dragogna; ary lay dragogna sy ny anjely de namaly ady. [8]Fô tsy natanjaka lay dragogna kay tsy naresy.
koa tsy nisy toeragna ho ananjy sy ire anjeliny intsony tany an-dagnitra. [9]Lay dragogna maventy --- zay
menaragna talôha nantsôvignia hoe devoly na Satana, lay namitaka an'izao tontolo izao ---de natsipy
tambônin'ny tany, ary ire anjeliny de natsipy niaraka taminy.[10]Avake naregny feo mafy avy agny an-dagnitra za:
''Avaizo de tônga ny famonjena, ny hery, ny fanjakan'Andriamanitra ary ny fahefan'i Kristy. Fô ny mpiampanga ny
ralahintsika de natsipy tagny ambany, lay raika zay miampanga azy ire andro aman'aligna ake
agnatraihan'Andriamanitsika.[11]Izy ire naresy ananjy tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry sy tamin'ny teny fijoron'izy ire
vavolombelogna, fô tsy nankamamy ny fiainagna intsony izy ire na de ho foaty aza.[12] Noho izegny, mifalia, ianare
ry lagnitra, sy zay jiaby monigna akô aminy. Fô mitandraima ny amin'ny tany sy ny ranomasigna satria ny devoly
de nidigna tegny aminare. Feno fahavigniragna izy, satria fantany fô fotoagna fohy sisa no hanagnany.[13]Kôfa
nafantatra lay dragogna fô nazaira tamin'ny tany izy, de nagnenjikia lay viavy nitaraka zazalalahy izy. [14]Fô lay
viavy de namiagna ailatra roan'ny voromahery maventy, kay de afaka nagnaimbagna nankany amin'ilay
toeragna nokarakaraigna ho azy tagny an'aifitra. Io lay toeragna hitsinjôvagna azy, mandritra ny telo taogna sy
tapany----mbô tsy ho hitan'ilay mainarana.[15]Namoaka rano karaha ny renirano tamin'ny vavany lay mainarana,
zay hifaoka an-draviavy. [16]Fô ny tany nanampy an-draviavy. Nisokafan'ny tany ny vavany ary de nateliny ny riaka
zay navoakan'ny vavan'ilay dragogna.[17] Ary vignitra tamin-draviavy lay dragogna kay niala ary nitady ady
tamin'ny ambin'ire taragnany, zay magneky ny didin'Andramanitra ary mitagna ny fijoroagna vavolombelogna
momba an'i Jesosy. [18]Avake nitsangagna take ambônin'ny fasiky ny ranomasigna lay dragogna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

Chapter 13

[1]Ary nahita bibi-dia za niakatra avy tamin'ny ranomasigna. Nanagna tandroka folo zegny ary lôha fito. Take
amin'ny tandrony de diadema folo, ary take amin'ny lôhany de nisy agnaragna fivôlan-dratsy avy. [2]Lay bibi-dia
zay hitako de karaha ny tongotra bera, ary ny vavany de karahan'ny vavan'ny liona. Lay dragogna nagnamia azy
ny hery, ny sezy fiandrianagna, ary ny fahaifatra maventy hagnapaka.[3]Ny lôhan'ilay bibi-dia anankiray de karaha
aifa maty, kanaifa sitragna lay ratra saika nafaty azy. Ary gaga ny tany jiaby kay nagnaraka lay bibi-dia. [4]Ary de
niondrika koa take amin'ilay dragogna izy ire, satria izy no nagnamia ny fahaifany ho an'ny bibi-dia, koa, izy ire,
ary nivôlagna hoe: ''Izy no karahan'ny bibi-dia?'' ary ''Iza no afaka miady aminy?''[5]Nagnamia vava zegny afaka
mivôlagna fireharehagna sy fivôlan-dratsy lay bibi-dia. Nagnamia alalagna izy mbô hampihatra fahefagna
mandritran'ny aifatra ambi-aifapolo volagna. [6]Ary nanôkatra ny vavany hivôlan-dratsy an'Andriamanitra lay
bibi-dia: nivôlan-dratsy ny agnarany, ny toeragna zay hipitrahany ary ire zay mipaitraka akô an-dagnitra.[7]Navaila
hiady tamin'ire mpino ary handresy azy lay bibi-dia. Ary koa, ny fahefagna de nagnamia azy manairagna ny
foko, ny ôlogna, ny fivôlagna, ary ny firenena jiaby. [8]Hiondrika ake aminy ire jiaby zay monigna ambônin'ny tany,
ire zay tsy voasôratra agnaragna, nandritran'ny famoronagna zao tontolo zao, akô amin'ny Bokin'ny Fiainagna,
zay an'ny Zanak'ondry, zay aifa nivonignia.[9]Ra misy manan-tadigny, ôka izy hitandregny. [10]Ra misy nalaignia
babo, de handaiha amin'ny fababoagna izy. Ra misy nivonigna tamin'ny sabatra, amin'ny sabatra no
homonoagna ananjy. Itô no antso ho an'ny faharetagna ary finoagna ho an'ire zay masignia.[11]Ary nahita bibi-dia
hafa za niakatra avy tamin'ny tany. Zegny de nanagna tandroka roa karahan'ny zanak'ondry, ary nivôlagna
karahan'ny dragogna. [12]Nampihariny dahôlo ny fahefagna jiaby an'ilay bibi-dia voalohany ake agnatraihany, ary
ny tany sy ire zay monignia ake aminy de asainy miondrika ake amin'ilay bibi-dia voalôhany---- lay raika zay
sitragna tamin'ny ratra saika nafaty ananjy.[13]Nagnano fahagagagna maro be izy. Nampidignia afo avy agny an-
dagnitra ho amin'ny tany take agnatraihan'ny ôlogna. [14]Tamin'ny alalan'ny famantaragna de namiagna alalagna
anô zegny, namitaka an'ire zay monigna ambônin'ny tany zegny. Nivôlagna tamin'izy ire zegny mbô
hagnamboatra sary ho voninahitry ny bibi-dia zay voaratran'ny sabatra naifa velogna.[15]Navaila agnatôvagna
aignia ny sarin'ny bibi-dia mbô ahafan'ilay sary mivôlagna ary zay jiaby tsy magneky miakôhotra amin'ilay bibi-
dia de nivonignia. [16]Nanery ny tsiraikiraikia ihany koa zegny, na ny hely na ny maventy, na manankariagna, na
ny mahantra, na ny tsy andevo, na ny andevo de mandray ny marikia ake amin'ny tanagna ankavanagna na ake
amin'ny andrina. [17]Tsy hisy ôlogna mahazo mividy na mivarotra mandra-pazoany ny marikia ny bibi-dia, izegny
de ny isan'ny fanehoagna ny agnarany.[18]Izegny de mitaky fahindriagna. Ra misy ôlogna manan-tsaignia, ôka izy
hagnisa ny isan'ny bibi-dia. Fô zegny de isan'ny ôlogna. Zegny isa zegny de 666

Chapter 14

[1]Nizaha za ary nahita ny Zanank'ondry nitsangagna take amin'ny tendrombohitra Ziona. Niaraka taminy ire 144.
000 zay nanagna ny agnarany sy ny agnaran'ny Babany voasôratra ake amin'ny handrin'izy ire. [2]Naregny feo avy
agny an-dagnitra karaha ny firohondrohon'ny rano maro sy kotroka mafy za. Ny feo regniky ihany koa de karaha
mpitendry lokangany.[3]Nihira hira vôvô teo agnatraihan'ny sezy fiandrianagna sy teo agnatraihan'ire raha
managn'aignia aifatra sy ire lôhôlogna izy ire. Tsy nisy na zôvy na zôvy afaka nianatra ny hira afa-tsy ire 144.000
zay nividianagna avy taketo an-tany ihany . [4]Ire de ôlogna zay tsy nandoto ny taignian'izy ire tamim-biavy, fô
nihazogna ny taigniany madio ara-nôfo izy de zay magnaraka ny Zanak'ondry na akaiza na akaiza andianany. Izy
iregny de nividianagna avy tamin'ny olombelogna karaha voalôham-bokatra ho an'Andriamanitra sy ho an'ny
Zanak'ondry. [5]Tsisy lainga hita teo amin'ny môlotr'izy ire, tsy manan-tsigny izy ire. (Fagnamarihagna: Ny dikan-
teny sanagny magnampy hoe: "Tagnatraihan'ny sezy fiandrianan'Andriamanitra")[6]Nahita anjely zay hafa
nagnaimbana ambôny za, zay nanagna ny hafatra mandrakizain'ny vôvô mahafaly hambara amin'ire zay
miaigna ambônin'ny tany - amin'ny firenena, foko, fivôlagna, ary ny ôlogna jiaby. [7]Nagnantso tamin'ny feo mafy
izy hoe: "Matahôra an'Andriamanitra ary magnomaiza voninahitra Ananjy. Fô tônga ny oran'ny fitsaragnany.
Mivavaha Aminy, ny raikia zay nagnano ny lagnitra, ny tany, ny ranomasignia, ary lôharano."[8]Nisy anjely hafa-ny
anjely faharoa-nagnaraka nivôlagna hoe: "Nianjaira, nianjaira Babylona be, zay nandresy lahatra ire firenena
jiaby mbô hisotro ny divain'ny fitondran-taignia malotony."[9]Nisy anjely hafa-anjely fatelo -nagnaraka azy ire,
nivôlagna tamin'ny feo mafy hoe: "Ra misy mivavaka amin'ny bibi-dia sy ny sariny, ary mandray ake amin'ny
handriny na ake amin'ny tagnany, [10]de hisotro ny sanagny amin'ny divain'ny fatezairan'Andriamanitra ihany koa
izy, divay tsy niaro zay narotsaka takô agnatin'ny kapoaky ny hatezairany. Ny ôlogna zay misotro izegny de ho
ampijaliagna amin'ny afo sy sôlifara ake agnatraihan'ire anjely masin'Andriamanitra sy agnatraihan'ny
Zanak'ondry.[11]Ny setroka avy amin'ny fijalian'izy ire de miakatra doria, ary tsy manam-pitsaharagna andro sy
alignia izy ire - ire mpanompon'ny bibi-dia sy ny sariny ire ary ny ôlo-jiaby zay mandray ny mariky ny agnarany.
[12]Itô de antso ho an'ny faharaitagna maharitr'ire zay masignia, ire zay magneky ire didin'Andriamanitra ary mino
an'i Jesosy."[13]Naregny feo avy agny agny an-dagnitra zaho nivôlagna hoe: ''Soraty zao: Sambatra ny naty zay naty
akô amin'ny Tompo.'' ''Ia'', aozy ny Fanahy, ''mbô ahafahajaré ré miala disaka amin'ny asanjaré ré, fô ny vitanjaré
ré de hagnaraka ananjy iré.''[14]Nizaha zaho, ké nisy rahogna fotsy. Nipetraka takè amin'ny rahogna ny araika
karaha ny zanak'ôlogno. Nanagna satro-boninahitra vôlamena také amin'ny lohany sy fijinjagna maragnitra egny
an-tagnany izy. [15]De nisy anjely hafa niboaka ny tempoly ke nagnantso tamin'ny feo mafy an'ilay mipetraka aké
amin'ny rahona nivôlagna hoe: ''Raiso ny fijinjagna ke manomboa mijinja. Fô tônga ny fotoagna hijinjagna, satria
masaka ny vokatry ny tany.'' [16]Ary ny raika zay nipetraka takè amin'ny rahona nampandroso ny fijinjanany taketo
an-tany, ke nojinjaigna ny tany.[17]Nisy anjely hafa niboaka avy takô an-tempoly tany an-dagnitra; nanagna
fijinjagna maragnitra draika koa izy. [18]Mbôla nisy anjely hafa koa niboaka ny alitara fandoroagna ditin-kakazo
magnitra, zay nanagna fahefagna amin'ny afo. Nagnantso tamin'ny feo mahery an'ilay iré zay nanagna fijinjagna
maragnitra izy hoe: ''Raiso ny fijinjagnanô maragnitra ke angony iré sampam-boaloboka avy amin'ny voaloboky
ny tany, fô iré voaloboka de efa masaka aminjô.''[19]Nampandrôso ny fijinjagnany tamin'ny tany ilay anjely ké
nanangona ny vokatry ny voaloboka ny tany. Natsipiny takô anaty famiazam-boaloboka lehiben'ny
fahaviniran'Andriamanitra izégny. [20]Ny famiazam-boaloboka de nidiana tagny ivélan'ny tanàgna, ary ny rà de
nipariaka avy takô amin'izégny ké tônga hatregny amin'ny hambôsan'ny lamboridin-tsoavaly, zay 1.600 stadio.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 15

[1]Avy aké de nahita famantaragna hafa vôlagna amin'ny lagnitra zaho, maventy sy mahatalanjogna: Nisy anjely
fito miaraka amin'ny loza fito, zay loza farany indrindra, fô amin'izy iré no hahatanteraka ny
fahavigniran'Andriamanitra.[2]Nahita izay niboaka tamin'ny ranomasigna fitaratra nampiarahigna tamin'ny afo
zaho. Nitsangagna také marivo ranomasigna iré zay nandresy an'ilay bibidia sy ny sariny, sy ny isa magnatoro ny
agnarany. Zaré ré de nitazogna harpa namián'Andriamanitra ananjy iré.[3]Zaré ré nihira ny hiran'i Mosesy, lay
mpanômpon'Andriamanitra, ny hiran'ny Zanak'ondry hoe: ''Maventy sy mahatalanjogno iré asanà, Tompo
Andriamanitra, lay Avo indrindra. Marigna sy mahitsy iré lalaná, ry Ampanjakan'iré firenegna. [4]Zôvy no tsy
hahatahotra Anô, ry Tompo, sy hagnamia voninahitra ny agnaranô? Fô Anô araika no masigna. Ny firenegna
jiaby ho avy sy hivavaka aké agnatrehanô satria iré asanô marigna de efa nizakaina.''[5]Tafaran'iré raha iré zaho
de nizaha, ké nisôkatra tegny amin'ny lagnitra lay tempoly zay managna lain'ny fijoroagna vavôlombelogna.
[6]Niboaka avy takô amin'ilay toeragna masigna indrindra iré anjely fito mitazogna iré lôza fito. Zarè ré de
miakanjo mady, lamba rongony mamiratra sy misy fehin-kibo vôlamena magnodidigna ny tratranjaré ré.[7]Raika
tamin'iré raha-managn'aigna efatra nagnamia an'irè anjely fito lasety vôlamena fito feno ny
fahavigniran'Andiamanitra, lay velogna mandrakizay doriá. [8]Feno setroka avy amin'ny voninahitr'Andriamanitra
sy avy amin'ny herin'ny tempoly. Tsisy na zôvy na zôvy afaka miditra akô mandra-pahatanteraky ny lôza fiton'iré
anjely fito.

Chapter 16

1Naharegny feo mafy nagnantso avy takô an-tempoly zaho ke nivôlagna tamin'iré anjely fito hoe: ''Mandiana ké
apariaho amin'ny tany iré lasety fito feno ny havigniran'Andriamanitra.''2Lasagna lay anjely voalôhany ké
nagnapariaka ny takô an-dasetiny tamin'ny tany; ratra ratsy sy marary no tônga tamin'ny ôlogna zay nanagna ny
marikan'ny bibi-diá, iré zay nankalaza ny sariny.3Lay anjely faharoa nagnapariaka ny takô an-dasetiny tamin'ny
ranomasigna. Lasa rà izegny, karaha ny ràn'ôlogna naty, ké naty ny raha-managn'aigna jiaby takô an-
dranomasigna.4Lay anjely fahatelo napariaka ny takô an-dasety tamin'iré ony sy lôharagno, ké lasa rà iré.
5Regniko ny anjelin'ny rano magnano hoe: ''Marigna anô_lay avaizo sy talôha, lay ray masina _satrià efa nitsara
iré raha iré anô. (Fanamarihagna: Ny antotan-taratasy sanany talôha de mamaky hoe: ''Marigna anô, Tompo_Lay
avaizo sy talôha ary ho avy, satrià efa nitsara iré raha irè anà.'') 6Satrià ny ràn'irè mpino sy mpaminany no
nalatsak'anjaré ré, de namianà rà ho sitroigna zaré ré; izegny no mendrika ananjy iré.'' 7Regniko ny alitara
namaly hoe: ''Ia, Tompo Andriamanitra lehibe, irè fitsaranà de marigna sy mahitsy.''8Lay anjely fahaefatra
nagnapariaka ny takô an-dasety tamin'ny masoandro, ké nahazo alalagna handoro ny ôlogna amin'ny afo izegny.
9Main'ilay hafanagna be zarè ré, ké nikoran-dratsy ny agnaran'Andriamanitra, zay managna ny fahefagna
amin'iregny lôza iregny. Tsy nibebaka zaré ré na nagnamia voninahitra Ananjy.10Avy aké ilay anjely fahadimy
nanapariaka ny takô an-dasaty tamin'ny sezy fiandrianan'ilay bibi-dià, ké nandrakotra ny fanjakany ny haizigna.
Nihota ny lelany zaré ré nohon'ny fahoriagna. 11Nikoran-dratsy lay Andriamanitry ny lagnitra zaré ré nohon'ny
fahoriagna sy ratran-jaré ré, ké mbôla nandà ny hibebaka amin'izay vitan-jaré ré.12lay anjely faha-enina
nanapariaka ny takô an-dasetiny tamin'ny ony maventy, lay Eofrata. Noritina Izégny mbô hanomanana ny lalana
ho an'iré ampanjaka zay ho tônga avy agny antsinanagna. 13Nahita fanahy maloto telo zaho zay niendrika sahona
miboàka avy agny am-bavan'ny dragona, avy agny am-bavan'ny biby-dià, ary avy amin'ny vavan'ny mpaminany
sandoka. 14Fô fanahin'ny demonià magnano famantaragna mahagaga zaré ré. Nankagny amin'iré
ampanjakan'izao tontôlo izao zaré ré mbô hanangona ananjy iré miaraka ho an'ny adin'ny andro
lehiben'Adriamanitra Avo indrindra.15(''Indro! Avy karaha ny mpangalatra Zaho! Sambatra zay miambigna, miaro
iré fitafianany mbô tsy hiboaka hibolaigna izy ké hitanjaré ré ny fitanjahany.'') 16Nindosin-jaré ré niaraka tagny
amin'ny toeragna zay antsovigna hoe Hara-magedona amin'ny Hebreo zaré ré.17Avy také lay anjely fahafito
nanapariaka ny takô an-dasetiny tamin'ny rivotra. Ké nisy feo mafy nivoàka avy takô an-tempoly sy avy tamin'ny
sezy fiandrianana, magnano hoe: '''Vita izégny!'' 18Nisy tselatra, kotroka, kotro-baratra, ary horohoron-tany mafy_
horohoron-tany maventy noho zay efa nitranga hatramin'izay nisiàn'ôlogna takéto an-tany, ké de mafy izégny
horohoron-tany izégny. 19Vaky ho fizaragna telo lay tanàna maventy, ké rava ny tanànan'iré firenegna. Avy aké
Andriamanitra nagnantso mbô hahatsiaro an'i Babylona maventy, ké namiany izegny tanàna izegny ny kapoàka
feno divay vita avy amin'ny firehetan'ny fahavinirany.20Nanjavogna ny nosy jiaby, ké tsy hita intsony iré
tendrombôhitra. 21Nisy havandra mavénty, milanja aké amin'ny talenta raika aké, nidina avy agny an-danitra ho
amin'ny ôlogna. Nanozogna an'Andriamanitra zaré ré nohon'ny lôza avy tamin'ny havandra satrià tegna mafy
loàtra izégny lôza izegny.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 17

[1]Araiky tamin'iré anjely fito zay nitazogna iré lasety vôlamena fito nagnatogna sy nivôlagna taminahy hoe: ''Avià,
ho atoroko anà ny sazin'ny mpijangajanga maventy zay mipetraka ambôny rano maro. [2]Niaraka taminanjy no
nampijangajanga an'iré mpanjakan'ny tany. Ny divain'ny fijangajangany no nahamamo iré mponin'ny
tany.''[3]Avakè lay anjely nitondra anahy tamin'ny Fanahy tagny amin'ny tany maigna, ké nahita viavy nipetraka
také ambôny bibi-dia mena zay feno agnaragna vôlan-dratsy zaho. Lay bibi-dia managna lôha fito sy tandroka
fôlo. [4]Lay viavy de nagnatô akanjo vôloparasy sy mena ké voaravaka vôlamena, vato sarobidy, ké vato soa. Izy de
nitazogna tamin'ny tagnany kapoaka vôlamena feno iré raha maharikoriko sy iré tsy fahadiôvan'ny
fijangajangany. [5]Také amin'ny handriny no nisy agnaragna managna dikany miafigna voasôratra hoe: ''Babylona
maventy, lay renin'iré mpijangajanga ndraiky raha maharikorikon'ny tany.''[6]Nahita zaho fô lay viavy de
mamon'ny ràn'iré mpino ndraiky ràn'iré martiry ho an'i Jesosy. Kôfa nahita ananjy zaho, de tegna talanjogna. [7]Fô
lay anjely nivôlagna taminahy hoe: ''Magnino no talanjogna anà? Hô azavaiko anà ny dikan'ilay viavy sy lay bibi-
dia zay mitôndra ananjy, lay bibi-dia zay managna lôha fito sy tandroka fôlo.[8]Lay bibi-dia zay hitanô de misy, fô
tsisy avaizo, fô andalam-piakaragna avy agny amin'ny farany ambanin'ny lavaka tsy hita noanoa. Avaké de
hankagny amin'ny fahasimbagna izégny. Iré zay miaigna ambôny tany, iré zay tsy voasôratra akô amin'ny
Bokin'ny Fiainagna hatramin'ny namoronagna an'izô tontôlo izô ny agnarany- ho gaga zaré ré kôfa hahita fô lay
bibi-dia de misy, fô tsisy intsony avaizo, fô andalam-pihaviagna.[9]Magnantso saigna zay manam-pahendregna
izègny. Iré lôha fito de vohitra fito zay hipitrahan'ilay viavy. [10]Zaré ré foagna koà de mpanjaka fito. Mpanjaka
dimy no lavo, araiky no misy, ké ny hafa de mbôla tsy tônga; kôfa tônga izy, de fe-potoagna hely foagna no
hipitrahany.[11]Lay bibi-dia zay misy, fô tsisy avaizo, mpanjaka fahavalo izy; ndraiky araiky amin'iré mpanjaka fito
izy, ké hankagny amin'ny fahasimbagna.[12]Iré tandroka fôlo zay hitanô de mpanjaka fôlo zay mbôla tsy nandray
fanjakagna, fô hahazo fahefagna karaha ny mpanjaka miaraka amin'ilay bibi-dia - mandritry ny adiny araiky
zaré ré. [13]Firaisan-tsaigna izégny, ké zaré ré de hagnamia ny hery ndraiky fahefanjaré rè an'ilay bibidia.
[14]Hanangan'ady manohitra ny Zanak'ondry zaré ré. Fô ny Zanak'ondry no handresy ananjy ré satrià Izy no
Tompon'ny tompo, ké Mpanjakan'ny mpanjaka-ary miaraka aminanjy iré voaantso, iré voafidy, ké iré manam-
pinoagna.''[15]Ahozy ny anjely taminahy: ''Irè rano zay hitanô, takè amin'ilay nipitrahan'ilay mpijangajanga, no
ôlogno, vondron'ôlogno, firenegna, ké fivôlagna.[16]Iré tandroka fôlo zay hitanô-zaré ré sy lay bibi-dia de hankahala
an'ilay mpijangajanga. Ho atônjaré ré lao sy mitanjaka izy, handrovitra ny nôfony zaré ré, kè handoro ananjy
tanteraka amin'ny afo. [17]Fô Andriamanitra efa nametraka izègny takô am-pônjaré ré mbô hagnatanteraka ny
fikasagna amin'ny fagnekenjaré ré hagnamia ny herinjaré ré hitôndra lay bibi-dia mandra-pahatanteraky ny
tenin'Andriamanitra.[18]Ké raviavy, lay hitanà no tanàgna maventy zay manjaka amin'ny mpanjakan'ny tany.''

## Chapter 18

[1]Tafaran'irè raha iré de nahita anjely hafa zay nidigna avy agny an-dagnitra zaho. Nanagna fahefagna maventy
izy, ké namirapiratra nohon'ny voninahiny ny tany. [2]Nihiaka tamin'ny feo mahery izy, nivôlagna hoe: ''Nianjera,
nianjera lay Babylona maventy! Lasa tônga toeram-ponegnan'ny demony, fialôfagna ho an'iré fagnahy maloto, ké
fialôfagna ho an'ny iré vorogna maloto sy marikoriko jiaby. [3]Fô ny firenegna jiaby de nisôtro ny divain'ny
fitondran-tegna malotony. Iré mpanjakan'ny tany de nagnano fitondran-tegna maloto taminanjy. Iré mpivarotra
ny tany de tônga mpanan-kariagna tamin'alalan'ny fômba fiaignany amin'ny nôfo.''[4]Avaké de naharegny feo hafa
avy agny an-dagnitra zaho, mivôlagna hoe: ''Mialà aminahy, ry ôloko, mbô tsy hizarany ny fahotany akô aminaré,
ké mbô tsy hahazoanaré ré lozany. [5]Efa nihangogna karaha ny ahavon'ny lagnitra iré fahotany, kè Andriamanitra
mahatsiaro iré asa ratsy. [6]Mamalià ananjy karaha ny namalian'ny hafa, ké valio avy roy eny zay efa vitany; takô
amin'ny fiky zay efa nofinoiny, de fenoy avo roy eny ho ananjy.[7]Karanjegny nagnamia vôninahitra ny tegnany sy
niaigna tamin'ny tsy fiafiagna, amiao ananjy ny fampijaliagna ndraiky alahelo sahaza ananjy. Fô izy nivôlagna
takô am-pôny nagnano hoe: 'Nipetraka karaha ny mpanjaka viavy zaho. Tsy naty vady zaho, ké tsy hisaogna
mandrakizay.' [8]Noho izégny de ho avy amin'ny andro araiky iré areti-mandringany: ny fahafatesagna, ny
fisaonagna, ké ny mosary. Hodoran'ny afo izy, fô ny Tompo Andriamanitra de mahery, ké izy no mpitsara ananjy.
''[9]Iré mpanjakan'ny tany zay nijangajanga sy nandeha tsy am-pieritreretagna niaraka taminanjy de hitomagny ké
hiankôhoka akè agnatrehany kôfa hahita ny setroky ny fahamaizany zaré ré. [10]Hijôro lavitra zarè ré, hatahotra ny
fijaliany, hivôlagna hoe: ''Loza, loza ho an'ilay tanàgna maventy, Babylona, lay tanàgna mahery, fô amin'ny lera
araiky de ho avy ny sazinaré.''[11]Iré mpivarotra ny tany de mitomagny sy misaogna ho ananjy, satrià tsisy ôlogno
niady varotra ho ananjy intsony- [12]varotra vôlamena, vôlafôtsy, vato sarobidy, firavaka, lamban-drongony tegna
tsara, vôlomparasy, landy, mena, iré karazagna hazo ala, ny fanaka ivoara, ny fanaka jiaby vita avy amin'ny hazo
sarobidy, varahigna, vy, marbra, [13]kaneligna, raha-magnitra, ditin-kazo, miora, hagnitra, divay, menaka, koba
tsara tôto, vary, biby fiompy ké ondry, soavaly sy kalesy, iré andevo sy fagnahin'ôlogno.[14]Ny vôkatra zay tianô
tamin'ny herinô jiaby de hiala aminô. Ny entanà lafo vidy sy iré namirapiratra de nanjavogna, ké tsy ho hita
intsony mandrakizay.[15]Ny mpivarotra iré entagna zay tônga mpanan-kariagna noho izy de hiala aminanjy lavitra
nohon'ny fatahoragna ny fijaliany, hitomagny sy hisaogna mafy. [16]Hivôlagna zaré ré hoe: ''Lôza, lôza ho an'ilay
tanàgna maventy zay nagnatô akanjo tamin'ny lamban-drongony tegna tsara, vôloparasy, sy mena, ké
noravahagna tamin'ny vôlamena, firavaka sarobidy, ké vatosoa! [17]Agnatin'ny lera araiky de ho foagna izégny
haregna jiaby izègny. ''Iré kapitenin-tsambo jiaby, iré mandeha egny ambônin'ny ranomasigna jiaby, tantsambo,
sy zay jiaby monigna an-dranomasigna, de hijôro alavitra.[18]Nihiaka zaré ré kôfa vao nahita an'ilay setrokin'ny
fahamaizagna. Nivôlagna zarè ré hoe: ''Tanàgna ino no karaha ny tanàgna maventy? [19]Nanipy vovoka tegny an-
dôhany izy, ké nihiaka mafy, nitomagny, sy nisaogna, nagnano hoe: ''Lôza, lôza ho an'ilay tanàgna maventy zay
nisy an'iré jiaby nanagna iré sambo an-dranomasigna no tônga mpanan-kariagna avy amin'ny harenany. Fô takô
agnaty lera araiky de simba izégny.'' [20]''Mifalia aminanjy, ry lagnitra, anaré mpino, apostoly, ké mpaminagny, fô
Andriamanitra nitôndra ny fitsaranaré taminanjy!''[21]Anjely mahery araiky naka vato karaha ny vato maventy ké
nanipy izègny tagny an-dranomasigna, ké nivôlagna hoe: ''amin'izégny fômba izégny, Babylona, lay tanàgna
maventy, harodagna arahigna herisetra, ké tsy ho hita intsony. [22]Lay feo natôn'iré lokanga, mpitendry mozika,
mpitsoka sodigna, sy trompetra de tsy ho re akô aminô intsony. Tsy hisy feon'ny vato fikosoham-bary ho re
intsony akè aminô.[23]Ny fahazavan'ny jiro, de tsy hamirapiratra akô aminô intsony. Iré feon'ny mpampakatra sy
ampakarigna de tsy ho re akô aminô intsony, fô ny mpivarotraré no andrian'ny tany, ké iré firenegna de voafitaka
tamin'ny famosavinaré. [24]Takô aminanjy no nahitagna ny ràn'ilay mpaminany, sy irè mpino, ké ny ràn'iré jiaby
zay voavono taketo an-tany.''



generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 19

[1]Tafaran'iré raha iré de nandre zay karaha ny feo mafin'ny vahoaka maro isa tagny an-dagnitra zaho nagnano
hoe: ''Aleloia. Ny famonjegna, ny vôninahitra, ké ny hery de an'Andriamanitsika. [2]Iré fitsarany de marigna sy
mahitsy, fô nitsara ny mpivaro-tegna maventy zay nagnaratsy ny tany tamin'ny fijangajangany izy. Namaly faty
ny ràn'iré mpanompony, zay nalatsany izy.''[3]Nivôlagna fagnindroiny zaré ré hoe: ''Aleloia! Ny setroka de miakatra
avy aminanjy mandrakizay doria.'' [4]Iré lohôlogno efatra amby roapolo sy iré raha-managn'aigna efatra de
niankôhoka ké nanômpo an'Andriamanitra zay nipetraka také amin'ny sezy fiandrianagna. Ahozy zaré ré:
''Amena. Aleloia!''[5]De nisy feo nivoaka avy takô amin'ny sezy fiandrianagna, nagnano hoe: ''Derao
Andriamanitsika, anaré jiaby mpanompony, anaré zay matahotra Ananjy, na ny tsy manan-danja na ny
mahery.''[6]De naharegny zay karaha ny feon'ny ôlogno maro isa, karaha ny firohondrohon'ny rano maro, sy
karaha ny fianjeran'ny kotroka mafy zaho, nagnano hoe: ''Aleloia! Fô manjaka ny Tompo, Andriamanitra zay
manapaka amin'ny jiaby.[7]Ôka atsika hifaly sy ho ravoravo ké hagnamia voninahitra Ananjy satrià tônga ny
fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, ké ny ampiakariny efa niomagna. [8]Namiagna alalagna hagnatô akanjo
rongony mamiratra sy madio izy'' (fô ny lamba rongony de iré asa marin'iré ôlo-masigna).[9]Lay anjely nivôlagna
taminahy hoe: ''Soraty zao: Sambatra iré zay nasaigna tamin'ny fety fampakaram-badin'ny Zanak'ondry.
Nivôlagna taminahy koà izy hoe: ''Iré de koragna marin'Andriamanitra.'' [10]Niankôhoka také amin'ny tôngony mbô
hanômpo ananjy zaho, fô ahozy izy taminahy: ''Aza magnano zao! Zaho de mpiara-manômpo aminô sy iré
rahalahinô zay mitagna ny fijoroagna vavôlombelogno momba an'i Jesosy. Manompoa an'Andriamanitra, fô ny
fijoroagna vavôlombelogna momba an'i Jesosy de ny fagnahin'ny faminaniagna.''[11]De nahita ny lagnitra nisôkatra
zaho ké nizaha ké nisy soavaly fôtsy. Lay mpitaigigna izégny de nantsoigna hoe mahatôky sy marigna. Amin'ny
fahamarignana no hitsarany sy hiadiany. [12]Iré masony de karaha ny lelan'afo, ké aké amin'ny lôhany misy satro-
bôninahitra maro. Managna agnaragna voasôratra aké aminanjy zay tsisy mahafantatra afa-tsy izy foagna izy.
[13]Magnatô akanjo lava zay natsoboka takô amin'ny rà izy, ké ny agnarany de nantsoigna hoe ny
Tenin'Andriamanitra.[14]Iré tafiky ny lagnitra de nagnaraka ananjy tamin'ny soavaly fôtsy, magnatô lamba rongony,
fotsy sy madio. [15]Avaké amin'ny vavany no mivoaka ny sabatra maragnitra zay amin'izégny no hamelezany iré
firenegna, ké hanapaka zaré ré amin'ny tehigna vy izy. Magnitsaka akô amin'ny famiazan'ny fahavigniran'ny
fahatizeran'Andriamanitra tsitoha izy. [16]Managna agnaragna vôsoratra aké amin'ny akanjo lavany aké amin'ny
feny izy hoe: '' Mpanjakan'iré mpanjaka sy Tompon'iré Tompo.''[17]Nahita anjely nitsangagna také amin'ny masôva
zaho. Nagnantso tamin'ny feo mahery iré vôrona magnidigna ambôny jiaby izy hoe: ''Avià, miangona ho an'ny
fety lehiben'Andriamanitra. [18]Avia ihinagna ny nofon'iré mpanjaka, ny nofon'iré mpitari-tafika, ny nofon'iré
lalahy mahery, ny nofon'iré soavaly sy iré mpitaingina izégny, ké ny nofon'ny lalahy jiaby, ny afaka ndraiky
andevo, ny tsy manan-danja ndraiky mahery.''[19]Nahita ny bibi-dia sy iré mpanjakan'ny tany niaraka tamin'ny
tafiky zaré ré zaho. Niangogna zaré ré mbô hiady amin'ny araiky zay nitaingigna ny soavaly sy amin'ny tafiny.
[20]Vôsambotra lay bibi-dia ké niaraka taminanjy ny mpaminany sandoka zay nagnano iré famantaragna také
agnatrehany. Tamin'iré famantaragna iré no namitahany iré zay nandray ny mariky ny bibi-dia sy iré zay
nanompo ny sariny. Zarè roy de natsipy velogna takô agnaty farihin'afo mirehitra solifara.[21]Ny ambinjaré ré de
novonoigna tamin'ny sabatra zay nivoaka ny vavan'ny araiky zay nitaingigna ny soavaly. Ny vorogna jiaby
nihinagna ny nôfo mangatsiakanjaré ré.

## Chapter 20

[1]Ké nahita anjely nidigna avy tagny an-dagnitra zaho. Nanagna ny fagnalahidin'ny lavaka tsy hita noanoa izy, ké
nanagna rojo vy maventy tegny an-tagnany. [2]Nisambotra an'ilay dragogna izy, ny menaragna fahiny, lay devoly,
na satana, ké nofatorany arivo taogna. [3]Natsipiny tagny amin'ny lavaka tsy hita noanoa izy, nafodiny izégny ké
nasigna tômbo-kase také aminanjy. Natô izégny mbô tsy hamitahany ny firenegna maro intsony mandra-
pahatapitry ny arivo taogna. Afaran'izègny, de tsy maintsy havotsotra fotoagna hely izy.[4]Kè nahita sezy
fiandrianagna maro zaho. Nipetraka také amboniny iré zay namiagna fahefagna mitsara. Nahita ny fagnahin'iré
zay notapahin-dôha zaho noho ny fijoroagna vavôlombelogna mahakasika an'i Jesosy ké nohon'ny
tenin'Andriamanitra. Tsy niankôhoka tamin'ny bibi-dia na tamin'ny sariny zaré ré, ké izy iré de nandà ny
handray ny mariky ny bibi-dia také amin'ny handriny na také amin'ny tagnany. Tônga velogna indray zaré rè, ké
nanjaka niaraka tamin'i Kristy nandritran'ny arivo taogna.[5]Ny ambin'irè naty de tsy velogna mandra-pahatapitry
ny arivo taogna. Izégny no fitsanganagna vôlôhany. [6]Sambatra ké masina zay ôlogno managna anjara amin'ny
fitsanganagna vôlôhany! Aké agnatrehan'izégny de tsy manan-kery ny fahafatesagna faharoy. Zaré ré de ho
mpisôrogna an'Andriamanitra sy Kristy ké hanjaka miaraka Aminanjy mandritran'ny arivo taogna.[7]Kôfa tapitra
ny arivo taogna, de hovahagna akô amin'ny tragnomaiziny Satana. [8]Hivoaka izy mbô hamitaka ny firenegna
maro egny amin'ny vazan-tany efatra—Goga sy Magoga—mbô hitôndra ananjy iré miraka ho agny amin'ny ady.
Zarè ré de ho betsaka karaha ny fasiky ny ranomasigna.[9]Niakatra také ambônin'ny tany lemaka zarè ré ké
nagnodidigna ny tobin'irè mpino, lay tanàgna malala. Nefa nisy afo nidigna avy tagny an-dagnitra ké nandripaka
ananjy iré. [10]Ny devoly, zay namitaka ananjy iré, de natsipy takô amin'ny farihy afo solifara, toeragna zay
hanipazagna ny bibi-dia ndraiky mpaminagny sandoka. Ké ho ampijaliagna andro amagn'aligna mandrakizay ke
mandrakizay zaré ré.[11]Ké nahita sezy fiandrianagna fôtsy maventy zaho sy lay nipetraka také ambôniny. Ny tany
ndraiky lagnitra de nandositra ny fagnatrehany, kanefa tsisy toeragna andihananjaré ré. [12]Nahita ny naty zaho —
ny maventy ké ny hely—nijôro také agnoloan'ny sezy fiandrianagna, ké novelarigna iré boky. Ké nisy boky araiky
novelarigna—Ny bokin'ny Fiainagna. Ny naty de notsaraigna araka zay voasôratra takô amin'iré boky, araka iré
asany.[13]Ny ranomasigna namoaka ny naty zay takô agnatiny. Ny fahafatesagna sy iré fiainan-tsy hita de namoaka
ny naty zay takô aminjaré ré, ké ny naty de notsaraigna araka ny raha natôny. [14]Ny fahafatesagna ndraiky fiainan-
tsy hita de natsipy takô amin'ny farihy afo. Izégny no fahafatesagna faharoy— de ny farihy afo. [15]Ndraiky nisy
agnaragna tsy hita voasôratra akô amin'ny Bokin'ny Fiainagna, de natsipy takô amin'ny farihy afo.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 21

[1]Avaké zaho nahita lagnitra vôvô sy tany vôvô, fô foagna ny lagnitra voalôhany ndraiky tany voalôhany, kè tsisy
intsony ny ranomasigna. [2]Hitako lay tanàgna masina, Jerosalema vôvô, zay nidigna avy agny an-dagnitra avy
amin'Andriamanitra, voaômagna karaha ny ampakarigna ampihaingoagna ho an'ny vadiny.[3]Naharegny feo
mahery avy agny amin'ny sezy fiandrianagna zaho magnano hoe: ''Io! Aké amin'ny ôlogno ny toeran'ny
tabernakelin'Andriamanitra, ké hiaigna miaraka aminjaré ré izy. Ho ôlony zaré ré, ke Andriamanitra tegnany
hiaraka aminjaré ré ké Izy ho Andriamanitry zaré ré. [4]Hamafa ny ranomaso jiaby amin'ny masonjaré ré Izy, ké
tsisy fahafatesagna intsony, na alahelo, na tomagny, na fanaintaignana. Efa lasa iré raha také alôha.[5]Lay araiky
zay nipetraka také amin'ny sezy fiandrianagna nivôlagna hoe: ''Io! Natô vôvô ny raha jiaby. '' Ahozy Izy: ''Soraty
zô Satrià iré tany iré de mahatoky sy marigna.'' [6]Ahozy Izy taminahy hoe: ''Efa vita iré raha iré! Zaho no Alfa sy
Omega, lay fiandohagna sy fiafaragna. Zay mangetaheta de hamiako ho sotroigna maimaim-poagna avy amin'ny
lôharanon'ny fiainagna.[7]Zay mandresy de handova irè raha iré, ké Zaho no ho Andriamaniny, ké izy ho zanako.
[8]Fô iré osa, tsy manam-pinoagna, maharikoriko, mpamono ôlogno, mpijangajanga, mpagnano ody, mpanompo
sampy, sy mpandainga, de agny amin'ny farihy mirehitr'afo solifara no toeranjaré ré. Izégny no fahafatesagna
faharoy.''[9]Nagnatogna anahy ny araiky tamin'iré anjely fito, lay araiky zay nanagna iré lasety fito feno iré loza fito
farany, kè ahozy izy hoe: ''Avy atô. Ho asehoko anà lay ampakarigna, lay vadin'ny Zanak'ondry.'' [10]Avy aké
nindosiny tamin'ny Fanahy tagny amin'ny tendrombohitra ambo zaho ké nasehony anahy lay Jerosalema
tanàgna masigna midigna avy agny an-dagnitra avy amin'Andriamanitra.[11]Nanagna ny voninahitr'Andriamanitra
i Jerosalema, ké ny famirapiratany de karaha ny vato soa sarobidy, karaha ny vato kristalina jaspy madio.
[12]Nanagna rindrigna ambo maventy niaraka tamin'ny vavahady roy ambin'ny fôlo izégny, niaraka tamin'ny
anjely roy ambin'ny fôlo také amin'iré vavahady, Také amin'iré vavahady no voasôratra ny agnaran'iré fôko roy
ambin'ny fôlon'ny zanak'Israely. [13]Nisy vavahady telo také antsinagnana, vavahady telo také avaratra, vavahady
telo také atsimo, ké vavahady telo takè andrefagna.[14]Nanagna fotoagna roy ambin'ny fôlo ny rindrin'ilay tanàgna,
ké také amin'irè no nisy iré agnaragna roy ambin'ny fôlon'ny apostolin'ny Zanak'ondry. [15]Lay araiky zay nivôlagna
taminahy de nanagna fandrefesagna volotara vita tamin'ny vôlamena mbô handrefesagna ny tanàgna, iré
vavahadiny, kè ny rindriny.[16]Karaha efa-joro lay tanàgna; mitôvy ny lavany ndraiky sakany. Nandrefy ny tanàgna
tamin'ilay fandrefesagna volotara izy, roy arivo stadio ny lavany (mitôvy ny lavany, sakany, kè hahavony).
[17]Nandrefy ny rindrin'izégny koà izy, 114 hakiho kôfa refin'ny ôlogno (zay refin'ny anjely foagna koà).[18]Vita
tamin'ny jaspy lay rindrigna ké tamin'ny vôlamena tsisy fangarony, karaha ny fitaratra madio. [19]Ny fototr'ilay
rindrigna de voaravaka tamin'iré karazagna vato sarobidy jiaby. Ny voalôhany de jaspy, ny faharoy safira, ny
fahatelo kalkedona, ny fahefatra emeralda, [20]ny fahadimy sardoniksa, ny fahenina karneola, ny fahafito krysolita,
ny fahavalo beryla, ny fahasivy topaza, ny fahafolo krysopraso, ny faha araiky ambin'ny fôlo hyakinta, ny faha
roy ambin'ny fôlo ametysta.[21]Ny vavahady roy ambin'ny fôlo de vato soa roy ambin'ny fôlo; ny tsiraikaraiky
amin'irè vavahady de vita tamin'ny vato soa araiky. Iré lalam-be an-tanàgna de vôlamena tsisy fangarony, karaha
ny fitaratra mangarahara. [22]Tsy nahita tempoly takô amin'ny tanàgna zaho, satrià Tompo Andriamanitra tsitoha
ndraiky Zanak'ondry no tempoliny.[23]Ny tanàgna de tsy nila masôva na volagna mbô hamirapiratra amin'izégny
satrià ny vôninahin'Andriamanitra de namirapiratra tamin'izégny, ké ny Zanak'ondry no jiron'izégny. [24]Handeha
amin'ny fahazavan'izégny tanàgna izégny iré firenegna. Iré mpanjakan'ny tany de hitôndra ny fahatsaranjarè ré
ho aké amin'izégny. (Fagnamarihagna: Ny antontan-taratasy talôha sanany de mivaky hoe: ''Iré firenegna zay
vôvonjy de handeha amin'ny fahazavan'izégny tanàgna izégny.'') [25]Tsy hidy iré vavahadin'izégny mandritry ny
andro, ké tsy hisy aligna agny.[26]Hitôndra ny fahatsaragna ndraiky hajan'iré firenegna akô amin'izégny zaré ré, [27]ké
tsy hisy maloto hiditra akô amin'izégny mihitsy. Tsy hisy na zôvy na zôvy hagnano raha mahamegnatra na
mamitaka hiditra akô, fô iré zay voasôratra agnaragna akô amin'ny Bokin'ny Zanak'ondrin'ny fiainagna foagna.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025

## Chapter 22

[1]Kè nasehon'ilay anjely anahy lay onin'ny ranon'ny fiainagna, madio karaha ny kristaly. Izégny de mikoriagna avy agny amin'ny sezy fiandrianan'Andriamanitra ndraiky Zanak'ondry [2]mamakivaky aké afovoan'ny lalan'ny tanàgna. Ké ny andagniny roy amin'ny ogny de samy misy lay hazon'ny fiainagna, mamoa karazagna voa roy ambin'ny fôlo, ké izégny de mamoa ny vôny isam-bôlagna. Ny ravin'izégny hazo izégny de natô hagnasitragna ny firenegna jiaby.[3]Ké tsy hisy intsony ny vôhozogna. Ny sezy fiandrianan'Andriamanitra ndraiky Zanak'ondry de ho an'ny tanàgna, ké iré mpanompony de hanompo Ananjy. [4]Hahita ny Endriny zaré ré, ké ny Agnarany de ho aké amin'ny handrinjaré ré. [5]Ké tsy hisy aligna intsony; zaré ré de tsy mila fahazavan'ny jiro na ny masôva intsony satrià ny Tompo Andriamanitra no hazava aké aminjaré rè. Ké hanjaka mandrakizay doria zaré ré.[6]Ahozy lay anjely taminahy: ''Iré teny iré de azo atokisagna sy marigna. Ny tompo, lay Andriamanitra fagnahin'iré mpaminany, de nandefa ny anjeliny mbô hampiseho zay raha tsy maintsy hitranga tsy ho ela amin'iré mpanompony.'' [7]Io! Efa akaiky ny fihaviako! Sambatra zay manaiky iré tenin'ny faminaniagna amin'itô boky itô.''[8]Zaho, Jaona, lay araiky naharegny sy nahita iré raha iré. Kôfa naharegny sy nahita izégny zaho, de niakôhoka také amin'ny tongotr'ilay anjely ny tegnako mbô hidera ananjy, lay anjely zay nampiseho anahy iré raha iré. [9]Ahozy izy taminahy: ''Aza magnano izégny! Fô mpanompo namanô miaraka aminô zaho, miaraka amin'iré mpaminagny rahalahinô, ké miaraka amin'iré zay mankàto iré tenin'itô boky itô. Miderà an'Andriamanitra!''[10]Ahozy izy taminahy: ''Aza asiagna tombo-kase iré tenin'ny faminaniagna amin'itô boky itô, fô antomotra ny fotoagna. [11]Zay magnano ny tsy marigna, avelà izy hanohy ny tsy fahamarinagna. Zay maloto fiaigna, avelà izy hanohy ny fiaignany maloto. Zay marigna, avelà izy hanohy ny fanaovagna ny marigna. Zay masina, avelà izy hanohy ny fahamasinagna.''[12]''Io! Efa akaiky ny fihaviako. Ny valisoako de miaraka aminahy, mbô hamaliako ny tsiraikaraiky araka ny raha-vitany. [13]Zaho no Alfa sy Omega, ny voalôhany ndraiky farany, ny fiandohagna ndraiky fiafaragna.[14]Sambatra iré zay manasa ny akanjonjaré ré mbô hahazo alalagna mihinagna avy amin'ny hazon'ny fiainagna sy hiditra akô amin'ny tanàgna avy aké amin'ny vavahady. (Fagnamarihagna: Kôfa tôkony: ''Sambatra iré zay manasa ny ankanjonjaré ré.'' Iré antontan-taratasy hafa talôha de mivaky hoe: ''Sambatra iré zay magnano ny didiny.'') [15]Fô agny ivelany iré kivà, iré mpijangajanga, iré mpamono ologno, iré mpanompo sampy, ké zay jiaby tia mandainga sy iré mpandainga.[16]Zaho, Jesosy, de nandefa ny anjeliko mbô hagnambara aminarè iré raha ho an'iré fiangonagna. Zaho no fakany sy taranak'i Davida, lay kintagna mamirapiratra maraigna.''[17]Ny Fanahy ndraiky Ampakarigna magnano hoe: ''Avià!'' Ôka zay maharegny hivôlagna hoe: ''Avià!'' Na zôvy na zôvy mangetaheta, ôka izy hagnatogna, ké na zôvy na zôvy magniry izégny, ôka izy hahazo maimaim-poagna ny ranon'ny fiaignagna.[18]Zaho de magnambara amin'izay jiaby maharegny ny koragnan'ny faminaniagna amin'itô boky itô: ''Kôfa misy magnampy irè, Andriamanitra hagnampy loza ho ananjy zay voasôratra akô amin'itô boky itô. [19]Kôfa misy magnaisotra ny koragnany faminaniagna amin'itô boky itô, Andriamanitra de hagnaisotra ny anjarany amin'ny hazon'ny fiaignagna ndraiky masina zay voasôratra akô agnatin'itô boky itô.'' (Fagnamarihagna: Ny antontan-taratasy talôha de mivaky hoe: ''Andriamanitra hagnaisotra ny anjarany akô amin'ny Bokin'ny Fiaignagna ké akô amin'ny tanàgna masina zay voasôratra akô amin'itô boky itô.'')[20]Ahozy lay araiky zay magnambara iré raha iré: ''Ia! Efa akaiky ny fihaviako.'' Amena! Tonga, ry Tompo Jesosy! [21]Ho amin'ny ôlogno jiaby anie ny fahasoavan'ny Tompo Jesosy. Amena.


generated on Tue Feb 11 21:35:41 2025